## TENY FANOLORANA AVY TAMIN'NY MPANORATRA

Ity boky dia atolotra ho an'ilay sakaizan'i Tompo Allah…

Sy ho an'ilay solontena ihany koa….

Ary tsy azo hadinoina ireo solontenany maro be izay natao tsindrihazolena teto an-tany…

Atolotra koa ho an'ilay hampijoro ny fahamarinana eto an-tany dia tsy iza izany fa ilay vavolombelon'I tompo Allah imamo Al-Mahdi (aj)….

Atolotra ihany koa ho an'ireo taranakin'i Mpaminany roa lahy izay samy maty maritiora avokoa, dia tsy iza izy ireo fa i Mouhammad Swadiq (ra), sy i Mouhammad Baqir Al-Hakim…

Ary ho an'ilay rahalahiko Riza Zobeidi sy i Sa'ad Zobeidi…

Ity asa kely izay nataoko ity dia atolotro ampanetretena, ary mangataka amin'i Tompo Allah mba hanome valisoa amin'ny alalan'izy ity, dera sy fisaorana no atolotra an'i Allah ilay tompon'izao tontolo izao.

***Hoy ilay Mpanoratra !.***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 2 11/01/2021 16:25:36

بسم الله الرحمن الرحيم

## TENY FIANDOHANA

Dera sy fisaorana anie ho an'ny Tompo Allah, ary ny ranom-bavaka avy aminy sy ny tso-dranony anie hirotsaka amin'Ilay lehiben'ireo iraka (mpaminany) rain'i Qassim dia tsy iza izany fa i Mouhammad (sw) sy amin'ireo fianakaviany tsara sy madio, ary ny lozan'ny Tompo Allah anie hirotsaka mandrakariva amin'ireo fahavalony rehetra manomboka izao ka ho mandrakizay…

Manarak'izany, niteny ilay avo indrindra ao amin'ilay boky masiny nanao hoe : **"eny, tsy misy sakaiza mpiahy anareo afa-tsy ny Tompo Allah, sy ilay Irany, ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), manome harena fiantrana (zakat) eo am-piondrehana".**[1]

Iarahantsika mahita fa vitsy dia vitsy ireo boky izay mifono ny tantaran'ireo Mpitarika antsika (Aimatounat) ary tena azo isaina amin'ny rantsan-tanana tokoa izany, ary tena hita fa tena miavaka tokoa izy ireo satria tena ahitana andiana boky maro be (volumes) izay miteraka ny tsy fahafahan'ireo mpamaky mandray ny lohany sy vodiny amin'izany, ary hita ihany koa fa ireo riwayat izay manazava ny tantaram-pianan'ireo Imamo (as) dia tsy mba ahitana olana izay mety ho tonga ao antsain'ireo mpamaky, ary tsy ahitana ihany koa ireo olana izay mety hahatonga an'ireo mpamaky hametraka fanontaniana izay mety tsy hahitan'izy ireo hirika mihitsy eo ampisainana ny mety ho vahaolana amin'izany..

Andao isika hiverina hijery ny votoatin'ilay andalana izay hitantsika tetsy ambony..i tompo Allah, ilay avo indrindra amin'io andalana masina izay voalazantsika io dia niatomboka amin'ireo teny manaraka ireto : **"ANÄ** sy **MA"** izay midika hoe : **"ENY** sy **TSY"**, izy ireo dia tarehintsoratra mitovy amin'ny teny (verbe) (moushabah bil fegnle) sy tarehintsoratra milaza fandavana, ary ilay tarehintsoratra fientina milaza fandavana io rehefa miditra amin'ilay teny **"ANÄ"** dia mijanona amin'ny asany ilay tarehintsoratra **"ANÄ"**, ka amin'izay fotoana izay dia lasa fitaovana izy, midika amin'ny teny arabo hoe : **" KAFA WA MAKFOUFAT",** izay midika miato sy nampiatoina amin'ny asany, rehefa tanteraka izany dia lasa midika ho mpametra zavatra na asa na fihetsika ihany ny asany, ary

*1 Al-Ma-idah : 55.*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 3 11/01/2021 16:25:37

amin'ny alalan'izay no hahafahantsika milaza fa ilay **"sakaiza mpiahy"** izay voalazan'ilay andalana tetsy ambony dia voafetra ao anatin'ny faritra izay tena tery tokoa, ary izany dia mitory ny tsy fahafahan'ny hafa miditra ao anatin'izay faritra kely izany ankoatra an'ny Tompo Allah sy ilay irany ary ireo izay mino ka manangana ny fotoam-pivavahana no sady manome fanomezana eo ampiondrehana.

Ilay andalana voalazantsika tany aloha dia heverina ho fanazavana ity andalana manaraka ity izay milaza manao hoe : **"ankatoavonareo Andriamanitra ary ankatoavonareo ihany koa ilay iraka sy ireo izay manampahefana eo aminareo"**[2], ary raha sendra misy olona mametraka fanontaniana hoe, iza moa ireo manampahefana eo aminareo ?, amin'izay fotoana izay dia toy izao ny valin'izany : izy ireo dia izay mino sy manatanteraka ny vavaka fanompoana ary manome fanomezana eo ampiondrehana.

Hatramin'izao mbola tsy dia mazava tsara ny momba an'ity raharaha ity, satria mety hisy hiteny manao hoe : " iza marina ireo izay mino sy manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) ary manome fanomezana eo ampiondrehana ? ".

Raha ohatra isika mandinika tsara momba an'ilay andalana masina, ary torak'izany koa ny mahakasika ny antony nidinan'ilay izy, dia hohitantsika ireo lesoka izay tokony harenintsika amin'ny fikarohana izay nataontsika, ary toy izao manaraka izao izany :

Voaray avy amin'i Soufian, avy tamin'i Aban ibni Osman, voaray ihany koa avy tamin'i Hamzatou Assoumali, avy tamin'i Abou Ja'afar (as), ary hoy ity farany hoe : " *indray andro izay dia sendra nipetraka i Rassoulillah (sw), ary nisy vahoaka avy amin'ireo jiosy ny teo aminy, ary anisan'izy ireo teo i Abdoullah ibni Salam, tamin'izay fotoana izay dia nidina ilay andalana masina, ka dia nivoaka nankany amin'ny toerana fanaovana fotoampivavahana (Masjid) i Rassoulillah (sw), ka dia nifanena taminy ilay mpangataka, dia hoy i Rassoulillah (sw) taminy :* ***" moa mba nisy olona nanome zavatra anao ? "****, dia hoy ilay mahantra taminy :* ***" eny, iry olona manao fotoam-pivavahana (soalat) iry "****. Ary rehefa tonga teo dia hitan'i Rassoulillah (sw) fa i Ali (as) ilay olona notondroin'ilay mahantra"*.

Ary nisy nilaza hoe : tena marina fa i Abdoullah ibni Salamat dia tonga teo amin'i Rassoulillah (sw) niaraka tamin'ireo vahoakany, tonga teo mba

---

*2 Toko ny vehivavy : 59.*

hitaraina aminy mahakasika ny zavatra manjo azy ireo, teo ampitarainana izy ireo no nidina ilay andalana masina, ary nanao fiantsoana amin'ny fivavahana i Bilal tamin'izay fotoana izay, ka dia nivoaka i Rassoulillah (sw) hakany amin'ny Masjid rehefa naheno izany, tampoka teo dia nahita mpangataka, dia hoy izy (sw) taminy : ***"inona no nomena anao"***, dia hoy ilay mpangataka : ***"peratra volafotsy"***, dia hoy indray izy (sw) taminy : ***"iza no nanome azy anao ?"***, dia hoy izy hoe : ***"iry olona mitsanga manao soalat iry*"**, rehefa nijery izy (sw) dia hitany fa Ali (as) ilay olona lazainy, ary hoy indray izy (sw) tamin'ilay mpangataka: " ***tamin'ny endrika ahoana no nanomezany azy anao?"***, dia hoy ilay mpangataka hoe : ***"nomeny izy ity ary izy tamin'izay fotoana izay dia teo ampiondrehana".***

Ka dia nitomany i Nabi (sw), dia hoy izy hoe : ***" ary iza na iza mandray an'Andriamanitra ho mpiahy azy sy ilay irany".***[3]

Ka avy amin'ireo fanazavana voazalan'ireo riwayat roa teo aloha ireo no ahafantsika milaza fa i Ali IBNI ABI TALIB (as) no tian'ilay andalana habaribary.

Ary amin'ilay andalana tany aloha ihany koa izay milaza manao hoe : ***"ô ianareo !, mankatoava an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ihany koa ilay iraka sy ireo manam-pahefana eo aminareo***", voalaza izy io fa nidina mahakasika an'i Ali (as) sy Hassan (as) ary i Houssein (as)..[4]

Ary dia lasa toy izao no azo avaly, tsy misy olana ny fampiasana teny izay manondro olona maro nefa ny kendrena aminy dia olom-bitsy, ary azo hazavaina amin'ny alalan'ny ohatra izany tahaka izao manaraka izao : raha ohatra sendra nanasa olona mba hisakafo ao antranonao, rehefa eo ampandrosoana an'ilay sakafo ianao dia tsy maintsy hilaza manao hoe : "TAFADWALO YA MAOLANA" izay hoe io teny io dia fampiasa amin'olona maro, nefa eto izy azo ampiasaina amin'ny olona iray, ary eo tsy mba misy olona maro akory, nefa ianao mampiasa azy io, ka noho izany ianao dia nampiasa teny fientina manondro olona maro ho entinao manondro olona tokana.. nefa kosa ny mifanohitra amin'izay tsy azo atao, izany hoe, ianao tsy afaka mampiasa teny fientina manondro olona tokany hanondroanao olona betsaka.

---

*3 Tafsir al-Qoumi : v 2 p :170.*

*4 MAJMA'A AL-BAYANI, Twabari : v 3 p : 325.*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 5 11/01/2021 16:25:37

# IMAMO ALI IBNI ABI TWALIB (AS)

***Fanontaniana n° 1 :***

Izay marina moa Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia i Ali ibni abdoumanaf ibni Abdoul-moutwalib ibni hashim ibni abdoumanaf ibni qossay ibni kilab ibni marat ibni kanb ibni lawi ibni qaleb ibni fahr ibni malik ibni nad'ro ibni kenanat ibni khozaimat ibni madrakat ibni ilias ibni modwir ibni nazar ibni ma'ad ibni adnani.

***Fanontaniana n° 2 :***

Iza no renin'Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny renin'Imamo Ali (as) dia i Fatwimatou binto assad ibni hashim ibni abdoumanaf…..

***Fanontaniana n° 3 :***

Oviana no teraka Imamo Ali (as) ary taiza ?

***Valiny :***

➔ Malaza tokoa fa Imamo Ali (as) dia teraka tao Makkat tamin'ny alin'ny zoma faha 13 ny volana Rajab 30 taona taorian'ny taonan'ny elefanta.

***Fanontaniana n° 4 :***

Moa ve afaka mahafantatra ny mombamomba ny nahaterahan'Imamo Ali (as) izahay ?

***Valiny :***

➔ Maro ireo riwayat izay milaza ny momba ny nahateran'Imamo Ali (as), ary anisan'izany ity holazaiko antsika ity izay azo avy amin'ny loharano maro samihafa, tamin'izay fotoana izay i Abbas

ibni Abdoul-moutwalib sy Yazid ibni Kanb dia sendra samy nipetraka teo amin'ilay efitra izay mampisaraka an'ireo fianakavian'i Hashim sy Azi'i izay eo amin'ny tranon'Andriamanitra masina, tampoka teo dia iny i Fatwimatou binto assad ibni hashim renin'i Amiroul Mominina (as) nandalo, tsara ho marihina fa bevohoka sivy volana izy tamin'izay fotoana izay, ary amin'io indrindra izy no feno sivy volana tanteraka, ary dia nitsangana teo anilan'ilay Haramo (kabbat) izy, ary efa marary ny kibony tamin'izay fotoana izay na koa mihetsi-jaza, ka dia niandrandra ny lanitra izy, ary hoy izy : **" tompo ô, izaho dia mino anao sy izay zavatra avy taminao nampitondrainao ilay irakao, ary ireo Mpaminany rehetra izay nalefanao, ary ireo boky rehetra izay nampidininao, ary izaho dia mino sy Mankato ny tenin'ilay raibeko IBRAHIM, tena marina fa izy tokoa no nanorina ity tranonao masina mandrakizay ity, ka mangataka aminao aho noho ny voninahitr'ity trano ity sy ilay namboatra azy, ary ity zaza vao haterako ato an-kiboko ity, izay mpiresaka amiko sy mpanala sorisory ahy ity, ary tamin'ny ianao nilaza ny tsiambaratelo tamiko mahakasika ny ho fiterahako azy iny izaho dia resy lahatra sy mahatoky tokoa fa izy ity dia anisan'iray amin'ireo famantaranao (Yatoka), ary porofonao ety an-tany".**

Ary hoy i Abbas ibni Abdoul-moutwalib sy Yazid ibni Kanb :

Rehefa avy niteny sy nanao dua i Fatwimatou binto assad dia indro tazanay avy eny lavitra eny fa nivoha ho azy ny tao an-damosin'ilay Kabbat, ary dia niditra tao izy ka dia tsy tazanay intsony, ary dia nipody amin'ny toerany ilay izy sady nipetraka tsara noho ny voninahitr'ilay avo indrindra, ka dia nidodododo izahay ny hamoha ilay varavaran'ny Kabbat mba hahafahanay mampiditra vehivavy hafa hanampy azy, nefa tena tsy nivoha ilay izy, teo izahay vao nahafantatra fa ny herin'Andriamanitra no niasa teo, ka dia nijanona tao i Fatwimat nandritra ny telo andro, ary ny mponin'ny Makkat dia tsy nisy zavatra noresahina raha tsy izany vaovao izany ihany teny amin'ny toerana rehetra teny, afaka telo andro dia nivoha indray ilay toerana nidirany ka dia nivoaka avy ao izy ary i Ali

(as) notrotroiny teny an-tanany, ary hoy izy :

Ô ianareo vahoaka, tena marina fa i tompo Allah dia nisafidy ahy tamin'ireo zava-boahariny rehetra, ary homeny voninahitra manokana aho tamin'ireo izay efa nisafidianany tany aloha tany, ary izy dia efa nisafidy an'i Assyat zanakavavin'i Mozahim, ary izy dia nanompo an'i Allah ampiafenana tamin'ny toerana tsy tiana hanompoana an'i Allah raha tsy amin'ny fahaterena ihany, ary nisafidy an'i Maryam ihany koa izy, izay nibitsibitsihany ny tsiambaratelony mahakasika ny fiterahany an'Issa (as), ka nohozoniny ilay hazon'atrendry maina tany amin'ny tany karakaina ka dia nilatsadatsaka ireo voan'atrendry mando tamin'izay fotoana izay, ary tena marina i tompo Allah dia nisafidy ahy ihany koa ary nanome voninahitra ahy mihoatra an'izy roa ireo, ary mihoatra ireo vehivavy tsaran'izao tontolo izao tany alohako, satria izaho dia niteraka tao anatin'ity tranon'Andriamanitra ity, ary nijanona tao nandritra ny telo andro, ary nihinana tamin'ireo voankazo sy ny fahasoavan'ny paradisa…..

***Fanontaniana n° 5 :***

Iza no nanome an'Imamo Ali (as) ilay anarana hoe : "Ali" ?

***Valiny :***

➔ Maro ireo riwayat no milaza ny mahakasika izany, fa eto isika hitondra ampahany ny amin'izany :

1) Tohin'ilay riwayat taloha teo, niteny i Fatwimat renin'Imamo Ali (as) ….rehefa nila hivoaka avy tao amin'i Kabbat aho ary tamin'izay fotoana izay nitrotro an'i Ali (as) zanako aho, injao fa nisy feo niteny tamiko nanao hoe :

Ô ry FATWIMAT, antsoy Ali izy satria izaho avo sy ambony amin'ireo izay avo sy ambony, ary izy dia nohariako tamin'ny alalan'ny heriko sy voninahiko ary fahalehibeazako, ary ny fahamarinako ihany koa, ary io anarany io dia notsoahako avy tamin'ny anarako, ary nomeko



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 8 11/01/2021 16:25:37

tamin'ireo fahendreko sy ireo fahalalam-pombako izy, ary nomeko tamin'ny fahalalako ihany koa izy, ary izy dia nateraka tao an-tranoko, ary io no hanao *hazani* (fiantsoana amin'ny fivavahana) voalohany ao ambonin'ilay tranoko, ary izy ihany koa no hanapotika ireo sampy sy hanipy azy ireo lavitra, ary izy no hanome voninahitra ahy sy hampirisika ireo olona ho ahy, ary izy dia Imamo aorian'ilay sakaizako, ilay tsara indrindra amin'ireo zava-boahariko sy ilay mpaminaniko ary ilay irako, dia tsy iza izany fa i Mouhammad (sw), ary izy no mpitondra ny hafany ao aoriany, fahasoavana ho an'ireo izay mitia azy sy miaro ary miahy azy, ary loza ho an'izay manohitra sy manetry azy ary maka an-keriny ny zony.

2) Ary misy ampahany amin'ireo riwayat izay milaza fa raha vao teraka Imamo Ali (as), dia nalain'i Abou Twalib avy amin'ny tanan'i Fatwimat izy ka nofihininy teo an-tratrany, ary nivoaka teo amin'ny tany lemaka izy, ka niantsoantso nanao hoe :

— Tompo ô !, ô ilay tompon'ny alina maizinkitroka, sy ny volana izay mamirapiratra noho ny fahazavana.

— Hazavao anay ny lalàna mifehy ity zavatra mandalo ity, ka manao ahoana ny fahitanao ny ho anaran'ity zazakely ity.

Taorin'izay dia nisy zavatra toa miendrika varatra nandady tamin'ny tany, ka nandeha nanantona an'i ABI TWALIB, rehefa tonga teo aminy dia nofihininy niaraka tamin'Imamo teo an-tratrany, ary rehefa tonga teo dia lasa solaitra maintso izany, izay nisy soratra nilaza nanao hoe:

— Ianareo mivady dia nomeko zanaka miavaka amin'ny fahiratan-tsaina, sy madio ary mpamaly soa tena mahiran-tsaina tokoa izy io.

— Ny anarany avy any amin'ilay avo indrindra dia i Ali, ary io Ali io nalaina avy tamin'ny anaran'ny Tompo Allah,hoe ilay avo.

Ka noho izany dia nantsoin'i Abou Twalib Ali ny anarany, ary dia nahantony teo amin'ny Kabbat ilay tabilao na solaitra, teo amin'ny sisiny ankavia, ary nijanona tao foana izany talohan'ny nakan'i Hesham ibni Abdou Malik azy, ka nanomboka teo tsy hita intsony ilay izy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 9 11/01/2021 16:25:38

***Fanontaniana n° 6 :***

Araka ny voalazan'ny riwayat izay avy tamin'i Fatwimat renin'Imamo Ali (as), rehefa avy niteraka an-janany izy hoy izy dia tsy nisy ronono mihitsy ny nonony nandritra ny telo andro, ka voatery i Mouhammad ibn Abdoullah (sw) no nampihinana azy tamin'ny alalan'ny ranoniviny, rehefa atsofony ao am-bavany ilay lelany dia tena tsy mety mitsahatra mihitsy Imamo tamin'ny fitsetsefana izany, raha tsy afaka hetaheta sy voky, ahoana no hahafahantsika manazava io riwayat io ?.

***Valiny :***

➔ Mba hahafahantsika manazava io raywayt io, voalohany heverina sy tombanana fa marina izy io, raha izany no izy, dia zanahary dia mety nanomana zavatra tsara ho an'Imamo amin'ny alalan'ny RASOULILLAH (sw) indrindra fa ny mahakasika ireo andraikitra izay hosahaniny teo amin'ny fiainan'i Rassoul ka mandra-pialany ety antany, ka noho izany indrindra mila zavatra avy aminy no miditra ny vavan'Imamo voalohany, sy ho nonoiny izay mampiavaka azy amin'ireo zaza mahazatra, fa ny azy dia ny lelan'i Rassoul no hotsetsefiny voalohany, lela izay tsy miteny raha tsy ny marina ihany, ary izany nanomboka tamin'ny fahazazany ka hatramin'izy nofidian'i Allah manokana ho irany, ary noho ny anton'izany nantsoina izy hoe: (*SWIDIQ "marina"* sy *AMINO "mahafatoky"*), ary izy tamin'izany fotoana izany mbola tao anatin'ny fahatanorany tokoa, ary tamin'ireo fiantsoana roa voalaza tetsy ambony ireo no tena nahalalan'ny besinimaro azy bebe kokoa mihoatra ny anarany sy firazanany.

Ary RASSOULO dia nila ny hitambaran'ny lelan'izy roa mirahalahy, tahaka ny fitambaran'ny fon'izy roa, ka mba hahatonga azy hisy firohizana sy fifatorana mafy mandritra ny fotoana lava hiainan'izy ireo eto an-tany, dia nampidirin'i RASSOULO tao am-bavany ny lelany, ilay lelany izay tsy mbola niteny raha tsy zavatra marina sy feno fahendrena iny, mba hahatonga ny lelan'Imamo tsy hiteny raha tsy ny marina sy izay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 10 11/01/2021 16:25:38

misy fahendrena ihany, ary hahatonga azy mpiady amin'ireo fahavalony sy ireo mpanao ratsy.

***Fanontaniana n° 7 :***

Naharitra firy taona no nitaizan-dreniny an'Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo Ali (as) dia notaizan-dreniny foana hatra tamin'izy feno valo 8 taona, taorian'izay dia nifindra nankany amin'ny tranon'i Mouhammad (sw) izy mba hovolavolainy ao sy hovokisana ireo fahalalan'i Mouhammad (sw).

***Fanontaniana n° 8 :***

Fa inona no antony nifindran'Imamo Ali (as) nankany amin'ny tranon'i Mouhammad (sw) ary nanao ahoana izany ?

***Valiny :***

➔ Indray mandeha izay dia nandalo fotoan-tsarotra ireo Qoraish, mosary be tsy misy toa izany, ary tena niantraika mafy be izany teo amin'i Abi Twalib satria izy tena maro anaka tokoa, ka noho ny hakelin'ny teo am-pelantanany dia sahirana tokoa izy tamin'ny famelomana ireo fianakaviany, indrindra fa ny lehilahy maro anaka toa azy, ary niteny tamin'ilay rahalahin- drainy izay antsoina hoe Hamzat i MOUHAMMAD (sw) nanao hoe : moa ve tsy mba hanamaivana ny vesatr'i Abou twalib isika tamin'ity fotoan-tsarotra ity?, ka dia nankany aminy izy ireo, ka niteny aminy ny mba hakan'izy ireo ny ampahany amin'ireo zanany mba ho fanampiana azy, ary hoy izy tamin'izy ireo : avelaonareo ho ahy i Aqil, ary alaivonareo izay sitrakareo amin'ireo sasany, ka dia nalain'i Abbas i Twalib, ary i Hamzat naka an'i Ja'afar ary i MOUHAMMAD (sw) naka an'i Ali (as), ary araka ny voalazan'izy ireo, i Rassoul dia niteny hoe : izaho dia nisafidy izay nosafidian'i Allah ho ahy aminareo, ary valo taona i Ali (as) tamin'izay fotoana izay.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 11 11/01/2021 16:25:38

***Fanontaniana n° 9 :***

Lazao ireo endrika na toetoetra ara-batan'Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza ao amin'ilay bok'i ibn Hajar izay mitondra ny lohateny hoe : *( AL-ISWABAT)*, sy ao amin'ilay bokin'i ibni Abdou Bari, izay mitondra ny lohateny hoe : *(AL-ISTIA'B)*, Imamo dia nanana fitsanganana antonony raha ampitahaina amin'i NABI Adam (as), ary ny lokon'ny hodiny, sady tsy mainty no tsy fotsy, tena mazava hoditra tokoa, sola ny lohany, somary be tambohomaso, no sady mivelatra ihany koa, ka noho izany dia tsara tarehy tokoa izy, miramirana tsara ny tarehiny noho ny fananany tsikitsiky mahafatifaty, somary lava ny vozony tahaka ny vozon'ny siny izay vita amin'ny volafotsy ireny, ary ngeza tokoa ny sorony sy ny hatony, maventy tokoa ny sandriny sy lantontanany, ka noho izany indrindra no mahatonga azy roa ireo toa mitohy toa tsy misy kiho mihitsy. Somary bebe kibo izay izy ohatra matavitavy ihany koa, ny kibon-dranjony dia vakivaky be nofotra be, ngeza ihany koa ny felan-tanany, rehefa mamindra izy tsy dia malaky loatra ary tsy dia mora loatra ihany koa fa antonony, tsy mifanalavitra ny amin'ny famindran'i RASSOULILLAH (sw) ny famindran'Imamo, fa tena mitovitovy tokoa, rehefa tonga ny fiadiana, tsy mba miverin-dalana fa mandroso mialoha foana, ary tsy mba misy zavatra mahasakana azy.

***Fanontaniana n°10 :***

Oviana no lasa moslimo Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Miara-nanaiky ireo mpahay tantara sy mpahay hadith rehetra fa Imamo Ali (as) no lehilahy voalohany lasa moslimo, ary tao aoriany naha moslimo azy izay vao niparitaka ilay finoana ka nandona sy nitoetra tamin'ireo fo sy fanahy maro samihafa, nefa kosa misy tsy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 12 11/01/2021 16:25:38

fitovian-kevitra eo amin'ny taonan'Imamo tamin'izy lasa moslimo, misy ny  milaza sy nanamafy fa 15 taona Imamo tamin'izay fotoana izay araka ny voalaza ao amin'ny riwayat'i Hassan Basri, ary io fijery io dia tohanan'ny ankamaroan'ireo mpahay tantara sy mpahay hadith.

Ary araka ireo riwayat'i *Koleini* avy ao amin'ny *Kafi*, ny taonan'Imamo tamin'izy lasa moslimo dia teo anelanelan'ny 10 sy 13 taona, ary araka ny voaray avy amin'ny riwayat'i *Hozayfat ibni Yaman* sy *ibn Abi Shabiat*, 14 taona Imamo tamin'izy lasa moslimo.

Ilay tenin'i *al-Jahez* hoe : Imamo dia 7 taona tamin'izy lasa moslimo, io teny io dia tsy ekena sady tsy marim-pototra.

Na dia misy aza ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny famaritana ny taonan'Imamo tamin'izy lasa moslimo, ny azo ambara amin'ireo riwayat izay hitantsika ireo, Imamo tamin'izy lasa moslimo dia tao anatin'ny fahatanorany tanteraka.

***<u>Fanontaniana n° 11 :</u>***

Inona no tiana hahatongavana tamin'ny riwayat'i *al-Jahez* tamin'ny valin'ny fanontaniana tetsy ambony iny ?, moa ve misy tsiambaratelo manokana nahatonga azy nilaza azy io sa tsia ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, tena marina fa misy tsiambaratelo tokoa ao ambadik'izy io, ny tian'ireo izay nilaza fa Imamo dia lasa moslimo tamin'izy teo anelanelan'ny 7 sy 10 taona hahatongavana dia izao, Imamo tamin'izy 7 taona na 10 taona dia mbola zaza tokoa, ka noho izany, lasa moslimo izy nefa mbola tsy feno saina, fanarahana ambokony ihany no nataony tahaka ny fanaon'ny zaza rehetra, fa tsy toa an'i Abou Bakr izay efa vory saina sy matotra ary resy lahatra tokoa izay vao lasa moslimo, raha atao bango tokana, izy ireo dia mila manambany ny voninahitr'Imamo tamin'izy lasa moslimo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   13    11/01/2021   16:25:38

Na dia eo aza ireo ezaka nataon'ireo fahavalon'ireo *Ahloul bayt* amin'ny alalan'ny fampiasana fahaizamanao toy io hitantsika etsy ambony io sy taorian'ny hakiviana tamin'ny tsy fahitana kilema ny fahabangana teo amin'izy ireo, na dia heverina aza fa tamin'ny fahazazany no nahalasa moslimo an'Imamo, tsy mbola nisy na olona iray aza nandà na tamin'ireo fahavalo aza fa Imamo dia efa niara-dalana foana tamin'ny Mpaminany (sw) tamin'izy niantso ireo olona hiditra islamo, ary izany dia nanomboka tany am-piandohan'ny fiantsoana, ary niaro io finoana io fatratra izy sy ny rainy teo anatrehan'ny fitapitak'ireo fahavalo sy ireo mpanao didijadona avy amin'ny taranaka *Qoraish*, izay niezaka ny hanapi-dalana izany fiantsoana izany nanomboka tany am-piandohana, ary Imamo dia nandany ny androm-piainany rehetra ho an'ny islam sy ny fahamarinana ary ny fanaovan-tsoa ho an'ny olombelona rehetra, tahaka ny nandanian-drainy ny taonany tavela tamin'ny fanampiana sy fanohanana an'i MOUHAMMAD (sw) tamin'ny fiantsoana ireo arabo mba hiditra islamo, ary napetrany teo am-pelantanan'i MOUHAMMAD (sw) ireo fitaovana sy hery rehetra izay ilainy amin'ny fanaparitahana ny finoana islamo, ary nandao izao tontolo izao izy sady feno fahatokisana sy finoana tanteraka ny hafatra izay nentin'ny Mpaminany (sw), ary tsy nisy sahy nandà izany na iray aza.

***<u>Fanontaniana n° 12 :</u>***

Iza moa i Swadiqo Al-Akbar ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Swadiqo Al-Akbar dia tsy iza fa Imamo Ali (as), ary izany araka ny hita amin'ilay bokin'i *ibni Maja* izay nantsoiny hoe (SWAHIH), hoy Imamo tamin'izany : ***" izaho dia mpanompon'Andriamanitra, sy rahalahin'ny Mpaminany (sw), ary izaho no Swadiqo Al-Akbar, tsy misy miteny an'izany ao aoriako raha tsy ireo mpandainga, izaho efa nanao soalat fito taona talohan'ny olona rehetra"***,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 14 11/01/2021 16:25:38

io teny nataon'Imamo io dia notaterin'i *Hakim* ao amin'ilay bokiny mitondra ny lohateny hoe *(MOSTAD'RAK)* sy i *Twabari* ao amin'ilay boky firaiketany ireo tantara nosoratany.

***Fanontaniana n° 13 :***

Moa ve ianao afaka mitondra porofo iray hafa koa manamarina fa Imamo Ali (as) dia lasa moslimo tamin'ny fahatanorany fa tsy tamin'izy 7 na 10 taonany ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitondra porofo hafa isika :

Hoentintsika hanamafy ilay porofontsika, maro ireo riwayat izay nilaza fa tamin'ny fiandohan'ny fiantsoana ho amin'ny finoana islamo izay nataon'ny Mpaminany (sw), ny Tompo Allah dia nanome baiko azy mba hiantso ireo fianakaviany akaiky sy ireo lavitra, ka dia niantso azy ireo Mpaminany tamin'izay fotoana izay, ka toy izao ny nanaovany an'izany, nanomana sakafo betsaka ho azy ireo ny Mpaminany (sw), ary rehefa vory izy ireo teo am-pihinana dia niantso azy ireo ny Mpaminany (sw) mba hiditra islamo, ary ny Mpaminany (sw) tamin'izy ireo : " *iza aminareo ireo no ministrako hanampy amin'ity raharaha ity, ary ho rahalahiko sy hitondra ny hafatro ary ho mpandimby ahy ao aoriako*", nangina avokoa ny rehetra tamin'izay fotoana tsy nisy namaly ny antson'ny Mpaminany (sw) ankoatra an'Imamo Ali (as), ary Imamo Ali (as) tamin'izay fotoana izay dia niandraikitra ny fikarakarana sakafon'ireo tonga tao sy ny fandrindrana ny filaminana tamin'ny fiarahan'izy ireo tao, naverimberin'ny Mpaminany intelo izany antsony izany, ary tamin'ny fahatelo farany dia hoy izy tamin'Imamo Ali (as) teo anatrehan'izy ireo hoe : " *ianao dia ho rahalahiko sy ho mpitondra ireo hafatro ary ho mpandova ahy sy mpandimby ahy ao aoriako*", ka dia nitsangana avy teo amin'ny toerany ireo fianakaviana vory teo sady nihomehy no nadrabiraby izany teny nataon'ny Mpaminany (as) tamin'Imamo izany……



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 15 11/01/2021 16:25:38

Ka moa ve ny zazakely 7 na 10 taona (araka ny fahitan'ny sasany azy) azo irahina hanomana sy hikarakara sakafo ?, ka moa ve ny zazakely taona toy izany mendrika hitokisana amin'ny fitondrana ny tsiambaratelon'ny faminaniana ?, ary rehefa avy eo homena fahefana amin'ny fiantsoana ireo be antitra sy ireo olon-dehibe maro isan-karazany, ary moa ve ho napetraky ny Mpaminany ny tanany eo ambonin'ny tanany sy ho nataony rahalahiny sy mpitondra hafatra ho azy ary ho mpandimby azy izy raha tsy ohatra hitany fa efa tsy zaza intsony izy ary efa mendrika azy tokoa izany toerana izany!, ary hainy fa efa afaka manatanteraka ireo andraikitra nomena azy izy sy ireo toky izay napetraka aminy, ary NABI (sw) mahalala tsara, fa raha ohatra mbola tsy feno fisainana sy mbola tsy manana ny maha-lehilahy azy izy, tsy mbola nanana ny fahatsapana ny fanatanterahana andraikitra ihany koa tsy ho nankininy aminy mihitsy ireo andraikitra lehibe ireo, satria noho ny maha zaza azy izay mety ho nandà ilay fiantsoana izy vokatr'ireo fanakianana sy fandrabirabiana izay nataon'ireo havana akaiky tamin'izany fotoana izany sy ankoatra an'izany amin'ny zava-nisy.......

***__Fanontaniana n° 14 :__***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo Ali (as) sy i Abou Twalib (ra) nanoloana an'i Mouhammad tao amin'ny tanimbolin'i Abi Twalib?

***__Valiny :__***

➔ Rehefa samy niara-nanaiky ny rehetra ny amin'ny hanaovana fahirano sy fanapahana ny fifandraisana amin'ireo taranak'*i Hashimo*, dia nanoratra taratasy ireo vahoaka tamin'izay fotoana izay, taratasy izay milaza sy manamafy fa tsy azo atao ny manao fifandraisana ara-panambadiana amin'izy ireo, toraka izany koa ny fifampivarotana sy fifampividiana, tsy fanekena ihany koa ny fanatrehan'izy ireo ny fivoriana izay atao ao an-tanàna, tsy azo atao ny mividy sakafo na mivarotra amin'izy ireo na dia inona no ho vokatr'izany, ary efapolo tamin'ireo loholona tao *Makkat* no nanao Sonia izany taratasy izany, ary rehefa vita izany dia nahantona teo amin'ny Kabbat; ary

dia nataon'izy ireo fahirano tao amin'ny tanimbolin'i Abi Twalib ireo taranak'i Hashim, nanomboka tamin'ny volana Mouharam taona faha 6 taorian'ny nahazoana ny faminaniana izany, ary nitohy nandritra ny 2 na 3 taona araka ny voalazan'ny ampahany amin'ireo mpahay tantara, volana vitsivitsy taty aoriana, nanomboka nisy fiantraikany tamin'ireo fianakavian'i Hashim ilay fahirano, ka nanomboka nialany ireo zavatra fanao foto-tsakafo teo amin'izy ireo, ary tena sarotra tokoa izany teo amin'ireo zaza amam-behivavy, ary indraindray dia tena mitaraina mihitsy izy ireo noho ny hanoanana izay mianjady amin'izy ireo, ary tena tsy mahenika azy ireo izay zavatra aterin'i *HESHAM IBNI OMAR IBNI RABIA* , sy ireo izay ankoatra azy io noho ny hakelin'izany sy tsy fisiany matetika, amin'ny alina ihany koa izy ireo vao afaka manatanteraka izany, nampiakarin'ireo vahoakan'i **Makkat** avokoa ireo vidin-tsakafo tao **Makkat** amin'izay mba tsy hahafahan'ireo **Hashimina** hahatakatra izany, ary raha mba misy tonga any amin'izy ireo ao anatin'ny alina maizinkitroka, dia tsy mba mahampy an'ireo zaza amam-behivavy akory izany, tena mafy tamin'izy ireo tokoa izany fahirano izany ka lasa voatery izy ireo nihinana ireo ahitra sy ireo ravin-kazo tamin'izany fotoana izany, na dia teo aza izany fotoan-tsarotra izay nolalovan'izy ireo izany, tsy nikely soroka i **AbouTwalib** sy ny zanany Imamo Ali (as) ary **Hamzat** rahalahiny tamin'ny fiarovana an'i Mouhammad (sw) alina aman'andro mba tsy hahafahan'iray amin'ireo mponin'i Makkat hamono na hikasin-tanana azy, ary izany fotoan-tsarotra izay nolalovan'izy ireo izany nipetraka ho fahatsiarovana ratsy hoan'i Abi Twalib andro aman'alina teo amin'ny fiainany.

Araka ny voalazan'ibn Kasir ao amin'ilay boky tantarany, fa i Abou Twalib dia tena niambina an'i Mouhammad (sw) tokoa tamin'ny andrompiainany, ka izany indrindra no nahatonga azy rehefa ny olona mandray ny fandriany iny ao anatiny alina, omeny baiko ny Mpaminany hatory eny amin'ilay fandriany, rehefa azon-tory ny rehetra dia omeny baiko ihany koa ny iray amin'ireo zanany na iray amin'ireo anabaviny mba



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 17 11/01/2021 16:25:38

hatory eny amin'ny fandrian'i RASOUL (sw) mba hiarovana azy no antony anaovany an'izany, amin'izay raha ohatra misy olona tafiditra ao an-tanimboly izay misy azy ireo amin'ny alina hikasa hamono an'i Rassoul dia mba ireo zanany izay nampatoriany teo amin'ilay fandriany no hosorona ho an'ilay zana-drahalahiny.

Araka ny riwayat hita ao amin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe : (**SHARHOUL NAHJ**) na fanazavana Nahjoul Balagh, hita ao amin'ny fizarana faha 3, pejy 310, ity teny nolazaiko ity dia anisan'ireo teny izay novakin'ilay mpanazava an'io boky voalazako io tao amin'ilay ampahany mitondra ny lohateny hoe : ny fanantenan'i **Abi Ja'afar Mouhammad ibni Habib,** izay nilaza toy izao manaraka izao : tena marina fa i Abou Twalib isaky ny mahita an'i **Rassoulillah** (sw) indraindray dia mitomany, ary miteny hoe : "**isaky ny mahita azy aho dia mahatsiaro ilay rahalahiko Abdoullah**", ary izy sy i Abdoullah io dia nitambatra ray sy reny.

Fanampin'izay rehetra voalazantsika izay, matetika i Abou Twalib dia matahotra ny amin'ny ain'ny Mpaminany (sw) indrindra fa amin'ny alina, ka noho izany indrindra no mahatonga azy mamoha azy avy eo amin'ny fandriany rehefa alina ny andro ka ilay zanany Imamo Ali (as) no ampatoriany eo amin'ny fandriany, toy izay foana no nataony fony fahavelony fiarovana an'ny Mpaminany, ka noho izany indrindra Imamo Ali (as) dia nahatsapa fa tandindonin-doza ny ainy teo anatrehan'izany rehetra izany, fa noho izy nanana fo tsara tokoa, dia tsy nampaninona azy ny ho faty eo amin'ny toeran'ny Mpaminany MOUHAMMAD (sw), ary hoy izy tamin-drainy indray andro : ô ry raiko, ho faty aho indray andro any, ka dia nanafatrafatra azy izy mba hanana fiaretana sady nihirahira izy hoe :

- ☐ Miareta ianao ry zanako, ary fantaro fa izany fiaretany izany dia mendrika anao tokoa, ny olona rehetra dia maniry ny hanao azy io.
- ☐ Efa nomenay baiko ianao mba hiaritra, tsy mora anefa izany, indrindra ny hanao sorona ho an'ilay malala ary zanak'ilay Malala.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 18 11/01/2021 16:25:38

☐ Raha ohatra indaosin'ny fahafatesana ianao, tsarovy fa voninahitra ho anao izany, na tojo olana aza ianao, raha miaritra dia toa tsy olana akory izany.

☐ Ny zavatra rehetra dia manana ny tandrify azy araka ny taonany, ary ataony sorona ireo izay mendrika an'izany.

Ka dia novalian'i Ali (as) io andalana tononkalo io, izay maneho tanteraka ny finoany ny amin'ilay hafatra izay nentin'i Mouhammad (sw), ary fanehoana ny tsy fanaovana tsinontsinona ilay zazany amin'ny alalan'ny fanatanterahana izany hafatra izany. Ka novaliany amin'ny alalan'ny andalana izay nentin'ilay mpamakafafaka ny **NAHJOUL BALAGH** ny rainy, izay manambara ihany koa ny fananany fanahy tsara tahaka ny fanahin-drainy, ary izy dia nahita fa ny fisiany sy ny fiainany rehetra dia natokany hameno ny fiainan'i **Mouhammad** (sw) sy ilay hafatra izay nentiny, ka noho izany, tsy mahagaga raha nanolo-tena sy niezaka mafy izy mba hahatanteraka ny fanamparitahana ilay hafatra izay nentin'ny Mpaminany (sw), izany fahasahiana izany dia tsy misy mitovy aminy raha teo amin'ny tantara no jerena, ary tsy mahagaga mihitsy raha izy mamaly an-drainy tamin'izy izay niezaka nandresy lahatra azy mba nanana faharetana tamin'ny alalan'ny fitondrany tononkalo izay notaterin'ilay mpamakafaka sy mpanazava ny NAHJOUL BALAGH iny, ka toy izao manaraka izao ny fomba namaliany an-drainy tamin'ny alalan'ny tononkalo ihany koa, izay milaza toy izao manaraka izao :

☐ Ny hiaro an'i AHMAD ve no hanirahanao ahy, tsy noho izaho matahotra na ho kivy no nitenenako izany.

☐ Fa kosa tiako ianao ny mba hahita ny asa fanohanako, ary efa fantatrao fa izaho dia mpankato anao foana.

☐ Noho i Allah izaho tsy maintsy hiezaka ny hanohana sy hiaro an'i AHMAD, ilay Mpaminanin'ny fahitsiana sy ilay derain'ireo zaza sy ireo tanora.

***Fanontaniana n° 15 :***

Talohan'ny fifindra-monina izay nataon'ny Mpaminany (sw) nankany **Yathrib** aiza no toerana nandehanany nanaovany fampielezana ny finoana islamo niaraka tamin'Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Taorian'ny teritery izay nahazo an'i MOUHAMMAD (sw), sy ireo raharaha maro nandalo tao Makkat, toy ny fampijaliana maro isan-karazany izay nataon'ireo ***Qouraish*** taminy taorian'ny nahafatesan'i **Abou Twalib**, tsy nisy olona atahoran'ireo ***Qouraish*** intsony teo mba hiaro ny voninahiny, ary tsy nisy foko intsony namaly ny antsony izay nataony, ary tany amin'ny tanana iray izay antsoina hoe ***TWAYFAT*** izy indray andro, nefa ireo vondron'olona tamin'io tanàna io dia nandà ireo fampianarany sy nisakana ireo vahoakany tsy hiheno an'ny Mpaminany (sw) na handray zavatra avy aminy, ary tamin'izany fotoana izany dia notorahan'ireo ankizy sy andevo tamin'ny vato izy, ka noho ny akon'izany dia maro ireo ratra izay nahazo azy teo amin'ny vatany, nahavoa an'Imamo Ali (as) ihany koa izany tora-bato izany, Imamo Ali (as) sy ZAYD IBNI HARIS no niaraka taminy tamin'io dia nataony io, tsara ho marihina fa io no dia na fandehanana voalohany izay notanterahiny any ivelan'i Makkat teo amin'ny fampielezana ny finoana islamo, tamin'izany andro izany, Imamo Ali (as) no nitsena ireo vato natoraka an'ny Mpaminany tamin'ny tanany sy ny tratrany ary koa ireo kapoka, ka noho ny vokatr'izany dia naratra ny lohany sy vatany rehetra,izany no nataon'Imamo mba ho fiarovana ilay mpitondra ilay hafatra masina, na dia teo aza izany ezaka nataon'Imamo izany mbola naratra ihany ny Mpaminany noho ny hamaroan'ireo vato, ka nandeha rà ny ranjony araka ny voalazan'ireo mpahay mpitantara maro.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 20 11/01/2021 16:25:39

***Fanontaniana n° 16 :***

Nanao ahoana ny nahatanterahan'ilay fifindra-monin'i Rassoulillah (sw) ary inona no andraikitr'Imamo Ali (as) tao anatin'izany, ary oviana izany no tanteraka ?

***Valiny :***

➔ Tamin'ny alin'ny voalohan'ny volana Rabiol Awali, niafina nanodidina ny tranon'i **Rassoulillah (sw)** ireo olona voabaiko hitsikilo sy hiambina ny fihetsiny, nijanona teo izy ireo hiambina hoe oviana ny Mpaminany (sw) no ho resin-tory, amin'izay hahafan'izy ireo mikapoka sy mamono azy, nefa ilay avo indrindra mpahay ny zava-drehetra dia nanambara an'ilay irany amin'izany teti-dratsin'ireo fahavalo izany, ka dia nandefa an'i Jibril izy hilaza amin'ity andalana masina izay milaza manao hoe ity : ***"ary tsarovinao raha hiteti-dratsy anao ireo tsy mpino, ka hisambotra anao na hamono anao mihitsy aza, na handroaka anao, ary hiray tetika avokoa izy rehetra, nefa horavain'Andriamanitra izany tetik'izy ireo izany, fa ny tetik'Andriamanitra no avo indrindra"*** *(toko : 8/30).*

Ary Andriamanitra ilay avo indrindra nanome baiko ny mba hatorian'Imamo Ali (as) eo amin'ny fandrian'ny Mpaminany (sw), sy ny handaozan'ny Mpaminany an'i Makkat, ka dia nolazainy tamin'Imamo Ali (as) fa ireo mpikomy dia ho tonga eo hamono azy amin'ny alina, ary efa nahazo baiko avy amin'ilay avo indrindra izy mba handao an'i **Makkat** ka hitodi-doha mankany amin'ilay lava-bato izay antsoina hoe : "**QAR SAOR**", ary efa nomena baiko ihany koa ny mba hatorian'Imamo eo am-pandriany amin'izay tsy ho fantatr'ireo mpikomy ilay dia izay hataony, ka dia nanontany Azy Imamo Ali (as) nanao hoe : ***" ka moa va ianao ho voaaro amin'izany rehetra izany ?",*** eny hoy Mpaminany taminy, ary hoy indray Imamo : ***"hataoko am-pitiavana sy amam-boninahitra izany"***, ka dia nanao soujoud ho an'Andriamanitra izy mba ho fisaorany azy amin'izany voninahitra nomena azy manokana izany, ary izany no fiankohofana na soujoud ho fisaorana voalohany nisy teo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 21 11/01/2021 16:25:39

amin'ity vahoaka ity, taorian'izay dia natrakany ny lohany, ary hoy indray izy : mandeha ianao na aiza na aiza no anirahana anao halehanao, ny aiko dia sorona ho anao, ka dia nofihininy mafy teo an-tratrany ny Mpaminany (sw) sady nitomany izy, ary rehefa avy teo nasain'i Allah nandeha izy, noraisin'i Jibril ny tananany, ary nivoaka ilay trano nisy azy ireo izy roa, sady namaky ilay andalana masina izay milaza manao hoe: ***"ary hasianay fefy eo anoloany, ary fefy aoriany, hosaronanay izy ireo ka tsy hahita"*** *(toko : 36/9).*

Ary dia nivoaka i Rassoulillah (sw), dia naka tany tamin'ny tananany izy, sady nararany tamin'ireo mpikomy, ary hoy izy : " shah al-ojouh", izay azo adika hoe : ***haratsiana anie ho amin'ny tarehin'izy ireo***.

Araka ny voalaza, mbola nandalo tany amin'ny tranon'i HANI aloha ny Mpaminany (sw), maraina vao mangiran-dratsy izy vao nitodi-doha nankany amin'ilay lava-bato izay antsoina QAR SAOR izay voatendry handehanany, tetsy ankilany anefa, Imamo Ali (as) taorian'ny fandehanan'ny Mpaminany(sw) dia natory teo amin'ny fandriany, ary nirakotra lamba izy tamin'izay fotoana izay, nitsangana ireo mpikomy voabaiko hanafika ilay trano rehefa maizina ny andro, nefa tsy vitan'izy ireo izany, ary tamin'izay fotoana izany nisy iray tamin'izy ireo niteny tamin'ireo namany fa aleo hahemotra amin'ny maraina ilay fanafihana, ary nijanona teo izy mandra-pahamarainan'ny andro, ary rehefa nirodorodo niditra tao an-trano mba hamono an'i **NABI (sw)** izy ireo rehefa maraina ny andro, nosakanan'Imamo tamin'ny alalan'ny feo mahery izy ireo, ary dia nanontany azy izy ireo hoe :

aiza i ***Mouhammad*** ?, dia hoy ny navalin'Imamo azy ireo hoe : fa moa ve izy napetrakareo taty amiko ?, efa nivoaka izy hoy Imamo, dia navelan'izy ireo teo Imamo, ka nivoaka izy ireo mba hitady an'ny Mpaminany (sw), mikasika io raharaha nandalo io, dia nampidina ity andalana masina ity ny Tompo Allah izay milaza manao hoe : ***"ary misy amin'ireo olombelona no mahafoy ny ainy mba ho fikatsahana ny hafalian'ny Tompo Allah"*** *(toko : 2/207).*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 22 11/01/2021 16:25:39

Ary taorian'izay dia nijanona telo andro tao amin'ilay lava-bato ny Mpaminany (sw) ary tamin'ny andro fahefatra izay vao nitodi-doha nankany Madinat, ary tonga tany izy tamin'ny faha 12 ny volana Rabio Awal taona faha 13 talohan'ny nahazoan'ny Mpaminany (sw) ny faminaniana, ary ireo fifindra-monina nankany Madinat io no natao ho fiandohan'ny taona islamika teo amin'ny finoana islamo….

***Fanontaniana n° 17 :***

Tamin'ny taona faha firy no nampirahalahian'i Rassoulillah (sw) an'ireo Mouhajirina (ireo vahoaka avy any Makkat) sy ireo Answar (ireo vahoaka tao Madinat), ary tamin'iza no nampirahalahiny Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Dimy na valo volana taty aoriana, tamin'ny taona voalohany tamin'ny fifindrana nankany Madinat no nampirahalahian'ny Mpaminany (sw) ireo Mohajirina sy ireo Answar, ary tamin'io fotoana io ihany koa no nampirahalahiany an'Imamo Ali (as) tamin'ny tenany.

***Fanontaniana n° 18 :***

Moa ve isika afaka mahalala ny fifindra-monin'Imamo Ali (as) nankany Madinat niaraka tamin'ireo vehivavy maromaro izay nitondra ny anarana hoe : "FATWIMAT" ? ary moa va ianao afaka milaza hoe: iza avy izy ireo ?

***Valiny :***

➔ Tamin'i **NABI** (sw) nanao fifindra-monina nankany Yasrib, rehefa nanalavitra an'i Makkat tamin'ny toerana izay heverina fa tsy misy tokony hatahorana ny amin'ireo Qouraish intsony, dia niteny i **NABI** (sw) nanao hoe : ***" izy no hitari-dalana antsika mankany amin'ny taranak'i Amro ibn Aouf ?"***, ary rehefa tonga tao an-tranony izy ireo dia nivahiny tao tamin'ny alin'ny faha 11 na 12 ny volana Rabiol Awal, nahatratra 500 ireo olona nitsena an'i NABI (sw) tamin'io

fotoana io, rehefa avy teo dia nanoratra taratasy ho an'Imamo Ali (as) izy, izay nampitondrainy an'i Obay Waked Alisi, ary izany taratasy izany dia mandidy an'Imamo mba handeha hanaraka azy rehefa vita ny fameranan'Imamo ireo antoka izay napetraky ny olona tamin'ny Mpaminany sy ireo hafatra rehetra.

Rehefa tonga teo am-pelantanany ilay taratasy avy tamin'i NABI (sw), dia namidiny avokoa ireo ramevany sy ireo soavaliny ho an'ireo vehivavy izay niaraka aminy sy ny mba hahafahany manomana ny fivoahana avy ao Makkat, ary dia nanome baiko ireo mpino malemy mbola tavela tao Makkat ihany koa izy mba hankany amin'ilay toerana izay antsoina hoe: ( ZITOWA) rehefa maizina ny andro, ka dia nivoaka an'i Makkat izy sy ireo vehivavy maromaro izay samy nitondra ny anarana FATWIMAT, ka ireo avy izy ireo: i Fatwimat zanaka vavin'i Rassoulillah (sw), i Fatwimat zanakavavin'i ASSAD IBNI HASHIM, sy i Fatwimat zanaka vavin'i ZOBEIR IBNI Abdoul-moutwalib, ary i Fatwimat zanaka vavin'i HAMZAT, ireo no vehivavy nitondra ny anarana hoe : FATWIMAT niaraka tamin'Imamo Ali (as) nankany Madinat araka ny voalazan'ireo mpahay tantara ambony, ary anisan'izy ireo ihany koa i OUMOL AYMANA sy i ABOU WAKID ALLISSI, ka ity farany no nitari-dalana ireo kalesan'izy ireo izay nitarika izany am-pahavitrihana tokoa, ary hoy Imamo Ali (as) tamin'i ABOU WAKID : miaraha amin'ireo vehivavy ianao ry ABA WAKID, ka dia notarihiny ny lalan'izy ireo, ary Imamo nanao hoe :

- Andriamanitra irery ihany no afaka manavotra izay latsaka ao anatin'ny fahaterena, ary ampy amin'ny fiarovana anao ny tompon'izao rehetra izao amin'izay raharaha napetraka taminao.

Rehefa nanakaika an'ilay toerana izay antsoina hoe : (DANJAN) izy ireo, dia tratran'ireo fahavalo mpanenjika, mpitaingin-tsoavaly misaron-tava miisa valo lahy izy ireo tamin'izay fotoana izay, ary niaraka tamin'izy ireo ihany koa ilay olona izay fanta-daza amin'ny hay ady izay antsoina hoe : JANAH, ary dia hoy Imamo tamin'i AIMANA sy ABI WAKID : ajanony ilay rameva, ka afatorinareo, ka dia nanantona Imamo ka naidiny ireo vehivavy, rehefa vita izany dia nandeha izy nitsena ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 24 11/01/2021 16:25:39

fahavalo nanenjika azy ireo niaraka tamin'ilay sabatrany, ary hoy izy ireo taminy : ianao ve mihevitra fa avotra amin'ny fandosiranao niaraka tamin'ireo vehivavy ireo, ampodio izy ireo ô ry ity zazasary ity, dia hoy Imamo : ka raha ohatra tsy manao an'izany aho dia hanao ahoana ianareo ?, dia hoy izy ireo tamin'Imamo: tsy maintsy ampodinao ry zareo ka, ka nanatona ilay toerana nisy an'ireo rameva izay nitondra ireo vehivavy ireo fahavalo, niditra teo anivon'ireo fahavalo sy ireo rameva izy nitondra ireo vehivavy Imamo, ka dia nokapain'i JANAH tamin'ilay sabatrany Imamo, nefa hainy ny niala izany, ary dia nokapahiny tamin'ny sabatrany ihany koa i JANAH avy tamin'ny lohany ka dia nisaraka roa, ary tonga teo amin'ny sorok'ilay soavaly izay notaingenany ilay sabatra, nangorohoro tokoa ireo mpiaradia taminy nahita izany, ary Imamo tamin'io fotoana io dia teo am-pandehanana antongotra, ary niantsoantso izy nanao hoe : ***"vahaonareo ny lalana handalovan'ilay mpanao ady masina, izay tena havanana tokoa, izaho mbola tsy nanompo ankoatra an'ilay tokana"***.

Ary dia novahan'ireo fahavalo ny lalana, ary hoy izy ireo tamin'Imamo: fehezo ny tenanao (amin'ny hatezerana) ry IBNI ABI TWALIB, ary hoy ny navaliny an'izy ireo tamin'izany : izaho tsy maintsy mandeha mankany amin'ilay rahalahiko, zanakin'ilay dadatoako dia tsy iza izany fa i Rassoulillah (sw), ka izay mila hokapaiko sy halatsako ny ràny dia aoka izy hanatona ahy, taorian'izay dia nanome baiko an'i AIMANA sy ABI WAKID Imamo mba hamatotra ny entan'izy ireo, dia nandeha izy ireo, ka dia tonga tamin'ilay toerana izay antsoina hoe : **DWANJAN** izy ireo, nijanona teo izy ireo nandritra ny andro iray sy alina iray mandra-pahatongan'ireo olona malemy sy ireo be antitra izay nanaraka azy ireo avy tao aoriana, izany hoe natory teo amin'io teorana io izy ireo tamin'ny alin'ny andro io,  rehefa tonga ny alina, ny olona rehetra rendriky ny torimaso, fa Imamo sy ireo vehivavy nitondra ny anarana FATWIMAT ireo dia sahirana nanao fotoam-pivavahana teo anilan'ireo izay natory hatra maraina, ary raha vao maraina ny andro dia nanohy ny dia izy ireo, ka taorian'izay dia tonga soa aman-tsara tany Madinat.

***Fanontaniana n° 19 :***

Inona no antony niantsoana an'Imamo Ali (as) hoe : ABOU TORAB ?

***Valiny :***

➔ Ny voalaza momba ny fiantsoana an'Imamo tamin'izany dia toy izao manaraka izao, tena marina fa i NABI (sw) tamin'ny taona faharoa dia nivoaka ny tanàna mba hamonjy ilay ady izay antsoina hoe ( ADIN'NY ASHIRAT), tamin'izay fotoana izay i HAMZAT zanak'i Abdoul-moutwalib no nasainy nitondra ilay faneva famantarana izay fientina miady ireny, maro tamin'ireo mpino islamo no niaraka taminy, ka anisan'izany i AMAR YASSER, i Ali (as) sy ny ankoatra azy roa ireo, nandeha izy ireo nizotra nankany amin'ny sahan'ady, ka dia tonga teo anivon'ilay loharano miboiboika tao ASHIRAT, rehefa tonga tao tsy nahita olona mihitsy izy ireo na iray aza, ankoatra ireo vahoaka taranak'i **MADLAJ** sy ireo fonenan'izy ireo.

Araka ny voalazan'i IBNI ISSAC, i AMAR YASSER dia niteny toy izao manaraka izao: izaho sy Imamo Ali (as) dia niara-dia foana tamin'ny adin'ny ASHIRAT, rehefa tonga tao amin'ilay toerana izahay niaraka tamin'i Rassoulillah, dia nijanona tao, teo indrindra no nahitanay ireo taranak'i MADLAJ rendrika ao anatin'ny fanatanterahana ny asan'izy ireo eo amin'ilay loharano iray azy ireo, ary hoy Imamo Ali (as) tamiko: ô ry dadan'ilay tsy matory mihitsy ( YA ABAL YAKHZAN) !, ahoana ianao raha mba mijery ny fomba fiasan'ireto olona ireto isika, isika anefa mba efa tonga teto foana, ary hoy aho taminy: raha sitrakao isika efa eto amin'izy ireo foana, andao hijery hoe manao ahoana ny fomba fiasan'izy ireo, dia nijery izany izahay tokony naharitra adiny iray teo, ary teo am-pijerena indrindra no nahatsapanay fa manery anay mafy ingahy torimaso, ka dia nandeha izay mba hitady toerana hatoriana, rehefa hitanay izany dia naka ravina atrendry izahay ka navelatray teo ambonin'ny fasika ka dia natory teo aminy izahay, tena mba hifantako amin'Andriamanitra fa tsy tafafoha teo izahay raha tsy i Rassoulillah



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 26 11/01/2021 16:25:39

(sw) no namoha anay amin'ny alalan'ny tongony, ary feno tany izahay tamin'izay fotoana izay vokatry ny fatorianay teo amin'ny tany iny, ka tamin'izay fotoana izay niteny tamin'i Ali (as) i Rassoulillah (sw) nanao hoe : inona ny nahazo anao ity ry ABA TOURAB, ary hoy indray izy: moa ve tsy efa nolazaiko anareo roa ny olona tena ratsy sy mafy fo indrindra hoe iza ?, dia hoy izahay taminy: eny tokoa ry Mpaminany, dia hoy izy taminay: ny olona ratsy indrindra dia roa lahy izy ireo, ny voalohany dia ilay namono ilay rameva vavin'i SWALEH, ary ny faharoa dia ilay hikapoka sy hamely anao amin'ny sabatra eto amin'ity toerana ity ry Ali, sady notsapainy ny ao an-tampon-dohan'Imamo, ary hikoriana amin'ity volom-bavanao ity ny ràny, sady noraisiny tamin'ny tanany izany.

***<u>Fanontaniana n° 20 :</u>***

Araka ny tatitra izay nataon'i IBNI HESHAM, avy tamin'i IBNI ISSAC, nisy vondron'olona avy tamin'ireo fianakavian'ity farany niteny azy ireo fa ny antony niantsoan'i NABI (sw) an'Imamo Ali (as) ABOU TORAB, satria Imamo rehefa misy ny tsy fifankahazoana amin'i Fatwimat (as) na koa rehefa manao zavatra mahatezitra azy i Fatwimat (as) amin'ny alalan'ny teny na fihetsika, dia tsy miresaka aminy mihitsy, ary tena tsy miresaka aminy mihitsy ao anatin'ny fahatezarany, ary raha tena miakatra izany hatezerany amin'ny vadiny dia maka fotaka izy ataony amin'ny lohany, amin'izay rehefa mahita izany i Rassoulillah (sw) dia tonga dia fantany avy hatrany fa nanao zavatra nahatezitra azy indray i Fatwimat (as), ary dia hoy ny Mpaminany (sw) amin'i Ali (as) : inona indray no mahazo anao ity ry ABOU TORAB, inona no azonareo ambara mahakasika io riwayat io ?.

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tsy misy fisalasalana fa io riwayat io dia zavatra noforomporonina fa tsy misy ny maha marina azy, ary azo inoana fa i IBNI ISSAC dia naka io hadith io avy tamin'ireo hadith maro be izay misy eo amin'i ORWATOU IBNI ZOBEIR izay fantatra fa maro tokoa ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 27 11/01/2021 16:25:39

notateriny avy aminy teo amin'ny fiainany, ary tena natokisany tokoa izy ka nahatonga azy nitatitra hadith betsaka avy aminy, ary tsara ho marihina fa i ORWATOU dia voalaza fa anisan'ny fahazarany ny mampandainga an'Imamo Ali (as), ary indraindray izy io mitantara zavatra izay manaratsy an'Imamo sy  ireo taranak'Imamo, ary fantatra ihany koa fa matetika izy io milaza fa maro amin'ireo hadith izay notateriny dia avy amin'ilay rahavavin-dreniny, dia tsy iza izany fa i AISHA, nefa tsy miafina amin'ny besinimaro ny zavatra nisy teo amin'i AISHA sy Ali ary FATWIMAT (as), ary noho izany tsy misy mihitsy olona hieritreritra hoe izy tsy ho nialona an'ilay sombin'ny ain'i NABI (sw) dia tsy iza izany fa i FATWIMATOU ZAHRA (as),na tamin'ny fahavelomany izany na taorian'ny fahafatesany…………

Maro ireo hadith izay milaza ny voninahitr'i FATWIMAT (as)**,** ary izany dia manamafy  fa tena manana toerana ambony izany vehivavy izany na amin'ny lafiny fiteny na fihetsika ka noho izany tsy eken'ny sainy izy ho nanao zavatra nahatezitra an'Imamo na tamin'ny lafin'ny fiteny izany na fihetsika.

***<u>Fanontaniana n° 21:</u>***

Inona no andraikitra nosahanin'Imamo Ali (as) tamin'ny adin'i BADROL AKBAR ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'ireo mpitantara, ny antsasak'ireo **MOSHRIKINA** na ireo fahavalon'islamo tamin'io ady io dia Imamo Ali (as) no namono azy ireo, ary ny antsasany faharoa dia maty niarahan'ny besinimaro namono, mbola nohamafisin'ireo mpitantara izay tena itokisana ihany koa izany, ary araka ny fanisana izay nataon'i **WAKID**, 52 no isan'ireo voromaherin'ireo Moshrikina izay maty tamin'io fotoana io, voatanisa hatramin'ny olona izay namono azy ihany koa izy ireo izany hoe fantatra avokoa na ny anaran'ireo maty na ireo namono, ka araka izany fanisana nataon'i **WAKID**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 28 11/01/2021 16:25:39

izany dia fantatra fa 24 tamin'ireo voromaherin'ny Moshikina no novonoin'Imamo Ali (as) tamin'ilay sabatrany, ary ny 28 ambiny no niarahan'ireo mpino islamo namono.

Ary araka ny fantatra avy tamin'ilay fanisana izay nataon'i Wakid, ireo andian'olona izay novonoin'Imamo Ali (as) tamin'ny sabatr'ireo dia olona manana ny maha izy azy avokoa sady voromahery avokoa…

Ary araka ny voalaza ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe (***ZAKHA'IROL OQBAT***), sy ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : ***(RIWADO NADRI),*** ary nohamafisin'i ***KAZWINI*** ihany koa izany ao amin'ilay bokiny ilay mitondra ny lohateny hoe : ( FADWA'ILO AL-KHAMSA), izay teny avy tamin'Imamo ABI JA'AFAR AL-BAQIR (as) izay nilazany nanao hoe : "nisy anjely avy any andanitra tamin'ny andron'ny adin'ny Badre, izay niantso nanao hoe, hafalian-dehibe tokoa ny tsy fisiana sabatra ankoatra **an'i ZOLFIKARA,** ary toraka izany koa ny tsy fisian'ny tanora lahy tahaka an'Imamo Ali (as)".

***<u>Fanontaniana n° 22 :</u>***

Firy taona Imamo Ali (as) tamin'ny adin'ny BADRE ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny tatitra izay azo avy amin'ireo riwayat, fantatra fa ny taonan'Imamo tamin'izay fotoana izay dia teo anelanelan'ny 25 sy 30, tsara ny manamarina etoana fa misy ny tsy fitoviam-pijery teo amin'ireo mpahay tantara ny amin'ny mahakasika ny taonan'Imamo tamin'izany ady izany…

***<u>Fanontaniana n° 23 :</u>***

Inona no andraikitr'Imamo Ali (as) tamin'ny adin'ny OHOUD ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Fantaro fa Imamo Ali (as) tamin'ny adin'i OHOUD dia nisahana andraikitra lehibe, ka eto isika hitanisa ampahany amin'izay :

Imamo Ali (as) no nomen'i Rassoulillah (sw) baiko hitondra ilay faneva tamin'io ady io, nefa rehefa nahafantatra izy fa i ABDOUDAR no mpitondra fanevan'ireo Moushrikina dia nalain'i NABI (sw) ilay izy ary nomeny an'i MAS'AB IBNI OMEIR, tsara hohamarinina fa avy amin'ny taranak'i Abdoudar ihany koa ity farany, nijanona taminy foana ilay faneva mandra-pahafatiny, rehefa maty izy dia naverin'i Rassoulillah (sw) tamin'Imamo ny fitondrana an'izany.

Ary Imamo Ali(as) no namono an'ilay mpitondra fanevan'ireo moshrikina araka ny hita ao amin'ilay boky tantaran'IBNI ASSIR, ary mbola nilazany an'izany ihany koa ireo riwayat izay hita amin'ilay bokin'IBNI ASSIR izay mitondra lohateny hoe : (IRSHAD) sy ao amin'ilay boky tantaran'i TWABARI, ary araka ny tatitra izay nataon'i Hassan ibni Mahbob avy tamin'Imamo ABI ABDOULLAH SWADIQ (as) izay niteny nanao hoe: ***"sivy ireo voromahery nitondra ny fanevan'ireo moshrikina tamin'ny adin'ny OHOUD, nisy tamin'izy ireo avy tamin'ny foko Qoraish ary nisy ihany koa avy tamin'ny foko Abdoudar, tapitra novonoin'Imamo Ali (as) avokoa izy rehetra ireo"***.

Nohamafisin'ireo mpitantara, fa taorian'ny famonoan'Imamo Ali (as) ireo mpitondra fanevan'ireo Moshrikina, dia nihataka ireo miaramila roa tonta, tsy nisy olona na iray aza nahasahy nanatona an'Imamo, ary izay manatona azy dia kapainy amin'ilay sabatrany avy hatrany na tapahiny ny lohany, rehefa nahita izany ireo Moshrikina dia nanapa-kevitra tsy hanendry mpitondra faneva intsony, nandritra an'izay, ka dia nosaronan'ireo mpino ireo ny vehivavin'izy ireo, sady nitebiteby fatratra izy ireo, ary raha nila nambabo azy ireo mpino islamo dia tsy nisy nahasakana azy ireo mihitsy tamin'izay fotoana izay,…

Nandritra ny ady, ny fandresena dia teo am-pelantanan'ireo mpino ary ho nijanona tamin'izy ireo foana izany raha tsy ny fanaovan'izy ireo tsinontsinona ny baiko izay nomen'i Rassoulillah (sw), sy ny fandehanan'ireo mpino mankeny amin'ny sahan'ady mba hifandrombaka ireo harena,..ka noho ny akon'izany dia nivadika ny

raharaha ka niteraka fandosirana ho an'ireo mpino izany, nandositra avokoa ny ankamaroan'izy ireo, ankoatra ireo tena mpankato tanteraka an'ny Mpaminany (sw), ary anisan'izany Imamo Ali (as).

Araka ny hita ao amin'ny **Sharhou Nahjo**, ao amin'ilay ampahany fandraisana an-tsoratra izay nataon'i Mouhammad Habib, rehefa nandositra avokoa ireo loholona izay izay niaraka tamin'ny Mpaminany (sw) tamin'ny adin'ny OHOUD, dia nitodi-doha nankany amin'ny Mpaminany avokoa ireo kompania miaramilan'ireo Moshrikina, vondrona miaramila iray avy amin'ny taranak'i KENANAT no nikendry an'ny Mpaminany (sw) ary tao anatin'io vondrona io no nisy ireo taranak'i **Abdoumanat**, ary ny fitambaran'izany rehetra izany dia nahitana miaramila miisa 50 lahy mitaingina soavaly, rehefa nahita izany i NABI (sw) dia hoy izy tamin'Imamo Ali (as): ô ry Ali!, arovy aho amin'ity andian-tafika nanatona ahy ity, ary Imamo tamin'izay fotoana izay dia nandeha an-tongotra, fa ireo andiana miaramila kosa ambony soavaly, ka tsy nitsahatra mihitsy Imamo nikapa azy ireo tamin'ny sabatrany ka noho ny akon'izany dia niparitaka ireo fahavalo, ka tsy nahavita nanao na inona na inona tamin'ny Mpaminany (sw), ary rehefa avy teo dia nisy vondrontafika hafa koa nitodi-doha nankany amin'izy roa lahy, nefa mbola nataon'Imamo tahaka ny nanaovany ireo teo aloha ihany koa, dia very maina ny ezak'izy ireo, ary araka ny voalaza ihany koa, fa ireo fahavalo tsy nitsahatra ny namely azy ireo sy tena nivondrona tokoa, indrindra fa ny hikasa ny hamono an'ny Mpaminany (sw), nefa moa Imamo teo, nisaka ireo fahavalo, ka dia 10 tamin'ireo fahavalo izay avy tamin'ny taranak'i Syan ibn Aouf no novonoiny, ka taorian'izay dia nidina avy any an-danitra i Jibril ka nidina tamin'ny Mpaminany (sw), ary hoy indrindra izy : ô ry MOUHAMMAD, ity fisakanana sy fiarovana izay nataon'imam Ali (as) ity dia nampitolagaga ireo mponina ao an-danitra (anjely), ka inona no hahasakana azy (Imamo) tsy hanao an'izany, izy anie avy amiko ary izaho avy aminy, ary hoy i Jibril: ary izaho avy aminareo roa, ary heno avy any an-danitra tamin'io fotoana io ny antsoantso izay nilaza nanao hoe : ***"la saifo ila zolfikarat wa la fatat***

***ila Ali*** ", izay azo adika hoe : ***"tsy misy sabatra toa an'i ZOLFIKARAT ary tsy misy tanora lahy na tovolahy toa an'i Ali (as)"***, ary rehefa nanontaniana ny Mpaminany (sw) ny amin'izany dia hoy izy : i Jibril izany miteny izany.

Araka ny voalazan'ireo riwayat'i **Twabari**, ireo mpanaradia an'ny Mpaminany (sw) na ireo **Mohajirina** izany na ireo **Answar** dia samy nandao azy avokoa ka nandositra, ary anisan'izany i **Omar ibni Khatwab** sy **Osman ibn Afan**, ary torak'izany koa i **Abou Bakr** araka ny vaolazan'i **Oustad Haykal** ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : (**HAYATOU MOUHAMMAD**).

Miara-manaiky ireo mpanoratra ny tantaran'ny Mpaminany (sw) fa Imamo Ali (as) dia nisahana andraikitra lehibe tamin'izany fotoana izany, ary tsy mbola nisy olona toa nasandratr'ireo mpahay tantara, tena nohadinoiny tanteraka ny tenany fa nifantoka fatratra tamin'ny fiarovana an'ilay irak'Andriaminitra izy, izany nafoiny ho azy tokoa ny tenany, ny rà niraraka avy teo amin'ny sorony dia toa amanim-biby, ary ilay sabatrany teo an-tanany ohatra rivotra ka izay mikasa hanakaiky azy amin'ireo fahavalo mpitaingina soavaly dia kapainy amin'izany, ary tsy mbola nisy andiana miaramila raha tsy naparitany, ary toraka izany koa ireo voromaherin'ireo tafika tamin'izay fotoana izay.

Taorian'ny ady sy taorian'ny fandevenan'ny Mpaminany (sw) an'ireo maty an'ady tamin'izany fotoana izany, dia nody izy sy Imamo Ali(as), ary rehefa tonga tao an-trano hitan'i Fatwimat (as) nikoriana ny ràn'Imamo avy amin'ny sorony ka nanaraka ilay tananany, ka noho izany dia nalainy avy eny an-tanan'Imamo ilay sabatrany Zolfikara, ary hoy Imamo taminy: sasao izy iny satria tena nanampy ahy be izy androany izay, fa misy riwayat izay milaza fa Imamo dia nitondra tononkalo toy izao manaraka izao :

- ☐ Noraisin'i Fatwimat ilay sabatra tsy manan-tsiny, ary izaho tsy matahotra ny hamaroana, na koa mpitarika amin'ny toetra ratsy.
- ☐ Ary ny androm-piainako efa nolaniako tamin'ny fiarovana an'i



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 32 11/01/2021 16:25:39

AHMAD, sy ny fankatoavana an'ilay tompon'ireo mpanompo, izay mahalala ny zava-drehetra.

❑ Nosakanako ireo vahoaka izay nikasa ny handatsa-drà azy, ka nampisotroiko an'ireo fianakavian'i ABDOUDAR ny kaopin'ny fangirifirina.

***__Fanontaniana n° 24 :__***

Araka ny voalazan'ny riwayat'i Ali ibn Ibrahim, i Twalhat ibn Abi Twalhat rehefa nifampitana tamin'Imamo Ali (as) izy tamin'ny adin'i OHOUD, dia hoy izy tamin'Imamo: efa fantatrao ry ilay (**QADWIM)**, fa tsy misy olona na iray aza mahasahy mifampitana amiko ankoatra anao, ka inona no tiana hambara amin'ilay teny hoe **: QADWIM** ?

***__Valiny :__***

➔ Raha arahintsika antsakany sy andavany ireo riwayat dia hohitantsika ireo mpitantara fa nilaza toy izao manaraka izao :

Rehefa nanontaniana Imamo SWADIQ (as) ny amin'ny dikan'ilay teny hoe QADWIM izay niantsoan'i Twalha an'Imamo Ali(as) iny, dia hoy ny navalin'Imamo tamin'izany fotoana izany : tamin'ny fony fahavelon'i ABI TWALIB (ra), tsy nisy olona na iray aza tao Makkat nanana fahasahiana ho nikasin-tanana an'i Rassoulillah (sw), nefa kosa izy rehefa sendra mivoaka dia zimbazimbain'ireo ankizy ary torahan'izy ireo amin'ny bongan-tany sy vato, ka dia notantarainy tamin'Imamo Ali (as) izany zavatra nanjo azy izany, dia hoy Imamo taminy : mba miangavy anao aho rehefa sendra mivoaka ianao mba ento miaraka aminao aho, ka dia nentin'ny Mpaminany (sw) nivoaka niaraka taminy Imamo tamin'ny andro manaraka, rehefa teny an-tokontany izy ireo dia nanao izay fanaony tamin'izy ireo, ireo ankizy nanomboka nitoraka azy roa lahy, nefa tsy nitazam-potsiny ihany Imamo fa namaly azy ireo sady nokaikeriny ny orony sy ny sofin'izy ireo ary ny tarehin'izy ireo, dia rehefa vita izay dia nody ireo ankizy no sady nigogo nitomany, ary rehefa nanontanian'ny tany an-trano izy ireo dia namaly hoe, izahay dia nokaikerin'i Ali zanak'i



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 33 11/01/2021 16:25:39

Abi Twalib, ary nanomboka teo dia lasa mpanaikitra na **QADWIM** no fiantsoan'ireo ankizy an'Imamo tao Makkat.

***<u>Fanontaniana n° 25 :</u>***

Inona no andraikitra noraisin'Imamo Ali (as) tamin'ny adin'ny AHZAB (khandak) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Rehefa avy nanome ny heviny an'ny Mpaminany (sw) ny amin'ny hihadiana lavaka manodidina ny tanàna i SALMAN MOUHAMMADI (ra) mba hisakanana ireo tsy mpino tsy hiditra ilay tanàna, taorian'izay dia tonga ilay fotoana hifandonana, tonga maro ireo tsy mpino ka niaraka tamin'izy ireo ilay lehilahy izay antsoina hoe "AMRO IBNI WADIL AMIRI", ary araka ny voalazan'ireo mpahay tantara fa izy io dia mitovy amin'ny tanjaky ny lehilahy arivo, ary efa nandray anjara ihany koa tamin'ny adin'ny BADROUL AKBAR, ary naratra be izy tamin'izay fotoana izay ka noho izany indrindra no nahatonga azy tsy nandray anjara tamin'ny adin'ny OHOUD araka ny voalazan'ny **Twabari** sy ireo mpahay tantara hafa.

Nandray anjara io lehilahy izay voalazantsika tetsy ambony io tamin'ny adin'ny **KHANDAK,** ary izy io dia niaraka tamin'i **Akram ibn Abi Jahli** sy i **Hobeirat ibn Wahab** sy i **Nofeil ibn Abdoullah** ary i **Dorar ibn KhatwabIbni Mordas**, tonga teo ampitan'ilay lavaka izy ireo sady nitaingina ny soavalin'izy ireo, niaraka nanomana sy nampirisika ireo miaramilan'ireo tsy mpino izy ireo, taorian'izay dia nirona nankany amin'ilay lavaka izy ireo satria mila miampita izany mba hahafahan'izy ireo mihaona amin'ny miaramilan'ireo mpino, ka tamin'izay fotoana izay Imamo Ali (as) sy ireo mpino dia eny ampitan'ilay lavaka tandrify tsara an'ireo miaramilan'ireo tsy mpino, sahirana tokoa ireo miaramilan'ireo tsy mpino ny mitady lalana hiampitana ilay lavaka, somary naharitra elaela izay vao nahita hevitra tamin'izany, taorin'izay dia niampita izy ireo, ka dia tonga teny ampita eny, tonga dia notsenain'Imamo Ali



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 34 11/01/2021 16:25:40

(as) izy ireo amin'izay mba tsy hanakaiky ireo miaramilan'ny mpino, rehefa nahita izany i **AMRO IBNI WADO** dia niantso ireo mpino mba hifanandrina aminy, nefa izany antsony izany dia toa antso ho amin'ny fahafatesana ka tsy nisy na iray aza tamin'ireo mpino namaly azy, nefa kosa Imamo Ali (as) rehefa naheno izany fihantsiana izany dia nandao an'ilay toerany ka nihazakazaka nankany amin'ny Mpaminany (sw), ary rehefa tonga teo aminy dia hoy izy : ***"izaho no hiady aminy ô ry irak'Andriamanitra"***, dia hoy ny Mpaminany (sw) taminy sady nanohitra izany fangatahany izany nanao hoe : ***"i AMRO anie io ry Ali"***, dia namerina niantso indray ralehilahy tamin'ireo mpino, nefa tsy nisy sahy namaly na iray aza tamin'izy ireo, dia niverina indray Imamo ka niangavy sy nangataka alalana tamin'ny Rassoulillah (sw) ny mba hamelany azy hifandona amin'i AMRO, nefa nasain'ny Mpaminany (sw) nipetraka izy, dia lasa naka toerana, nefa izy raha nahita hevitra ho nakany alalana avy amin'i NABI (sw) dia ho nataony tokoa izany, ary mba tsy nitsahatra niantsoantso sy nihantsy ireo mpino nifampitana aminy ihany i AMRO, ary indrindra izy tamin'izay fotoana izay : ***"aiza ilay paradisanareo izay lazainareo fa izay maty aminareo tsy maintsy hiditra any iny, moa tsy misy olona aminareo ireo mba te hiditra any ?"***.

Teo i NABI (sw) dia nijery ireo tarehin'ireo mpino, sady nampirisika azy ireo mba hiady amin'i AMRO, nefa izy ireo nangorohoro tokoa noho ny tahotra an'io olona io, ary dia niverina indray i AMRO namerina ilay antsoantsony ary nihirahira izy araka ny voalaza ao amin'ilay riwayat'i **HALABI** ao amin'ilay boky tantarany sy **Moufid** ao amin'ilay bokiny mitondra ny lohateny hoe (**IRSHAD**).

☐ Ary efa nitabataba sy niantsoantso tamin'ny feo avo aho, teo anatrehan'izy ireo hoe moa ve misy aminareo ireo afaka hifampitana amiko.

☐ Tsy nitsahatra aho namerimberina izany, ary nihodikodina teo ka nampiaka-peo malaky.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 35 11/01/2021 16:25:40

☐ Tena marina fa ny herim-po sy fahasahiana dia amin'ny fahatanorana, ary ny fahalalan-tanana dia vokatry ny fananana soa betsaka.

Teo anefa mbola tsy nanome alalana an'Imamo Ali (as) i NABI (sw), ary mbola nanantena izy fa hisy iray amin'ireo mpino mba hivoaka hifanandrina amin'i AMRO, ary hoy izy tamin'ireo mpino : ***"iza no hifampitana aminy ?", ary izaho mampanantena izay olona hiady aminy, amin'ny fidirana ny paradisa"***, nefa tsy nisy na iray tamin'izy ireo mba afaka namaly an'izany antso nataon'ny Mpaminany (sw) izany, ka voatery ny Mpaminany (sw) nanome alalana an'Imamo Ali(as) mba hiady amin'ny AMRO, ka dia nomen'ny Mpaminany (sw) azy ilay sabatrany sy nampiakanjoina ilay akanjo misy fiaro tratra fientina miady izy, ary toraka izay koa ilay fehilohany, rehefa vita izany dia nampiakarin'ny Mpaminany ireo tanany roa ary hoy izy : ***"tompô !, tena marina fa efa nalainao any aminao i OBEIDAT tamin'ny adin'ny Badre, ary toraka izany i HAMZAT tamin'ny andron'ny OHOUD, ary ity i Ali rahalahiko sy zanaky ny dadatoako, aza avelanao ho irery aho, satria ianao no mpandova tsara indrindra"***, rehefa vita izany dia niady tamin'ny AMRO Imamo Ali (as), ary hoy izy tamin'izay fotoana izay :

☐ Aza maika ianao fa ho avy any aminao aho, ary izaho izay hamaly ilay antsonao fa tsy toa an'ireo izay kanosa.

☐ Manana finiavana sy fahatakarana, ary ny fahamarinana no mpanavotra izay rehetra avotra.

☐ Ary izaho manantena fa hampahery ireo izay nitomany sy nisaona noho ireo izay efa novonoinao sy hitondra valifaty ho azy ireo ihany koa.

☐ Vokatr'ireo kapoka lehibe izay nataonao, ary izy io dia nipetraka ho fahatsiarovana aorian'ny horohoro.

Ka dia nitsangana i AMRO IBNI WAD niaraka tamin'ny tanjany sy fanambonian-tenany, ary nirehareha tokoa tamin'ireo fandresena izay azony tamin'ireo ady sy fifandonana izay nataony, ka dia niparitaka ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 36 11/01/2021 16:25:40

feo mitatitra ny momba izany, ka dia maro tokoa ny nanaparitaka ny lazany teo anivon'ny tanàna rehetra.

Ary nijoro teo anoloan'Imamo Ali (as) ihany koa izy, sady nijery an'Imamo tamin'ny fijery feno fanambaniana sy tsy manome lanja, ary hita amin'ilay fijeriny fa izy tena manambony tena tokoa, taorian'ny nihaonany taminy dia hoy izy nanao hoe : ***"ô ry zana-drahalahiko, aleo olon-kafa ankoatra anao no hiady amiko, iray tena matanjaka noho anao avy amin'ireo vahoakanao, satria tsy te hamono anao aho noho ny finamanana izay nisy teo amiko sy ny rainao, ary izaho tena mangoraka azy"***, ary nampian'ireo mpitantara izany fa Imamo Ali (as) dia niteny taminy ihany koa nanao hoe : ***"ô ry AMRO !, anao nilaza hoe : mbola tsy nisy olona niantso anao intelo izany tamin'ny androm-piainanao, raha vao miantso indray mandeha fotsiny izy dia efa valianao izany"***, ka izaho efa niantso anao hiditra amin'ny finoana islamo ka valio, ka dia nihomehy i AMRO rehefa nahare izany, ary hoy izy : avelao any izany fa izaho tsy misy androny hamela ny finoan'ireo raiko sy ireo razambeko izany, dia hoy indray Imamo taminy: izaho miantso anao mba hiverina miaraka amin'ireo miaramila maro izay noentinao ireo, ary ny navaliny an'Imamo: tsy izaho mihitsy no hamela ireo arabo niresaka momba ny fandosirako izany, ary hoy indray Imamo taminy : ***"ary rehefa tsy hanaiky hiditra amin'ny finoana islamo sy tsy hiverina miaraka amin'ireo miaramilanao ianao, dia izaho kosa miantso anao hidina ka hiady ary"***, ary hoy i AMRO namaly an'Imamo : *"ô ry zana-drahalahiko !, aleo izay be taona noho ianao no hifanandrina amiko, fa izaho tsy te hamono anao ho faty"*, ary dia hoy Imamo namaly azy indray : *"nefa aho mila mamono anao ho faty !"*, rehefa naheno an'izany izy dia niakatra ny hatezerany, ka dia nidina avy teny ambonin'ilay soavaliny izy, ka dia novelesiny tamin'ny sabatra avy hatrany Imamo, sy nokapainy tamin'ny lohany ihany koa nefa notatazan'Imamo tamin'ilay ampingany ilay izy ka tsy nahavoa azy, ary nesoriny avy teo izany dia mbola nokendreny ihany koa ilay lohan'Imamo, ary naverimberiny izany kapoka izany nandritra



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 37 11/01/2021 16:25:40

ny fotoana lavalava, nefa Imamo niezaka nijoro sy niaro tena ka dia voatohany izany rehetra izany, ary rehefa avy teo, namerimberina nikapoka sy namely azy ihany koa Imamo ka tamin'ny iray tamin'ireo kapoka izay nataon'Imamo dia navoa ny teo anelanelan'ny tendany sy sorony, ka ny feon'izany kapoka izany dia toy ny varatra maneno, ka dia taitra sy nangorohoro ireo miaramila avy amin'ny ankolafin'ny roa teo am-pahenoana izany, ka dia lavo tamin'ny tany izy sady nivaoka avy taminy ireo rà toa ràn'omby izay nolentaina, nandritra an'izany dia tena andeboka teo amin'izy roalahy sy teo amin'ireo miaramila roa tonta.

Araka ny hita ao amin'ny ampahany amin'ireo boky izay mirakitra ny tantaram-piainan'ny Mpaminany (sw), dia misy ireo tatitra izay azo avy tamin'i Jabir ibn Abdoullah al-Answari, izay nitenenany nanao hoe : tamin'ny fotoana izay niadian'Imamo tamin'i AMRO IBNI WAD, izaho dia nanaraka azy ireo akaiky mba hijery izay mandalo eo amin'ny adin'izy roa ireo, nefa rehefa nokapohan'Imamo tamin'ilay sabatrany i Amro, namovoka be tamin'izay ka io no sakana ho ahy nahatonga ahy tsy nahita izay nandalo teo amin'izy roa ireo, na dia teo aza izany, izaho dia naheno ny **TAKBIR** izay nataon'Imamo ka dia nanao **TAKBIR** ihany koa ireo izay naheno ny **TAKBIR** izay nataon'Imamo, dia izay no famantarana nahaizako fa matin'Imamo i Amro, rehefa maty anefa ity farany, lasa nitsoaka avokoa ireo namany izay niaraka taminy, nifandrombaka izy ireo niaraka tamin'ny soavaliny avy hidina ilay lavaka sy hanao izay hahatafavoaka azy ireo avy ao, nefa ny soavaly izay notaingenan'i **Nofeili Ibn Abdo ibn al-Moqirat** dia tavela sy raikitra tao anaty lavaka ka dia notorahan'ireo mpino vato izy, dia niteny izy nanao hoe : ***"ô ianareo vahoaka Arabo!, ny fahafatesana no mendrika ahy noho izao zavatra ataonareo ahy izao***", ka dia nidina tao aminy Imamo **Ali** (as) ka dia namono azy araka ny voalazan'ireo riwayat'i **Twabari.**

Ary araka ny tatitra izay nataon'i Hesham ao amin'ilay boky tantarany, izay nilazany fa i **Zahri** dia niteny fa tamin'ny adin'ny Khandak izy dia niaraka tamin'i Amro sy ilay zanany, ary tamin'izay fotoana izay dia novonoin'Imamo izy, rehefa taorian'izay dia nanatona an'Imamo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 38 11/01/2021 16:25:40

ihany koa **i Hobeirat ibni Abi Wahab**, tamin'izay fotoana izay Imamo nandeha an-tongotra ary izy nitaingana soavaly, ka dia nokapain'Imamo izy, ka nahavoa azy izany ka tapaka hatramin'ilay laselin'ilay soavaliny, vokatr'izany, dia latsaka ihany koa ilay akanjo viny, ka rehefa nahita izany i **Akram ibn Abi Jahle** sy **Dwirar ibn al-Khatwab** dia nandositra, ka **Monabah ibn Osman ibn Obeidoullah** dia voan'ny zanatsipika, ka nentiny niaraka taminy ilay zanatsipika, rehefa tonga tany Makkat izy dia maty, araka ny voalazan'i **Twabari** ao amin'ireo rywayatiny ihany koa.

Ary hoy i **NABI** (sw) tamin'izay fotoana izay : ***"ny fifandonan'i Ali (as) tamin'i Amro ibn Wad tamin'ny adin'ny Khandak dia tsara lavitra mihoatra ireo asa fanompoana izay ataon'ireo vahoakako hatramin'ny andro farany"***.

***<u>Fonontaniana n° 26 :</u>***

Inona no andraikitr'Imamo Ali (as) tamin'ny fifanarahana izay natao tao HODAIBIAT (**solho hodaibyat**) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Afaka enina taona taorian'ny nifindran'ny Mpaminany (sw) monina avy ao Makkat nankany Madinat, tamin'ny voalohandohan'ny volana **Zil qanda** araka ny filazan'ireo mpahay tantara, no nisehoan'ilay fifanarahana izay nantsoina hoe: (**HODAIBIAT**), izay fifanarahany nisy teo amin'ny Mpaminany (sw) sy ireo vahoaka **Qouraish** tao **Makkat**, tamin'io fotoana io Imamo Ali (as) dia nisahana andraikitra lehibe sy manana ny maha izy azy, ka hotanisaina aminao eto ny ampahany amin'izany :

1. Imbetsaka no nahitana ny fanorisorenana izay nataon'ireo **Qoraish** an'ireo mpino islmo ary anisan'izany ilay fanafihana izay nataon'izy ireo izay notarin'i **Khalid ibn al-Walid**, nefa soa ihany fa teo i Ali (as) sy ireo mpino sasantsasany izay mahery fo niaraka nisakana an'izany tamin'Imamo, ka noho izany hetsika nataon'Imamo sy ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 39 11/01/2021 16:25:40

vondron'olona avy amin'ireo mpino izany no nahatonga ny fanafihan' ireo **Qouraish** tsy nahomby amin'ny lafiny rehetra.

2. i Ali (as) no nisahana ny fanoratana ny votoatin'ilay fanarahana, ary nataony miavaka tokoa izany, araka ny baiko izay azony avy tamin'ny Mpaminany (sw).

***Fanontaniana n° 27 :***

Nanao ahoana Imamo Ali (as) tamin'ny andron'ny KHAIBAR ?

***Valiny :***

➔ Tena niasa mafy Imamo **Ali** (as) tamin'ny adin'ny Khaibar, nasehony mihitsy ny maha liona lahy azy, ary raha tsy teo izy tena tsy afaka nandresy an'ireo jiosy ny mpino islamo tamin'izay fotoana izay, i NABI (as) tamin'io fotoana io efa nandefa vondron'olona maro izay isaky ny vondrona misy mpitondra faneva iray avy, nefa ny tena nahaonena tsy nisy na vondrona iray tamin'izy ireo mba afaka ny nanozongozona ny tambohon-tanànan'ireo jiosy ankoatra an'ilay vondrona izay notarihin'Imamo, tsara ny manamarika etoana fa Imamo Ali (as) tamin'izany fotoana izany dia narary maso ka ny Mpaminany (sw) no nitsabo azy; talohan'ny handefasan'ny Mpaminany (sw) an'Imamo Ali (as) hitarika ny vondrona misy azy handeha hamoha ny varavaramben'ireo jiosy, dia hoy izy hoe : ***"mba hifantako amin'ny Tompo Allah, rahampitso dia homeko ilay lehilahy izay tian'i Allah sy ilay irany ary mitia an'i Allah sy ilay irany ity faneva ity"***.

Nanalava tenda ny besinimaro rehefa naheno izany teny izany, ary samy naniry mba ho izy no homena izany faneva izany ny amin'ny ampitso…

Na dia teo aza ny ezaka izay nataon'ireo mpino nandritra ny fifandonana izay nisy teo amin'izy ireo sy ireo jiosy dia tsy nitondra fahombiazana ho an'izy ireo izany, nefa ilay izy naharitra fotoana lavalava, ka noho izany indrindra no nahatonga an'ny Mpaminany (sw) niantso an'Imamo Ali



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 40 11/01/2021 16:25:40

(as), nefa izy tamin'izany fotoana izany dia tena narary maso tokoa, nefa nosafoin'ny Mpaminany (sw) ny mason'Imamo, ary nivavaka (nanao dua) ho an'Imamo ihany koa, teo noho eo dia sitrana ilay izy; ary hoy ny Mpaminany (sw) tamin'Imamo : ***"raiso ity faneva ity, dia mandehana ianao ary aza mitoditodika mihitsy mandram-pamoahan'ny Tompo Allah ho anao ilay varavaramben'ireo jiosy, ary miadia amin'izy ireo ianao mandra-pitenenan'izy ireo hoe : "la illaha ila allah Mouhammad rassoulollah" izay midika hoe (tsy misy tompo ankoatra an'ilay tompo Allah ary i Mouhammad dia irak'ny Tompo Allah), fa raha manao an'izany izy ireo dia efa narovan'izy ireo taminao ny harenan'izy ireo ary torak'izany koa ny ain'izy ireo"***, ary araka ny voalazan'i Salamat ibn Akoan, dia niainga malaky Imamo ary nihazakazaka haingana tokoa, ary izahay nanaraka azy avy ato aoriany, rehefa tonga teo amin'ilay tambohoben'ireo jiosy izy dia indro fa hitanay ilay faneva natsatony teo anivona vato mivory eo akaikin' ilay tamboho, vory maro be ireo jiosy nitazana azy avy ety ambon'ilay tambohon'izy ireo, ary nisy iray tamin'izy ireo nanontany an'Imamo hoe : ***"iza moa ianao"***, dia hoy Imamo tamin'izy ireo : ***"izaho dia i Ali zanak'i Abi Twalib"***.

Ary hoy indray ny iray tamin'ireo jiosy : izany Ali nareo izany tsy avy tamin'ny Moussa, dia nivoaka ilay tambohobe izy sy izay rehetra niaraka taminy, dia nivoaka ireo mahery fo sy izay havanana amin'ny ady tamin'izy ireo, ary anisan'izany i Hariss rahalahin'i Marhab, ary tena malaza tokoa fa tena havanana amin'ny ady, avy izy ity dia nanafika ireo mpino, ka dia niantsoraka tany amin' Imamo Ali (as) sady nikapoka azy tamin'ilay sabatrany, dia lavo tamin'ny tany izy (jiosy) tamin'izay fotoana izay, taorian'izay dia nanao rodobe tamin'ireo jiosy ireo miaramila izay niaraka tamin'Imamo, ka noho ny akon'izany dia niparitaka ireo jiosy sady nandositra niditra tany anatin'ilay tombohobe izy ireo, rehefa tonga tao dia niaraka naneho alahelo noho ny fahafatesan'ilay maherifon'izy ireo dia tsy iza izany fa ilay rahalahin'i Marhab, ka noho ny hamain'ny fo izay nahazo ity farany noho ny fahafatesan'ilay rahalahiny dia



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 41 11/01/2021 16:25:40

nivoaka ilay tamboho izy niaraka tamin'ny fanehoana ny tanjany sy fieboeboany, ary nasehony ihany koa fa dia mpandresy foana amin'ny ady izay nataony, tamin'izany fotoana izany dia nitafy akanjo vy roa izy, ary nitondra sabatra roa izay nifatotra teo amin'ny tehezany, ary lefona no teny an-tanany, ary hoy izy tamin'izay :

❒ Hampahafantariko anao eto Khaibar fa izaho dia i Marhab, sahy tokoa sy efa manana traikefa amin'ny ady.

❒ Rehefa hita izy miaraka amin'ireo sabatrany dia mampandositra, satria indraindray izany manindrona ary indraindray mikapoka amin'izany sabatra izany.

Ary dia nifanandrina taminy Imamo Ali (as) no sady niteny nanao hoe :

❒ Izaho izay nomen-dreniko ilay anarana hoe Haidar (liona lahy), ary rehefa mandeha miady mampidonam-bovoka sy mafy toy ny liona.

❒ Izaho ilay mpamono ireo fahavalo toa anareo amin'ny alalan'ny sabatra.

Ary dia nifandimby nifampikapa antsy teo izy roa lahy, ka dia nokapain'Imamo tamin'ilay sabatrany izy ka dia nitsatoka tamin'ilay satroby izay nanaovany ilay antsy ka nilentika ilay izy dia namela boribory mety ipetrahan'atody teo amin'ny lohany, ary mbola notohizan'Imamo ihany koa ny fikapony azy tamin'ny lohany ka dia nizara roa izany vokatry ny hamafin'ilay izy, ka nilatsaka hatramin'ilay vazanifin' ilay sabatr'Imamo, araka ny volazan'ireo mpitantara dia nipoaka toy ny varatra ny feon'ny sabatr'Imamo rehefa nahazo ilay lohan'i Marhab, ary rehefa nahita izany ireo jiosy dia nandositra ka navelan'izy ireo teo ilay tambohobe niafenan'izy ireo, ka noho izany mora tamin'ireo mpino ny nifehy izany tamboho izany.

Ary araka ny tatitra izay hita ao amin'ilay boky tantaran'i ibn Hesham izay notateriny avy tamin'i **ibn Issac**, ary ity farany nitatitra avy tamin'i **Abi Rafii** ilay mpanompon'i Rassoulillah (sw), dia hoy ity farany nanao hoe: nivoaka niaraka tamin'Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as)



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 42 11/01/2021 16:25:40

izahay rehefa nomen'i Rassoulillah (sw) azy ilay faneva, ary alefany sy ireo miaramilany handeha hiady amin'ireo jiosy, ary rehefa tonga teo akaikin'ilay tambohobe Imamo sy mpiaradia aminy dia nivoaka ireo mponina ao aminy mba hiady aminy, ary dia niady tamin'izy ireo izy, ary nisy lehilahy jiosy iray nikapoka an'Imamo tamin'ny sabatrany, nefa notohanan'Imamo tamin'ilay ampinga teny an-tanany ilay izy, ary noho ny hamafin'ilay kapoka dia latsaka avy teny an-tanan'Imamo ilay ampinga, ary rehefa avy teo dia noraisin'Imamo ny varavarana teo amin'ilay tamboho sy noraisiny ihany koa ilay toerana nisy an'ilay akalana, Imamo teo am-panatanterahana izany rehetra izany no sady miady amin'ireo fahavalo ihany, mandra-pivohan'ilay varavarana izay niaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, taorian'izany dia natsipiny avy teny an-tanàny ilay faravaravana sy ilay akalana; dia hoy indray ilay mpitantara nanohy ny tantarany : nisy nahita ahy teo ny andiany amin'ireo miaramila niaraka taminay izay mitaingina soavaly fito, niezaka izahay ireo hamadika ilay varavarana nefa tsy voavadikay izany, ary nampian'i Haikalo izany filazana ny momba izany ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : (**NY FIAINAN'i MPAMINANY(SW),** fa i Ali (as) taorian'ny nandraisany ilay varavarana tamin'ny tanany indrindra fa teo amin'ny toeran'ilay akalana, nefa izy tsy nitsahatra niady ihany koa, mandra-pandositr'ireo jiosy ary efa nihady lavaka nanodidina ilay tambohobe izy ireo, fa Imamo kosa mbola teny an-tanany ilay varavarana tamin'izay, ary rehefa avy teo dia nataony tetezana teo amin'ilay lavaka mba hahafahany miampita sy ireo izay niaraka taminy mba hanenjehana ireo jiosy sy hahafahana miditra amin'ireo trano izay nisy tao amin'io toerana io, ary izany rehetra izany dia niseho taorian'ny fahafatesan'ilay maherifon'ireo jiosy.

Maro ireo mpahay tantara izay nilaza fa ilay varavarambe teo izay nanidian'ireo jiosy ilay tambohon'izy ireo dia mirefy **80** zehy, nefa izany dia nesorin'Imamo tamin'ny tanany ihany, nefa ny haben'ny vato teo amin'ilay vavahady dia mirefy **8** ny sandry, sy manana velarana sandry **2**, ary ny teviny dia sandry iray…



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 43 11/01/2021 16:25:40

***Fanontaniana n° 28 :***

Inona no andraikitr'Imamo Ali (as) tamin'ny famahana an'i Makkat *(fatho Makkat)* ?

***Valiny :***

➔ Rehefa vita ny fanomanana izay nataon'ny Mpaminany (sw) sy ireo miaramilany dia nivoaka an'i Madinat izy niaraka tamin'andiana miaramila izay miisa **10000** na iray alina, ka Imamo Ali (as) no nampitondrainy ilay faneva tamin'io fotoana io, ary ireo faneva madinika kosa dia nozarainy tamin'ireo lohandohan'ny mpisorona isaky ny foko, taorian'izay dia nitodi-doha nankany Makkat izy ireo.

Niditra an'i Makkat ny Mpaminany (sw) niaraka tamin'ireo miaramila maro be izay tsy ary fahitan'ny vahoakan'ny Makkat teo amin'ny fiainan'izy ireo na teo amin'ny tantara aza, ary ilay faneva dia teo an-tanàn'Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as) no sady nijoro teo amin'ny varavaran'i Makkat izy niaraka tamin'ny andian'olona 11, izay nahitana vehivahy 4 sy lehilahy 7, ary nanao filazana izy (famelan-keloka amin'ny ankapobeny), ary Imamo mbola tsy nitsahatra nitady ireo olona izay tsy maintsy hovonoina araka ny baikon'i NABI (sw), ary nisy ampahany tamin'izy ireo no tratrany tamin'izany ka dia novonoiny, nefa kosa i Abdoullah ibn Abi Rabii sy Haris ibn Hesham kosa nandositra nankany amin'ny tranon'ilay anabavin'Imamo izay antsoina hoe: ( OUMO HANI) ka niangavy azy izy roa ny mba hiarovan'ity farany azy ireo, ka dia niditra tao amin'i Hani Imamo mba hitady azy roa lahy, ary izy tamin'izay fotoana izay dia rakotra vy ny vatany hany ka tsy fantatr'i OUMO HANI, ary hoy i Oumo Hani taminy : ***"izaho dia zanaky ny rahalahin-drain'ny Mpaminany (sw) ary anabavin'Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as)",*** rehefa naheno an'izany Imamo dia navoakany ny tavany, rehefa hitan'i OUMO HANI izany dia niatsoraka teny an-tratran'Imamo izy ary nofihininy mafy izy, ary nilatsaka ny ranomasony noho ny hafaliana, ary rehefa nijery an'i OUMO HANI Imamo dia hitany koa izy roa lahy, avy hatrany Imamo namoaka ilay sabatra ka notsatohany teo amin'ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 44 11/01/2021 16:25:40

tendan'izy roa lahy, rehefa hitan'ilay anabaviny izany, dia nitsofoka teo anivon'izy telo lahy izy, ary hoy izy tamin'Imamo: ianao dia rahalahiko, fa ahoana ianao no manao an'izao amiko ?, nefa efa fantatrao fa izy ireo dia efa nampiantranoiko ary efa niditra aty amiko mba hiarovan'izy ireo ny ain'izy ireo, raha mila mamono azy roa lahy ianao dia vonoy miaraka amin'izy ireo ihany koa aho, nefa fantaro fa tsy maintsy hitaraina amin'i Rassoulillah (sw) aho mahakasika izany, ary rehefa hitan'Imamo ny fihetsika izay nataon'ity anabaviny ity dia nivoaka izy sady nandao ilay trano….

***<u>Fanontaniana n° 29 :</u>***

Moa ve Imamo Ali (as) niaraka tamin'ny Mpaminany tamin'ny fanapotehana ireo sampy tao amin'ny Kabbat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voatatitra ao amin'ny bokin'i *Zamkhashri* izay mitondra ny lohateny hoe : ( AL-KASHAF), izany tatitra izany dia tafsir na fanazavana ny tenin'ny Tompo Allah izay milaza manao hoe : ***" tonga ny fahamarinana ary nandositra ny tsy rariny"***, tena marina fa **i Jibrail** dia nampita teny tamin'ny Mpaminany (sw) ny amin'ny mba hanapotehana ireo sampy ao amin'ny **Kabbat** sy ny hanariana azy ireo, ka tao anatin'ny roa andro ny Mpaminany (sw) dia sahirana tamin'ny fanatanterahana izany, niakatra teny ambon'ilay **Kabbat** mihitsy izy teo am-panatanterahana izany, sisa tavela tamin'izany ilay sampin'ny foko **Khoza'a** satria izy ireo tena betsaka tokoa, ary ny Mpaminany (sw) dia naniraka an'Imamo Ali(as) mba hanipy izany sampy izany, ka dia noentiny niakatra teny ambonin'ny Kabbat Imamo ka dia natsipin'Imamo avy eny ambonin'ilay **Kabbat** ireo sampy, sady novakivakin'izy ireo izany, gaga sy talanjona ireo mponina ao **Makkat** nahita an'izany, ka hoy indrindra izy ireo rehefa nahita an'izany : tsy mbola nahita olona tena mpahay mazika toa an'i Mouhammad izahay.

***Fanontaniana n° 30 :***

Araka ny voavakinay tamin'ireo tantara, resy hono ireo mpino tamin'ny adin'ny **Houneini**, ka lasa nandositra ny ankamaroan'izy ireo ka namela an'ny Mpaminany niady irery niaraka tamin'ireo andian'olona vitsy kely, ka moa ve Imamo Ali (as) anisan'ireo olom-bitsy izay nijanona sy nijoro niaro an'ny Mpaminany (sw) ireo ?

***Valiny :***

➔ Niteny i Halabi tao amin'ilay boky tantarany nanao hoe : rehefa nandositra ny olona tamin'ny adin'ny Honeini, tsy nisy nijanona teo anilan'ny Mpaminany(sw) raha tsy olona efatra ihany ary ny telo tamin'izy ireo dia avy tamin'ny taranaky ny Hashim, ary ireto avy izy ireo tamin'izany, Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as), sy Abass ibn Abdoul-moutwalib, ireo roalahy ireo no niady mafy tamin'ny fiarovana an'ny Mpaminany (sw), ary i Abou Soufiani ibn Haris ibn Abdoul-moutwalib no niady tamin'ireo izay teo anoloany, ary i ibn Mos'oud kosa niady tamin'ireo izay tao amin'ny ilany ankavia, tamin'izay fotoana izay dia naidin'ny Tompo Allah ity andininy izay milaza manao hoe ity : ***"efa nampandresen'Andriamanitra tamin'ny toerana maro ianareo, toy ny tamin'ny andron'ny Honeini, ka nireharehanareo tamin'ny habetsahanareo, nefa tsy nahavitanareo na inona na inona akory izany. Fa na dia be velarana aza ilay tany, dia zary lasa tery teo anatrehanareo, ka dia nitarika anareo handositra izany, taorin'izay, dia nampidinin'Andriamanitra ny fitoniana avy aminy, ho amin'ilay irany sy ireo mpino"***.

i Sheik Moufid ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe: (IRSHAD) dia milaza fa ny tian'io andalana kor'any io lazaina amin'ny teny hoe **(mominina**) na **ireo Mpino** dia Imamo Ali (as) sy ireo olona nijanona niaraka niady taminy tamin'izay fotoana izay, ary izy ireo dia samy avy amin'ny taranak'i Hashim avokoa, ary noho ny ezaka nataon'izy ireo dia mora tamin'ny NABI(sw) ny nandresy ireo tsy mpino



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 46 11/01/2021 16:25:41

sy niala tamin'izany loza nananotanona ny ainy tamin'izany fotoana izany.

Na dia teo aza izany, niara-nanaiky ireo mpahay tantara fa i Ali (as) no tena nijanona teo akaikin'ny Mpaminany tamin'izay olana lehibe izay, izy no nisahirana nandroso sy miverina tamin'ny fiadiana tamin'ireo tsy mpino ka nanao todika ankavia sy havanana mba tsy hahafahan'izy ireo manakaiky an'ny Mpaminany (sw), ary izay miezaka hanakaiky an'i Rassoulillah (sw) dia kapain'Imamo amin'ny sabatra avy hatrany…

Ka dia notanterahan'i tompo Allah ilay fampanantenana nataony fa ny Mpaminany tsy maintsy mandresy ireo tsy mpino…

***Fanontaniana n°31 :***

Taiza Imamo Ali (as) tamin'ny fotoanan'ny adin'ny *TABOUK* ?

***Valiny :***

➔ Napetrak'i NABI (sw) tao Madinat Imamo Ali (as) tamin'ny fotoanan'ny adin'ny **TABOUK** mba hisolo tena azy sy hisahana ny raharaha teo an-tanàna.

***Fanontaniana n° 32 :***

Moa ve mbola misy ady hafa koa izay tsy nandraisan'Imamo Ali (as) anjara ?

***Valiny :***

➔ Tsia tompoko, io adin'ny **TABOUK** io ihany no tsy nandraisan'Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as) anjara, tsara ny manamarina ny antony nahatonga azy tsy nandray anjara tamin'io ady io dia baiko avy tamin'ny Mpaminany (sw).

***Fanontaniana n° 33 :***

Fa inona no antony nametrahan'ny Mpaminany (sw) an'Imamo tao Madinat ka nahatonga azy tsy nentiny niaraka taminy ?

**_Valiny :_**

➔ Raha jerena ny toe-draharaha izay nisy tamin'ny vanim-potoana izay nisian'io ady io, indrindra fa ny zava-nisy teo amin'ireo olona izay nilaza fa moslimo tamin'ny endrika ivelany sy ny fikasana hanongam-panjakana izay nifono fitaka sy hafetsena izay hita ihany koa teo amin'ireo izay mpitonon-tena ho mpino nefa tsy mpino, ary toraka izany ihany koa ny tsy filazan'ireo taranak'i ibn Obei sy ireo mpanaradia azy ireo ho anisan'ny miaramilan'ny NABI (sw), izany rehetra izany no tsapan'ireo mpikaroka fa antony tsy maintsy nametrahana an'Imamo Ali (as) tao Madinat tamin'io ady io mba ho fiarovana ny tombontsoan'ny finoana islamo,taorian'ny fahafantaran'ny Mpaminany (sw) fa misy amin'ireo mponina izay niara-monina aminy no mpihatsaravelatsihy ary ampian'ireo olona izay miteny hoe moslim amin'ny alalan'ny vava, ny fijanonan'ny olona tahaka izany ao an-tanàna dia tsy isalasalana fa tsy maintsy hiteraka olana ho an'ny fitondrana sy ny finoana islamo raha tsy mametraka olona matanjaka sy manana ny maha izy azy ny Mpaminany (sw), mba hatahoran'izy ireo amin'ny lafiny rehetra, nefa tsy misy olona manana izany voninahitra izany raha tsy Imamo Ali (as), ka izany indrindra no antony nametran'i NABI (sw) azy tao Madinat tamin'ny adin'i Tabouk.

**_Fanontaniana n° 34 :_**

Nanao ahoana ny fihetsik'ireo mpihatsaravelatsihy nanoloana an'Imamo Ali (as) ary nanao ahoana ihany koa ny fihetsik'Imamo nanoloana azy ireo ?

**_Valiny :_**

➔ Rehefa nandao an'i Madinat i Rassoulillah (sw) ka nanjohy ny lalany mankany Tabouk, navesatra sy mafy tamin'ireo mpikomy sy mpihatsaravelatsihy ny fijanonan'Imamo Ali (as) teo an-tanàna sady ho mpitarika ireo miaramila tao amin'ilay renivohitry ny finoana

islamo, ary nahatsapa izy ireo fa tsy hahavita na inona na inona noho ny anton'ny fisian'Imamo teo an-tanàna, farany hany zavatra azon'izy ireo atao dia nanely tsaho teo anivon'ireo antokon'izy ireo fa ny antony nametrahana an'Imamo Ali(as) tao an-tanàna dia noho izy tsy tian'ny Mpaminany (as), ary rehefa niparitaka nanerana ny tanànan'i Madinat ny mahakasika ny ady izay nandalo tao Tabouk, ary rehefa enon'Imamo izany dia naka ireo fitaovam-piadiny izy ka nandao an'i Madinat ka nizotra nankany tamin'ny sahan'ady izy, nihaona tamin'ny NABI (sw) tao Jorfat Imamo, ary rehefa tonga tao dia hoy izy tamin'ny Mpaminany (sw): ô ry irak'i Allah!, ireo mpikomy sy mpihatsaravelatsihy dia milaza fa ny antony nametrahanao ahy tao an-tanàna dia noho ny fanambanianao ahy, izany hoe ianao mila manambanimbany ahy, dia hoy ny Mpaminany (sw) namaly azy: raha ny tena marina, ny anton'ny nametrahako anao tao, i Madinat dia tsy voaaro sy tsy mandry fahalemana raha tsy amin'ny alalako na amin'ny alalanao, ary ianao dia mpandimby ahy sy solon-tenako eo amin'ireo fianakaviako sy ireo tranoko ary eo amin'ireo vahoakako, ary moa va tsy mahafaly anao ny ho toy ny toeran'i HAROUNA teo anatrehan'i MOUSSA nefa ny mampiavaka azy tsy hisy Mpaminany intsony ao aoriako…

Ary mbola nampian'i IBNI HANBAL izany teny izany ao amin'ilay bokiny izay nampitondrainy ny lohateny hoe (MOSNAD), izay nilazany nanao hoe : *" tsy tokony ho nandeha namonjy an'io ady io mihitsy aho raha tsy teo ianao hisolo toerana ahy".*

Ny tian'ny Mpaminany (sw) hahatongavana tamin'io teniny io dia ny mba hahafantaran'ireo mpino islamo fa Imamo Ali (as) no mpandimby azy ao aoriany na amin'ny fotoana izay tsy maha eo azy amin'ny fahavelomany izany na amin'ny fotoana izay hahafatesany.

***<u>Fanontaniana n° 35 :</u>***

Inona no zavatra nataon'Imamo Ali (as) tamin'ny raharahan'ny ZATASALASILAT ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 49 11/01/2021 16:25:41

***Valiny :***

➔ Raha fintinina ny resaka, ireo mponin'i WADI YABIS dia namory miaralamila mitaingina soavaly miisa 12000 lahy, ary samy nanao fanekena avokoa izy ireo ny amin'ny hamonoana an'i MOUHAMMD (SW) sy Ali (as), taorin'izay dia nidina tamin'ny Mpaminany (sw) ny anjely Jibril ka nilaza taminy ny mahakasika ireo fikasana izay tian'ireo andiana miaramila ireo aminy sy Imamo, ary nanome baiko an'ny Mpaminany (sw) ilay anjely ny mba handefasana an'i Abou bakr mankany amin'ireo mponin'i WADI YABIS ireo, miaraka amin'ny andiana miaramila izay mitentina 4000 lahy avy amin'ireo Mouhajirina sy ireo Answar, ka dia nalefan'ny Mpaminany (sw) nankany amin'izy ireo i Abou Bakr, ary ny hafatra izay nampitondraina azy dia ny mba hitoriany ny finoana islamo amin'izy ireo, fa raha ohatra izy ireo manaiky dia tsy misy olana, fa raha ohatra kosa tsy manaiky, dia avela izy ireo amin'izay finoany nefa kosa tsy maintsy hiady amin'ireo miaramilan'izy ireo isika, ary loza ho an'ireo taranak'izy ireo anefa izany, ka dia lasa i Abou Bakr sy ireo izay mpiara-dia tamin'ny avy tamin'ireo Mohajirina sy ireo Answar, niara-nizotra nanao diabe, mandram-pahatongavan'izy ireo tany amin'ireo mponin'i WADI YABIS, nijanona teo amin'ny toerana tsy dia lavitra azy ireo i Abou Bakr sy ny miaramilany, rehefa avy teo dia nisy miaramila miisa 200 lahy nanantona azy ireo izay mirongo fitaovam-piadiana, ary nitady hiresaka tamin'i Abou Bakr izy ireo, dia nivoaka nanatona azy ireo izy niaraka tamin'ny ampahany amin'ireo mpanara-dia azy, ary hoy ireo lehiben'ireo miaramila 200 lahy tamin'izy ireo : " ary raha tsy Latta sy Izza, ary raha tsy ny famindram-po izay misy eo aminay, ary koa raha tsy nisy rohim-pihavanana teo amintsika, dia novonoinay ianao sy izay rehetra niaraka taminao, ary ny akon'izany tsy hohadinon'ireo taranaka ao aorianareo mihitsy eo amin'ny androm-piainan'izy ireo, ka noho izany miverena ianao sy ireo izay niaraka taminao, ka mandehana haingana ianareo manararaotra izany famelana izany, satria raha ny tena marina, izahay tsy mila olon-kafa ankoatra ny vatatenan'ilay lehibenareo sy ilay rahalahiny i Ali IBNI ABI TWALIB,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 50 11/01/2021 16:25:41

teo Abou Bakr nahita fa ny fipodianana miaraka amin'ireo miaramila izay niaraka taminy no vahaolana mety kokoa, ka dia niverina izy, rehefa tonga tany amin'i NABI (sw) dia nilaza taminy izay zavatra rehetra nandalo tany amin'ilay toerana nanirahana azy, ary hoy i NABI (sw) : ***"ô ry Aba Bakr !, notoherinao ilay baiko izay nomeko anao, tsy notanterahinao ilay toromarika izay nomeko anao, ary ifantako amin'ny Tompo Allah fa ianao dia tena manan-tsiny eo anatrehan'izany"***.

Rehefa avy teo dia nandefa an'i **Omar** ihany koa ny Mpaminany (sw) hitarika ireo tafika hanatanteraka ilay hafatra tiany hampitaina amin'ireo olona, nefa tsy nahavita n'inona n'inona nitovy tsy nisy valaka tamin'ny nataon'i **Abou Bakr**.

Farany niantso an'Imamo Ali (as) i NABI (sw), ary noteneniny taminy ireo teny izay noteneniny tamin'i **Abou Bakr** sy **Omar** teo aloha ireny, efa nolazainy tamin'Imamo mialoha fa ny Tompo Allah tsy maintsy hamoha lalana ho azy, ka dia nivoaka Imamo ary niaraka taminy ireo Mohajirona sy Answar tamin'izay fotoana izay, ny lalana nizoran'izy ireo dia tsy mba nitovy velively tamin'ireo lalana izay nizoran'i **Abou Bakr** sy **Omar**, ny anton'izany satria izy tena tezitra tamin'ireo zavatra nataon'izy ireo, ary noho fahainganan'ny diany sy noho ny fanovany lalana izay nataony, tsy hitan'ireo fahavalo ny lalana nipoiran'izy ireo, fa izy ireo efa eo akaikin'izy ireo izay vao hita. Rehefa tonga teo dia nanome baiko ireo mpiaradia aminy Imamo mba hidiny amin'ny soavalin'izy ireo sy hanangana ireo trano lay, taorian'izay dia tonga teo amin'izy ireo ny andiana miaramila izay miisa **200** lahy izay nirongo fitaovam-piadiana, ary dia nanontany an'Imamo hoe : ***"iza moa ianao ?"***, dia hoy ny navalin'Imamo azy ireo hoe : ***"izaho dia i Ali IBNI ABI TWALIB, zanaky ny rahalahin-drain'i Rassoulillah (sw) ary rahalahiny , izaho hoy Imamo dia miantso anareo hijoro vavolombelona fa tsy misy Andriamanitra hafa ankoatra an'i Tompo Allah, ary i Mouhammad dia mpanompony sy irany, ary izaho anefa tsy miantso anareo hino, fa raha izany no ataonareo, dia hahazo ny soa sy ratsy***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 51 11/01/2021 16:25:41

***mitovy amin'izay azon'izy ireo mpino ihany koa ianareo"***, ary hoy indray izy ireo tamin'Imamo : ***"ianao mihitsy no tadiavinay io, tena marina fa izahay dia mila anao, efa enonay ny momba anao rehefa miady, ka miomana ianao amin'ny ady izay tena mafana tokoa hifanaovantsika, ary fantaro fa izahay dia hamono anao ho faty sy ilay lehibenao, ary ny fotoanantsika dia rahampitso atoandro"***, ary niteny tamin'izy ireo Imamo nanao hoe : loza ho anareo, izaho no horohoroinareo amin'ny hamaroan'ny isanareo, fantaronareo fa izaho dia mangataka fiahiana amin'ny Tompo Allah sy amin'ireo anjely ary amin'ireo mpino islamo hahafahako mandresy anareo, ary tsy misy mahery sy manam-pahefana ankoatra an'ny Tompo Allah ilay avo sy lehibe indrindra.

Ary rehefa tonga ny alina dia nanome baiko ireo mpiaradia aminy Imamo mba hamatotra tsara ireo soavaly sy ireo biby azo itaingenana, ka dia nofatoran'izy ireo mafy izany sy nomanina tsara ary natao fanandramana, ary rehefa nangiran-dratsy ny andro, dia nitarika ny fotoam-pivavahana maraina ho an'ireo mpiaradia aminy Imamo, fa talohan'izay dia nanao fisaikana na fiandroana masina izy, rehefa avy teo dia niara-nirotsaka tamin'ireo fahavalo mangingina izy ireo, tsy nisy nahalala mihitsy ireto fahavalo, voahitsakitsak'ireo soavaly sy sarety izy ireo izay vao gaga sy taitra, ary tsy navelan'ireo mpiaradia amin'Imamo raha tsy maty avokoa ireo miaramilan'ireo fahavalo, teo dia nianjadian'ny fahavoazam-be tokoa ireo fahavalo, lanin'ireo mpanaradia an'Imamo avokoa ny herin'izy ireo, ary nosimbaina ireo tranon'izy ireo, maro no lasa babo, ary ireo harenan'izy ireo votazona niaraka tamin'izy ireo. Taorian'izay dia nampidinin'ny Tompo Allah ilay toko izay antsoina hoe : *(Adiyat)* tamin'izay fotoana izay…

***<u>Fanontaniana n° 36 :</u>***

> Inona no antony niantsoana ilay raharaha nisy teo amin'ny Mpaminany (sw) sy ireo mponin'i WADI YABIS hoe ZATA SALASIL ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 52 11/01/2021 16:25:41

***Valiny :***

➔ Dia hoy ilay mpanoratra nilaza nanao hoe: nantsoina hoe ZATA SALASIL io zavatra io satria rehefa avy namono ny ankamaroan'ny lehilahin'ireo fahavalo Imamo ary rehefa avy nobaboiny ihany koa ireo zaza amam-behivavin'izy ireo, dia noravahany rojo vy na silisily sy tady ireo lehilahy tavela tamin'izy ireo, ka izany indrindra no antony niantsona io raharaha io hoe : *(ZATA SALASIL)*, ny toerana nisehoan'ity zavatra ity sy i Madinat dia elanelanin'ny trano dimy tamin'izay.

***Fanontaniana n° 37 :***

Moa ve Imamo Ali (as) niaraka tamin'i Rassoulillah (sw) rehefa izy nifanozona niaraka tamin'ireo kristianina Najran ?

***Valiny :***

➔ Eny, niaraka tamin'i Rassoulillah (sw) izy tamin'io fotoana io, ary voalazan'ny andalana masina izay ao amin'ny kor'any izany, fa hoy indrindra ilay avo nanao hoe : ***" fa izay mbola mifanditra aminao ny amin'izany, taorian'ny nahatongavan'ilay fanambarana teo aminao, dia lazao azy ireny hoe : " avia ianareo, izahay hitondra ny zanakay ary ianareo hitondra ny zanakareo, ny vehivavinay, ary ny vehivavinareo, ny tenanay sy ny tenanareo. Ary dia samy hiozona isika, ka halefantsika ho amin'ireo izay mpandainga amintsika ny ozon'Andriamanitra"".*** *(Toko : 3/61).*

Araka ny voalazan'i **Zamakhshari** sy **Fakhorazi** ary **Baidwawi** sy ny maro amin'ireo manampahaizana ahlu sunnat, izy rehetra ireo dia samy nanaporofo amin'ny alalan'io andalana io fa i Ali (as) sy FATWIMAT (as) ary ireo zanany roa, dia be voninahitra tokoa ety ambonin'ny tany aorian'ny NABI (sw), ary i Houssein (as) dia zanak'i NABI(sw) izay namafisin'ilay andalana izay milaza manao hoe : ( ABNA'ANA) izay midika hoe : ( ireo **zanakay**), ary i Ali (as) dia be voninahitra tokoa mihoatra ireo mpaminany sasany, ary porofoin'io andalana io ihany koa



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 53 11/01/2021 16:25:41

izany amin'ny alalan'ny teny hoe : (**ANFOSINA**) izay azo adika hoe ny **"ny tenanay"**.

***Fanontaniana n° 38 :***

Nanao ahoana ny momba ny tantaran'ny Ghadir Khoum sy ny fanendrena an'Imamo Ali (as), ary ovina no nitrangan'izany ?

***Valiny :***

➔ Voalohany indrindra ny raharahan'ny Ghadir Khoum dia niseho tamin'ny taona fahafolo (10) Hijri…

Araka ny voalazan'i Sheik Moufid sy Twabarsi, tena marina fa rehefa avy namita ny fandetana na ny fanaovana sorona masina tamin'ny fivahinianana masina farany izay nataony i Rassoulillah (sw) dia nitodi-doha nankany Madina niaraka tamin'ireo karavaniny, ary Imamo Ali (as) niaraka taminy tamin'izay fotoana izay, ary koa ireo mpino islamo maro, rehefa natao ny dia tamin'izay fotoana izay dia tonga tamin'ny toerana iray izay malaza amin'ny anarana hoe : (**GHADIR KHOUM**), tsara ny milaza etoana fa izany toerana izany tamin'io fotoana io anisan'ireo toerana izay tsy azo ijanonana noho ny tsy fisian-drano eo aminy ary tany karakaina tokoa izy io, nefa dia nijanona teo i NABI (sw) sy ireo mpino islamo izay niaradia taminy.

Teo dia nidina ilay andalana masina izay milaza manao hoe : ***"ô ry ilay iraka !, ampitao izay nampidinina taminao avy tamin'i Tompo Andriamanitrao"***.

Ny tiana hambara tamin'izany dia ny fanendrena an'Imamo Ali (as) ho mpandimby, ary io andalana io no porofo ara-tsoratra ny maha Imamo an'i Ali (as), ary hoy indray ny Tompo Allah nilaza nanao hoe : " ***fa raha tsy manao izany ianao, dia tsy tafitanao ny hafany. Ary Andriamanitra no miaro anao amin'ny olona***".

Eto Andriamanitra dia nanantitrantitra mafy ny amin'ny mba hanatanterahan'i NABI (sw) izany zavatra izany, ary nampatahotra azy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 54 11/01/2021 16:25:41

amin'ny fanatarana izany, ary nanamafy ihany koa izy fa hiaro an'ny Mpaminany (sw) amin'izay sakana hataon'ireo olona aminy, ka noho izany indrindra no antony nahatonga an'ny Mpaminany (sw) sy ireo mpino izay niaraka aminy nijanona tampoka teo amin'ilay toerana izay tsy mendrika hijanonana io.

Ary niverina ireo mpino izay efa lasa nihoatra an'io toerana io, ka dia nijanona teo akaiky teo, tena migaingaina tokoa ny hafanan'ny andro tamin'izay fotoana izay, ka noho izany nanome baiko ny Mpaminany (sw) ny mba hanaovana tafo (bandrabanda) hialofan'ireo olona, ary nanome baiko ihany koa izy ny mba hanangonana ireo zavatra fitaingenana amin'ny alalan'ny apondra sy soavaly teo amin'izany toerana izany, ka nasainy natao nifampitaingina izany, ary dia naniraka olona iray izy mba hiantso amin'ny feo avo mba hahatonga ireo olona hiomana amin'ny fanaovana fotoam-pivavahana miaraka ( soalat jamat), ary dia vory avokoa ireo mpino niaraka tamin'ireo entana sy ny forongon'izy ireo, ny ankamaroan'izy ireo dia namatotra lamba ny tongony mba hiarovana tena amin'ny hafanana, rehefa vory avokoa ny olona dia niakatra teo ambon'ilay zavatra natao hikabariana i NABI(sw) ary ny rehetra dia samy nahatazana azy satria avo ilay toerana nisy azy, rehefa avy teo dia niantso an'Imamo Ali (as) izy, ka dia niakatra teny aminy ihany koa ity farany, rehefa tonga teny aminy izy dia nijoro teo ankavanany,ka dia nanomboka niresaka tamin'ireo vahoaka izay vory teo ny Mpaminany (sw), ka ny fiderana an'ny Tompo Allah no nanombohany izany, ary notohizany tamin'ny fananarana ireo vahoaka izany, ary hoy indrindra izy : ***"efa hantsoina hipody any amin'ilay fiaviana aho, nefa tsy maintsy hovaliako izany antso izany, hotonga ilay fotoana handaozako anareo, ary izaho dia hamela zavatra ho anareo ary raha mifikitra amin'izany ianareo dia tsy very mihitsy ao aoriako: dia tsy inona izany fa ilay bokin'Andriamanitra sy ireo taranako (AHLOUL BAYTI), ary tsarovinareo fa izy roa ireo tsy afaka misaraka mihitsy mandram-pidirako ao amin'ilay dobon-drano ao amin'ny paradisa"***.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 55 11/01/2021 16:25:41

Rehefa avy teo dia niteny tamin'ny feo avo dia avo izy nanao hoe: ***"moa ve tsy izaho no nataonareo ho lohalaharana hono ny tenenanareo?"***, dia namaly azy ireo vahoaka nanao hoe : ***"tena izany indrindra ka"***, ary dia noraisina ny tananan'Imamo Ali (as) ka nampiakariny ambony ka na dia ny tao ambany helikin'izy roa aza dia tazana avokoa, ary hoy indray izy hoe : ***"izay nandray ahy ho lehibeny dia aoka izy handray an'i Ali (as) ho lehibeny, tompô ! Tahio izay mitahy azy, sy aoka ianao hifahavalo amin'izay hifahavalo aminy, ary ampandreseo izay manohana azy mba handresy, ary aetreo izany mila manetry azy"***.

Rehefa vita izany dia nidina avy teny ambonin'ilay fikabariana izy roa, efa fotoana ny fanaovana ny fotoam-pivavahana atoandro anefa tamin'izay, ka dia nanao soalat izay misy rakat roa izy ireo, ary rehefa nitongilana ilay miankandrefana ilay ngahibe masoandro, dia nanao azany na niantso ny olona hivavaka ilay olona mpanao an'izany, dia nanangana ilay fivavahana amin'ny atoandro izy ireo, no sady nipetraka teo amin'ilay trano lain'izy ireo rehefa vita izany, ary dia nomeny baiko Imamo Ali (as) hipetraka amin'ny trano lay iray izay voatokana ho azy, rehefa avy teo dia nanome baiko ireo vahoaka ihany koa ny Mpaminany (sw) mba hiditra ao amin'ny tsirairay mba hiarahaba azy amin'izany toerana avo sy mendrika izay azony izany, ary hirary soa ho azy amin'ny fitondrany, ka dia nanao an'izany avokoa ireo vahoaka izay vory teo, rehefa avy teo koa dia naniraka an'ilay vadiny izy sy ireo vehivavy rehetra izay teo mba hiditra ao amin'Imamo ihany koa mba hiarahaba sy hirary soa ho azy amin'ilay toerana izay nomena azy io, ary dia nataon'izy ireo ihany koa izay nanirahana azy ireo, ary anisan'ireo izay nitari-dalana tamin'ny fiarahabana an'Imamo i Omar ibn Khatwab, ary naneho ny hafaliany taminy noho izany toerana izay nomena an'Imamo izany, ary hoy indrindra izy tamin'Imamo : ***"fahasoavana ho anao ry Ali, fa lasa lehibeko ianao ary lehiben'ireo mpino vavy sy lahy rehetra…".***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 56 11/01/2021 16:25:42

***Fanontaniana n° 39 :***

Inona no antony fijanonan'ny Mpaminany (sw) tao **Ghadir Khoum**…?

***Valiny :***

➔ Ny antony nijanonan'i Rassoulillah (sw) tao amin'io toerana io dia noho ny fidinan'ilay faminaniana(wahi) taminy izay nanome baiko azy ny amin'ny hanendrena an'Imamo Ali (as) ho mpandimby azy eo amin'ny fitantanana ireo vahoakany ao aoriany.

Ary tamin'izay fotoana izay, ilay faminaniana tsy nanome fotoana lava ho azy fa io zavatra io dia tsy maintsy tanterahina faran'izay haingana, ka fotoana mety indrindra amin'ny fanatanterahana izay dia io fotoana io, satria ny ankamaroan'ireo vahoaka tsy dia vontom-pinoana loatra fa moslimo amin'ny anarany ihany, ary ny Tompo Allah efa nahalala fa raha tsy eo amin'io toerana izay antsoina hoe **GHADIR KHOUM** io no anaovana izany dia tsy ho vita sy tsy ho tanteraka mihitsy noho ny fisakanana mety hataon'ny sasany, ary hiparitaka any amin'ny tanàna niaviany avy ihany koa ireo vahoaka, ka io fotoana io no mahavory maro ireo mpino silamo, ka i Allah ilay be fahendrena dia mila an'ireo mpino rehetra vory sy miara-maheno mivantana ilay andalana momba ny fanendrena an'Imamo Ali (as), ary ny Tompo Allah dia mila manamafy amin'ireo vahoaka fa izy efa nanendry mpandimby ka noho izany dia tsy misy afa-miala any aoriana any hoe izahay tsy naheno izany…

***Fanontaniana n° 40 :***

Ilay tenin'i Mpaminanay izay nilaza nanao hoe : "***izay nandray ahy ho lehibeny dia aoka izy handray an'i Ali (as) ho lehibeny…*** ireo manampahaizana arabo dia milaza fa misy dikany maro ary ireto avy izany :

1) Al-molko (fahefana)

2) Al-moa'tik (mpamaha andevo)



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 57 11/01/2021 16:25:42

3) Al-moa'tak (ilay voavela)

4) Anaswir (mpiaro)

5) ibn ammi (zanaky ny rahalahin-dray)

6) Al-halifo (ny sakaiza na mpiray hina)

7) Al-mowali lidwaman al-jazirat al-mirasi wa kana zalika fil jahiliat biatil mawaris (ilay mpiandraikitra sy mpiantoka ary mpiaro an'ilay nosy (arabo) ary fitoeran'ireo lova, izany tamin'ny andron'ny habadoana na iza na iza mpandova dia apetraka ao aminy)

8) Al-jari (mpifanolobodirindrina)

9) Assaid al- moutwagn wa hoa al-maola a-moutlak (ilay hehibe izay mendrika hankatoavina ary izy no tena lehibe amin'ny lafiny rehetra)

10) Al-aola (ilay voalohany).

Inona no porofonao fa ilay teny hoe **MAOLA** dia midika hoe **AOLA**?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Raha ohatra voamarina fa ny dikan'ilay teny hoe **MAOLA** dia maro araka ny voalaza, dia tsy azo atao ny mandika io teny hoe :

1. Fahefana na mpanjaka, satria i NABI (sw) dia tsy mpanjakan'Imamo Ali (as).

2. Toraka izany koa ilay fandikana azy hoe : mpamela andevo, satria i NABI (sw) dia tsy namotsotra an'i Ali (as) satria ity farany tsy mba andevo mihitsy.

3. Tsy midika mpiaro ihany koa, satria Imamo no mpiaro ireo izay niaro an'i Rassoulillah (sw) ary mpampietry izay nanetry azy.

4. Tsy azo adika hoe **MOA'TAK** ihany koa satria izy tsy mba nandalo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 58 11/01/2021 16:25:42

fanandevozana.

5. Tsy midika ihany hoe zanaky ny rahalahin-dray satria Imamo efa zanaky ny rahalahin-drain'ny Mpaminany (sw) ka dikan'izay tsy misy dikany intsony ny hanambarana izany ampahibemaso.
6. Tsy midika **AL-HALIF** (firaisankina) ihany koa satria izany dia zavatra efa nisy teo amin'Imamo sy NABI (sw).
7. Tsy midika hoe mpiandraikitra ny fiarovana ilay nosy (arabo) ihany koa satria izany dia lavin'ilay andalana izay miteny mahakasika ireo fomba fandovana ao amin'ilay boky masina Kor'any.
8. Tsy midika mpifanolobodirindrina ihany koa satria ny filazana izany eo anatrehan'ny vahoaka maro dia tsy eken'ny saina.
9. Tsy midika ihany koa hoe ilay lehibe mendrika hankatoavina, satria Imamo efa mpankato sy mpiaro an'ny Mpaminany (sw) foana ka mahafoy ny tenany ho azy aza Imamo, ary manao ny ezaka rehetra izay tratrany niarovany azy, ka noho izany dia tsisy dikany hafa ilay teny hoe **MOALA** ankoatra ilay fahafolo (**AOLA**), ary toy izao manaraka izao no dikan'ilay tenin'ny Mpaminany (sw) : (izay mandray ahy ho lohalaharana noho ny tenany dia aoka izy handray an' Ali (as) ho lohalaharana ho azy noho ny tenan'izy ireo…)

***<u>Fanontaniana n° 41 :</u>***

Imbetsaka isika no naheno ilay teny hoe **SAQIFAT**, ka moa ve ianao afaka milaza ambangovangony ny momba azy io ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny tiana holazaina amin'ilay teny hoe SAQIFAT (tanimboly) dia ilay SAQIFAT izay an'ireo taranakin'i SANDI…, tao no nivory ireo mponin'i Madinat (ANSWAR) izay notarin'i SANDO IBNI IBADAT, nivory tao izy mba hiady hevitra ny amin'ny mpandimby ao aorian'ny Mpaminany (sw), izany no nataon'izy ireo taorian'ny fahazoam-

baovao fa ireo MOHAJIRINA (mpifindra monina) dia efa nanao lamina ny momba izany mpandimby izany, nefa taorian'ny nahavitan'ilay fanapahan-kevitr'izy ireo dia efa noraisin'ny ABOU BAKR an-tanana ilay raharaha izany no tanteraka noho ny fanampiana izay nataon'i OUMAR azy tamin'izany, sy i ABI OBAIDAT AL-JARAH..izany no tanteraka ihany koa taorian'ny fitompoan-tenin'izy ireo fa izy ireo no olona akaiky an'i NABI (sw) kokoa noho ny rehetra teo amin'ny firazanana, ary tamin'izay fotoana izay i ABOU BAKR dia efa nitarika soalat ho an'ireo vahoaka tamin'ny NABI (sw) mbola marary eo am-pandriana, ary manamarina izany ilay hadithin'i ABOU OBAIDAT AL-JARAH miaraka tamin'ireo ANSWAR……

***<u>Fanonotaniana n° 42 :</u>***

Moa ve ny fitarihana soalat ho an'ireo mpivavaka miteraka voninahitra ho an'ny olona manao an'izany ka hahatonga azy hiavaka amin'ny hafa, ary moa ve ny andraikitr'ireo Mpaminany maro izay nalefan'ny Tompo Allah sy ireo awasi(mpandimby) ary ireo olona masina mijanona amin'izany ihany, ary moa ve ny fanaovana an'izany mahatonga ny olona iray ho mendrika handimby an'ny Mpaminany (sw) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Fantaro fa ny fitarihana fotoam-pivavahana ho an'ireo mpivavaka dia zavatra nataon'ny rehetra na lehibe na kely na ireo manam-boninahitra na ireo nomena voninahitra ka noho izany indrindra no antony mahatonga azy tsy hiteraka voninahitra ho an'izay manao izany ka hahatonga azy hiavaka amin'ny hafa, ary ny andraikitr'ireo Mpaminany maro sy ireo sakazain'Andriamanitra ary koa ireo olona masina maro tsy voatokana ho amin'izany ihany, fa ny mahakasika ny fitarihan'i Abou Bakr soalat tamin'izany fotoana izany kosa, ilay zanany vavy AISHA no niantso azy hanao izany satria ny Mpaminany (sw) tamin'io fotoana tena narary tokoa hany ka tsy afaka miala eo am-pandriana mihitsy, nefa Mpaminany (sw) rehefa naheno izany



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 60 11/01/2021 16:25:42

dia nivoaka nitodi-doha nankany amin'ny masjid ary notantanan'i **Ali**(as) sy **ABBAS** izy tamin'izay fotoana izay, ary rehefa tonga tany dia izy no nitarika soalat ho an'ireo vahoaka, nefa izy tamin'izany tena marary sy mangotsoka noho ilay aretina mahazo azy.

Ny zavatra tena mahagaga sy mahazendana ary tsy eken'ny saina izay mandala ny lojika ny fiheveran'ny ankamaroan'ireo manampahaizana sounnit fa ny fitarihan'i Abou Bakr soalat dia lasa voninahitra lehibe ho azy, ary noho izany dia izy hoy izy ireo no mendrika ho mpandimby an'ny Mpaminany (sw), nefa izy ireo tena niara-nanaiky ny momba ny fifandraisana izay nisy teo amin'Imamo Ali (as) sy NABI (sw) sy ny zavatra nisy teo amin'izy roa ireo, tahaka ny tamin'ny **YOUMO DAR**, tao **OUHOUD, al-AHZAB, HOUDAIBIAT**, **KHAIBAR**, sy tao **HOUNAINI**, ary **TABOUK** sy **GHADIR KHOUM** indrindra indrindra, tsy azo hadinoina ihany koa ny fifampirahalahiana izay nisy teo amin'izy ireo tao Makkat sy Madinat, izany rehetra izany dia tsy mba noheverin'izy ireo ho porofo azo tsapain-tanana hanondro ny fisafidianan'ny Mpaminany (sw) an'i Ali (as) ho mpandimby azy ao aoriany, ary koa tsy mba noheverin'izy ireo ho fisafidianana azy mihitsy, nefa izy ireo dia mahita fa ny fitarihan'i Abou Bakr soalat izay ahitana rakat roa ho an'io mpino dia porofo mivaingana hoentin'izy ireo manamafy sy milaza fa izy no mendrika hitarika sy hitantana ny vahoaka silamo aorian'ny Mpaminany (sw) sy hilazana ihany koa fa izy no mendrika io toerana mpandimby an'i **Rassoulillah** (sw) io.

***<u>Fanontaniana n° 43 :</u>***

Moa ve Imamo Ali (as) nisy fisalasalana sy nino fa tsy mendrika azy io toerana io, ka tsy maintsy hisy olona hifandrirotra aminy amin'io raharaha io sa tsia ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tena marina fa ny fifandraisana izay nisy teo amin'ny Mpaminany (sw) sy Imamo Ali (as) ary koa ireo filazana ampahabemaso izay

niverimberina nataon'ny Mpaminany tamin'ireo sehatra maro samihafa izay nilazany fa Imamo no mpandimby azy, dia zavatra efa nazava ary tsy mba niteraka fisalasalana ho an'ireo loholon'ny finoana islamo, na i Ali (as) izy tenany mihitsy aza dia nanana fahatokisana tanteraka fa io raharaha io dia azy ka tsy misy olon-kafa intsony no heverina haka sy hifandrirotra izany aminy.

Ary hita ao amin'ilay boky fanazavana an'i NAHJOUL BALAQ izay nosoratan'i IBNI AL-HADID fa Imamo Ali (as) dia tsy mba nanana ahiahy na kely aza tamin'ny fananany an'ilay raharaha fandimbiasana an'ny Mpaminany (sw), ary tena tsy nihevitra izy fa hisy olon-kafa hifamaly aminy ny mahakasika izany; ka noho izany indrindra no nahatonga ilay teny nifanoavany sy ilay rahalahin-drainy i ABBAS.

Ary hoy i ABBAS rahalahin-drainy taminy nanao hoe : ***"ataovy mitsotra ny tananao fa hanao fanekem-pankatoavana ho anao aho, amin'izay mba ho tenenina hoe ilay rahalahin-drain'i Rassoulillah dia nanao fanekem-pankatoavana an'ilay zana-drahalahin'i Rassoulillah, amin'izay tsy misy olon-kafa intsony afaka mifanohitra aminao ny amin'ny mahakasika io raharaha io***", dia hoy Imamo tamin'i ABBAS: ***"ô ry rahalahin-draiko!, fa moa ve misy olon-kafa ankoatra ahy manam-paniriana amin'io raharaha io ihany koa*** ?***"***, dia hoy ABBAS taminy nanao hoe : *"mbola ho hitanao"*, dia hoy indray izy taminy : ***"tena marina fa tsy tiako hatao miafinafina ny mahakasika ity raharaha ity"***.

Ary mazava ho azy, fa tena gaga sy talanjona tokoa Imamo sy ireo mpiaradia taminy rehefa naheno fa ireo olona dia nilahatra tao aorian'i Abou Bakr taorian'ny nankany ilay khilafat ohatra ny manatitra vady vao any an-tranon'ilay vadiny ireny, nefa tamin'izany fotoana izany ny vatamangatsiakan'i NABI (sw) mbola eo am-panomanana azy ireo vady aman-janany mba hahafahana hitondra azy any amin'ilay trano izay hitoerany mandrakizay, tena toe-javatra lehibe sy mahatalanjona tokoa izany.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 62 11/01/2021 16:25:42

***Fanontaniana n° 44 :***

Araka ny voaray amin'ireo hadith izay azo antoka, indray andro hono dia tonga teo amin'Imamo Ali (as) i Abou Soufiani, ary tamin'izay fotoana izay dia sendra niara-nipetraka tamin'Imamo teo ilay rahalahin-drain' i ABBAS IBNI Abdoul-moutwalib, ka nanomboka nandrangitra azy roa lahy i Abou Soufiani ny amin'ny Abou Bakr sy Omar, nijery an'Imamo Ali (as) aloha izy izay vao nijery an'i ABBAS ihany koa, dia hoy izy rehefa vitany izany: " manao ahoana ity raharaha ity izany?! Toa ho lasa any amin'ny trano izay kely indrindra sy tsy manan-danja eo amin'ny Qoraish izy izany, ary trano tsy dia mendrika ( tranon'i Abou Bakr no tiany holazaina eto), ary hoy indray i Abou Soufiani tamin'Imamo : "*mba hifantako amin'ny tompo Allah, raha sitrakao dia hampianay ara-miaramila sy fitaovana ianao mba hahafahanao haka izany aminy".*

Inona ary ny antony tsy nihenoan'Imamo Ali (as) na tsy nanekeny an'ilay tenin'i Abou Soufiani ka tsy nahatonga azy nanao fihetsiketsehana tamin'izany ?

***Valiny :***

➔ Tena marina fa tsy niafina tamin'Imamo **Ali** (as) ny tao am-pon'i Abou Soufiani, ary ny anton'ny hatezeran'i Abou Soufiani tsy noho ny fiarovany an'ireo taranak'i **HASHIM** velively, nefa raha ohatra teo am-pelantanan'izy ireo ny raharaha (khilafat) dia nitsangana izy niaraka tamin'ny angady sy harona ary navadiny ambony ambany ny tany mba hankany an'izany tamin'ireo taranakin'i **HASHIM**, ka noho ny fahafantaran'Imamo an'izany no nahatonga azy nijery an'i Abou Soufiani foana ary tsy nanaitra azy ilay teny nataony, fa tena tony tokoa izy teo am-pihainoana izany, dia hoy Imamo tamin'i Abou Soufiani : mba hinianako amin'ny Tompo Allah, fa ianao tena mbola tsy niala tamin'ireo teti-dratsinao amin'ny finoana islamo ity ihany ry Aba Soufiani, izao ihany koa ianao mbola miezaka



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 63 11/01/2021 16:25:42

mampisy fikomiana sy fifankavalozana, ary hanampiako izany ry **Aba Soufiani**, tena marina fa izany mpino izany dia mifananatra ny tsirairay, ary miasa ho an'ny tombontsoan'izy ireo amin'ny fo madio, ary ireo mpihatsaravelatsihy kosa dia ireo vahoaka izay ny iray amin'izy ireo dia mpaka ny zon'ny hafa ary koa na dia akaiky aza ny tranon'izy ireo sy tenan'izy ireo dia toa mifanalavitra, satria mihataka ny hafa ny iray amin'izy ireo noho ny afitsok'ilay fihatsarambelatsihy izay mianjady aminy, izay ataon'ireo mpanaradia azy ary indrindra fa ireo fianakaviany, ary mbola tsy mitsahatra ny sasany mikasa sy maniry ny vahoakan'i Rassoulillah (sw) hanaraka lalana hafa izay mba hiteraka ady sy korontana eo anivon'izy ireo, ary miezaka hampisy izany tokoa izy na dia tsy manam-paniriana an'izany aza ny hafa, kanefa ny tsy fantany fa ny fahadisoam-panantenana no hiara-dalana aminy, ka dia niverina izy nisolelaka ireo mpitondra ka tao indrindra no nahitany ny ampahany amin'ireo faniriany, ka dia nifikitra tamin'ny toerany izy satria izy nijery ny islamo tahaka ny fijeriny an'ireo fanompoan-tsampy ary noho izany dia nahazo tombontsoa izy ary koa niakatra tamin'ny toerana ambonimbony kokoa noho ny teo aloha, nihamafy ireo fifandraisany tamin'ireo mpitondra, ary tao anatin'ny taona iray na mihoatra kely, dia lasa teo ambany fahefan'ireo zanany ny tanànan'i **SHAM** (SORIA), dia tsy iza izany fa i **Yazid ibn Abi Soufiani** izay nandimby an'i **Moawiat** rahalahiny(Abou Soufiani), ka noho ny akon'izany dia nahatsapa fahalalahana sy ny maha izy azy izy ireo ary nidobon-kafaliana tokoa sy mandry ampahalemana ny fanahin'izy ireo.

Ary rehefa tonga teo am-pelantanan'i **Osman** ilay fitondrana dia nivoha sy nidanadana ho azy  avokoa ireo varavaran'ny faniriany, ka noho ny akon'izany dia nibaribary amin'izay ilay lolom-pony ka nitarika azy nandeha nakany amin'ny fasan'ilay maherifon'islamo dia tsy iza izany fa i **HAMZAT** (ra), rehefa tonga teo izy dia notapahiny tamin'ny tongony ilay fasana ary hoy izy : ***"mihetseha ianao ry papan'i AMARAT, efa lasa eo am-pelantananay ilay fitondrana izay noho izany no niadianao***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 64 11/01/2021 16:25:43

***taminay”***, ny fitenenany an’izay dia tsy misy mampiavaka azy amin’ireo haratsian-tsaina izay hita tamin’ny andron’ny fahabadoana (jahiliat), izany zavatra nataony izany dia lolom-po tena ratsy tokoa izay tsy azo sitranina mihitsy.

***Fanontaniana n° 45 :***

Inona no antony nanakana an’ireo vahoaka QORAISH tsy nanao fanehoam-panekena(bayat) ho an’Imamo Ali (as) tamin’ny Khilafat ?

***Valiny :***

➔ Araka ny fahitan’i oustad Taofiq Abou Ali, izay no lazainy tao amin’ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe: ( Kitabo Ahloul Bayt), iray amin’ireo antony nahatonga ireo vahoaka Qoraish tsy nifidy an’Imamo Ali (as) ho teo amin’ny fitondrana dia noho lolom-pon’izy ireo tamin’Imamo, satria Imamo niady tamin’ireo Qoraish tamin’ireo ady izay nataon’i NABI (sw) tamin’izy ireo, ary Imamo nahafaty maro tamin’ireo taranak’izy ireo izay mba ho nandimby azy ireo, ka tamin’io fotoana io mbola tsy madio ny fon’izy ireo fa mbola tao anatin’ny hatezerana tokoa, niteraka tsy fifankahazoana sy tsy fifankatiavana izany teo amin’izy ireo sy teo amin’ny taranak’i HASHIM, ary nitombo ny lolom-pon’izy ireo noho ny tsy fahafahan’izy ireo manao valifaty amin’Imamo tamin’ny famonoana an’ireo tsy mpino, ary efa fantatr’Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as) ny tsy fitiavan’ireo Qoraish azy tamin’ny alalan’ireo tsy fitiavana izay nataon’izy ireo azy ary koa ireo fitapitaka sy fikomiana izay nataon’izy ireo tamin’Imamo, ary porofon’izany ilay tenin’Imamo manao hoe: “ inona ity zavatra misy eo amiko sy eo amin’ireo Qoraish ity, nefa kosa ifantako amin’ny Tompo Allah, fa tena novonoiko tokoa ireo tsy mpino, fa ireo mpikomy ihany koa dia tena hovonoiko, mba hinianako amin’i tompo Allah fa tena hovorahiko tokoa ny kibon’ny tsy fahamarinana mba hisintonako sy hanatsoahako avy ao ny fahamarinana, ka teneno ireo Qoraish hanohy ireo tabataban’izy ireo.

***Fanontaniana n° 46 :***

Moa ve mba nisy olona nanohana sy mpomba an'Imamo Ali (as) tamin'ny raharahan'i Khilafat (fifidianana mpandimby) ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena nisy andian'olona tokoa nanohana ny momba an'Imamo Ali (as) tamin'ny raharahan'ny khilafat, ary tsy nanohana sy tsy mpomba ny fakan'i Abou Bakr ilay khilafat mihitsy izy ireo, ary izy ireo dia anisan'ireo olona manana ny maha izy azy avy amin'ireo mohajirina sy Answar, ary anisan'ny olona tsara fitondran-tena avy amin'izy roa ireo, ary noho izany indrindra nahatonga an'i NABI (sw) nanindrahindra ny voninahitr'izy ireo, izy ireo hoy izy dia miaraka amin'ny fahamarinana sy tsy hiala amin'izany velively, ka na iza na iza misy ny fahamarinana dia hohita eo izy ireo, tahaka i ABBAS IBNI ABDOUMOTWILIB, i AMAR IBNI YASSER, i ABOUZAR AL-RAFARI, i SALMAN FARSI, i MIKDAD IBNI AS'WADI, i KHOZAIMAT ZISHAHADATAINI, i IBADAT IBNI SWAMIT, i HOZAIFAT IBNI YAMANI, i ABI HAISAM IBNI TYHAN, i SAHLE, i OSMAN IBNI HANIF, i ABI AYOUB AL-ANSWARI, i OTBATOU IBNI ABI LAHAB, ary ny ankoatra azy ireo amin'ireo lehiben'ny shahabat ary ireo loholon'izy ireo izay tsy nanaiky ny fanindritsindriana sy ny fandrahonana nataon'i Omar ibn Khatwab, kanefa kosa nijoro teo anilan'Imamo mandrakariva tamin'ny sarotra sy tamin'ny mora, ary tsy nanao fanekem-pankatoavana raha tsy ao aorian'ny fanaovan'Imamo izany…

***Fanontaniana n° 47 :***

Fa inona no antony nanaovan'Imamo Ali (as) fanekem-pankatoavana (bayat) an'i Abou Bakr tamin'ny raharahan'ny khilafat ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 66 11/01/2021 16:25:43

***Valiny :***

➔ Tena marina ny antony nanaovan'Imamo Ali (as) fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr dia noho ny fitandrovan'Imamo ny tombontsoan'ny finoana islamo izay tena nanan-danja tokoa teo anatrehany, satria tamin'izany fotoana izany dia notandindonin-doza ny finoana islamo noho ny nafitsok'ireo hetsika maro izay niala tamin'ny sori-dalan'io finoana io …

***Fanontaniana n° 48 :***

Naharitra hafiriana izay vao nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr ho khalifat Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Nahatratra enim-bolana na latsaka izay Imamo Ali (as) dia nijanona tao an-tranony ihany tsy nanaiky ny hanao fanekem-pankataovana mihitsy, niaraka tamin'ireo andiana swahabat maromaro izay voalazantsika tety ambony ireny.

Azo lazaina ihany koa hoe, taorian'ny naha maritiora an'ilay voatsindrihazolena dia tsy iza izany fa i FATWIMATOU ZAHRA (as) izay vao nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr Imamo…

***Fanontaniana n° 49 :***

Fa inona no antony nahatonga an'Imamo Ali (as) tsy nitsangana nanohitra an'ilay fanjakana vaovao izay vao natsangana ?

***Valiny :***

➔ Tsy nihetsika Imamo ary tsy nitsangana hanohitra izay fanjakana vao najoron'i Abou Bakr, sy tsy namela an'iza na iza hanao an'izany, ny antony satria ny ho aviny sy ny tombontsoan'ny finoana islamo dia manan-danja tokoa teo imason'Imamo amin'ireo voninahitra ety an-tany, ary raha ohatra izy nitsangana nitaky ny zony mahakasika ilay khilafat, dia tsy nizotra amin'ilay lalana marina sy mahitsy izay nirian'ny Mpaminany (sw) hizorany ny finoana islamo.

***Fanontaniana n° 50 :***

Nanao ahoana Imamo Ali (as) taorian'ny fanoavany fanekem-pankatoavana (bayat) ?

***Valiny :***

➔ Imamo Ali (as) tsy afaka niala sy nisintaka haingana tamin'ny tontolon'ny khilafat raha toa ka mbola tandindonin-doza ny finoana islamo, ka noho izany nijanona nanatanteraka ireo adidiny izy, ary anisan'izany ny fanangonana ilay boky masina kor'any, izay nataony mifanaraka tamin'ny fampidinan'ny Tompo Allah azy tamin'ilay irany masina, nohazavainy tamin'ireo mpino izay manjavozavo amin'ny dikany sy ny tsiambaratelony, ary nampianatra an'io boky masina io ihany koa izy, vokatr'izany dia maro ireo olona no nivezivezy teo amin'ny manodidina azy indrindra fa taorian'ny nahafantaran'izy ireo fa Imamo dia jiro fanilo ho azy ireo izay avy amin'ny fahazavan'ny Mpaminany (sw) ary mpamelombelona ny fanahin'izy ireo sy mpanazava ny fiainam-piarahamonin'izy ireo ihany koa, Imamo no mpamaha ny olana izay tojo azy ireo eo amin'ny fiainana andavanandro sy ireo olana ara-pinoana.

***Fanontaniana n° 51 :***

Moa ve Imamo Ali (as) nandray anjara tamin'ireo ady fanokafana (**FOTOHATI**) izay nataon'ireo kholafat (ireo mpandimby) ?

***Valiny :***

➔ Nanapa-kevitra i Abou Bakr fa tsy hamela an'Imamo Ali (as) mihitsy hivoaka an'i Madinat miaraka amin'ireo lehiben'ny swahabat ankoatra azy izay manana ny maha izy azy sy mendrika miakatra eo amin'ny sezan'ny fitondrana, ka dia voadidy izy ireo tsy handao an'i Madinat mihitsy amin'izay tsy mitombo ny fifandraisan'izy ireo amin'ny olona hafa, ka dia nanaraka izay nandidian'ilay khalifat azy ireo, tsy mba afaka manao fivoahana mihitsy raha tsy amin'ny

fotoana voafetra sy tsy maintsy mahazo alalana avy aminy, izany toe-javatra izany anefa tsy nijanona tamin'ny fitondran'i Abou Bakr ihany fa nampitainy tamin'izay nandimby azy tao aoriany.

Araka ny voalazan'ireo mpitantara, dia toy izao ny hafatra navelan'i Abou Bakr tamin'izay nandimby azy : "mitandrema ianao amin'ireo olona mpanaradia an'ny Mpaminany (sw), izay mivonto fo noho ny hatezerana amin'ireo raharaha io ary koa ny mason'izy ireo dia miandrandra sy tsy mitsahatra ny mijery ilay sezan'ny fitondrana", ary rehefa tonga teo amin'ny fitondrana i khalifat Omar dia notanterahiny tamin'ny antsakany sy andavany tokoa izany hafatra izany, indray andro anefa dia nisy tamin'ireo olona izany tsy maintsy hofehefezina ireo tonga teo aminy mba hangataka alalana aminy handeha hivoaka hanao ady masina(jihad), nefa dia tsy nomeny alalana mihitsy ilay olona, ka hoy indrindra izy taminy : *"efa maro izay ady vitanao niaraka tamin'ny Mpaminany izay, ampy anao izay, sy mahasoa anao mihoatra ny ady amin'izao fotoana izao, tena marina fa ianao efa tsy mahita izao tontolo izao ary izao tontolo izao tsy mahita anao ihany koa".*

Ary nahafaly an'i AMIROL MOMININA (as) izany tsy famelana azy hivoaka izany, ka dia tapa-kevitra izy ny hifantoka amin'ny fampianarana ny olona ny finoana sy ny lalàn'Andriamanitra….

***<u>Fanontaniana n° 52 :</u>***

Nanao ahoana Imamo Ali (as) teo anatrehan'ny fitondran'i Abou Bakr ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Efa voalazantsika tany aloha tany fa Imamo Ali (as) dia efa nifantoka tanteraka tamin'ny fampianarana ny finoana islamo sy ny lalàn'Andriamanitra, ary nijanona ho olona mpananatra sy mpanome soson-kevitra teo amin'ny finoana islamo amin'izay mba misandratra avo mihoatra ireo finoana hafa ilay fanevan'ny finoana islamo, ary izy no mpiaro ny tanànan'i Madinat amin'ny alalan'ilay sabatrany sy

ilay fahendreny ary indrindra amin'ny alalan'ny fahalalany, ary izy tsy mba niezaka mihitsy ny hihetsika na hitsangana haka ilay zony amin'ny fitondrana na dia nisy aza ny fotoana izay mety sy mendrika hanatanterahany izany, izany no nataony noho ny fitandrovany fatratra ny tombontsoan'ny finoana islamo, ary izany no zavatra nilainy fatratra teo amin'ny fiainany…

***__Fanontaniana n° 53 :__***

Moa ve notandindonin'ny famonoana Imamo Ali (as) nandritra ny vanim-potoana izay nitondran'ilay khalifat voalohany ?

***__Valiny :__***

➔ Misy ampahany amin'ireo riwayat (hadiths) no milaza fa ilay khalifat sy ireo loholon'ilay vondrona mpomba sy mpanaradia azy dia nanao izay azon'izy ireo ny amin'ny mba hamonoana an'Imamo tahaka ny nataon'izy ireo tamin'i Sando ibn Ibadat al-Answari tamin'ny alalan'i Khalid ibn al-Walid, nefa rehefa vita izany mody nolazain'izy ireo fa Jiny no namono azy ka dia naka volo izy ireo napetrak'izy ireo teo amin'ny fatiny ka nolazaina fa volon'ilay Jiny namono azy izany, ka efa nieritreritra ihany koa izy ireo ny hanao izany teti-dratsy izany tamin'Imamo Ali (as), ary mbola i Khalid ibn al-Walid ihany no hampisahanina izany, teo am-panaovana soalat Imamo tamin'izany fotoana izany, nefa niverin-dalana i Abou Bakr tamin'ny fanatanterahana izany ora farany teo am-panaovana soalat, iaraha-mahalala moa fa ny soalat dia faranana amin'ny alalan'ny fanaovana ( TASLIMO), nefa tamin'izany fotoana izany tsy nataony izany fa nosoloany hoe : *"la taf'al Ya Khalid"* izay midika hoe : *"aza atao ry Khalid"*, ary ny fanaovany izany dia lasa porofo hoentin'ny antokom-pinoana sasany milaza fa azo atao ny mamarana soalat na dia tsy manao Taslimo aza satria hoy izy ireo ny asan'ny mpanaradia iray dia mitovy amin'ireo porofo izay entina amin'ny resaka lalàna ara-pinoana.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 70 11/01/2021 16:25:43

***Fanontaniana n° 54 :***

Moa ve Imamo Ali (as)nijoro ho mpanohitra tamin'ny khilafat na fitondran'i Omar ibn khatwab ?

***Valiny :***

➔ Tsy misy na iray aza amin'ireo mpahay tantara sahy nilaza fa nijoro ho mpanohitra ny fitondran'i Omar ibn Khatwab Imamo Ali (as), na koa nisy zavatra na fihetsika hafahafa nataon'Imamo izay niteraka fahasimban'ny fifandraisana izay nisy teo amin'ny roa tonta, ny hany hita tamin'ny fihetsik'Imamo dia ny hafaliany taminy toy ny fataony tamin'ny olona rehetra ihany, ireo olona mpahay tantara tany aloha sy taty aorian'Imamo dia samy tsy nisy niteny zavatra momba an'Imamo ankoatra ny fitenenena ireo asa soa sy ireo fihetsika maha te ho tia izay nisy teo amin'Imamo ihany, ary izy dia tsy ary niresaka raha tsy amin'ny alalan'ny lela madio feno fananarana, isaky ny ametrahana fanontaniana izy dia toa miitatra ihany koa ny fomba fijeriny na koa izy mitondra hadith vaovao izay tsy misy toa azy teo amin'ny fiainan'ireo izay miheno azy, ohatra amin'izany ireo hadith izay manondro sy milaza ny maha zava-dehibe ny tombontsoan'ny finoana islamo, ary izy tsy mba nijery ireo lalàna sy ny fitondrana ary ny mpitondra raha tsy amin'ny lafin'izay tombontsoan'ny finoana islamo izay, raha mbola mizotra amin'io lalany io ny finoana islamo eo ambonin'ny tanin'ny Hijaz, dia mbola afaka mitoetra eo ambony ilay seza fiandrianana ireo mpitondra ary afaka mifandrombaka manao ny ady fanokafana, ary raha mbola manakoako ny feon'ireo mpanao (Hazany na fiantsoana ho amin'ny soalat), ary tsy misy fahasarotana izany, ary izany fankatoavana izany dia manenika ny toerana rehetra, raha mbola mizotra amin'izay ny lalan'ny finoana islamo ary ireo mpino mbola miaina am-pahalemana ny fakana ny fitondrana dia tsy mandalo ao an-tsain'Imamo, ary ahoana moa no hakany izany, izy anefa miezaka mamerimberina ireo fampianarany eo amin'ny sofin'ireo moslimo, sady mampianatra azy ireo, dia hoy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 71 11/01/2021 16:25:43

izy : fa ifantako aminao ry tompo Allah, fa hietry sy hanaiky ilay olona nametrahanao ny raharahan'ireo mpino aho, ary izy io dia tsy mpanao ratsy ankoatra ny amiko manokana.

***<u>Fanontaniana n° 55 :</u>***

Nanao ahaona ny fifandraisan'ilay Khalifat faharoa tamin'Imamo Ali (as) nandritra ny fitondrany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalazan'ny tantara, i Omar ibn Khatwab dia tena nanaja sy nanome lanja ny tenin'Imamo sy nanaiky ny hevitra izay atolotr'Imamo azy, izany anefa tsy tamin'ny lafin'ny resaka lalàn'Andriamanitra ihany fa tamin'ny lafiny rehetra, ary hoy indrindra i Omar ny amin'ny mahakasika izany : ***"mbola tsy nisy olana nataon'i Allah tamiko ka tsy teo ny rain'i HASSANI namaha azy"***, ary araka ny voasoratr'ireo mpahay tantara, Imamo Ali (as) no nametraka ilay datin'andro izay misy eo amin'ny finoana islamo izay hita mandraka ankehitriny io.

***<u>Fanontaniana n° 56 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny fomba nametrahan'Imamo Ali (as) ny fanisan-taona eo amin'ny finoana islamo na ilay fanisan-taona HIJRI ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Indray andro dia nisy lehilahy iray tonga tamin'IBNI KHATWAB, tsara ny manamarika fa izy io dia nifamaly tamin'ny olona iray hafa ny amin'ny mahakasika ny trosany, rehefa tonga teo aminy izy dia naneho ny taratasy izay manamarina ny fananany io trosa io sy ny fotoana tsy maintsy amerenana izany, volana SHA'ABAN no tsy maintsy amerenana an'izany araka ny voasoratra ao amin'ilay taratasy, rehefa nojeren'i IBNI KHATWAB izany taratasy izany dia hitany sy tsapany ny fahabangana izay nisy tao amin'ilay taratasy, ka

dia nitodi-doha nankany amin'ilay olona nitrosa izy mba hanontany azy hoe : «volana sha'aban amin'ny taona oviana no tiana holazaina ao anatin'ilay taratasy, amin'ity taona ity sa amin'ny taona manaraka an'io ?».

Dia namaly azy ilay ananana trosa fa amin'ny taona manaraka fa tsy amin'ny taona ity, nefa tsy naharesy lahatra an'i IBNI KHATWAB izany satria samihafa no zavatra nolazain'izy roa lahy, ary ilay taratasy ihany koa tsy nilaza mazava tsara hoe oviana marina no tsy maintsy amerenana ilay trosa, izany hoe tsy nanondro daty mazava ilay izy ; indrindra fa na ny fanisan-taona izay misy eo amin'ireo firenena izay nanodidina azy ireo dia tsy voalaza tao amin'ilay taratasy ihany koa, ka noho ny anton'izany indrindra dia tapa-kevitra i IBNI KHATWAB ny hametraka fanisan-taona ho an'ireo mpino islamo ka izany no hitokisan'izy ireo eo amin'ny fanatanterahana ny raharahan'izy ireo, ka dia namory ireo SWAHABAH izy mba nikaon-doha aminy sy hiara-hidinika ny amin'ny hanatanterahana izany, nefa nisy tsy fitoviam-pijery teo amin'izy ireo ka saika niteraka fandravana ilay fivoriana raha tsy teo Imamo Ali (as) niezaka nandamina sy nampahatsiahy azy ireo ny antony nivorian'izy ireo, rehefa avy teo dia nitodika nankany aminy i IBNI KHATWAB sady nanontany azy ny tokony hatao, dia hoy Imamo taminy : «io fanisan-taona io dia hatombontsika amin'ilay vanim-potoana izay nifindran'ny Mpaminany (sw) monina avy any Makkat nankany Madinat iny», tena gaga sy talanjona i IBNI KHATWAB rehefa nandre izany tenin'Imamo izany, ka dia hoy izy tamin'ny tenany nanao hoe : « *mbola avotra ihany aho ry ABA AL-Hassan satria mbola teo ianao ».*

Raha ampitahaina amin'ny zava-nisy teo amin'ny finoana islamo io fijerin'Imamo io dia tena mahagaga tokoa satria toa mifanandrify tanteraka tamin'io fifindra-monina izany nataon'ny RASSOLILLAHI (sw) io, ary izy io dia noheverina ho fiandohan'ny fandresen'ny finoana islamo ny fanompoan-tsampy ihany koa, ary izany dia zavatra nandalo manana ny tantarany tokoa ary azo heverina ihany koa fa io dia zavatra lehibe indrindra nisy sy nandalo teo amin'ny tantaran'ny finoana islamo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 73 11/01/2021 16:25:43

indrindra fa tamin'ny fitoriana azy, Imamo dia nilaza sy nitory tamintsika ny akon'izany antso sy fampielezana izay nataon'ny Mpaminany izany amin'ny antsipirihany nanomboka tamin'ny fahazoan'ny Mpaminany ny faminaniana ka hatramin'ny fanaparitahana izany finoana islamo izany tany atsinanana sy andrefan'izao tontolo izao …

***Fanontaniana n° 57 :***

Inona no porofon'i IBNI KHATWAB tamin'ny fanesorana ilay fitondrana (khilafat) tamin'Imamo Ali (as) ary nanomezany izany an'i OSMAN ?

***Valiny :***

➔ Maro ireo riwayat no milaza ny mahakasika izany, ary tena marina fa IBNI KHATWAB dia niezaka nitady valinteny hoentiny manamarina ny fakany ny fitondrana manoloana an'Imamo Ali (as), indraindray izy dia miala tsiny amin'Imamo fa ireo foko Qoraish no tsy manaiky ny hitambaran'ny khilafat sy faminaniana ao amin'ny trano iray, ary misy fotoana ihany koa izy milaza fa noho Imamo mbola kely taona dia tsy mendrika hitondra ary anampiany an'izany ilay teniny milaza fa noho ny fitiavany ireo taranak'i Abdoul-moutwalib no nanaovany izay rehetra nataony, ary farany, araka ny voalazan'ireo riwayat maro samihafa dia toa mifono vazivazy sy kilalaon-teny ihany ilay izy, satria imbetsaka izy no miteny manao hoe : «  ary tena inianako amin'i tompo Allah, fa raha ohatra ka Imamo Ali (as) no nitantana ity raharaha ity dia notarihiny amin'ny lalana mazava sy mahitsy ireo vahoaka, ary nampanarahiny ilay lalana marina ihany koa ».

Nefa ny tena mahagaga sy mahatalanjona na dia teo aza izany teny nataony izany dia mbola nifikitra tamin'ny fitondrana ihany izy, ka izany indrindra no ilazana hoe kilalao sy vazivazy no nataon'i IBIN KHATWAB amin'ireny teny nataony ireny …



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 74 11/01/2021 16:25:43

***<u>Fanontaniana n° 58 :</u>***

Matetika isika no maheno ny mahakasika ilay SHOURA SITA (na ilay fifanakalozan-kevitra teo amin'ireo enin-dahy), izay anisan'ny fitaovana nentina mba hanomezana ny fitondrana an'i OSMAN, ka moa ve afaka mahafantatra ny ambangovangony ny mahakasika izany isika ?

**<u>Valiny :</u>**

➔ Taorian'ilay fahavoazana izay nahazo an'i OMAR, dia maro ireo fanontaniana izay napetraky ny olona hoe, iza no handray sy homena ilay fitondrana ao aoriany ?, ary taorian'izay dia nisy iray tamin'ireo mpanaradia (shahabat) niteny taminy mba ho ilay zanany ABDOULLAH no homena an'ilay fitondrana, nefa tena nojereny ratsy izany (shahabat ) izany nanome sosonkevitra azy ary dia nobedesiny mihitsy aza, ary hoy izy taminy : "i tompo Allah anie hamono anao, mba hinianako amin'ny Zanahary, fa izaho tsy maniry na inona na inona ho azy ankoatra ny haratsiana, olona izay tsy mahavita misaraka amin'ny vadiny akory ve no mba hatoronao ahy, ary ny tsy fanekeny an'izany dia nabaribariny tamin'ny alalan'ilay teniny manao hoe : "tsy hisy na iray amin'ireo zanak'i Khatwab ny hitondra ilay fitondrana ankoatra an'i OMAR izay efa nitondra azy, ary mba hifantako amin'ny Tompo Allah fa tsy hitondra azy aho fony fahaveloko ka hatramin'ny fahafatesako".

Ary hoy indray izy : "tena marina fa i Rassoulillah (sw) dia maty niaraka tamin'ny hafaliany tamin'ireo enin-dahy, dia tsy iza izany fa i Ali (as), i Osman, i Twalha, i Sa'ad ibni Abi wakas sy i Zobair ary i Abdourahman ibni Aofi, ary izaho efa mahita fa hataoko SHOURAT (na fifanakalozan-kevitra) eo anivon'izy ireo mba hahafahan'izy ireo mifidy izay ho mpitarika azy ireo avy amin'izy ireo ihany"…

Ka dia napetrak'ibn Khatwab teo am-pelantanan'izy enin-dahy ny raharaha mahakasika ny khilafat, ary niantso an'i Twalha al-Answari izy,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 75 11/01/2021 16:25:44

ary indrindra izy taminy : “ô ry rain’i Twalha !, rehefa avy nandevina ahy ianareo, dia manomana vatan-dehilahy miisa dimampolo ianao izay avy amin’ireo Answar, ka aoka izy ireo hampirongoinao fitaovam-piadiana (sabatra), ka alaivo ireo enin-dahy izay voalazako anarana ireo mba hanafaingana ny fanatanterahana ity raharaha ity, ataovy anatin’ny trano iray izy ireo, ary asio mpiambina eo am-baravaran’ilay trano hisy azy ireo, amin’izay izy ireo hikaon-doha amin’ny fifidianana ny iray avy amin’izy ireo, fa raha ohatra miombon-kevitra ny dimy amin’izy ireo ka manohitra ny iray dia tapaho ny lohan’ilay iray manohitra, ary raha ohatra manaiky sy mikaon-doha ny efatra amin’izy ireo ka manohitra ny roa, dia samy tapaho ny lohan’izy roa, ary raha ohatra ny telo amin’izy ireo no manaiky sy mitovy hevitra dia jereo ireo teo izay misy an’i Abdourahman ibni Aofi, dia aoka ilay raharaha haverinao amin’izay eken’ireo telo ireo, ary raha ohatra ireo telo hafa miezaka manohitra dia tapaho avokoa ny lohan’izy ireo, fa raha izy enin-dahy miala ao foana tsy misy na inona na inona tapak’izy ireo dia tapaho avokoa ny lohan’izy ireo, dia avelao ireo mpino islamo no hifidy ireo ho mpitondra azy ireo”.

***__Fanontaniana n° 59 :__***

Nanao ahoana ny fihetsik’Imamo Ali (as) sy ilay rahalahin-drainy ABBAS IBNI ABDOUL-MOUTWALIB nanoloana an’ilay SHOURAT na fakan-kevitra izay najoron’i OMAR IBNI KHATWAB?

***__Valiny :__***

➔ Taorian’ilay hafatra izay nataon’i OMAR IBNI KHATWAB momba ny fifidiana izay ho khalifat, dia nivoaka ny trano Imamo Ali (as) niaraka tamin’ireo vondron’olona maromaro, sady niandry ilay vanim-potoana izay hanatanterahana ilay shourat, tamin’izay fotoana izay dia efa nahalala Imamo fa tsy maintsy hitongilana mankany amin’i OSMAN ity raharaha ity, ary tamin’izay fotoana izay dia niezaka nangina Imamo nanoloana ireo ezaka izay nataon’ny olona izay mpomba azy, nefa ny hotsoka izay mahazo azy noho izany rehetra izany dia tazana eo amin’ny masony indrindra fa ny hatezerany

izay niteraka firotsahan'ny ranomasony teo amin'ny tarehiny, ary toa saika lio mihitsy no hivoaka avy amin'izay, ary tsy tafapetraka mihitsy Imamo tamin'izany fotoana izany mandra-pahatongan'ilay rahalahin-dray ABBAS IBNI Abdoul-moutwalib izay nanontany azy ny zava-nandalo ka nahatonga azy toa tsy marin-toetra, dia hoy Imamo taminy : "napetrak'izy ireo teo am-pelantanan'ny vondron'olona ilay raharaha, sy nataon'izy ireo iray amin'izany aho, ary tsy mitsahatra izy ireo ny mamerimberina sy manindrahindra ary manazava izany **shourat** izany amin'ny antsipirihany, nefa ilay raharaha nomen'izy ireo an'ilay kondrana", ary i ABBAS dia naheno an'Imamo ihany koa niteny nanao hoe : ***"tena marina fa faneken'ireo olona telo sy fanoheran'ireo telo hafa ary ilay teny hoe miaraha amin'izay telo misy an'i ABDOURAHMAN IBNI AOUF io, izany no nataony satria fantany tsara fa i ABDOURAHMAN dia vadin'ny anabavin'i OSMAN"*** dia tsy iza izany fa ilay anabaviny izay antsoina hoe : (OUMOU KOLSOUM BINTO OQBAT IBNI ABI MAGNIZ avy amin-dreniny, dia nahatokatok'i ABBAS ny lohany, dia hoy izy tamin'Imamo: "Ô ry zana-drahalahiko !, aza miditra miaraka amin'izy ireo ianao, ary alaivo amin'izy ireo ity raharaha ity, ary tsy misy olona mendrika io raharaha ankoatra anao ry Ali(as), nefa tsy misy fisalasalana fa nizotra mankany amin'izay tsy izy izy ity, ary fantaro fa raha i TWALHA IBNI OBEIDA no anisan'ireo hanao io SHOURAT io, efa tsy miafina amin'ny besinimaro ny fananany fialonana sy lonilony amin'ireo taranak'i HASHIM", ka izany indrindra no tian'Imamo habaribary tao amin'ilay lahateny izay nataony izay mitondra ny lohateny hoe : (**SHAQSHAQIAT**), izay nilazany nanao hoe: " nanendry lehilahy iray izy izay avy amin'izy ireo ihany, izay fantany fa tena feno lonilony sy fialonana ary hatezerana ny ao am-pony, ary anisan'izy ireo i SA'AD IBNI ABI WAKAS, sy i ABDOURAHMAN IBNI AOUF ary mazava ho azy fa i SA'AD dia tsy nisaraka amin'ilay zana-drahalahin-drainy mihitsy, ka dia noferany tao amin'ny tranon'ireo OMAWI ilay raharaha, natao kiantranoantrano, ary mbola nanamafy izany ny maha zaodahin'i OSMAN an'i ABDOURAHMAN.

Ary rehefa hivoaka i ABBAS dia indro i ABDOULLAH tonga teo amin'izy ireo, izay nanamafy ny amin'ny fanapahan-kevitra izay noraisin-drainy (OMAR), ary hoy indrindra izy tamin'izany fotoana izany : ***"tena marina fa i OMAR IBNI KHATWAB dia mila manome ilay raharaha (khilafat) an'i OSMAN "***, dia hoy Imamo tamin'izy roa lahy : "ary tena marina fa efa fantatro izany kanefa na dia izany aza miditra miaraka amin'izy ireo aho amin'ny fanatanterahana io SHOURAT io satria i OMAR IBNI KHATWAB mahita fa mendritra ny khilafat ihany koa aho, nefa talohan'izay izy niteny nanao hoe: tena marina fa i Rassoulillah (sw) dia niteny nanao hoe : ***"tena marina fa ny KHILAFAT sy NOBOAT (faminaniana) dia tsy mitambatra ao amin'ny trano iray"***, ary izaho dia hiditra miaraka amin'izy ireo mba hanehoana amin'ireo vahoaka ny fifanoheran'ny zavatra izay tenenin'i OMAR sy izay ataony".

***<u>Fanontaniana n° 60 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny niafaran'ilay SHOURAT izay nisy teo amin'izy enin-dahy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalaza ao amin'ny **sharh Nahjol-balagh** sy ireo boky ankoatra azy: tena marina fa ny zavatra nataon'i Twalha voalohany indrindra dia ny nampiala ny tenany tamin'ilay raharaha ka dia nomeny an'i Osman ibn Afan ny safidiny, izany no nataony taorian'ny fahatakarany tsara fa hiala maina izy amin'io fivoriana io, ary ihany koa noho ny fahalalany fa tsy hatakalon'ireo vahoaka an'izy roa lahy (i Ali (as) sy OSMAN) izy, ka noho izany indrindra no nahatonga azy nanohana an'i OSMAN tamin'io raharaha io, izany no nataony noho ny tsy fitiavany an'Imamo Ali (as) araka ny voalazan'ireo mpahay tantara, ary tamin'izany fotoana izany dia nahatsapa i ZOBEIR fa i Twalha tsy maintsy haneho ny safidiny amin'ny alalan'ny hatezerana sy ny lolom-po, ka lasa niasa saina izy (ZOBEIR) ny amin'ny rohim-pihavanana izay misy eo aminy sy eo amin'Imamo Ali (as), izany no nisy tamin'ny fotoana izay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 78 11/01/2021 16:25:44

nahafantarany fa tsy hankany amin'Imamo Ali (as) no hizoran'ilay raharaha fa hankany amin'ny  olon-kafa ankoatra azy, ka noho izany dia nitsangana izy ka hoy izy hoe : ***"mijoro eto anivonareo aho ka aoka ianareo ho vavolombelona ny amin'izany, izaho dia manome ny safidiko an'i Ali IBNI ABI TWALIB (as)"***, ary efa-dahy amin'ireo mpivory no sisa andrasana ny safidiny tamin'izay fotoana izay, taorian'izay dia nitsangana i SA'AD IBNI ABI WAKAS, ary hoy izy hoe : ***"efa nomeko an'i ABDOURAHMAN IBNI AOUF ny safidiko"***, tsara ny manamarika etoana fa izy roa lahy ireo dia samy avy amin'ny taranakin'i ZOHRAT, ary lasa vondrona telo ireo mpivory tamin'izay, ka isaky ny vondrona dia ahitana olona roa, dia hoy i ABDOURAHMAN tamin'i OSMAN sy i Ali (as) : " iza aminareo roa ireo no hivoaka amin'ity raharaha ity ?", samy tsy namaly izy roa lahy araka ny voalazan'ny mpitantara, dia navoakany ny tenany tao anatin'ny voasafidy, mba hahafahany misafidy izay mendrika amin'izy roa lahy tavela, ary dia nijery an'i OSMAN sy Ali izy alohan'ny hanatanteraka izay hotanterahiny, taorian'izay dia nilaza fepetra tamin'izy roa lahy izy, dia ny mba hampiasan'izy ireo ny fahamarinana sy ny tsy fanekena ny hetahetam-panahy, indrindra ny tsy fanaovana kiantranoantrano, ary toraka izany koa ny fananarana sy fanomezana soso-kevitra ireo vahoaka, niezaka namerimberina an'izany fepetra izany i ABDOURAHMAN, samy nanaiky izany anefa izy roa lahy.

Toa efa fantatra fa tsy maintsy i Ali (as) no hesorina tsy ho anisan'ny khalifat na dia nanaiky ilay fepetra napetraka aza izy, satria tsy heken'ny saina mihitsy ny hamelan'i ABDOURAHMAN an'ilay zaodahiny ka Ali (as) no hapetrany eo amin'ilay toerana, ary izany dia tahaka ny tsy namelan'i SA'AD ihany koa an'ilay rahalahin-dreniny na dia inona na inona no mitranga.

Nisintaka kely niaraka tamin'i SA'AD IBNI ABI WAKAS i ABDOURAHMAN mba hiady hevitra, rehefa vita izany dia nisintaka niaraka tamin'i AL-MASOR IBNI MAKHRAMAT AZAHRI ihany koa, ary i Ali (as) dia efa

mahafantatra fa ny fisintahana izay nataon'i ABDOURAHMAN niaraka tamin'i SA'AD dia fitadiavana lalana hahamora ny fanomezana an'i OSMAN ilay raharaha, dia hoy Imamo Ali (as) tamin'i SA'AD : ***"ô ry SA'AD! Mba matahora an'ny Tompo Allah izay fangatahanareo izay ilainareo, toraka izany koa ny rohim-pihavanana, izaho dia mangataka anao tsy hanohana an'i ABDOURAHMAN, satria izaho dia misy rohim-pihavanana amin'i Rassoulillah ary ny rohim-pihavanan'ilay rahalahin-draiko tsy iza izany fa i HAMZAT dia avy aminao"***.

Ary toa efa hita fa i ABDOURAHMAN tamin'izy nisintaka ka nivory niaraka tamin'i SA'AD sy ilay zanak'anabaviny iny dia tsy iza izany fa i AL-MASSOUR IBNI MAKHRAMAT AZAHRI dia efa namolavola fepetra vaovao izay samy nifaneken'izy telo mirahalahy mba hoentina manala an'i Ali (as) satria efa fantatra mialoha fa tsy hoekeny velively izany, etsy ankilan'izay anefa, efa heno miakatra sy manakoako ny feon'ireo mpitolona sy ireo mahantra indrindra ireo voageja sy ireo taranak'i HASHIM sy ireo mpanaradia azy ireo avy ao ambadik'ilay trano ivorian'izy ireo, ary izy ireo no anisan'ny maro an'isa tamin'izay, niantsoantso ny anaran'Imamo Ali (as), ary ireo mpanankarena sy ambony fari-piainana ary ireo mpahazo tombony amin'ny fitondrana ary indrindra ireo mpanohana an'ireo taranakin'ireo OMAWIONA dia niantsoantso ny anaran'i OSMAN, ary i AMAR IBNI YASER sy i MIQDAD dia saika nifampikapoka tamin'i IBNI ABI SARH sy ABDOULLAH IBNI RABIAT AL-MAKHZOUMI, teo am-pahenoana an'izany, hoy i SA'AD tamin'i ABDOURAHMAN : ***"vitao haingana ity raharaha ity tsy ho tratran'ny hifamono foana ireo vahoaka"***, dia nolazain'i ABDOURAHMAN tamin'Imamo Ali (as) ireo fepetra izay nolazainy tany aloha ary nampiany ny fanarahana sy ny fampiharana ireo zotram-pitondran'ireo khalifat roa teo aloha izany (izany hoe i ABOU BAKR sy OMAR), nefa moa tena nolavin'Imamo Ali (as) izany, dia hoy izy namaly an'i ABDOURAHMAN nanao hoe : ***"izaho dia hiasa araka ny boky masin'Andriamanitra sy araka ny fomba amam-panaon'ilay***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 80 11/01/2021 16:25:44

***Mpaminany ary araka ny fomba fijeriko ihany koa rehefa amin'ny zavatra izay tsy misy fanazavana avy ao amin'ny boky masina sy ny sounat na ny fomba amam-panaon'i NABI (sw) "***, rehefa avy eo dia nitodika tany amin'i OSMAN ihany koa izy, dia nolazainy tamin'i OSMAN ireo fepetra tany aloha miampy ireo sori-dalan'ireo khalifat roa teo aloha, ka dia neken'i OSMAN am-pitiavana tokoa izany, ary tsy nitsahatra ihany koa ny namerimberina ilay fepetra tany aloha miampy ilay vaovao tamin'i AMIROUL MOMININA (as) i ABDOURAHMAN na dia efa fantany aza fa tsy hanaiky ilay farany Imamo na inona na inona mitranga, rehefa vita izany dia nolazainy tamin'i OSMAN indray mandeha ihany koa, mbola nanaiky ihany koa ity farany, ka dia tafapetraka eo am-pelantanan'i OSMAN ilay raharaha araka ilay soritra izay nosoritan'IBNI KHATWAB azy iny mihitsy.

***<u>Fanontaniana n° 61 :</u>***

Tahaka ny ahoana ny fihetsik'Imamo Ali (as) taorian'ny fahavitan'ilay filalaovan-tsain'olona iny (**shourat**) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Taorian'ny fahavitan'ilay shourat kisarintsariny iny dia nandao ilay toerana nivoriana Imamo Ali (as), tsy mba nanohitra tahaka ny tsy nanoherany ireo khalifat teo aloha, kanefa kosa izy niteny nanao hoe : ***"izahay dia olon'ilay tokantranon'ny faminaniana(ahloul bayt Noubowa),sy loharanon'ny fahendrena, ary fandriampahalemana hoan'ireo vahoaka eto an-tany, ary indrindra fanavotana hoan'izay mitady an'izany, tena marina fa manana ny zonay izahay, fa raha ohatra omena anay izany dia raisinay, kanefa kosa raha tsy omena anay na sakanana tsy ho tonga aminay dia anjaranay ny manaraka izay omena izany na dia tsy anisan'ireo avy aminay aza***".

Rehefa avy teo dia nitodika nankany amin'IBNI AOUF Imamo Ali (as) ary hoy izy tamin'ity farany : ***"tsy vao izao ianareo nikomy***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 81 11/01/2021 16:25:44

***nanohitra anay, nefa tsarovy fa ny fiaretana dia volamena (tsara), ary Andriamanitra no mpiahy amin'izay rehetra ataonareo, mba hinianako amin'i tompo Allah, fa matoa napetraka teo ampelantananao ny zavatra iray dia noho izy tsy maintsy hanontaniana anao"***, araka ny voalazan'ny riwayat faharoa Imamo dia niteny taminy ihany koa nanao hoe : ***"efa nantenaiko fa hataony io zavatra io araka izay efa nantenain'ireo lehibenareo roa lahy avy taminy"***. Ary mbola nampiany hoe : Andriamanitra anie hanamafy ny ady eo anivonareo roa.

***<u>Fanontaniana n° 62 :</u>***

Iza no nampirisika ny olona mba hamono an'i OSMAN, ary inona no anton'izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tena marina fa ireo olona izay nampirisika ireo vahoaka mba hamono an'i OSMAN dia i Twalha, i Zobeir sy AÏSHA ary i Sa'ad ibni abi Wakas, izany no nataon'izy ireo mba hahatongavan'izy ireo amin'ny tanjon'izy ireo manokana, tsy izany ihany anefa , fa mbola niampy an'ireo olona izay tsy mankatia an'i Osman ihany koa, tsy nankatia azy izy ireo satria tsy tian'ireo vahoaka ny fomba fitantanany, indrindra fa ny fanomezany toerana ao amin'ny fitondrana an'i Marwan ibni al-Hakam, toraka izany ihany koa ny fanaovany ireo taranak'i Omayat lehibe sy mpitondra teo amin'ireo vahoaka madinika, indrindra fa ny fampidirany azy ireo tao anatin'ny raharaha fitantanana ny tanàna…

***<u>Fanontaniana n°63 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo Ali (as) nanoloana an'ilay fikomiana ?, sy nanoloana an'i Osman ibn afan tamin'izy tao anatin'ny fahirano ?

***Valiny :***

➔ Tamin'izany fotoana izany, Imamo Ali (as) ny efa nanana ny toerany izay ijoroany ho azy samirery, niezaka nampitony sy nandamina ny roa tonta izy,nefa tsy nahitana fahombiazana akory izany, tena efa nanao izay tratra mafy Imamo (as) ny amin'ny mba handaminana ilay raharaha ka mba hialana amin'ny zotra izay izorany io, ary imbetsaka izy no nandamina sy nananatra ilay Khalifat sy ireo mpikomy ny amin'ny mba samy handeferan'izy ireo avy, indrindra fa ny fampiasana ny fahendrena ka mba hahatonga azy ireo mba tsy hanohintohina ny zon'izy ireo mba tsy hahatonga azy ireo ihany koa hanome vahana ireo mpamadika sy ireo mpanakorontana hanararaotra an'io tranga io mba hahatongavan'izy ireo amin'ny tanjon'izy ireo ety an-tany, ary nanariny ihany koa ilay khalifat mba hampihatra ny fifampitovian-jo sy fanaovana ny rariny eo amin'ireo izay voan'ny tsindrihazolena, ary indrindra fa ny fanesorana ireo olona ao amin'ny fitondrana izay tsy misy ilana azy ireo,ka mba hosoloana ireo olona izay manana tanjaka ara-pinoana, ary tsy nitsahatra nivezivezy sy nifampiresaka teo anivon'ireo mpitondra sy ireo mpikomy Imamo, noho ny vokatr'izany dia nahavita nampitony ireo mpikomy araka izay tratrany Imamo, nefa kosa izy dia tsy nahavita nanova ny fomba fitondran'ilay Khalifat, ary rehefa kivy tanteraka tamin'izany izy, dia nipetraka tao an-tranony ary nohidiany ilay varavarany tao aoriany, tao izy no niandry ny fotoana izay higadonan'ilay fifandonana eo amin'ny mpanao tsindrihazolena sy ireo izay voan'ny tsindrihazolena, ary naniry fatratra izy tamin'izay fotoana izay ny mba hananan'ilay raharaha fiafarana tsara fa tsy hiafara amin'io fiafarany io, indrindra fa ny mba hizorany amin'ny lalana tsara sy metimety kokoa, ary efa nolazainy tamin'ny teny fohy izany andraikitra izay nosahaniny izany ,izay nilazany nanao hoe tao amin'ilay boky NAHJOUL BALAGH : ***"ary izaho efa nampiakin-doha anareo amin'ity raharaha ity, nefa moa ilay mpitondra nanimba ny fitondrana amin'ny alalan'ny fanagejana, ary efa nitaraina***

***ihany koa ianareo nefa nosimbainareo izany fitarainana izany, nefa tsarovinareo fa an'ny Tompo Allah ny fahefana hitsara, ary izany dia mihatra amin'ny rehetra na mpitondra mpangeja na mpitaraina izay voageja"***.

***Fanontaniana n° 64 :***

Nanao ahoana ny nahavitan'ilay fanekem-pankatoavana ho an'Imamo Ali (as) ?, ovina izany no natao ? Ary iza avy ireo nanatanteraka izany ary iza avy ihany koa ireo tsy nanao izany ?

***Valiny :***

➔ Rehefa hitan'Imamo Ali (as) fa tsy misy hevitra hialany mihitsy ilay raharaha izay tena tafalatsaka tao anatin'ny vanim-potoana mafana dia mafana sy tena feno fankampanahy tokoa ary fifandonana ,izay izy vao nanaika an'ilay fanehoam-pankatoavana, telo na dimy andro taorian'ny nahafatesan'i OSMAN no nisehoan'izany, nanao fanekem-pankatoavana an'Imamo avokoa ireo MOUHAJIRINA sy ireo ANSWAR ary ireo andian'olona ankoatra ireo roa tonta ireo izay avy amin'ireo tanàna telo lehibe ka tonga tao Madinat, tsy mba nisy nanohitra an'ilay fanekem-pankatoavana mihitsy tamin'ireo vahoaka Qoraish ankoatra ireo andian'olona vitsy dia vitsy, ary anisan'izany i Morwan ibni Hakam sy Sa'ad ibi Abi Wakas ary i Abdoullah ibni Omar.

***Fanontaniana n° 65 :***

Inona avy ireo olana izay novahain'Imamo Ali (as) taorian'ny fandraisany an-tanana an'ilay khilafat (fitondrana) ?

***Valiny :***

➔ Raha vao vita ilay fanekem-pankatoavana ho an'Imamo, dia nandeha izy nanomboka tamin'ny andro voalohany nanomana ireo zavatra rehetra izay ilainy amin'ny fanarenana ireo zavatra izay nosimbain'ny fitondran'i Osman teo anivon'ny raharaham-pirenena, ary anisan'izany :

1. Famahana ireo olana nahakasika ny fanomezan-toerana tao amin'ny fitondrana ireo olona izay tsy mendrika izany, hany ka niteraka raorao sy fikomiana teo anatrehan'ilay tompokolahy Khalifat ary niteraka ny famonoana azy izany.
2. Fanesorana ny ampahany amin'ireo rindra sy sori-dalana izay nisy teo amin'ny fitondrana teo alohany nandritra ny 20 taona na mihoatra izay nitondran'izy ireo.
3. Fampijanonana ireo fizarana mifanaraka amin'ny fari-piainana sy ny voninahitry ny olona, ka fampitoviana izany ho an'ny daholo be.
4. Nanao fanambarana ampahabemaso Imamo (as) fa ireo rohim-pifandraisana rehetra izay notapahin'i Osman dia haveriny amin'ny toerany avokoa, toraka izany koa ireo harena izay avy amin'ny Baytoul Mali izay nomeny ireo mpiara-miasa aminy sy ireo izay akaiky azy dia haverin'Imamo amin'ny toerany avokoa.

Sy ny ankoatra an'izay amin'ireo raharaha izay mila arenina tamin'ny fitondra teo aloha…

***__Fanontaniana n° 66 :__***

Nanao ahoana ny fihetsik'i Saidatou AÏSHA nanoloana an'Imamo Ali (as) ?

***__Valiny :__***

➔ i saidatou AÏSHA no tena anisan'ireo izay nanohitra an'Imamo Ali (as) ary izy ihany koa tena nampirisika ireo olona hanohitra an'Imamo araka ny voalazan'ireo mpitantara, ary izay dia nanomboka tamin'ny fotoana izay nahazoan'Imamo ny fitondrana sy nandritra ny ady izay natao tao Basrat sy ny ankoatra an'izany.

Anisan'ny fitaovana nampiasain'i Twalha sy Zobeir mba tsy hanaovan'izy ireo fanekem-pankatoavana an'Imamo Ali (as) ny tsy fitiavan'i AÏSHA an'Imamo indrindra fa ny fifankavalozana izay nataony tamin'Imamo,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 85 11/01/2021 16:25:44

ary rehefa enon'i AÏSHA ny vaovao mahakasika ny fahazoan'Imamo an'ilay fitondrana dia hoy izy : tahaka izay ity raharaha ity nalaiko, ary taorian'izay izy dia niverina nankany Makkat, ary hoy indray izy tamin'izay fotoana izay : mba hifantako amin'ny Tompo Allah fa i Osman dia maty tao anatin'ny tsindrihazolena tokoa, ary izaho tsy maintsy hanao valifaty azy, ary dia hoy i Obeidat ibn Abi Samlat taminy : ***"mba hinianako amin'ny tompo Allah fa tena marina ianao no olona voalohany naniry ny hahafatesany, ary anao tamin'izay fotoana izay dia niteny hoe, vonoy ilay lahiantitra kondrana iny satria izy efa nanohitra an'i Allah"***, dia hoy ny navaliny an'i Obeidat : ***"izy ireo dia nitaky azy mba hibebaka nefa mbola namono azy ihany,ary izaho efa niteny ary izy ireo ihany koa, ilay teniko farany no tsara sy mendrika noho ilay teniko tamin'ny voalohany"***.

***<u>Fanontaniana n° 67 :</u>***

Nanao ahoana ny fiatrehan'Imamo Ali (as) ireo olana izay nisy teo amin'ny fitondrany ?, ka moa ve azo lazaina fa nahomby izy tamin'izany ? Ary inona no anton' izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tena marina fa Imamo Ali (as) dia niatrika ireo olana rehetra izay tojo azy teo amin'ny fitondrany tamin'ny alalan'ny fahendrena sy politika avo lenta, ary raha ohatra misy miteny fa tsy nahomby izy, ny tiana hambara amin'izany ny fisian'ny antony maro samihafa izay niteraka izany, ny tena manan-danja tokoa amin'izany ny fandimbiasan'Imamo ny fitondran'i Osman, izay tamin'ny androny, ireo vahoaka tao amin'ny tanànan'i Madinat dia samy leo tanteraka sy nankahala tanteraka fomba fitondrana izay nisy tamin'izay, ka dia nifanampy sy nifanome tanana izy ireo mba hanao izay rehetra hialana amin'izany.kanefa ny mampalahelo, na dia nivondrona izy ireo tamin'ny fanesona an'ilay mpitondra teo aloha tsy nitovy ny tanjon'izy ireo teo am-panaovana izany, ka noho ny tsy fitovian'ny tanjona izay no niteraka fizarazarana teo amin'izy ireo taty aoriana,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 86 11/01/2021 16:25:44

izany hoe ny tanjon'izy ireo tsy tanjona madio, tsy tanjona hikendry ny ho avin'ilay hafatra izay nentin'i NABI (sw) ny finoana islamo, ankoatra ireo olom-bitsy izay tezitra tamin'ny fitondrana noho ny anton'ny tompo Allah, noho ny anton'ny fahamarinana indrindra fa noho ireo mpanompon'ny Tompo Allah izay voageja sy voan'ny tsindrihazolena sy ireo izay malemy sy marefo.

Tao anatin'izany toe-draharaha mafana dia mafana izany, izay tena latsaka tanteraka tao anivon'ny fifanoherana sy fifamaliana ary indrindra ny fihantsiana, mbola tao ihany koa ny tsy fitiavana izay diso tafahoatra an'Imamo avy amin'ireo **Qoraish** maro sy ireo taranak'i **Omawiina** amin'ny lafiny manokana ary indrindra fa ireo olona izay nanana ny toerana ambony izay tsy nitsahatra ny nijery sy nikatsaka ny tombontsoan'izy ireo ka nisy ampahan-karena izay nampiasain'izy ireo amin'ny fividianana ireo zavatra ilain'izy ireo indrindra ny fividianana ireo olona izay hiaro sy iahy azy ireo.

Tsy mba nisy na olona na iray aza nihevitra na nanana ahiahy fa Imamo Ali (as) dia hanao ratsy na amin'iza na amin'iza noho ny amin'ny finoana islamo, na koa haka vilia iray avy amin'ireo harenan'ny besinimaro ka nampiasainy tamin'ny tsy rariny, tsy mahagaga raha tojo olana maro Imamo Ali (as) teo amin'ny fitondrany, satria izy niezaka nitarika ireo olona tamin'ny lalan'ilay boky masin'ny Tompo Allah sy ilay fomba amampanaon'ny Mpaminany (sw) ary indrindra ny fanorenany fanjakana vaovao izay tsy mbola nahita toa azy ireo moslimo tany aloha tany…

***<u>Fanontaniana n° 68 :</u>***

> Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo Ali (as) nanoloana an'i Moawyat izay tany **Sham**, ary nanao ahoana ihany koa ny fihetsik'i Moawyat teo nanoloana an'Imamo ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Efa niezaka nanala an'i Moawyat teo amin'ny fitondrany tao Sham Imamo Ali (as) tamin'ny alalan'ny fandefasana an'i Sahle ibn Hanif

hisolo toerana azy, ary rehefa tonga tany amin'ny sisin-tanin'ny Sham ity farany dia nosakanan'ireo mpanaradian'ny Moawyat, ary rehefa naheno ny an'ilay vaovao izay nentin'i Sahle izy ireo dia hoy izy ireo taminy : " mandehana ianao miverina any amin'izay nandefa anao", dia niverina nankany Madinat izy, niteraka tebiteby tamin'ireo mpino islamo anefa izany fiverenany izany, nanomboka teo dia efa tsy niafina amin'ireo mpino fa tsy hiverin-dalana amin'io fanapahan-keviny io i Moawyat ary tsy maintsy hanomana ady izy mba hanoheran'ilay fanjakana izay vao nijoro, ary dia nomanin'i Moawyat avokoa ireo fitaovana sy miaramila izay nisy teo am-pelantanany nandritra ny roapolo taona izay nitondrany tao Sham, ary nitohy tahaka izay ihany ny raharaha nisy tamin'izay fotoana izay, tsy nitsahatra nanao ny fanoherany i Moawyat ary nataony  ho anton'izany ny filany hanao valifaty tamin'ireo izay nandray anjara tamin'ny fanampiana ireo olona namono an'i Osman, nefa izy ihany no nanampy tamin'ny famonoana azy sy faly tamin'izany asa ratsin'izy ireo izany , ary dia notolorany lamosina izy tamin'ny andro izay tena nilany vonjy sy fanampiana taminy; nohararaotin'i Moawyat ihany koa tamin'ilay fanoherany izay nataony ny fisian'ireo vondron'olona telo izay nikaon-doha ny hanohitra an'Imamo dia tsy izany fa i Twalha sy zobeir ary i AÏSHA, nomeny harena maro izy ireo mba hampivelaran'izy ireo ny sahan'ady izay ataon'izy ireo amin'Imamo, niezaka nampirisika azy ireo amin'ny fanoherana an'Imamo Ali(as) i Moawyat ary koa tsy nitsahatra ny naka fanahy azy ireo tamin'ny alalan'ny fanohanana maro samihafa, toraka izany  koa ny fampanantenana ny hanaovany fanekem-pankatoavana azy ireo rehefa tonga eo amin'ny fitondrana, izay handraisan'ny vahoakan'i Sham anjara sy ireo manodidina azy, ka noho ny akon'izany dia nivoaka izy ireo niaraka tamin'ny andiana miaramila mironga fiadiana nankany Basrat mba hanao valifaty an'i Osman, nofatoran'izy ireo tamin'ny hazo ny akanjon'ity farany ka natao solon'ny faneva ho azy ireo….



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   88    11/01/2021   16:25:45

***Fanontaniana n° 69 :***

Fa inona no antony tsy naneken'Imamo Ali (as) ilay soso-kevitra izay nomen'i Abbas sy Mogirat ibni Sha'ab ny amin'ny hametrahana an'i Moawyat eo amin'ny fitondrana na fotoana fohy aza ?

***Valiny :***

➔ Maro ireo teboka izay milaza ny anton'izany, ka hotanisaintsika tsirairay eto izany rehetra izany :

1. Sarotra amin'Imamo Ali (as) ny hifandray sy hiara-miasa amin'i Moawyat raha ohatra ka mbola eo ambany fifehazan'i Moawyat sy mankato azy mihoatra an'Imamo ireo miaramila ao Sham.

2. Ilay politika feno fahendrena izay nampiasain'Imamo no nanery azy ho sarotiny amin'ny Moawyat sy ny ankoatra azy amin'ireo loholona izay notendren'i Osman avy amin'ireo mpanaradia azy, satria Imamo hatramin'ny fotoana farany izay mbola nahavelona an'i Osman dia niezaka ny nanala azy ireo teo amin'ny fitondrana ka nanome izany an'ireo mpino izay mendrika izany toerana izany, tsy niafina tamin'ny rehetra anefa izany, ka ahoana no hamelany azy ireo eo amin'ny toerany nefa izy ireo dia anisan'ireo izay efa nitondra omaly, ary Imamo dia niezaka nanala azy ireo teo amin'ny fitondrana ary koa nitsara azy ireo niaraka tamin'ireo mpino rehetra, ka dia amin'ny fomba ahoana no ahafahany mamela an'i Moawyat eo amin'ny fitondrana hatramin'ny androany hanohy ireo asa ratsiny, nefa izy no tena ratsy sy loza mitatao  mihoatra lavitra ireo sasany.

3. Ka inona no holazain'ireo olona izay voaheloka tamin'ny fitondran'i Osman raha mahita azy mbola mipetraka eo amin'ny toerany ihany nefa izy no tena meloka sy tena akaiky azy fony izy mbola nitondra.

4. Tena marina fa Imami Ali (as) dia tsy nitady fahefana, ary ny fitondrana araka ny fahitany azy dia fitaovana hoentina mampijoro sy mametraka



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   89    11/01/2021   16:25:45

ny marina sy fampitoviana ary indrindra ny fanaovana ny rariny amin'ireo izay voageja sy voan'ny tsindrihazolena, ary izy dia nahita fa ny fampijanonana an'i Moawyat eo amin'ny asany na andro iray monja aza dia fanomezam-bahana olon-dratsy mba hanatanteraka ireo tanjony sy ireo hetahetany; izany anefa dia zavatra lavitra an'i AMIROUL MOMININA (as), tsy misy androny izy hanambany ny voninahiny amin'izany satria raha manao izany izy dia hataon'ireo mpanao politika oha-pitenenana, noho ny fanavakavahana izay ataony, ireo mpanolo-keviny anefa efa nanome soso-kevitra azy ny amin'ny hamelana an'i Moawyat eo amin'ny toerany, manamarina izany ilay tenin'Imamo milaza nanao hoe : ***"izaho tsy hanao an'ilay olom-bery ho mpiahy sy mpanohana ahy"***.

***<u>Fanontaniana n° 70 :</u>***

Inona marina moa ity adin'ny JAMAL ity ?, ary inona no antony niantsoana azy hoe : (JAMAL) ?, ary ady teo amin'iza sy iza izy io ?, ary taiza no niseho ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny adin'ny JAMAL dia tao Basrat no niseho, ny anton'izany dia ny fitadiavana valifaty tamin'ny famonoana an'i Osman, nantsoina amin'izany anarana izany io ady io satria i Saidatou AÏSHA tamin'io fotoana io dia nitaingina Jamal na rameva, nampirisika an'ireo miaramila mba hamono an'Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as) no andraikiny tamin'izay.

Izany ady izany dia nifandonan'ireo miaramilan'Imamo Ali (as) sy ireo miaramilan'i Twalha sy Zobeir ary AÏSHA, ary ny miaramilan'ireto farany dia ireo olona tsy dia mazava amin'izy ireo ny raharaha misy na koa ireo izay voafitaka sy voan'ny fakam-panahy ary mety misy mpino ihany koa ny tao.

***Fanontaniana n° 71 :***

Moa ve afaka mahafantatra ampahany amin'ireo mpanaradia an'Imamo Ali (as) tamin'izany ady izany isika ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mahafantatra ampahany amin'izy ireo isika, ary ireto avy izany :

1. ABOU AYOUB AL-ASWARI, ilay mpanadia an'ny Mpaminany (sw).
2. KHOZAIMA IBNI SABIT AL-ANSWARI ZO SHAHADATAINI.
3. ABOU QATADAT IBNI RABII.
4. AMAR YASER.
5. QIS IBNI SA'AD IBNI IBADAT AL-ASWARI.
6. MALIK AL-ASHTAR ANAKH'i.
7. AL-Hassan sy AL-Houssein (as) zanakin'Imam Ali IBNI ABI TWALIB.
8. MOUHAMMAD IBNI HANAFIAT ilay mpitondra an'ilay faneva lehibe.
9. ABDOULLAH IBNI JA'AFAR.
10. MOUHAMMAD IBNI ABOU BAKR.
11. WALAD ANQIL IBNI ABI TWALIB sy zazalahy roa avy amin'ny taranak'i HASHIM.
12. Ary ireo anti-dahy izay akanga sisa nanamborana tamin'ny adin'ny BADR avy amin'ireo Mohajirina sy Answar.

***Fanontaniana n° 72 :***

Nanao ahoana ny niafaran'i ZOBEIR IBNI AWAMI sy TWALHA ?

***Valiny :***

➔ Rehefa nihamafy ny fanjevoana tamin'ny adin'ny JAMAL dia nahatsapa Imamo Ali (as) fa mbola misy zavatra tavela izay tsy maintsy hotanterahiny dia tsy inona izany fa ny fifampiresahana miaraka amin'i Zobeir sy i Twalha, satria izy mila mampahatsiahy azy ireo mba hiverin-dalana amin'ilay lalana very izay izoran'izy ireo; ka dia nivoaka an'ilay sahan'ady Imamo Ali (as), dia niantso an'izy roa lahy mba hihaona aminy, dia nivoaka ihany koa izy roa lahy, nifanome fotoana teo anivon'ilay sahan'ady izy telo lahy, ary dia hoy Imamo tamin'izy ireo : ***"moa va tsy hanao fanekem-pankatoavana ahy ianareo*** ?***"***, dia hoy ny navalin'izy ireo an'Imamo : ***"hanao fanekem-pankatoavana anao tsy an-tsitrapo ve izahay, tsy ianao ve no tokony hanao an'izany aminay !"***, dia nitodika amin'i Twalha Imamo ary hoy izy taminy : (napetrakao any an-trano ny andefimandrinao ary nivoaka niaraka tamin'ny andefimandrin'i Rassoulillah ianao, notandindoninao loza izy tahaka izay nataonao tamin'ilay vadiny), dia nitodika tamin'i Zobeir ihany koa izy, ary hoy izy taminy : (izahay dia nihevitra anao fa anisan'ireo taranak'i Abdoul-moutwalib, ka rehefa nanao izay nataony ilay zanakao izay nanao ratsy iny dia nanomboka isika nisara-dalana). Ary hoy indray Imamo taminy : (tsaroanao ve ilay fotoana izay nitenenan'ny Mpaminany (sw) hoe : " isika no hamono azy ho faty, ary hihevitra izy amin'izay fotoana izay fa ianao no manao tsindrihazolena aminy", dia hoy i Zobeir tamin'Imamo : "amin'izao ianao vao miteny an'izany, raha mba talohan'ny androany no nilazanao an'izany tsy nivoaka hiady aminao mihitsy aho".

Samy nanana ny fijeriny ireo mpitantara ny amin'ny momba an'i Zobeir taorian'io fifampiresahana izay niarahana tamin'Imamo io, ny sasany dia nilaza sy nanamafy fa izy efa nanala ny tenany ka tsy nandray



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 92 11/01/2021 16:25:45

anjara intsony tamin'ilay ady, nefa moa izy dia tratran'ny fahafatesana teo amin'ilay toerana nisy azy tamin'izay fotoana izay; ary misy kosa ny nilaza fa ilay zanany izay nantsoina hoe Abdoullah dia nahita azy nangitakitaky ny tahotra taorian'ilay fivoriana izay niaraka tamin'Imamo Ali (as), ka dia nolatsainy sy noesoiny izy fa kanosa, ary hoy izy tamin-janany : " indro toa tazako ilay fanevan'i Ali IBNI ABI TWALIB (as), ary efa haiko tsara fa faty olona no ho hilafika eo ambanin'izany, ka noho izany indrindra nahatonga ahy nanapa-kevitra hisintaka sy hanalavitra ilay ady", ary dia mbola notezain-janany ihany izy sy nataon'ity farany izay tsy hahafahany miala amin'ilay ady, nefa hoy indray izy tamin-janany : " mendrika mihitsy ny fialako satria aho nanaiky fa tsy hiady amin'Imamo intsony", hoy indray ilay zanany taminy : "endrey ny hamaroan'ireo izay namotsotra ny andevon'izy ireo, avotsory ihany koa ireo andevonao dia mijoroa hiady sy hanohitra ny fahavalonao", ary dia nataony izay zavatra nolazain-janany taminy tamin'izay fotoana izay, ka dia navotsony avokoa ireo andevony ary nijoro izy sy ireo olona izay niaraka taminy hiady sy hanohitra ireo miaramilan'Imamo Ali (as), ary nijanona tamin'izay ihany mandra-pahalavon'ilay Jamalo na Rameva ary koa mandra-pandositr'ireo miaramilan'izy ireo, ary dia nandositra niaraka tamin'ireo mpandositra ihany koa izy, ka teo am-pandosirana indrindra izy no tratran'ibn Harmoz, ka dia novonoin'ity farany tamin'izy sendra variana iny. Ny momba an'i Twalha kosa, naratra izy teny amin'ny sahan'ady, nefa mbola zakany ihany ny tenany, ary rehefa nandositra ireo mpiaradia aminy, hitan'i Marwan ibni al-hakam izy tamin'ny toerana izay tsy azony andosirana intsony, ary i Morwan ihany efa nanana fikasana ny hanao valifaty aminy noho ny fahafatesan'i Osman, ka dia notorahany zanatsipika izy, voa tamin'izany ny hozatra lehibe teo amin'ny tananany, rehefa notapahiny izany dia nivoaka maro be ireo rà izay niteraka fahafatesana ho azy…



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 93 11/01/2021 16:25:45

***Fanontaniana n° 73 :***

Voalaza fa nianjera ilay Jamal na ilay rameva tamin'ilay ady, iza ary no nampianjera izany ?

***Valiny :***

➔ Izy io dia ilay Jamal na Rameva izay nitainganan'i AÏSHA tamin'io ady io, ary Imamo Ali (as) no nampianjera izany tamin'ny tany.

***Fanontaniana n° 74 :***

Iza no nivoaka mpandresy tamin'io ady io ? Ary nanao ahoana ny niafaran'i Saidatou AÏSHA ?

***Valiny :***

➔ Nifarana tamin'ny faharesen'ireo mpikomy ilay ady, lavo tamin'izany i Talha sy Zobeir niaraka tamin'ireo miaramila maro, anjatony maro ny fitambaran'ireo miaramila maty teo amin'izy roa tonta, tsara ny manamarina fa Imamo Ali (as) no nahazo ny fandresena tamin'izany.

Ary niezaka ny hamono an'i SAIDATOU AÏSHA ny ampahany amin'ireo mpomba an'Imamo, nefa moa tsy neken'Imamo izany, ka dia nambenana mafy izy tao amin'ny toerana izany nisy azy mba tsy hahafahan'ny sasany izay mifofo ny aina hanao ny asa ratsin'izy ireo aminy,ary dia nanome baiko ireo mpanaradia azy izay nantsoiny Imamo nanao hoe : ***aza vonoinareo ireo efa maratra, ary aza arahina ireo izay nandositra, toraka izany koa aza latsaina ireo izay niverin-dalana, ary izay rehetra nanipy ny sabatrany dia omeo fandriampahalemana, ary izay niafina tany amin'ny tranon'olona dia efa fandriampahalemana ho azy ireo izany***.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 94 11/01/2021 16:25:45

***Fanontaniana n° 75 :***

Nanao ahoana ny fihetseham-pon'Imamo Ali (as) nanoloana ilay fandreseny ?

***Valiny :***

➔ Tena nalahelo tokoa Imamo Ali (as) noho ny fahafatesan'ireo miaramilany sy miaramilan'ireo izay niady tamin'izy ireo, ary indrindra noho ny anton'ilay hafatra izay avo dia avo nefa nisedra fikomiana izay nateraky ny fakam-panahy lehibe teo am-piandohan'ilay fitondrana vaovao, izay niriny fatratra ny tsy hialan'izany amin'ilay zotra tokony hizorany izay noho izany no nandraisany an'ilay fitondrana.

Nalahelo ihany koa Imamo noho ny zavatra nanjo ireo vondrona izay nanjoro avy amin'ireo mpino izay notarihin'ny hetahetam-po sy ny filan'ny vatana nankany amin'ny lalana very, nefa Imamo tsy naniry na iray tamin'izy ireo aza hizotra amin'ilay lalana izany, nalahelo ihany koa izy noho ny tenany, ary efa nitsangana ireo Qoraish amin'ny fanaraha-maso akaiky azy tahaka ny nataon'izy ireo an'ilay zana-drahalahin-drainy tany aloha, ary efa noraisiny ho adidy ny hiady amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fampiharana ilay hafatra tahaka ny niadian'ilay zana-drahalahin-drainy (Rassoulillah (sw) tamin'izy ireo tamin'ny vanim-potoana izay nidinan'ilay hafatra.

Ary nanantena fatratra ihany koa Imamo ny hiaraka tamin'izy ireo hiady sy hanohitra ireo fahavalon'ny finoana islamo mba hahatonga izany finoana izany hijoro sy ho mafy orina ary indrindra mba hahatonga azy hizotra mandrakariva mankany amin'ilay lalana marina sy mahitsy…

***Fanontaniana n° 76 :***

Inona no antony nahatonga an'Imamo Ali (as) nandeha nankany KOUFAT ?, sy ny antony nanaovany an'i KOUFAT ho renivohitr'ilay fitondrany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 95 11/01/2021 16:25:45

## *Valiny :*

➔ Ny antony dia noho Imamo Ali (as) talohan'ny adin'ny JAMAL dia efa imbetsaka no nanomana ny handefa miaramila tena matanjaka hankany Sham izay ny vatatenany mihitsy no hitarika izany mba hoentiny manala an'i Moawyat eo amin'ny toerany, rehefa nanohitra azy i Twalha sy Zobeir ka rehefa nanampy azy roa ireo mpitia harena sy vola ary ireo izay tsy afaka nanao valifaty tamin'ireo havany izay avy tamin'ny foko Omayat sy ny ankoatra azy ireo dia nivoaka an'i HEJAZ izy ireo ka nitodi-doha nankany Basrat, niaraka tamin'izy ireo tamin'izany ilay andefimandrin'i NABI (sw), dia tsy iza izany fa i AÏSHA, nahatsapa Imamo fa ny tsy firaharahana azy ireo dia hiteraka loza mananontanona ho an'ny vahoaka islamo izany tsy ambanin'ny loza mety hampidirin'i Moawyat, dia navelan'Imamo nandritra ny fotoana fohy aloha ny momba ny raharan'i Moawyat mandra-pahatongan'ny fotoana mety aminy, ka nifantoka amin'ireo izay nivoaka an'i Hijaz izy mba tsy hananan'izy ireo fotoana hanafihana, ary mazava ho azy fa mandritra izany fotoana izany i Moawyat tsy maintsy hiomana amin'ny fiomanana rehetra izay tratrany, ka noho ireo izay nandao an'i Hijaz ireo dia nahita fotoana izay mety hampahomby an'ilay rindra napetrany izy, niangavy azy ireo mponin'i Sham mba hitarika azy ireo, ary dia nasehon'izy ireo ny hatezeran'izy ireo tamin'ny fahafatesan'i Osman, ary indrindra ny hetahetan'izy ireo amin'ny fanaovana valifaty izany amin'Imamo sy ireo mpanaradia azy, nohizingizin'izy ireo mafy tamin'i moawyat izany, ary izy anefa tamin'izay fotoana izay dia tsy nikoropaka, nandika lalina sy nijery ny lafiny rehetra izay mety hampahomby azy, ary izy tamin'izany fotoana izay dia efa nikendry an'Irak sy handefa taratasy any amin'ireo loholona any an-toerana ary amin'ireo mpitari-tafika izay mpomba azy mba hampirisika azy ireo hitarika ireo vondrona izany misy any an-toerana, izany rehetra izany anefa tsy nisy niafina tamin'Imamo Ali (as) ary efa misy rindra napetrany hoentiny miatrika izany, ka anisan'izay ny filany hanakaiky an'i Moawyat, ka



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 96 11/01/2021 16:25:45

mba hahatanteraka izany dia nofidiny manokana i Koufat mba ho renivohitr'ilay miaramilany, mba hanakaikezan'Imamo azy amin'ny sisintany izay mampizara ireo tanàna roa ireo, dia tsy iza izany fa i Basrat sy Koufat.

***Fanontaniana n° 77 :***

Oviana no niditra tao KOUFAT Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Misy ampahany amin'ireo mpahay tantara mahita fa Imamo Ali (as) dia tafiditra tao Koufat tamin'ny faraparan'ny volana Rajab taona faha 36Hijri.

***Fanontaniana n° 78 :***

Nanao ahoana ny fitsenan'ireo mponin'i Koufat an'Imamo Ali (as), ary nanao ahoana ihany ny fahavononan'izy ireo tamin'ny fifandonana tamin'i Moawyat ?

***Valiny :***

➔ Tena nanetriketrika tokoa ny fitsenan'ireo vahoakan'i Koufat an'Imamo Ali (as) tamin'izany fotoana izany, ary fanomanana ny ady izay hatao amin'i Moawyat no nandaniana ilay iray volana farany tamin'ny taona 36 Hijri, ary tena nahatsapa tokoa Imamo fa tena namaly ny antsony am-paharisihana tokoa ireo vahoakan'i Koufat izay tena nanandratra ambony ny fanantenany ary nameno fahatoniana ho an'ny fony ihany koa, fa ireo izay nandray anjara taminy tamin'ny adin'ny Jamal kosa dia nangetaheta fandresena fatratra mba ho fanampin'ilay fandresena tamin'izany ady izany, ary izay rehetra nanohitra azy kosa tamin'izany ady izany dia niala hanala ireo henatr'izy ireo amin'ny ady izay hatao ao Basrat io, izy rehetra ireo dia samy niangavy an'Imamo avokoa ny amin'ny hanafihana an'i Sham alohan'ny hiaingan'i Moawyat handeha hiady amin'izy ireo, ary noho ny fahitan'Imamo ny fahavononana feno sy ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 97 11/01/2021 16:25:45

faharisihan'izy ireo dia nanaiky Imamo hitodi-doha mankany Sham alohan'ny tsy hivadihan'ilay baolina mankany amin'i Moawyat, ary dia nandefa taratasy sy ireo solontenany tany aminy Imamo mba hiantso azy amin'ny fanekena hiditra amin'izay nidiran'ireo mpino islamo maro be mba tsy homena tsiny izy aty afara, ary amin'izay ihany koa izay mba nisy raorao ny eo amin'izy roa, nefa moa tena nampalahelo fa tsy namaly izany antso izany izy, ary vao maika nanamafy ny tsy fankatoavany an'Imamo ka nataony tsinontsinona ihany koa ireo taratasy izay nalefa tany aminy…

***__Fanontaniana n° 79 :__***

Moa ve ireo taratasy izay nalefan'Imamo Ali (as) sy Moawyat io nitondra fahombiazana sa tsia ?

***__Valiny :__***

➔ Tena marina fa ireo taratasy sy ireo iraka izay nifamezivezy teo anivon'Imamo Ali (as) sy Moawyat io tsy nanampy an'Imamo velively amin'ilay filany hanambatra ny vahoaka islamo ho iray, ary tsy misy azony atao intsony ankoatra ny handray sabatra araka ilay teny nataony tamin'izay, ary dia namory miaramila mitentina iray hetsy avy amin'ireo mponin'i Sham, ary izy mihitsy no nitarika izany tafika goavana izany nankany Irak, ary rehefa tonga tany aminy ny vaovao mahakasika izany dia nanomana ireo miaramilany ihany koa Imamo, ka dia nivoaka ny sisin-tanin'Irak mba hanapaka ny lalan'i Moawyat alohan'ny hidirany ao Irak, ary dia niala maina izy ireo tao amin'ny taninin'izy ireo, maro ny maty sy voaroba indrindra fa ny simba tamin'izay…

***__Fanontaniana n° 80 :__***

Inona no antony niantsona ilay ady izay nisy teo amin'Imamo Ali (as) sy Moawyat hoe ( **adin'i Swifin**) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 98 11/01/2021 16:25:45

**_Valiny :_**

➔ Koa satria i Moawyat sy ireo izay niaraka taminy dia nijanona teo amin'ny vavaranon'i Foraty izay tsy lavitra an'ilay lemaka izay antsoina hoe( SWIFIN), ary tao amin'io lemaka malalaka io ihany koa no nijanon'Imamo Ali (as) , izay tsy dia lavitra io toerana io ihany koa, ka dia nantsoina amin'ny anaran'io toerana io ilay ady .

**_Fanontaniana n° 81 :_**

Iza amin'ireo miaramila roa tonta no nivoaka mpandresy tamin'ny adin'i Swifin, mao ve ireo miaramilan'Imamo Ali (as) sa ireo miaramilan'i Moawyat ?

**_Valiny :_**

➔ Mazava hoazy fa ireo miaramilan'Imamo Ali (as) no nivoaka ho mpandresy tamin'io ady io…

**_Fanontaniana n° 82 :_**

Inona no nataon'i Moawyat rehefa nahita ilay faharesena izay nahazo azy, ary tamin'ny fahatakarany ny hofahasimban'izay rehetra naoriny hatrizay ?

**_Valiny :_**

➔ Araka ny teny izay nataon' i IBNI OQBAT mahakasika ny Imamat sy Politika, tena marina hoy izy fa i Ali (as) nivoaka niaraka tamin'ilay saretiny tao anatin'ny alina maizinkitroka, ary niantsoantso, rehefa naheno ny feon'ireo apondra anefa i Moawyat dia niantso avy hatrany an'i IBNI ANSO, ary hoy izy taminy : "inona no tazanao ery?", dia i IBNI ANSO taminy : "*izaho mihevitra fa lehilahy mandositra izy iny*", ary rehefa maraina ny andro, efa eo akaiky azy Imamo Ali (as) sy ireo mpanaradia azy ary efa mitambatra amin'izy ireo eo amin'ilay toerana izay misy azy ireo, dia nanome baiko an'i Moawyat izy mba hanala ilay boky masina izay nataon'izy ireo teo amin'ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 99 11/01/2021 16:25:45

lohan'ireo lefona izay noentin'izy ireo, ka dia nesorin'izy ireo izany, ka dia niantso ireo olona amin'ny alalan'ilay boky masina Imamo, mba hitondra fanantenana ho amin'ny fampijanona ilay ady izay saika ho nahafaty tanteraka ireo vahoakan'i Sham, ary injao nisy feo nanakoako avy tamin'ireo vondrona izay misy an'i Moawyat izay nilaza nanao hoe : "*ô ry mponin'IRAK !, indro ilay boky masin'ny Tompo Allah izay boky eo aminareo sy eo aminay, ao ianareo hififikitra mandrakariva ny amin'ny fampiharana izany, fa iza no tompon'ny faramandimby sy sisintanin'i sham ankoatra an'ireo vahoakany, ary iza no tompon'ny faramandimby sy sisintanin'Irak ankoatra an'ireo mponina ao aminy, ary iza no vonona hiady amin'ireo Romanina sy ireo mpikomy sy mpanohitra an'Andriamanitra*", mahakasika izany indrindra hoy i Najashi :

☐ Ary dia nampitsatoka lefona tamin'ny tany ireo mponin'i Sham, izay tazany eny amin'ny lohan'izany ilay boky masin'ny Tompo Allah.

☐ Ka dia niantso an'i Ali (as) izy ireo hoe : ( ô ry ilay zana-drahalahin-drain'i Mouhammad !, moa ve ianao tsy matahotra ny hovonoin'ireo olona sy ireo Jinn ?.

***<u>Fanontaniana n° 83 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik'ireo vahoakan'i Koufat nanoloana an'Imamo Ali (as) taorian'ny fahitan'izy ireo ny fanesorana ilay boky masina teo ambonin'ilay lefona teo amin'ireo miaramilan'ny Moawyat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalaza ao amin'ilay tantaran'i YAQOUBI, marina tokoa hoy izy fa i ASH'AS IBNI QISS ary niaraka taminy ireo olona avy any Yamani dia niteny tamin'Imamo Ali (as) nanao hoe : "mba hinianako amin'ny Tompo Allah, fa tsy maintsy hamaly ny antson'izy ireo ianao, na izany aza dia hiaro anao aminy tokoa izahay", ary efa niezaka nanao izay hahazoany ny fony i Moawyat, no sady niantso azy, nefa dia hoy Imamo nanao hoe : - ô ry vahoaka !, izaho no tena mendrika



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 100 11/01/2021 16:25:46

hamaly ny antson'ny Kor'any masina, efa iaraha-mahalala fa i Moawyat, i ibn ANS, i ibn Moiz sy ibn Sarh ary i ibn Moslimat tsy mba anisan'ireo izay mpanaraka ny finoana indrindra fa ny boky masina kor'any, tena fantatro tokoa izy ireo mihoatra ny fahafantaranareo azy ireo, haiko na kely indrindra aza amin'ny tenin'izy ireo, ary ireo mpiaradia amin'izy ireo, izy ireo olona ratsy indrindra, miresaka teny marina izy nefa ny ambadik'izany dia teti-dratsy, tena marina fa io teny ataony io dia mifono fitaka sy fikafika, omeonareo tanana aho mandritra ny ora iray, satria efa tonga eo amin'ny toerany ny fahamarinana ka tsy misy ny zavatra azo atao ankoatra ny fanalana ireo mpanao tsindrihazolena eo amin'ny toerany.

Ary ny valin-tenin'izy ireo izay nahitana miaramila izay miisa 20.000 lahy izay nirongo fitaovam-piadiana , dia tahaka izao manaraka izao: " valio ny antson'ireo vahoaka ireo, fa raha tsy hovalianao izy ireo dia hovonoinay ianao tahaka ny namonoanay an'ilay zanak'i AFAN, mba hifantanay amin'ny tompo Zanahary, tena hovonoinay tokoa ianao raha tsy mamaly ny antson'izy ireo, araka ny takian'izy ireo", sy ny ankoatra an'izay amin'ireo riwayat maro izay nilaza fa ny ankamaroan'ireo miaramila no nijoro tamin'ny hevitra izay nijoroan'i ASH'ANS sy ireo mpanaradia azy, tapitra niala taminy avokoa ireo mpitari-tafika rehetra ankoatra ireo vitsivitsy izay avy tamin'ny taranak'i Hashim ary ireo mpanaradia akaiky azy indrindra, dia voatery nanaiky ilay fifampiresahan'Imamo (as)…

***__Fanontaniana n° 84 :__***

Iza no nisolontena an'ireo vahoakan'i Sham ary iza no nisolontena an'ireo vahoakan'i Irak ?, moa ve safidin'Imamo no nahatonga solontena ary iza no safidiny ?

***__Valiny :__***

➔ Ary efa nikaon-doha sy niara-nanaika ireo vahoakan'i Sham fa i Amro ibn Ans no hisolo tena azy ireo amin'ilay fifampiresahana. Nefa kosa ireo vahoakan'Irak mbola tao anatin'ny fifandirana



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 101 11/01/2021 16:25:46

tanteraka ny amin'izay hisolo tena azy ireo, efa nanome safidy ny iray tamin'ireo mpanaradia azy telo lahy Imamo sy mpanaradia azy, ka ireto avy izany, i Abdoullah ibni Abbas sy i Al-Ashtar ary i Al-Ahnaf ibn Qish, nefa moa noho ny hamaroan'ireo fomba fijery nanomboka ny fiandohan'ny fiantsoan'i Moawyat tamin'ilay fifampiresahana dia nanome soso-kevitra ireo vahoaka fa i Aba Moussa Al-Ash'arry no hisolo tena azy ireo, ary dia nanizingizina mafy izy ireo ny amin'ny tsy maintsy hanendrena azy, ary hiafara tamin'ny fandrahonana an'Imamo aza izany, izany anefa tsy latsa-danja tamin'ny fandrahonana nataon'i Moawyat sy ibn Ans, ka noho izany dia votery Imamo nanaiky tsy fidiny an'ilay safidin'izy ireo izay tahaka ny nanekeny an'ilay fifampiresahana ihany koa tany am-piandohana, dia nalefa hisolo tena azy ireo i Al-Ash'arry…

***__Fanontaniana n° 85 :__***

Nanao ahoana ny famintinana ireo fifampiraharahana izay nisy teo anivon'i ibn Ans sy i Al-Ash'arry ?.

***__Valiny :__***

➔ Raha vao vita ny fanoratana ireo fifanarahana izay nisy teo amin'ny ankilany sy andaniny dia nataon'ireo loholona izay miisa 10 avy amin'izy roa tonta sonia ilay izy, ka araka ny voalazan'ireo mpitantara dia tahaka izao manaraka izao ny famintinana ireo fifanarahana izay voarakitra an-tsoratra tamin'ilay fivoriana, tsy maintsy hijanona na hiantehitra amin'ilay boky masina kor'any ny amin'ny famahana ireo olana izay niteraka savorovoro teo amin'ny vahoaka roa tonta, ary izay tsy hita ao amin'ny kor'any ny lalana tokony hamahana azy, dia tsy maintsy miverina amin'ilay fomba amam-panaon'i Rassoulillah (sw), ary tsy maintsy harahin'Imamo Ali (as) miaraka amin'ireo mpanaradia azy sy i Moawyat miaraka amin'ireo mpanaradia azy izay rehetra tapaka sy voasoratra tamin'ireo fivoriana izany hisy eo amin'izy roa lahy ireo, io fifanarahana io dia tokony hiaro ny tombontsoan'ny besinimaro, ka tsy anisan'ny voakendry amin'izany

ireo tombontsoan'olom-bitsy, ary tsy maintsy ao amin'ny tanàna izay eo anelanelan'i Sham sy Hijaz no hanaovan'izy roa lahy fihaonana, ary tsy tokony nisy olona hanatrika ankoatra izay ilan'izy roa lahy hanatrika ihany, fa mahazo manatrika kosa ireo olona avy amin'ny andaniny sy ankilany izay hiandraikitra ny fikarakarana ny toerana izay nisy an'izy roa lahy sy hikarakara mandritra ilay fivoriana sy ny ao aoriany, ary saika ireo mpahay tantara avokoa no niaraka niombon-kevitra fa ireo zavatra izay nolazaintsika etsy ambony ireo no voafintina tao anatin'ilay bokin'ny fifanarahana, raha misy zavatra mampiavaka ny fijerin'izy ireo dia zavatra izay tsy dia misy lanjany loatra izay tsy mifanohitra amin'izay voalazan'ny besinimaro…

***<u>Fanontaniana n° 86 :</u>***

Nanao ahoana ny niafaran'ilay fanelanelanana saritsariny izay nataon'i IBNI ANS sy ABI MOUSSA AL-ASH'ARRY ?.

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niafara tamin'ny fanalana an'Imamo Ali (as) sy i Moawyat teo amin'ny fitondrana ilay fanelanelanana saritsariny izay nataon'izy roa lahy, ary tamin'izay fotoana izay dia nisy fitaka tao anatin'ilay izy, satria i Abou Moussa Al-Ash'arry dia nanome soso-kevitra fa tokony ho i Abdoullah ibn Omar ibn Khatwab no mendrika hapetraka eo amin'ny fitondrana araka ny voalazan'ireo mpitantara, nefa dia nolavin'i ibn Ans izany satria i Osman ibn Afan dia natao tsindrihazolena ary maty tamin'izay, izany hoe novonoina tamin'ny tsy rariny, ary i Moawyat no mpiahy azy sy havany , dia novakiny ilay andalana ao amin'ny kor'any masina izay milaza manao hoe : ***"izay novonoina tamin'ny tsy rariny, dia omenay fahefana ny havany"***, novakiny taminy izany andalana izany, nefa tena tsy miafina aminy fa ilay havana izay voalazan'ilay andalana eto dia havana izay afaka mandova an'ilay maty, fa raha ohatra efa tsy misy havana intsony ilay maty, dia mpitarika ara-pivavahana no mandray an-tanana an'ilay fitondrana, ary Imamo Ali (as) no mpitarika ara-pivavahana

tamin'izay fotoana izay, tsy misy tsy hahalala ny fahamarinan'izany anefa na olona iray aza, fa saingy i Abou Moussa Al-Ash'arry no tsy nahatakatra ny tena zavatra voatondro ao amin'io andalana io, ary tsy nitsahatra i ibn Ans ny nampiditra ahiahy aminy sy nisintona azy, ary tena marina dia nanaiky izy ny amin'ny fanomezana an'ilay fitondrana an'i Moawyat araka ny voalaza ao amin'ilay boky Sharh Nahjol Balagh; taorian'ny fifampiresahana lava be izay nisy teo amin'izy roa lahy izay vao tena afaka namitaka azy i ibn Ans tamin'ny fanehoany taminy ny fanekeny ny fialan'izy roa lahy teo amin'ny fitondrana, ary fametrahana ilay raharaha eo am-pelantanan'ireo mpino islamo, indrindra ny fifidianan'izy ireo izay mpitondra sitrak'izy ireo, ary ny tanjon'i ibn Ans anefa tamin'izay fotoana izay dia ny hanesoran'i Al-Ash'arry an'Imamo Ali (as) eo amin'ny toerany, mba hahafahany mametraka an'i Moawyat eo amin'ny toerany, ka dia nifarana teo ilay fanelanelanana saritsariny izay nataon'izy roa lahy araka ny voalazan'ireo mpahay tantara.

***Fanontaniana n° 87 :***

Naharitra hafiriana no nijanon'Imamo Ali (as) tao **Swifin**, na taorian'ny nahavitan'ilay fanelanelanana saritsariny ?

***Valiny :***

➔ Nilaza ireo mpitantara fa nijanona roa na telo andro ary tsy mba nihoatra an'izay tao **Swifin** Imamo taorian'ny fahavitan'ny fanambarana ampahabemaso an'ilay fampiatoan'ady sy ny fandraiketana an-tsoratra ireo fifanarahana izay tapaka tamin'izany, ary taorian'ny fandresen-dahatra ireo izay nanohitra an'ilay fifampiresahana avy amin'ireo mpanaradia azy, indrindra ny fampitoniana azy ireo, dia nandevina ireo maty tamin'ireo mpanaradia azy izy. Dia nivoaka an'i Swifin izy ka nitodi-doha nankany Koufat ary izy tamin'izay fotoana izay dia feno tokoa ny fony, niverina avokoa ireo hotsoka maro izay naterak'ireo zava-nisy hatrizay, ary ny hotsok'izany dia tsy mba zakan'ny olona ankoatra an'Imamo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 104 11/01/2021 16:25:46

***Fanontaniana n° 88 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny momba an'i **Houroriat** ?

***Valiny :***

➔ Eny tokoa afaka mahafantatra ny momba izany isika, taorian'ny fiverenan'Imamo Ali (as) avy tany **Swifin** izay niarahany tamin'ireo mpanaradia azy sy ireo izay nanery azy tamin'ilay fifampiresahana, dia hita ireto farany naneho ny fanenenan'izy ireo tamin'ny faneren'izy ireo an'Imamo, ary nampiseho ihany koa ny fahadisoan'izy ireo, nilaza ampahabemaso ny fibebahan'izy ireo tamin'Andriamanitra izy ireo, ary dia tonga teo amin'Imamo mba hiantso azy hiverin-dalana sy hibebaka toa azy ireo ihany koa, ary indrindra ny fiverenana hiady indray mandeha any **Swifin**, ary mazava ho azy na hita aza izy ireo naneho ny tsy hakivian'izy ireo, tsy namaly izany antson'izy ireo izany mihitsy Imamo noho ny fahalalany ny ho voka-dratsin'izany , ka talohan'ny hiditra an'i Koufat dia nisara-dalana tamin'izy ireo izy teo amin'ilay toerana izay antsoina hoe : "**HOUROURA**", ka noho ny anton'izany indrindra no nahatonga ireo mpahay tantara niantso ireo olona izay nisarahan'Imamo lalana teo amin'io toerana io hoe : "**HOUROURIAT**".

***Fanontaniana n° 89 :***

Moa ve ireo HOUROURIAT nijanona tamin'ny hamafin'ny lamosin'izy ireo sy amin'ny fahaverezan'izy ireo sa nibebaka sy niverina tamin'ny fahamarinana ?

***Valiny :***

➔ Nanomboka nanomana ny tenan'izy ireo amin'ny ady ireo Hourouriat , rehefa enon'Imamo izany dia nandefa an'i Abdoullah ibn Abbas tany amin'izy ireo izy mba hifampiresaka amin'izy ireo indraindray mba hahatonga azy ireo hiverina amin'ny lalana mahitsy, nefa nody maina izany ezaka nataon'i ibn Abbas izany, ary



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 105 11/01/2021 16:25:46

dia niverina tamin'Imamo i Abdoullah ibni Abbas, dia nolazainy azy ny zavatra nandalo teo anivon'izy ireo, ka dia ny vatatenan'Imamo mihitsy no nankany amin'izy ireo, rehefa tonga tany amin'izy izy dia hoy izy tamin'i Swaswat ibn Jouhan al-Abdi : ***"ento any amin'ireo vahoaka aho, ary ambarao ahy iza no mpitarika azy ireo"***, rehefa tonga tao dia hoy izy tamin'Imamo : ***"ny lehiben'izy ireo dia i Yazid ibn Qis al-Arhabi"***, rehefa vita ny raharaha izay nataon'Imamo teo Houroura dia nitodi-doha nankany amin'ilay toerana misy an'i Yazid ibn Qis al-Arhabi izy, rehefa tonga tao dia nanangana soalat izay nahitana Rakat roa izy, ary rehefa avy teo dia nivoaka no sady nitehina tamin'ilay zanatsipikany, ka dia nijoro nanoloana ireo vahoaka, ary hoy izy tamin'izy ireo : ***"ity toerana dia toeran'izay olona tsy ho tafita amin'ny andro farany "***, ary dia nitodika nankany amin'ireo vahoaka indray mandeha izy, dia hoy indray izy tamin'izy ireo : ***"moa ve ianareo mahita olona tsy mitia ny fitondrana mihoatra ahy ?"*** dia tsia no navalin'izy ireo, dia hoy indray Imamo: ***"moa fantatrareo fa ianareo dia nankahala ahy nefa nekeko?",*** eny hoy izy ireo, dia hoy Imamo tamin'izy ireo hoe : ***"inona ary no nahatonga anareo nanohitra ahy sy namela ahy ?"***, dia hoy ny navalin'izy ireo : ***"tena marina fa izahay dia nanao fahotana lehibe nefa efa nibebaka sy nangataka famelana tamin'ny Tompo Allah izahay, ka aoka ianao hibebaka sy hangataka famelankeloka amin'i tompo Allah ihany koa, fa raha ataonao izany dia hiverina aminao izahay"***, dia hoy Imamo tamin'izy ireo : ***"marina tokoa, fa izaho efa nangataka famelana tamin'ny Tompo Allah tamin'ireo fahotana rehetra izay nataoko"***, rehefa naheno izany ireo vahoaka dia niverina tamin'Imamo ary namaly ny antsony, dia nitodi-doha nankany Koufat izy ireo, tombanana enina arivo lahy na koa iray alina izy ireo tamin'izay fotoana izay, tsapa ihany fa misy ny tsy fitoviam-pijery eo amin'ireo mpitantara ny amin'ny isan'izy ireo tena marina, nonina tao Koufat izy ireo rehefa tonga tao niaraka tamin'ireo fianakavian'izy ireo.

***Fanontaniana n° 90 :***

Inona no antony nivoahan'ireo HOUROURIAT nankany Nahrawan sy ny antony nanoheran'izy ireo an'Imamo Ali (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza, izy ireo dia namono an'i ABDOULLAH IBNI KHABAN sy ny vadiny izay nitondra vohoka tamin'izany fotoana izany, ary ny antony namonoana azy dia noho izy mpomba an'Imamo Ali (as), ary rehefa tonga tany amin'Imamo ny vaovao momba ny fahafatesan'i Abdoullah ibni Khaban sy ilay Vadiny bevohoka ary indrindra ny habibiana izay nataon'izy ireo izay tena fandotoana ny tany tokoa, dia nandeha nankany amin'izy ireo Imamo niaraka tamin'ireo mpanaradia azy, tsara ny mampahatsiahy, fa tao anatin'ny fanomanana ny ady hatao amin'ireo vahoakan'i Sham Imamo tamin'io fotoana io, rehefa tonga tamin'ny toerana akaikin' ny misy azy ireo Imamo dia nandefa olona nankany amin'izy ireo, ary io olona nalefa io no tokony homen'izy ireo ilay olona namono an'ilay mpanaradia be voninahitra, dia tsy iza izany fa i Abdoullah ibni Khaban ary toraka izany koa ny olona namono ireo mpino islamo teny amin'ny lalana mankany Nahrawan, rehefa tonga tany amin'izy ireo anefa ilay olona nirahin'Imamo iny dia hoy izy ireo taminy : izahay rehetra no namono an'i Abdoullah ibni Khaban, ary raha azonay natao ny namono an'i Ali IBNI ABI TWALIB sy ireo izay mpiaradia aminy dia nataonay ihany koa izany, rehefa enon'Imamo izany dia ny vatatenany mihitsy no nankany amin'izy ireo, ary rehefa tonga tany amin'izy ireo Imamo, dia hoy izy : ***"ô ireto dahalo ireto!, marina tokoa fa izaho dia tonga eto hampitandrina anareo fa ianareo dia hiaran'ny lozan'ity vahoaka ity rahampitso, ny fifikiranareo amin'ny toeranareo ireo io dia tsy mba hananareo porofo sady tsy mba fomba fanao, moa ve tsy fantatrareo fa efa nosakanako ianareo tamin'ny fifampiresahana, ary moa ve tsy efa nambarako anareo fa ny ambadik'ilay fiantsoan'izy ireny hifampiresaka iny***

***dia fitaka lehibe, ary efa nolazaiko anareo ihany koa fa izy ireny dia tsy mba anisan'ireo olona izay mpanaraka ny finoana ary indrindra tsy mpanaraka sy tsy mpanaja ny lalànan'ilay boky masina Kor'any, izaho tena mahalala azy ireny mihoatra anareo, ary tena marina izy ireny dia olona mpifetsifetsy sy mpaka ankeriny, nefa nampalahelo fa dia tsy nohenoinareo ireo teniko ka notoherinareo aho, ary noterenareo ka izany no antony nanekeko an'ilay fifampiresahana taorian'ny fametrahako ireo fepetra ary nilazako tamin'ireo mpanelanelana roa lahy ny mba hameloman'izy roa izay novelomin'ny kor'any sy ny hamonoan'izy roa izay rehetra novonoin'ny kor'any, nefa nolavin'izy roa lahy fitsarana araka ny kor'any sy fomba amampanao (sounat), ary dia nitsara araka ny hetahetam-pony izy roa lahy, ka izay no antony tsy nanekentsika izay tapak'izy ireo tamin'izany, ka nahatonga antsika nijanona tamin'ilay niarahantsika nanaiky tany am-boalohany (ny fiadiana amin'ny Moawyat), ka eto milaza aminareo fa hiverina hiady indray amin'i Moawyat sy ireo forongony"***, dia hoy izy ireo tamin'Imamo : ***"tena marina fa ilay fanerena izay nataonay tamin'ny fifampiresahana iny dia fahotana goavana ho anay tokoa, nefa kosa efa nangatahanay famelana tamin'ny Tompo Allah izany, fa raha miaiky ihany koa ianao fa nanao hadisoana tamin'iny fotoana iny, sady mangataka famelana amin'i Tompo dia niaraka aminao izahay ary ho anisan'ireo izay avy aminao, fa raha sy manao izany anao dia hisintaka anao izahay, fa raha tsy ataonao izany dia hiala anao izahay rehetra"***, dia hoy indray Imamo tamin'izy ireo : ***"taorian'ny finoako an'Andriamanitra sy fanantonako azy ary indrindra fa ny fanatanterahako ny ady masina niaraka tamin'i Rassoulillah (sw) eto aho dia mijoro vavolombelona fa nanao fahadisoana, ary very lalana ihany koa, ka noho izany dia tsy anisan'ireo izay nanaraka ny lalana mahitsy, ary hitsara amin'ny alalan'izay hitanareo fa mety izay niteraka fahafatesana ho antsika sy fialan'ny sasany tao amin'ilay vondrona izay nisy***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 108 11/01/2021 16:25:46

***antsika ?”***, tsy nisy namaly izy ireo na iray aza, ka dia nifampiantso izy ireo avy amin’ny lafizoron’ilay toerana nisy azy hoe andao hiditra paradisa, ka dia notafihin’izy ireo amin’ny sabatra ireo mpanaradia an’Imamo, maro ny naratra satria tena nangotraka tokoa ny ady nisy teo amin’ny roa tonta, ka dia nanatrika azy ireo, ireo mpitoraka zanatsipika, niditra teo anivon’izy ireo sy ireo mpanaradia azy Imamo, fotoana vitsy monja dia maty avokoa izy ireo, ohatra ny niteny tamin’izy ireo ny Tompo Allah hoe ( mifatesa ianareo dia maty avokoa ny rehetra). Efa nilaza ny momba izany fahafatesan’izy ireo izany tamin’ireo mpanaradia azy Imamo talohan’io ady io, indrindra ny filazany fa tsy hihoatra ny folo no maty amin’ireo mpanaradia azy ary tsy hihoatra ny folo ihany koa no ho tavela velona amin’ireo Hourouriat, ary dia tanteraka tokoa anefa izany, maty avokoa ireo Hourouriat ankoatra olona valo na sivy ihany, ary sivy ihany koa no maty tamin’ireo mpanaradia azy, fa ny sisan’izay dia velona avokoa araka ny voalazan’ireo mpitantara.

***<u>Fanontaniana n° 91 :</u>***

Nanao ahoana ny tantaran’ilay sembana ara-batana izay antsoina hoe: “ZOU SADIAT” na ilay misy nono ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Izy io dia iray amin’ireo miaramila izay maty tamin’ny adin’ny NAHRAWAN, ary efa nolazain’i NABI (sw) tamin’Imamo Ali (as) ny momba azy io, fa amin’ny fotoana izay hamonoany an’ireo KHAWARIJ dia anisan’ny olona ho faty amin’io fotoana io ihany i Zou sadiat, na ingahy misy nono, ka izany no nahatonga ny fitadiavana azy rehefa vita ilay ady, rehefa navadibadika ireo maty dia hita tao ihany koa ny fatin’io olona io.

Araka ny hita ao amin’ny SHARH NAHJOUL BALAGH izay nosoratan’i ibn Abil Hadid, fa rehefa nanao ny fizarana ireo harena azo an’ady i Rassoulillah (sw) taorian’ny adin’ny Houneini, dia nitsangana nankeo

amin'ny lehilahy iray izay avy amin'ny taranak'i Tamim, izay antsoina hoe **ZA KHOIGN**, dia hoy izy tamin'ny Mpaminany (sw) : ***"ataovy zara mitovy ry MOUHAMMAD !"***, dia ny Mpaminany (sw) taminy : ***"efa nataoko zaramira ka"***, dia naverin'izany olona izany fanindroany ilay teniny hoe ataovy zara mitovy iny, ary tamin'ny fanintelony dia novalian'ny Mpaminany (sw) tahaka izao manaraka izao izy : ***"misy andian'olona avy amin'ity vahoaka ity no hivoaka sy hiala amin'ny finoana, tahaka ny fivoahan'ny zanatsipika avy amin'ny filesidoro, ary hivoaka amin'izany fotoana ireo vondron'olona izay hanambanimbany ny fivavahanareo eo anatrehan'ny fivavahan'izy ireo, izy ireo dia hamaky ny boky masina kor'any nefa tsy ho takatr'izy ireo ny haavon'izany, ny famantaran'izy ireo dia lehilahy iray izay kilemaina ny tanany roa ka ny iray amin'izany dia miendrika nonom-behivavy"***, ary mbola ampian'ilay riwayat izay azo avy AÏSHA izany izay milaza manao hoe : izy io dia hovonoin'ilay olona tsara amin'ity vahoakako ity ao aoriako.

Ary araka ny voalazan'ny riwayat ny AÏSHA ihany, rehefa enony fa Imamo Ali (as) no namono izany olona izany, dia hoy izy : ***"lozan'ny Tompo Allah anie ho amin'ny IBNI ANS, izy anefa nandefa taratasy tamiko izay nilazany tamiko fa efa novonoiny tany Askangari izy io, izany no nataony mba hisakanany ahy tsy hiteny izay teny enoko avy tamin'ny Mpaminany (sw), satria izy efa niteny fa ny olona hamono azy io dia ilay olona tsara indrindra amin'ireo vahoakako ao aoriako"***.

***<u>Fanontaniana n° 92 :</u>***

> Rahoviana no nindaosin'ny fahafatesana Imamo Ali (as) ?, itondray fanazavana fohifohy mahakasika ny zavatra nandalo tamin'izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny malaza eo amin'ireo manampahaizana momba ny finoana **SHIITE**, Imamo Ali (as) dia nandao izao tontolo izao tamin'ny faha



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 110 11/01/2021 16:25:46

21 ny volana Ramadany taona 40 Hijri, izany no nitranga taorian'ny fikapohan'ilay voaozona **Abdourahmana ibni Moljim al-moradi** azy tamin'ny sabatra izay nisy poizina tamin'ny lohany tao amin'ny Masjid tao Koufat, nitranga izany anefa tamin'ny alin'ny zoma faha 19 ny volana ramadany, niaritra roa andro Imamo izay vao nody tany amin'ny tompony, ary teo amin'ny faha 63 taonany izy tamin'izay fotoana izay.

Folo taona izy tamin'ny fotoana izay nahazoan'ny Mpaminany (sw) ny faminaniana, ka ny Mpaminany (sw) no niandraikitra ny fitaizana azy, niaina niaraka taminy tao Makkat nandritra ny telo ambin'ny folo taona, ary niaina niaraka taminy ihany kao tao Madinat taorian'ilay fifindra-monina tany nandritra ny folo taona, izay vao nindaosin'ny fahafatesana ny Mpaminany (sw), Imamo anefa dia mbola niaina nandritra ny telopolo taona taorian'ny nahafatesany, niaina roa taona sy efa-bolana tao anatin'ny fitondran'i Abou Bakr, sy iraika ambin'ny folo taona tamin'ny fitondran'i Omar, ary roa ambin'ny folo taona tamin'ny fitondran'i Osman, ary ny fitondrany amin'ny ankapobeny dia notombanana ho naharitra dimy taona, tsara ny manamafy fa nandalo fotoan-tsarotra tokoa izy tao anatin'ny fitondrany satria toa niatrika fitsapana mafy nanoloana ireo mpihatsaravelatsihy, ary ireo vondrona mpanao tsindrihazolena dia nijoro nanohitra azy mivantana taorian'ny fahalasanan'ny Mpaminany (sw), ary niteraka vesatra teo aminy izany, tena nihoampapana tokoa ny tsy fankatoavan'ireo vahoakany azy tamin'izy teo amin'ny fitondrany, tsy ambanin'izay anefa ny hatezerany amin'ireo mpihatsaravelatsihy, vokatr'izany rehetra izany dia namoy fo tokoa Imamo ka voatery nangataka tamin'ny Tompo Allah mba ho faty, imbetseka izy no miteny sy milaza fa i ibn Moljim no hikapoka azy amin'ny sabatra ka hiteraka fahafatesany ho azy, ary indraindray izy miteny manao hoe : " inona no misakana an'ilay mafy fon'ity vahoaka ity ny amin'ny fampikorianana avy ambony ny rà ka handoko ity volom-bavako ity ?!", miaraka amin'izay anefa, sady tazominy amin'ny tananany ilay volom-bavany.

Ary tamin'ny volana masina ramadany izy dia niresaka tamin'ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 111 11/01/2021 16:25:47

mpanaradia azy, fa io no volana hamonoana azy, dia hoy izy tamin'izay: "ka moa va tsy marina tokoa fa ianareo dia hifanditra sy hifanohitra ao anatin'ny taona iray, ary famantaran'izany izaho efa tsy eo aminareo intsony".

Ary izy tao anatin'izany volana masina izany dia nanapaka ny fifehezana ao antranon'Imamo Hassan (as) alina iray, ary alina iray ao an-tranon'Imamo Houssein (as), alina iray ihany koa ao an-tranon'i ZAINAB (as), ary i ZAINAB (as) tamin'izay fotoana izay dia mbola nipetraka tao amin'i ABDOULLAH IBNI JA'AFAR, nandritra izay rehetra izay anefa tsy ary nahalany sakafo mihoatra ny telo sotro Imamo, rehefa nanontaniana azy ny anton'izany dia hoy izy : "efa ho tonga amiko ny raharahan'ny Tompo Allah (ny fahafatesana), ary izaho anefa dia noana, izany anefa efa tsy ho ela, fa mety aorian'ny alina iray na roa…

***<u>Fanontaniana n° 93 :</u>***

Nanao ahoana ny niafaran'ilay voaozona Abdourahman ibni Moljim ?, ary iza no namono azy ho faty ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Taorian'ny fanaovam-beloma farany nataon'Imamo AL-Hassan (as) ny vatamangatsiakan-drainy tany NAJAF dia niverina tany Koufat izy niaraka tamin'ireo mpanaradia na ireo SHIAN'Imamo Ali (as), rehefa tonga tao izy dia niakatra (MINBAR) mba hitory teny amin'ireo vahoaka, nefa tsy afaka niteny na nilaza na inona na inona izy noho ny hafenoan'alahelo diso tafahoatra izay nahazo azy, dia nipetraka teo nandritra ny adiny iray izy aloha, izay nitsangana ka nanao ilay toriteniny izay tena feno anatra, ka natombony tamin'ny fiderana sy fanomezam-boninahitra an'ny Tompo Allah izany, ka toy izao manaraka izao ny ampahany tamin'ilay toriteny izay nataon'Imamo Hassan (as) : ***"Dera sy saotra no atolotra an'ny Tompo Allah izay nanao anay AHLOUL –BAYT ho mendrika ny fitondrana (KHILAFAT), ka any aminy no anankinantsika***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 112 11/01/2021 16:25:47

***ireo fahorianay izay nolazainy teo ambonin'ilay toerana fitorian-tenin'ny Mpaminany (sw), ary any aminy ihany koa ny anankinantsika ireo fahorianay ny amin'ny fahalasanan'ilay lehiben'ireo mpino, ary iaraha-mahalala fa ny rehetra na any andrefana na any atsinanana dia samy hitondra faisana noho ny akon'izany, mba hinianako amin'ny Tompo Allah fa izy dia tsy namela volamena na volafotsy, ankoatra ny 400 dirham izay nanafarany mba hividianana andevo hiasa ho an'ireo fianakaviany, ary efa niteny tamiko ilay raibeko malalako fa ireo Imamo roa ambin'ny folo izay avy amin'ny fianakaviany masina no tompon'ny fahefana sy mpandimby azy, ary tsy hisy na iray aminay ireo ho faty ka tsy nopoizinina"***.

Rehefa vita ny toriteny izay nataon'Imamo dia nidina izy ka nampiantso avy hatrany an' Abdourahman ibni Moljim (ilay voaozona), dia nentina teo aminy izy, dia hoy Imamo taminy : "araka fahitanao, inona no sazy mendrika ny olona nahavanon-doza toy ny nataonao io ?, novonoinao ilay lehiben'ireo mpino, nesorinao teto an-tany ilay singa izay tena ilainy iny", dia hoy ilay voaozona tamin'Imamo : "efa nanao vava tamin'Andriamanitra aho fa tsy maintsy hovonoiko ilay ny rainao, ka dia notanterahiko izany, raha sitrakao dia vonoy aho, fa sitrakao ny hamela ahy dia ataovy izany, nefa kosa raha avelanao aho, dia handeha hankany amin'i Moawyat aho ka hilaza aminy hoe efa novoinoina izy ary nalamiko ny sainao raha ny aminy", dia hoy Imam : " tsia, tsy hamela anao aho fa maika handefa anao any amin'ny afo be".

Araka ny voalazan'ilay riwayat'i Farhat al-ghari, i ibn Moljim ilay voaozona dia niteny tamin'Imamo Houssein (as) nanao hoe : ***"izaho manana tsiambaratelo tiako holazaina aminao"***, nefa Imamo Hassan (as) tsy nanaiky ny hanaovany an'izany, ka hoy indrindra Imamo tamin'izay : ***"izy dia mila manaikitra ny sofiko"***, dia hoy ibn Moljim : ***"mba hifantako amin'ny tompo Allah, fa raha nanana fahafahana aho ny amin'izany dia notsakoiko toy ny mihinana siligoma mihitsy ilay izy".***

Taorian'izay, dia nalefan'Imamo mankany amin'ny afo be malaky i ibni moljim tamin'ny alalan'ny kapoka iray amin'ny sabatra araka ilay hafatra napetraky ny rainy ilay lehiben'ireo mpino taminy …

## IREO FANONTANIANA AMIN'NY ANKAPOBENY :

***Fanontaniana n° 94 :***

Anisan'ny fahazaran'ireo arabo ny manome anarana fiantsoana fony zaza mbola teo am-piterahana, ka iza ary no anarana fiantsoana an'Imamo Ali (as) sy anarambositra nentiny ?

***Valiny :***

➔ i ABOU AL-Hassan no anarana fiantsoana an'Imamo Ali (as) ary ny mahakasika an'ireo anarambositra izany nentiny kosa dia maro tokoa, ireto ny ampahany amin'izany :

- ABOU TOURAB.
- AMIROUL MOMININA, *ity iray ity dia tsy azo omena olon-kafa ankoatra azy.*

***Fanontaniana n° 95 :***

Moa ve afaka mahafantatra ireo zanak'Imamo Ali (as) isika, ary toraka izany ihany koa ireo vadiny ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mahafantatra azy ireo isika, araka ny voalazan'i SHEIK MOUFID (ra), dia niteraka 31 mianadahy Imamo, 27 no lahy tamin'izy ireo ary 4 vehivavy, ka ireto avy izy ireo: AL-Hassan (as) sy AL-Houssein(as) ary i ZAINABOUL KOBRAT (izay nitondra ny anarambositra hoe : AQILAT)(as), i ZAINAB SOGRAT (na ilay antsoina hoe OUMOU KOLSOUM), izy efatra mianadahy ireo dia zanak'Imamo tamin'ilay zanakavavin'ny Mpaminany (sw) dia tsy iza izany fa i FATWIMATOU ZAHRA (as).



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 114 11/01/2021 16:25:47

Ary ny fahadimy dia i Mouhammad (ny fiantsoana azy dia ABIL QASWIM), izy io dia zanany tamin'i Khoalat al-Hanafiat Binto Ja'afar ibn Qis.

Ary ny fahenina sy ny fahafito kosa dia: i OMAR sy ROQAYAT AL-KOBRAT, izy roa ireo dia kambana, ny renin'izy roa dia i HABIB BINTO RABIAT.

Ary ny fahavalo, ny fahasivy,sy ny fahafolo ary ny faha iraika ambin'ny folo dia: ABBAS, JA'AFAR, sy OSMAN ary i ABDOULLAH AL-AKBAR, izy efatra ireo dia samy maty maritiora tao Karbala, ary ny renin'izy ireo dia i OUMOUL BANINAT BINTO HEZAM IBNI KHALID AL-KOLABIAT.

Ny faharoa ambin'ny folo sy ny fahatelo ambin'ny folo dia : i Mouhammad AL-ASGAR sy i ABDOULLAH, tsara ny manamarika fa ilay MOUHAMMAD voalaza eto dia ilay nitondra ny anarana fiantsoana hoe ABI BAKR, izy roa ireo tena samy maty maritiora tao Karbala ihany koa, ny renin'izy roa ireo dia i  LAILAT BINTO MAS'OUD ADIRAQIAT.

Ny fahefatra ambin'ny folo, dia i YAHIA, ny reniny dia i ASMA BINTO OMAIS.

Ny fahadimy ambin'ny folo sy ny fahenina ambin'ny folo dia: OUMOUL Hassan sy i RAMLAT, ny renin'izy roa ireo dia i OUMOU SAIID BINTO OROWATO IBNI MAS'OUD ASAKAFI, araka ny voalazan'i SHAHR ASHOUB, ny renin'izy roa dia i OUMOU SHOUAIB AL-MAKHZOMIAT.

Ny fahafito ambin'ny folo sy ny fahavalo ambin'ny folo ary ny fahasivy ambin'ny folo dia: i NAFISSAT, sy i ZAINAB SOGHRA, ary i  ROKAYAT SOGHRA, niteny i IBNI SHARH ASHOUB fa ny renin'izy ireo dia OUMOU SAIID BINTO OROWAT. Ary misy ihany ny miteny fa ny renin'i ROKAYAT SOGHRA dia i OUMOU HABIBAT.

Ary ny faharoapolo sy ny faha fito amby roapolo kosa  araka ny voalaza dia samy vehivavy avokoa, ka ireto manaraka ireto avy izy ireo: i OUMOU HANI, i OUMOUL KARAMAT, i JAMANAT izay fantatra amin'ny anarana

fiantsoana hoe( OUMOU JA'AFAR), i AMAMAT, i OUMOU SALAMAT, i i MAYMOUNAT, i KHADIJAT, ary i Fatwimat.

Miteny ny sasany amin'ireo mpitantara fa ny isan'ny zanak'Imamo Ali (as) dia enina amby telopolo, ary ny valo ambin'ny folo amin'izy ireo dia lehilahy avokoa ary ny valo ambin'ny folo ambiny dia vehivavy avokoa, ary izany dia mbola miampy an'ireto manaraka ireto :

1. **ABDOULLAH SY AOUN, ny renin'izy roa ireo dia i ASMAT BINTO AMOS.**
2. **MOUHAMMAD AL-AOSAT, ny reniny dia i AMAMAT BINTO ZAINAB BINTO Rassoulillah (sw) (zaza notezainy no tena marina aminy).**
3. **OSMAN ASGHAR,i JA'AFAR ASGHAR, i ABBAS AL-ASGHAR, i OMAR AL-ASGHAR, sy i ROMLATOUL SOUGHRA, ary i OUMOUL KOLSOUM**.

Ary tamin'ny farany i IBNI SHAHR ASHOUBI dia niteny fa i AMIROUL MOMININA (as) dia niteraka vehivavy tamin'ilay vadiny izay nantsoina hoe: ( MAHIAT BINTO IMRI AL-QIS, nefa nindaosin'ny fahafatesana izany fony fahazazany, ary i SHEIK MOUFID (ra) dia nilaza ihany koa fa i FATWIMATOU ZAHRA (as) dia nitondra vohoka ny zanany tamin'Imamo izay nantsoina hoe MOHSIN, nefa moa niala izany vohoka izany taorian'ny fahalasanan'ny Mpaminany (sw).

***<u>Fanontaniana n° 96 :</u>***

Moa ve afaka mahafantatra ny ampahany amin'ireo sangany sy kitan'ireo mpanaradia an'Imamo Ali (as) isika ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, afaka milaza ny anaran'ny ampahany amin'izy ireo isika :

1. ***AL-ASBAGH IBNI NOBATAT AL-MAJASH'i.***

2. ***AOWIS AL-KORBI.***
3. ***AL-HARIS IBNI ABDOULLAH AL-A’ARI AL-HAMEDANI.***
4. ***HOJR IBNI ANDI AL-KINDI AL-KOUFI.***
5. ***ROSHAIDO AL-HIJRI.***
6. ***ZAID IBNI SWAOHAN AL-ABDI.***
7. ***SOULAIMAN IBNI SORAD AL-KHAZAGNI.***
8. ***SAHLO IBNI HONAIF AL-ANSWARI.***
9. ***SWAGNSWAGN IBNI SWAOHAN AL-ABDI***.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 117 11/01/2021 16:25:47

# IMAMO HASSAN (AS)

***Fanontaniana n° 97 :***

Iza moa i Imamo Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia i **Hassan IBNI Ali IBNI ABI TWALIB** (as) , sy **FATWIMAT** (as)zanaka vavin'ilay Irak'Andriamanitra no reniny niteraka azy .

***Fanontaniana n° 98 :***

Oviana no teraka  Imamo Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny malaza, Imamo Hassan (as) dia teraka andro  talata tamin'ny antsasaky ny volana ramadany masina , taona fahatelon' ny fifindra-monina na koa taona faharoa araka ny voalaza.

***Fanontaniana n° 99 :***

Iza no nanome ilay anarana hoe Hassan an'Imamo ary inona no dikany ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'i ibn Babowei avy tamin'ny loharano izay tena itokisana avy tamin'Imamo ZAINOUL ABIDINA (as), izay niteny an'ity farany hoe :

Rehefa niteraka an'Imamo Hassan (as) i Fatwimat (as), dia hoy izy tamin'Imamo Ali (as) : ***"omeo anarana izy"***, dia hoy ny navalin'Imamo azy : ***"izaho ve hialoha lalana an'i Rassoulillah ny amin'ny fanomezana anarana azy ?"***, dia tonga teo i Rassoulillah (sw) ka dia noentina teo aminy ilay zaza vao teraka izay nofonosan'izy ireo  ravin-damba izay miloko vony, ary dia hoy izy tamin'izy ireo : ***"ka moa va tsy efa norarako ianareo tsy hamono azy amin'ny ravin-damba vony?"***, ka dia nesorin'i Rassoulillah taminy izay lamba miloko vony



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   118    11/01/2021   16:25:48

izany, dia naka lamba fotsy izy hamonosany azy.

Ary araka ny voalazan'ireo riwayat hafa kosa, i Rassoulillah (sw) dia nampiditra ny lelany tao am-bavany, ka dia no nonoin'Imamo Hassan (as) izany, ary rehefa avy teo, hoy izy tamin'Imamo Ali (as) : ***"mbola tsy nomenao anarana angaha izy ity ?",*** dia hoy ny navalin'Imamo azy : ***"izaho tsy afaka mialoha lalana anao amin'ny fanomezana anarana azy"***, dia hoy indray i Rassoulillah (sw) : ***"ary izaho koa tsy hialoha lalana an'ilay tompoko ny amin'ny fanomezana anarana azy",*** dia nandefa hafatra tamin'ilay anjely Jibril ny Tompo Allah, izay nilaza taminy fa i Mouhammad (sw) dia nahazo zazalahy, ka midina any aminy ianao, dia hampitao aminy ny arahaba ombam-pirariantsoa avy amiko sy aminao, ary lazao azy hoe : ***"hamafisina fa ny toeran'i Ali (as) eo anatrehanao dia toy ny toeran'i HOURANA (as) teo anatrehan'i MOUSSA (as), ka aoka hantsoany amin'ny anaran'ilay zanakin'i HOURANA (as) ilay zanakin'i Ali (as)".***

Dia nidina tamin'ny Mpaminany (sw) ilay anjely Jibril (as), nampitainy taminy ilay firariantsoan'ny Tompo Allah, ary niarahaba sy nirary soa ho azy ihany koa izy, ary hoy izy tamin'ny Mpaminany (sw) : ***"ny Tompo Allah dia manome baiko anao hanome anarana azy io ny anaran'ny zanakin'i HAROUNA (as)",*** dia hoy ny Mpaminany (sw) tamin'i Jibril (as): ***"iza angaha ny anarany ?",*** dia hoy izy taminy : ***"SHABIR",*** ka izaho hoy ny Mpaminany (sw) arabo, dia hoy indray i Jibril taminy : **"antsoy Hassan izy"**, ka dia nomen'ny Mpaminany (sw) ilay anarana hoe Hassan.

***<u>Fanotanina n° 100 :</u>***

Iza no anaram-bosita sy ny anarana fiantsoana an'Imamo Hassan (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny anaram-bositra izay nentin'Imamo Hassan (as) dia i Abou Mohammad, ary ireo anarana fiantsoana azy kosa dia : **SAID, SIBTOU, AL-AMINE, AL-HOUJAT, AL-BAROU**, **ANAKIO, ZAKIO**, sy **i MOUJTABA** ary i **ZAHID**.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 119 11/01/2021 16:25:48

***Fanontanianan° 101 :***

Lazao ireo famantarana ara-toe-batan'Imamo Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'ilay manampahaizana izay fanta-daza amin'ny anarana hoe: Sheik Jalil ibni Issa al-Irbili (ra), ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : "KASHFOUL GHOUMAT", ny lokon'Imamo Hassan (as) fotsy izay mangalatra te ho menamena, ary somary bebe maso izy, izany hoe_ na ilay fotsy ao amin'ny masony na ilay maintsy samy te ho ngezangeza avokoa, somary fisaka ireo takolany roa, ary manify ny volombavany ary somary matevina kosa ny volontsomakany , ny tendany tahaka ny tendan'ny siny volafotsy, tena be taolana izy, ny lamosiny dia antonony sady tsy lava no tsy fohy, azo lazaina anisan'ireo olona tsara tarehy ihany izy, te hangalatra mainty ihany koa izy, ary olioly ny volony, ary tsara vatana ihany koa izy.

Ary araka ny tatitra izay azo avy tamin'i AMIROUL MOUMININA (as), izany nitenany fa Imamo Hassan (as) no olona tena mitovy amin'i Rassoulillah (sw), indrindra manomboka eo amin'ny tratrany miakatra makany amin'ny lohany, ary Imamo Houssein (as) kosa dia nitovy tamin'i Rassoulillah (sw) raha ny tapany amban'ilay vaolaza teo no jerena.

***Fanontaniana n° 102 :***

Firy taona Imamo Hassan (as) tamin'ilay irak'Andriamanitra (sw) nindaosin'ny fahafatesana ?

***Valiny :***

➔ Tena mbola tao anatin'ny fahazazana tokoa ilay zafikelin'i Mpamaminy (sw) dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as) tamin'izy nantsoin'ny ray nody any aminy, tsy mbola nihoatra fito taona akory izy, dia nindaosin'ny fahafatesana ny Mpaminany (sw).

***Fanontaniana n° 103 :***

Naharitra hafiriana no niarahan'i Fatwimat (as) tamin'ilay zanany Imamo Hassan (as) taorian'ny nandaozan'ilay raibeny an'izao tontolo izao ?

***Valiny :***

➔ Teo ambanin'ny fiahian-dreniny dia tsy iza izany fa i Fatwimat (as) sy ny rainy Imamo tao anatin'ny telo volana na koa tombanana ho enim-bolana taorian'ny nandaozan'ilay raibeny an'izao tontolo izao, ary tamin'izay fotoana izay, izy roa ireo dia tao anatin'ny fifandirana tamin'ireo olona foana, no sady latsaka tanteraka tao anatin'ny alahelo tanteraka, ary indrindra ny hotsoky ny fandaozan'i Rassoulillah (sw) azy ireo, mbola tsy nipody tamin'ny laonany ny raharaha teo amin'izy ireo tao anatin'izany volana vitsivitsy izany, dia efa nivelatra ihany koa ny takelaka faharoa ho an'ny fiainan'Imamo, ary tsy inona izany fa ny fahalasanan'ilay reniny malalany FATWIMATOU ZAHRA (as).

***Fanontaniana n° 104 :***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imami Hassan (as) manoloana ny fakan'i Abou Bakr an'ilay Khilafat na ilay fitondrana ?

***Valiny :***

➔ Tsy nanambara ny tantara zavatra miavaka ny momba ny fiainan'Imamo Hassan (as) tamin'ny fotoanany Abi Bakr satria izy dia tsy mbola nihoatra ny taona mahazaza azy tamin'izany fotoana izany, satria izy dia nanodidina ny fahafolo taonany tamin'ny vanim-potoana nahafatesan'i Abi Bakra, kanefa kosa isika mety hitondra riwayat izay milaza sy manambara ny fihetsik'Imamo Hassan (as) manoloana ny fakan'i Abou Bakr ny Khilafat na ny fitondrana…

Araka ny tatitra azo avy tamin'Imamo Hassan (as), izy dia tena tao anatin'ny fahazazany tokoa, raha sendra nahita an'i Abi Bakr teo ambonin'ilay fitorian-tenin'ilay raibeny, dia tsy iza izany fa i Rassoulillah



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 121 11/01/2021 16:25:48

(as), ary ireo olona tamin'izay fotoana izay dia tao anatin'ny fifantohana tanteraka mihaino ny lahateny izany nataony, ka dia nizotra haingana nankany aminy Imamo no sady nanilikilika ireo olona, dia hoy izy taminy: ***"midina amin'ity fitorian-tenin-draiko ity"***, dia nihomehy i Abou Bakr teo am-pahenoana izany, dia hoy izy tamin'Imamo: mba hifantako amin'ny Tompo Allah, ry zafin'ny Mpaminany fa ity dia toerana fitorian-tenin'ny rainao, fa tsy an-draiko, ary tonga dia fahanginana tanteraka no niseho teo amin'ireo vahoaka izay vory nanodidina an'ilay toerana fitorian-teny, ireo olona tena nahatsiaro an'ny Mpaminany (sw), indrindra ny fametrahany azy eo ankavanany rehefa mitory teny izy ary ilay rahalahiny dia tsy iza izany fa Imamo Houssein (as) eo ankaviany….

***Fanotanina n° 105 :***

Nanao ahoana ny fihetsik'i Omar ibni Khatwab nanoloana an'Imamo Hassan (as) rehefa tao anatin'ny fitondrany izy (Omar)?

***Valiny :***

➔ Eto am-piandohana, tsara ampahafantarina antsika fa Imamo Hassan (as) tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Omar ibni Khatwab dia efa tafiditra tanteraka ao anatin'ny fahatanorana, ka dia nisintaka ny sehata ara-politika sy ny fitondrana niaraka tamin-drainy izy, ka nifantoka tamin'ny fampianarana ny finoana an'ireo vahoaka, ary indrindra ny famahana ny olan'izy ireo.

Ary rehefa namaritra ny anjaran'ny olona tsirairay tamin'ireo fanomezana tamin'ny taona faharoa tamin'ny nitondrany i Omar ibni Khatwab, izay fotoana tena nahabetsaka ireo harena azo an'ady izay avy amin'ny faritra maro samihafa niditra tao Madinat, dia nataony fetra miavaka ny an'ireo olona izay niady niaraka tamin'ny Mpaminany (sw) indrindra fa tamin'ny adin'ny Badre, ka nataony 5000 Dirham, ary olona efatra no nampitoviany tamin'ireo anjaran'ireo olona niady tamin'ny Badre ny anjarany, dia ireto avy izy ireo: Imamo Hassan (as), Imamo Houssein (as), sy i Abouzar ary i Salman Farsi, ary nofetrainy araka ny ady masina nataony avokoa ireo mpino islamo sasany sy araka ny toerana misy azy

eo anivon'ny fiarahamonina, izany araka ny voalaza ao amin'ilay boky firaiketana tantara izay nosoratan'i Twabari.

Ny tian'ilay raywayat hambara eto dia ny fanomezam-boninahitra manokana izay naheson'i Omar ibni Khatwab tamin'Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as), izany no nataony noho ny fatahorany ny rohim-pihavanana izay misy eo amin'izy ireo sy eo amin'i Rassoulillah, ary fanefanany ny zavatra izay nataony manoloana azy ireo, ary mba hoentiny mampibaribary ny tenany fa izy dia manome voninahitra azy ireo…

***__Fanontaniana n°106 :__***

> Moa ve Imamo Hassan sy Imamo Houssein (as) nandray anjara tamin'ireo ady izay nandalo tamin'ny vanim-potoana nitondran'i Omar ibnikhatab ?

***__Valiny :__***

➔ Raha ny tena marina izy roa dia tsy mbola nandray anjara tamin'ny adin'ireo mpino Isilamo tamin'ny vanim-potoana nitondran'i Omar ibni Khatab na dia nifanesisesy ny fandresana tamin'ny toerana maro samihafa , ary ireo vola aman-karena izay nivangogo betsaka tetsy sy teroa, ary  tsy mba nahitana na dia ady iray aza nandraisin'Imamo Abi Mohammad HASSSAN (as) anjara  nandritra ny fotoana nitondran'ilay Khalifat faharoa .

***__Fanontaniana n° 107 :__***

Efa voalazan'ireo manampahaizana fa Imamo Hassan (as) dia tsy mbola nandray anjara tamin'ny adin'ireo mpino islamo tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'ilay khalifat  faharoa , fa tamin'ny faraparan'ny taona nitondran'ibn Khatab dia efa nahatratra ny faharoapolo taonany izy , ary izany dia taona tokony handraisany anjara amin'ny ady sy ny fifandonana izay tsy anavahana tanora na ny matanjaka na antitra mifaninana ny amin'izany , ka inona no anton'izany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   123    11/01/2021   16:25:48

***Valiny :***

➔ Angamba ny anton'izany dia miverina amin'ny fihatahan'i Amiroul Mominina (as) amin'ny raharaham-pirenenana sy ny politika , ary tsy mampisalasala ny amin'izany , ny tsy fandraisan' Imamo (as) anjara tamin'ny ady sy ny fifandonana , izany tsy midika fa hoe hakamoan'Imamo na fiarovany ny ainy  fa araka ny ankamaroan'ny voalaza sy tenin'ireo manam-pahaizana , satria Omaribni khatab dia efa nandidy ny ankamaroan'ireo mpanaradia an'ny Mpaminany izay tena miendrika kiantery , amin'ny tombontsoa ara-politika izany dia ny tombontsoa miverina aminy ary dia nijanona teo anilandrainy i Hassan (as) ilay zafikelin'ny Mpaminany (sw) nifantoka tamin'ny fikarakarana ny finona islamo sy fanamparitahana ary  ny fampianarana ary namaha ireo olana sarotra izay mahazo ny mpino Islamo.

***Fanontaniana n° 108 :***

Firy taona i ABOU MOUHAMMAD AL-Hassan (as) tamin'ny nandraisan'i Osman ibn Afaan ny fitondrana ?

***Valiny :***

➔ i ABOU MOUHAMMAD AL-Hassan (as) dia efa nahatratra ny faharoapolo taonany na mihoatra tamin'izany vanim-potoana izany.

***Fanontaniana n° 109 :***

Moa ve Imamo Hassan (as) nandray anjara tamin'ireo ady izay nataon'ireo mpino Islamo tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Osman ibni Afaan ?

***Valiny :***

➔ Eny , nandray anjara betsaka tamin'izany izy sy Imamo AL-Houssein (as) . ary holazaintsika eto izay nitranga sy nisy tamin'ny ady fanokafana sy ireo fandresena izay azon'ny mpino islamo ary ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   124 11/01/2021   16:25:48

ady ankoatra izany, hamafisina fa i Sa'ad ibni Assou dia niady tany Tabrastan tamin'ny taona fahatelopolo taorin'ny fifindra-monina, ary ny niezaka natao tamin'izany fotoana izany dia nitondra tombony hoan'i Souweid ibni Mouqarin tamin'ny alalan'ny fampiasany harena tamin'ny vanim-potoana ny Omar ibni Khatab, ary tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Osman ny fitondrana, izany hoe tokony ho dimy taona eo ho eo taorian' ny nahazoany ny fitondrana, dia nanomana andian-tafika izay teo ambany fitarihan'i Sa'ad ibni Asso izy, izay anisan'izany Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as) ary i Abdoullah ibni Abbas ary ny ankoatra azy ireo amin'ireo olomanga izay nanana ny maha izy azy, izay avy tamin'ireo Mouhajirina (mpifindramonina) sy ireo Answar (ireo mponin'i Madinnat), ka noho ny ezak'izy ireo dia tanteraka ny famehezana ireo toerana izay sy ny fandresena .

***__Fanontaniana n° 110 :__***

Moa ve Imamo Hassan (as) nanana andraikitra lehibe niaraka tamin'ny Rainy tamin'ny fanelanelanana teo amin'ny Osman sy ny solontenan'i Al-Amswar (ireo mpikomy avy any Egypta) tamin'ny fahiranon'i Osman ibni Afaan ?

***__Valiny :__***

➔ Eny , i Amiroul Mouminina (as) sy ilay zanany dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as) dia nijoro ho mpanelanelana teo anivon'ny Khalifat sy ireo ny solontenan'ireo Amswar ka niezaka mafy izy ireo mba handamina sy hampifanaraka azy ireo, ary niezaka ihany koa tamin'ny famerana ny fihanaky ny fanaovana ny tsy rariny izay nameno ny fitondrana tamin'izany fotoana izany, ary isaky ny mahomby izy roa tamin'ny fandaminana izay nataon'izy roa, ary rehefa nahavita nametraka vahaolana tamin'ny alalan'ny fampodiana ireo mpikomy sy mpitokona any amin'ny tany izay niavian'izy ireo avy, dia tonga i Mar'wan ka manohitra sy manimba ireo rindra sy fifanarahana izay efa napetraka teo anivon'izy roa tonta ireo, ka noho izany dia lasa

mihamafy indray ilay raharaha taty aoriana, ka dia lasa nanafika an'i Osman ireo olona mpikomy, izany no tanteraka noho ny fampirisihana izay nataon'i Saidatou Aisha, sy i Zoubair ary i Twalha…

***Fanontaniana n° 111 :***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo Hassan(as) nanoloana an'i Osman ibn Afaan ?

***Valiny :***

➔ Hamafisina fa ny fihetsik'Imamo Hassan (as) nanoloana an'i Osman ibn Afaan sy ny fifandraisany taminy dia tsy nisy na dia iray tamin'ireo mpahay tantara no nanambara fa izy dia anisan'ny nanohana an'i Osman sy ireo mpiaradia aminy, ary izy dia teo anilan-dRainy mandrakariva tamin'ny zava-drehetra izay noteneniny sy nataony.

***Fanontaniana n° 112 :***

Moa ve Imamo Hassan (as) nandray anjara tamin'ireo ady izay nataon-drainy avokoa ?

***Valiny :***

➔ Eny, nandray anjara tamin'ireo ady izay nataon-drainy avokoa Imamo Hassan (as) ary naniry izy ny mba hamelan-drainy azy handeha hiady sy hidina any amin'ny toerana fifandonana rehefa nihasarotra ny toe-draharaha sy mihamafy ny ady , ny Rainy dia nitandrina fatratra azy sy ny rahalahiny AL-Houssein (as) ary tsy mba mamela azy roa hanohy ny ady. Ary dia niteny tamin'ireo mpitarika ny tafika (miaramila) amin'ny adin'ny Swifin hoe :***"arovonareo izy roa mirahalahy ireo satria izaho dia matahotra sao dia tampaka amin'ny fahafatesan'izy roa ireo ny taranak'ny Mpaminany (sw)"***, ary ireo izay mihevi-tena fa hanohitra an'i Osman ireo dia olona izay anisan'ny niady tamin-drainy avokoa, ary izy dia nanambatra ireo mpitia azy sy ireo izay tsy mitia azy mba hiady sy hanohitra

ny tsy rariny sy ny fanaovana tsindrihazolena ary fakana an-keriny, ary hamafisina fa androm-piainany rehetra dia natokany hoan' ny Tompo Allah ary nolaniany tamin'ny lalany ihany koa.

***Fanontaniana n° 113 :***

Nanambara ireo mpanoratra taloha sy ny ankehitriny fa Imamo AL-Hassan (as) dia matetika nifanohitra tamin-drainy , manamafy izany i Dokotera Taaha Houssein tao amin'ilay bokiny izay mahakasika an'i Ali (as) sy ilay Mpaminany fa Imamo dia anisan'ny olona mpomba fatratra an'i Osman(vahoaka ny ousmania) izany hoe ny tena marina amin'izany teny izany dia niaraka tamin'ny Rainy ary nahita izay hitany rehetra amin'ny tsy fitiavana na ny fankahalana azy tamin'izany, ka ahoana izany no hamalianareo izany (fanoherana izany) ?

***Valiny :***

➔ Tsy nahitana loharano fototra mazava na iray aza milaza izany fahaverezan-dalana sy hosoka goavana izany, ankoatra ireo lovantsofina sasany izay heverina fa raha halalinina dia ho tsapa sy ho fantatra fa tsy marim-pototra velively ary misy olana ihany koa eo amin'ny lafiny lahatsoratra satria zavatra noforon'ireo mpomba an'i Omayat sy Osman satria izy ireo dia niezaka nampiseho fa i Osman dia olona tsy manan-tsiny, izay dia hita amin'ny filazan'izy ireo azy ao amin'ny tantaran'izy ireo, ary indrindra ny fanomezan'izy ireo lanja fa ny fihetsika rehetra izay nataony dia mifanaraka tamin'ny lalàn'ny Tompo Allah avokoa, ka tamin'izany fotoana izany, niezaka nampisy fifandraisana teo anivon'i Osman sy ireo taranak'Imamo Ali (as) izy ireo, ary nanao izay fampisaraham-bazana teo amin'Imamo sy ireo zanany ihany koa tamin'ny alalan'ny fampielezana tsaho fa Imamo Hassan (as) dia tsy nankato ny fitondran-drainy.

***Fanontaniana n° 114 :***

Matetika Imamo Ali (as) miteny hoe : Hassan sy Houssein (as) izy roa dia zanak'ny Mpaminany (sw) ary i Mohammad al-hanafiat dia zanako, Moa ve fa azo ataony miteny an'i Hassan sy Houssein (as) ary ny zanak'izy roa ireo fa zanaky ny mpaminany na taranany mpaminany , nefa izy ireo dia taranak'ny Mpaminany avy tamin'ilay zanany vavy dia tsy iza izany fa i  Zahra (as) sy Imamo ALI IBNI ABI TWALIB ?

***Valiny :***

➔ Dia hoy aho hoe, mamaly an'izany raharaha izany ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (**sharh Nahjoul Balaghah**) : ny Tompo Allah dia efa niantso azy ho zanaky ny Mpaminany (sw) tao amin'ilay andalana masina izay antsoina hoe : "**Moubahala**" na ilay andalana miantso hifanozona, izay milaza manao hoe : ***"teneno, andao isika hiantso na hitaona ireo zanakay sy ireo zanak'areo",*** ary tamin'izany fotoana izany tsy nisy olon-kafa ankoatra azy roa ireo, ary tonga niaraka tamin'izy roa ireo ny Mpaminany sy niaraka tamin'i Fatwimat (as) sy Ali IBNI ABI TWALIB (as), ary tsy hitsahatra izy niteny hoe:  raha ohatra misy olona iray mamela hafatra ho an'ireo zanaky ny olona iray, dia tafiditra anisan'ireo zanany ireo zanaka avy tamin' ireo zanaka vaviny eo amin'ireo manam-pahaizana, ary ny Tompo Allah dia efa nanao an'i ISSA (as) avy tamin'ny taranak'IBRAHIM (as) araka ny voalazan'ilay andalana masina ao amin'ny Kor'any, ary avy tamin'ny taranak'IBRAHIM (as) i DAOUD, sy i SOULAIMAN, ary i YAHIA (as) sy ISSA (as), ary iaraha-mahalala fa ISSA (as) dia heverina ho zanak'i Nabi IBRAHIM (as) avy amin'ny reny, izany hoe nentin'ny vehivavy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   128    11/01/2021   16:25:49

***Fanontaniana n° 115 :***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo Hassan (as) nanoloana an-drainy ?

***Valiny :***

➔ Nohamafisin'ireo porofo fototra izay azo itokisana fa Imamo Hassan (as) dia nijanona teo akaikin-drainy mandrakariva mandrampahafatin-drainy, niara-nigoka ireo hirifiry izay nafitsok'ireo mponin'Irak tamin-drainy, ary niara- ory tamin'ny fahorian-drainy ihany koa, ary indrindra niara- nizaka izay mavesatra rehetra nianjady taminy, ary izy dia nahita ny propagandy izay nataon'i Mouawyat nanerana an'Irak, ary indrindra ny fividianana ireo loholona mpitarika, tamin'ny alalan'ny fanomezana harena sy toerana azy ireo, izany anefa niteraka fialan'izy ireo tamin'Imamo, ka noho ny akon'izany no nahatonga an'Imamo Ali (as) ny haniry ho faty mba handaozany azy ireo, ary naniry ihany koa izy mba ho faty an'ady noho izany antony izany, rehefa avy teo dia nitomany izy, no sady nandray an'ilay volombavany no sady niteny hoe: oviana vao halefa ilay mafy fo mba nandoko rà ny eto ka hatreto, ary izany rehetra izany dia nihitan'Imamo sy natrefina, ary izay dia niara-niaritra ireo hirifiry sy hakiviana rehetra izay nanjo an-drainy izay vokatr'ireo zava-nisy tamin'izany fotoana izany…

***Fanontaniana n° 116 :***

Inona no hafatra napetrak'Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as) tamin-janany dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as) tamin'ny alina izay nanaovany veloma azy ?

***Valiny :***

➔ Talohan'ny hahafatesany, izy dia namela hafatra tamin-janany dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as), ary nanamafy taminy ny maha Imamo azy ao aoriany izy, ary ilay rahalahiny no Imamo handimby azy ihany koa, izany rehetra izany dia nohamafisin'Imamo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 129 11/01/2021 16:25:49

Ali (as) tamin'ny alalan'ny fampisehoana azy ilay lahatsoratra avy tamin'ilay raibeny izany milaza ny momba izany rehetra izany, ary dia izao manaraka izao ny hafatra izay navelany taminy : "manafatra anao aho ry Hassan ary toraka izany ihany koa manafatra ireo taranako rehetra, ary ireo fianakaviako tsy misy ankanavaka, ary ireo rehetra mahazo an'ity takelaka nosoratako ity, ny amin'ny fatahorana an'ny Tompo Allah ilay tompontsika ary aoka ianareo tsy ho faty raha tsy efa tena nietry tanteraka teo anatrehany, ary aoka ianareo rehetra hifikitra mandrakariva amin'ilay tadiny, ary aoka ianareo tsy hisaratsaraka fa hivondrona ho iray, satria aho dia naheno an'ny Mpaminany (sw) niteny hoe : ***"ny fanitsianao ny tenanao dia manan-danja tokoa noho fanaovana soalat sy saomo amin'ny ankapobeny, aoka ianareo hijery akaiky ny rohim-pihavananareo, ary aoka ianareo hitandrina an'izany, satria ny fitandremanareo izany no hahatonga an'ny Tompo Allah hanamora ny fitsarana anareo amin'ny andro farany, mba hifantako amin'ny Tompo Allah, tandremonareo ireo kamboty, aoka tsy hanampim-bava azy ireo ianareo na hanao teny mahery azy ireo, mba hifantako amin'ny Tompo Allah, aoka ianareo hanaja ny mpifanolo-bodirindrina aminareo, satria izany no hafatra avy tamin'ilay Mpaminaninareo (sw), ary tsy nitsahatra izy nanafatrafatra ny momba izany, ka noho izany no nahatonga anay nieritreritra fa ny mpifanolo-bodirindrina afaka mandova, amin'ny anaran'i Tompo no ifantako, aoka ianareo hifikitra amin'ilay boky masina kor'any, ka aoka ny fanatanterahanareo ny baiko tsy ho latsa-danja noho ny an'ireo olon-kafa, mifanta amin'ny Tompo Allah aho, aoka ianareo hitandrina fatratra ny soalat, satria izy dia fototr'ilay finoanareo, ary tandrovinareo ihany koa ilay tranon'ilay tomponareo, aoka ianareo tsy hameno azy io foana mandrapisianareo, amin'ny anaran'i Tompo no ifantako, aoka ianareo mba hitandrina ny fanaova saomo amin'ny volana Ramadany, satria izy io dia fanavotana ho amin'ny afo be, mifanta ihany koa aho, aoka***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 130 11/01/2021 16:25:49

***ianareo hanatanteraka ny ady masina na amin'ny alalan'ny tenanareo izany na amin'ny alalan'ny harenanareo, aoka ihany koa ianareo hanatanteraka lalandava ny amin'ny famoahana ampahany amin'ireo harenanareo (ZAKAT), satria izany dia manala ny fahatezeran'ilay tomponareo, mifanta ihany koa amin'ny Tompo Allah, tandremonareo ireo mahantra sy ireo fadiranovana, aoka izy ireo hataonareo anisan'ny fiainanareo, ary tandremonareo ihany koa ireo andevovavinareo satria izany no hafatra farany nataon'ilay Iraky ny Tompo Allah".***

Ary aoka ianareo tsy hamela ny fampirisihana ny hafa hanao ny rariny, ary toraka izany ihany koa ny fanakanana ny hafa tsy hanao ny tsy rariny, fa raha izany no tsy ataonareo, dia lasa ireo olon-dratsy no mahazo ny fitondrana, ary rehefa mila fanampiana aminy ianareo dia tsy mba ho valiany velively, ary rehefa avy teo dia nitodika amin'ireo zanany izy, ary hoy izy tamin'izy ireo : "***aoka ianareo hanetry tena, sy hamela ny fisehosehoana amin'ny alalan'ny fitafiana …sns***."

***<u>Fanontaniana n° 117 :</u>***

Moa ve niantso sy nanentana ny amin'ny hanaovana fanekem-pankatoavana (bayat) azy Imamo Hassan (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, tamin'ny toriteny izay nataony taorian'ny nandevenana an'Imamo Ali (as), ary taorian'ny nilazany an'ireo voninahitr'Imamo, dia nivadika tamin'ny firesahana ny momba ny tenany Imamo Hassan (as).

Ka dia niantso ireo olona izy hanao fanekem-pankatoavana azy, ary nefa kosa tamin'ny endrika izay, izay tena tsy ahitana hevitra ny hanohitra azy, dia hoy indrindra izy tamin'izany fotoana izany : ***"izaho dia zanak'i Nabi, ilay mpiantso mankany amin'ny Tompo Allah, sy ilay jiro fanilo, ary izaho dia anisan'ireo fianakaviany izay nesorina amin' ireo fahotana rehetra, ary nodiovina tamin'ny loto rehetra,***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 131 11/01/2021 16:25:49

***izay ny fitiavana sy fankatoavana azy ireo dia nodidian'ny Tompo Allah tamin'ireo mpino vavy sy lahy rehetra"***.

Ary izay rehetra nodiovin'ny Tompo Allah tamin'ny loto rehetra, sy izay nataony adidin'ny tsirairay ny fitiavana azy sy ny fankatoavana azy tamin'ireo olona rehetra dia tokony tsy maintsy manana ireo toetra tsara sy ambony rehetra ihany koa, ary izany no tena mendrika indrindra amin'ny fisoloana tena an'ny Tompo Allah sy mendrika ihany koa hitarika ny vahoaka amin'ireo olona izay manam-boninahitra hafa, ary tsy misy eto ambonin'ny tany velively olona tena be voninahitra indrindra eo anatrehan'ny Tompo Allah mihoatra izany olona izany(Imamo Hassan (as)), ary toraka izany ihany koa ilay rahalahiny dia tsy iza izany fa Imamo Houssein (as).

***<u>Fanontaniana n° 118 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik'ireo vahoakan'ny Koufat taorian'ilay toriteny izay nataon'Imamo Hassan (as), izay niantso azy ireo mba hanao fanekem-pankatoavana ny tenany iny ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Rehefa avy namarana an'ilay lahateny nataony Imamo Hassan (as) dia nitsangana i Abdoullah ibni Abbas, ary misy ny milaza fa i Abdoullah ibni Abbas no nitsangana niantso an'ireo vahoaka hanao fanekem-pankatoavana an'Imamo, ary hoy izy araka an'ilay mpitantara : "***ô ry vahoaka!, indro ilay zanak'ilay Mpaminaninareo, ary nahavoray hafatra izy fa imamonareo, ary aoka ianareo hanao fanekem-pankatoavana azy***", ka dia novalian'ireo vahoaka izany antso masina izany, ary ny rehetra dia nanambara sy naneho ny hafaliany ary indrindra ny fankatoavany sy ny fanarahany an'Imamo, ary hoy indrindra izy ireo hoe : ***"tsy misy olona tena maha te ho tia eo anatrehanay sy adidy ho anay ny mankato azy ary mendrika ny hitondrana ary indrindra ny hanaovanay fanekem-pankatoavana mihoatra azy",*** ary ny olona nitsangana



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 132 11/01/2021 16:25:49

voalohany nanao fanekem-pankatoavana dia tsy iza fa i Qiss ibni Sa'ad ibni Ibadat al-Answari, dia hoy ity farany taminy: "***Ataovy mitsotra ny tananao, mba hanaovako fanekem-pankatoavana anao, amin'ny alalan'ilay bokin'ny Tompo Allah, sy ny fomba amam-panaon'ilay Irany ary amin'ny alalan'ny famonoana an'ireo mpisandoka***", dia nitodika tany aminy Imamo (as) niaraka tamin'ny fangorahana sy fitiavana tanteraka, ary hoy Imamo taminy: "***tena marina fa ny fanaovana fanekem-pankatoavana amin'ny alalan'ilay bokin'ny Tompo Allah sy amin'ny alalan'ny fomba amam-panaon'ilay irany, dia ampy tsy mila ireo hatao fepetra, satria izy roa ireo dia natao ho fanazavana ny zava-drehetra, ary izy roa ireo ihany dia manome baiko ny amin'ny famonoana an'ireo mpaka toerana ankeriny sy ireo mpanao ratsy ary ireo mandatsa-drà, tahaka ny fanomezany baiko amin'ny fanaovana soalat sy saomo ary ny Zakkat ary ireo ankoatra an'izany amin'ireo adidy izay nandidian'i Tompo antsika***".

Ary nirodorodo ireo vahoaka nifandrombaka ny hanao fanekem-pankatoavana azy tamin'izay fotoana izay…

***<u>Fanontaniana n° 119 :</u>***

Hatrany amin'ny tanàn'iza ny fitohizan'ilay fanekem-pankatoavana an'Imamo Hassan (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tapitra nanao fanekem-pankatoavana an'Imamo Hassan (as) avokoa ireo olona tao Koufat, tao Basrat, toraka izany ihany koa ny tany Hijaz, tany Yamani sy tany Fars, ary ireo toerana rehetra izay nanaraka an-drain'Imamo, nanao ihany koa ny fanekem-pankatoavana azy amin'ny anaran-drainy dia tsy iza izany fa Imamo Ali (as).



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 133 11/01/2021 16:25:49

***Fanontaniana n° 120 :***

Oviana no nandray ny fitondra Imamo Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Niombon-kevitra ireo mpiangaly tantara fa Imamo Hassan (as) dia nandray ny fitondrana tamin'ny marainan'ilay andro izay nandevanana an'Imamo Ali (as) rainy iny ihany.

***Fanontaniana n° 121 :***

Nanao ahoana ny fihetsik'i Mouawyat rehefa tonga tany aminy ny vaovaon'ilay fahazoan'Imamo Hassan (as) ny fitondrana iny ?

***Valiny :***

➔ Vao tonga tany amin'i Mouawyat sy ireo mpanaradia azy ny vaovao mahakasika ny fanaovana fanekem-pankatoavana an'Imamo Hassan (as) ary indrindra ny fiakarany eo amin'ny fitondrana, dia niezaka nampiasa ireo fitaovana rehetra teo am-pelan-tanany izy ireo na hery izany na fitaka na hafetsen-dratsy mba hoentina hanimba ny raharahan'Imamo, sy mba hampiteraka korontana eo amin'ny fitondrany.

Araka ny hita ao amin'ilay boky fanazavana ny ***Nahjoul Balagha*** sy ilay boky mitondra ny lohateny hoe : (***Moqatilo Twalibina***), sy ny ankoatra azy roa ireo, tena marina fa i Mouawyat dia nanery olona iray avy amin'ny foko **Homair** mba hakany Koufat ary nanery lehilahy hafa koa avy amin'ny foko **Abdourinah** mba hitsikilo any Basrat, nefa voasambotra izy roa ireo ka dia novonoina…

***Fanontaniana n° 122 :***

Nanao ahoana ny fomba fiasan'i Mouawyat niaraka tamin'Imamo Hassan (as), moa ve mbola ilay fomba fiasa nataony niaraka tamin'i Amiroul Mouminina (as) iny foana sa tsia ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 134 11/01/2021 16:25:49

***Valiny :***

➔ Eto am-piandoahana dia tsara ny mampahafantatra fa niresaka teo amin'ny Mouawyat sy Imamo AL-Hassan (as) dia tamin'ny alalan'ny taratasy , ary izany taratasin'iMouawyat izany dia saika resaka mivilivily sy mitory hafetsifetsena ary fitaka . ary farany fetsy dia fetsy amin'ny paikadiny sy ny firesahany ary tamin'izany dia mody nanatsara sy nandokadoka an'Imamo Hassan (as) sy ny Rainy ary hampahatsiahy ny hatsaran'izy ireo , ary ny manambara ireo zavatra izay nataony tamin'ny finoana islamo , ary dia nanao izay resaka hahatonga ny olona hahatsapa fa tsy misy olona mendrika afa- tsy izy , na dia anisan'ny olona fahavalony , sahala amin'ny hoe tena manao zavatra ho tombontsoan'ny finoana islamo . na dia izany aza dia tsy nahamenatra azy ny manao teny mifanohitra amin'izany tamin'i Amiroul Mouminina, ary dia niteny izy : “ny vahoaka dia nahita fa ny mendrika amin'ny fitondrana dia izay olona tranainy amin'ny finoana sy nahalala an'Andriamanitra sady tia azy , ary manana fahefana amin'ny fitondrana , ka dia nanendry an'i ABA BAKR , izay tsy nahitana ankoatrany tokony ho mendrika amin'ny fitantanana sy hiaro ny finoana Islamo afa- tsy izy . avy eo dia niteny an'ny al Hassan (as) izaho sy ianao sahala amin'ny Rainao sy Abou Bakr, fa raha fantatro ianao no mahafehy izany noho izaho sy mahavita mamaha ny olan'ny vahoaka , ary mahay politika sy mahavita manangona ny vola (mitady vola) sady afaka mamehy ny fahavalo dia nanaiky anao izaho (amin'ny fitondrana) izany dia midika fa izany toetra rehetra izany dia tsy nahitana tamin'ny al Hassan fa aminy . sady tsy hita tamin'ny Rainao ihany koa , tamin'ny andro naneken'ny olona an'i aba bakra . fa noho ny tombontsoan'ny finoana isilamo , sahala amin'ny fanendrena an'i Abi bakra dia tokony ho izaho no mendrika safidina ho mpitarika . ary izany hafetsena izany dia tsy vitan'ny nanao izany tamin'ny vanim-potoanan' ny Amir al mouminina , sady tsy nanao firesaka ohatra izany ihany koa ,

Kanefa tamin'ny vanim-potoanan'i Al Hassan (as) dia niresaka amin'ny fiteny mafy sy mavesatra ary nanantena fa ho azy ny fitondrana , ary



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 135 11/01/2021 16:25:49

ny olona matanjaka dia niteny hoe : tsy mila ,sady tokony hanana fitokisana i Mouawyat tamin'ny fahazahoany ny fitondrana , satria ny fifandraisany dia matanjaka niaraka tamin'ireo mpitondra maro , manazava izany ny sasany amin'ireo taratasin' ny mpiasany , ohatra ny tamin'ny boky Asharh al nahja izay milaza fa (efa tonga taminay ny taratasy ny foko isan-karazany sy ny mpitarika an'izy ireo mangataka ny fandriampahalemana ny tenan'izy ireo ary ny vahoakany , ao koa ny teniny sasany tamin'ny Hassan : tandremo : ny fiarahanao amin'ny olona farany ratsy . ary anisan'ny tamin'ny taratasiny hanambitamby an'Imamo Hassan (as) amin'ny vola mba hanome ny fitondrana azy , sy ny fitondrana any aoriany ary fanelezana vaovao tsy marina ka niteny taminy hoe :tsy manapaka hevitra izahay raha tsy avy aminao na ny teninao ,ka tsy misy na dia iray aza hanohitra anao amin'ny zavatra ampanaovina amin'ny fanarahana an ' Andriamanitra . ary dia hita ihany koa tamin'ny taratasy hafa ho an'ny Imamo AL Hassan (as) : nampanantena ny fitondrana ho azy aoriany , izay niteny hoe : (anao ny fitondrana aoriako satria ianao no olona mendrika aoriako )

Ary mbola misy taratasy ankoatra izany . . . .

***__Fanontaniana n° 123 :__***

Ahoana ny nataon'Imamo AL-Hassan(as) tamin'ny fampitahorana sy fampijaliana nataon'i Mouawyat ibni Abi Soufian?

***__Valiny :__***

➔ Efa nanamafy ireo manampahaizana fa Imamo Hassan (as) dia tsy nanova ny heviny tamin'ny mouawyat sady tsy natahotra ny fampitahorany ary tsy mino ny fampanantenana , sy ny fanambatambazany ary nanoratra taratasy tany aminy milaza fa hoe: efa voaraiko ny taratasinao , nanambara ny teninao , ary tsy namaly ny taratasinao aho , fahatahorako ny fahatezerako aminao (manao teny mahery) ka mangataka amin'andriamanitra izaho mba tsy hanao teny mahery aminao . ka noho izany dia araho ny fahamarinana ary fantatrao izaho fa anisan'ny olon' ny fahamarinana ka ho ahy ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 136 11/01/2021 16:25:49

fahotana raha nanaiky izany aho sady mandainga , veloma).

***Fanontaniana n° 124 :***

Ahoana ny fihetsik'i Mouawyat tamin'ny taratasin'Imamo Hassan (as)mikasika ny fonontaniana taloha teo ?

***Valiny :***

➔ Rehefa tonga tany amin'ny Mouawyat ny taratasin'Imamo Hassan(as) fantany fa hafetsena ka tsy nampiova ny fihetsiny na dia iray aza , ary dia nanoratra tamin'ireo mpiara-miasa aminy tany i sham (Syrie sy falestin sy al ordon ary lobnany) ka hanangona ireo fitaovam-piadiana sy ny miaramila hiomana amin'ny ady . ary dia nivondrona avokoa ireo solontena avy amin'ny toerana samihafa ka dia nizotra nankany Irak.

***Fanontaniana n° 125 :***

Moa ve nijanona tao Koufat Imamo Hassan (as) sa tsia ?

***Valiny :***

➔ Tsia, satria nizotra nankany amin'ny toerana antsoina hoe annahiil, ary dia nitarika tao Koufat Al-Mourirat ibni Awofal ibni Abdoul Moutwalib , ka dia nandidy azy ny hanetsika ny olona , sy handrisika azy ireo amin'ny fivoahana sy fanarahana ny miaramila.

***Fanontaniana n° 126 :***

Inona ny antony nahatonga an'Imamo Hassan(as) nankany Nakhilat ?

***Valiny :***

➔ Nivoaka (as) nankany Nakhilat izy mba hanampy ireo miaramilany, rehefa feno ny miaramilany dia lasa niady tamin'i Mouawyat, ary izany dia notombanan'ny ampahany amin'ireo mpitantara ho nahatratra 40000 isa , ary ny sasany dia milaza fa teo amin'ny 60 000 na mbola maro noho izany

***Fanontaniana n° 127 :***

Iza no mpitarika ny miaramilan' imam Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Obeidoullah ibn Abaas ary nandeha niaraka tamin'ny mpitarika anankiroa izay farany tsara toetra sy vonona ny hiady amin'ny lalan'Andriamanitra (jihad) amin'ireo mpino silamo ary vonona tamin'izany i Qais ibni Sa'ad ibni Ibbada sy Said ibni Qais al Hamadani. ary nanafatra azy izy mba tsy hanapa-kevitra samy irery raha tsy eo izy roa sy tsy maintsy mifampiresaka amin'izy roa amin'ny zavatra rehetra, ary hoy izy taminy : rehefa mifanena amin'ny Mouawyat ianao dia aza miady aminy raha tsy hoe izy no manomboka ny ady voalohany, raha voa ianao dia Qais bin Sa'ad no lasa mpitarika ary raha maty ihany koa dia Said ibni Qais indray no mpitarika ao aoriany.

***Fanontaniana n° 128 :***

Aiza no nidinan'ny (nandehanany) miaramilan'i Mouawyat sy Obaidollah ibni Abbas ?

***Valiny :***

➔ Nandeha i Obeidoullah ibn Abbas niaraka tamin'ireo olona nanapaka ny lalana tany efitra, ka tonga tao Faloujat, avy teo nizotra nankany amin'ny toerana izay antsoina hoe Maskan , ary efa tonga teo amin'io toerana io talohany i Mouawyat, dia nijanona teo akaikiny i Obaidollah ibni Abbas.

***Fanontaniana n° 129 :***

Nanao ahoana ny fifandraisan'Imamo Hassan (as) tamin'ireo miaramilany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 138 11/01/2021 16:25:49

***Valiny :***

➔ Imamo Hassan (as) tamin'izay dia nitovy tamin'ny Rainy, nandritra ny fotoana kely nitantanany, tsy nanome vola an'ireo miaramilany sahala ny nataon'ny Mouawyat tamin'ny miaramilany, tsy nividy ireo mpitarika tamin'ny alalan'ny vola, sady tsy niaraka amin' ireo olona tsy manana ny fahamarinana, fa kosa mila an'ireo olona hiady miaraka aminy hampandresy ny fahamarinana sy ny faniriana amin'ny valisoa na ny tombontsoa , ary tsy nisy nanana finiavana amin'izany afa-tsy ireo izay olona marina sy ireo olona tsy mivadika , ary ny manam-pinoana , izany dia tena vitsy tokoa.

***Fanontaniana n° 130 :***

Moa ve Obeidollah ibni Abbas anisan'ireo olona marina sy tsy nivadika ary manam-pinoana ?

***Valiny :***

➔ Azontsika atao ny mamaly izany fanontaniana izany amin'ny alalan'ny hevitra ankapobeny izay voalazan'ity lovan-tsofina ity :

Araka ny voalaza, i Mouawyat dia efa nandefa ny soavaliny niaraka tamin'ireo miaramilany , tany amin'ny miaramila notarihin'i Obeidollah, ary nanohitra izany ny vahoakan' ny Irak sady niverina niaraka tamin'ny faharesena izy ireo, ary rehefa tonga ny alina dia nandefa taratasy Mouawyat tany amin'ny Obeidollah, izay nilazany hoe : "tena marina fa efa nandefa taratasy mangataka fifanarahana tamiko i Hassan, sy efa nanome ahy ny raharaha izy, ka raha ohatra ianao mankato ahy amin'izao fotoana izao, dia ny harahina no tena mety aminao toy izay ho voatery hanaraka ahy afaka rahampitso, ary aoka ianao hamaly izany antsoko izany izao dia izao, amin'izay omeko Dirham anarivony maro, homeko anao izao dia izao ny antsasany ary rehefa miditra an'i Koufat aho izay vao omeko anao ny antsasany sisa tavela".

Ary niteny ny ankamaroan'ireo manampahaizana fa i Obeidollah dia



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 139 11/01/2021 16:25:50

nitsoaka ny toerany (tsy nisy nahita )ary dia niditra ny miaramilan'i Mouawyat, ka niaraka taminy tamin'izany ireo miaramila nihoatra ny 3000 lahy, avy eo dia nomeny azy ilay vola izay nampanantenainy, rehefa tonga ny maraina taitra ny olona , (tsy hita i Obeidoullah sady nihena ny miaramila) ary niandry an'ny Obeidoullah hampivavaka azy ireo nefa dia tsy nahita azy ka dia nampivavaka azy ireo i Kaiis ibni Sa'ad.

***__Fanontaniana n° 131 :__***

Moa ve ny fihetsiky ny Kaiis ibni Sa'ad nitovy tamin'ny fihetsiky ny Obaidollah ibni Abbas ?

***__Valiny :__***

➔ Tsia , izy dia olona mpanaraka an'Imamo Hassan (as) tokoa, marina sady atokisana ary manam-pinoana… ary dia nanao toriteny i Kaiis taorianan'ny nahafantarany ny vaovaon'i Obeidoullah ka nitantara ny momba azy sady nandratsy azy , ary nandidy ireo miaramilany mba hanam- paharetana sy ny fahavononana (tsy hilefa) , niteny tamin'izy ireo mba hiady na inona na inona no miseho (mitranga) , nanaiky izany izy ireo , avy eo dia nidina ny alitara ka lasa nizotra niady niaraka tamin'i mouawia , nifanena ny miaramilan'izy ireo izay notarihin'i Bisr ibni Artaah , ary dia nandefa vondron'olona tany amin'ny mpanaradia an'i Kaiis, izay nilaza fa hoe : ny mpitarika anareo dia miaraka amin'ny Mouawyat ao amin'ny tranony (trano lay), al Hassan ibn Ali (as)dia efa nanaiky ny fihavanana , fa maninona ianareo no mbola mifamono toy izao?, ary eto dia miteny ny manam-pahaizana : fa i Kaiis dia niteny tamin'ny vahoakan' irak, misafidia amin'ny zavatra roa ireto ianareo, na hiady tsy hisy an'ny al imam (mpitarika) sa manaiky ny fitondran' ny fahaverezana (mouawia) , ary dia niteny izy rehetra hoe : hiady izahay na dia tsy misy Imamo (mpitarika) , ka nanatona azy ireo ary nifandona ny tafika anankiroa izay tamin'ny fifandonana lehibe na goavana , ary ny niafaran'izany dia ny fandresen'i kais bin saad , ary dia niverina i Bisr bin artaah



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 140 11/01/2021 16:25:50

sy izay niaraka taminy any amin'ny toerana nisy azy , amin'ny faharesena sy fahatezerana ary hakiviana .

***Fanontanaina n° 132 :***

Nanao ahoana ny fiantraikan'ny fihetsikin'i Obeidollah ibni Abbas tamin'ireo miaramila ? ary indrindra tamin'Imamo Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Eny, ny fihetsiky ny Obeidoullah dia anisan'ny nahatonga ny fizarazaran'ny (fiparitahany) miaramilan' Imamo (as) sy tsy nampazoto azy ireo, ary nahatonga ny fialana sy ny famitahana ary ny filefasana, ary ny fialan'ny andian'olona tsirairay , ary nanararaotra an' izany izay kely saina sy marary saina (tsy manampinona) , satria Obeidoullah dia zanaky ny dadatoany , tokony ho voalohany hanampy sy hiady noho ny anton'Imamo,ary taloha tany izy dia niteny hoe :

***Raha ny namanao na ny havanao nihataka anao - dia tsy zavatra mahagaga ny lavitra anao raha manao an'izany ihany koa*.**

Niteraka alahelo sy hakiviana lehibe ho an'Imamo ny fialan'i Obeidoullah tamin'ireo miaramilany, satria izy namoha varavarana hoan'ny sasany, no sady nanarona ny famadihan'ireo rehetra izay nikasa ny hamadika amin'ireo vahoakan'Irak, ary nanome vahana an'ireo mpanaradia an'i Mouawyat tamin'ny fanaparitahana sy ny fampitahorana ary ny fisarihany azy ireo ny hiaraka aminy, ary tsy nanao zavatra raha tsy ny tombontsoan'i Mouawyat , ary dia nihataka taminy na dia ireo tanankavanany izay niaraka tamin'ny Amiroul Mouminina (as) tamin'ny adin'ny Swifin, sy tamin'ny toeran-kafa.

***Fanontaniana n° 133 :***

Taorian'ny fizarazaran'ny miaramilan'Imamo Hassan (as) dia afaka naka ny fahefana ankery i Mouawya , fa maninona no nangataka ny hanao fihavanana (fifampiraharahana) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 141 11/01/2021 16:25:50

**_Valiny :_**

➔ Ny fangalan'i Mouawyat ny fitondrana amin'ny alalan'ny herisetra (amin'ny ady) dia tsy hahatonga an'ilay fitondrany ho ara-dalana, nefa ny hahatonga izany no ara-dalana eo imason'ny olona no katsahiny mandrakariva, ary izany dia mbola ampian'ny fahalemena izay efa miseho eo amin'ny fitondrany, izay heverina ho loza mananotanona izany fitondrany izany, izay hahatonga azy ho latsaka ankaterena, ary izany mety ho tanteraka raha ohatra ka maratra na maty ny iray amin'Imamo Hassan sy Imamo  Houssein (as) ao anatin'ny ady izay mety hataony, nefa izy roa ireo dia lehiben'ny tanoran'ny paradisa, no sady zanaka andriamason'ilay Iraka masina (sw), ary indrindra zava-boahary tsara indrindra eo anatrehany, araka ny voalazan'ireo lahatsoratra izay malaza eo anivon'ireo vahoaka, izay tsy misy tsy halala azy amin'ireo mpino islamo

**_Fanontaniana n° 134 :_**

Imamo Hassan (as) dia efa nisy nikasa hamono ka tsy tanteraka izany fa naratra fotsiny izy , ka moa ve isika afaka mahafantatra hoe iza no olona nanantanteraka izany amin'ny ankapobeny , ary iza ihany koa ny olona tena nanatanteraka izany ?

**_Valiny :_**

➔ Ny fikasana saika hamono Imamo (as) dia ireo vahoakan' ny Irak, mba handraisan'ny Mouawyat ny fitondrana ka amin'izay dia mora aminy ny mandray ny fitondrana tsy misy ady , raha tsy tanteraka ny fampihavanana , ny tianay hambara amin'izany fikasana ny hamono an' imam al Hassan (as) dia paikadin'i Mouawia , izany dia anisan'ny paikadiny amin'izay tsy tonga amin'ny fifandonana ary tsy hoe izy no nahatonga ny fahafatesany sy ny famonoana an' ireo fianakaviany sy ireo mpanaradia azy , anatrehan' ireo mpino silamo izay tsy hamela azy hanatanteraka izany sy tsy hamela azy mandrakizay . Ary ny nanatanteraka izany fikasana ny hamono izany dia jaarh bin sinan , izay novonoin'ny mpanaradia an'i al imam al Hassan (as)



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   142
11/01/2021   16:25:50

***Fanontaniana n° 135 :***

Fa maninona Imamo (as) nanaiky ny fifanarahana (solho) , ary tsy nandeha niady tamin'i Mouawyat ?

***Valiny :***

➔ Raha ohatra Imamo Hassan (as) ka nivoaka niaraka tamin'ireo vondrona kely avy amin'ireo rahalahiny sy ireo fianakaviany ary ireo mpanaradia mahafatra-po azy, hiady amin'i Mouawyat nefa ireo miaramilany efa niparitaka no sady namela azy noho ny vokatran'ny fitapitaka nataon'i Mouawyat, sy ireo fakam-panahy izay nataony ka nahatonga ny afo nirehitra dia mazava ho azy fa tsy azo ihodivirana fa tena nifarana ny momba an'Imamo, na koa hofaty mihitsy aza raha nanao izany, ary mety ireo vahoakan'Irak ihany aza no mety ho namono azy; ary Imamo Hassan (as) tsy hiady velively raha tsy miaraka amin'ireo rahalahiny sy ireo mpanaradia azy akaiky.

***fanontaniana n° 136 :***

Hitantsika tamin'izany fa Imamo Hassan (as) dia natahotra ny tenany ho faty izy sy ireo fianakaviany ary ireo mpanaradia azy , nefa raha niady izy ireo dia maty Shahid (maty amin'ny lalan'Andriamanitra) ary dia ho lasa tantara sy fahafahambaraka ho an' i Mouawyat izany, moa ve tsy izany sa ahoana ny fanazavanareo azy ?

***Valiny :***

➔ Raha dinihintsika ny taratasin'i Mouawyat tamin'ny farany izay nalefany tamin'Imamo Hassan (as) , izay naparitany tamin'ny vahoakan'ny Irak izany , fa izy tsy tokony handray fanapahan-kevitra raha tsy avy amin'ny hevitr'Imamo Hassan (as) ary tsy tokony hanohitra na inona na inona amin'ireo zavatra izay mandrisika amin'ny asan'Andriamanitra sy ny mpaminany , ary namela an'Imamo hanome hevitra araka izay tiany amin'ny fitantanana izy , izany



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 143 11/01/2021 16:25:50

rehetra izany dia abaribarin'ny taratasin'i Mouawyat, tamin'io fomba firesany io, dia mety nanaiky (nanaraka) izany ny ankamaroan'ireo mpino silamo.

ary raha niroso tamin'ny ady al Imamo Hassan (as) ary maty izy sy ireo mpanaradia azy dia nitsangana ibn Hind sy ibn Nabighat -Amr ibni A'as- teo ambonin'ny (mim-bar)alitaran' ny mpino silamo manerana ny tanàna, ka niteny izy roa ireo tamin'ny vahoaka, fa efa nanome soso-kevitra amin'ny hanaovana fifanarahana tamin'Imamo Hassan (as) izahay fa raha ny tena marina izy dia Khalifat na mpitarika , ary i Mouawyat no mpanatanteraka , ary izahay tsy afaka manapa-kevitra raha tsy mahazo alalana aminy, ary tsy hanohitra azy izahay amin'ny zavatra mahafaly an'Andriamanitra , ary ho azy ny fitondrana any aoriana ka tsy hisy na dia iray hanala azy amin'izany , ary ity ny taratasy ho azy manambara an'izany , ka nefa izy dia nanda ka tsy mila afa-tsy ny hiady sy ny hifandatsan-dra , ary raha nanao izany i mouawia dia ny ankamaroan'ny mpino silamo dia nanaraka azy , ka nidera (na nanaiky ) ny teniny , mihevitra fa Imamo (as) no tompon'andraikitra amin'ny izay zavatra rehetra mitranga , tsy misy fisalasalana fa Imamo Aba Mouhammad Al-Hassan (as) dia nahatsapa izany zavatra rehetra mety hitranga amin'ny firosoana amin'ny ady sy ny firosoana amin'ny fihavanana , na koa amin'ny voka-tsoa sy ny voka-dratsiny , ary manaraka izany nahatsapa fa ny famelany ny fitondrana noho ny fiantraikany amin'ny zava-dratsy no tsara noho ny tombontsoan'ireo mpino silamo , ary mety ho fahavoazana kely sy zava-dratsy noho ny miroso amin'ny ady , amin'ireto miaramila izay efa niparitaka tamin'izy ireo ny fivadihana (fikorontanana) teo amin'ireo miaramila rehetra . ary ny famelany ny fitondrana dia tena fahaizany sy hakingan-tsaina sady politika tsara (hafetsena) sahala ny tamin'ny Rainy Amiroul Mouminina taloha izay nekena amin'ny fitsarany izay tokony ho mendrika ho azy na dia taorian' ny zavatra sy ny filesidoro , ary manaraka izany raha ohatra ka nandroso niaraka tamin'ireo mpanaradia azy tamin'ny ady niaraka tamin'ireo vondron'olona vitsivitsy dia lasa ohatra ireo alawiin

(ireo taranaka avy amin'Imamo Ali (as))izay nandalo olana samihafa nandritra ny vanim-potoanan'ny Islamo nanentana ny olona amin'ny fanarenana ary niantso azy amin'ny fanatanterahana izany, ary avy eo dia resy izy ireo ary tsy hita taratra raha tsy ny anarany ihany sisa na dia amin'ny boky tantara.

***<u>Fanontaniana n° 137 :</u>***

Taiza no natao ny fifanarahana izany nisy teo amin'Imamo Hassan (as) sy Mouawyat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Misy tsy fitovian-kevitra ny mahakasika ny toerana izay nanaovana ny fifanarahana teo amin'Imamo(as) sy teo amin'i Mouawyat, nisy nilaza fa tao amin'ny toerana antsoina hoe : (Maskan), satria tamin'io toerana io no nifanenan'i Mouawyat sy ireo miaramila mpialoha-lalana tamin' ireo miaramilan'Imamo Hassan (as).

Nisy nilaza ihany koa fa izany dia tamin'ny toerana antsoina hoe Azrouh amin'ny sisintanin'ny Syrie. Ary ny sasany nilaza fa tao Azrah, toerana iray izay ao anatin'ny sisin-tanin'i Syrie , misy ihany koa ny nilaza fa tany Koufat no natao ilay izy ary nisy nilaza fa tany amin'ilay Baytoul Mouqadas no natao, ary mbola nisy nilaza koa ankoatra izany, ka tsy manalavitra izany fa ny tenin'ny besinimaro, ny nanaovana ny fifanarahana dia tany *Madaino*, ary nanomboka ny fanatanterahana izany taorian'ny fiverenen'Imamo (as) tany Koufa, araka voalazan'ny lovan-tsofina sasantsasany.

***<u>Fanontaniana n° 138 :</u>***

Efa nifanaraka ny manam-pahaizana fa Hassan IBNI Ali (as) dia niala tamin'ny fitondrana ka nomeny an'ny Mouawyat ibni Hindo , izany hoe natakalony ireo fepetra ireo sy fifanarahana ny fitondrana , moa ve afaka fantarintsika izany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 145 11/01/2021 16:25:50

**Valiny :**

➔ Ireto manaraka ireto no fepetra anisan'ny nangatahin'Imamo Hassan (as) araka voalazan'ireo lovan-tsofina dia :

***1- Ny fampiasan'ny Mouawyat ny bokin'Andriamanitra sy ny Sounnat na fomba amam-panaon'ny mpaminaniny ary ny zavatra izay nataon'ireo khalifa Asoalihina (mpitarika).***

***2- i Mouawyat dia tsy afaka manendry olona amin'ny fitondrana aoriany fa tokony haka ny hevitr'ireo mpino silamo ,ary voalaza fa ny mpitondra ao aorian'i mouawia dia al Hassan (as) ka raha nisy zavatra nitranga tamin'Imamo Hassan (as) talohan'ny Mouawyat , dia omena an'i Hassan (as) ny fitondrana aorian'ny Mouawyat.***

***3- Ny olona rehatra dia tokony hiaina ao anatin'ny fandriampahalemana na aiza na aiza misy azy ireo amin'ny tanin'Andriamanitra izany hoe ao (cham , irak , hijaz , Yamani).***

***4- Ireo mpanaradia an'Imamo Ali (as) dia tokony hanana fandriampahalemana amin'ny tenin'izy ireo sy ny volan'izy ireo, ary indrindra ny vady aman-janan'izy ireo.***

***5- i Mouawyat dia tsy mahazo manao zava-dratsy hiteraka fahavoazana ho an'Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as) na koa iray amin'ireo fianakaviany, na mivantana izany na ankiafina, na zavatra hiteraka horohoro ho azy ireo fotsiny aza dia tsy azony atao.***

***6- Ary tsy azo atao ny miantso an'i mouawia hoe amir al mouminina (mpitarika ny mpino silamo).***

***7- Tsy mahazo miantso ny tenany ho mpitarika an'ireo mpino islamo (Amiroul mouminina) i Mouawyat.***

***8- Ary izy ihany koa dia tsy tokony hitsara (tsy mahazo mitsara ).***

***9- Tsy maintsy manome vola ireo zaza kambotin'ireo izay maty***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 146 11/01/2021 16:25:50

***noho ny ady natao niaraka tamin'i Amiroul Mouminina (as) indrindra fa tamin'ny adin'ny Jamal sy Swifiny mitentina 1000000 dirham***

***10- Afaka maka izay rehetra ao amin'ny tahirin'ireo mpino islamo ( Bayatoul maly) ao Koufat Imamo Hassan (as), ary isan-taona i Mouawyat dia tsy maintsy mandoa vola mitentina 100 000 Dirham amin'Imamo ihany koa.***

***<u>Fanontaniana n° 139 :</u>***

Inona tamin'ireo fepetra ireo no farany tena zava-dehibe tamin' Imamo Hassan (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny tena zava-dehibe aminy indrindra dia ny fahefatra , izany hoe ny mpanaradia an'Imamo Ali (as) dia miaina ao anatin'ny fandriampahalemana tanteraka amin'ny tenan'izy ireo sy ny volan'izy ireo, ary ny vady aman-janan'izy ireo , satria Imamo Hassan (as) dia mahalala izay miafina ao ampon'i Mouawyat amin'ny fialonana sy ny lonilony lehibe izay ananany amin'ireo fianakavian'ny mpaminany (as) sy ireo mpanaradia azy , satria izy dia tsy maintsy mamalifaty amin'izy ireo raha mahazo hirika .

***<u>Fanontaniana n° 140 :</u>***

Efa nolazaina tamin'ny fifanarahana fa Imamo Hassan (as) dia efa namepetra an'i Mouawyat fa haka ny vola rehetra tao amin'ny tahirin' ny mpino silamo tao Koufat , ary ny lovan-tsofina sasany dia milaza fa tao amin'ny tahirim-bola dia nahitana vola nitentina eo amin'ny 5000000 dirham eo ho eo , ary i Mouawyat dia mbola tokony handoa aminy 100000 dirham isa taona ihany koa , izany ve tsy midika fa Imamo Hassan (as) dia sahala ny nivarotra sady natakalony vola ny fitondrana ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 147 11/01/2021 16:25:50

***Valiny :***

➔ Tsia , tsy midika toy izany , raha marina io fepetra io, na dia nolazaintsika aza io dia noho ny antony isika tsy maintsy mitanisa izay rehetra voalazan'ireo lovan-tsofina, na azo itokisana izany na tsy marim-pototra, ary hamafisina fa ilay lovan-tsofina milaza an'io fepetra io dia tsy marim-pototra (mifono lainga), ary raha nataontsika hoe marina izany fa hoe Imamo dia nametra ilay fepetra mahakasika tahirim-bola tao Koufat , izany no nataony dia noho ny fanavotany izany tsy ho lasan'ny mpanararaotra, sady mba hahafahany mizara izany amin'ireo kamboty sy ireo mahantran' ny mpino silamo tao koufat ary tany an-tany hafa, sahala amin'ny fanomezany ny ankamaroan'ny volany amin'ny fanomezana tahaka izany, ary voalaza fa izy dia nizara telo ny volany ary ny ampahany voalohany dia nozarainy tamin'izy ireo ary tamin'ny manaraka dia nomeny indray mandeha ny ampahany anankiroa.

Ary raha tavela tamin'ny Mouawyat ny vola dia hozarainy amin'ireo olon-dratsy sy mpanao ratsy sy ireo namany izay nivarotra ny finony sahala amin' ibni A'as sy Ash'ans ibni Qis ary i Mougirah ary izay rehetra ankoatra azy ireo amin'ireo Answar sy ireo mpanaraka ireo mpanao ratsy eto an-tany.

***Fanontaniana n° 141 :***

ity zanako ity no ho mpitarika, amin'ny alalany no hampisian'ny Tompo Allah fifanarahana eo amin'ny vondrona roa eo amin'ny mpino islamo, io teny io dia anisa'ny teny voaray avy tamin'ny Mpaminany (sw) izay tena niparitaka teo anivon'ny besinimaro, niteny mahakasika an'ilay zafiny dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as) izy io… ary dia nahitana resaka momba ny fahavoazan'i ibn Hajar izay tahaka izao manaraka izao ny endrik'izany izay avy tamin'i Abi Bakr izay nilaza toy izao : hitako ny Mpaminany (sw) teo ambonin'ny alitara ary i Hassan IBNI Ali(as) eo anilany ary izy miteny sady mifandimbindimby mijery an'ireo olona, no sady mijery azy ary niteny hoe : *"ity zanako ity dia ho mpitarika, ary mety ho amin'ny alalany no hahatonga an'Andriamanitra hampisy*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 148 11/01/2021 16:25:50

*fifanarahana eo amin'ny vondron'olona roa lehibe eo amin'ireo mpino islamo" .*

ary araka ny voalaza ao amin'ny Boukhari sy Mousnad Ahmad avy tamin'i Abi Bakr izay nitenen'ity farany hoe : *"indray andro ny Mpaminany (sw) dia nampivavaka ireo olona, ka tamin'izay i Hassan IBNI Ali(as) niakatra ao an-damosiny rehefa miankohoka izy ary zavatra fataony matetika izany", dia niteny taminy ireo vahoaka hoe : "ô ry Mpaminany izahay dia tsy mbola nahita anao nanao toy izao amin'olona mihitsy", dia hoy i Abou Bakr hoe : "niteny zavatra ny Mpaminany avy eo niteny hoe : ity zanako ity dia mpitarika , amin'ny alalany no hanaovan'Andriamanitra fifanarahana eo amin'ireo vondron'olona roa lehibe avy amin'ny finoana islamo.*

ka inona no azonareo ambara momba an'io hadith io, moa ve izy io marim-pototra sa tsia ?

***Valiny :***

➔ Raha fakafakantsika sy lalinintsika ny tenin'ireo lovan-tsofina ireo dia hitantsika fa olona anankiray no fototra niavian'izany tsy iza fa i Abou Bakr ary izy dia rahalahin'i Zyad ibni Oubaid ka ny renin'izy roa dia Samyat , ka izaho dia tsy manana fisalasalana fa io lovan-tsofina io dia anisan'ireo lainga , izay nalain'i Abou Bakr na koa noforoniny dia avy eo nolazainy sy hanamarinany fa hoe i mouawia dia anisan'ireo mpino silamo fa tsy avy amin'ireo mpanao ratsy , ary taorian' ny nanambaran'ny Ko'rany an'izany dia mbola nanamafy izany koa ny lovan-tsofina izay notenenin'ny mpaminany tamin'ny lovan-tsofina izay nambaran'i ammaar izay anisan'ny nanana hadith maro tamin'ny mpaminany , ary izany hadith izany_dia efa fantatry ny olona rehetra.

Izany dia araka ny teny hoe : i Ammaar dia hamono azy ny vondron'olona ratsy ,ka nitaintaina noho izany i Mouawyat ibni Hindo , taorian' ny nahafaty an'i Ammaar , ary ny miaramilan'i Mouawyat dia lasa nanohitra azy , ka raha tsy ibni Nabighat ,izay afaka nanova ny miaramila hiverina



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 149 11/01/2021 16:25:50

miaraka amin'i Mouawyat , fa hoe izay namono an'i Ammar dia izay olona nitondra azy tany amin'ny ady ary nitohy izany ny toetran' ny olondratsy izay voalazan'ny Kor'any sy ny Mpaminany mampitaintaina azy ka dia Abou Bakr ibni Haris ibni Kildat rahalahin'i Zyad tamin'i Samyat ka dia noforoniny ho azy ity hadith ity , mba hanambarana fa izy sy ny mpiaradia aminy dia iraka amin'ireo vondron'olona anankiroa fa tsy avy amin'ireo mpanao ratsy.

***Fanontaniana n° 142 :***

> Inona no porofonareo fa io lovantsofina (hadith ) voalaza teo aloha io dia anisan'ny lainga izay nampidirina mba ho entina hanala an'ilay henatra sy fahafahambaraka izay niraikitampisaka tamin'i Mouwayat mandrapahatapitr'izao tontolo izao ?

***Valiny :***

➔ Anisan'ny manambara izany fa hoe lainga io lovantsofina voalaza io dia tsy tamin'ny Mpaminany (sw) raha tsy Abi Bakr, izay milaza fa nahita an'i Hassan teo anilan'ny dadabeny teo ambonin'ny alitara (mimbar) mijery azy ary mijery ireo mpino silamo avy eo , dia niteny hoe : ity zanako ity dia ho mpitarika , ka ho ataon'Andriamanitra hivoaka aminy vondron'olona anankiroa amin'ny mpino silamo , ary sahala amin'izany koa ny nahitany azy teo anilany alitara , noho izany dia tokony hahita azy sy naheno ny ankamaroan'ireo izay tonga teo ambanin'ny alitara , fa maninona no izy irery ihany no nahita io lovantsofina io , ary ny lovantsofina faharoa izay nilaza fa niakatra teo an-damosiny rehefa niankohoka izy , ary koa nanontanian'ireo mpino silamo ka namaly azy ireo hoe :izy dia mpitarika ary ho avoakan'Andriamanitra avy aminy ,

Tena marina fa tokony haheno an'izany farafaharatsiny ireo mpivavaka mba hanamarina izany lovantsofina izany ary ihany koa fa io lovantsofina io dia tsy nisy nilaza azy ankoatrany , ary manaraka izany dia i Aba bakr dia niala an'i Ali (as) sy ny fianakaviany ary tsy nandray anjara niaraka taminy tamin'ny ady ary dia nahita an'ny mpaminany (sw) rehefa



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 150 11/01/2021 16:25:50

nivoaka i Twalha sy Zoubair ary Aîsha tamin’ny Amiroul Mouminina, voalazan’ny hadith hoe ho avy ao aoriako fitna (fihatsarambelatsihy_ ny fijanonana tsara noho ny fandehanana amin’izany ny olona mijanona tsy miraharaha azy)

Ary hita fa ny ady izay nitranga tany albasra sy souafin dia efa niantso ny fialana amin’izany ny mpaminany satria misy tsy mazava izay tsy misy tombontsoa ho an’ireo mpino silamo , ary mbola azo anamafisana izany dia ireo izay nahita ny hadith tamin’i Abi Bakr ka nilaza fa ny mpaminany dia niteny izany tamin’i Hassan (as) ary izy tamin’izany dia mbola manodidina ny fahatelo taonany , tamin’izy nandeha niakatra tao ambonin’ny lamosin’ny mpaminany , izay mivavaka teo ambonin’ny alitara (mimbar) ka mitory teny amin’ireo mpino silamo , ary Abou Bakr Nafign ibni Haris ibni Kildat tamin’izany fotoana izany dia mbola mpanompo sampy tao Tayfat .

hita tao amin’ny boky tahzibo al tahziib ny ibni hajara fa i Aba Bakr dia rahalahin’i zaiid avy amin’ny mamany samiia .ny mamany dia al haaris bin kalda ary niteny hoe : nantsoiny hoe Abou Bakr satria izy dia fiafenana amin’ny fanavotany ny tenany tamin’ny taona faharoan’ ny fifindra- moniny taorian’ny fisokafan’ny lalana tany al Maak , ary maty i Abou Bakr tamin’ny ady ny Honeini , ary i Hassan (as) tamin’izany dia dimy taona.

anisan’ny manambara fa io hadith io dia lainga satria i Mouawyat dia mamerimberina azy taorian’ny taonan’ny Jamaat .

Faly be mihitsy teo anatrehan’ny olona

Ary hita tao amin’ny boky Mourouj al zahabi an’i Mas’oud niteny hoe : rehefa nifanaraka tamin’Imamo Hassan (as) i Mouawyat, dia nidera Mouawyat (allah akbar) ary nidera ihany koa ny olona tao amin’ny Masjid noho ny fideran’ny vahoakany Hadrah ary dia nivoaka i Fakhtat binti Qordwat amin’ny fahatahorana azy ka dia niteny hoe : hamalifaly anao Andriamanitra ry Amiroul Mouminina fa inona no nitranga taminao ,ary dia niteny hoe tonga Tamiko ilay mpilaza vaovao mahafaly , fa



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 151 11/01/2021 16:25:51

nanaiky ny fifandaminana Hassan sy ny fanekeny ahy , ary dia tadidiko ny tenin'ny mpaminany fa hoe ity zanako ity dia mpitarika ny vahoakan' ny paradisa .ataon'Andriamanitra avy aminy ny vondron'olona anankiroa lehibe amin'ireo mpino silamo , ka isaorako Andriamanitra nanao ny ekipako iraika amin'ireo vondron'olona mpino silamo anakiroa.

Ary niteny hoe : allah akbar sady faly be satria ny hadith dia manambara ny ekipany anisan' ny mpino silamo ka noho izany ny hadith izay notenenin'i aammar izay nanambara izany ny ankamaroan'ny mpanaradia ny mpaminany ,manambara fa ny ekipany dia anisan'ireo mpanao ratsy izay tokony hovonoina mandra-piverenan'izy ireo amin'ny didin'Andriamanitra .

***<u>Fanontaniana n° 143 :</u>***

Taiza no tanteraka ny fanolorana ny fitondrana an'i Mouawyat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Nanambara ireo sasany tamin'ireo manampahaizana fa ny fanolorana sy ny fanatanterahana ny fanomezana ny fitondrana an'i Mouawyat ibni Soufian dia natao tao Nakhiliat tsy lavitra any Koufat, ary nivorivory tamin'izany toerana izany vahoaka maro be avy any Irak sy any Syrie.

***<u>Fanontaniana n° 144 :</u>***

Moa ve nanaja an'ireo fepetra izay efa nasiantsika teny tany oloha izay napetrak'Imamo Hassan (as) i Mouawyat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tsy nanaraka ny fepetra nifanarahana na dia iray aza fa ny zavatra nataony voalohany dia niteny zava-dratsy tamin'i Amiroul Mouminina (as) teo anatrehan'Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as) ary niteny ratsy ihany koa tamin'Imamo Hassan (as) ary avy eo dia nanomboka namono ireo mpanaradia an'imam (as) ohatra an'i Hajar ibni Adii sy ny ankoatra azy . . .

Ary araka ny voalazan'ny Abi Issac fa i Mouawyat dia niteny hoe : moa ve tsy efa nomeko an'Imamo Hassan IBNI Ali (as) ny zava-drehetra tsy ho raharahiako ary tsy hanaraka izany aminy aho , ary mbola manamafy an'izany ny voalazan'i A'amash hoe : "***mba inianako amin'ny Tompo Allah fa izaho dia tsy mamono anareo noho ny fandidiana anareo hanao fifadiankanina sy hanao fanompoam-pivavahana, na ihany koa handidy anareo hanao fivahiniana masina, sy hanao fanomezana Zakat, satria izany rehetra izany dia efa ataonareo, fa kosa izaho mamono anareo, mba hahatonga ahy ho mpitarika anareo, ary ny Tompo Allah efa nanome ahy izany, nefa ianareo tena mankahala izany***".

***Fanontaniana n° 145 :***

Inona no atao hoe taonan'ny fivondronana ( AMOU AL-JAMA'AT)?

***Valiny :***

➔ Amou Al-jama'at dia taonan' ny fihavanana na fifanekena, ka dia nantsoin'ireo olona amin'izany izy io…

Ary niteny i dokotera Ahmad Mahmoud Sabhi tao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe Nazariatoul Imamat eo amin'ireo Shia mpanaraka ireo Imamo roambinifolo : ity fomba fijery ity dia tsy heverina anisan'ny miresaka politika amin'ny ankapobeny, fa kosa miresaka ny lafiny ara-pinoana ary tamin'izay ireo mpino silamo dia nitambatra (nivondrona) mandrapahatonga izany taona izany , ka dia nanomboka ny fizarazarana taorian'ny taonan'ny fifanekena, izay nantsoin'izy ireo ho eo Amou Al-Jama'at, ka noho izany dia nambaran'ny Jahzou tamin'ny teniny hoe : Amou al firaq (vanim-potoanan' ny fisarasarahana) sy ny famonoana sy ny didy jadona ary fanindritsindriana ary izy no taona izay nahatonga ny Imamat ho lasa fananam-pianakaviana, toy ny Kaisara, ary lasa nalaina ankery ilay fitondrana tahaka ny fataon'ireo taranaky ny Kaisara.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 153 11/01/2021 16:25:51

***Fanontaniana n° 146 :***

Inona no nitranga taorian'ny fifampihavanana (solho), ary moa ve mbola nijanona tao Koufat Imamo Hassan (as) sa tsia ?

***Valiny :***

➔ Taorian'ny fifanarahana dia mbola nijanona tao Koufat andro vitsivitsy Imamo Hassan (as), nahatsiaro nangotsoka sy ketraka izy teo ampahitana ireo mpanaradia azy izay tena tafalatsaka tao anatin'ny hirifiry sy hakiviana tanteraka, ka namporisika azy ireo mba hiala amin'izany toe-javatra izany izy tamin'ny alalan'ny fifampirasehana tamin'izy ireo, ary izany rehetra izany dia natrefin'Imamo tamin'ny alalan'ny ampahatsorana sy ampiaretana, ary niezaka izy nandresy lahatra azy ireo, no sady nanala tamin'izy ireo ny filana fanoherana tamin'ireo raharaha nandalo izay nahatonga ny fanaovana ny fifanarahana tsy maintsy natao, izay tsy mba namela an'izy ireo ho nanan-tsafidy ny amin'izany, ary nefa izany tsy mba nahita vokatsoa, ary fotoana kely taorian'izay dia tonga ny fotoana izay hiverenany makany amin'ilay tanànan'ilay raibeny (Madinat) niaraka amin'ireo rahalahiny sy ireo fianakaviany.

Ary maro tokoa ireo mpahay tantara no nanamafy fa Imamo tsy nijanona ela be tao Koufat taorian'ny fanaovana an'ilay fifanarahana raha tsy andro vitsivitsy monja, ary rehefa avy teo dia nivoaka tao izy, ka navelany tao ireo mpanaradia azy sy ireo mpitia azy, no sady natombony roa avoheny ny fifandraisany amin'ireo mpanaradia sy mpomba azy tao Madinat sy nanerana an'i Hijaz.

***Fanontaniana n° 147 :***

Nanao ahoana ny fihetsik'ireo Shia na ireo mpanaradian'Imamo nanoloana ny fampihavanana izay nisy teo amin'Imamo Hassan (as) sy i Mouawyat ?

***Valiny :***

➔ ImamoHASSAN (as) dia tratran'ny fanoherana lehibe tamin'ireo mpanaradia azy sy ireo namany izay tsy nanana ny faharetany tamin'ny haratsian'i Mouawyat nefa kosa ny ankamaroan'izy ireo dia nahatsapa ny olana goavana izay nahatonga azy nanalavitra ny fifamonoana sy nihataka tamin'ny raharahan'ny fitantanana.

***Fanontaniana n° 148 :***

Moa ve i Mouawyat nametraka fepetra tamin'Imamo Hassan (as) mba handao an'i Koufat ka tsy maintsy miverina makany Madinat, satria ny fijanonany ao dia mety mahatonga ireo vahoakan'i Koufat mbola hifikitra aminy, ary manaraka an'izay hivadika hanohitra azy, sa noho ny sitrapony no nandaozany an'i Koufat, amin'izay izy lavitra an'ireo vahoaka izay nandao azy sy ny rainy, ary indrindra napiditra fahavoazana sy fijaliana maro samy hafa tamin'izy ireo, ao anatin'ny androm-piainany izay tavela ?

***Valiny :***

➔ Isika dia tsy manana loharano fototra izay manambara fa i Mouawyat dia nandidy azy ny hiala tao Irak , fa ny azo ambara angamba dia niala tao izy araka ny safidiny , amin'izay mba holavitra an'ireo raharaha politika sy ireo olany , ary izaho dia tsy mino hoe Mouawyat dia hamela an'Imamo Hassan (as) hipetraka ao i Koufat na dia maniry izany izy .

***Fanontaniana n° 149 :***

Nanao ahoana ny fihetsikin'ireo vahoakan'i Koufat rehefa nahafantatra fa Imamo Hassan (as) sy ireo fianakaviany dia tapakevitra ny handao an'i Koufat ?

***Valiny :***

➔ Rehefa fantatry ny vahoakan'i Koufat ny fanapahan-kevitr'Imamo Hassan (as) hivoaka an'i Koufat dia nivoaka izy ireo mba hanao



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 155 11/01/2021 16:25:51

veloma azy sy ireo fianakaviany, anisan'ny nampitomany ny sasany amin'ireo lehilahy amam-behivavy dia ny fandinihana ny hoavin'izy ireo ary indrindra ny fahitan'izy ireo fa tena maizina tokoa ny lalana hizoran'izy ireo ao anatin'ilay vanim-potoana vaovao izay hiainan'izy ireo, ary dia lasa tanàna tsy mahaleo tena intsony ny tanànan'izy ireo fa lasa teo ambany fahefan'ny tanànan'i Damaskosy, nefa taloha dia renivohitra izany mamoaka ny lalàna rehetra ary mitsinjara ny fitondrana isaky ny tanàna, ary manangona ny fahasoavana rehetra sy ny vokatra mankany aminy, ka nahita ny miaramila ny Mouawyat izay fahavalony omaly lasa nanjanaka ny tanànan'izy ireo, faly be noho ny fandresena lehibe. Naheno ny teny nolazain'i Mouawyat teo ambony alitara ireo vahoakan'i Koufat, alitaran'ny Amiroul Mounina (as) nilaza nanao hoe: ankafaliana mitafotafony : *"hamafisiko fa ny antony niadiako taminareo dia noho izaho mila manjaka aminareo, ary efa nomen'Andriamanitra ahy anefa izany fa ianareo no tsy mankasitra".*

## ***Fanontaniana n° 150 :***

Naharitra hafiriana no nijanonan'Imamo Hassan (as) tao Yathrib taorian'ny nialany tao Koufat ?

## ***Valiny :***

➔ Nijanona tao Yasribat Imamo Hassan (as) nandritra ny folo taona, ary nandritra izany fotoana izany izy dia niasa ho an'i finoana islamo, sy fanaparitahana ny fampianarany, ary izay rehetra mahakasika ny finoana islamo, ary koa hitondra soa ho an'ireo fianakaviany, ary niaraka tamin'izay, tena nanampy fatratra ihany an'ireo tsy manan-katao, ary indrindra nanavotra an'ireo izay rehetra voageja sy teo ambanin'ny ziogan'ny fanaovana tsindrihazolena, ary tena marina izy dia fanantenanan'ireo mahantra sy ireo fadiranovana ihany koa.

***Fanontaniana n° 151 :***

Moa ve marina fa Imamo Hassan (as) dia nanambady maro be araka ny voalazan'ireo lovantsofina (riwayat) ?

***Valiny :***

➔ Izany dia tsy marina velively, ary ny olona nilaza izany fiampangana tena diso toerana izany dia mazava ho azy fa olona avy any Mada'ino, araka ny voalaza ao amin'ilay fanazavana na (sharho) an'ilay boky **NAHJOL BALAGHAH**, izay milaza sy manamafy fa Imamo Hassan (as) dia nanambady vehivavy miisa fitopolo, ary i SHABLINJI ihany koa niteny tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe: Nouroul Abswar, izay nilazany fa izy dia nanambady vehivavy miisa sivifolo, ary ireo riwayat faha 250 sy faha 300 izay notaterin'i Majlissi tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny **QOUTOUL QOULOUB** izay nosoratan'i Abi Twalib Al-Maki izay maty tamin'ny taona faha 370 Hijri dia milaza izany ihany koa.

Ary izy telo ireo dia malaza teo amin'ny tantara fa mpamorona riwayat (izay milaza lainga), ohatra amin'izany i Al-Mada'ini, dia tsy iza fa i Ali ibn Abdoullah Al-Basri, izay fantatra amin'ny anarana fiantsoana Mada'ini, ary izy io dia niaina tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'ireo taranaka Abbassiina, ary tamin'izany fotoana izany izy dia voapanga fa ireo hadith izay notateriny dia lainga.

Ary ny mahakasika an'i SHABLINJI manokana kosa, ny hita ao amin'ilay bokiny izay voalaza tetsy ambony, tsy misy na iray tamin'ireo riwayat sy vaovao izay notateriny no marina na iray aza, nefa fahafaham-po no nanandrasana taminy, ary ireo rywayatiny dia tsy manan-kery (morsalat), ary ireo hadith na riwayat rehetra izay morsalat na tsy manan-kery, mba hampanan-kery azy tsy maintsy mila porofo na mpijoro vavolombelona avy ety ivelany na avy anatiny, fa raha tsy misy izany dia mazava ho azy fa ireo hadith tsy manan-kery raha jerena ny mombamomba an'ilay mpitatitra dia hita sy ho tsapa fa avy amin'ireo olona izay mpialona sy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 157 11/01/2021 16:25:51

manana lonilony amin'ireo Ahoul Byat ( taranak'ilay iraka masina).

Ary ny mahakasika an'ilay riwayat Al-Maki kosa, dia tena efa manakaika ny angano (na tantara foronina) mihitsy, satria izy io tsy misy na iray amin'ireo mpitatitra riwayat no mba nitatitra azy io, ary i Abou Twalib Al-Maki dia voalaza fa anisan'ny mpanao angano fanta-daza araka ny voalazan'ireo izay niara-niaina aminy…izany dia miampy ny filazana fa ireo riwayat izay nosoratany dia maivana sy tsy mba misy mitovy aminy, ary ireo izay nitatitra karazana hadith toy izany avy aminy, amin'ireo mpitatitra hadith, tahaka an'i Majlissi sy ny ankoatra azy, dia tsy nomen'izy ireo lanja ny hadithiny ankoatra an'ireo vondrona hadith izay voaray avy amin'ny loharano hafa, tahaka ny momba an'ireo hadith izay hita ao amin'ilay boky Bihar izay ny ankamaroany tsy mba ahitana tsikera sy fanaraha-maso.

Fa ny riwayat marina kosa araka ny fahitako azy, Imamo dia nanambady ary rehefa avy teo dia nisaraka, nanambady indray dia nisaraka, ka nitohy izany ka nahatratra 15, … fa na dia izany aza, ny Tompo Allah no mahalala ny zavatra tena nisy marina.

***<u>Fanontaniana n° 152 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny isan'ny zanak'Imamo Hassan (as) sy ny anaran'ny renin'izy ireo ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Hamafisina fa ireo manam-pahaizana mahakasika ny tantara sy ny biografia ary ireo teknisianina matianina amin'ny fitanteram-baovao, dia nilaza teny maro samihafa, tsara ny manamarika fa izy rehetra ireo dia tena tsy mitovy fomba fijery ny amin'ny mahakasika ny isan'ireo zanakin'ilay zafin'ny Mpaminany lehibe indrindra, dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as).

Ary araka ny voalazan'i Waked sy i Kolabi, fa tena marina ny isan'ny zanak'Imamo (as) dia 15 ny lehilahy ary 8 ny vehivavy, ary nefa kosa i Joaouzi, nahita fa 16 ireo lehilahy amin'izy ireo ary 4 kosa ny vehivavy,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 158 11/01/2021 16:25:51

ankoatra an'izay kosa, niteny ibn Shahr Ashoubi fa ireo zanak'Imamo dia mitotaly 15 ny lahy ary 6 ny vehivavy, ary araka ny tatitra izay voaray avy amin'i Sheik Moufid (ra), ireo zanakin'Imamo dia miisa 8 ireo lehilahy ary fito ireo vehivavy, ary isika dia misafidy an'ireo izay voaray avy aminy noho ireo hafa, miaraka amin'ny fijerena akaiky ireo voalazan'ny boky hafa.

Miteny ilay manampahaizana lehibe ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny heo IRSHAD fa : ireo zanak'Imamo Hassan IBNI Ali (as) dia mitotaly 15 izy rehetra :

1-2-3 – ***ZAYD IBNI Hassan*** sy ireo anabaviny roa, dia tsy iza izany fa i **Oumoul Hassan** sy **i Oumoul Houssein** ,ary ny renin'izy telo ireo dia i Oumou Bashir binti Abi Mas'oud OkbatAl-Jhazraji.

4– ***Hassan IBNI Hassan***, izay antsoina ihany koa hoe : **Hassan faharoa**, ary ny reniny dia Al-Kaoulat Binti Manzour al Fazariat.

5-6-7– ***OMAR IBNI Hassan*** sy ireo rahalahiny anankiroa izay kibo iray aminy dia tsy iza izany fa i **QASSIM** sy **ABDOULLAH** ary ny renin'izy ireo dia i Oumoul Walad, izay antsoina hoe Ramlatou.

8– ABDOURAHMAN, ary ny reniny dia i Oumou Walad ihany koa.

9-10-11– ***Hassan AL-ASRAM*** sy ***TWALHA*** ary i ***FATWIMAT***, ny renin'izy ireo dia i Oumou Issac Binto Twalha ibni Abdoullah Taimi.

12-13-14-15– vehivavy efatra ary ireto avy ny anaran'izy ireo : **Oumou Abdoullah** sy **Fatwimat** ary i **Oumou Salamat** sy i **Rouqayat**, izy rehetra ireo dia samy manana ny reniny avokoa.

Ary araka ny hita ao amin'ireo boky sasany kosa fa ny zanak'Imamo Hassan (as) miisa 20 ny lehilahy ary ny vehivavy dia 11, izany dia miampy an'i **Ali AKBAR,i Ali ASGHAR , i JA'AFAR, i ABDOULLAH AKBAR , i AHMAD, i ISMAEL, i YACOUB, i AQIL, i Mouhammad AL-AKBAR, i Mouhammad AL-ASGHAR, i HAMZA, i ABI BAKR, i SAKINAT, i OUMOU KHAIR, sy i ABDOURAHMAN, ary i RAMLAT.**

***Fanontaniana n° 153 :***

Iza no olona namono an'Imamo Hassan (as) ary tamin'ny fomba ahoana no namonoany azy , ary inona no antony ?

***Valiny :***

➔ i **Ja'adat Binto Al-Ash'as ibn Qiss** no namono an'Imamo Hassan (as) mivantana, tamin'ny alalan'ny poizina izay nataony tao anatin'ny ronono izay nomeny azy, ilay poizina dia nalefan'i Mouawyat ibni Abi Soufian taminy. Taorian'ny fahafenoan'ny fipetrahan'i Mouawyat folo taona teo amin'ny seza fiandrianany no nisian'izany rehetra izany, ary nanapa-kevitra izy ny haka fanehoam-pakantoavana hoan'Yazid zanany, ary izany anefa mifanohitra tanteraka amin'ilay fifanarahana izay nifanaovany tamin'Imamo Hassan (as), ary noho ny antony Imamo Hassan (as) tsy mba nitsangana teo am-pifanenana aminy mba hanome voninahitra, ary indrindra izay noheverina ho fanambaniana azy, ary koa ireo olona dia feno fanajana an'Imamo noho izy, ary ihany koa tena navesatra ho azy ny mahazo baiko avy amin'Imamo, izay rehetra izany no nanosika azy haka fanapahan-kevitra hamono an'Imamo Hassan (as).

***Fanontaniana n° 154 :***

Inona ireo fampanantenana izay nampanantenan'i Mouawyat an'i Ja'ada amin'izay izy mba hamonoan'Imamo Hassan (as) ary moa ve notanterahiny taminy izany ?

***Valiny :***

➔ Nampanantenainy izy fa homeny vola be, ary efa nomeny azy izany tany am-piandohana, izany hoe talohan'ny famonoana an'Imamo Hassan (as), ary nitentina 100000 Dirham no nomeny azy tamin'izay fotoana izay, ary nampanantenainy ihany fa raha vao vita ilay asa famonoana an'Imamo dia hampanambadiany an'i Yazid izy.

Kanefa izy rehefa vita izany dia nilaozany ilay voaozona, ary tsy

notanterahiny izay nampanantenainy azy, ary araka ny voalazan'ireo lovantsofina, notanterahiny avokoa ireo fampanantenana ara-bola izay nampanantenainy azy, kanefa kosa ilay fampanambadiana an'Yazid tsy notanterahiny, ary hoy indrindra izy hoe : " izay olona tsy itokisana amin'i Hassan (as) dia tsy itokisana amin'Yazid ihany koa",(izany hoe izay olona mamadika an'Imamo tsy maintsy hamadika an'Yazid).

***<u>Fanontaniana n° 155 :</u>***

Oviana no maty maritiora Imamo Hassan (as) ary firy taona izy tamin'izany fotoana izany ? ary nandritra firy taona no niara-niaina tamin'ilay raibeny sy ny Rainy izy ary firy taona taorian-drainy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Maty maritiora tao anatin'ny volana Safar Imamo (as) izany hoe tamin'ny faha fiton'io volana io izy no nindaosin'ny fahafatesana, ary misy ihany koa ny milaza fa tamin'ny faha 28 ny volana io ihany koa- taona 50 Hijri, ary 48 taona izy tamin'izay fotoana izay, ary misy ihany koa ny milaza fa 47 no tena taonan'Imamo tamin'izany ary izany no tena malaza indrindra, taorian'ny nanomezan'ilay voaozona azy poizina dia mbola niaina nandritra 40 andro izy hiaraka tamin'ny aretina vokatr'izany poizina izany.

Niara-niaina niaraka tamin'ilay raibeny izy nandritra ny fito taona, ary niara-niaina niaraka tamin-drainy ihany taorian'ny nahafatesan'ilay raibeny nandritra ny 30 taona, ary niaina nandritra 10 taona taorian'ny nahafatesan'i AMIROUL MOUMININA (as).

Ary nanjary fiteny malaza teo amintsika ilay fiteny hoe : "***IZY DIA NIAINA FITO AMBY EFAPOLO TAONA…***".

***<u>Fanontaniana n° 156 :</u>***

Moa ve afaka fantarintsika ny hafatrin'Imamo Hassan (as) tamin'i Houssein (as) talohan'ny nahafatesany , ary aiza no nandevenan'Imamo Houssein(as) ny rahalahiny ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra nataon'i Sheik Toussi sy ireo manampahaizana ankoatra azy, izay nilaza fa Imamo Hassan (as) dia niteny tamin'Imamo Houssein(as) hoe : soaraty ry rahalahiko , ity dia hafatr'Imamo Hassan IBNI Ali (as) tamin'ilay rahalahiny Imamo Houssein (as) izay milaza toy izao manaraka izao : "namela hafatra izy fa tsy misy tompo ankoatra an'ny Tompo Allah, ary hamafisina fa izy dia nanompo an'Andriamanitra tamin'ny fanompoana tena izy, tsy misy mpiray donak'afo aminy eo amin'ny fahefany, ary izy tsy mba fehizin'izay rehetra eo ambany fifehezany, ary izy ihany koa no nahary ny zava-drehetra sy nanao ny fetran'izany araka izay izy, ary hamafisina ihany fa ny Tompo Allah irery ihany no mendrika hotompoina, ary koa mendrika hoderaina, izay rehetra Mankato azy dia tafita, ary izay rehetra manohitra azy kosa dia no very sy ho rendrika, ary izay mibebaka aminy dia ho voatari-dalana."

Tena marina fa izaho dia manafatra anao ry Houssein, ny amin'ireo izay havelako ao aoriako amin'ireo fianakaviako sy ireo zanako, ary ireo fianakavianao, aoka ianao handefitra amin'ny zavatra tsy mety izay mety hataon'izy ireo anao, ary aoka ihany koa ianao hankasitraka izay tsara kely ataon'izy ireo aminao, ary aoka ianao no mpanohana azy ireo sy ray ho azy ireo ihany koa, ary mbola manafatra anao ihany koa ny mba handevenanao ahy miaraka amin'i Rassoulillah (sw), satria izaho no mendrika indrindra an'ilay tranony noho ireo izay miditra ao tsy mba mahazo alalana avy aminy, ary na boky ihany koa tsy tonga tamin'izy ireo taorian'ny nahalasanany, niteny ny Tompo Allah tao amin'ilay boky izay naidiny tamin'ilay Nabiny, nanao hoe : ***"ô ianareo mpino !, aza miditra ao amin'ny tranon'ny Mpaminany ianareo, raha tsy hoe omena alalana". Mba hifantako amin'ny Tompo Allah, fa izy ireo dia tsy afaka miditra ao aminy fony fahavelony raha tsy mahazo alalana, ary tsy nahazo alalana ihany koa izy ireo taorian'ny fahalasanany, ary isika dia manan-jo ny hampiasa izay nolovaintsika ao aoriany (Mpaminany (sw). Fa raha ohatra ka mandà anao ilay vehivavy***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 162 11/01/2021 16:25:52

***amin'ny alalan'ny fiantsoantsoana fa izy dia anisan'ny Havana akaika anao, izay nampanakakaizin'ny Tompo Allah anao, ary hilaza ihany koa izy ny momba an'ilay tranon-drazana izay nosafoin'ny Mpaminany (sw), aoka ianao tsy mba handatsa-drà amin'izany na dia kely aza, mpifanenantsika amin'llay irakin'ny Tompo Allah, amin'izay fotoana izay isika hitaraina aminy, ary hilaza aminy ireo zavatra izay nataon'ireo olona antsika taoriany"***.

Ary araka ny voalazan'ireo riwayat izay hita ao amin'ny AL-KAFI sy ny hita ao amin'ireo boky sasany izay nilaza nanao hoe :"ary aoka aho hoentinao mankany Baqiat amin'izay mba halevinao miaraka amin-dreniko dia tsy iza izany fa i Fatwimat (as)", ary rehefa avy nametraka an'ireo hafany izay dia nandao an'izao tontolo izao".

Ary efa nanafatra an'Imamo Houssein (as) izy ny amin'ny fandraisana an-tanana Imamat, sy ny tsiambaratelon'izany, ary efa nanao veloma an'ilay fitondrana ihany koa izy, ary rehefa avy teo dia niakatra any amin'ilay toerana masina ny fanahiny, ary rehefa taty aoriana dia nisy vehivavy marina nanohitra an'Imamo Houssein (as) ka voatery tsy maintsy nalevina any Baqiat Imamo Hassan (as).



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 163 11/01/2021 16:25:52

# IMAMO AL-HOUSSEIN (AS)

***Fanontaniana n° 157 :***

Iza moa imam Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as) ary ny reniny dia i FATWIMATOU ZAHRA (as) zanakavavin'ny Mpaminany (sw)

***Fanontaniana n° 158 :***

Oviana ny nahaterahan'i Imamo Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny malaza,Imamo Houssein (as) dia teraka tany Madinat tamin'ny fahatelon'ny volana Chabany.nilaza i Sheik Toussi (ra) fa nisy taratasy izay milaza fanambarana nivoaka tamin'ireo Imamo ka tonga tamin'ilay solontenan'Imamo ASKARI (as), ary toy izao manaraka izao no zavatra anisan'ny voalaza tao anatin'izay taratasy izany: ilay sefonay, dia tsy iza izany fa Imamo Houssein (as) dia teraka andro alakamisy fahatelon'ny volana Sha'aban, ka noho izany aoka ianao hanatanteraka fifehezana amin'io andro io, ary aoka hanao vavaka fitalahoana toy izao manaraka izao : ***"Allahoma iny as'aloka bihaki hazal mawloud fi hazal al youm.....", izay midika toy hoe : " Andriamanitrô ! Izaho dia mangataka aminao amin'ny alalan'ny hatsaran'ilay izay teraka tamin'ity andro anio ity.....".***

Ary nilaza ibn Shahr Ashoub (ra) fa ny naterahany (as) dia folo volana sy roapolo andro taorian'ny nahaterahan'ny rahalahiny dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as), andro talata na alakamisy fahadimin'ny volana sha'aban, tamin'ny taona fahefatry ny fifindra-monina (Hijri). Ary voalaza fa ny elanelan'i Imamo Hassan (as) sy imamoHOUSSEIN (as) dia tsy nisy afa-tsy ny fotoanan'ny fitondrana vohoka, ary enim-bolana monja anefa no nitondrana vohoka an'Imamo Houssein (as).

Ary i ABI ABDOULLAH SWADIQ(as) dia niteny hoe : ***"Ny elanelan'i Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as) dia at-touhr (fotoana nidiovana tamin'ny fadim-bolana iray volana voalohany taorian'ny nahaterahana), ary ny elanelan'ny fahaterahan'izy ireo dia enim-bolana sy folo andro"***.

***Fanontaniana n° 159 :***

Moa ve azontsika fantarina ny fomba nahaterahan' Imamo Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ i Sheik Toussi (ra) sy ny sasany amin'ireo manampahaizana dia nanao tatitra momba ny fomba nahateran'Imamo Houssein (as) izay tatitra voaray avy tamin'ny loharano izay azo antoka avy tamin'Imamo REZA (as) izay nilaza fa rehefa teraka Imamo Houssein(as) dia niteny i mpaminany (sw) tamin'i Asmah Binti Oumaisa nanao hoe : ***"Ö ry Asmah ! omeo ahy ny zanako"***, dia nomen'i Asmah azy ilay zaza, ary dia nofonosony tamin'ny lamba fotsy, ka dia namakiany Azaan tamin'ny sofiny ankavanana, ary Ikama tamin'ny ankavia,avy eo dia napetrany teo am-pofoany no sady nitomany ny Mpaminany (sw), dia hoy i Asmah taminy : ***"mba ifantako amin'ny raiko sy reniko, lazao ahy ny anton'ny mampitomany anao ?",*** dia hoy ny navaliny : "Noho ity zanako vao teraka ity", dia hoy i Asmah taminy: ***"tena marina fa vao fotoana vitsivitsy no nahaterahany ka amin'ny fomba ahoana no efa itomanianao aminy sahady"***, dia novalian'ny Mpaminany (sw) izy hoe : ***"hisy andian'olon-dratsy hamono azy ity ao aoriako, ary izy ireo dia tsy ahazo famindram-po (fanelanelako) avy amiko"***. Ary hoy indray izy : ***"O ry Asmah!, aza tenenina an'i Fatimat (as) izany satria izy dia mbola vao haingana no niteraka"***.

Ary rehefa tonga ny andro fahafito nahaterahany (as) dia niantso azy ny Mpaminany ka rehefa tonga teo aminy izy nataony Aqiqat ka dia namonoany ondry lehibe, momeny ny renin-jaza ny feny, ary dia

nokikisany ny volon-dohany,dia nanome fanomezana mitovy lanja tamin'ny volony izy, izany hoe vidina volafotsy mitovy lanja amin'izany, ary nampisatrohiny satroka izy taorian'izany ary avy teo dia nofihininy teo an-tratrany, ary hoy ny Mpaminany (sw) : ***"Mampalahelo ahy loatra ny fahafatesanao ry ABA ABDOULLAH"***, avy eo izy dia nitomany, Ary niteny Asmah hoe : ***"mba hifantako aminao ry Mpaminany, efa nanao an'izao ianao tamin'ny andro voalohany tamin'ny niterahany ary androany ihany koa ianao dia mbola manao an'izao, fa misy inona marina mandalo ry Mpaminany (as) ?"***, dia hoy ny navaliny: ***"noho ity zanako ity no mampitomany ahy, hisy andian'olon-dratsy izay mpanohitra avy amin'ny taranak'i Amiat izay voaozon' Tompo Allah hamono azy ity, ary tsy hisitraka ny fanelanelanako izy ireo amin'ny andro farany, lehilahy iray izay tsy tia ny finoana (tsy mpino) ary mpanohitra an'Andriamantra ilay avo indrindra no hamono azy"***, ary hoy indray ny Mpaminany (sw) : ***"Allahoma inni as'aloka fihima – AL-Hassan (as) sy AL-Houssein (as)-ma sa'alaka IBRAHIMA (as) fi zoriatihi, Allahoma ahibo homa wa ahibo man ahibo homa, wa al'an man Yab'rodohoma mil samai wal ardo"***, izay midika hoe : ***"tompô ! Izaho dia mangataka aminao izay nangatahin'i IBRAHIM (as) ho an'ireo zanany, tompô !, tiavo izy roa ireo, ary tiavo ihany koa ireo izay mitia azy roa ireo, ary andefaso ozona izay mankahala azy roa ireo eto an-tany sy any an-danitra"***.

***<u>Fanontaniana n° 160 :</u>***

Iza no nanome anarana azy hoe Houssein (as) ary tamin'ny fomba ahoana ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Efa voalazantsika ny momba izany tany tamin'ny fanomezana anarana an'i Imamo Hassan (as) ary notenenintsika tamin'izay fotoana izay fa Imamo Houssein (as) dia nantsoina hoe : "Houssein", mitovy tamin'ny fiantsoana ny zanak'i HAROUNA (as) izay nantsoina hoe : "SHOBAIR" izay mitovy dika tamin'ny anaran'Imamo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 166 11/01/2021 16:25:52

***Fanontaniana n° 161 :***

Iza no nampinono an'Imamo Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'i **sheik Koulaini** ao amin'ilay boky AL-KAFI izay voaray avy tamin'Imamo SWADIQ (as) izay nilazany hoe : "tsy mba ninono tamin'ny FATWIMAT (as) na koa tamin'ny vehivavy hafa ankoatra azy ilay raibeko Imamo Houssein (as), fa kosa ny Mpaminany (sw) dia tonga tany aminy, rehefa tonga any izy dia ampidirina ao ambavany ilay ankihibeny ka dia amin'ny alalan'izany no itsetsefan'Imamo ronono izay mahampy azy ao anatin'ny roa andro na telo andro.

Ka noho izany indrindra ny nofo sy ny ran'Imamo Houssein (as) izany dia avy tamin'ny nofo sy ran'ny Mpaminany (sw)....

***Fanontaniana n° 162 :***

Moa ve misy olona izay teraka tao anatin'ny enim-bolana ankoatra an'i Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Tsy nisy teraka tao anatin'ny enim-bolana ankoatra an'i Jesosy Kristy sy Houssein IBNI Ali (as), ary ny sasany amin'ireo riwayat dia milaza sy manambara fa i nabi YAHIA (as) no teraka enim-bola fa tsy i Jesosy Kristy.

***Fanontaniana n° 163 :***

Voalaza tamin'ny tantaran'Imamo Hassan (as) fa izy sy Imamo Houssein (as) dia zanaky ny mpaminany, ka ahoana ny fijerinao an'ilay andalana masina izay milaza manao hoe : "makana Mohammad aba ahadin min rijalikoum"(izany midika hoe : tsy rain'ny iray amin'ireo lehilahinareo akory i Mouhammad (sw)) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 167 11/01/2021 16:25:52

***Valiny :***

➔ Dia hoy aho hoe : hamafisina fa i Mouhammad (sw) dia rain'i ABOU IBRAHIM IBNI MARIA, mety fantatrao ny momba izany ary mety ihany koa tsy fantatrao, ary na inona na inona no teny mahakasika izany, ny hany fantatro dia toy izao ny valin-teniko mahakasika ny amin'ny zon'Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as). Mahakasika an'i ZAYD IBNI HARIS no antony nidinan'ilay andalana masina izay anisan'ny noheverina fa zanak'i Rassoulillah (sw) tamin'ny vanim-potoan'ny faha-badoana (Jahiliat), ka dia naidin'ny Tompo Allah ilay andalana masina mba hoentina manohitra an'izany finoana tsy marim-pototra izany, ary toy izao indrindra no lazain'ilay andalana masina : ***hamafisina fa i Mouhammad dia tsy rain'iray amin'ireo lehilahinareo***, nefa kosa ilay izy tsy niteny hoe : ***hamafisina fa i Mouhammad dia tsy rain'ireo zanany roa, dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as)***.

***Fanontaniana n° 164 :***

Moa ve azontsika fantarina ny mahakasika ny fitiavan'i mpaminany (sw) an'i Imamo Houssein (as) sy ilay rahalahiny, dia tsy iza izany fa Imamo Hassan(as) ?

***Valiny :***

➔ Eny, Voalaza ao anatin'ny boky maro fa ny Mpaminany (sw) dia nandray ny tanan'izy roa (Imamo Hassan sy Imamo Houssein (as)) ary dia hoy izy hoe : ***"Izay mitia ahy sy mitia an'izy roa ireto ary mitia ny Rain'izy roa ireo ary toraka izany koa ny Renin'izy roa dia izany olona izany hiaraka hitoetra amiko ao amin'ny toerana feno voninahitra indrindra ao ami'ny paradisa amin'ny andro farany"***.

***Fanontaniana n° 165 :***

Moa ve azontsika atao ny mahafantatra ny tantaran'ny fahalalahan-tanan'Imamo AL-Houssein(as) sy ny asa soa nataony ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza ny amin'ny momba ny fahalalahan-tanan'Imamo Houssein (as),ary indrindra fa ny asa soany, nisy tambanivolo iray tonga tao Madinat, rehefa tonga tao ity olona ity dia nanontany tamin'ireo mponina mahakasika ny olona be voninahitra sy malala-tanana indridndra ao an-tanàna, ka dia nambaran'ireo mponina azy fa Imamo Houssein (as) no toy izany ao, ka dia nentina nankany aminy izy, rehefa niditra an'ilay Masjid izy dia hitany Imamo teo ampanaoavana soalat, dia nitsangana teo akaikiny izy no sady nanao tononkalo izay milaza manao hoe :

***"Ianao dia mbola tsy nandà na dia iray tamin'ny olona izay nandondona ny varavaranao. Ianao dia tena malaza malala-tanana tokoa, ary ny rainao dia efa niezaka namono sy nandringana ireo ratsy. Ary raha tsy ireo olona talohanareo izahay dia niaina tao anatin'ny afobe"***.

Ary rehefa avy nivavaka Imamo Houssein (as) dia niteny izy hoe : "ô ry Kanbar !, moa ve mbola misy tavela ny harenan'i Hijaz ?", dia hoy ny navalin'i Kanbar : "eny, mbola misy mitentina 4000 Dinar tavela ka, dia hoy Imamo taminy indray hoe : ***"Omano izany satria efa tonga eto amintsika ilay olona tena mendrika homena izany"***.

Ary avy teo izy dia nandeha nody any an-tranony ka naka tamin'ireo lamba fitafiny dia nofonosiny tao anatiny ireo vola dinar ka novohainy kely ny varavarana ary navoakany avy eo amin'ilay varavarana mitanila ny tanany, satria menatra an'ilay vahiny tambanivolo arabo izy, ary nanao tononkalo izy hoe : ***"Alaivo ity fa izaho dia miala tsiny aminao ary fantaro fa izaho dia mangoraka anao. Raha mandeha isika***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 169 11/01/2021 16:25:53

***mitady fahasoavana dia maro ny zavatra mety azo nomena. Nefa ny fotoana dia miovaova ary ny tanako ankehitriny dia manome kely."***

Ka dia noraisin'ilay tambanivohitra ilay vola no sady nitomany izy. Ary hoy Imamo Houssein (as) taminy : ***"Angamba kely ny nomenay anao izany no mampitomany anao ?,*** **dia hoy ny navalin'ilay tambanivolo*****: "tsia, fa amin'ny fomba ahoana no hihinan'ny tany an'ilay fahalala-tananao".***

***<u>Fanontaniana n° 166 :</u>***

Nanao ahoana ny mahakasika ny fiezahan'Imamo Houssein ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Imamo Houssein (as) dia tena anisan'ny mpiezaka tokoa teto an-tany nanomboka tamin'ny fahazazany ary mbola kely taona izy dia efa nandray an-tanana ireo raharaha mba hoentiny miatrika ny fahatanorany, izy dia niara-nisakafo niaraka tamin'i Amiroul Mouminina (as) ireo sakafo iray nisahiranany, ary hifanampy tamin-drainy tao anatin'ny fahasarotana rehetra izay tojo azy ireo, ary indrindra niaritra sy nizaka izay fahasahiranana izay nandalo teo amin'ny fiainan'izy ireo ihany koa, ary ny soalatin'izy roa dia saika mitovitovy sy nifanaiky, ary ny Tompo Allah dia nanao an'Imamo Hassan (as) sy Imamo Houssein (as) ho mpitarika ny vahoaka islamo, nefa noho ny anton'izany fitarihana izany dia nataon'ny Tompo Allah miavaka ny safidy sy ny fanirian'izy roa lahy. Ary raha ohatra nataony tamin'ny endrika sy lalana mitovy ny fomba fitarihan'izy roa dia tsy maintsy nilatsaka tao anatin'ny fahaterena sy ny olana maro samihafa ny zanak'olombelona.

Ary nilaza ibn Shahr Ashoub fa nahitana holatra lehibe tao an-dambosi'Imamo Houssein (as) rehefa nindaosin'ny fahafatesana izy, ka rehefa nanontaniana mahakasika izany Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) dia hoy ny navaliny: fa izany dia marika vokatry ny fibatany entan-



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 170 11/01/2021 16:25:53

tsakafo sy ny ankoatra izany izay entiny matetika mankany amin'ny tranon'ireo vehivavy maty vady sy ireo zaza kamboty avy amin'ny fianakaviana mahantra sy sahirana.

Ary voalaza fa izy dia nanao hajjiin-dimy amby roapolo mandroso sy miverina an-tongotra ary ireo sarety manaraka avy ao aoriany.

Ary noho ny ezak'Imamo Houssein (as) no nahatonga an'ilay fanontaniana taminy izay nilaza nanao hoe : "tena mahagaga fa tena atahoranao fatratra loatra izany tomponao izany !", Ary dia hoy ny navaliny an'izany : ***"tsy misy olona handrifahalemana sy ho voa aro amin'ny andro farany, ankoatra an'ireo olona izay natahotra an'ny Tompo Allah tety an-tany"***.

***Fanontaniana n° 167 :***

Ahoana ny fihetsik'Imamo Houssein (as) nanoloana an'ilay raharaha fampihavanana (solho) izay nataon'Imamo AL-Hassan (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo Houssein (as) nanoloana izany raharaha izany dia nijoro no mpankahery sy mpankato ny baikon-drahalahiny izay lehibeny tamin'izany fotoana izany ary manaraka ihany koa ny baikony, satria Imamo Hassan (as) dia Imamo sy lehiben'Imamo Houssein (as), ka noho izany adidiny ny mankato azy…

***Fanontaniana n° 168 :***

Moa ve nanao fanekem-pankatoavana an' i Mouawyat Imamo Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Tsia, Tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Mouawyat izy, ary voalaza fa rehefa nitranga ny fifanarahana izay nisy teo tamin'Imamo Hassan (as) sy Mouawyat dia nangataka an'Imamo Houssein (as) i



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 171 11/01/2021 16:25:53

Mouawyathanao fanekem-pakataovana azy, dia hoy Imamo Hassan (as) taminy : ***“ô ry Mouawyat !, aza terena hanao izany izy, satria izy tsy hanao fanekem-pankatoavana anao velively na koa hiady, ary misy androny hiady raha tsy hoe misy mamono ireo fianakaviany, ary tsy hisy hamono ihany koa ireo fianakaviany raha tsy ireo vahoakan’i Sham no hamono azy ireo”.***

***Fanontaniana n° 169 :***

Inona moa ny atao hoe andro ACHOURA ?

***Valiny :***

➔ Izany dia ilay andro izay nahafatesan’Imamo Houssein(as), ary fantaro fa ny andro ashoura dia andron’ny alahelo sy ny fahavoazana ary andron’ny fitomaniana ary io andro io dia tena andro manana ny maha izy azy eo amin’ny vahoaka islamo sy amin’ireo olona mpino, ary izy dia ilay andro fahatsiarovana ny alahelo ary fiverimberanan’ izany, ary tena mitombo ny alahelo amin’io fotoana io,ary tokony hivoaka avy ao anatin’ny vatana ny fanahy noho fahalehoana an’ilay mpitarika an’ireo zanak’olombelona sy ny jinny.

***Fanontaniana n° 170 :***

Moa ve azo atao ny manao fifehezana amin’ny andro ASHOURA?

***Valiny :***

➔ Niteny Imamo SWADIQ (as) nanao hoe : ***“amin’io andro – izany hoe tamin’ny andro Ashoura- no namonoana an’Imamo Houssein (as) io, raha faly ianao dia aoka hifehy”***. Ary avy eo izy dia niteny (as) indray hoe : “tena marina fa ireo fianakavian’i Oumayat (ny ozon’ny Tompo Allah anie ho amin’izy ireo) sy ireo andian’olona avy tamin’ny vahoakan’i Sham izay nanampy azy ireo tamin’ny famonoana an’i Houssein (as) dia nanao vava fa raha maty Imamo Houssein (as), ka lasa any amin’ireo taranak’i Abou Soufian ny fitondrana, dia nanamafy izy ireo fa hataon’izy andro

firavoravoany izany andro izany, ary hifehy izy amin'io fotoana io mba ho fisaoran'izy ireo an'ny Tompo Allah. Dia lasa fomba amampanaon'ireo taranak'i Abou Soufian izany, ary izy io dia andro izay firavoravoan'ireo vahoakan'ny islamo izay mpomba azy ireo, ka tsy azo atao ny manao fifehezana sy mifampirary soa amin'io andro io.

***Fanontaniana n° 171 :***

Nahoana ny fahavoazan'Imamo Houssein (as) no toa hoe fahavoazana lehibe ary io andro io dia andro farany izay mangidy, ary noho izany ny andro Ashoura dia lasa andron'ny alahelo sy andron'ny loza ary faharariana, na dia nisy aza ny loza izay nahazo an'ny Mpaminany (sw), Imamo Ali (as), sy Imamo Hassan (as) ary Fatwimat (as) (ny fahasoavan'ny Tompo Allah anie ho amin'izy ireo) ?

***Valiny :***

➔ Ny valin'izany dia ilay tatitra izay notaterin'i Majlisi (ra) ao amin'ilay bokiny BIHAr, izay avy tamin'i Abdoullah ibni Fadlo, izay nitenenany hoe : " izaho dia niteny tamin'i ABI ABDOULLAH SWADIQ (as) hoe : "ô ry zanak'ny Mpaminany !, tamin'ny fomba ahoana no nahalasa ny andro Ashour ho andro lehibe ho an'ny fahavoazana sy alahelo ary indrindra andron'ny fitarainana sy ny tomany, nefa ny andro nahafatesan'ny Mpaminany (sw) sy ny andro nahafatesan'i Fatwimat (as) ary ny andro izay namonoana an'Imamo HASSANY (as) tamin'ny alalan'ny poizina tsy natao tahaka izany ?.

Dia hoy ny navalin'Imamo (as) ahy : "hamafisina fa ny andro izay namonoana an'Imamo Houssein (as) dia andro izay nisehoan'ny loza sy fahavoazana lehibe, mihoatra ny andro rehetra, ary antony mahatonga izany dia izao, tena marina fa ireo As'haboul Kissa izay olona tena be voninahitra teo anatrehan'ny Tompo Allah ireo dia miisa dimy, ka rehefa nindaosin'ny fahafatesana ny Mpaminany (sw) dia tavela tamin'izany i AMIROUL MOUMININA (as) sy FATWIMAT (as) ary i Hassan sy Houssein



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 173 11/01/2021 16:25:53

(as), ireo vahoaka dia niory niaraka tamin'izy ireo, ary niononona sy tony noho ny fisian'izy ireo, ary rehefa nindaosin'ny fahatesana i Fatwimat (as) mbola teo i AMIROUL MOUMININA (as) sy Imamo Hassan sy i Houssein (as), ory sy nalahelo ny olona tamin'izay ary tony rehefa avy teo, ary rehefa nindaosin'ny fahafatesana i AMIROUL MOUMININA (as) nalahelo sy niara-niory tamin'Imamo Hassan sy Houssein (as) ireo vahoaka ary tony sy nangina rehefa avy teo, fa rehefa maty kosa Imamo Houssein (as), tsy misy tavela intsony na iray aza ireo As'haboul Kissa izay mba hiara-miory sy hampitony an'ireo olona ao aoriany, ka noho izany, ny fahalasanany dia tahaka ny fahalasanan'izy ireo rehetra izay mitovy tsy misy valaka, tamin'ny fisiany tahaka ny fisian'izy ireo rehetra iny ihany koa, ka noho izany no mahatonga ny andro Ashoura izay nahafatesany ho andro lehibe ho an'ny fahoriana sy alahelo.

***<u>Fanontaniana n° 172 :</u>***

Fa naninona ny fanehoanan'ny olona alahelo tamin'i Ali IBNI AL-Houssein (as) tsy nitovy tamin'ireo izay nisy teo amin'ireo raibeny?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niteny ABDOULLAH SWADIQ (as) tao amin'ilay riwayat teo aloha ihany, fa i Ali IBNI AL-Houssein (as) dia lehiben'ireo mpanompo, sy Imamo mpitarika, ary vavolombelon'i tompo Allah eo amin'ireo zava-boahariny taorian'ireo raibeny tany aloha, nefa ny olana izy tsy niara-niaina tamin'ny Mpaminany (sw), sy tsy nahelo (naheno) mivantana ireo fampianarana nataony, fa ny fahalalany dia nolovainy avy tamin-drainy ary ilay rainy nandova avy tamin'i raibeny dia tsy iza izany fa i NABI (sw), ary nefa kosa i AMIROUL MOUMININA (as) sy FATWIMAT (as) ary i Hassan sy i Houssein (as) dia samy hitan'ireo vahoaka niara-niaina tamin'ny Mpaminany (sw) tamin'ireo fotoana lava izay nisy teo amin'izy ireo, ary ireo olona rehefa mahita ny iray amin'izy ireo dia mahatsiaro avy hatrany ny zavatra nisy teo amin'izany olona izany sy ny Mpaminany, ary toraka izany ihany



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 174 11/01/2021 16:25:53

koa mahatsiaro ny teny nataon'ny Mpaminany taminy sy ny momba azy, ka rehefa maty avokoa izy rehetra lasa toa very an'ireo olona manan-kaja eo anatrehan'ny Tompo Allah izy ireo, nefa tsy mba misy na iray amin'izy ireo mba tavela teo amin'izy ireo( vahoaka), lasa avokoa izy ireo tamin'ny fahalasanan'Imamo Houssein (as), satria izy lasa farany tamin'izy ireo, ka noho izany lasa andro lehibe ho an'ny alahelo sy fahoriana ny andro izay nahalasanany.

***Fanontaniana n° 173 :***

Inona ny tombontsoa azo amin'ny fitomaniana amin'Imamo Houssein (as) sy ireo mpanaradia azy ?

***Valiny :***

➔ Niteny i ABOU ABDOULLAH SWADIQ (as) fa izay olona manao tononkalo iray mahakasika an'Imamo Houssein IBNI Ali (as) ka mampitomany olona dimampolo dia ho an'izany olona izany ny paradisa( izany hoe tafiditra paradisa izany olona izany); ary izay manao tononkalo iray ho azy ka mampitomany olona telopolo dia tafiditra amin'ny paradisa izany olona izany; izay olona manao tononkalo iray ho an'Imamo ka mampitomany olona roapolo dia hoho an'izany olona izanyny paradisa ;ka izay olona manao tononkalo ho an' i HOUSSSEIN (as) ka mampitomany olona folo dia ho an'izany olona izany ny paradisa; fa izay olona manao tononkalo iray ho an'Imamo Houssein(as) ka mampitomany olona iray dia ho an'izany olona izany ny paradisa; ka izay olona manao tononkalo iray ho an'Imamo Houssein (as) ka mitomany dia ho an'izany olona izany ny paradisa, ary izay manao tononkalo ho an'Imamo Houssein (as) ka mody mitomany dia tafiditra paradisa izany olona izany.

Ary niteny Imamo SWADIQ (as) nanao hoe : ***"Ny fanehoana alahelo diso tafahoatra sy ny tomany rehetra dia tsy tsara ankoatra ny alahelo sy ny tomany amin' i Houssein (as)".***

***Fanontaniana n° 174 :***

Moa ve misy fanambarana avy tamin'ny Mpaminany (sw) izay milaza ny fahafatesan'Imamo Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izany nataon'i sheik Ja'afar ibni Qaolawih avy tamin'i Salman, izay nilazan'ity farany hoe : ***"Tsy nisy na dia iray tamin'ireo anjely tsy nidina tamin'ny Mpaminany (SW), nampionona azy tamin'ilay zanany AL-Houssein (as), ary nilaza ny fahasoavan'Andriamanitra ho azy, ary nitondra teo aminy ny ampahany tamin'ilay tany izay hiadiana aminy,ka ao no hanapahana ny tendany sy ny hamonoana azy, ary mivalampatra tsy nisy nanampy azy"***. Dia niteny ny Mpaminany (sw) : ***"Tompo ô! Aza raharahaina izay tsy niraharaha azy, sy aoka hovonoinao izay namono azy, tapaho-tenda izay nanapaka ny tendany, ary aza valina izay zavatra angatahiny"***.

Ary niteny indray ilay mpitantara nanao hoe : ***"mba hifantako amin'ny Tompo Allah, fa tena nohafainganin'ny Tompo Allah ny fahafatesan'ilay voaozona dia tsy iza izany fa i Yazid, ary tsy nahazo fahafinaretana taorian'ny fahafatesan'Imamo, maty teo amin'ny torimaso izy satria mamo izy tamin'izay fotoana izay, ary rehefa maty izy dia niova ny endriny, toa nohosorana "tara" na godorao, izany nivadika mainty, ary tsy nisy tamin'ireo olona izay niaraka taminy tamin'ny famonoana an'Imamo Houssein (as), na koa niaraka taminy tamin'ny fiadiana tamin'Imamo,ka tsy lasa adala na mitaintaina, na koa lasa boka, Ary dia lasa lova izany teo amin'ny taranak'izy ireo".***

***Fanontaniana n° 175 :***

Moa ve nisy filazana avy tamin'i Amiroul Mominina (as) nanambara ny fahafatesan'i Imamo Houssein (as) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 176 11/01/2021 16:25:53

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra nataon'i Sheikh Al-Moufid sy Atwabarsi ary Ibn Kaolawih (rh) izay vaovao tena marim-pototra, avy tamin' i Aslo ibni Nabatih sy ny ankoatra azy,ary hoy ity farany hoe : teo am-pitsanganana AMIROUL MOUMININA (as) no nanazava sy nitoriteny tamin'ireo olona, ary hoy indrindra izy tamin'izay fotoana izay : ***"Anontanionareo aho alohan'ny andaozako anareo, tena ifantako amin'ny Tompo Allah, tsy misy amin'ireo zavatra izay efa niseho tany aloha na vao hiseho amin'ny hoavy ka tsy hambarako anareo ny momba izany"***.

Ary nitsangana i Sa'ad ibni Wakas ka dia niteny taminy hoe : ***"O ry Amiroul Mouminina !, lazao ahy firy ny isan'ny volon-dohako sy ny volom-bavako ?"***, dia hoy ny navalin'Imamo azy hoe : ***"Tena mba hifantako amin'ny Tompo Allah, fa izany fanontaniana izay apetrakao izany dia efa nolazain'ny Mpaminany(sw) ahy fa hapetrakao amiko hoy izy, ary ny mahakasika ny lohanao, tsy misy volo eo amin'ny lohanao sy ny saokanao raha tsy eo amin'ny fotony i Shaitwan, mandrisika anao, ary hamafisina fa ao an-tranonao dia misy zaza mbola tsy vory saina izany hamono an-janako Houssein (as), ary raha ny tsy fahasarotan'ny porofo hoentina mamaly an'ilay fanontanianao dia nolazaiko anao izany, ary anisan'ny famantaran'izany ireo ohatra izany nolazaiko anao ireny"***. i Omar Ibn Saad tamin'izany fotoana izany dia mbola mandady sy nianatra mandeha.

***Fanontaniana n° 176 :***

Moa ve nisy fanambarana avy tamin'i Imamo Hassan (as) izay milaza ny fahafatesan'imamo HOUSSEIN (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izany nataon'i sheik Swadouq avy tamin'Imamo SWADIQ (as), izay nilazany fa Imamo Houssein IBNI Ali (as), indray

andro dia niditra tao amin'Imamo HASSAN (as), ary rehefa nijery an'Imamo Hassan (as) izydia nitomany, dia hoy Imamo Hassan (as) taminy : ***"inona no mampitomany anao ry ABA ABDOULLAH?"***,dia hoy ny navaliny : ***"izaho dia mitomany noho ny zavatra hataon'izy ireo anao"*** , dia hoy Imamo Hassan (as) taminy : ***"hamafisina fa ilay hanome poizina ahy, sy hampihinana ahy izany dia hahafaty ahy,nefa tsy misy andro tahaka ny andronao ry ABA ABDOULLAH, izay andro hifarimbonan'ny olona izay miisa 30 000 lahy aminao, hitonon-tena izy ireo fa vahoaka avy amin'ny MOUHAMMAD (sw) raibentsika ka hisandoka ho mpanaraka ny finoana islamo ihany koa, ary hivondrona amin'ny famonoana syny fandatsahan-drà anao ihany koa izy ireo, ary indrindra hanao tsinontsinona anao, ary handrabiraby ireo zanakao sy ireo vehivavy hiara-dia aminao, ary handroba ireo fanananao , noho izany dia tonga amin'ny taranak'i Omayat ny ozona sy loza, dia nilatsaka avy any an-danitra ny lavenona sy ny rà,ka hitomany aminao ny zavaboahary rehetra na dia ny biby any anaty ala aza ary na ny trozona any anaty ranomasina"***.

***<u>Fanontaniana n° 177 :</u>***

Oviana no maty Mouawyat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tamin'ny alin'ny antsasaky ny volana Rajab taona faha 60 Hijri no maty i Mouawyat, ka nandimby toerana azy ilay zanany izany antsoina hoe Yazid,ary nanomana ny raharahan'ny fitondrany izy, ka dia nanoratra taratasy ho any amin'i walid ibni Otbat ibni Abi Soufian izy izay anisan'ny mpiasan'i Mouawyat tao Madinat, izany taratasy izany dia nadidy azy ny haka fanekem-pankatoavana amin'i ABOU ABDOULLAH Houssein (as), sy amin'i Abdoullah ibni Omar, ary amin'i Abdoullah ibni Zoubair, ary toraka izany koa avy amin'i Abdourahman ibni Abou Bakr, ary torak'izany ihany izany taratasy izany dia madidy azy ho hentitra sy hampiasa hery amin'ireo izay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 178 11/01/2021 16:25:53

voalaza anarana ireo, ary indrindra tsy hanaiky na inona na inona fialan-tsiny ataon'izy ireo, ary hanapaka ny tendan'izay tsy mety na manda tsy hanao fanekem-pankatoavana amin'izy ireo, ary handefa lohan'izay hiharan'izany any aminy.

***Fanontaniana n° 178 :***

Moa ve nanao fanekem-pankatoavana an'i Walid ibni Otbat Imamo Houssein (as), ary inona no zava-nisy teo amin'izy roa lahy rehefa nantsoina Imamo ?

***Valiny :***

➔ Tsia, tsy nanao fanekem-pankatoavana azy mihitsy Imamo Houssein (as), ary rehefa nantsoin'i Walid Imamo Houssein (as) mba hakany an'ilay toerana nahaovana fanehoam-pankatoavana, dia namory an'ireo fianakaviany sy ireo mpanaradia azy Imamo, ka nahatratra 30 lahy ny isan'izy ireo tamin'izay fotoana izay, dia nodidian'Imamo izy ireo mba hitondra fitaovam-piadiana, ary nofeperany izy ireo mba tsy hamela azy, ka rehefa miditra ao amin'i Walid Imamo dia aoka izy ireo mba hipetraka eo amin'ny varavarana, ka rehefa maheno feo miakatra izy ireo dia aoka hiditra amin'izany hiaro azy (Imamo).

Rehefa avy teo dia tonga tao amin'i Walid Imamo (as) ary tratrany tao amin'i Walid i Marowan ibni al-Hakam, ka dia nolazain'i Walid tamin'Imamo ny fahafatesan'i Mouawyat, dia niteny Imamo hoe : ***"tena marina fa avy any amin'ny Tompo Allah ny fiaviantsika ary any aminy ihany no hiverenantsika"***, ary dia novakin'i Walid tamin'Imamo ireo hafatran'Yazid tao amin'ilay taratasiny, ilay madidy an'i Walid haka fanekem-pankatoavana amin'Imamo, ka dia hoy Imamo Houssein (as) taminy : ***"tena marina fa izaho dia mahita anao toa tsy mandresy lahatra ahy hanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid ankiafina, izany hoe ilainao hataoko ampahabemaso izany amin'izay fantatr'ireo vahoaka"***, dia hoy i Walid taminy : ***"izany indrindra"***, dia



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 179 11/01/2021 16:25:53

hoy indray Imamo (as) taminy : ***“andraso hatramin’ny rahampitso ary, dia hohitanao ny mahakasika izany fijerinao izany”***, dia hoy indray i Walid taminy : ndao anao mandeha amin’ny anaran’ny Tompo Allah, mandra-pahatongavanao miaraka amin’ireo vahoaka eto aminay.

Dia hoy i Marowan taminy (walid) : ***“ary mba hifantako amin’ny Tompo Allah, fa raha ohatra avelao ora iray i Houssein, nefa izy mbola tsy nanao fanehoam-pankatoavana, dia tsy ho afaka hahazo izany avy aminy velively ianao, na dia ho maro aza ny hofaty eo aminao sy ny eo aminy, tazomy io lehilahy io, aza avela hiala eo aminao raha tsy manao fanehoam-pankatoavana, ka raha tsy manao an’izany izy dia aoka hotapahinao ny tendany”.***

Ka dia nisandoatra Imamo Houssein (as) teo am-pahenoana izany teny izany, ary dia hoy izy hoe : ***“ô ry zanak’ilay miloko Manga !, ianao no hamono ahy sa izy ?, mba hifantako amin’ny Tompo Allah fa ianao dia mandainga sy manao fahotana”***, dia nitodika tamin’i Walid Imamo, dia hoy izy hoe : ***“ô ry Amir !, hamafisiko eto fa izahay dia fianakavian’i NABI(sw), sy loharanon’ilay hafatra, ary fivezevezen’ireo anjely, ary amin’ny alalanay ihany koa no amohan’ny Tompo Allah an’ilay hafatra ary aminay ihany koa no namaranany izany, ary i Yazid dia olona mpanao ratsy, mpisotro toaka, mpamono olona tsy manan-tsiny, ary tena mibaribary ny fanaovan-dratsiny, ary moa va ny olona tahaka ahy dia hanao fanekem-pankatoavana ny olona tahaka izany ?!, nefa mbola hifoha izahay amin’ny maraina ary ianareo ihany koa, ary hijery izahy ary ianareo koa torak’izany”***.

Rehefa avy niteny an’izany Imamo dia nivoaka, ary tonga tany an-tranony niaraka tamin’ireo mpanaradia azy.

***<u>Fanontaniana n° 179 :</u>***

Oviana no nitranga izany toe-javatra izany ?

**Valiny :**

➔ Nitranga izany zavatra izany tamin'ny alin'ny asabotsy, telo andro tsy hahataperan'ny volana Rajab taona faha 60 Hijri.

**Fanontaniana n° 180:**

Rehefa nivoaka an'i Madinat Imamo Houssein (as) dia nitodi-doha nankaiza, ary iza no niara-dalana taminy ?

**Valiny :**

➔ Nivoaka an'i Madinat Imamo Houssein (as) ary nitodi-doha nankany Makat, ary niaraka taminy tamin'izay fotoana izany ireo zanany sy ireo zana-drahalahiny ary ireo olona manana ny maha izy azy avy amin'ireo fianakaviany, ankoatra an'i Mouhammad ibni Hanafiat (ra), narary ity farany tamin'izay fotoana izay, ary tena tsy niafaka nitsangana mihitsy.

**Fanontaniana n° 181 :**

Moa ve marina tokoa fa nisy andian'anjely sy jiny tonga tamin'Imamo Houssein (as) mba hanavotra azy tamin'izy teny andalana nizotra nankany Makkat ?

**Valina :**

➔ Eny, niteny ilay mamampahaizany Majlisi (ra) tao amin'ny boky izay mitondra ny lohateny hoe "**Ajala'a**", araka ny tatitra izay nataon'i Sheik Moufid sy ireo izay ankoatra azy, izay azo avy tamin'ny loharano azo antoka avy tamin'Imamo SWADIQ (as), izay niteneny hoe : ***"rehefa teny andalana avy any Madinat i ABOU ABDOULLAH (as) dia nifanena tamin'ireo andian'anjely maro be, izay nitondra antsy avokoa, izay anisan'ireo zavaboahary tsara avy ao amin'ny paradisa, ary dia niarahaba azy izy ireo, ary hoy izy ireo : " ô ry ilay solotenan'ny Tompo Allah eo amin'ireo zava-boahariny aorian'ilay raibeny, sy ilay rainy ary***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 181 11/01/2021 16:25:54

***ilay rahalahiny!, tena marina fa ilay tompo Allah dia naniraka anay hiaro sy hanampy an'ilay raibenao tamin'ireo endri-javatra maro izay tojo azy, ary ny Tompo Allah ihany koa dia nandefa anay hiaro anao", dia hoy Imamo Houssein (as) tamin'izy ireo: "ao am-pasako no fotoana nifanomezana, ilay toerana izany hahafatesako, dia tsy aiza izany fa ao KARBALA, ary rehefa tafiditra ao aho, dia tongava amiko ianareo", dia hoy indray ireo anjely taminy : " ô ry ilay vavolombelon'ny tompo Allah !, didio sy omeo baiko amin'izay itiavanao azy izahay fa izahay dia vonona hanaika sy hiheno an'izany, moa ve ianao matahotra hifanena amin'ireo fahavalonao, tsy aleo izahy mijanona miaraka aminao foana ?", dia hoy Imamo tamin'izy ireo : " tsy afaka manao na inona na inona amiko izy ireo, ary izy ireo tsy hifanena amiko mihitsy raha tsy hoe izaho efa tonga any amin'ilay toerana hilevenako"***.

Ary tonga teo aminy ihany koa ireo andiana jinny izay mpino ny finoana islamo, ary dia hoy izy ireo taminy : ***"ô ry ilay manampahefananay !, izahay dia anisan'ireo izay (shianao) mpanaradia anao, sy mpiaro anao, ka didio sy omeo baiko izahay amin'izay tianao hataonay, fa raha ohatra ianao manome baiko anay hamono ireo fahavolanao rehetra nefa ianao mbola eo amin'ny toeranao, ary dia vitainay haingana izany"***, nefa dia tsy neken'Imamo izany, ary dia nisaotra azy ireo Imamo amin'izany soso-kevitra nomen'izy ireo izany, ary hoy indray Imamo tamin'izy ireo : famaninona !, moa va ianareo tsy mba namaky an'ilay bokin'ny Tompo Allah izay nilatsaka tamin'ilay raibeko ? Izay milaza manao hoe : ***"fa na aiza na aiza no misy anareo, dia ho tratran'ny fahafatesana hatrany ianareo, na dia any anaty andry avo mafy orina aza".*** *(toko : 4/78)*

Ary hoy indray ny Tompo Allah ao amin'ilay bokiny masina kor'any : ***"koa lazao azy ireo : "fan a dia tany an-tranonareo avy aza ianareo, dia tsy maintsy namonjy ny toerana voatondro ho nahafatesany avy ireo izay voasoratra ho voavono tamin'izao raharaha izao, eny***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 182 11/01/2021 16:25:54

***fa na dia any am-pandriana aza izy””.*** *(toko : 3/154)*

***ary raha ohatra izany ataonareo, inona no hoentina mitsapa an'ireo zava-boahary kanosa sy kamolahy ireo ?, iza no nitoetra ao amin'ilay fasako ao Karbala ?, nefa ny Tompo Allah dia efa nisafidy izany hoahy tamin'ny fotoana izay nivoahan'ny tany avy tao anatin'ny ranomasina, ary nataony manda sy fefy hoan'ireo mpanaradia anay, amin'izay ho aro sy hitondra fahalemana ho azy ireo eto an-tany sy any ankoatra, ary nefa kosa, aoka ianareo hanatrika an'ilay andro fahafolo farany izay hafatesako, amin'izay tsy hisy fitakiana hatao amin'ireo fianakaviako ao aoriako, ary hobaboina izy ireo, ka hoentina maka amin'i Yazid ilay voaozona miaraka amin'ilay lohako***.

Dia hoy ireo Jinny taminy : ***“mba ifantanay amin'ny Tompo Allah ry sakaizan'ny Tompo Allah, sy zanaky ny sakaizany, raha tsy hoe adidinay ny mankato anao, na koa hoe niazo atao ny manohitra ny baikonao, dia novonoinay avokoa ireo fahavalonao alohan'ny hahatongavan'izy ireo eo aminao***”, dia hoy Imamo tamin'izy ireo : “***mba hinianako amin'ny Tompo Allah, fa izahay dia afaka manao izany na dia tsy ampianareo aza, nefa aleo ho faty sy ho rendrika ilay voatokana h oamin'izany, ary aoka hiaina izay voatokana ho amin'izany”***, dia nifarana ny teniny.

***<u>Fanontaniana n° 182 :</u>***

Oviana no nandao an'i tanànan'i Madinat Imamo Houssein (as) ary oviana no niditra tany  Makkat , ary inona no noteneniny rehefa niditra ny tananan'i Makkat izy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Hamafisina fa ny fotoana nivoahan'ilay lehiben'ireo maritiora avy tao Madinat dia tamin'ny alin'ny alahady, roa andro tsy hahatapitra ny volana Rajabo. Ary tonga tao Makkat izy tamin'ny alin'ny andro zoma fahatelon'ny volana Sha'aban, ary rehefa tafiditra an'i Makkat



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 183 11/01/2021 16:25:54

izy, dia nindrana an'ilay teny izay notenenin'i Nabi Moussa (as) izay voalazan'ilay andalana masina manao hoe : "ka rehefa nandeha nankany Madiana izy, dia niteny hoe : ***"mirary ny ho tarihin'ny tompoko amin'ny làlana mahitsy aho".*** (toko : 28/22)

***<u>Fanontaniana n° 183 :</u>***

Oviana ny vahoaka ny Koufat no nandefa ireo taratasin'izy ireo tany amin'Imamo Houssein (as), ary taiza Imamo tamin'izany fotoana izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Taoriana ny nahafatesan'i Mouawyat dia efa nahalala ireo vahoaka Koufat fa Imamo Houssein (as) dia efa nanda tsy hanao fanekem-pankatoavana haon'i Yazid, ary toraka izany ihany koa ny fivoahany mankany Makkat, ka dia nandefa taratasy tany aminy izy ireo, tena maro tokoa ny taratasy tonga tamin'Imamo tao anatin'ny andro iray, ary nitotaly eninjato ny taratasy tonga taminy avy amin'ireo olona izay tsy dia itokisana, ary manoloana izany rehetra izany, Imamo dia nandà no sady tsy namaly ireo taratasin'izy ireo, mandrapahatongavan'izany 12000 taratasy.

***<u>Fanontaniana n° 184 :</u>***

Iza no solontenan'Imamo AL-Houssein (as) tany amin'ny vahoakan'i Koufat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny solontenan'Imamo Houssein (as) tany Koufat dia i Mouslim ibni Anqil ibni Abi Twalib.

***<u>Fanontaniana n° 185 :</u>***

Nanao ahoana ny fitsenan'ireo vahoakan'i Koufat an'i mouslim ibni Anqil (solotenan'Imamo Houssein (as)) ?

***Valiny :***

➔ Taoriana ny nidiran'i Mouslim tao Koufat, dia nivantana tao antranon'i Moukhtar ibni Abi Obaida Asakafi aloha izy, izany trano izany dia fata-daza amin'ny anarana hoe : " tranon'i Mouslim ibni Mousaiab", ary araka ny tatitra nataon'i Twabari i Mouslim dia nivantana tao amin'ny tranon'i Mouslim ibni Aosajat, ary rehefa naheno ny vaovaon'ny fahatongavany ireo mponin'i Koufat, dia tonga nidododo nitsena azy azy, ary naneho ny hafaliany ireo vahoaka noho ny fahatongavany, no sady nanao fanekem-pakatoavana azy tamin'izay fotoana izay.

***Fanontaniana n° 186 :***

Oviana no niditra tao Koufat i Mouslim ibni Anqil, ary rehefa nandao an'i Makkat izy dia nizotra nakaiza ?

***Valiny :***

➔ Nandao an'i Makkat i Mouslim ibni Anqil ka nitodi-doha nankany Madinat, antsasaky ny volana Ramadan izy no niainga avy tao Makkat ary tonga tany Koufat tamin'ny faha dimin'ny volana Shawal.

***Fanontaniana n° 187 :***

Inona no zavatra nataon'i Mouslim ibni Anqil raha vao tonga tao Koufat izy, sy taorian'ny fahazoany ny fanekem-pankatoavana avy tamin'ireo vahoakan'i Koufat ?

***Valiny :***

➔ Taorian'ny fahazoan'i Moulim ireo fanekem-pankatoavana hoan'Imamo Houssein (as) avy tamin'ireo vahoakan'i Koufat, dia nandefa taratasy any amin'ilay zana-drahalahindrainy izy, tsy iza izany fa Imamo (as), taratasy izay mitaky ny fahatongavan'Imamo haingana dia haingana any Koufat, ary tamin'ny alalan'izany taratasy izany ihany koa no nahafahany nilaza tamin'Imamo ireo zavatra izay

nitranga sy hitany tamin'ireo olona izay naneho fahavononana ny hiaro sy hanampy azy tamin'izany fotoana izany …

***<u>Fanontaniana n° 188 :</u>***

Inona no zavatra nanjo an'i Mouslim ibn Anqil rehefa tafiditra tao Koufat i Obeidoullah ibni Zyad ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Nilaozan'ireo vahoakan'i Koufat izy, ka lasa irery ka noho izany tsy hainy aiza no halehany..., ka farany niafina tao amin'ny tranon'ny vehivavy iray, io vehivavy no nampiatrano azy, mandram-pilazan'ilay zanakin'ity vehivavy azy any amin'ireo forongon'i ibn Zyad, taorian'ny ady izay tena nafana tokoa teo aminy sy teo amin'ireo miaramilan'ibn Zyad, dia voasambotra izy, dia nisy nanome baiko ny amin'ny mba hanapahana ny lohany, ka hatsipy avy eny ambonin'ilay rova izany rehefa vita…, dia nabaribary sy naderadera teny antsena ny vatamangatsiakany. Ilay olona namono azy dia tsy iza fa i Bakr ibni Harman, ny ozon'ny Tompo Allah anie ho aminy.

***<u>Fanontaniana n° 189 :</u>***

Iza ilay olona maty maritiora niaraka tamin'i Mouslim ibni Anqil, sy naderadera ary nosintosintonina ny fatiny ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tsy iza izany fa i Hani ibn Orwat.

***<u>Fanontaniana n° 190 :</u>***

Naharitra hafiriana no nijanonan'Imamo Houssein (as) sy ireo fianakaviany tao Makkat, ary inona no antony namadihany an'ilay Hajj tokony honatao ho Omrat, izay niteraka ny fanalany an'ilay lamba fitafy rehefa manao Hajj (Ihram) iny ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 186 11/01/2021 16:25:54

***Valiny :***

➔ Nitodi-doha nankany Makkatal Moukaramat ilay lehiben'ireo maritiora tamin'ny fahatelon'ny volana Sha'aban taona 60 Hijri, izany no nataony noho ny tahotry ny fampijaliana izay mety hataon'ireo vondrona mpanohitra azy, ka dia nijanona tao Makkat izy nandritra ny fotoana tavela tamin'ny volana Sha'aban sy ny volona Ramadan manontolo ary toraka izany ihany koa ny volana Shawal sy ny Zoul kanda, ary mbola nolaniany tao ihany koa ny valo andro tamin'ny volana Zoul Hajj, ary nandritra ireo fotoana izay nijanonany tao Makkat dia nanampy azy ireo olona avy any Hijaz, ary toraka izany ihany koa ireo olona avy tany Basrat, izy ireo no nanampy isa an'ireo fianakaviany sy ireo mpanaradia azy na mpomba azy.

Ary tamin'ny andro fahavalo tamin'ny volana Zil Hijja izay andro fisotroana rano, tonga tao Makkat i Amro ibni Sa'ad ibni Ass niaraka tamin'ireo andian'olona izay mitavy lamba fitafin'ireo mpanao fivahiniana masina, ary nahazo baiko ny hisambotra an'Imamo avy tamin'i Yazid izy ireo, ary nahazo baiko ihany koa ny hanolotra an'Imamo azy, na koa hamono azy, ary rehefa fantatran'Imamo izany teti-dratsy izay kasain'izy ireo hatao aminy izany, dia navadik'Imamo Omarat ilay Hajjiny, ka dia nanao an'ilay fihodinana fito izy, no sady nanao an'ilay fandehanana eo anivon'i Swafah sy Marwat, ary rehefa vitra izany dia nesoriny ilay lamba fientina manao Hajj, rehefa vita izany rehetra izany dia nitodi-doha nankany Iraka izy tamin'io andro io ihany.

***Fanontaniana n° 191 :***

Oviana no niditra tao amin'ny tanin'i Karbala Imamo Houssein (as) sy ireo fianakaviany ary ireo mpanaradia azy ?

***Valiny :***

➔ Fantaro fa misy fahasamihafana ny andro nahatongavan'Imamo Houssein (as)tao amin'ny tanin'i Karbala, ary ny tena marina izy dia tonga tany Karbala tamin'ny andro faharoan'ny volana masina



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 187 11/01/2021 16:25:54

Mouharam, tamin'ny taona faha 61 Hijri, ary rehefa tonga tao amin'io toerana io izy dia nanotany hoe : ***"iza no anaran'ity toerana ity?"*** , ary nisy namely azy hoe : ***"ny anaran'ity toerana ity dia i Karbala"***, ary dia hoy indray izy hoe : (**allahomma inni aozo bika minal karbi wal bala**) izay midika hoe : ***"tompô !, mangataka fiarovana aminao aho amin'ireo loza sy zava-dratsy rehetra"***.

Ary avy eo dia niteny indray izy hoe : "ity no toeran'ireo loza sy ireo fahasarotana, aoka isika hijanona eto, eto no hiafan'ity diantsika ity, ary eto ihany koa hamelantsika ireo biby fitaingenantsika, ary eto no hamonoana ireo lehilahintsika, eto no handrarahana ny ràntsika, ary ery no toeran'ny fasantsika, tahaka izany no nolazain'ilay raibeko Rassoulillah (sw) tamiko".

Ka dia nampidina ireo entin'izy ireo teo amin'izany toerana izany izy ireo, ary nampidina ny azy eny amin'ny sisiny hafa kosa ireo tafik'i Hour, rehefa tonga ny ampitso, tonga teo amin'izy ireo i Omar ibni Sa'ad ilay voaozona, avy tany Koufat niaraka tamin'ny miaramila izay miisa 4000 lahy, ka dia nidina an-tsahan'ady hifanandrina amin'izy ireo.

***<u>Fanontaniana n°192 :</u>***

Oviana no tonga tao Karbala i Shemr ibni Zijaoshan ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Rehefa tonga ny andro alakamisy fahasivin' ny volana masina Mouharam , dia tonga tao Karbala i Shemro ibni Zijaoshan nitondra taratasy avy tamin'i Obeidoullah ibni Zyad homena an'i Omar ibni Sa'ad, ka tahaka izao manaraka izao no voasoratra tao anatin'izany taratasy izany : ***"hamafisina fa i Omar ibni Sa'ad dia tsy maintsy hiady amin'i Houssein (as) sy ireo mpanaradia azy, noho ny antony fanoheran'izy ireo ny didiko, fa raha ohatra izy ireo manaika an'ilay didiko, dia voabaiko i Omar handefa azy ireo aty amiko am-pahalemana, fa raha ohatra izy ireo tsy manaiky, dia aoka hovonoina izy ireo, ka raha ohatra manao dia aoka***

***hohenoinao sy hankatoavinao, fa raha ohatra tsy mety hiady izy ireo, efa fantatrao izay hataonao satria ianao no lehiben'ireo tafika".***

Ary rehefa avy namaky an'ilay taratasy i Omar ibni Sa'ad dia hoy izy tamin'i Shemr : ***"inona ity zavatra nataonao ity ry tsy vanona, tena lavitra an'ny Tompo Allah mihitsy ny tranonao, tena zavatra tsy tian'ny Tompo Allah ity zavatra nentinao aty amiko ity, ary mba hifantako amin'ny Tompo Allah, tena marina izaho mba nihevitra anao ho naka azy tamin'ny fanoratana ity taratasy ity - toy izao manaraka izao ny ambangovangony ny amin'ny resaka izay nosoratan'i Omar ibni Sa'ad nankany amin'i Inbi Zyad, izay milaza sy nanamafy fa i Houssein dia tsy hiditra an'i Koufat, na izy miverina any Madinat na mizotra makany amin'ny toerana hafa-, ary tena nosimbainao ilay lamina izay efa saika honataonay, izahay efa naniry ny hifampiresaka taminy, mba hinianako amin'ny tompo Allah fa i Houssein dia tsy hiambany izany, hamafisina fa na dia hamoy ny ainy aza izy".***

Dia hoy Shemr taminy : ***"Iazao ahy, inona no fanampahan-kevitrao izao?, moa ve ianao hanaja ny baikon'ny lehibenao, ka hiady amin'ilay fahavalony, ary raha ohatra tsy izany no fanampahan-kevitrao, dia afaka mandeha ianao, ka avelao aho sy ireo tafika".***

Dia hoy ny navalin'i Omar ibni Sa'ad azy : ***"tsia, ary ianao tsy mendrika hitarika ireo tafika, nefa kosa izaho ampahafantariko anao fa izaho no mendrika hanao izany, mijanona ianao miaraka amin'ireo andin'olona ireo";*** dia niainga i Omar ibni Sa'ad ka nizotra nankany amin'ilay sahan'ady hanafika an'Imamo Houssein (as)….

***<u>Fanontaniana n° 193 :</u>***

> Inona no nataon'Imamo Houssein(as) niaraka tamin'ireo fianakaviany sy ireo mpanaradia azy tamin'ny alina ny Ashoura , ary inona no nataon'izy ireo tamin'izy ireo ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 189 11/01/2021 16:25:54

***Valiny :***

➔ Ary hoy i Ali IBNI AL-Houssein ZAINOUL ABIDINA (as) hoe: novorian-drainay ireo mpanaradia azy tamin'ny alin'ny andro fahafolo tamin'ny volana Mouharam, ka dia mba hanakaiky azy ireo ihany koa aho mba hiheno izay zavatra holazainy azy ireo, ary izaho anefa tamin'izay fotoana izay tena narary tokoa, nefa enoko ihany ny raiko nilaza tamin'izy ireo hoe: " izaho dia midera an'ny Tompo Allah amin'ny fiderana izay tsara indrindra, ary midera azy ihany koa aho na amin'ny mora na amin'ny sarotra, tompô!, tena marina fa midera sy misaotra anao aho tamin'ny fanomezanao voninahitra anay tamin'ny alalan'ny faminaniana, ary toraka izany ihany koa ny fampianaranao anay ny boky masina kor'any, ary indrindra ny fampahafantaranao anay an'ilay finoana, nomenao sofina hihenona sy maso hijerena ary fo izahay, ka aoka izahay hataonao anisan'ireo izay mpisaotra sy mpankasitraka anao.

Ary manaraka izany, hamafisiko fa izaho dia tsy mba nahita mpanaradia izay tena mahafatratoky sy tsara indrindra mihoatra anareo izay mpanaradia ahy, ary tsy nahita ihany koa fianakaviana izay tena tsara sy mendrika ary tena mifandray am-po tahaka anareo ireo, ny Tompo Allah anie hanome valisoa anareo amin'izany ary mirary soa ho anareo aho.

Moa va tsy efa nolazaiko anareo amin'ny alalan'ny sary an-tsaina ny ho fizotry ny androntsika manoloana ireo fahavalo rahapitso, ary moa va tsy efa nanome anareo rehetra alalana aho, ka izay mila miverina dia aoka izy hiverina izao dia izao, tsy hanan-tsiny amiko velively izay manao izany, ary tsy hananako trosa, ary alina izao ny andro ka hararaotonareo izao aizina izao, ary avelaonareo aho sy ireo vahoaka, satria izy ireo tsy olon-kafa ankoatra ahy, fa raha nankahala ahy izy ireo dia efa nirodorodo nitady olon-kafa ankoatra ahy".

Dia hoy ireo anabaviny sy ireo zanany ary ireo rahalahiny sy ireo zanak'i Abdoullah ibni Ja'afar taminy hoe : " inona no antony hanaovanay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 190 11/01/2021 16:25:54

izany, izahay ho velona zany nefa ianao ho faty ?, ny Tompo Allah tsy hampahita anay izany na velively aza.

Ary ny voalohany niteny izany teny izany tamin'izy ireo dia i ABBAS IBNI Ali (as), izay vao nanaraka azy ireo fokonolona niteny tahaka ilay noteneniny.

Rehefa avy teo dia nitodika Imamo Houssein (as) nijery ireo taranak'i Anqil, ary hoy izy hoe : "ampy anareo ny fahafatesan'ilay rainareo Mouslim ibni Anqil, ka mandehana ianareo, fa efa nomeko fahazoan-dalana", dia hoy ny navalin'izy ireo azy : ***"Dera hoan'ny Tompo Allah, rehefa anontanian'ireo olona izahay, inona no mba havalinay azy ireo?, hilaza izahay fa navelanay ilay olobenay sy mpitarika anay ary ilay filohanay, ary ireo taranak'ireo dadatoanay dia anisan'ny tsara, ka noho izany, ho an'iza no hanipizanay miaraka amin'izy ireo ny zana-tsipika, ary nefa izahay tsy mba niaraka nanoraka ireo lefona niaraka tamin'izy ireo, ary torak'izany ihany koa tsy mba niady antsabatra niaraka tamin'izy ireo, ary koa tsy mba ho fantatray izay niafaran'izy ireo?, tsia, mba iniananay amin'ny Tompo Allah fa izahay dia tsy hanao an'izany velively, ary nefa kosa izahay tsy maintsy hanao sorona ny tenanay sy ireo harenanay ary indrindra ireo fianakavianay ho anao, ary hiady miaraka aminao hikatsaka izay zavatra katsahinao, satria ny Tompo Allah tsy hanatsara ny fiainana ao aorianao".***

Ireo mpanaradia an'Imamo Houssein (as) dia niteny teny mitovitovy avokoa tamin'izany fotoana izany, ary niteny teny nataon'izy ireo tamin'izay fotoana izay dia tena mahafaly tokoa, satria tena nanohina ny fo, ary ny fahenoana izany dia manosika an'izay maheno azy hijoro hiady manoloana ireo fahavalo, ka noho izany dia nisaotra azy ireo Imamo Houssein (as), ary rehefa vita izany dia nizotra nankeny amin'ilay toerana fitoerany Imamo…



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 191 11/01/2021 16:25:54

***Fanontaniana n° 194 :***

Moa ve marina tokoa fa Imamo Houssein (as) naneho an'ireo mpanaradia azy ny toerana hisy azy ireo ao amin'ny paradisa tamin'ny alina fahafolon'ny volana Mouharam ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'ilay manampahaizana izay antsoina hoe Majlisi (ra) tena marina fa naseho azy ireo ny toerana hisy azy ireo ao amin'ny paradisa, ka dia hitan'izy ireo tamin'izay ireo tranobe izay hisy azy ireo sy ireo vehivavy tsara (hour) ary ireo zavatsoa rehetra izay voatokana ho azy ireo, ary noho ny akon'izany dia lasa nitombo ny faharesen'izy lahatra amin'ny hijanano hiaraka amin'Imamo, ary izany nahatonga azy ireo tsy nahatsapa hotsoka sy hirifiry tamin'ny fahavoazan'ireo lefona sy sabatra ary ireo zanatsipika azy ireo, ary izy ireo dia nidododo ny ho maty maritiora satria izany no fanombiazana ho azy ireo.

***Fanontaniana n° 195 :***

Moa ve nahita rano Imamo Houssein (as) tamin'ny alina fahafolon' ny volana mouharam ?

***Valiny :***

➔ Eny , hamafisina fa Imamo Houssein (as) dia naniraka an'ilay zanany dia tsy iza izany fa i Ali Akbar haka rano tamin'ny alina fahafolon'ny volana Mouharam niaraka tamin'ny andiana miaramila mitaingina soavaly izay mitotaly 30 lahy sy miaramila mpandeha antongotra izay miisa 20 lahy, ary nandefa andiana maromaro ihany koa izy teo akaikin'ilay rano, ka taorian'ny ezaka lehibe izay vao tonga tany amin'ny toerana nisy an'Imamo izany, ka hoy indrindra Imamo tamin'ireo mpanaradia azy : " manatona aty ianareo ary aoka hisotro amin'ity rano ity, satria izy ity no vatsy farany hoanareo, ary aoka ianareo hidio sy hanasa an'ireo fitafianareo aminy, satria ireo

lambanareo ireo no ho lamba hisaloran'ny fatinareo (kafan)".

Rehefa vita izany, dia nanangana fotoam-pivavahana izy ireo, no sady nangataka famelan-keloka tamin'i Tompo, ary nangataka sy nitaraina teo anatrehany, ary nanao toy izany ihany koa ireo mpanaradia azy, "dia ningoningonina tahaka ny renintantely izy ireo, nitolefika niondrika sy niankohoka ary nitsangana ary niondrika tahaka izany hatramin'ny farany".

***<u>Fanontaniana n° 196 :</u>***

Moa ve nisy zavatra niseho tamin'izany alina izany , izany hoe nisy namana vaovao tonga tamin'Imamo Houssein(as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Maro ny nilaza fa : nandritra io alina io dia 32 lahy tamin'ireo miaramilan'i Omar ibni Sa'ad no nizotra nankeny amin'ny toerana izay nisy an'Imamo Houssein (as), mba hiady hoazy, ka dia nisitraka ny fahasambarana sy fahafatesana ho maritiora teo anatrehan'Imamo izy rehetra ireo.

***<u>Fanontaniana n° 197 :</u>***

Tamin'ny andro fahafolon'ny volana Mouharram no nitrangan'ilay fifandonana teo amin'ny roa tonta tao Karbala, ary iza no tamin'ny ilany ankavanana ny tafik'Imamo Houssein (as) ary iza ny tamin'ny ilany ankavia ary iza ihany koa mpitondra fanevan'izy ireo ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Nataon'Imamo (as) tamin'ny ilany ankavananan'ilay tafikiny Zouhair ibni Qin, ary i Habib ibni Mazwahir nataony tamin'ny ilany ankavia, ary nomeny an'ilay rahalahiny Abbas ilay faneva.

Ary araka ny voalaza : nasiany miaramila miisa 20 lahy ny ilany ankavanana niaraka tamin'i Zouhair, ary 20 lahy ihany koa tamin'ny

ilany ankavia niaraka tamin'i Habib, ary Imamo niaraka tamin'ireo ambin'ireo mpanaradia azy teo anivon'ny sahan'ady, ary nataon'izy ireo tao aorian'izy ireo ireo trano lay, ary efa nanome baiko izy ny amin'ny mba hamenoana hazo maika sy ahitra an'ilay lavaka na tatatra izay efa nohadin'izy ireo tao aorian'ilay trano lay izy nisy azy ireo, amin'izay mba hampirehetina amin'ny afo mba tsy hahafahan'ireo fahavalo hanafika azy ireo avy ao aoriana.

***<u>Fanontaniana n° 198 :</u>***

> Moa ve isika afaka nahafantatra ahoana ny fibebahan'i Hour ibni Yazid Ariahi ary indrindra ny mahakasika ny fiverenany tamin'Imamo Houssein (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Imamo Houssein (as) tamin'izay fotoana izay dia nitaingina ny soavalin'ny Mpaminany (sw) ,izay antsoina hoe : "Al-mortajaz, ary dia nitsangana nanoloan'ireo filaharana filaharan'ny miaramila izy, ka teo indrindra no nanombohany niantsoantso hoe : "moa va misy mpiaro afaka hiaro anay, noho ny Tompo Allah ?, moa ve misy fo mangoraka mba hangoraka ho an'ny fianakavian'i Rassoulillah (sw)?".

Ary rehefa nahita an'ireo vahoaka tapa-kevitra ny hiady tamin'Imamo Houssein (as) i Hour ibni Yazid Ariahi, sady rehefa naheno an'ilay antso vonjin'Imamo, dia nitodika tany amin'i Omar ibni Sa'ad, dia hoy izy taminy : ***"moa va hiady amin'io lehilahy io ianao ?",*** dia hoy ny navalin'ny an'i Hour : ***"eny, mba hifantako amin'ny Tompo Allah fa hanao an'izany tokoa aho, ny miady aminy no mora kokoa toy izay ho tapa-doha sy ho tapa-tanana !"*** Dia hoy indry i Hour hoe: "ka moa ve tsy mba nisy akony amin'ireo na iray aza ireo teny nolazainy anareo teo ?", dia hoy i Omar namaly azy : "raha tampelan-tanako ny raharaha dia tsy niady taminy aho, nefa ilay lehibenao no tsy nanaiky ny hanaovana izany".

Ka dia nanatrika ireo olona i Hour no sady nitsangana niaraka tamin'izy ireo, ary nisy lehilahy iray avy tamin'ny foko izay misy azy niaraka taminy teo izay antsoina amin'ny anarana hoe : “Qouratou ibni Qiss”, dia hoy i Hour taminy : “ô ry Qouratou !, moa ve efa nampisotroinao rano ilay soavalinao androany ?”, dia hoy ny navaliny : “tsia”, dia hoy indray i Hour taminy : ***“ka moa ve tsy mila hampisotro azy ianao ?”***.

Taorian'izay dia hoy i Qouratou nanao hoe : ***“mba ifantako amin'ny Tompo Allah, fa izaho dia nihevitra azy ho nanda tsy hiady sy tsy hiatrika an'ilay ady fotsiny, ary nihevitra ihany koa fa izy tsy tia hijery ny zavatra ataon'izy ireo amin'Imamo, ka noho izany indrindra nahatonga ahy niteny taminy hoe : “mbola tsy nampisotroiko raho ilay izy, ka handeha aho izao hanome rano azy”, dia niala teo amin'ilay toerana nisy azy aho, mba hinianako amin'ny Tompo Allah, fa raha ohatra aho nahalala an'izay tena ilainy hatao, dia tsy maintsy nivoaka niaraka taminy aho namonjy an'Imamo Houssein (as)”.***

Dia nanomboka nanatona an'Imamo Houssein (as) tsikelikely i Hour, ary nisy iray avy tamin'ireo fokony izay antsoina hoe : ***“Al-Moujahir ibni Aouss”*** niteny taminy hoe : ***“moa ve efa mila hanafika ianao ry i Aba Yazid ?”,*** nefa dia tsy novaliny izany, ka dia nandositra haingana izy tahaka ny varatra, dia hoy indray i Al-Moujahir taminy : ***“mba hifantako amin'ny Tompo Allah fa tena marina ity fihetsikao ity dia tena mahagaga tokoa, mba hinianako amin'ny Tompo Allah fa izaho tsy mbola nahita anao nanao fihetsika tahaka ny fihetsika izay hitako aminao amin'izao fotoana ankehitriny izao, ary raha sendra misy manontany ahy hoe: iza no mahery fo indrindra amin'ireo mponin'i Koufat ?, tsy hataoko anisan'izany mihitsy ianao, fa inona ity fihetsika ataonao ity e ?”.***

Dia hoy i Hour taminy : ***“tena marina fa izaho izao dia anatin'ny mampisafidy ny fanahiko ny amin'ny afobe sy ny paradisa, ary izaho tsy hisafidy zavatra hafa ankoatra ny paradisa na dia hotapahin-doha aza na koa ho doroina”.***

Rehefa avy teo dia notairiny ilay soavaliny no sady nitodi-doha nankeny amin'Imamo Houssein (as), ary nataony teo ambonin'ny lohany ny tananany tamin'izay fotoana izay, ary hoy izy hoe : ***"tompô !, aminao no iveranako, ka aoka aho havelanao, fa efa mampangoram-po tokoa izy ireo, sy ireo taranaky ny taranak'ilay Mpaminanao".***

Niteny i Abou Ja'afar Atwabari nanao hoe: rehefa nitodi-doha nankeny amin'Imamo Houssein (as) sy ireo mpanaradia azy i Hour dia nihevitra izy ireo fa hiady no anton'ny nandehanany nankeny, fa rehefa nanakaiky an'izy ireo izy dia hitan'izy ireo izy fa nanova fomba fandehanana, najotsony ambany ilay lefona teo am-pelantanany nataony mitovy amin'ny olona izay mila fanampiana.

Rehefa avy teo dia tafahaona tamin'Imamo Houssein (as) i Hour, dia hoy izy tamin'Imamo : ***"milela-paladia anao aho ry zafin'i Rassoulillah, izaho ilay olona izay nisakana anao tamin'ny fiverenana, ary izaho ihany ilay olona nanaraka anao teny an-dalana, izaho ilay olona nitabataba anao teto amin'ity toerana ity, ary tena marina fa izaho tsy mba nieritreritra fa ireo olona ireo dia mila manao ireo zavatra izay nolazainao tamin'izy ireo ireny mihitsy (hamono anao), ary izy ireo tena tsy mahatakatra sy tsy mahita ny voninahitrao na kely aza, ka mba hifantako amin'ny Tompo Allah, fa raha nihaiko fa izy ireo dia mila hamono anao dia tsy nanao ireo zavatra izay nataoko taminao velively aho, ary eto aho dia mibebaka amin'ny Tompo Allah amin'izay rehetra nataoko anao, ka moa ve ianao mahita fa mbola misy fanantenana izany fibebahako izany ?".***

Dia hoy Imamo Houssein (as) taminy : ***"Eny, ny Tompo Allah dia manaiky ny fibebahanao, sy mamela ny fahotanao, ka aoka ianao hidina".***

Ary hoy indray izy tamin'Imamo : ***"ny mitaingina sovaly no tena mety amiko noho ny mandeha an-tongotra, hiady amin'izy ireo aho miaraka amin'ity soavaliko ity ao anatin'ny ora iray, ary tsy hidina avy ety ambon'ity soavaly ity mihitsy aho raha tsy ny fiafaran'ny aiko".***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 196 11/01/2021 16:25:55

Dia hoy indray Imamo taminy : ***“ataovo ary izay sitrakao – ny Tompo Allah anie hamindra fo aminao- amin’izay nanovany ny lalanao”.***

Taorian’izay dia nitodi-doha nankeny amin’ireo vahoaka i Hour, sady nanomboka nitoriteny ho azy ireo (niataona azy ireo hanaraka azy), nefa tsy nisy namaly ny antsony akory izy ireo, tahaka ny miresaka tamin’ny vato no niheveran’izy ireo azy…

***<u>Fanontaniana n° 199 :</u>***

Niteny i said IBNI TWAOUSS nanao hoe : taorian’ny fanipazan’i Sa’ad an’ilay zanatsipikany dia nanipy ny azy avokoa ireo mpanaradia azy, ary tamin’izany fotoana izany injao fa hitako ny zana-tsipika natsipin’izy ireo toa ranon’orana, dia hoy Imamo tamin’ireo mpanaradia azy : mitsangana ianareo, ny Tompo Allah anie hamindra fo aminareo amin’ny fahafatesana izay tsy tsy maintsy hotanteraka, ary fantaronareo fa ireo zana-tsipika ireo dia iraka’ireo vahoaka ho aminareo (anjely haka ny fanahianareo)”.

Ka dia nanatanteraka fanafihana iray ireo mpanaradia an’Imamo, ary hiady nandritra ora iray izy ireo tao anatin’izany fanafihana izany, ka maty tamin’izany vondrona vitsivitsy tamin’ireo mpanaradia an’Imamo, ary araka ny hita ao amin’ny Ryawayatin’i Mouhammad ibni Abi Twalib, dimampolo lahy no maty tamin’ireo mpanaradia an’Imamo tamin’izany fanafihana nataon’izy ireo izany, ka moa ve afaka mahafantatra ny ampahany amin’izy ireo isika ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ireto avy ireo mpanaradia an’Imamo Houssein(as) izay anisan’ny maty martioara tamin’ny fanafihana voalohany izay nataon’izy ireo :

1- ***Nouaim ibni Ajalani.***

2- ***Imaran ibni Ka’ab ibni Haris Al-Ashjai.***

3- ***Hanzwalat ibni Amro Shibani.***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 197 11/01/2021 16:25:55

4- ***Qassitwo ibni Zouhair.***

5- ***Mouqassitwo ibni Zouhair.***

6- ***Kenanat ibni Antiq Taghalbi.***

7- ***Amro ibni Dwobaiat ibni Qiss Atamimi.***

8- ***Dwarghamat ibni Malik Ataghlabi.***

9- ***10 – Amir ibni Moslim Al-Aboudi***, sy ilay andevony izay antsoina hoe : ***Salimo.***

***11– Saifo ibni Abdoullah ibni Malik Al-Aboudi.***

***12– Abdourahman ibni Abdoullah al- Arhabi al-Hamedani.***

***13– Hababo ibni Amir Atimi.***

***14– Amro ibni Jondogni.***

***15– Al-Houlas ibni Amro Al-Azadi Rassibi.***

***16– Noumano ibni Amro Al-Azadi Rassibi.***

***17– Sawaro ibni Abi Omair Anahami.***

***18– Amaro ibni Abi Salamat Adalani al-Hamedani.***

***19– Zahir Moula Amro ibni al-Homqi.***

***20–Joblato ibni Ali Shibani.***

***21– Mas'oud ibni al-Houjaji Ataimi.***

***22– Abdourahman ibni Mas'oud ibni Houjaj Ataimi.***

***23– Zouhair ibni Bashar al-Khath'ami.***

***24– Amar ibni Hessan ibni Sharih Twa'i.***

***25– Moslim ibni Kassir Al-Azadi al-Koufi Atabii.***

***26– Zouhair ibni Salim al-Azadi.***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 198 11/01/2021 16:25:55

***27– 28– Abdoullah, sy i Obeidoullah ibna Yazid ibni Thobaitwo al-Aboudi al-Basri.***

***29– Joundabo ibni Hajar al-Kindi al-Kholani.***

***30– 31– Jounada ibni Ka'anbo al-Answari, ary ilay zanany izay antsoina hoe : Amro ibni Jounada.***

***32– Salim ibni Amro.***

***33– Qassim ibni Habib al-Azadi.***

***34– Bakr ibni Hay Ataimi.***

***35– Jouweino ibni Malik Ataimi***

***36– Oumayat ibni Sa'ad Atwaii.***

***37–Abdoullah ibni Bashir.***

***38– Bashar ibni Amro.***

***39– Al-Houjaj ibni badr al-Basri.***

***40– Aizo ibni Majmoui ibni Abdoullah al-Aizi.***

Ary miampy olona folo avy amin'ireo mpanaradia an'Imamo Houssein (as), miaraka tamin'ireo mpanaradia an'Imamo Ali (as)…, hamafisina fa ny anaran'ny ampahany amin'ireo olona izay mpanaradia ireo dia milahatra tahaka izao manaraka izao :

1- ***Aslamo ibni Amro.***
2- ***Qarib ibni Abdoullah Dou'ili.***
3- ***Mounjagni ibni Sahmi.***
4- ***Sa'ad ibni Harsi.***
5- ***Nasro ibni Abi Neirouz.***
6- ***Harso ibni Nabhani.***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 199 11/01/2021 16:25:55

***Fanontaniana n° 200 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny ampahany amin'ireo tovolahy avy amin'ny taranak'i Hashim izay niaraka maty maritiora tamin'Imamo HOUSSEN (AS) tao Karbala ?

***Valiny :***

➔ Ireto avy ireo tanora lahy avy tamin'ny taranak'i Hashim izay maty martioara niaraka tamin'Imamo Houssein (as) tao Karbala:

1- ***Abi Hassan Ali ibni Al-Houssein (al-Akbar) (as).***
2- ***Abdoullah ibni mouslim ibni Anqil (ra).***
3- ***Mohammad ibni Abdoullah ibni Ja'afar.***
4- ***Aoun ibni Abdoullah ibni Ja'afar.***
5- ***Ja'afar ibni Anqil.***
6- ***Abdourahman ibni Anqil.***
7- ***Abdoullah Al-Akbar ibni Anqil.***
8- ***Mouhammad ibni Mouslim ibni Anqil.***
9- ***Mouhammad ibni Abi Saîid ibni Anqil.***
10- ***Al-Qassim ibni Hassan ibni Ali ibni Abi twalib(as).***
11- ***Abdoullah ibni al-Hassan.***
12- ***Abou bakr ibni Hassan (as).***
13- ***Abdoullah ibni Houssein (as).***
14- ***ABBAS IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as).***
15- ***Abloullah ibni Ali IBNI ABI TWALIB (as).***
16- ***Ja'afar ibni Ali IBNI ABI TWALIB (as).***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 200 11/01/2021 16:25:55

17- ***Osman ibni Ali IBNI ABI TWALIB (as).***

18- ***Abi Bakr ibni Ali IBNI ABI TWALIB (as).***

19- ***Zazalahy izay avy tamin'ireo fianakavian'i Houssein (as).***

***Fanontaniana n° 201 :***

Iza no namono an'Imamo Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny hita ao ami'ny tatitra izay natoan'i Shahr Ashoub, izay nitenenany manao hoe: hiezaka ny hanapaka ny lohamasin'Imamo Houssein (as) i Khoulio ibni Yazid, nefa tampoka teo dia nangovitra sy nangorohoro ny vatany iray manontolo, dia hoy i Shemr (ilay voaozona) taminy : ***"ny Tompo Allah hampalemy ny tananao, fa inona no anton'ny mampangorohoro anao ?"***, rehefa avy teo izy dia nanapaka ny lohamasin'Imamo.

Ary niteny ihany koa i Said ibni Twaous nanao hoe: hamafisina fa i Sounan ibni Annas ilay voaozona dia nidina avy teny ambon'ilay soavalina ka nanapaka ny lohamasin'Imamo Houssein (as) avy teo amin'ny tendany, ary hoy indrindra izy tamin'izany fotoana izany: ***"mba hifantako amin'ny Tompo Allah, fa izaho no olona hanapaka ny lohanao ary izaho dia mahafantatra tsara fa ianao dia zafin'i Rassoulillah, ary fantako ihany koa fa ny rainao sy ny reninao dia olona tsara indrindra",*** rehefa avy niteny an'izany izy dia notapahiny ny lohamasin'Imamo.

***Fanontaniana n° 202 :***

Oviana no namonoana an'Imamo Houssein (as) ary firy taona izy tamin'izany fotoana izany, ary moa ve afaka mba lazalazainao ny mombamomba ny fizarazaran'ny fiainany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 201 11/01/2021 16:25:55

***Valiny :***

➔ Araka ny voalazan'i sheik Moufid ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : "AL-IRSHAD", Imamo Houssein (as) dia maty tamin'ny andro asabotsy fahafolon'ny volana Mouharam, taona iraika amby enimpolo (61Hijri), taorian'ny fahavitan'ny fotoam-pivavahana atoandro ( soalat zohr), novonoina tao anatin'ny tsindrihazolena tokoa izy, ary teo am-paharetana no hiatrehany ny lahatr'Andriamanitra, ary valo amby dimampolo taona izy tamin'izany fotoana izany, folo taona no niarahany niaina niaraka tamin'ilay raibeny, ary telo taona kosa tamin-drainy dia tsy iza izany fa Imamo Ali IBNI ABI TWALIB (as), ary folo taona no niarahany niaina tamin'ilay rahalahiny dia tsy iza izany fa Imamo Hassan (as), ary ny naharitra iraika ambin'ny folo taona no nitondra taorian'ny fitondran'ilay rahalahiny.

***Fanontaniana n° 203 :***

Inona no nataon'izy ireo tamin'Imamo AL-Houssein (as) sy tamin'ireo fianakaviany ary ireo zanany taoriany ny naha maritiora an'Imamo ?

***Valiny :***

➔ Taoriana ny naha maty martioara an'Imamo Houssein (as) ,dia nitsangana ireo miaramila ny ibni Zyad nangalatra ny fananan'Imamo sy ny fananan'ireo fianakaviny, ary nodoran'izy ireo ilay trano lay izay nisy azy ireo, ary dia nobaboin'izy ireo ireo fianakaviany ka noentin'izy ireo avy tao Karbala nankany Koufat ary rehefa avy teo nentin'izy ireo nankany Sham.

***Fanontaniana n° 204 :***

Iza no nandevina ny vatamagatsiakan'ireo maty maritiora, nefa isika miara-mahalala fa ny olona tsy manao fahotana dia tsy azo alevin'olon-kafa ankoatra azy ireo ihany, nefa Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) dia voababo tamin'io fotoana io, ary maro ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 202 11/01/2021 16:25:56

riwayat na lovantsofina izay milaza fa ireo fianakavian'i Assad no nandevina an'ireo vatamangatsiakan'ireo maty maritiora tao Karbala?

***Valiny :***

➔ Tsy miafina amintsika fa araka ireo hadith marina izay misy eo am-pelantanan'ireo manampahaizana mpanaraka ny vondrona Imamiat, na koa ny iarahan'ireo fototry ny vondrona na *mazhabo* izay misy dia samy miara-miaika fa ireo Imamo ihany no miandraikitra ny fanasana ny fatin'ireo Imamo sasany ary toraka izany koa ny famonosan-damba azy ireo ary ny fandevenana azy ireo ihany koa, nefa toa voalaza fa ireo foko Assad no nisahana ny fandevenana ny vatamangatsiakan'Imamo araka ny voalazany, fa ny tena marina Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) no nisahana ny fandevenana an'Imamo Houssein (as), ary tena nabaribarin'Imamo REZA (as) ny momba izany tamin'ny fifamaliany tamin'ireo vondrona Wakifiat, ary koa azo anamafisana izany ilay hadith izay mitondra ny lohateny hoe : "**BASWAIRO ADARAJAT**", izay voalaza fa notaterina avy tamin'Imamo JAWAD (as) izay manamafy fa i NABI (sw) dia nanatrika ny fandevenana an'Imamo Houssein (as) ary toraka izany ihany koa Imamo Ali (as), Imamo Hassan (as), ary ilay lehiben'ireo mpanompo (as) niaraka tamin'ilay anjely Jibril ary indrindra ireo fanahy masina sy ireo anjely izay mpidina ety an-tany amin'ny alin'ny lahatra.

Ary toraka izany ihany koa ilay hadith izay notaterina avy tamin'i Salamat, izany nilazany hoe : sendra niditra tao amin'i Oumo Salamat aho indray andro, hitako izay nigogogo nitomany tamin'izay fotoana izay, dia hoy aho taminy : "inona no mampitomany anao ?", dia hoy ny navaliny ahy : "izaho dia nahita an'i Rassoulillah tao anatiny nofy, ary hitako feno fotaka ny lohany sy ny volom-bavany, dia hoy aho taminy : fa naninona ianao ry Rassoulillah no mihosom-potaka ?, dia hoy ny navaliny ahy: avy nanatrika ny famonoana an'Imamo Houssein (as) aho io".

Ary amin'ireo hadith hafa, hoy i Rassoulillah tamin'i Oumo Salamat: eo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 203 11/01/2021 16:25:56

am-pihadiana ny fasan'Imamo Houssein (as) sy ireo mpanaradia azy aho io( ny tso-dranon'ny Tompo Allah anie hoamin'izy ireo).

***<u>Fanontaniana n° 205 :</u>***

Aiza no nalevina ny lohamasin'Imamo Houssein (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Izaho dia mahafantatra tsara fa misy tsy fitoviam-pijery lehibe eo amin'ireo mpanaraka ny finoana amin'ny ankapobeny ny amin'ny mahakasika ny toerana nandevenana ny lohamasin'ilay lehiben'ireo maritiora, arivo dera anie ho aminy, nefa kosa tsy ahazoana tombony ny fitanisana ny fomba fijerin'izy ireo etoana ny amin'izany.Ny malaza eo anivon'ireo manampahaizana Shia, Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) no nitondra izany any Karbala niaraka tamin'ireo lohan'ireo maty maritiora tao rehetra, ka dia naveriny tao amin'ilay vatany ilay lohany tamin'ny andro faha efapolon'ny nahafatesany, …, izany hoe tamin'ny faharoapolon'ny volana Swafar.

***<u>Fanontaniana n° 206 :</u>***

Moa ve afaka fantarintsika ny vady aman-janak'Imamo AL-Houssein (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niteny Sheik Moufid nanao hoe : enina mianadahy no zanak'Imamo Houssein (as), *ary efatra amin'izy ireo dia lehilahy avokoa :*

1- **Ali IBNI Houssein AL-AKBAR** ary ny anaram-bositrany dia Abou Mouhammad ary ny mamany dia Shahzanan bin kisra Yazdjard

2- **Ali IBNI Houssein AL-ASGHAR** izay fantatra amin'ny anarana hoe (Akbar) , niara maty maritiora niaraka tamin-drainy tany Karbala ary ny mamany dia Laila binti abi Morrat ibni Orwat ibni  Mas'oud Assaqafiat.

3- **JA'AFAR IBNI HOUSSSEIN** (as), ny reniny dia vehivavy avy any



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 204 11/01/2021 16:25:56

Qandwat , ary mbola fony fahavelon'Imamo Houssein (as) dia efa nindaosin'ny fahafatesana, ka izany indrindra no mahatonga tsy voateny firy.

4- **ABDOULLAH IBNI Houssein** (as) , maty maritiora tao Karbala, voan'ny zanatsipika izy tamin'izy teo am-pofoan-drainy.

*Fa ireo zanakavaviny roa kosa dia :*

1- **SAKINAT,** ny reniny dia i ROBABAT zanakin'Imri al-Qissi ary izy io dia renin'i Abdoullah ihany koa.

2- **FATWIMAT,** ny reniny dia Oumou Issac Binto Twalha Ibini Obeidoullah Atamimy.

Ary niteny ny sasany fa i SAJJAD(as) dia tsy iza fa i Ali ilay ampovoany ary i Ali AKBAR, no zanak'Imamo farany lehibe indrindra amin' izy ireo.

Ary hoy i ibn Khashab sy ibn Shahr Ashoub hoe: ny isany zanak'Imamo Houssein (as) dia enina, miampy an'i Mouhammad sy i Ali Asghar, ary miampy an'i Zainab ireo zanany vavy ka noho lasa mitotaly sivy mirahavavy ny fitambaran'izy ireo.

ary araka ny fanisana izay naton'i Sheik Ali ibn Issa Al-Irbilli tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (**KASHFOUL GHOMAT**) notateriny avy tamin'i Kamalo Dini ibni Twalha izay nilazany fa ny zanak'Imamo (as) dia miisa folo, ary sivy tamin'izy folo ireo no fantatra anarana araka ny filazan'i ibn Sharh Ashoub azy, ary miampy an'ilay zanakavaviny fahefatra izay tsy fantatra anarana ihany koa izy ireo.

Ary eto am-pamaranana hoy aho hoe : **i Mouhsin**, dia latsaka fony izy tao an-kibon-dreniny, ny reniny moa dia tsy fantatra anarana, ary tsy ny manamarika fa izy dia niaraka tamin'Imamo Houssein (as) tany Karbala, ary rehefa avy teo dia lasa babo niaraka tamin'ireo babo an'ady tany, ary nitondra vohoka izy tamin'izay fotoana izay, ary dia niala tao an-kibony ilay vohoka tamin'izy ireo teny amin'ny lalana avy any Koufat makany Sham teo amin'ilay tendrom-bohitra izay antsoina hoe : **"JAOSHAN"** tsy dia lavitra an'i Halab izy io.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 205 11/01/2021 16:25:56

## IMAMO SAJJAD (AS)

***Fanontaniana n° 207 :***

Iza moa Imamo SAJJAD(as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB (as).

***Fanontaniana n° 208 :***

Oviana no teraka Imamo Ali IBNI AL-HOUSSEINI (as) ?

***Valiny :***

➔ Misy ny tsy fitoviam-pijery maro eo amin'ireo manam-pahaizana momba ny fotoana nahaterahan'Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as), ny fijery mba azo ianteherana, Imamo dia teraka tamin'ny antsasaky ny volana JAMAD AL-AWALI taona faha 36, na koa tamin'ny fahadimin'ny volana SHA'ABANI taona faha 38 amin'ny fanisan-taona Hijri.

***Fanontaniana n° 209 :***

Moa ve azontsika fantarina iza no reny niteraka an'Imamo SAJJAD (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny renin'Imamo dia i **SHAHRO BANOU** zanaka vavin'i YAZDGERD IBNI SHAHRYAN IBNI PARVIZ IBNI HARMOZ IBNI ANOVA SHIRVAN mpanjaka tany amin'ireo tany tsy arabo (Iran); misy ihany koa ny milaza fa **i SHAZANANE** no anaran-dreniny, izay mitovy dika ihany amin'ny SHAHRO BANOU, araka ny voatatitra avy amin'i HOUR AMOULI ao amin'ny bokiny iray izay milaza manao hoe : ***"ary ny reniny dia manana ny maha izy azy ary be voninahitra, SHA ZANAN zanakavavin'i YAZDGERD , ary izy io dia zanak'i Shahrian tarak'i KAISARA, manana fahasahiana tsy matahotra an'i Kaisara".***

***Fanontaniana n° 210 :***

Moa ve isika afaka milazalaza fohifohy ny tantara ny fivadian'ny renin'Imamo SAJJAD (as) tamin'Imamo Houssein(as) ?

***Valiny :***

Araka ny notantarain'i sheik MOUFID (hamindra-fo aminy anie Allah), rehefa Imamo Ali (as) nampitantana an'i HARES IBNI JABIR ny ilany atsinanana tamin'ny fanjakany,ka dia nalefany tany aminy roa vavy tamin'ireo zanan'i YAZD GERD IBNI SHAHRIAN, ka ny iray amin'izy ireo dia nampanambadiany an'ny zananany Houssein (as) dia tsy iza izany fa i SHAHR BANOU, ka dia niteraka an'i ZAINOUL ABIDINA (as), ary ny iray hafa kosa dia nampanambadiny an'i Mouhammad ibni abou bakr ka dia niteraka an'i KASIM izay raiben'Imamo SWADIQ (as) avy amin-dreniny, i KASIM sy Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) dia zanak'olona mpirahavavy.

***Fanontaniana n° 211:***

Iza no anarana fiantsoana an'Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as) ary iza avy ireo anaram-bositra izay nentiny ?

***Valiny :***

➔ Ny anarana fiantsoana azy tena malaza dia i ABOU AL-HASSAL sy ABOU MOUHAMMAD, fa ireto kosa ny anaram-bositra izay nentiny :

Ny tena nahaizany besinimaro azy dia : **ZAINOUL ABIDINA, sy SAIDO SAJIDINA, ZAKIO, AL-AMINO, SAJJAD, ary ZOL-SAFINATI**.

***Fanontaniana n° 212 :***

Fa maninona Imamo Ali IBNI AL-Houssein(as) no nomena ny anaram-bositra hoe : **"SAJJAD"** ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 207 11/01/2021 16:25:56

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra nataon'ibn Babawey avy amin'Imamo BAKIR(as), niteny Izy nanao hoe : "tena marina fa i dadako, Ali IBNI AL-HOUSEIN, isak'izy mahatsiaro ny fahasoavan'ny Tompo Allah dia manao soujoud, ary tsy nisy fotoana izay namakiany ny andalana izay misy soujoud ao amin'ny kor'any ka tsy ho nanao soujoud izy, ary tsy mbola nisy ihany koa fotoana izay niarovan'ny Tompo Allah Azy amin'ny ratsy ka tsy ho nanao soujoud Izy, tsy mbola nisy fotoana izay avy nanao soalat na nanao fivavahana izay tsy maintsy atao ireny izy raha tsy nanao soujoud, ary isaky ny avy mandamina olon-droa izy dia manao soujoud, ka noho ny vokatr'izay soujoud maro nataony izany dia lasa nisy mariky ny soujoud ny handriny ka noho izay indrindra no antony niantsoana azy "SAJJAD".

***Fanontaniana n° 213 :***

Fa maninona no natsoina hoe : **"ZOL SAFINATI"** Imamo Ali IBNI AL-Houssein ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay azo avy amin'Imamo BAKIR(as), niteny izy nanao hoe : "tena marina fa teo amin'ny handrin'ny raiko dia nisy zavatra nitsiry noho ny vokatry ny soujoud, ka indroa isan-taona izy no manapaka izany, ary amin'ireo toerana dimy fanaovana soujoud no tapahiny satria amin'ireo toerana ireo no misy zavatra mitsiry."

Niteny ireo manampahaizana manokana momba ny fiteny arabo : "ny safinat dia iray amin'ireo safianaat (trongo) misy eo amin'ny apondra, ary izy io dia izay ampahany amin'ny vatany izay mikasika tany matetika ka noho ny akon'izay fikasohana izay dia lasa misy trongo, tahaka ireo lohaliny roa sy izay rehetra tahaka izany; ka noho izay fatantra fa noho ny hamaroan'ny soujoud izay nataon'Imamo dia lasa nisy trongo teo aminy felantanany, teo aminy lohaliny roa, noho ny hafanan'ilay soujoud, ka lasa nisy trongo tahaka ireo apondra ihany koa Izy, ka indroa miantaona Izy no manapaka izany nefa mbola mitsiry ihany izany aty aoriana.

***Fanontaniana n° 214 :***

Iza no nanome an'Imamo Ali IBNI AL-Houssein(as) ilay anaram-bositra hoe : "ZAINOUL ABIDINA" ?

***Valiny :***

➔ Volaza fa i ZAHRI, isaka izy miresaka momba an'Imamo Ali IBN AL-Houssein (as) dia miteny manao hoe : "niteny tamiko i ZAINOUL ABIDINA Ali IBN AL-Houssein"; ary niteny azy i SOFIAN IBNI AINIAT nanao hoe : "fa manino kay izy antsoinao hoe: "ZAINOUL ABIDINA" ?

Dia hoy i ZAHRI namaly azy nanao hoe : "satria nihenoko i SAIID IBNIL MOSAIB nitantara avy amin'i ABASI fa i Rasoulillahi(sw) niteny nanao hoe : "rehefa hiantso ilay mpiantso amin'ny andro farany hanao hoe: ***"aiza ilay haingon'ireo mpanompo (ZAINOUL ABIDINA) ? Dia toa mahita an-janako Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB aho manivakivaka eo ampovoan'ilay filaharam-be".***

***Fanontaniana n° 215 :***

Fa maninona Imamo SAJJAD (as) no nomena ny anaram-bositra hoe : "**ZAINOUL ABIDINA**" ?.

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe: "KASHFOL QAMAT", ny antony niantsoana Azy hoe : "ZAINOUL ABIDINA" dia noho Izy rehefa amin'ny alina mitsangana eo amin'ilay toerana fanaovany soalat manatanteraka ampiezahana ny asa fanompoana, ka teo indrindra no nisehoan'i SHAITWAN taminy izay naka endrika bibilava mba hanelingelina azy amin'ny asa fanompoana izay ataony, nefa Imamo tsy taitra na mba nitodika tany aminy, fa notohizany ihany ny asa fanompoana izay nataony, mbola teo ihany Shaitwan, ka vao maika nanantona ny ankihben'Imamo ka dia nokaikeriny izany, nefa mbola tsy niraharaha azy ihany Imamo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 209 11/01/2021 16:25:57

sady tsy mba nitodika any aminy, naheno narary Imamo, nefa tsy mba notapahiny ny asa fivavahana izay nataony, rehefa vita ny soalat ny Imamo, nabaribarin'ny Tompo Allah Azy ny tena endriny, ka teo indrindra no nahatsapan'Imamo azy fa Shaitwan izy, rehefa fantatr'Imamo izany dia nozonin'Imamo izy ary nofetahany tehamaina ary niteny azy Imamo nanao hoe: " matahora an'Andriamanitra ry ilay voaozona", dia nandao Azy i Shaitwan, rehefa nitsangana Imamo teo ampahataperan'ny asa tsara nataony izany dia naheno feo nefa tsy hitany ilay mpiteny, ary izany feo izany dia niantsoantso intelo nanao hoe : "IANAO DIA (MODELY) HAINGON'IREO MPANOMPO" izany midika hoe : "ANTA ZAINOUL ABIDINA", rehefa niparitaka izany vaovao izany dia tsy niala teo ambavan'ny besinimaro ka dia nantsoina tamin'izany anaram-bositra izany Izy.

***__Fanontaniana n° 216 :__***

Moa ve isika afaka mahafantatra sy milaza ambangovangony ny mahakasika ny hamaroan'ny fanompoana izay nataon'Imamo SAJJAD (as) ?

***__Valiny :__***

➔ Tena marina, tsy vita tanisa eto mihitsy ny hamaroan'ny asa fanompoana izay nataon'Imamo, tamin'ny vanin'androny, raha ny resaka fanompoana no hasian-teny dia tsy nanam-paharoa Izy, ary manamarina izany ny resaka izay nataontsika tetsy ambony mahakasika ny anaram-bositr'Imamo iny, ampy hilazana fa tsy nisy nitovy aminy raha ny amin'ny asa fanompoana, tsy mbola nisy olona nanana fahafahana nanao fanompoana toa an'i AMIROUL MOMININA(as), fa raha ny amin'ny Imamo SAJJAD (as) kosa dia toy izao: Izy dia manao soalat na fanompoam-pivavahana arivo rakat andro aman'alina, ary rehefa miditra ny fotoan'ny fananganana soalat, mangovitra ny vatany ary mivadika mavo ny lokon'ny tarehiny, ary rehefa mitsangana hanao soalat Izy dia toa hazo, tsy mba mihetsika mihitsy ankoatra izay azon'ny rivotra ahetsika



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 210 11/01/2021 16:25:57

foana, rehefa tonga eo amin'ny famakiana "ALHAMDO" indrindra fa rehefa eo am-pamakiana ilay andalana manao hoe : "MALIKO YAOMI DINI" , dia averimberiny izany hatramin'ny fofonainy aza te hiala, ary rehefa manao soujoud tsy mba mitraka mihitsy raha tsy efa mipotrapotraka ny hafanany, Izy dia tena nanome lanja fatratra ny asa fanompoana , manao soalat amin'ny alina ary manao saomo na fifadian-kanina amin'ny atoandro, ka noho ny fanaovany an'izany dia lasa nisy akony tamin'ny vatany ilay izy, ka rehefa hamonjy ilay fandriany Izy hatory dia toy ny zazakely tena mandady; ary miditra ny volana masina ramadany dia tsy miteny mihitsy izy ankoatra eo am-panaovana dua na fangatahana sy ny eo am-panaovana tasbih ary eo am-pangatahana famelan-keloka. Ary Izy dia nanana lamba kely izay famonosany ny TORBATOUL Houssein izay tsy mba niala taminy mihitsy, ary io no fampiasainy rehefa manao soujoud Izy.

***Fanontaniana n° 217 :***

Tena marina fa Imamo dia manana teny mamy maro izay mifono anatra, ka moa ve afaka mitanisa roa amin'izy ireo ianao mba hankatsika anatra ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitanisa izany isika:

1. Nisy nitatitra avy amin'Imamo SAJJAD(as) izay nilaza nanao hoe: "***gaga aho amin'ireo olona izay mitandrin-tena amin'ny fihinana sakafo iray noho ny loza mety haterak'izany, nefa ahoana no tsy mba mitandrin-tena amin'ny fanaovana fahotana izay hifatotra eny ambozon'izy ireo***" ?

2. Niteny ihany koa Imamo nanao hoe : "***voamafy ireo taranak'i ADAMA, isan'andro izy ireo dia miaina miaraka amin'ny loza na olana telo izay tsy mba misy na iray amin'izy ireo omen'izy ireo lanja eo amin'ny fiainan'izy ireo, nefa raha mba nomen'izy ireo lanja izany dia tsy mba nisy olana teo amin'ny fiainan'izy ireo ary tsy nifikitra amin'ny raharahan'izao tontolo izao izy ireo***".



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 211 11/01/2021 16:25:57

Ka ny voalohany amin'izany loza izany dia : "tsy inona izay fa ny fotoana izay hihenan'ny androm-pianany, nefa rehefa mihena na misy fahabangana eo amin'ny harenany dia miezaka mafy izy hamerenany izany, nefa ilay vola aman-karena dia zavatra havela ety ambony tany, fa ny taona na ny androm-piainana tsy misy zavatra mahasolo azy na iray velively aza."

Ny loza faharoa dia : ***"miezaka izy ireo mitady ny anjara masoandrony, raha ohatra ka halaly izany dia hahazo valisoa izy ireo nefa kosa raha haramo dia hahazo sazy izy ireo"***.

Ary ny loza fahatelo farany, izay lehibe noho ireo roa voalaza etsy ambony , nisy nanontany nanao hoe : ***"inona izany ?"*** dia hoy Imamo nanao hoe : ***"isaky ny andro iray mandalo eo amin'ny fiainan'izy ireo dia hampanakaiky an'izy ireo mankany amin'ny andro farany izay tsy fantatra na rehefa tonga izany na izy ireo hiditra afo be na hampidirana paradisa."***

***<u>Fanontaniana n° 218 :</u>***

Araka ny voaray avy amin'ireo hadith na riwayat maromaro, i Mouhammad ibni Hanafiat ibni Ali IBNI ABI TALIB dia nilaza ny tenany ho Imamo aorian'Imamo AL-Houssein(as), ka noho ny antony izany indrindra no nahatonga azy sy Imamo SAJJAD(as) nandeha teo amin'ny vato mainty ao amin'ny KABAT mba hanontany an'ilay vato izay tena Imamo mpandimby amin'izy roa lahy, ka tamin'izay fotoana izay, niteny ilay vato fa Imamo SAJJAD(as) no Imamo mpandimby, ka dia nandeha i Mouhammad ibni Hanafiat nefa talohan'izay dia nanamafy fa Imamo SAJJAD(as) no tena Imamo fa tsy izy; araka ny voaray avy amin'ny riwayat sasany, norohan'i Mohammad ibni Hanafiat ny tongotrin'Imamo sady niteny izy nanao hoe : "ny Imamatou dia voatokana hoanao".

Aiza ho aiza ny fahamarinan'izany hadith izany, fa maninona

i Mouhammad ibni Hanafiat nanao izany, ary raha tena nisy marina izany zavatra izany, moa ve misy tanjona manokana ny amin'izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena nisy marina izany zavatra izany fa saingy ny tanjona tamin'izany dia ny fijerena ny tombontsoa manokan'ireo shia ary amin'ny ankapobeny dia fijerena ny tombontsoan'ireo mpino islamo rehetra, ary izany araka ny voalaza ao amin'ny boky izany mitondra ny lohateny manao hoe : "HADIKATOU SHIA", izany no natao noho ny fanalana na fanesorana ireo ahiahy izay misy eo amin'ireo olo malemy ara-pinoana sy ara-pahalalana sy ireo izay mpihevitrevi-poana, ary i Mouhammad ibn Hanafiat nila naneho tamin'ireo izay mihevitra fa izy no Imamo, fa ny toeran'ny imamat dia voninahitra voatokana hoan'Imamo SAJJAD (as), ary izy tsy nanana eritreritra na kely aza hifanditra amin'ny Imamo ny momba ny imamat, i Mouhammad tena marina tsy mbola naheno na ny rainy na rahalahiny niteny fa izy no Imamo, ary izy tsy hoe naheno nefa mody nikipy ka tsy hahita ny fahamarinana, izy dia olona manana ny maha izy azy ka tsy eken'ny saina mihitsy ny hitenany zavatra izay tsy marim-pototra, ho porofon'izany, ny irakan'i Allah dia nilaza na nanafatra fa hahazo zazalahy izy na zafikely, izay hateraky ny vehivavy avy aminy taranaky ny Hanifat, ary izy io dia hitondra anarana izay mitovy amin'ny anarany sy anaram-piantsoana izay hitovy amin'ny anaram-piantsoana azy ihany koa, izay tsy azon'iza na iza atao ny manambatra ny anarako sy ny anaram-piantsoana ahy (kaniaty) hoy Rassoul (sw) ankoatra an'ilay mpijoro amin'ny taranak'i Mouhammad, izay mpandimby faha roa ambin'nyfolo izay hameno fahamarinana sy fahitsiana ny tany aorin'izy feno faharatsiana sy tsindrihazolena, ka hono izany indrindra dia nomen'i Amiroul mominina anarana MOUHAMMAD izy ary nantsoiny amin'ny anarana fiantsoana an'ny Mpaminany ihany koa izy, dia inona izany fa Aboul Kasim, ary tsy manam-paharoa na mitovy amin'ny io Mouhammad ireo raha



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 213 11/01/2021 16:25:57

ny resaka fahalalana, fitandremana, fiezahana,ary fatahorana no asian-teny; Imamo faharoa ambin'ny folo aza hain'ny Mouhamad ibn Hanafiat ny tantarany sy mombamomba azy, mba mitombina ve izy ho variana amin'ny momba ny Imamo amin'ny vanim-poana izay misy azy, ka hisandoka ny zavatra izay tsy azy sy tsy ananany zo ?

Ary ny porofo amin'izany, na dia teo aza ny fijoroana vavolombelona izay nataon'ilay vato mainty iny, mbola maro ihany ny olona izay nanana finoana fa izy ( M. ibn Hanafiat) dia Imamo tamin'io fotoana io na dia teo aza fandavany an'izany teo anatrehani'izy ireo, mbola notohizan'izy ireo ihany izany finoan'izy ireo diso izany ka dia lasa namorona zavatra tsy marina indray taty aoriana fa i Mouhammad ibn hanafiat dia nijanona ho velona foana, ary misy amin'izy ireo ihany koa ny tsy nitsahatra nilaza fa izy dia velona ka nipetraka tao amin'ilay lava-bato izay eny amin'ilay tendrombohitra antsoina hoe : "RADWAOY", izy io dia tendrombohitra manakaiky an'ny Madinnat, nitoka-monina sady manatanteraka ny asa fanompoana. Ary izy ireo dia mino fa izy io dia ilay MAHDI izay andrasan'ny besinimaro ho avy hanavotra izao tontolo izao, ary ny Tompo Allah dia mampidina rano sy tantely ho azy amin'izay izy tsy mba ho mosary ary tsy mba hangetaheta.

Ary ity misy andalana efatra amin'ny tononkalo izay avy amin'iray amin'ireo mpanaradia azy : (dikany manakaiky)

— Ilay zafikely izay tsy nanandrana ny fahafatesana

— Hitari-dalana ireo miaramila mpitaingina soavaly miaraka amin'ilay faneva

— Niafina izy ka tsy hita eo amin'ireo mpanara-dia azy intsony.

— Tao amin'ny Radawoy misy rano sy tantely ao aminy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 214 11/01/2021 16:25:58

***Fanontaniana n° 219 :***

Maro ireo tononkalo izay enontsika avy tamin'i FARAZDAK izay midera sy mankalaza an'Imamo SAJJAD (as), nefa tsy dia haintsika loatra ny tantan'izy io, moa ve afaka manazava izany ho anay ianao ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voatatitra avy amin'ireo boky maromaro izay manana ny maha izy azy, i HESHAM IBNI ABDOUL MALIK IBNI MAROWAN, iray amin'ireo taona izay nitondra an-drainy dia sendra nandeha nanao fivahiniana masina tamy Makkat, teo am-panaovana tawafo izy dia nikasa ny hisambotra ilay vato mainty nefa tsy tanteraka izany noho ny hamaroany olona diso tafahoatra, ka dia nanaovan'izy ireo minbar(rairay) teo mba nitsanganany eny amboniny mba hahafahany mandray Tanana ilay vato, ka nanao tawafo nanodidina azy ireo olona avy any **Shami (Sirie).**

Fa teo amin'izany toerana avo misy azy indrindra izy no sendra nahatazana an'i Ali IBNI AL-Houssein(as) manao akanjo sy lambahoany, ary miavaka tokoa Imamo tamin'izany fotoana izany no tsy misy olona toa azy raha eo amin'ny fananana fofona tsara sy fananana tarehy tsara, ary hita misy mariky ny soujoud eo anivon'ny handriny, nanomboka nanao tawafo Imamo, ary rehefa tonga teo amin'ilay vato mainty Izy, niondrika ireo olona mba ho fanajana sy fanomezam-boninahitra Azy; ka nahatezitra an'i Hesham ny fahitana izany, teo dia nisy olona iray avy amin'ireo vahoakan'ny Shami nanontany an'i Hesham nanao hoe: "iza ity olona izay tena hajain'ny olona mihoatra ilay vato mainty ity ?, ka dia hoy i Hesham namaly azy nanao hoe : "tsy fantatro mihitsy iza izy ity, nefa tsy mba taitra aminy ireo vahoakan'i Shami! , sendra teo i FARAZDAK tamin'io fotoana io ary dia namaly an'i Hesham nanao hoe : "nefa aho dia mahafantatra azy", ka dia hoy ilay lehilahy avy any Shami tamin'ny Farazdak : "iza kay izy io ry ABA FIRAS", dia hoy i Farazdak namaly azy :



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 215 11/01/2021 16:25:58

- “ity ilay mahalala azy avokoa ny mponi Makat sy ny manodidina azy.
- Na ity trano (kabat) ity na ireo toerana fanaovana ihramo(lamba fisikinana rehefa manao hajj) ary rehefa mitodi-doha hody izy dia mahatsapa ny fisiany ny tany ary mahalala iza izy.
- Ary ity ilay olona manamboninahitra indrindra eo anatrehan’ny rehetra.
- Ary izy dia ilay mpatahotra ilay madio ilay manam-pahalalana.
- Rehefa mahita azy ireo Qoraishi dia midera azy fa ny fahalalany dia tsy mba manam-paharoa.
- Noho ny haben’ny voninahiny, na ilay vato mainty aza toa nanana firehentam-po ny hitsapa na te hanoroka azy ihany koa rehefa Imamo nitsapa sy nanoroka azy.
- Ny fandavanao Azy dia mitory fahalemena sy fahabangana ho anao fa tsy ho azy velively, satria izy dia olona izay fantatry ny besinimaro, na ireo arabo na ireo tsy arabo, na dia odianao tsy hay aza izy tsy hampiova inona eo aminy mihitsy izany.
- Io olona izay odianao tsy fantatra ny momba azy sy ny toetrany ary finoany io ry Hesham dia zanak’i FATIMATOU ZAHRA, ary ny raibeny dia i Mouhammad IBNI ABDOULLAHI ilay iraka farany, tsy misy toa azy amin’ny lafiny firazanana.
- Tsy maintsy atao ny misaotra azy ireo aorian’ny fisaorana an’ny Tompo Allah, satria izy ireo dia loharano fakan’ny olona ny finoany izay fahasoavana naidin’ny Tompo Allah hoan’ny olona amin’ny alalan’izy ireo.
- Ny fitiavana azy ireo dia aro amin’ireo ratsy sy ireo loza, ka amin’ny alalan’izy ireo ihany koa no hahazoana ny fahasoavana rehetra.
- Izy ireo dia imamon’ireo mpatahotra sy mpino an’Andriamanitra, ary izy ireo dia tsara indrindra eo amin’ny mponin’izao tontolo izao.

- Izay mangataka zavatra amin'izy ireo dia tsy maintsy omen'izy ireo, izy ireo tsy mba miteny hoe "La" izay midika hoe : "tsia" eo amin'ny fiainan'izy ireo, ankoatra ny manao shahadatainy : " ashhad ana la illaha ila laha……..".

Taorian'izany tenin'i FARAZDAK izany dia tezitra i Hesham, ka dia nosakanany ilay fanomezana tokony homena an'i Farazdak, ka dia nomeny baiko ireo miaramilany mba hisambotra azy, ka dia nogadrain'ireo tao Isfani (tanàna iray izy io izay hita eo afovoan'ny Madinat sy Makat) i Farazdak, rehefa naheno an'izany Imamo dia olona tany aminy izay nampitondrainy vola izay mintetina 12000 derham, sady niteny azy Imamo hoe : "miala tsiny ry Aba firasy, fa raha nanana maromaron'iny zahay dia tsy maintsy nalefanay tany aminao", nefa nolavin'i Farazdak izany, ary hoy izy tamin'Imamo : "ô ry zanak'i Rassoulillahi, ny antony nitenenako ireny zavatra noteneniko ireny dia noho Andriamanitra sy ilay irany, ary izaho tsy mila na inona na inona", dia naveriny tany amin'Imamo ilay fanomezana, dia hoy indray Imamo taminy : "raiso le izy azafady, fa hain'ny Tompo Allah foana ny ao amponao ka ekeny ihany izany finiavanao izany".

Araka ny azo avy amin'ireo mpitantara sasany, nogadraina fotoana lava be mihitsy i Farazdak, ary norahonan'i Hesham ho faty mihitsy aza izy, noho izany indrindra no nahatonga azy nitaraina tamin'Imamo(as) ka niangaviany Azy mba hanao dua (na hivavaka hoazy) mba ho votsotra amin'izany figadrana izay mahazo azy izany, ka dia neken'Imamo izany fangatahany izany. Rehefa novotsorana izy dia tonga tany amin'Imamo ka dia nitaraina taminy ihany koa fa nesorin'i Hesham tao anatin'ny "DIVAN : lisitra izay misy ny anaran'ireo mpahay tononkalo ary amin'ny alalan'io no fahazoan'izy ireo fanampiana" ny anarany, ka nanontany azy Imamo nanao hoe: " firy kay ny fanomezana izay fiomeny anao?", dia nambaran'i Farazdak Azy izany, ka dia nomen'Imamo baiko ireo olona akaiky azy mba hanome an'i Farazdak izay ampy azy mandritra ny efapolo taona, dia hoy Imamo taminy : "raha fantatray fa mila fanampiana maro ianao dia nomenay izany", mbola tsy tapitra ny efapolo taona dia efa nindaosin'ny fahafatesana i Farazdak.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 217 11/01/2021 16:25:58

***Fanontaniana n° 220 :***

Inona marina ny zavatra nandalo tao HIRAT ?

***Valiny :***

➔ Izy io dia olana nisy teo amin'ny mponin'ny Madinat sy ireo miaramilan'i Yazid tao Madinat, niseho izany olana izany taorian'ny fikomiana izay nataon'ny mponin'i Madinat, tamin'ny alalan'ny fandroahan'izy ireo, ireo mpiasan' Yazid tao Madinat, ka ireto avy izany: Osmani ibni mouhammad ibni abi sofiani , niaraka tamin'i Morwani ibni al-hakam, sy ireo fianakaviana izay avy amin'ny taranak'i Mowayat; ireo mponin' Madinat dia lasa nahasahy niteny ireo ratsy fataon'Yazid sady nandefa loza sy nanozona azy, ary nandatsa azy fa izy dia mpamono ireo taranak'ny Mpaminany, ary niteny ihany koa izy ireo fa i Yazid dia mpanambady fady, mpanambela ny sowalat, mpisotro toaka, ka dia nanendry an'i Abdoullahi ibn Hantwanat ilay mpanasa ireo anjely izy ireo.

Rehefa enon'Yazid izany raharaha izay nandalo tao Madinat, dia nandefa an'i Moslim ibni okbat izy, izy dia malaza fa tena manana fo vato sy tena olon-dratsy tokoa, novonoiny avokoa ireo manam-boninahitra izay manam-paharetana, niteny i ibn Kotaibat nanao hoe: nahatratra (1700) fitonjato sy arivo ny isan'ireo maty tamin'ireo Qoraish, Al-answar ary ireo Mohajirina tamin'ny raharahan'ny HIRAT, ka ny olona tsy anatin'ireo andiany telo izay voalazantsika ireo dia nahatratra (10000) iray alina ny isan'ireo maty, ankoatra ny zaza amam-behivavy.

***Fanontaniana n° 221 :***

Firy ireo maty tamin'ny taranak'i Abi Talib ary firy tamin'ny taranak'i Hashim izay tsy avy amin'ny taranak'i Abi Talib tamin'ny raharahan'ny HIRAT ?

***Valiny :***

➔ Niteny Abou al-faraj : “tena marina fa ny isan'ny maty tamin'ny taranak'i Abi Talib dia roa ihany, ka ireto avy izany : i Abou Bakr ibni

Abdoullahi ibni Ja'afar ibni Abi Talib sy Aouni al-askar izay mbola zanak'i Abdoullahi ibni Ja'afar ihany koa.

Niteny al-Masoudi : "ny maty tamin'ny taranak'i Hashim izay tsy anisan'ireo taranak'i Abi Talib, dia i al-Fadlou ibni Abbas ibni rabiat ibni al-haris Abdoul Motalib, sy al-Hamzatou ibni Noufeili ibni Al-Haris, ary al-Abbas ibni otbat ibni abi Lahab."

***<u>Fanontaniana n° 222 :</u>***

Taiza Imamo SAJJAD (as) tamin'ny raharahan'ny HIRAT ary nanao ahoana ny fihetsiny nanoloana izany raharaha izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Taorian'ny famonoana ireo mponin'ny Madinat sy ny fandrobana azy ireo izay nataon'i Moslim ibni Okbat al- mary , dia niantso ireo vahoaka izy mba hanao bayat (na fanehoanam-pakatoavana) an'i Yzid izy, izany fanekena fa ho andevon'i Yzid izy ireo, izay tsy tonga manatona azy hanantateraka izany dia tapahin-doha, ka noho izany indrindra dia tonga nanao bayat na fanekena izany ny mponin'ny Madinat rehetra ankoatra an'Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) sy Ali ibni abdoullahi ibni Abaas, nefa tsy nasian'ny Moslim olana izany, satria ny fianakavian'i Ali ibni Abdoullahi avy amin-dreniny dia anisan'ireo miaramilan'i Moslim ka izany indrindra no nahatonga azy tsy nanisy olana taminy sy tamin'Imamo.

Tamin'izany fotoana izany Imamo dia teo amin'ny fasan'ny Mpaminany (sw), manirery izy tamin'izay fotoana izay, sady nanao doua izy tamin'io fotoana io izay manao hoe : "ô ry tompon'ny lanitra fito sy izay rehetra mialoka eo ambaniny, sy ny ireo tany fito sy izay rehetra ao aminy (eo amboniny), ilay tompon'ny fiandrianana lehibe, ilay tompon'i Mouhammad (sw) sy ireo fianakaviany masina sy madio, mangataka fiarovana aminao aho noho ny haratsiany (Moslim), mangataka fiarovana aminao amin'io fandetana atao io, ka mangataka aminao ihany koa aho mba homenao ahy tsy tsara, ary mba harovanao aho amin'ny ratsiny.

Ka tonga teo amin'i Moslim Izy sady tsy tena tsy milamin-tsaina, tena marina fa i Moslim dia efa nanasa Tanana taminy sy tamin'ireo raibeny masina, ka rehefa nahita an'Imamo i moslim tonga teo aminy, dia nangozohozo ny vatany, ka dia nitsangana izy mba hofanajana an'Imamo, rehefa taorian'izay dia nasainy nipetraka teo anilany ihany koa Imamo, ary hoy izy tamin'Imamo: "anontanio ahy ny zavatra ilainao", nefa tsy nanontany azy izy na iray aza, izay olona tongavany dia tsy maintsy ho tapahin-doha amin'ny sabatra, dia lasa izy nandao azy ampahendrena.

***__Fanontaniana n° 223 :__***

Oviana no nitranga ny raharahan'ny HIRAT ?

***__Valiny :__***

➔ Tamin'ny faha 28 ny volana zil hajji taona 63 hijri, izany hoe roa volana sy tapany talohan'ny nahafatesan'i Yazid.

***__Fanontaniana n° 224 :__***

Oviana no nindaosin'ny fahafatesana Imamo SAJJAD (as) ?

***__Valiny :__***

➔ Tsara ho fantatra etoana fa misy tsy fitoviam-pijery eo amin'ny fotoana nahafatesan'Imamo, fa ny tena malaza eo amin'ny besinimaro dia nindaosin'ny fahafatesana Izy tamin'iray amin'ireo vanim-potoana telo manaraka ireto :

1) Faharoa ambin'ny folon'ny volana moharam taona 94 na 95 hijri.
2) Fahavalo ambin'ny folon'ny volana moharam taona 94 na 95 hijri.
3) Fahadimy amby roapolon' ny volana  moharam taona 94 na 95 hijri.

***__Fanontaniana n° 225 :__***

Inona no anarana niantsoana ny taona nahafatesan'Imamo SAJJAD (as) ? Ary inona no antony niantsoana izany amin'izany anarana izany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 220 11/01/2021 16:25:59

***Valiny :***

➔ Ny anarana niantsoana ny taona izay nahafatesan'Imamo dia "SANATOUL FOKAHA" na taonan'ireo mpanam-pahalalana, ny antony nahatonga izany dia noho ny hamaroan'ireo ulama na ireo manampahaizana maty tamin'izany fotoana izany.

***Fanontaniana n° 226 :***

Firy taona Imamo SAJJAD (as) no nindaosin'ny fahafatesana ?

***Valiny :***

➔ Misy tsy fitoviam-pijery ihany koa eo amin'ny taonan'Imamo teo am-pahafatesany, fa ny maro mpiteny dia ny taonany tamin'izy nandao izao tontolo izao dia fito amby dimampolo 57 taona tamin'izay fotoana izay, araka ny voalazan'i SHEIK KOLEINI izay avy tamin'Imamo SWADIQ (as), niteny Imamo nanao hoe : "fito amby dimampolo taona no nindaosin'ny fahafatesana i Ali IBNI AL-Houssein (as), tamin'ny taona 95, Izy dia niaina 35 taona taorian'ny nahafatesan'Imamo AL-Houssein (as)".

***Fanontaniana n° 227 :***

Ahoana ny nahafaty an'Imamo ary iza no namono Azy ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra azo avy amin'ireo vaovao marim-pototra izay eken'ny besinimaro, Imamo dia maty nopoizinina, ary inoana araka ny voalazan'ibn Babawei sy vondrom-pinoana sasany fa i AL-Walid ibni Abdoul Malik no nanome poizina Azy, ary niteny ihany koa ny sasany fa i Hesham ibn Abdoul Malik no nanapoizina an'Imamo.

Mety mitombina ilay teny hoe i Hesham no namono an'Imamo iny, satria mety ho anton'izany, i Hasham dia nanana fifahavalozana sy lolom-po tamin'Imamo, anisan'izany ny hatezerany tamin'Imamo izay nitsapa an'ilay vato mainty na Hajar al-Aswad rehefa sendra nanao ilay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 221 11/01/2021 16:25:59

fihodinana fito na antsoina Tawaf izy ireo, ka nanomboka tamin'izany tsy levon'ny vavonin'i Hesham ny momba Imamo,indrindra fa nampian'ilay tononkalo izay nataon'i Farazdak izay feno fiderana an'Imamo iny, izay voalazantsika tamin'ny fanontaniana tetsy ambony, ary izany ihany koa dia antony iray izay nanosika ny rahalahin'i Hesham dia tsy iza izany fa i Al-walid (governoran'ny Madinat tamin'ny izany fotoana izany) hanapoizina an'Imamo, ka noho izany azo lazaina fa izy roa ireo no niara-nikomy hamono an'Imamo SAJJAD (as).

***Fanontaniana n° 228 :***

Inona ny hafatra na wasiat izay nataon'Imamo tamin'ilay zanany Imamo BAKIR (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'ilay sheik itokisana dia tsy iza izany fa i Ali ibni Mouhammad al-Khazazi al-Qomi ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : "KIFAIAT AL-ASSAR", niteny hoy izy i Osman ibni Khikid nanao hoe : "rehefa nanarary i Ali IBNI AL-Houssein (as) tamin'io aretiny nahafaty azy io, dia vory teo aminy avokoa ireo zanany, anisan'izany i Mouhammad, i Hassan, i OMAR, i ZAID, ARY Houssein, ka dia nametra wasiat na hafatra tamin'i Mouhammad IBNI Ali(as) izy, ary nomeny anaram-piantsoana na koniat hoe BAKIR izy, ary napetrany taminy ny raharahan'izy ireo, ka dia toy izao manaraka izao ny wasiat nataon'Imamo tamin-janany : " ô ry zanako !, tena marina fa ny saina dia mpisavalalana hoan'ny fanahy ary ny fahalalana dia mpitari-dalana ny saina, ary ny saina dia mpandikatenin'ny fahalalana, ary fantaro fa ny fahalalana dia mitoetra fa ny lela soka dia manamaro resaka fotsiny, fantaro ihany ry zanako, tena marina ny hasoavan'izao tontolo izao amin'ny antsipirihany dia azo lazaina amin'ny teny roa : dia ny fanatsarana ny fari-piainana ny ampahatelony dia fahalalana sy fahatsapana, ary ny ampahatelony hafa kosa dia fahavarianana, ka fantaro fa ny fisehoan'ny fahavarianana dia eo amin'izay zavatra efa hain'ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 222 11/01/2021 16:25:59

olona ka ho tsapaina amin'izany izy ireo, ary fantaro ihany koa fa arakaraka ny fandehanan'ny lera no andehanan'ny taonanao, ary anao tsy lazaina hoe nahazo tombontsoa raha tsy efa niala tamin'izany ianao ka miditra amin'ny ray hafa koa, ka aoka ianao tsy hanana fanirian-dava na (vinavina tsy misy farany), firifiry amin'ireo mpanao an'izany tsy ary tonga tamin'izany hetahetam-pony lava izany, ary firy amin'ireo izay manangon-karena no maty foana tsy mba nahalany fihinana izany, ary firifiry amin'ireo izay tsy mahay mizara no mamela ny harenany rehefa hindaosin'ny fahafatesana, nefa ireny harena navorin'izy ireo ireny mety niazon'izy ireo tamin'ny tsy rariny, na avy amin'ny zon'ny hafa izay nosakanany, mety misy zavatra maloto ao izay holovainy, ary mety misy tena azo avy amin'ny rariny, nefa izany tsy mba hibaby ireo ziogany, izany no antsoina hoe fahavoazana tanteraka".

Araka ny tatitra izay azo avy tamin'i Sheik al-Koleini avy tamin'Imamo MOUHAMMAD BAKIR (as), niteny izy nanao hoe : ***"rehefa teo ampandriana Ali IBNI AL-Houssein (as) miandry ny fotoana haka ny anjely ny fanahiny, dia nofihininy teo an-tratrany aho, ary hoy izy tamiko: " hamela hafatra ho anao aho izay hafatra voaraiko tamindraiko talohan'izy handao izao tontolo izao, ka araka ny voalazany izany dia azony ihany koa tamin'ireo raibeny, ô ry zanako, tandremo ny manao tsindrihazolena amin'ireo izay tsy misy mpiaro ankoatra an'Andriamanitra".***

***<u>Fanontaniana n° 229 :</u>***

Inona avy ireo zavatra izay nampiavaka an'Imamo SAJJAD (as) tamin'ireo Imamo sasany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalaza dia ireto zavatra manaraka ireo no nampiavaka an'Imamo tamin'ireo Imamo sasany dia :

1. Ny famoronany ilay boky feno ranombavaka izay antsoina hoe:

"SAHIFATOU ASSAJADIAT" izay an'isany iray amin'ireo bokin'ireo ahloul bait sy fototra izay natao hifikiran'ireo shia na mpanaradia azy ireo.

2. Nangoniny ny mombamomba an'ireo kintan'ny arabo sy ny tsy arabo eo amin'ny finoana ary izany dia ny avy amin-drain'izy ireo ny amin-dreniny, ka manamafy izany ilay teny RASSOULILLAHI (sw) manao : "tena marina ny Tompo Allah dia manana mpanompo tsara sy mahatoky roa, ny iray amin'izy ireo dia avy amin'ny foko arabo di any qoraish ary ny iray hafa kosa dia avy amin'ireo izay tsy arabo dia tsy izany fa ny foko Farsi (perse)", ka noho izany indrindra no nanomezana azy ilay anaram-bositra manao hoe : "ZOKHIRATAINI" na ilay manana hatsarana roa.

3. Ary avy aminy no niparitahan'ny taranak'ny Mpaminany (sw), ka noho izany indrindra tenenina izy hoe : "Adama zanak'i HOUSSEINI, ary izy dia ilay voalohany nisafidy ny hijanona sy ny hidina ary ilay voalohany nanao soujoudy hoan'ilay Mpaminany farany, ary nanao tamin'ny tarehiny voalohany ny tourbatoul Houssein (as), ary izy ilay be fitomaniana indrindra amin'ireo zava-boahary, ka araka ny voalaza fa efatra ireo lohan'ny fitomaniana, ka ireto avy izany : i ADAMA, i YAQOUB, i YOUSSOUF ary IMAMO ZAINOUL ABIDINA (as).

***__Fanontaniana n° 230 :__***

Iza avy ireo zanan'Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) ?

***__Valiny :__***

➔ Niteny i Sheikh al-Mofid sy ny tompon'ilay boky mitondra ny lohateny hoe : "AL-FOUSOUL AL-MOHIMAT" nanao hoe : "tena marina fa ireo zanak'Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as) dia dimy ambin'ny folo tena, io isa io dia itambaran'ny lahy sy vavy" :

1. Ny voalohany amin'izany, Imamo MOUHAMMADABAKIR (as), ny reniny dia i OUMOU ABDOULAHI BINTO AL-Hassan AL-MOUJTABA (as)

2. ny faharoa sy fahatelo ary ny fahefatra dia i ABDOULAHI, AL-Hassan ary i AL-Houssein, ny renin'izy ireo dia OUMOU WALAD.

3. Ny fahadimy sy ny fahenina dia i ZAID sy OMAR, ny renin'izy ireo ihany koa dia i OUMO WALAD ihany koa.

4. Ny fahafito sy ny fahavalo ary ny fahasivy dia i Houssein AL-ASGAR, i ABDOURAHMAN, ary i SOULAIMAN, ary ny renin'izy ireo dia mbola i OUMOU WALAD ihany koa.

5. Ny fahafolo sy ny faha iraika ambin'ny folo dia i Ali, izay faran'ny kely tamin'ireo zanak'Imamo SAJJAD (as), ary i KHADIDJA izay mbola zanak'i OUMO WALAD ihany koa izy roa ireo.

6. Faharoa ambin'ny folo, dia tsy izany fa i Mouhammad ASGAR, ny reniny dia i OUMO WALAD ihany.

7. Ary ny fahatelo ambinin'ny folo sy fahefatra ambin'ny folo ary fahadimy ambin'ny folo farany dia i FATIMATOU sy i ALIAT ary i OUMO KOLSOUM, ny renin'izy ireo dia i OUMO WALAD fahenina.

## ***<u>FANONTANIANA AMIN'NY ANKAPOBENY</u>*** :

### ***<u>Fanontaniana n° 231 :</u>***

Ahoana ny fijerin'i ibn Zyad an'Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as) taorian'ny nahafatesan'Imamo AL-Houssein (as) ary nanao ahoana Imamo SAJJAD (as) tamin'izay fotoana izay ?

### ***<u>Valiny :</u>***

➔ Taorian'ny fahafatesan'Imamo AL-Houssein (as) dia nobaboin'ireo miaramilan'Yazid ireo fianakaviana masin'Imamo sy nampijalina amin'izay fampijaliana farany ratsy ary taorian'izay dia nentin'ireo olona mahavanon-doza mankeny amin'ilay lapa izy ireo, tamin'izay fotoana izay dia teny ihany koa i Obeidollahi ibni Zyad izay loholona tao KOUFAT tamin'izany fotoana izany, ka teo indrindra no nisian'ny fifampiresahana teo aminy sy ZAINAB (as), ka nambaran'i ZAINAB



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 225 11/01/2021 16:25:59

azy fa izy mpisandoka ho mahery fo fa tsy toy izany velively, teo indrindra no sendra nitodika ibn Zyad nankany amin'i Ali IBNI AL-Houssein (as) ka niteny nanao hoe : “iza kay ito ?” dia nisy namaly azy nanao hoe : “Ali IBNI AL-Houssein (as)”, dia hoy izy nanao hoe : “fa anga tsy efa novonoin'ny Tompo Allah i Ali IBNI AL-Houssein ?” ka dia hoy Imamo taminy : “tena marina aho dia nanana rahalahy izay nantsoina ihany koa hoe Ali IBNI AL-Houssein izay novonoin'ireo olona”, dia hoy i Zyad namaly an'Imamo nano hoe : “ny Tompo Allah no namono azy ka”, dia hoy indray Imamo : “ny Tompo Allah dia mpamono ny olona eo am-pandriana (mpanapaka ny fofonaina), ary ireo izany tsy ho faty teo am-pandriana ihany koa”.

Dia niteny ibn Zyad taminy nanao hoe : “ary tena manana fahasahiana ianao izany ka mamaly ahy toy izao ? Entonareo any izy ary tapaho ny lohany”. Ka dia nangazonan'ny ZAINAB (as) Imamo, ary hoy i ZAINAB tamin'i Zyad : “ô ry ibn Zyad, mbola tsy ampy anao foana ilay fandrarahana ny rànay izay nataonao zay ?, mba hajanony amin'izay”, dia nofihinin'i ZAINAB (as) mafy Imamo sady niteny izy nanao hoe : “mba hifantako amin'ny tompo Allah fa ity dia tsy havelako mihitsy, fa raha hovonoinao izy ity aho vonoy miaraka aminy”.

Nojeren'i ibn Zyad i ZAINAB (as) ary nojereny ihany koa Imamo, dia hoy izy : “tena mahagaga sy mahatalanjona ny rohy misy eo amin'izy ireo, izaho tena mahita fa tena tiany hovonoiko miraka aminy izy, avelao nareo izy efa haiko ny momba azy”.

Araka ny tatitra nataon'i A-SAID : “tena marina i Ali IBNI AL-HOUSSEINI (as) dia niteny tamin'ny nenintoany nanao hoe : “mangina ianao ry nenintoa hiresahako aminy, ka dia niatrika azy Imamo sady niteny nanao hoe : “ô ry Zyad zanaka mpamono olona, moa ve izaho no horahonanao hofaty ? Moa ve fantatra fa efa mahazatra anay ny fahafatesana ary ny fahafatesana ho maritiora dia an'izany voninahitray ?”.

Ny azo tsoahana avy amin'io tantara io fa Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as) dia tsy natahotra na iza na iza ankoatra an'ny Tompo Allah, fa



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 226 11/01/2021 16:25:59

ibn Zyad izay tsy mba manana indrafo ary anisan'ny fahazarany ny mamono ireo olo-masina sy ireo sakaizan'Andriamanitra, tena tsy natahoran'Imamo na velively.

***<u>Fanontaniana n° 232 :</u>***

Fa nanino tsy nandray anjara tamin'ny ady tao Karbala Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny fahendren'i tompo Allah ilay avo indrindra, dia nataony voan'ny tazo mahery Imamo tamin'izay fotoana izany, na hitsangana aza tsy nivitany tamin'izany fotoana izany, indrindra fa ny hilanja ilay sabatra hakeny amin'ny sahan'ady, izany no nataon'ny Tompo Allah mba ho fiarovany ireo taranak'i RASSOULILLAHI (sw), araka ny voalazanay tany amin'ilay lohateny mahakasika ny mampiavaka an'Imamo iny.

***<u>Fanontaniana n° 233 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik' Yazid ilay voaozona tamin'Imamo tamin'ny Imamo naiditra voalohany tao aminy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Afaka valintsika io fanontaniana io amin'ny alalan'ireto riwayat manaraka ireto :

Araka ny tatitra izay nataon'i Sheikh aljalili Ali ibni Ibrahim al-qomi avy tamin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) izay niteny nanao hoe : "rehefa nampidirina tao amin' Yazid ilay voaozona ny lohamasin'Imamo AL-Houssein (as) dia nampidirin'izy ireo ihany koa i Ali IBNI AL-Houssein miaraka tamin'ireo zanaka vavin'i AMIROUL MOUMININA (as), ka tamin'izany fotoana izany dia mifatotra ny tongotra aman-tanan'Imamo, dia hoy i Yazid ilay voa ozona taminy : "ô ry Ali IBNI AL-Houssein, dera ho an'Andriamanitra izay namono an-drainao", ary Imamo taminy :



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 227 11/01/2021 16:25:59

“ny lozan’Andriamanitra hirotsaka amin’izay namono an-draiko”.

Niteny Imamo JA’AFAR SWADIQ (as) nanao hoe : “tezitra be Yazid ka naniraka ny mba hanampahana ny lohan’Imamo, ary hoy i Ali IBNI AL-HOUSSEINI (as) taminy : “raha vonoinao aho, iza no hamerina ireo zanakavavin’i RASSOULILLAHI (sw) any amin’ny niaviany (tranon’izy ireo), nefa izy tsy mba manana olo-pady ankoatra ahy ?, ary hoy Yazid taminy : “ianao no hamerina azy ireo any amin’ny tranon’izy ireo, dia niantso mpametaka rojo izy, dia namaly ireo nantsoina, ka isaky ny olona dia nasiana hazo teo amin’ny vozony ary ny tananany mba hanagejana azy ireo”.

Dia hoy indray Yazid tamin’Imamo : “ô ry Ali IBNI AL-Houssein (as), hainao ve ny tiako hahatongavana amin’izany ?” dia hoy Imamo namaly azy nanao hoe : “eny tena haiko, tsy ilainao olon-kafa no hanaporitra sy hageja ahy ankoatra anao”, dia hoy  Yazid : “tena hifantako amin’Andriamanitra fa tena izany indrindra no ilaiko”.

Dia hoy Yazid tamin’Imamo : “***ô ry Ali IBNI AL-HOUSSEINI, (nitondra andalana avy amin’ny kor’any izy) izay loza mahazo anareo dia noho ny vokatry ny asan’ny tananareo”.***

Ary hoy Imamo namaly azy : “***tsia, io andalana io tsy nilatsaka ho anay, fa ity iray ity no nilatsaka ho anay : “tsy misy loza mahazo ny tany, na ny tenanareo, ka tsy voasoratra tao amin’ny boky talohan’ny nanaovanay azy” fa izahay kosa tsy mba kivy amin’izay fahavoazana manjo anay, ary tsy hofaly amin’izay azonay amin’izany”.***

***<u>Fanontaniana n° 234 :</u>***

Nanao ahoana ny fahitan’Imamo an’ilay hetsika natoan’ny MOKHTAR ASAKAFI iny ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 228 11/01/2021 16:25:59

***Valiny :***

➔ Maro ireo riwayat izay milaza fa ny Tompo Allah dia namaly ilay vavaka nataon'Imamo, mba hamonoan'i Mokhtar ireo mpamono an'i Houssein (as), ary niteny i Abdoulahi ibni sharik nanao hoe : "niditra tao an-tranon'i Ali IBNI JA'AFAR izahay tamin'ny andron'ny Nahri (ilay andro fanapahana biby amin'ny volana zol hajj), ary izy tamin'izany fotoana izany dia mipetraka miankina, ary efa naniraka zavatra azo ipetrahana izy, dia nipetra teo anatrehany aho, teo indrindra no nisy lehilahy iray avy amin'ny mponin'ny Koufat niditra, sady nandray avy hatrany ny tanany mba hanoroka izany, nefa nosakanan'Imamo izy, dia hoy Imamo taminy: "iza ianao ?", ary hoy ilay rangahy tamin'Imamo : "izaho dia i Abou Mouhammad al-Hakim ibni al-Mokhtar ibni abi Obeidat, ary izy tamin'izany fotoana izany dia lavitra an'Imamo, dia natolony ny tanany ka saika tafatsangana teo amin'ny toerany izy, taorian'ny nanolorany ny tanany dia niteny izy nanao hoe : ***"hanatsara anao anie Andriamanitra, tena marina fa ny ankamaroan'ny olona dia efa niteny zavatra maro mahakasika an-draiko, ary niteny izy teny izay teny avy aminao***", dia hoy Imamo taminy : ***"inona izany zavatra notenen'izy ireo izany*** ?", ary hoy ralehilahy taminy : ***"miteny izy ireo fa mpandainga, ary tsy misy zavatra izay anirahanao ahy ka tsy hataoko izany",*** dia hoy indray Imamo : "dera hoan'ny Allah, lazao ahy ry Abi, mba hifantako amin'ny Tompo Allah, sy vody ondrindreniko, fa izaho no naniraka an'i Mokhtar na koa mbola tsy vita ny anjara asanay; ary famonoana an'ireo izay mpamono anay, ary famerenana ny zonay?, ary Andriamanitra anie hamindrafo amin'ny rainao, izay tsy namela ny zonay ho an'ny hafa fa niaro izany, ary tsy misy amin'ireo mpamono anay ka tsy ho nanaovany valifaty.

Dia hoy aho hoe : izany dia fomba fijerin'iray amin'ireo Imamo Ahloul bayt, nefa ny tenin'izy ireo dia iray ihany, ary fijerin'izy ireo dia iray ihany koa, fa ahoana ny tsy hilazana fa io ihany koa no fijerin'Imamo SAJJAD (as).

***Fanontaniana n° 235 :***

i Mokhtar dia tsy naka alalana tamin'Imamo fa tamin'i Mouhammad ibni Hanafiat, moa ve izy kisayat ?

***Valiny :***

➔ Tsia, izy tsy kisayat, ary izany dia voamarin'ny tantara, ary koa ny riwayat tetsy ambony dia manamarina izany ihany koa, ka nefa kosa ny fakany alalana tamin'i Mouhammad ibni hanafiat fa tsy tamin'Imamo, dia noho ny takiat (fiarovan-tena) noho ny haratsian'ny vanim-potoana tamin'izany, ary mety koa Imamo nanome alalana an'i Mokhtar amin'ny fomba hafa, nefa dia mety zava-dehibe ny tsy fanabaribariana izany. Ary mety noho ny tsy hitera-doza hoan'i Mouhammad ibni hanafiat ny fanabaribariana ilay fanomezan-dalana no nahatonga azy nanao izany.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 230 11/01/2021 16:26:00

# IMAMO BAKIR (AS)

***Fanontaniana n° 236 :***

Iza marina moa IMAMO BAKIR (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia : MOUHAMAD ZANAK'i Ali ZANAK'i Houssein ZANAK'i ALIIBNI ABI TALIB (as).

***Fanontaniana n° 237 :***

Oviana ary taiza no teraka Imamo MOUHAMAD BAKIR (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo BAKIR(as) dia teraka tao Madinat tamin'ny faha 3 (telo) ny volana safar andro alatsinainy taona 57 hijri.

***Fanontaniana n° 238 :***

Moa ve Imamo BAKIR (as) niatrika ny raharahan'ny KARBALA niaraka tamin'ny dadabeny AL-Houssein (as) ?

***Valiny :***

➔ Eny, nanatrika ny raharahan'ny KARBALA Imamo BAKIR (as), ary efatra taona izy tamin'izany fotoana izany.

***Fanontaniana n° 239 :***

Iza no renin'Imamo BAKIR (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny renin'Imamo BAKIR(as) dia FATIMATOU ZANAKA VAVIN'IMAMO AL-Hassan(as), ny anaram-bositra nentiny dia OUMOU ABDOULLAHI izay azo adika hoe MAMAN'ILAY MPANOMPON'i Allah; Imamo dia alawi, izany hoe na avy amin'ny rainy na avy amin'ny reniny dia samy avy amin'ny tarak'Imamo Ali avokoa.

***Fanontaniana n° 240 :***

Tanisao ny anaram-bositra (koniat) nentin'Imamo sy ireo anarana fiantsoana (laqabo) azy andavanandro ?

***Valiny :***

➔ ABOU JA'AFAR no anaram-bositra nentin'Imamo BAKIR (as) ary BAKIR sy SHAKER ary HAADI kosa no anarana fiantsoana azy; BAKIR no tena fiantsoana azy maro mpahalala indrindra no sady nampalaza azy, io anarana io dia nomen'ny Mpaminany(sw) azy araka ny voatatitra ao amin'ireo rywayati safinat, izay notaterin'i JA'ABER IBNI ABDILLAHI; niteny i JA'ABER nanao hoe: " niteny tamiko rasoullahi (sw) nanao hoe : "ô ry JA'ABER, ho ela velona anie anao ka hahita ny zafikeliko avy amin'ny tarak'i Houssein izay antsoina hoe MOUHAMADO, izy io dia hanorotoro sy handrasarasa ny fahalalana ara-pinoana ka tena horasarasainy tokoa, rehefa mifanena aminy ianao dia ampitao aminy famangiako (salamako).

***Fanontaniana n° 241 :***

Fa maninona Imamo MOUHAMAD IBNI Ali IBNI AL-HOUSSEINI no antsoina hoe BAKIR ?

***Valiny :***

➔ antsoina hoe BAKIR IMAMO noho ireto antony manaraka ireto :

**1-** satria izy no mpandrasarasa (mpapitsoatsoaka) sy mpaningasingana ny fahalalana na koa mpamakivaky ny fahalalana no sady mpaneho sy mpapibaribary izay miafina amin'ny fahalala.

**2-** Araka ny voatatitra avy amin'ny bokin'i BASATA IBN AJAOZI izay mitondra ny lohateny hoe "**atazkirat**", antsoina hoe BAKIR izy noho ny hamaroan'ny sojoud na fiankohofana izay nataony, ka izay dia niteraka ny fisiana toy ny fahavakiana teo amin'ny handriny; na koa nivoha ilay handriny. Misy milaza ihany koa fa noho ny fananany fahalalana maro sy betsaka no antony iantsoana azy hoe BAKIR.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 232 11/01/2021 16:26:00

***Fanontaniana n° 242 :***

Inona no soratra hita tamin'ny peratra izay fanaon'Imamo BAKIR (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny soratra tamin'ny peratra izay fanaovan'Imamo dia (AL-IZATOU LILLAHI) izay midika hoe : (ny voninahitra dia an'i Allah) na koa (AL-IZATOU LILLAHI JAMIAN) izay midika hoe (ny voninahitra rehetra dia an'i tompo Allah. Ary araka ny voaray avy amin'ireo riwayat hafa, Imamo BAKIR (as) dia nitafy ny peratry ny dadabeny, tsy iza izany fa Imamo AL-Houssein (as) ka ny sokitra tamin'izany peratra izany dia misoratra manao hoe : "INAA LAHA BALIQ AMRAHO" izay midika hoe : "tena marina fa tsy maintsy tanteraka ny fanirian'i Allah". Ary mbola ireo ireo riwayat milaza sy manamafy izany izay tsy tambo isaina etoana, izay hamaroana izay tsy midika fa misy mifanohitra akory ilay izy, fa mety nanao na nitafy peratra maromaro Imamo, ka samy nanana ny sokitra nentiny izy ireo.

***Fanontaniana n° 243 :***

Moa ve afaka na azo hazaivainao fohifohy ny mahakasika ny fahalalan'Imamo BAKIR (as) ?

***Valiny :***

➔ Azo ka, tsy miafina ho an'izay mpanaraka sy mpikaroka marina, izany hoe tsy miangatra fa ireo teny na vaovao na ireo fahalalana ara-pinoana nolovaina avy aminy na ireo tafisiry ny kor'any na ireo fahaiza-miresaka na ireo lalàna ara-pinoana (ahkamo), izy rehetra ireo dia mifanaraka amin'ny saina ary takany ihany koa. nefa kosa misy amin'ireo mpanaradia na soahaba sy ireo tabiina (mpandimby ireo soahaba) ary ireo manampahaizana momba fiqh na lalàna masina no somary very na mampifangaro amin'ny zavatra voalazan'Imamo; ka noho ny fanany voninahitra lehibe eo amin'ny lafiny fahalalana izay dia misy oha-pitenenana hoy ny sasany, na



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 233 11/01/2021 16:26:00

tononkalo izay natao hoentina hampibaribary izany izay manao hoe:

***“ô ry ilaympandrasarasa ny fahalalan’ireo mpatahotra”***
***“ary ilay tsara sy mendrika indrindra ho an’izay mpamaly ny antson’ny avo indrindra”.***

Araka ny tatitra nataon’i Sheik MOFID (ra), avy tamin’i ABDOULAHI IBN ATWA ALMAKI: “ izaho dia tsy mbola nahita manampahaizana izay niatrika ny fampianaran’Imamo BAKIR(as) ho kely fahalalana izany; efa hitako i HAKAM IBNI OIINAT – miaraka amin’ny voninahiny eo amin’ny vahoaka- ny mpianatra latsaka eo am-pelantanany dia toy ny zaza eo am-pelantanan’ny reny mpanabe voakarakara tsara sy voaanatra. Ary i JABER IBN YAZID ALJA’AFARI, rehefa mitatitra zavatra na hadith avy amin’Imamo BAKIR (as) dia miteny manao hoe : “niteny tamiko ilay mpananatra ireo mpananatra, ilay mpandova ireo fahalalan’ireo Mpaminany MOUHAMAD IBNI Ali IBNIL Houssein ny tso-dranon’ny tompo Allah anie hirotsaka amin’izy ireo mandrakariva.

Ary araka ny tatitra natoan’i sheikh ALKISHI avy tamin’i MOUHAMAD IBNI MOSLIM izay niteny manao hoe: “ tsy mbola nisy zavatra nandalo tao an-tsaiko ka tsy ho nanontaniako an’i ABA JA’AFAR (as); ka mahakasika izany indrindra, mintetina telo alina (30000) ireo fanontaniana nanontaniako azy ary mitentina enina arivo sy iray alina ny hadith nanontaniako any ABA ABDOULAHI (as).

Araka ny voalazan’i HABABAT AL-WABIAT manao hoe : “nahita lehilahy iray aho tao MAKAT teo anivon’ilay **vato mainty** sy ny varavarany **ka’abat** na ilay toerana antsoina hoe ALMOLTAZAM; ary rehefa nanatona azy ireo olona am-pahafanam-po ka nanontany azy momba ireo olan’izy ireo ary mila mamoha ny varavaran’ny olan’izy ireo; tsy nisy nandao azy na iray aza raha tsy vita ireo fanazavana nataony tamin’izy ireo izay mitentina arivo 1000 fanazavana; ary taorian’izay rehefa nitsangana izy hikasa hanohy ny diany, injao nisy feo niantsoantso tamin’ny feo avo sy maranitra nanao hoe : “***ity ilay jiro feno fahazavana sy manjelajalatra ary ilay rivotra malefaka feno hanitra ary fahamarinana sy fanavotana ho an’izay latsaka-baraka noho ny tsy fahalalana***”.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 234 11/01/2021 16:26:00

Ary ny olona sasany dia nanontany hoe : "***iza ary ity olona ity*** ?", dia nisy namaly nilaza manao hoe : "MOUHAMADO IBNI Ali AL-BAKIR, ilay mpampiantra ny fahalalana, mpiresaka am-pahendrena sy feno anatra, MOUHAMADO IBNI Ali IBNI AL-HOUSSEINI IBNI Ali IBNI ABI TALIB (as).

Niteny IBNI SHAHRI ASHOUBI nanao hoe : niteny ireo vahoaka : "tsy mbola nisy tamin'ny tarak'i HASSANI sy HOUSSEINI olona nanana fahalalana momba ny tafsir, ny kalamo, ny ahkamo ary mahakasika ny halaly sy haramo toa azy (Imamo BAKIR (as)); araka ny hadithin'i JABER izay milaza ny momba ny voninahitr'Imamo, io hadith io dia malaza tokoa satria ny manampahaizana rehetra any Madinat sy Irak dia samy nitatitra azy io avokoa.

***<u>Fanontaniana n° 244 :</u>***

Tahaka ny ahoana ny fitondran-tenan'Imamo (akhlaki) BAKIR (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny tatitra azo avy amin'i JAHEZ, ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe (ALBAYANI WA TABIINI), niteny izy nanao hoe : "rehefa nataon'i MOUHAMAD IBNI Ali IBNI HOUSSEINI (as) bango tokana tamin'ny alalan'ny fehezanteny roa ny fahatsaran'izao tontolo izao, dia niteny izy hoe : "ny fanatsarana ny fiarahamonina rehetra sy ny fifaneraserana dia mameno ny fatra iray, ka ny roa ampahatelony amin'izany dia fahatsapan-tsaina ary ny iray ampahatelony dia odiana tsy hita na tsy raharahina".

Ary niteny taminy ilay kristianina manao hoe : "omby ve ianao ?" dia namaly azy Imamo nilaza manao hoe : "tsia, izaho dia BAKIR (izay midika hoe : izaho no mpandrasarasa ny fahalalana), ary mbola nametraka fanontaniana ihany ilay kristianina nanao hoe : "***ianao ve zanaky ny vehivavy mpahandro*** ?", dia hoy ny navalin'Imamo azy: "***izany no raharaha fataony andavanandro***"; mbola nametraka



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 235 11/01/2021 16:26:00

fanonatiana ihany ralehilahy manao hoe : “***ianao ve zanaka vehivavy mainty (negro) ?***”,dia hoy Imamo taminy : ***“raha marina ny teninao dia ny Tompo Allah anie hamela ny helony (renin’Imamo) kanefa kosa dia ilay voalazanao, dia tompo Allah anie hamela ny helokao”***.

Araka ny voalazan’ilay mpitantara, lasa nivadika moslim ilay kristianina lahy noho ny akony fahendrena izay nasehony teo imasony na dia nanana fikasana ny hanao tsinontsinona azy aza ny ralahilahy.

Tena marina fa ny fitondrantena tsara sy ny fahatsoram-po izay matetika marefo ny finiavan’ny zanak’olombelona eo am-panantaterahana azy nefa Imamo nahavita nanatanteraka izany manoloana ny ilay olona izay mikasa ny hanambanimbany azy,tsy mahagaga raha lasa moslimo ilay ralehilahy manoloana izany hatsaran-toetra sy fahantsoram-po avo izay ananan’Imamo izany.

***<u>Fanontaniana n° 245 :</u>***

Misy teny manana ny maha izy azy izay voalazan’Imamo BAKIR (as) izay mampiaiky ireo manampahaizany sy mananan-tsaina ny zavatra ambarany sy lazainy; moa ve afaka mitanisa ampahany amin’izany ve ianao ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, hitanisa ampahany amin’izany isika

1. Niteny Imamo BAKIR(as) nanao hoe : “telo no be voninahitra eto an-tany sy any ankoatra : famelanao heloka amin’izay manao tsindrihazolena anao sy tsy fanapahanao ny fifandraisanao amin’izay miezaka manapaka izany ary ny fananao fahatsoram-po na fahadiovam-po manoloana ireo ireo izay tsy te hiraharaha anao”.

2. Niteny ihany koa Izy (as) nanao hoe : ***“izay tsy mandray an’i tompo Allah ho mpananatra sy mpitari-dalana azy dia tsy hisy akony aminy velively ny anatra sy ny tari-dalana izay ataon’ny olona azy”.***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 236 11/01/2021 16:26:00

3. Ary mbola niteny ihany koa izay nanao hoe : ***"firifiry amin'ireo olona no mifanena amin'ny namany ka miteny amin'ny manao hoe : Allah anie hamely ny fahavalonao, nefa ny fahavalony dia i tompo Allah ihany".***

4. Ary mbola niteny koa Izy nanao hoe : ***"manampahaizana iray izay mampiasa sy maka tombony amin'ny fahalalany dia tsara lavitra sy be voninahitra indrindra mihoatra ny mpanompo arivo lahy".***

***<u>Fanontaniana n° 246 :</u>***

Maro ireo teny milazalaza momba an'Imamo BAKIR (as) sy mahakasika ny fahalalana, ka moa ve mbola misy teny avy amin'Imamo izay midera sy manome lanja ny fahalalana sa tsia ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, misy teny tokoa voaray avy amin'Imamo izay midera sy mankalaza ny fahalalana, ka hitanisa ampahany amin'izany isika:

1. Niteny Imamo nanao hoe : "voninahitry ny manampahaizana eo anatrehany voninahitry ny mpanompo dia mitovy amin'ny voninahitry ny masoandro manoloana ny voninahitr'ireo kintana".

2. Dia hoy ihany koa Imamo : "RAKAT iray amin'ny soalat na fivavahana atoan'ny manampahaizana dia tsara lavitra sy be voninahitra noho ny soalat na fivavahana 70.000 (fito alina) RAKAT izay ataon'ny mpanompo (abido).

3. Ary mbola niteny ihany koa Imamo nanao hoe : "ny torimason'ny manampahaizana dia tsara lavitra noho ny soalat na fivavahana atao miaraka amin'ny fahabadoana".

***Fanontaniana n° 247 :***

Efa fantatsika fa ny khalifat na mpanjaka nitondra tamin'ny vanim-potoan'Imamo BAKIR(as) dia i HESHAM IBNI ABDOU MALIKY IBNI MAROANAT, ka moa afaka hazavainao ny fifahavalozana nisy teo amin'izy roa ?

***Valiny :***

➔ Izay voa tatitra ao anatin'ny bokin'i ALAMATOUL MAJLISI izay mitondra ny lohateny hoe : "JALAA OYONI"dia ampy hamaliantsika io fanontaniana etsy ambony io.

Araka ny tatitra izay nataon'i said IBNI TAOUSS avy tamin'Imamo SADIQ (as) araka ireo porofo manan-kery; niteny Imamo hoe : "indray andro dia sendra nandeha nanatanteraka fivahinianana masina (HAJJ) i HESHAM IBNI MALIK IBNI MORWANI, sendra tafiaraka amin-draiko nanao fivahinianana masiny ihany koa aho tamin'izany fotoana izany, indray andro, tamin'io fotoana io dia niresaka aho teo anivon'ny besinimaro nanao : "Dera sy voninahitra no atolotra an'ny Tompo Allah izay nandefa tokoa an'i MOUHAMAD(sw) ho Mpaminany, ka noho Izy dia heni-boninahitra izahay sy heni-kaja, sy olomangan'i Allah sy voafantina eo anivon'ny zava-boahariny, ary voafidiny teo amin'ireo mpanompony, ary nataony ho mpandimby azy ety an-tany; ka ho sambatra izay manaradia anay ary ho matiantoka izay mifahavalo aminay sy manohitra anay".

Niteny Imamo : rehefa nolazain'i MOSIMAT tamin'i HESHAM rahalahiny izay rehetra tamin'ilay resako, tsy mba nandalo taminay mihitsy izy fa tonga dia nody mankany DEMESKA (Sirie); ary izahay kosa nitodi-doha mankany MADINAT, nefa tampoka teo, nandefa telegrama na taratasy i HESHAM any amin'ny mpitondra any MADINAT izay mandidy ahy sy ny raiko hankany DAMASKOSY, ka nitodi-doha nankany izahay, nefa raha vao niditra ny tananan'ny DAMASKOSY izahay dia voatazona teo sy tsy nomen-dalana mandritra ny telo andro, ary tsy tafiala teo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 238 11/01/2021 16:26:01

izahay raha tsy amin'ny andro fahefatra; rehefa tafiditra izahay dia indro tazanay izy mitoetra eo ambonin'ilay seza fiandrianany ary ireo miaramilany sy ireo olona mpomba azy mijoro am-pahanginana miraka amin'ireo fitaovam-piadian'izy ireo, ary rehefa nijery aho dia tsikaritro fa efa voan'ny zanatsipika ilay kapany, ary ireo loholon'ny vahoakany kosa dia tsy mitsahatra manipy zanatsipika avy amin'ny filesy daoron'izy ireo; niditra ny tanana izahay, ny raiko no nialoha lalana anay ary izaho avy ao aoriany manaraka azy, rehefa hitan'i HESHAM izahay dia niantso amin'ny feo avo an-draiko izy nanao hoe : ***"avia hanoraka na hanipy zanatsipika miaraka amin'ireo loholon'ny vahoakanao";*** ary namaly azy ny raiko manao hoe : ***"efa antitra aho raha ny fanipizana zanatsipika no resahina, ka moa tsy hitanao ve, fa ianao izao no manolo-tanana sy miaro ny momba ahy ?";*** dia hoy i HESHAM tamin-draiko : ***"ifantako amin'ny tompo Allah izay nanandratra antsika tamin'ny finoany sy ny mpaminany MOUHAMAD(sw) fa tsy nanao izany aho".***

Dia nanome baiko amin'ny alalan'ny fihetsika ny iray amin'ireo loholon'ny taranaky Oumayat izy mba hanome an-draiko ny filesiny.

Ary dia noraisin-draiko izany filesy izany, ka dia naka zanatsipika iray izy ka napetany tamin'ilay filesy ary rehefa avy eo nositoniny ilay izy ka novotsorany ka dia nilatsaka teo anivon'ilay zavatra nikendrana ilay zanatsipika, ary taorian'izay dia nanipy ny faharoa indray izy, ka dia nahavoa ny vodin'ilay zanatsipika voalohany ka nitsatoka teo amin'ny mason'ilay nokendrena, dia mbola nitohizany foana ny fanorahana ilay zanatsipika ka hatramin'ny zanatsipika fahasivy, ka ny iray dia nilatsaka teo ambonin'ny iray hatrany izy sivy; sahiran-tsaina i HESHAM teo ampitoerany sady sanganehana tsy nahavita nimonomonona ankoatra ny niteny hoe : ***"tsapako ry ABA JA'AFAR fa ianao no manana fahaizana sy fahakingana indrindra amin'ny fitorahana zanatsipika eo amin'ny Arabo sy ireo tsy Arabo, izao ve ny fahaizanao nefa ianao milaza fa efa antitra raha ny fanipazana zanatsipika no asian-teny io";*** teo amin'izay no nahatsapako fa nanenina i HESHAM tamin'ny teniny

(niantso an-draiko hanoraka zanatsipika), ka tezitra tamin’ny izy, sady nakapokapony tamin’ny tany ny tongony ka dia nanjofo ny tany, nefa izahay amin-draiko dia mipetra manoloana azy, tezitra tamin’ny ihany koa ny raiko satria efa ela izahay no nasainy nipetraka teo, ary ny raiko rehefa tezitra dia miandrandra ny lanitra ka hita amin’ny tarehiny izany hatezerana izany, ka rehafa nijery azy i HESHAM dia nahatsapa fa tena tezitra tokoa ny raiko, ary niteny izy hoe : ***“avia amiko aty ianao ry MOUHAMMAD”;*** ka dia niakatra hankeny  ambony seza fiandrianany ny raiko ary nanaraka azy avy ao aoriana aho, ary rehefa nanakaiky azy izy dia notantanany ary napetrany teo an-kavanany, rehefa vita izany notantanany ihany koa aho ary napetrany teo ankavanan-draiko.

Taorin’izay dia nanoroka an-draiko izy teo amin’ny tarehiny, ary niteny nanao hoe : ***“ô ry MOUHAMMAD, raha mbola misy eto ambonin’ny tany ny olona toa anao dia mbola mijanona ho eo ambany fifehazan’ny QORAISH  ny arabo sy ny tsy arabo (ANJAMI) , an’i Allah  ny fahalalana, iza kay no nampianatra anao manipy zanatsipika toa anio ary naharitra hafiriana no nianaranao azy ?”.***

Ary namaly azy ny raiko nanao hoe : ***“tsikaritro fa ny mponin’ny MADINAT dia manome lanja azy io, ka noho izany nianarako izy io tamin’ny fahazazako, ary taty aorina dia navelako, ka rehefa tonga ny fotoana ilako azy dia miverina ho azy izany”***, dia hoy i HESHAM taminy indray : ***“tsy ary nahita olona mahay manipy zanatsipika toa anao aho hatra tamin’ny fahazazako, ary mino aho fa tsy misy olona eto ambonin’ny tany mahay manipy zanatsipika toa anao; moa ve i JA’AFAR koa mahay manipy zana-tsipika toa anao io ?”;*** dia namaly azy ny raiko nanao hoe : ***“izahay dia nandova ny fahalavorariana (kamalo) sy ny fahafenoana (tamamo), izay samy nidina tamin’ny Mpaminany(sw) izy roa ireo araka ny voalazan’i tompo Allah ao amin’ny kor’any masina manao hoe : “fa ankehitriny, dia nataoko ho lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako, ary ankasitrahiko ho finoanareo ny finoana islmo, ary ny tany dia tsy ho bangan’izay olona hitondra fahalavorariana***

***ho an'ity raha ity (finoana islmo) izay tsy hisy hahavita azy velively ny ankoatra anay".***

Ary niteny Imamo SWADIQ (as) : rehefa naheno izany avy amin-draiko i HESHAM, nivadika ny masony ankavanana sady niova endrika, ary nivaramena ihany koa ny tarehiny, ary izany no fahafantarana azy fa tezitra, nahetsiny ny lohany ary natrakany ambony, ary niteny tamin-draiko indray izy nanao hoe : "ka moa va izahay tsy taranak'i ABDOUL -MANAF ?, ny razambe anay dia mbola razambe anareo ihany ?, ary hoe ny raiko namaly azy : ***"tena marina fa tena izany tokoa isika, nefa i tompo Allah, ilay tsy misy mendrika hoderaina ankoatra azy dia nifidy anay manokana araka ny tsiambaratelony sy ny fahalalany izay tsy nisy nofidiny ankoatra anay"***.

Niteny indray i HESHAM nanao hoe : ***"ka moa va, i tompo Allah ilay azy irery ny dera laza tsy nandefa an'i NABI(sw) ho an'olona rehetra eto an-tany, na mainty izany na fotsy, ary Izy io dia avy amin'ny taranak'i ABDOUL MANAFN ?, ka avy tamin'iza ary no nandovanareo io fahalalana io izay tsy ananan'ny hafa io, nefa ny Tompo Allah niteny nanao hoe : "nefa an'i Allah ny fandovana ny lanitra sy ny tany", fa avy aiza ary no nandovanareo io fahalalana io, Nefa, efa tsy misy mpaminany intsony taorian'ny NABI (sw) ary ianareo koa tsy mpaminany ?".***

Dia hoy ny raiko taminy : "avy tamin'ilay tenin'i tompo Andriamanitra tamin'ny NABI (sw) izay nanao hoe : "***aza ahetsikao ny lelanao, mba hanafaingananao ny famakiana azy***", izy izay tsy nampihetsika ny lelany ho an'ireo izay ankoatra anay dia nahazo baiko avy tamin'i Allah mba hanao anay mpandova manokana io fahalalana io ary ny ankoatra anay dia tsy anisan'izany; ka noho izany no nahatonga an'Imamo Ali (as) nanavotra azy irery tsy mba niaraka tamin'ireo mpanaradia Azy (SW), ka noho izany no nahatonga an'i tompo Allah nampidina ilay andalana manao hoe : "***ka ho voatahy ny sofina mandre tsara***"; ary niteny i RASSOULILLAHI(sw) nanao hoe : "nangataka tamin'i tompo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 241 11/01/2021 16:26:01

Allah aho mba hanao ny sofinao toy izany ry Ali, ka noho izany indrindra no nahatonga an'Imamo Ali(as) niteny nanao hoe : ***"ilay irak'i tompo Allah dia nampianatra ahy arivo varavarana amin'ny fahalalana, ary isaky ny varavarana dia ivoahan'ny fahalalana arivo".***

Fa tahaka ny nisafidian'i tompo Allah ilay irany manokana no ny nisafidianan'i RASSOULILLAHI (sw) any Ali(as) rahalahiny, izany dia fonosin'ny tsiambaratelo izay tsy homeny ny ankoatra anay amin'ireo vahoakany velively, ka toy izay no nahatonga anay ho mpandova ilay fahalalana avy tamin'i Ali(as),izay tsy mba nolovain'ireo ankoatra anay mihitsy.

Ary hoy i HESHAM : "i Ali dia mihantsy fa mahay ny tsiambaratelon'Andriamanitra nefa tsy misy olona na iray aza mahay ny tsiambaratelony, ka avy aiza no nahazaony an'izany ka nahatonga azy hihantsy sy hilaza fa manana izany ?

Dia hoy ny raiko taminy : "tena marina fa Andriamanitra dia nampidina boky tamin'Ilay irany, izay manazava izay rehetra efa misy sy izay rehetra vao hisy mandra-pahatongan'ny andro farany, araka ny voalazany amin'ny teniny manao hoe : ***"ka nampidininay taminao ny Boky, ho fanazavana ny zavatra rehetra, ho tari-dalana, sy fahasoavana, ary filazana tsara ho an'ireo mpankato".***

Sy ilay teniny manao hoe : "***ary dia nisainay anaty rakitsoratra mazava ny zavatra rehetra***". Ary araka ilay teniny milaza manao hoe : "***tsy misy zavatra ka tsy voarakitray tao amin'ilay boky***".

Ary nandefa faminaniana tamin'ilay irany i tompo Allah amin'izay hanomezana an'i Ali ny fahalalana ny tsiambaratelony sy ny izay rehetra miafina ao ambadik'izao tontolo izao, izany rehetra izany dia nomena azy avokoa, ary taorian'izay izy dia voadidy hanoratra sy hanambatra ilay boky masina kor'any ary hiandraikitra ny fanasana ny vatanamasin'ny Mpaminany sy ny famonosan-damba Azy ary ny fanosorana ireo zava-manitra Azy; izany rehetra izany dia nataon'izy samirery ary tsy

mba nisy fanampiana na avy tamin'ireo sarambabem-bahoakany na avy tamin'ireo mpanaradiia Azy, ary niteny ny Mpaminany tamin'ireo mpanaradia Azy nanao hoe : ***"zava-pady ho an'ireo mpanaradia ahy sy ireo fianakaviako ny mijery ny henatro ankoatra an'i Ali irery ihany, satria izy dia avy amiko ary izaho dia avy aminy, ka azy izay rehetra ahy ary ahy, ary izay atao aminy dia efa natao amiko, ary dia mpitsara ny finoako ary mpanantateraka ireo hafatra navelako sy ireo fampanantenana izay nataoko".***

Ary mbola niteny ihany koa Izy tamin'ireo mpanaradia Azy nanao hoe: "i Ali IBNI ABI TALIB dia miady mafy amin'ny fanazavany ny dika tian'ny kor'any hambara (ta'awili) tahaka azy niady mafy tamin'izy vao nidina iny".

Tsy nisy tamin'iza na iza ny fanazavana ny dika tian'ny kor'any hambara tahaka izay nisy teo tamin'i Ali raha ny lafiny fahalavorariana sy ny fahafenoana no asian-teny, ka noho izany indrindra nahatonga an'i RASSOULILLAHI (sw) niteny tamin'ireo mpanaradia Azy nanao hoe: "ny mpitsara tsara indrindra dia Ali izany hoe ny mpitsaranareo dia izy, ary niteny OMAR IBNI KHATAB nanao hoe : "***raha tsy teo Ali dia very Omar, nijoro vavolombelona ho azy i Omar, ary nandà azy ny ankoatra azy***".

Nahatokatok'i HESHAM  ny lohany, dia naharitra izany sady nitraka izy ary niteny hoe : "teneno ahy izay zavatra ilainao", ary hoy ny raiko taminy: " namela vady aman-janaka aho ary fianakaviana, izay feno fahatahorana sy tebiteby noho ity diako ity"; kay i HESHAM namaly azy : "hampanadinoin'i Allah azy ireo ny tebiteby sy ny tahotr'izy ireo amin'ny fiverenanao any amin'izy ireo, ka tonga dia afaka mandeha anao izao raha sitrakao.

Rehefa taorin'izay, namihin-tanana azy ny raiko, ary nofihiniko ihany koa ny tanany sady nanao veloma azy, rehefa avy eo dia nitsangana izahay ka nandao azy ireo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 243 11/01/2021 16:26:02

***Fanontaniana n° 248 :***

Oviana Imamo BAKIR (as) no nodimandry ary firy taona izy tamin'izany fotoana izany ?

***Valiny :***

➔ Raha ny vanim-potoana nahafatesany no asian-teny, dia hita fa misy ny tsy fitoviam-pijery, fa izaho kosa dia misafidy ny andro alatsinainy faha (7) fiton'ny volana zol hajd, taona 114 hijri; ary 57 taona izy tamin'izany fotoana izany, ary tamin'izany vanim-potoana izany ihany no vanim-potoana nanjakan'i HESHAM IBNI MALIK.

***Fanontaniana n° 249 :***

Iza no namono Azy (as) ?

***Valiny :***

➔ Voalaza fa i IBRAHIM IBNI AL-WALID IBNI ABDOUL MALIK IBNI MAROANI no namono azy tamin'ny alalan'ny poizina, ary notombatombanana fa i HESHAM no nanome baiko azy tamin'izany.

***Fanontaniana n° 250 :***

Inona ny hafatra navelan'Imamo tamin'ny zanany Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) talohan'izy handao izao tontolo izao ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra azo avy amin'ireo mpitantara izay fantatra mazava tsara fa azo ihany koa avy amin'Imamo BAKIR (as), fantatra fa nanafatra an-janany Imamo mba hanokana valonjato dirham (800dr) amin'ny fananany hatokana hikarakarany ny fatiny indrindra fa ny fandevenana azy; araka ny voatatitra avy amin'ny hadith tsy dia mazava izay voalaza fa avy tamin'Imamo SWADIQ (as) ihany koa izay milaza manao hoe : ***"niteny tamiko ny raiko nanao hoe : "ô ry JA'AFAR, ampijanony amin'ny harenako ohatra izao sy izao iny aho, mba ho fanaovana fahatsiarovana (majlisy aaza) ahy***

***izay atao any MINNAT isaky ny fotoan'ny HADJI mandrindra ny folo taona".***

***<u>Fanontaniana n° 251 :</u>***

Aiza no misy ny fasana masin'Imamo BAKIR (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny rehetra dia miara-manaiky fa ny fasany dia ao BAKIA (any lameka) miaraka amin'ny rainy Imamo SAJJAD (as) sy ny dadatoany Imamo AL-Hassan (as).

***<u>Fanontaniana n° 252 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ireo zanak'Imamo BAKIR (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Fantaro fa ireo zanak'Imamo BAKIR (as) araka ny voalazan'i Sheikh Al-Mofid sy Tabarsi sy ny ankoatra azy roa ireo, dia miisa fito ny fitambarany, misy amin'izy ireo vehivavy ary misy ihany koa lehilahy, dia ireo avy izy izy ireo :

☐ i ABOU ABDOULLAHI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD (as) sy ABDOULLAHI, ny renin'izy roa ireo dia i OUMOU FARWAT BINTO AL-KASSIM IBNI MOUHAMMAD IBNI ABI BAKR.

☐ Ary i IBRAHIM sy OBEIDOULLAHI, ny renin'izy roa ireo dia i OUMOU HAKIM. Ary izy roa ireo dia samy nindaosin'ny fahafatesana fony rain'izy ireo mbola velona.

☐ i Ali, sy ZAYNAB, ary i OUMOU SALAMAT, ary ny renin'izy ireo dia OUMOU WALAD, ary misy nilaza fa i OUMOU SALAMAT dia hafa ny reniny fa tsy i Oumou walad izany.

# IMAMO JA'AFAR SWADIQ (AS)

***Fanontaniana n° 253 :***

Iza marina moa Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia : i JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB.

***Fanontaniana n° 254 :***

Oviana no teraka Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ary inona no zavatra niseho tamin'ny vanim-potoana nahaterahany ?

***Valiny :***

➔ Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) dia teraka andro alatsinainy fahafiton'ny volana Rabiol awal taona faha telo amby valopolo Hijri, ary izy dia andro izay nahaterahan'ny Mpaminany (sw) izay andro manana ny maha izy azy noho izy andro feno fahasoavana.

***Fanontaniana n° 255 :***

Iza no anarana fiantsoana an'Imamo andavanandro ary iza avy ireo anaram-bositra fiantsoana Azy ?

***Valiny :***

➔ Ny fiantsoana Azy amin'ny andavanandro dia i ABOU ABDOULLAHI, ary ireto avy ireo anaram-bositra izay nentiny : SWABIR, FADWIL, TWAHER, SWADIQ, ary io farany io no tena nahalalan'ny besinimaro azy.

***Fanontaniana n° 256 :***

Fa maninona Imamo no nampitondraina ilay anaram-bositra hoe "SWADIQ" ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 246 11/01/2021 16:26:03

***Valiny :***

➔ Niteny i ibn Babawey sy i Qatbo Arawandi fa Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) dia nisy nanontany Azy hoe : “iza no Imamo ao aorianao?”, dia hoy Imamo : “i Mouhammad zanako izay handrasarasa ny fahalalana ka tena handrasarasa azy tokoa”, dia mbola nanontany azy ihany ilay mpanontany nanao hoe : “ary iza no handimby azy ao aoriany ?”, dia hoy indray imam namaly azy : “ny ao aoriny dia i Mouhammad JA’AFAR, ny anarana izay ahaizan’ireo mponin’ny lanitra azy dia i SWADIQ”, dia nisy ihany koa nanontany azy nanao hoe : “fa ahoana no nahalasa ny anarany SWADIQ nefa ianareo rehetra dia SWADIQONA na azo itokisana avokoa ?”, dia hoy Imamo taminy : “niteny tamiko ny raiko izay teny notenenin-drainy taminy izay avy ihany koa tamin’i RASSOULILLAHI nanao hoe : “rehefa teraka ilay zanako JA’AFAR IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB, dia antsoy hoe “swadiq”, satria ny fahadimy amin’ireo zanany izay antsoina hoe JA’AFAR dia hilaza ny tenany fa Imamo, ary tena am-pahasahiana no hanaovany izany, ary izy dia vandy ho azy, ary izy io dia JA’AFARO ilay mpandainga ny anarany eo anatrehan’ny Tompo Allah, ilay mpisandoka eo anatrehan’Andriamanitra”.

Dia nitomany i Ali IBNI AL-Houssein teo am-pahenoana izany, ary hoy izy: “ ohatra izaho i Ja’afar ilay mpandainga, izay nitondra ireo fahabibiana tamin’ny fotoany izay nitadiavany ny raharahan’ny sakaizan’Andriamanitra, ary ny fivilian-dalana amin’ny fiarovan’Andriamanitra, izay midika hoe (ilay tompon’ny fahefana ny tso-dranon’i Tompo ho aminy).

***Fanontaniana n° 257 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ireo (swifat jasadiat) na ny mombamomba an’Imamo amin’ny lafiny ara-batana ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 247 11/01/2021 16:26:03

**_Valiny :_**

➔ Eny, nisy niteny mahakasika ny mombamomba azy ara-batana : Izy dia nanana fitsanganana antonony, ary nanana tarehy mazava manjelanjelatra toy ny voninkazo, ary izy dia fotsy fihodirana, tsara orona, be volo be ny vatany, teo amin'ny takolany dia nisy teboka mainty.

**_Fanontaniana n° 258 :_**

Inona no soratra teo amin'ny peratra izay fanaon'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

**_Valiny :_**

➔ Niteny Imamo REZA (as) fa ny sokitra na soratra tamin'ny peratra fanaony dia : " Allah WALI WA ISMATI MIN KHALKIHI" izany midika hoe : ***"ny Tompo Allah no mpiahy ahy sy mpiaro ahy amin'ireo zava-boahariny".*** Araka ny voaray amin'ireo riwayat hafa ny soratra teo amin'ny peratr'Imamo dia : "**Allah KHALIK KOLO SHAY**) izay azo adika hoe "***ny Tompo Allah no mpahary ny zava-drehetra***", ary araka ny riwayat hafa koa izay azo itokisana ihany koa dia nilaza fa ny soratra tamin'ny peratr'Imamo dia : " **ANTA SIKATI FAASIMNI MINNASY**", izay azo adika ihany koa hoe : "***ianao no itokisako ka arovy aho amin'ireo olona***", misy riwayat fahefatra ihany koa izay milaza fa ny soratra tamin'ny peratr'Imamo dia : **"MA SHALLAH, LA QOWATA ILA BILLAHI, ASTARFIROLLAHI",** izay midika hoe: ***"dera ho an'ny Tompo Allah, tsy misy manana tanjaka ankoatra an'i Allah, mangataka famelana aminao aho ry tompo Allah"***. Sy ny riwayat ankoatra an'izay.

**_Fanontaniana n° 259 :_**

Iza no renin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 248 11/01/2021 16:26:03

***Valiny :***

➔ Ny renin'Imamo dia ilay vehivavy madio sy be voninahitra izay antsoina hoe FATIMATOU izay fanta-daza ihany koa amin'ny anarana hoe : "OUMOU FAROWAT BINTO AL-KASIM IBNI MOUHAMMAD IBNI ABI BAKR".

***Fanontaniana n° 260 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny mombamomba ny renin'Imamo amin'ny endrika fohifohy sy ambangovangony ?

***Valiny :***

➔ Niteny Imamo SWADIQ (as) mahakasika an-dreniny nanao hoe : "***ny reniko dia mpino sy mpatahotra an'Andriamanitra ary madio fitondran-tena sy mpanao asa soa, ary ny Tompo Allah dia mitia ireo mpanao asa soa***".

Ary niteny ihany koa ilay Sheikh heni-boninahitra Ali ibni al-houssein al-masoudi tao amin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe (isbatol wasyat) nanao hoe : "i OUMOU FAROWAT dia mpatahotra an'Andriamanitra indrindra tamin'ireo vehivavy tamin'ny vanin'androny, nisy niteny fa i Ali IBNI AL-Houssein (as) dia niteny taminy nanao hoe : "***ô ry OUMOU FAROWAT, tena marina aho dia mangataka ho an'ireo mpanota amin'ireo mpanaradia antsika alina aman'andro injato, izany hoe mangataka famelan-keloka ho azy ireo, satria isika dia miaritra amin'izay haintsika fa izy ireo kosa dia miaritra amin'izay tsy hain'izy ireo***".

Tamin'izany fotoana izany, i OUMOU FAROWAT dia vehivavy heni-kaja sy heni-boninahitra tokoa, ka noho izany indrindra no nahatonga an'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) nantsoin'ny olona hoe zanak'ilay heni-boninahitra sy haja, ary hoy ny tatitra avy tamin'i Abdoul Aala nanao hoe : "nihitako i OUMOU FAROWAT nihodina nanodidina ny Kaabat (ilay tranon'Andriamanitra), tamin'izany fotoana izy dia nitafy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 249 11/01/2021 16:26:03

lamba tsy tena mandrakotra azy tanteraka ka tsy hahalalan'iza na iza azy, ka dia noraisiny tamin'ny tananany havia ilay vato mainty, ary dia teo indrindra no nisy lehilahy iray izay niteny taminy nanao hoe : "***ô ry mpanompon'ny Allah, nodisoinao ilay fomba amam-panao"***, dia hoy izy tamin-dralehilahy : ***"izahay dia mpanarivo fahalalana raha ampitahaina amin'ny fahalalanao"***.

Dia hoy aho hoe : fantatra fa ilay lehilahy dia iray amin'ireo manampahaizana ahlou sounat, ary ahoana moa no tsy hananany fahalalana maro !, izy anefa vehivavy vadin'ilay mpandrasarasa ny fahalalana hatramin'ny voalohany ka ho mandrakizay, ary ny raim-badiny ihany koa dia ZAYNOUL ABIDINA (as), ary satria izy loharanon'ny fahalalana sy fototry ny fahendrena sy ny tsy fahatonianan'i JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD SWADIQ ilay itokisana, ary ny rainy dia ilay itokisana amin'ireo mpanara-dia an'i Ali IBNI AL-Houssein (as), izay iray amin'ireo manampahaizana fito ao Madinat, izay notezaina fony fahakeliny tamin'ny tontolon'ny fahalalana, ary nitombo tao anatin'ny tranon'ny fahalalana.

***<u>Fanontaniana n° 261 :</u>***

> Moa misy olona nisongadina teo amin'ireo imam sy manampahaizana izay mba nitatitra hadith avy tamin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny teny voaray avy tamin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as), nisy vondron'olona izay an'ireo voasongadina sy manampahaizana indrindra teo anatrehan'ireo izay nitatitra hadith avy tamin'Imamo, tahaka an'i YAHIA IBNI SAIID, i IBNI JARIH,i MALIK IBNI ANAS, ASAORI, i IBNI OIINI, i ABI AIOBI ASAJASTANI sy ny ankoatra an'izay. Ny votoatin-teniny amin'ny ankapobeny dia toy izao manaraka izao : ***"efa nitatitra tamin'Imamo aza ireo izay mbola tsy nitatitra tamin'olon-kafa, ka ireo mpitatira izay nitatitra avy tamin'Imamo dia nahatratra efatra arivo lahy"***.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 250 11/01/2021 16:26:03

***Fanontaniana n° 262 :***

Inona marina moa ilay boky antsoina hoe "JAFRO", ary inona no fifandraisany amin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Niteny i ibn Koteibat ao amin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe (ADABOL KOTAB) nanao hoe : "***ilay boky izay antsoina hoe JAFRO dia boky nosoratan'Imamo JA'AFAR SWADIQ IBNI MOUHAMMAD BAKIR (as), ka dia noraiketiny tao avokoa ireo fahalalana rehetra izay ilain'ireo mpanara-dia ny Ahloul bay tety an-tany ka mandra-pahatongavan'ny andro farany***", ka noho izany dia hoy ny tenin'i Abou Alaay milaza ny momba ilay boky JAFRO manao hoe :

❒ ***Tena mahagaga ireto taranak'ny Mpaminany ireto!, navorin'izy ireo ny fahalalan'izy ireo ao anatin'ny boky iray izay antsoina hoe JAFRO.***

❒ ***Ary vavy kely izy io nefa mifono harena an-kibon'ny tany, izay asehon'ireo tany efitra isan-taona.***

❒ ***Ary ny JAFRO dia ireo zanaka osy izay tsy mihoatra ny efa-bolana izay efa niala nono.***

***Fanontaniana n° 263 :***

Moa ve misy amin'ireo manampahaizana mpanohitra ny maktabo Ahloul Bayt anisan'ny mpianatr'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza misy ampahany amin'ireo mpanohitra dia mpianatr'Imamo, ary sasany mpiasany sy andevony, na mpanaraka azy sy mpaka fahalalana aminy fotsiny, ohatra amin'izany i Abou Hanifat Anoomani ibn Sabith izay iray amin'ireo mpitarika efatra amin'ireo mpitarika maktabatou ahoul sounat ( fiqh), sy Mouhammad



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 251 11/01/2021 16:26:03

ibn Hassan, ary Abou zayd Toyfor mpanome rano ireo mpiasany ary mpanome rano ihany koa ny vatatenan'Imamo, ary i Ibrahim ibn Adahm sy Malik ibn Dinar dia samy mpanompo na andevon'Imamo avokoa.

***<u>Fanontaniana n° 264 :</u>***

Nanao ahoana ny fahitan'i Abi Hanifat ny fahalalan'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'ibn Shahr Ashoubi avy tamin'ny mosnadin'i Abi Hanifat, dia niteny hoy izy i Hassan ibn zyad nanao hoe : izaho dia naheno fa i Abou Hanifat dia nisy nanontany nanao hoe : iza no tena manampahaizana izay hitanao ?, dia hoy izy namaly azy nanao hoe : i JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD, satria, rehefa tonga tao amin'i Al-Mansour Izy, dia naniraka taty amiko izy, dia hoy ilay hafatra : "***ô ry Aba Hanifat, ny olona eto an-tanana dia efa miaika ny amin'i JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD, ka noho izany anomano fanontaniana faran'izay sarotra izy***".

Ka dia nanomanako fanontaniana efapolo izy, taorin'izay dia nanafatra ahy indray i Abou Ja'afar(al-mansour) mba ho tonga any aminy, ary izy tamin'izay fotoana izay dia tany Hirat, ka dia tonga tany aho, rehefa niditra aho, dia nihitako i JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD nipetraka teo ankavanany, ary rehefa nijery azy aho, dia tonga latsa-panajana azy fatratra, izay zavatra tsy mbola nandalo tamiko na dia mahita sy mifanena tamin'i abou ja'afar al-mansour aza aho, ka dia niarahaba azy aho, dia no valiany amin'ny alalan'ny fihetsiky ny lohany ilay izy dia nipetraka aho, taorian'izay dia nitodika tany aminy i i Al-Mansour ka niteny taminy nanao hoe : "***ô ry ABA ABDOULLAHI, ity dia i Abou Hanifat***", dia hoy Imamo taminy : "***eny izy tokoa io, ary izy io tsy vahiny ahy fa tena fantatro***", ary nitodika taty amiko indray i Al-Mansour, ka dia niteny tamiko hoe : ô ry Aba hanifat, apetraho amin'i

ABI ABDOULLAHI amin'zay ireo fanontanianao, teo dia nanomboka nametraka ireo fanontaniako ary izy dia namaly izany, ka hoy indrindra izy tamin'izany: ianareo miteny ohatra izao ary ireo mponin'i Madinat miteny ohatra izao, fa indraindray ianao manaraka anay ary mety ihany koa hanaraka an'ireo, ary mety koa hanohitra anay ny rehetra, ka tsy nijanona ny famaliany ahy, raha tsy tapitra ireo fanontaniako efapolo, ary izany tsy mba namelany na iray aza fa tapitra novaliany avokoa.

Ary hoy indray i Abou Hanifat hoe : "***ka moa va tsy izay mahay na mahalalana ny zavatra eo amin'ny tsirairay no tena mahalala*** ?". Satria Imamo mahalala avokoa ny zava-misy eo amin'ireo mponina rehetra tamin'izay fotoana izay.

***<u>Fanontaniana n° 265 :</u>***

Nanao ahoana ny fahitan'i Malik ibn Anas ny mombamomba an'Imamo ankoatra ny mombamomba Azy ara-batana ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny tatitra nataon'i Sheikh Swadoq avy tamin'i Malik ibn Anas ilay manampahaizan'ny mponin'i Madinat sady iray amin'ireo mpitarika ahlou sounat, niteny izy nanao hoe : andro iray dia sendra niditra tao antranon'i SWADIQ JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD (as) ka dia nomena ondana aho mba hiankinako, satria hainy fatratra loatra aho, ary hoy izy tamiko : "***ô ry Malik !, tena tiako ianao***", ka dia faly aho teo am-pahenoana an'izany, ka dia nidera an'Andriamanitra aho noho izany antony izany, ary hitako sy tsapako fa Imamo (as) dia lehilahy tsy mba niala ny amin'iray amin'ireto zavatra telo ireto: na izy anatin'ny fifehezana (saomo), na manao soalat, na eo am-piderana an'ny Tompo Allah, ary izy an'isany ikoizana raha ny resaka fanompoana no asian-teny, ary mpiezaka mahafatra-po ihany koa, ary fatra-patahorana an'Andriamanitra ihany koa. Ny ankamaroan'ny teniny dia teny tsara feno anatra sy mahaliana tokoa, olona madio fo ihany koa, ary raha sendra miteny hoe : ***"niteny***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 253 11/01/2021 16:26:04

***RASSOULILLAHI(sw) izy dia mivadina maintso ny ilan-tarehiny ary mavo ny ilany ka lasa mivadika toa izy ny tarehiny dia lasa tsy fantatra hoe iza izy”***.

Nisy fotoana aho niaraka nanao Hajj taminy, rehefa nampitaingeniko eny amboniny soavaliny izy rehefa vita ny fitafiana ilay lamba ihram izay fientina manao Hajj, ka isak'izy manao ilay fiteny hoe : “***allahoma labaika***…” izy dia tapaka ilay feony (tsy mahatafavoaka feo) any amin'ny tendany any, (ohatra ny kenda) ka noho izany dia ohatra ny ho latsaka avy eny ambon'ilay soavaliny izy, ary hoy aho taminy : “teneno ahy ry zafin'ny Mpaminany raha ohatra ianao mila olo hanao “labaika allahoma …” amin'ny toeranao ?, dia hoy izy tamiko : ***“ô ry ibn Abi Amir, ahoana ny hampanaovako olona izany nefa aho miteny hoe : “Labaika Allahoma labaika, nefa aho matahotra ilay olona sao niteny amin'Andriamanitra manao hoe : “ la labaika wa la saadaika?***”.

***<u>Fanontaniana n° 266 :</u>***

Moa ve afaka tanisainao ho anay ny ampahany amin'ireo tenin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) izay mifono anatra sy fananarana ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, niteny Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) nanao hoe :

1. “Raha ohatra vitanao ny tsy mivoaka ny tranonao dia ataovy izany, nefa tandremo ianao tsy hitsiko olona na havandy na hialona, na koa hirehareha, na koa hamorona izay tsy misy, na koa handoko izay tsy mendrika holokoina”.

2. “Raha ohatra ny loza izay mahavoa no miampy hafa koa dia loza fanadiovana izay”.

3. “Raha ohatra ka omenao lanja izao tontolo izao noho ny vahoaka iray, dia efa natolotra an'izy ireo anao ny hatsaran'ny hafa, ary raha

ohatra omenao lamosina izao tontolo izao noho ny vahoaka anakiray, dia efa nanala ny hatsaran'izy ireo anao izay".

4. "Miaraka amin'ny fiarovana na (fahatonianana) dia ny fandriampahalemana sy ny fahasoavana, ary ny miaraka amin'ny fahamaizana na fahafainganana dia nenina, ka izay manomboka ny asa tsy amin'ny fotoanany dia izany asa izany tsy ho vita amin'ny fotoana izay kendrena havitany".

5. "Tsy misy mafy sy matanjaka amin'ireo miaramilan'Iblisy na satana mihoatra ny vehivavy sy ny hatezerana".

***<u>Fanontaniana n° 267 :</u>***

Tany aloha isika dia efa niresaka momba ireo riwayat na hadith izay midera ny fitokana-monina na fialana eo amin'olona nefa misy ihany koa ireo riwayat izay manakiana an'izany izay avy tamin'Imamo JA'AFA SWADIQ (as), ka tanisao ho anay ary ny ampahany amin'izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'i KOLEINI avy tamin'ny loharano itokisana, milaza fa misy iray tamin'ireo niteny tamin'Imamo SWADIQ (as) nanao hoe : "***nisy olona niteny fa misy lesoka ny finoantsika, fa ny finoany kosa dia mety sy marina hoy izy, nefa izy mipetraka ao an-tranony foana tena tsy mba mivoaka mihitsy, tsy mba mifandray amin'olona***", dia hoy Imamo rehefa haneno izany : ***"inona dikan'izany ?, ary ahoana ny fakan'izany olona izany ny fahalalany ?".***

Nisy nitatitra avy tamin'ny loharanom-baovao azo antoka, avy tamin'Imamo (as) mikasika ilay teniny hoe : "***inona no dikan'izany*** ? ***Iny***", niteny ihany koa izy nanao hoe : "***tandrovinareo ny fanaovana soalat ao amin'ny masjidy, ary toraka izany koa ny fifandraisana amin'olona amin'ny fihetsika tsara, ary ny fanatanterahana ny fijoroana vavolombelona ho azy ireo, ary ny fanarahana ny fatiny***

***rehefa handevina azy, ka noho izany rehetra dia tsy maintsy mifandray amin'ny hafa ianareo, ary tsy misy olona tsy mahavita tena izany fa tsy maintsy mila ny hafa ihany, satria ny olona tsirairay dia mifampila eo amin'ny fiainana***".

ary ny ankoatra an'izay amin'ireo riwayat maro be izay milaza ny momba izany.

***<u>Fanontaniana ambiny :</u>***

fa ahoana ary no fomba hanambaranao ireo andiana hadith na riwayat roa ireo izay toa misy fifanoherana eo amin'izy ireo ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Fantaro fa ireo riwayat izay nilaza ilay raharaha etsy ambony dia riwayat manana ny maha izy azy sy malaza tokoa (motawatirat), nefa ny endrika ivelan'ireo hadith dia toa milaza ny tsy fahatsaran'ny fanaovana fisitahana ny fitokana- monina, ka ireo hadith izay azo milazalaza momba izany fitokana-monina izany, ny tian'izay io holazaina dia ilay fitokana-monina miaraka amin'ny fitondran-tena ratsy, fa raha ohatra kosa ny fifandraisanao amin'ny hafa miteraka fahaverezan-dalana ho anao na miteraka olana ara-pinoana ho anao dia aza atao izany, fa raha tsy izay kosa no miseho, tsara ny mampahatsiahy etoana fa ny fifaneraserana na fifandraisana amin'ireo olo tsara, na fifaneraserana amin'ireo tsy tsara fitondran-tena miaraka amin'ny fikendrena ny hitari-dalana azy ireo, izany dia anisany fahazaran'ireo Mpaminany, ary anisan'ny fanompoana tsara indrindra ihany koa,fa raha tsy izany no miseho dia lasa mora ny fanatanterahana ilay fitokana-monina izay deraina ao anatin'ireo hadith, ireo fitokana- monina izay omena tsiny ny manao azy dia noho ny antony ateraky ny fifandraisana izay mampitombo ny fifikirana amin'izao tontolo izao, ary lasa maka tahaka ny toetra ratsin'ilay olona ifandraisana ianao, lasa lany fotoana amin'ny fifandraisana sy ny fifampiresahana amin'ireo olona mpanao ratsy ihany koa ianao. Ankamaroan'ireo olona izay mitoka-monina dia noho ny bitsibitsika

sy fampirisihana izay ataon'i shaitowany mba hialany amin'izany fifandraisana toa tsy misy tombontsoa izany, ka ny tenany manontolo dia ampifantohiny amin'ny fikatsahana ireo toerana ambony sy amin'ny fiainana eto an-tany izy, ka mba hahavitany an'izany rehetra izany dia aleony misintaka an'izy ireo aloha, nefa ny fony aza any amin'izy ireo ihany na dia lavitra aza, ary ireo toetran'izy ireo ihany koa dia misy fiantraikany eo aminy.

Tahaka ny olona iray izay matetika miatrika ny fivorian'ireo izay mpanompon'izao tontolo izao, matetika mahatsapa fa voahelingelina izy eo anatrehan'izy ireo, ka izany fifandraisany amin'izy ireo izany miteraka fitomboam-pijery hoazy, ka noho ny akon'izany dia lasa tsy raiki-po amin'izao tontolo izao intsony izy, satria ny tanjony dia hitari-dalana azy ireo mankany amin'Andriamanitra, na ny ankoatra an'izay amin'ireo tanjona tsara, ka dia ho tafita izy miaraka amin'ny fanomezana sy valisoa lehibe.

Ary misy ihany koa hadith izy azo antoka fa avy tamin'Imamo SWADIQ (as), mbola mahakasika ilay teniny hoe : ***"fa inona no dikan'izany iny ihany",*** fahasoavana ho an'ilay mpanompo izay tsy mba miteny izay tsy fantany, mahafantatra ny mponin'ny vanim-potoana misy azy ka miara-dia amin'izy ireo ny tenany, nefa ny fony miala amin'izy ireo (izany hoe tsy mankato ny asan'izy ireo) nefa izy ireo dia mahalala azy ety ivelany fotsiny (tsy mahalala ny ao am-pony), ary izy anefa mahalala ny ao anatin'izy ireo. Ka ny tena ilaina amin'ny fisitahana na fitokana-monina dia ny fisitahan'ny fo amin'ireo toetra ratsy izy manoloana anao, ka tsy hanakina ny raharahany amin'izy ireo, ary tokony hizotra mankany amin'ny Tompo Allah izy, ka hahay maka tombony amin'ireo tombontsoan'izy ireo, ka hitandrina mandrakariva amin'ny ratsy izay ataon'izy ireo, fara toa tsy zay no zava misy, tsara ampahatsiahivina fa ny fisitahana sy ny fitokana- monina dia tsy vahaolana hoentina mamaha ny olana misy eo amin'ny fifandraisana amin'ny hafa velively, fa izy io dia matetika mampiditra toetra sy fihetsika ratsy ao amin'ny olona tahaka fanalehibeazana ireo asa soa vita, ny rehareha, sns.

***Fanontaniana n° 268 :***

Maro ireo porofo sy fahagagana izay nataon'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as), ka moa ve ianao afaka miteny iray amin'izany ?

***Valiny :***

➔ Hita ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (MADINATOUL MOAJIZAT) avy tamin'ilay boky mitondra ny lohateny manao hoe (SAKIBOL MANAKIB), fa i Aba hesham Ismael ibni Mouhammad Al-Homairy dia niteny nanao hoe : "niditra tao amin'i SWADIQ JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD (as) aho, ary hoy aho taminy, ô ry zafin'ny Mpaminany, lazao ahy,ny fahitanao ity teny izay milaza manao hoe : ***"mbola aiza izany, nefa aho efa nandany ny taonako tamin'ny fitiavana anareo, ary nohentaniko ho anareo ireo olona tetsy sy teroa",*** ary hoy izy tamiko: ka moa tsy izaho ve no niteny mahakasika an'i Mouhammad ibn Hanafiat nanao hoe :

■ Mandrapahoviana sy hatramin'ny oviana ary haharitra hafiriana ô ry zanak'ilay mpanafatra no hovelonao sy hanomezana anao ny anjara masoandronao.

■ Ianao anefa nankany amin'ny tany Ridwa izay tsy maso, ary noho izay no nahatonga anao nankany.

Ary moa va tsy izaho no niteny nanao hoe : " tena marina fa i Mouhammad ibni Hanafiat dia ilay hampijoro ny vahoakan'i Radwa, izay misy liona eo ankavanany sy tigra eo ankaviany, omena azy andro aman'alina ny anjara masoandrony, ary nikaokaoriny ny lohany! Tena marina fa i RASSOULILLAHI (sw) sy Ali (as) ary AL-Hassan sy AL-Houssein (as) dia tsara lavitra noho izy, nefa tapitra nanandrana ny fahafatesana avokoa!! Ka moa ve mba manana porofo amin'izany ianao ?.

Dia hoy izy : "***eny, manana aho, tena marina fa izy efa nilaza tamiko fa efa nanaovana soalat ny fatiny ary efa naleviny izy, ka hasehoko anao ny famantaran'izany***", ka dia noraisiny ny tanako ka noentiny

nankany am-pasana aho, ary rehefa tonga teo dia nokapohany tamin'ny Tanana ilay fasana, ary rehefa vita izany dia nanao dua izy (nivavaka), teo ho eo dia nitresaka ilay fasana, ka dia nahita lehilahy fotsy volo sy fotsy volom-bava aho nivoaka avy ao, sady indreo ireo fotaka miraraka avy amin'ny lohany sy ny tarehiny, ary hoy izy : ***"ô ry Aba Hesham! Moa ve fantatrao aho ?"***, dia niteny ilay mpitantara fa niteny i Hesham nanao hoe : "***tsia***", ary hoy ilay rangahy avy ao am-pasana : ***"izaho dia i Mouhamad ibni Hanafiat, tena marina fa ny Imamo ao aorian'i HOUSSEINI IBNI Ali dia i Ali IBNI AL-HOUSSEINI, ary ny manaraka azy dia i MOUHAMMAD IBNI Ali ary ny aoriany dia io olona miaraka aminao io"***.

Rehefa taorian'izay dia naidiny tao anatin'ilay fasana misy azy ny lohany, ka dia nandrakotra azy teo ilay fasana.

Ka dia indrindra no nahatonga an'Ismael ibn Mouhammad niteny ity tononkalo manaraka ity nanao hoe :

- Amin'ny anaran'ny Tompo Allah no inoako an'i JA'AFAR, lehibe tokoa ny anaran'ny Tompo Allah; ary mino sy manantena ihany koa fa ny Tompo Allah dia mpamela heloka sy mpanadio fahotana.

- Efa nanaraka ny finoana izay tsy tokony harahiko aho; nefa aho efa nosakanan'ilay loholona JA'AFAR tamin'izany.

- Ka hoy aho taminy, omeo porofo aho, nefa tampoka teo dia nisy mpiahy aho; ary raha tsy teo izy dia lasa nanaraka ny finoan'ireo kristianina aho.

- Ka eto dia mitodi-doha mankany amin'ilay be indra-fo sy ilay mpamela heloka; ary tena marina fa efa natolotro ho an'i Allah ny tenako manontolo, ny Tompo Allah dia tena lehibe tokoa.

***<u>Fanontaniana n° 269 :</u>***

Nanao ahoana ny fifandraisan'i Aboul Abbas Assafah tamin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 259 11/01/2021 16:26:04

***Valiny :***

➔ Araka ny volazan'ireo riwayat na hadith izay azo itokisana, tena marina fa i Abou Abbas Assafah izay voalohany tamin'ireo mpanjakan'i Abbasiina, dia nanainga mavesatra an'Imamo SWADIQ (as) avy any Madinat mba hakany Irak, nefa rehefa hitany ireo fahagagana maro izay nataon'Imamo sy fahalalana izay nananany, ary koa ny hatsaran-toetran'Imamo dia tsy afaka nampijaly Azy izy, ka noho izany dia nasainy naveriny any Madinat Imamo.

***Fanontaniana n° 270 :***

Nanao ahoana ny fifandraisan'i Al-Mansour tamin'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Rehefa nomen'i Aboul Abbas Assafah an'i Mansour Adiwaniki ilay fitondrana, ary rehefa naheno ity farany ny hamaroan'ny mpianatra sy ny mpanara-dia an'Imamo dia niantso an'Imamo avy any Madinat hankany Irak izy, fanindroany izay no voaantso hankany Irak Imamo, ka rehefa tonga tany Imamo, dia hiezaka ny hamono Azy imbetsaka i Mansour, araka ny voalaza dia indimy na mihoatra izy no nanao izany fikasan-dratsiny izany, nefa isak' izy manao izany dia mahita fahagagana eo amin'ny Imamo foana, ka noho ny antony izany dia lasa niverin-dalana izy tamin'ny famonoana an'Imamo.

Araka ny tatitra izay natoan'ibn Babawey sy ibn Ashoubi ary ny ankoatra andreo ireo, tena marina fa i Abou Mansour Adawaniki, indray andro dia naniraka olona nankany tamin'Imamo mba hampilaza azy mba hankany aminy, ka rehefa tonga any aminy Imamo dia hovonoiny, ka dia nanomana antsy na sabatra maranitra izy ho amin'izany, ary hoy izy tamin'i Rabiy hoe, saromy na takony ity sabatra ity, "rehefa eo am-piresahana aminy aho dia atambaro ny herinao rehetra ka tapaho ny lohany".



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 260 11/01/2021 16:26:05

Hoy i Rabiy nilaza nilaza momba ny zavatra nandalo tamin'izany : " rehefa niditra Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) tao amin'i Mansour dia nijery azy i Mansouri eny lavitra eny sady nivadibadika eo ampitoerany, ary hoy izy tamin'Imamo : "tonga soa ianao ry ABA ABDOULLAHI, fiangaviana no antony nanirahanay tany aminao mba ho mariky ny fanatanterahanay ny finoanao sy andraikitray". Dia nametraka fanontaniana mahafinaritra tamin'Imamo izy mahakasika ireo fianakavian'Imamo, ary hoy izy tamiko: "ô ry Rabiy !, aza avelanao hihotra handingana intelo rehefa mikasa ny hiverina hankany amin'ireo fianakaviany i JA'AFAR, fa tonga de vonoy".

Rehefa nivoaka Imamo dia hoy i Rabiy taminy : "ô ry ABA ABDOULLAHI!, hitanao ve ity sabatra ity ?, izy ity dia natokana ny hamonoana anao miaraka amin'ity hoditra isaromany ity, fa inona araka ny fahitanao azy no mbola mampihetsika ireo molotrao roe ireo ?.

Ary hoy Imamo namaly azy nanao hoe : "***tena marina fa izaho hitanao io dia mamaky dua (mivavaka)";*** ka dia nampianarin'Imamo an'i Rabiy ilay dua izay novakiny.

Ary araka ny voatatitr'ireo riwayat na hadith hafa, tena marina fa i Rabiy dia niteny tamin'i Mansour nanao hoe : "vao niditra Imamo dia nahita dragona lehibe aho nandrangitra ilay vanginifiny, ary izy niteny tamin'ny fitenin'olombelona nanao tamiko hoe : ***"raha hakasokao amin'ny zafikelin'i RASSOULILLAHI iny sabatra iny dia dorako ianao mandrapialan'ny hoditrao amin'ny taolanao",*** ary izaho dia natahotra ny ho fiantrakin'izany amiko, ka dia natao izay hitako fa mety.

Ary maro ireo tantara milaza izay zavatra nataon'i Mansour tamin'Imamo, anisan'izany ny fiantsoany an'Imamo mandritra ny misasakalina, sy ankoatra an'izany nefa i Mansour tsy niafaka nanao na inona na inona tamin'Imamo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 261 11/01/2021 16:26:05

***Fanontaniana n° 271 :***

Oviana no nindaosin'ny fahafatesana Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) dia nindaosin'ny fahafatesana tao anatin'ny volana "shawali", taona valo amby efapolo amby zato (148) hijri, ary tsara ho marihina fa tsy misy amin'ireo boky izay itokisana no namaritra ny andro nahafatesan'Imamo tao anatin'ny volana shawal, eny, niteny ilay tompon'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : "JANATOUL KHOLOD" izy dia anisan'ireo mpara-tantara mahay tokoa, ka araka ny voalazany fa Imamo dia maty tamin'ny fahadimy amby roapolo (25) ny volana shawal, nefa misy koa ny milaza fa Imamo dia maty andro alatsinainy antsasaky ny volana rajab ihany koa.

***Fanontaniana n° 272 :***

Inona no antony nahafaty an'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza ny antony nahafaty an'Imamo dia ny fihinanany voaloboka izay misy poizina izay nomen'i Mansour Azy, ary dimy amby enimpolo taona izy tamin'izay fotoana izay.

***Fanontaniana n° 273 :***

Aiza no milevina Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Niteny i al-Massoudy nanao hoe : **"Imamo (as) dia nalevina tao Bakyat niaraka tamin'ny rainy sy ny raibeny, ary izy tamin'izay fotoana izay dia dimy amby enimpolo taona, ary nisy nilaza fa nopoizinina izy izay no nahafaty azy, ka ao amin'io fasan'izy ireo ao Bakyat io dia misy vatovandana izay misy soratra manao hoe:**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 262 11/01/2021 16:26:05

**“amin’ny anaran’ilay be fahasoavana sy be indra-fo, dera ho an’Andriamanitra ilay mpamono an’ireo vahoakin’izao tontolo izao, sy mpamelona an’izay efa rava sy efa lasa ho vovoka,ity dia fasan’i FATIMATOU zanakavavin’i RASSOULILLAHI (sw) ilay lehiben’ny vehivavy rehetra eto an-tany, sy fasan’i Hassan IBNI Ali IBNI ABI TALIB (as), ary fasan’i Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB, ary fasan’i Mouhammad IBNI Ali, ary fasan’i JA’AFAR IBNI MOUHAMMAD ny hafalian’ny Tompo Allah anie ho amin’izy ireo*”,*** dia nifarana teo.

***Fanontaniana n° 274 :***

Tamin’iza no namelan’Imamo JA’AFAR SWADIQ (as) hafatra momba ny ho mpandimby azy na Imamo ao aoriany ?

***Valiny :***

➔ Imamo JA’AFAR SWADIQ (as) dia nametraka hafatra tamin’ilay zanany ABDOULLAHI sy tamin’Ilay zanany MOUSSA IBNI JA’AFAR (as) ary tamin’i Al-Mansour Adawaki.

***Fanontaniana n° 275 :***

Fa maninona Imamo JA’AFAR SWADIQ (as) namela hafatra tamin’izy telo ireo (izay voalaza etsy ambony) ?

***Valiny :***

➔ Efa tsy miafina amin’ny manam-pahendrena sy izay manana saina salama, fa ny famelana hafatra tamin’ny Mansour dia (takiat) na fanafenana azy ny tena marina, mba hiarovana an’ilay tena hompan-dimby azy amin’ny famonoana, satria raha sendra manontany i Mansour hoe iza no mpandimby azy, raha hainy dia mety hovonoiny,ka hisy hiteny hoe ianao no mpandimby, ary hampitahainy ny lehilahy amin’ireo zanak’Imamo, ny kely amin’izy ireo dia i MOUSSA izay hampitahainy amin’ilay lehibe ABDOULLAHI, amin’izay ny olona hahalala fa izay misy fahabangana eo amin’ny

vatany sy eo amin'ny finoany dia tsy mendrika ho lasa Imamo, ka noho izany ilay zandry no mendrika ho Imamo, satria ilay zoky dia nisy fahabangana teo amin'ny finoany satria izy bado na tsy mahalala ny lalàn'Andriamanitra, ary ilay zokiny dia mivohabe ny tongony, ka raha ohatra io zokiny io tsy nisy fahabangana dia io no nataony Imamo, ka izay sy izay no nahafantarana fa i MOUSSA (as) no Imamo, ary izy dia mpampahatsiahy azy ireo amin'ny fitandrema ireo tombontsoa.

***Fanontaniana n° 276 :***

Raha ohatra Imamo (as) nanafatra tamin'i zanany MOUSSA (as) irery ihany, inona no zavatra mety ho nandalo ?

***Valiny :***

➔ Hoentsika mamaly izany fanontaniana izany dia hitondra riwayat na hadith iray isika :

Araka ny tatitra izay nataon'i KOLEINI sy i SHEIKH TOUSSI ary i IBNI ASSOUBI avy tamin'i AYOUB AL-KHAOZI, izay niteny nanao hoe : "indray mandeha izay, tamin'ny andro maizikitroka dia naniraka taty amiko i Abou Ja'afar AL-Mansou, dia niditra tao aminy aho, ary izy tamin'izay fotoana izay dia nipetraka teo ambonin'ilay seza fiandrianany sady mitazona boky sy labozia, ary rehefa niarahaba azy aho dia natsipiny taty amiko ilay boky ary izy dia nigogo nitomany, ary hoy izy : iny dia bokin'i Mouhammad ibn Soulaiman izay nilaza fa maty i JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD, ***"tena marina fa isika dia avy amin'Andriamanitra ary tsy maintsy any aminy ihany koa no hiverenana( naveriny intelo izany), ary hoy izy hoe, aiza no mba hahitana mitovy amin'i JA'AFAR ?".***

Ary hoy izy tamiko indray : **"soraty,"** dia nosoratako ny lohateny, ary hoy indray izy : "***raha ohatra Izy nametra wasyat (hafatra) tamin'olona ny vatatenan'Imamo dia mandehana tadiavo ilay olona ary ento mankaty dia tapaho ny lohany***", niteny ilay nirahina rehefa niverina



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 264 11/01/2021 16:26:05

nanao taminy hoe : ***"izy tena marina dia namela wasyat na hafatra tamin'ny olona dimy, ary ny ray amin'izy ireo dia i Abou Ja'afar ibni Mansour, sy i Mouhammad ibni Soulaiman, ary i Abdoullahi, ary i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) ary ny fahadimy farany dia i Homaidat"!***.

Ary hoy i Mansour nanao hoe : "tsy azo atao hamonoana an'izy ireo."

***<u>Fanontaniana n° 277 :</u>***

Tantarao ny tantaran'ny momba ny fasan'i AMIROUL MOUMININA (as) sy Imamo SWADIQ (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Nanomboka ny nandaozan'Imamo AMIROUL MOUMININA (as) izao tontolo izao dia nafenina tsy nisy nahalala ny toerana nandevenana azy, ankoatra an'ireo zanany sy ireo ahloul baytini ( fianakaviany, ka hatramin'ny vanim-potoanan'Imamo SWADIQ (as) izany toe-javatra izany, ary i ZAINOUL ABDINA (as) sy Imamo BAKIR (as) dia nahalala, izy ireo dia tonga mamangy na manao zyarat ny fasan'i AMIROUL MOUMININA (as) tsy mba hiaraka amin'ny zava-manan'aina mihitsy ankoatra ireo soavaly izay fitaingenan'izy ireo ihany, ary tamin'ny vanin'andron'Imamo SWADIQ (as) vao izay nahafantatra ny toerana nandevenana an'Imamo Ali(as) ireo shiany na ireo mpanaradia azy, ka teo vao nanomboka nivezivezy izy ireo tamin'ny famangiana sy ny fanaovana zyarat azy, indraindray dia misy amin'izy ireo no miaraka amin'ireo mpanaradia azy mba hanambara azy ireo ny toerana misy ilay fasana izay ho vangina, ary tamin'ny vanim-potoana izay nanjakan'i Harouna Rachid izay vao naseho nibaribary ny toerana misy an'io fasana io, ka nanomboka teo dia lasa toerana fivangin'ny olona manerana ny vazan-tany efatra, nefa i Hamzatou Asoumali dia efa nanao zyarat na namangy ny io fasan'i AMIROUL MOUMININA (as) io niaraka tamin'i ZAINOUL ABIDINA (as).



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 265 11/01/2021 16:26:05

***Fanontaniana n° 278 :***

Iza avy ireo zanak'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalazan'ny SHEIKH MOFID, ny zanak'Imamo dia miisa folo 10, ka ireto avy izany :

■ Ny voalohany sy faharoa ary ny fahatelo dia : i ISMAELI sy ABDOULLAHI ary i OUMOU FAROWAT, ny renin'izy ireo dia FATIMATOU BINTO AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB(as).

■ Ny fahefatra , ny fahadimy sy fahenina ary ny fahenina dia i MOUSSA (as), sy i ISSAC, ary i Mouhammad, ny renin'izy ireo dia i OUMOU WALAD.

■ Ny fahafito, sy ny fahavalo ary ny fahasivy ary ny fahafolo farany dia i ABBAS, i Ali, sy ASMA ary i FATIMATOU, ny renin'izy ireo dia samihafa.

***Fanontaniana n° 279 :***

Nanao ahoana ny tantaran'i ISMAEL zanak'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***Valiny :***

➔ i ISLMAEL dia lehibe indrindra tamin'ireo rahalahiny, ary i ABOU ABDOULLAHI (as) dia fatra-pitia azy io, ary tena nataony tsara ny fifandraisana nisy teo amin'izy roa, ary Imamo dia tena feno fiantrana taminy, ka noho izany indrindra no nahatonga ireo mpanara-dia an'Imamo nieritreritra fa izy noho mpandimby an'Imamo ao aoriany, ny anton'izany dia noho izy no zokibe indrindra tamin'ireo rahalahiny sy noho ny fitiavan'Imamo azy be loatra ary ny fanajany azy, ary izy dia maty fony fahavelon-drainy, tamin'ny toerana iray izay antsoina hoe ARIDO, nolanjain'ireo lehilahy an-tsoroka avy amin'io toerana io mankany amin-drainy any Madinat, sy mba halevina ao amin'ny fasan-drazany ao Bakyat.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 266 11/01/2021 16:26:05

Voalaza ihany koa fa i ABA ABDOULLAHI(as), dia tena namoy fo tokoa sy tena nalahelo be noho ny fahafatesany, ary misy fotoana aza izy mandeha mamonjy ilay fandriany tsy mitafy kapa na lamba aza, ary matetika dia maniraka mba hatao amin'ny tany ilay fandriany, ary tamin'izay fotoana izay dia nosokafany ilay lamba izay isaloran-janany mba hijereny ny tarehiny, ka ny anisany nahatonga azy nanao izany fihetsika izany ihany koa, mba hanomezany porofo ireo izay mihevitra fa ISAMAEL no mpandimby azy ao aoriany, sady mba hanalana ireo olana momba izany eo amin'ny fiainan'izy ireo ( izany hoe fanesorana ilay olana hoe izy dia mbola velona aorian-drainy ary izy no mpandimby an-drainy ihany koa).

Ary araka ny tatitra izay nataon'i Sheik Swadoq, tena marina fa Imamo SWADIQ (as) dia niteny tamin'i Saadi ibn Obeidollahi al-Aaraji nanao hoe : "rehefa nindaosin'ny fahafatesana i ISMAEL, ka rehefa vita salotra lamba izy tamin'izay fotoana izay, dia nodidiako izy ireo mba haneho ilay tarehiny, ka dia norohako ny handriny sy ny saokany ary ny tendany, ary rehefa vita izany dia nasaiko norakofana izy, ary mbola niteny indray mandeha ihany koa aho nanao hoe : "sokafy izy, ary mbola norohako indray mandeha ihany koa ilay handriny sy ny saokany ary ny tendany, taorin'izany dia nodidiako izy ireo mba hanarona azy, ary naniraka ihany koa aho ny mba hanasana azy, ary dia niditra tao aminy aho, ary hitako izy efa nampitafiana lamba(nofonosana), ary hoy aho indray: avoahy ny tarehiny, ary dia norohako ny handriny sy ny saokany ary ny tendany, ka dia namakiako zavatra izy, dia hoy indray aho : ahitsio nareo izy.

Niteny ilay mpitantara : hoy aho : inona kay ilay zavatra novakina taminy? Dia hoy Imamo taminy : "***namakiako kor'any izy***".

Nisy niteny fa Imamo dia nanoratra soratra tamin'ny kafanin-janany manao : ***"ISMAEL dia mijoro vavolombelona fa tsy misy Andriamanitra ankoatra an'ny Tompo Allah"***.

Niteny ilay lehiben'ireo mpiahy i IBNI SHADI QOM tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (***TOHAFAT AL-AZHAR***), i ISMAEL dia



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 267 11/01/2021 16:26:06

maty tamin'ny taona 142 hijri, ary tamin'ny taona 546 hijri tonga tany Madinat i Houssein ibn Abi al-Hijay minisitr'i Al-Obeidoly ka dia nanorina trano izay misy boribory eo eo amboniny tamin'ny fasan'ISMAEL izy, ary araka ny voalazan'i ibn Shaibat, tena marina fa io toerana io dia tranon'i Zayd ilay maty maritiora zanak'Imamo ZAINOUL ABIDINA (as) tany aloha.

***Teny amin'ny ankapobeny :*** araka ny voalazan'i Sheik Mofid, rehefa nodimandry i ISMAEL, niverin-dalana ireo tamin'ny finoany ireo izay nihevitra sy nino fa izy no Imamo ao aorian-drainy, ary izy ireo dia nanangana vondrona izay tsy nisy na iray tamin'ireo mpanara-dia an-drainy na ireo mpanao tatitra avy amin'Imamo, nefa kosa vao nindaosin'ny fahafatesana Imamo SWADIQ (as) dia nisy ampahany tamin'izy ireo no niteny fa i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) no Imamo mpandimby andrainy, ary ireo vondrona sisa tavela dia nisy roa ihany koa, ny iray tamin'izany dia niverina tamin'ny finoana fa i ISMAEL dia tsy nindaosin'ny fahafatesana fa mbola velona, ary izy no Imamo mpandimby an-drainy, ary i Mouhammad zanak'ISMAEL no Imamo mpandimby an'ISMAEL, izany dia anisan'ny akon'ilay finoan'izy ireo fa ISMAEL dia Imamo aorian-drainy iny, satria ny zanaka no mendrika indrindra ny handimby an-drainy amin'ny resaka imamat noho ny rahalahy, ary ny vondrona iray hafa dia nanamafy ny fahaveloman'ISMAEL, ary izy ireo ankehitriny dia ankavitsiana izay mahita fa ny Imamo aorian'ISMAEL dia ny zanany, ary manaraka izay ny zanaky ny zanany, ka dia mitohy ohatra izay mandrapahatapitr'izao tontolo izao.

***<u>Fanontaniana n° 280 :</u>***

Hatraiza no iverenan'ny fitohitohizan'ny fanjakana **FATIMIINA** ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny fanjakana fatimiina tany **Maroka** dia avy tamin'ny taranak'ISMAEL, ka ny voalohany tamin'izany dia i Obeidollahi ibni Ahmad ibni Mouhammad ibni ISMAEL IBNI IMAMO SWADIQ (as),

ary izy io dia nitondra ny anaram-bositra hoe (MAHDI BILLAHI), ary izy no lehilahy voalohany avy tamin'ny taranak'ISMAEL izay nanjaka tany Magrib na Maroc sy tany Egypta na Misra, izany dia tao anatin'ny vanim-potoana izay nanjakan'ireo ABBASIA, ka dia naharitra 274 taona ny fanjakan'izy ireo tamin'izany, tao anatin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Motamad sy Motadid no nanomboka ny fitondran'izy ireo, izay nifanena ihany tamin'ny "GHAIBAT SOGRA" na ilay fanjavonana kelin'Imamo MAHDI (aj), ary ny isan'izy ireo dia nahatratra efatra ambin'ny folo 14, ary ny fiantsoana azy ireo dia : (ISMAELIAT sy OBEIDIAT).

***Fanontaniana n° 281 :***

Nanao ahoana ny tantaran'i Abdoullahi ibni JA'AFAR SWADIQ (as) izay voalaza tao anatin'ny wasyat na hafatra niaraka tamin'ny MOUSSA KAZIM (as) sy i Al-Mansour ?

***Valiny :***

➔ i Abdoullahi ibni JA'AFAR dia anisan'ny lehibe indrindra tamin'ireo rahalahiny aorian'i ISMAEL, ary tsy mba nanana toerana feno fanajana teo anatrehan-drainy toa ireo rahalahiny sasany izy, ary notombanana fa nanohitra an-drainy izy amin'ny resaka finoana, ary nisy ny nilaza fa izy dia nifangaro tamin'ireo (HASHWYAT) na ireo izay mino fa i Allah dia vatana, sy nirona nankany amin'ny secta na mazhabo Mourjya ihany koa, ary nilaza fa izy no Imamo mpandimby aorian-drainy, ka nidradradradra sy nanamafy fa izy no lehibe indrindra amin'ireo rahalahiny mbola velona, ka dia nisy tamin'ireo mpanaradia an'i ABI ABDOULLAHI (as) no nanaraka ireo zavatra izay noteneniny, nefa kosa rehefa taty afara dia maro amin'izy ireo no niverin-dalana taminy ka nanamafy Ilay rahalahiny i MOUSSA (as) no Imamo rehefa hitan'izy ireo fa tsy ampy ny porofo nentiny milaza fa Imamo izy, ary rehefa nibaribary tamin'izy ireo ihany koa ny tanjaka ny raharahan'i ABI AL-Hassan, sy ny porofo ny maha izy azy marina, indrindra fa ny porofo maha Imamo azy, ary nisy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 269 11/01/2021 16:26:06

ampahan'olona tamin'izy ireo izay nitondra porofo ka nanamafy fa i Abdoullahi no Imamo ary tsy iza izany fa ireo vondron'olona izay nantsoina hoe (FATWAHIAT), nantsoiny tamin'io anarana io izy ireo noho ny anton'izy ireo niteny sy nanamafy fa i Abdoullahi no Imamo, ary i Abdoullahi dia be tongotra be( nisy kilema teo amin'ny tongony roa), ary misy niteny, nantsoiny Ftwahyat ihany koa izy ireo, noho ny fisandohan'i Abdoullahi ho Imamo, ary izy dia nantsoina hoe "**Abdoullahi ibni Fatih**". Araka ny tatitra izay nataon'i Al-kotab Arawandi avy tamin'i AL-Mofadwal ibni Omar, ary hoy izy hoe : "rehefa nindaosin'ny fahafatesana Imamo SWADIQ (as) dia namela hafatra na wasyat fa Imamo KAZIM (as) no handimby azy, nefa i Abdoullahi rahalahiny tamin'izany fotoana izany dia nisandoka ho Imamo, satria izy no lehibe indrindra tamin'ireo zanan' i JA'AFAR (as) tamin'izany fotoana izany, ary izy dia fanta-daza amin'ny hoe (AFTAH) na ilay kilemaina, indray andro dia nanome baiko i MOUSSA (as) ny mba hamoriana kitay eo anivon'ny tranony, rehefa vita izany dia naniraka tany amin'ny rahalahiny dia tsy iza izany fa i Abdoullahi izy mba hampiantso azy hankany an-tranony, ka mba hanontaniany ny mombamomba ny fizotrany, rehefa tonga teo aminy izy, tamin'izay fotoana izay dia nisy andian'olona mpino ny imamat niaraka tamin'i MOUSSA (as). Rehefa nipetraka tao an-tranony ny rahalahiny dia nanome baiko Izy ny mba handrehetana afo amin'ilay kitay izay navory teo, taorin'izay dia tapitra nirehitra avokoa ireo kitay tamin'izao fotoana izay, nefa ireo olona teo tsy nisy nahalala ny anton'izany, ka dia lasa vainafo avokoa ireo kitay, ka dia nitsangana i MOUSSA (as) ary dia nipetraka teo ampovoan'ilay afo niaraka tamin'ny lamba izay teny aminy, ka dia nanomboka niresaka tamin'ireo olona izay vory teo nandritra ny adiny iray, ary rehefa avy dia nitsangana izy ka nahimpahimpany na nakopakopany ilay lambany, ka dia niverina teny am-pitoerany izy. Ary mbola niteny ihany koa izy tamin-drahalahiny Abdoullahi nanao hoe: " raha ohatra ianao mahita ny tenanao fa ianao no mpandimby an-drainao dia mandehana mipetraka eo anivon'io afo io ihany koa". Dia niteny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 270 11/01/2021 16:26:06

ireo olona nanatrika teo, fa hitan'izy ireo fa tena niova tokoa ny tarin'i Abdoullahi, ary dia nitsangana moramora izy, ka nahorony ny lambany dia nivoaka moramora ny tranon'i MOUSSA (as) izy.

Naharitra fitopolo 70 andro no niainan'i Abdoullahi teto an-tany taorin'ny nahafatesan-drainy dia nindaosin'ny fahafatesana ihany koa izy. Araka ny voalazan'i ABI ABDOULLAHI (as), izy dia niteny tamin'i MOUSSA (as) nanao hoe : "ô ry zanako, tena marina fa io rahalahinao io dia haka ny toerako, hisandoka ny toeran'ny imamat izy, aza mifamaly aminy ianao, satria izy no hihaona amiko voalohany amin'ireo fianakaviako".

Ary nisy niteny nanao hoe : tena marina fa i Abdoullahi ibni JA'AFAR (as) dia nindaosin'ny fahafatesana tany amin'ny Tanàna iray izay antsoina hoe ( BASTWAM), ary malaza fa ny fasany dia ao amin'io toerana io manoloany ny fasan'i Ali ibni Issa ibni Adam al-Bastwami.

Ary misy miteny fa io voalaza io tsy fasany fa fasan'ny zanany izay antsoina hoe : "Mouhammad" fa ampifangaroin'ny olona foana.

***<u>Fanontaniana n° 282 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik'i Issaka ibni JA'AFAR SWADIQ (as) nanoloana ny rahalahiny MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ ISSAC IBNI JA'AFAR dia olona feno voninahitra sy mpanao soa na tsara fanahy ary tena nanam-patahorana an'Andriamanitra tokoa, tsy vitan' izany ihany fa tena nanam-piezahana sy mpanao ady masina ihany koa izy, maro ireo olona no nitatitra hadith avy aminy, ary i ibn Kasib rehefa hiteny zavatra izay notenen'i ISSAC dia milaza manao hoe : "niteny tamiko ilay itokisana dia tsy iza izany fa ISSAC IBNI JA'AFAR ny hasoavan'ny Tompo Allah anie hirotsaka aminy", ary i ISSAC dia nilaza fa i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) rahalahiny no Imamo mpandimby an-drain'izy ireo, ary izy dia nitatitra hadith avy amin-drainy izay milaza fa i MOUSSA rahalahiny no Imamo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 271 11/01/2021 16:26:06

Ary niteny ihany koa ilay tompon'ny boky mitondra ny lohateny manao hoe : (OMDATOUL TALIB) nanao hoe : "ISSAC dia tena nitovy amin'i RASSOULILLAHI (sw) tamin'ireo olona tamin'izany fotoana izany, ary ny reniny dia renin'i Imamo MOUSSA (as) rahalahiny ihany, ary tena mpitatitra hadith nanana ny maha izy azy izy, ary nisy vondrona tamin'ireo shia nilaza fa Imamo ISSAC, ka anisan'ireo izay taranany avy aminy dia i Mouhammad, niteraka an'i AL-Houssein, ary ity farany niteraka an'i Hassan.

***<u>Fanontaniana n° 283 :</u>***

Iza ilay vehivavy heni-kaja sy be voninahitra izay milevina any Egypta ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ilay vehivavy be voninahitra izay milevina any Egypta dia vadin'ISSAC IBNI JA'AFAR SWADIQ (as), ary izy io dia zanakavavin'i Hassan IBNI ZAYD IBNI AL-Hassan IBNI Ali IBNI ABI TALIB (as), izay maty tany Egypta tamin'ny taona 208 hijri ary dia nalevina tany ihany, ary tena mino ireo Egyptianina fa io vehivavy io dia nanampinoana tokoa, ary malaza fa izay dua na hataka atao eo amin'ny fasany dia mivaly (moustajab), ary i SHAFIY dia efa nitatitra hadith avy taminy.

Notahin'Andriamanitra i Saidatou Anafisatou, ka nomeny dimby sy fara roa izy mivady, dia tsy iza izany fa i QASIM sy OUMOU KOLSOUM, nefa samy tsy niteraka izy roa ireo.

Ary misy ny nilaza fa izy ihany no nihady ny fasany, ary izy dia nidina tao anaty lavaka tsikelikely, sady namaky ny boky masina kor'any ka nahavita nanapitra izany ineninarivo teo amin'io fasany io, ka dia nindaosin'ny fahafatesana izy tamin'ny volana ramadany taona faha 208 hijri, teo am-piandrasana ny fahafatesana izy mbola tao anatin'ny fanaovana saomo ihany koa, ka dia nisy niteny azy mba hanapaka izany, ka dia hoy izy taminy : "ô tena mahagaga izany !, moa ve hotapahiko ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 272 11/01/2021 16:26:06

saomo nefa izany efa nataoko ?!.

Taorin'izay dia nanomboka namaky ny souratou al- ana'am izy, ary rehefa tonga tamin'ilay andalana izay milaza manao hoe : "ho azy ireo ny fonenana feno fiadanana any amin'ny tompo Zanaharin'izy ireo" izy, dia tapitra ny ainy( maty izy), ny vadiny kosa nila hitondra ny vatamangatsiakany mankany Madinat mba halevina ao Bakyat, nefa ireo mponina Egyptianina nitalaho taminy ny mba handevenana azy ao Egypta ihany mba hahafan'izy ireo maka tombony aminy (tabarouk), ka dia nandanian'izy ireo vola be izany fandevanana azy tany Egypta izany, tsy faly ISSAC tamin'ny fangatahana izay nataon'ireo Egyptianina, ka noho ny akon'izany dia nahita an'i RASSOULILLAHI (sw) tamin'ny nofy izy izay nandidy azy tsy hanohitra ny fangatahan'ireo egyptianina ny mahakasika an'i NAFISSATOU, ary dia nirotsaka tamin'ireo egyptianina ny indrafo sy ny fahasoavan'ny Tompo Allah tamin'ny alalan'ny voninahitry ny vadin'ISSAC.

***<u>Fanontaniana n° 284 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ireo anaran'ny kintana tamin'ireo mpanaradia an'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, ka tahaka izao manaraka izao izy ireo :

1) **ABAN IBNI TAGLIB.**
2) **ISSAC IBNI AMAR ASIRFI AL-KOFI.**
3) **BORABDO IBNI MOWAOUYAT AL-AJALI.**
4) **ABOU HAMZA ASOUMALI (SABIT IBNI DINAR).**
5) **HARIZ IBNI ABDOULLAHI ASAJESTANI.**
6) **HOMRAN IBNI AAYANI ASHIBANI.**
7) **ZORAR IBNI AAYANI ASHIBANI.**

8) **SAFOAN IBNI MEHRAN AL-JAMAL AL-ASSADI AL-KOFI.**

9) **ABDOULLAHI INBNI ABI YAFOR.**

10) **IMRAN IBNI ABDOULLAHI IBNI SAAD AL-ASHARI AL-QUMI.**

11) **ISSA IBNI ABDOULLAHI IBNI SAAD AL-ASHARI AL-QUMI.**

12) **AL-FODWEIL IBNI YSAR.**

13) **AL-FAID IBNI AL-MOKHTAR AL-KOFI.**

14) **LIS IBNI BAKHTARI.**

15) **MOUHAMMAD IBNI Ali ANOMAN AL-KOFI.**

16) **MOUHAMMAD IBNI MOSLIM IBNI RYAH ABOU JA'AFAR TWAHAN ASAKAFI AL-KOFI.**

17) **MAAZ IBNI KASIR AL-KISAAY AL-KOFI.**

18) **AL-MOALA IBNI KHONAIS.**

19) **HESHAM IBNI MOUHAMMAD IBNI ASAYB AL-KALBI ABOUL MONZAR.**

20) **YOUNOUS IBNI ZABIAN AL-KOFI.**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 274 11/01/2021 16:26:06

# IMAMO MOUSSA KAZIM (AS)

***Fanontaniana n° 285 :***

Iza marina kay Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia i MOUSSA IBNI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI Houssein IBNI Ali IBNI ABI TALIB (as).

***Fanontaniana n° 286 :***

Oviana ary taiza no teraka Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo KAZIM (as) dia teraka tao ABOUA, ny misy an'io toerana io dia eo anivon'i Makkat sy Madinat, andro alahady izy no teraka, fahafiton' ny volana safary taona 128 hijri.

***Fanontaniana n° 287 :***

Iza no koniat na anarana izay fiantsoana an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ary inona avy ireo anaram-bositra izany nentiny ?

***Valiny :***

➔ Ny anarana fiantsoana Azy tena nampalaza azy dia :

- Aboul Hassan.
- Abou Ibrahim.

Ary ny anaram-bositra nentiny dia :

- Kazim.
- Swabir.
- Aswalih.
- Al-Amino.

Fa ny anaram-bositra izay tena nampalaza azy dia i KAZIM, ary nisy tamin'ireo mpanaradia azy no niantso azy hoe (ABDOUSWALEH ATAKIAT), ary indrandray izy dia antsoin'izy ireo hoe : (al-faqih, al-alimo sns), ny ahafantaran'ny besinimaro azy koa dia i BABO HAWAIJI.

***<u>Fanontaniana n° 288 :</u>***

Inona no dikan'ilay anaram-bositra KAZIM, ary inona no antony niantsoana an'Imamo hoe KAZIM ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny dikany KAZIM dia SAKET na ilay mpangina, ary kazimol raizo, na ny mpitelina ny hatezerany noho izy rehefa mifanena amin'ireo mpanao tsindrihazolena izay nanao ny tsy rariny taminy izy tsy mba tezitra izany mihitsy, ary nisy aza tamin'izy ireo naka azy ankery sy antsokosoko ka dia nanagadra azy, nefa izy tsy mba naheno teny mitory hatezerana tamin'izy ireo.

Niteny i ibn Asir ary izy io dia anisan'ireo ahlou sounat izay manana lolom-po amin'ny shia, nanao hoe : ***"nantsoina hoe KAZIM izy satria izy namaly tsara ireo izay nanao ratsy taminy, ka izany dia lasa fomba amam-panao teo aminy".***

***<u>Fanontaniana n° 289 :</u>***

Inona kay ny soratra teo amin'ny peratr'Imamo KAZIM (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny peratra izay fanaovan'Imamo dia nisy soratra hoe : "HASBIA Allah" izay azo adika hoe : (ampy ahy ny Tompo Allah), araka ny voalazan'ireo hadith hafa, ny peratr'Imamo dia nisoratra hoe : "AL-MOLKO LILLAHI WAHDAHO" izay azo adika hoe : (ny fanjakana dia an'i Allah irery ihany).

***Fanontaniana n° 290 :***

Iza no renin'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny rerin'Imamo dia i HAMIDATOU AL-MOUSWAFATO, ary izy dia an'isan'ireo lehiben'ny foko tsy arabo (A'ajam), ary hoy Imamo SWADIQ (as) niteny momba azy : "i HAMIDATOU AL-MOUSWAFATO dia avy amin'ny tendrombohitra izay misalotra volamena, ka ny fiarovana azy dia mila mpiambina mba hahafahana manome ny voninahitr'Andriamanitra sy ho an'izay mpandimby ao aoriako".

***Fanontaniana n° 291 :***

Moa ve afaka tantarainao ny momba ny fanambadian'Imamo SWADIQ (as) ny renin'Imamo KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Mba hoentitsika mamaly izany fanontaniana izany dia hitondra riwayat na hadith manaraka ireto isika :

◻ Araka ny tatitra izay nataon'i Sheik al-Koleini sy Qotab Arawandi sy ireo izay ankoatra azy roa ireo, fa i *IBN AKASHAT* indray andro dia niditra tao amin'i ABI JA'AFAR (as) ka tamin'izay fotoana izay i ABOU ABDOULLAHI (as) dia nitsangana teo aminy, dia nomeny voaloboka am-panajana izy, teo am-piresahana indrindra no nitenany tamin'i ABI JA'AFAR (as) nanao hoe : "fa maninona kay no tsy ampanambadianao amin'izay i ABOU ABDOULLAHI (Imamo Swadiq no tiany hotenenina eto) nefa izy efa tafiditra amin'ny taona tokony hanambadiany ?, tamin'izay fotoana izay dia nisy kitapo kely famantarana manokana teny an-tanany, ary hoy izy : ho tonga i *NOKHAS* avy amin'ny foko baribary, ka hivantana ao amin'ny tranon'i Maimoun, ka hividy andevo vavy aminy isika amin'ny alalan'ity kitapo kely ity.

◻ Dia hoy ilay mpitantara: indray andro izay dia niditra tao amin'i



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 277 11/01/2021 16:26:07

ABI JA'AFAR (as) izahay, ary hoy izy taminay : "ka moa ve mbola tsy nahazo vaovao ianareo mahakasika an'i Nokhas izay nolazaiko anareo ny momba azy iny ? Efa tonga izy, ka mandehana ianareo hividy andevo vavy any aminy amin'ny alalan'ity kitapo kely ity.

- Ka dia nankany amin'i Nokhas izahay, dia hoy i Nokhas taminay: "efa lasa avokoa ireo izay teto amiko, fa andevo vavy iray ihany no sisa tavela, ny iray amin'izy ireo dia mitovy be aminy tsy misy valaka amin'iray efa lafo io, izany hoe tena mitovy be izy roa", dia hoy izahay taminy : ohatrinona no hamarotanao izany andevo vavy tena mitovy be izany ?, ary hoy izy taminay : "fitopola 70 dinarat", dia hoy indray izahay taminy: mba halatsaho kely moa, dia hoy izy namaly anay: tsy mety latsaka ny fitopolo 70 dinarat mihitsy ka, dia hoy indray zahay taminy: hovidinay amin'ny izay mety ato anatin'ity kitapo kely ity ary, ary tamin'izay fotoana dia nisy lehilahy fotsy volo sy volom-bava izay niaraka taminy, ka hoy ity be antitra: esory io fatotra misy famantarana (tampo) aminy io dia lanja ilay izy, ary hoy i Nokhas: aza vahanareo ka, fa tena marina tsy havidiko latsaka ambanin'ny fitopolo 70 dinarat mihitsy io na dia kely toy ny inona aza, dia hoy indray ilay antitra taminy: lanjao, dia novahanay ilay izy ka dia nolanjainay ireo vola tao anatiny, ka tena nahafeno fitopolo 70 dinarat tsy nanalana ary tsy nanampiana, dia nalainay ilay andevo vavy ka nentinay nankany amin'i ABI JA'AFAR (as) ary tamin'izay fotoana izay nitsangana teo aminy i JA'AFAR (as), rehefa tonga tao izahay dia notantarainay tamin'i ABOU JA'AFAR (as) ny zava-nandalo, ka dia nidera an'Andriamanitra izy teo ampahenoana an'izany, ary hoy izy tamin'ilay andevo vavy : "iza no anaranao ?", dia hoy ilay andevo namaly azy : "Hamidatou", ary hoy Imamo taminy : "Mpidera ety an-tany ary hoderaina any an-danitra na ankoatra".

## ***Fanontaniana n° 292 :***

Nanao ahoana ny niterahan-dreniny an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'i Sheik Koleini dy Safar sy ireo ankoatra azy ireo, niteny i Abi Baswir nanao hoe : "tamin'ny taona izay niterahan'Imamo KAZIM (as) dia tafaraka tamin'i rainy ABI JA'AFAR (as) aho, rehefa tonga tao Aboua izahay dia nanomanany sakafo antoandro izay tena natoany matsiro tokoa, ary nataony maro ihany koa, teo ampisakafoanana indrindra izahay no tonga ny iraka avy tamin'i Hamidatou ary rehefa tonga tany aminy izy dia hoy i Hamidatou taminy : "efa mahary ahy ny kiboko, ary anao nilaza tamiko fa izaho tsy afaka mialoha lalana anao amin'ity zanakao ity.( satria io zanany io tsy tahaka ireo zanany sasany).

Ka dia nitsangana an-kafaliana i ABOU ABDILLAHI, vetivety izy dia niverina teo amin'ilay toerana misy anay sady nampiakariny ny tanan'akanjony no sady nihomehy ihany koa izy, ary izahay taminy : "hampihomezin'Andriamanitra anie ireo molotrao, sady ka hampifaliany ny masonao, nanao ahoana ny momba an'i Hamidatou !?, dia hoy izy hoe : "nomen'Andriamanitra zazalahy aho, ary izy dia tsara lavitra amin'ireo zava-boharin'i Allah, ary izy dia nilaza tamiko ny zavatra haiko tany aloha, ary hoy aho taminy: azafady tompoko, inona kay izany zavatra nolazain'i Hamidatou taminao izany ?, dia hoy Imamo tamiko : "niteny izy fa rehefa nivoaka avy tao an-kibony izy, dia tonga dia natehiny tamin'ny tany ny tanany, natrakany any amin'ny lanitra ny lohany, ka dia nolazaiko taminy fa izany dia famantaran'i RASSOULILLAHI (sw) sy ireo Imamo izay nandimby Azy. (izany hoe i Naby (sw) sy ireo Imamo ireo dia nanao toy izany avokoa teo am-piterahana).

***Fanontaniana n°293 :***

Afaka milazalaza ny momba ny hatsaran-toetran'Imamo KAZIM (as) ve ianao ?

***Valiny :***

➔ na miresaka ny hatsaran-toetran'Imamo KAZIM (as) tahaka ny ahoana isika dia tsy hahavita izany fa toa ventin'orana izay milatsaka

ao anaty ranomasiny izany, niteny i **Kamal Diny Mouhammad ibni Twalehat Ashafiy** mahakasika ny momba an'Imamo nanao hoe :

"izy dia Imamo be voninahitra, nanana ny maha izy azy, mpanao soalat amin'ny alina am-pahavitrihana, mpiezaka amin'ny fanadiovan-tena, manana ny lazany eo amin'ny asa fanompoana, mpanome lanja tokoa ny fankatoavana an'ny Tompo Allah, hita mibaribary ny voninahiny, matory eo am-panaovana soalat amin'ny alina indrindra rehefa manao soujoud, ary ny atoandro dia taperiny amin'ny alalan'ny fanaovana saomo sy ny fanaovana ny rariny, ka noho ny hatsaram-pony sy ny fandeferany tamin'ireo izay nanitsakitsaka ny zony no antony niantsoana azy hoe KAZIM, ary dia mamaly soa izay manao ratsy aminy, mamela heloka ho an'izay mampiditra fanafatohinana aminy, ka noho ny fanaovany fanompoana maro loatra no antony niantsoana azy hoe ***(ABDOUSWALEH),*** any Irak izy dia fanta-daza amin'ny anarana hoe ***(babol hawaij ilallahi)*** izay azo adika hoe : varavaran'ny filan'izay mila zavatra amin'i Allah, mba hizoran'izay mila fanelanelanana mankany amin'ny tompo Allah, ny voninahiny dia manahiran-tsaina, azy dia mpandidy satria any amin'ny tompo Allah izy to teny sy itokisana.

Amin'ny ankapobeny i ABOUL Hassan MOUSSA (as) dia olona fatra-panompo indrindra tamin'ny vanin'androny, ary manam-pahalalana indrindra ihany koa tamin'izany fotoana izany, ary tena nalala Tanana indrindra tamin'izany, ary izy no be voninahitra indrindra tamin'izany, ary misy ny niteny fa izy dia manao soalat nafilat amin'ny alina dia toy izany amin'ny soalat amin'ny maraina izany, ary vita soalat sobh mbola tohizany izany mandra-piposaky ny masoandro, mitanondrika ho an'Andriamanitra amin'ny fisiany rehetra, ary tsy mba hatrakany ny lohany eo am-panaovana an'izany, sady ampiderana an'ny Tompo Allah no anaovany an'izany ary tsy miala eo raha tsy eo manakaiky ny mitatao vovonana, ary tena nanao dua maro be izy, ary ity dua manaraka ity no tena fanaony matetika, izay milaza manao hoe : ***"tompô izaho dia mangataka aminao ny fahamorana eo am-pialana aina, ary famelan-kelokao amin'ny andro fitsarana"***, ary ity ihany koa misy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 280 11/01/2021 16:26:07

iray amin'ireo dua izay faverimberiny matetika : ***"tena lehibe tokoa ny fahotana izay misy eo amin'ny mpanomponao, ka noho ny hatsaranao dia mba avelao izy eo anatrehanao".***

Ary izy dia matetika mitomany noho ny fatahorana an'Andriamanitra ary tsy mitsahatra izany raha tsy kotsan'ny ranomaso ny volom-bavany, ary dia tena tia mifandray amin'olona tokoa indrindra fa amin'ireo fianakaviany, ary amin'ny alina dia mivezivezy mitady ireo mahantra ao amin'ny tananàn'i Madinat sady mitondra gony misy vola sy lafarina ary atrendry izay hozarainy amin'izy ireo, tonga any amin'ireo mahantra izany rehetra izany nefa tsy misy mahalala izy io iza no mpanome, noho ny fahatsoram-pony be loatra dia namotsotra andevo miisa arivo izy tamin'izany fotoana izany.

Ary niteny i Aboul Faraj nanao hoe : raha sendra maheno izy fa misy olona tsy mitia azy any ho any dia andefasany kitapom-bola izany olona izany, ary ny kitapom-bola iray an'Imamo dia mitentina telonjato na roanjato farafahakeliny, ary dia anaovana fanoharana foana izy amin'izany.

Araka ny tatitra izay nataon'ny olona maro mahakasika an'Imamo izay nilaza nanano hoe : izy dia nanana fahalalana indrindra tamin'ny vanim-potoany, sy tena nahavita nanao tsianjery ny boky masina kor'any indrindra, ary tsara feo indrindra ihany koa tamin'izany fotoana izany, ary rehefa mamaky ilay boky masina kor'any izy dia malahelo sy migogo mitomany izay maheno izany, ary ny mponin'i Madinat dia niantso azy hoe (ZAINOUL MOJTAHIDINA) na ilay modelin'ireo mpiezaka, ary nantsoina hoe KAZIM ihany koa izy noho ny fahaizany mitelina ireo hatezerany (mahafehy ny hatezerany) sy ny faharetany manoloana ireo izay manao tsindrihazolena azy, ary noho ny fanagadrana izay natao taminy no antony nahafaty azy ao an-tranom-pigadrana, ary hoy indrindra izy tamin'izany fotoana izany : "***tena marina fa izaho dia mangataka famelan-keloka avy amin'ny Tompo Allah, indimy arivo isanandro***".



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 281 11/01/2021 16:26:08

***Fanontaniana n° 294 :***

Nisy fijoroana vavolombelona izay nataon'i Khatib Bagdady milaza fa Imamo dia tena mpanompo mahafatra-po tokoa, ka moa ve afaka milazalaza ny ampahany mahakasika an'izany ianao ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitanisa ampahany amin'izany isika ka :

Nisy nitatitra fa i Khatib Bagdady izay anisan'ireo lehiben'ny Ahlou sounat ary mpitatitra hadith tena itokisana ary anisan'ireo andrarezina eo amin'izy ireo, niteny izy nanao hoe : ***"Imamo KAZIM (as) dia nantsoina hoe ABDOU SWALEH noho ny hamaroan'ny fanompoana izay nataony sy fiezahany fatratra tamin'izany"***.

ary niteny ihany koa izy nanao hoe : nisy niteny fa izy (Imamo) dia niditra tao amin'ny masjidin'i RASSOULILLAHI (as) dia nanao soujoud ary tena nanao tokoa nanomboka tamin'ny fiandohan'ny alina, ka henon'i Bagdady izy niteny nanao hoe : "endrey ny hamaroan'ny fahotan'ny mpanomponao, ka mba amindrao fo izy noho ny hatsaranao", naverimberiny izany mandra-pahamarainan'ny andro.

Ary araka ny vaovao avy tamin'i Ma'amoun izay milazalaza ireo toetra tsaran'Imamo MOUSSA IBNI JA'AFAR (as), ka tao amin'izany indrindra no nilazany ny fidiran'Imamo tao amin-drainy Harouna Rachid tao Madinat, ary hoy izy : rehefa niditra ilay be antitra izay feno fivontosana ny vatany noho ny akon'ny asa fanompoana izay nataony, ka izy tamin'izany dia tahaka ny hoditry ny trozona ny hodiny, tena hita mibaribary eny amin'ny tarehiny indrindra fa eny amin'ny orony ny vokatr'ireo soujoudy izay fataony.

Ary misy ny milaza fa rehefa mivavaka izy dia tena lava tokoa ny soujoudy izay ataony, sady be ranomaso be izy eo am-panaovana izany ( am-pitomaniana no anatanterahany ny soalatiny).

***Fanontaniana n° 295 :***

Moa ve ianao afaka milazalaza ny momba an'ilay tantaran'Imamo KAZIM (as) momba ny fanompoany sy nahatonga ilay mpanompo vavy iray ho lasa fatram-panompo an'i Tompo Allah ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka milazalaza ny momba izany isika; tena marina fa misy tantara iray izay milaza ny fanompoana izay nataon'Imamo ka nampivadika ny mpanompo vavin'i Harouna Rashid no mpino ihany koa, ka toy izao ny mahakasika izany :

Voalaza fa i Harouna Rashid dia nandefa mpanompo vavy tsara tarehy indrindra tany amin'Imamo mba hikarakara azy ao am-ponja, nefa raha ny tena marina, ny tanjon'i Harouna tamin'izany mba hakany fanahy an'Imamo amin'izay raha voasarik'ilay mpanompo vavy Imamo dia halainy baraka eo anatreham-bahoaka, na koa hataony antony hamonoany azy izany.

Tena marina taorin'izay dia nandefa andevo hafa ihany koa izy nankany am-ponja mba hilaza aminy izay zavatra nandalo teo amin'Imamo sy ilay zazavavy, nefa rehefa tonga tao am-ponja ity farany dia hitany eo am-panaovana soujoud hoan'ny Tompo Allah ilay mpanompo vavy ary tsy mba nitraka mihitsy, sady miteny izy eo am-panaovana an'izany nanao hoe : ***"KOUDOUS KOUDOUS, SOUBHANAKA SOUBHANAKA SOUBOUHANAK",*** ka dia nolazainy an'i Harouna izany zavatra nataon'ilay mpanompo vavy izany, fa hoy i Harouna : ento aty izy, dia nentina nankany aminy ilay mpanompo vavy, ary izy tamin'izany fotoana izany dia nangovingovitra ny vatany, sady miandrandra sy mijery mankany amin'ny lanitra, ka dia hoy i Harouna: "fa naninona ianao ?", dia hoy ilay mpanompo vavy taminy : "izaho dia nahita ilay mpanompo tsara nanao toy izao sy toy izao, ka dia tsy nitsahatra tamin'izany fangotivana sy fijerevana amin'ny lanitra izany mihitsy ilay mpanompo vavy mandra-pahafatiny.

***Fanontaniana n° 296 :***

Anisany zavatra fiheno matetika ny tantara momba ny fibebahan'i Bashar al-Hafy noho ny fahasoavan'Imamo MOUSSA KAZIM (as) hono no antony nahatonga izany, ka eto izahay mba mangataka fanazavana momba ny antony niantsoana an'i Bashar hoe al-Hafy, ary iza marina izy io ary oviana no nindaosin'ny fahafatesana ?

***Valiny :***

➔ Eny, araka ny voalazan'i Alamatou al-Hily ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : (MANHAJOUL KARAMAT), fa ny antony fibebahan'i Bashar al-Hafy dia noho Imamo MOUSSA IBNI JA'AFAR (as), ka toy izao ny tantaran'izany: indray andro Imamo dia sendra nandalo akaiky varavaran'i BASHAR tao Bagdady Imamo, teo indrindra no nahenoan'Imamo feon-kira avo dia avo niaraka amin'ny tabataban'ny dihy mivoaka avy ao amin'ny tranon'i Bashar, ka tampoka dia nisy zazavavy nivoaka avy tamin'izany trano izany mba hanipy kifafa eo am-paravarana, ka dia nanontanian'Imamo izy hoe : "moa ve ny tompon'ity trano ity andevo sa olona afaka (libre= houroun) ?" dia hoy ilay zazavavy tamin'Imamo : "olona afaka izy ka", dia hoy indray Imamo taminy : "***marina ny voalazanao, fa raha ny andevo (mpanompo) izy dia natahotra an'ilay tompony***".

Ary rehefa niverina ilay zazavavy, dia nanontany azy i Bashar ny antony nahatonga azy tara vao niverina, – ary tamin'izay fotoana izay dia nisy zava-pisotro mahamamo teo ambony latabatrany- dia nambarany an'i Bashar ny zava-nandalo, ka rehefa naheno an'izany izy dia nihazakazaka avy tao aorian'Imamo mba hanatratra Azy, tsy nanao kiraro izy tamin'izay fotoana izay, ka rehefa tratrany Imamo dia nitomany izy teo anatrehany ary niala tsiny tamin'Imamo, ary naneho ny fanenenany ihany koa sady nibebaka, dia noho ny antony izy no naneken'Imamo ilay fibebahany.

Ary hoy ilay mpitantara: tamin'izany fotoana izany i Bashar dia nanan-



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 284 11/01/2021 16:26:08

janaka telo vavy, izay tena nanaraka azy amin'ilay fahazaran-dratsiny, ary izy ireo dia miteny an'ireo sofia (mpanokan-tena hoan'i Allah amin'ny alalany fitaizam-batana) tahaka ny fitenenan-drain'izy ireo azy ireo ihany koa, ary izy dia nantsoina hoe (HAFY) na ilay tsy mpanao kiraro, satria izy matetika tsy manao an'izany, ary ny antony nahatonga azy tsy nanao kiraro noho izy nihazakazaka mafy avy taorian'Imamo tsy misy kiraro dia nahazo fanomezana lehibe izy izay nitondra fahasambarana ho azy dia tsy inona izany fa ny tsy fila kiraro intsony.

Tena marina araka ny voalaza, dia nisy nanontany izy mahakasika ny tsiambaratelon'ny fandehanany tsy manao kiraro io, dia nitondra andalana iray avy amin'ny kor'any izy hoentiny mamaly izany izay nanao hoe : "ary i Tompo Andriamanitra dia nanao ny tany ho lamaka ho anareo", ary nampiany hoe : "anisany tsy fahalalam-pomba ny mandeha manao kiraro amin'ny lamakin'i tompom-pahefana; i Bashar dia maty tamin'ny taona 226 hijri.

***<u>Fanontaniana n° 297 :</u>***

> Maro ireo tantara izay milaza ny fahagagana nataon'Imamo KAZIM (as) izay mitory ny fahaizany momba ireo tontolo tsy hita maso, ka ve ianao afaka milaza ny izay amin'izany tantara izany ho anay ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, araka ny tatitra izay nataon'i al-Homeiri avy tamin'i Moussa ibni bakir, dia hoy ity farany nanao hoe: nomen'i ABOU AL-Hassan (as) tapa-damba misy soratra mahakasika ny filana, ary hoy izy tamiko : tanteraho izay voasotra aminy, ary apetraho ao ambanin'ilay fanaovanao fivavahana ary maniria izay irinao ianao, indray andro sendra nandalo aho, ka hitako eny an-tanany ilay tapa-damba, ary hoy izy tamiko : aiza ilay tapa-damba ?, any an-trano hoy aho namaly azy, ary hoy indray izy tamiko : ô ry Moussa, rehefa mandidy anao amin'ny zavatra iray aho dia tanteraho izany, fa raha tsy manao

izany ianao dia ho tezitra aminao aho, taty aoriana vao fantatro fa zanaka jinn no nanome azy an'ilay tapa-damba.

***Fanontaniana n° 298 :***

Maro ireo lalàna sy fananarana izay avy tamin'Imamo MOUSSA KAZIM (as), ka moa ve afaka milazalaza ny ampahany amin'izany ianao ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka milaza an'izany isika :

1. Niteny Imamo (as) teo amin'ny fasana izay nolalovany nanao hoe: "tena marina fa izao no fiafaran'ny zavatra iray, ka tena rariny tokoa raha ny fiezahana no atao mafy any am-piandohany, ary tena marina fa izao no fiandohan'ny zavatra iray, ary tena rariny raha atahorana ny hifarany".

2. Niteny indray Imamo (as) tamin'i Ali ibni Yktwin nanao hoe: "**ny sorompanavotana ho an'ny asan'ireo mpitondra dia ny fanaovan'izy ireo tsara amin'ireo rahalahin'izy ireo".**

3. Niteny Imamo (as) nanao hoe : "**isaky ny olona latsaka ao amin'ny fanaovana fahotana izay tena tsy fantany ny antony nahatafalatsaka azy ao, dia handefasan'ny Tompo Allah loza ihany koa izy ireo izay tsy ho vitan'izy ireo isaina mihitsy**".

4. Niteny Imamo (as) nanao hoe : "**ny fahavoazana dia iray ihany ho an'izay miaritra fa roa kosa ho an'izay tsy mahazaka izany**".

5. Niteny Imamo (as) nanao hoe : "**mahafantatra ny hamafin'ny fanaon-dratsy izay olona efa notsaraina noho izany asa ratsy nataony izany**".

6. Niteny Imamo (as) nanao hoe : "**raha ohatra ny Tompo Allah mila haratsiana hoan'ireo vitsika dia ampaniriny ny elatr'izy ireo roa, nefa rehefa manidina izy ireo dia hohan'ireo voromanidina**".

7. Niteny Imamo (as) nanao hoe : **“tandremo ny misakana ny olona amin’ny fankatoavana an’Andriamanitra, satria lasa mahazo fahotana roa ianao manoloana izany”.**

8. Niteny Imamo nanao hoe : **“izay mampitovy ny androny dia olona adala izany, ary izay ny faran’ny androny no tena ratsy indrindra dia olona voaozona izany, ary izay tsy mahalala ny maha-zava-dehibe ny fahombiazana misy eo aminy dia mendrika izany olona izany ny fahafatesana noho ny miaina”.**

9. Niteny Imamo (as) nanao hoe : “**ny mpino dia toy ireo kapila roan’ny fandanjana, isaky ny mitombo ny finoany dia mitombo miaraka amin’izay koa loza na fitsapana mahazo azy**”.

***Fanontaniana n° 299 :***

Inona no tian’ilay tenin’Imamo fahenina izay milaza manao hoe: “raha ohatra tian’i Allah ho latsaka ankaterena ireo vitsika dia ampaniriny ny elatr’izy ireo roa, fa rehefa manidy izy ireo dia hohanin’ireo voro-manidina”, ho lazaina ?

***Valiny :***

➔ Mety ny tian’io tenin’Imamo io holazaina dia noho ny zanak’olombelona manana izay fahalemena toa ny elatry ny vitsika izay, nefa rehefa omena vola aman-karena dia toa lasa afaka sy manana ny tanjaka, nefa izy dia hovonoin’izay manana tanjaka sy fahafahana mihoatra azy, ka izay indrindra no tian’i Aboul Atahiat holazaina ao anatin’ilay tononkalony izay milaza manao hoe :

■ Ary raha maniry ireo elatry ny vitsika ka hisidina izy amin’ny alalan’izany dia efa manakaiky ny fiafaran’ny androm-piainany.

■ Nisy nilaza fa i Harouna Rashid tsy sahy nampiasa io andalana tononkalo io ho ohatra tamin’ny fotoana nisian’ny loza nanjo an’i Barakah.

***Fanontaniana n° 300 :***

Inona no antony nitondran'i Harouna Rashid an'Imamo makany Bagdad ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalazan'i ibn Babowei sy ireo vahoaka maro ankoatra azy, fa i Harouna Rashid dia nila nandrindra sy hanamafy ny raharahany aoriany dia tsy inona izany fa ho mpandimby azy amin'ireo zanany, ary izy tamin'izany fotoana izany ny nanana zanaka efatra ambin'ny folo 14 ary telo lahy amin'izy ireo no nisafidiny ho mpandimby azy, ka ireto avy izany :

1. i Mouhammad al-Amino ibni Zobaidat, izy io no nataony ho mpandimby azy mivantana raha vao maty izy.

2. Sy Abdoullahi al-Ma'amoun, izay nataony handimby an'i Mouhammad al-Amin.

3. Ary i Kasim al-Moutamin, izay nataony handimby an'i Ma'amoun.

Ary nilainy ho tahaka izay ny fizotran'ny raharaha io.

Nomen'i Harouna Rashid an'i Ja'afar ibni Mouhammad ibni Al-Ash'as ny andraikitra amin'ny fanabeazana sy famolavolana ary fanomanana an'i Mouhammad ibni Zobaidat no mpandimby an-drainy, nefa izany dia tsy nahafaly an'i Yahya ibni Khalid al-Barmaki izay iray amin'ireo minisitr'i Harouna Rashid izay manana ny maha izy azy, ary hoy izy tamin'ny tenany : "**raha indaosin'ny fahafatesana i Rashid dia hifindra amin'i Mouhammad Amin ny raharaha, dia ho tapitra hatreo ny fahefako sy ny an'ireo zanako, ka ho lasa hankany amin'i Ja'afar ibni Mouhammad ibn Ash'as sy zanany ilay tombontsoa**", ka dia nanomboka teo izy niketrika fikafika hoentiny mamely an'i Ja'afar mba hahatonga azy miala eo amin'ny toerana fanabeazana sy fanomanana an'i Mouhammad Amin.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 288 11/01/2021 16:26:08

Ary nanomboka nanao izay tratra rehetra izy hanaratsiana an' i Ja'afar eo imason'i Rashid sy izay hanalany azy eo amin'ny toerany, ka holazainy tamin'i Rashid fa lasa shia sy milaza ary manamafy ny maha Imamo an'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) i Ja'afar ibni Mouhammad ibni Ash'as, ary hoy indrindra izy tamin'i Rashid : "**tena marina fa i Ja'afar dia anisan'ireo mpanaradia an'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as), ary anisan'ireo izay mpiteny fa Izy dia khalifatihi (fitondrany), ary tsy mbola mahazo harena izy raha tsy hamoahany ny ampahadiminy izany ka alefany mankany amin'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as)**", sy ankoatra an'izay amin'ireo vaovao izay mety hahatezitra an'i Rashid amin'ny Ja'afar; ka noho ny akon'izany rehetra izany dia lasa nanana lolom-po tamin'Imamo i Rashid, ka dia nanontany an'i Yahya sy ireo olona ankoatra an'i Yahya izy mba hilaza aminy ny olona avy amin'ny taranak'i Abi Talib izay manome lanja ny vola aman-karena sy ny fiainan'izao tontolo izao, mba ho mpilaza vaovao azy mahakasika an'Imamo, dia nambaran'izy ireo azy i Ali ibni Ismael ibni JA'AFAR (as), izay tsy izy fa zana-drahalahin'Imamo ihany, dia nionona teo anilan'Imamo izy ary mody nanao nanao soa taminy ihany mba hahafahany mahafantatra avokoa ireo momba an'Imamo.

Nanoratra tamin'i Ali ibn Ismael i Harouna Rashid mba hanasa azy ho tonga any aminy, ary enon'Imamo izany, ka nantsoiny zana-drahalahiny ka nanontaniany nanao hoe : ***"inona no anton'ny fivoahanao ity ?",*** dia hoy izy tamin'Imamo : ***"ny antony satria izaho misy trosan'olona",*** ary hoy Imamo taminy : ***"anjarako ny mandoa ny trosanao izany",*** hoy indray izy tamin'Imamo : ***"ary ny fandrindrana ny fiainan'ireo ankohonako",*** ary hoy Imamo namaly azy : ***"homeko azy ireo izay rehetra ilan'izy ireo",*** nefa izy tsy nanaika fa tsy maintsy nivoaka ihany.

Ary talohan'izy hivoaka dia niteny tamin'ny rahalahin-drainy mba nanatra sy hanafatrafatra azy, ary hoy Imamo namaly azy : "aoka ianao tsy handray anjara amin'ny fandatsahana ny ràko, ary aza atao kamboty ireo zanako", dia naverimberin'Imamo taminy intelo izany, ary taorian'izay dia nandefasan'izy ireo 300 dinara volamena sy 4000

derham volafotsy izy, ary rehefa tonga teo am-pelantanany izany dia hoy i ABOUL Hassan MOUSSA (as) tamin'ireo izay teo anatrehany: ***"i fantako amin'ny Tompo Allah fa izy ireo dia miketrika ny fandatsahana ny ràko, sy ny fanaovana kamboty ireo zanako"***, ary hoy izy ireo taminy : "ny fahasoavan'i Tompo anie ho aminao, ianao dia mahalala ny fiainany sy izay ataony ho anao, ary ny fifandraisany aminao ?, dia hoy indray Imamo tamin'izy ireo : ***"eny, niteny tamiko ny raiko izay teny avy amin-drainy izay avy ihany koa tamin'i RASSOULILLAHI (sw) nanao hoe : "izay manapaka ny rohim-pihavanana taorian'ny fitohizany dia tapahin'Andriamanitra ihany koa anjaramasoandrony".***

Raha fintinina ireo teny dia toy izao manaraka izao : tena marina fa i Ali ibni Ismael dia lasa tany amin'i Yahya tany Bagdad, ka dia nolazainy taminy avokoa ny vaovao momba an'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as), ary mbola nasain'i Yahya manampy avy aminy izy izay zavatra tokony hahatezitra an'i Rashid, ary taorian'izay dia niaraka nankany amin'i Rashid izy roa.

Ary rehefa tafiditra tao aminy dia nanao salama azy amin'ny fanalamana mpanjaka, ary hoy i Rashid taminy : "tsy ary nieritreretiko hoe eto an-tany dia misy mpanjaka roa ka nahita an'i MOUSSA IBNI JA'AFAR aho nanao salama azy ireo amin'ny fanalamana mpanjaka, tena marina fa ny vola aman-karena dia afaka mitondra azy avy any andrefana mankany atsinanana, ary izy dia tena manana trano fiangonan'ireo harenany, ary afaka mividy ny ambany fijery amin'ny vidiny 30000 dinarat, nefa mbola nolazainy fa tsy misy dikany izany.

Ka dia nomen'i Rashid baiko ireo izay akaiky azy mba hanome an'i Ali ibn Ismael 200000 dirham, ary rehefa nasainy nandroso any an-tranony izy dia nitaraina fa marary ny tendany, ary dia maty noho izany izy tsy mba naaro azy ireo volamena tamin'izany.

Ary araka ny voalazan'ireo mpitantara sasany, izy indray andro sendra niditra tamin'ireo trano fanaovana maloto ka dia voan'ny fivalanan-drà

mafy, ka noho ny akon'izany dia nisy nivoaka ny tsinainy,

Ary rehefa tonga teo aminy ireo harena avy taminy Harouna, ary izy efa naka tamin'izany, ary hoy izy : ***"hataoko inona avy ireto, izaho efa eto am-bavampahafatesana ?!, dia naverin'izy ireo tany amin'ny tranom-bokatr'i Rashid ilay harena be".***

Raha atao bango tokana ny zavatra nandalo dia toy izao : tamin'ny taona 179 hijri, i Harouna Rashid mba hanamafisany ny fandovan'ireo zanany azy dia nanapa-kevitra izy handeha hanao fivahinianana masina, sady hisambotra an'Imamo MOUSSA IBNI JA'AFAR (as), dia nanoratra tamin'ireo manampahaizana, sy ireo loholona ary ireo mpamaky sy filoha maneran-tany izy mba ho tonga any Lameka ka mba hivory amin'ny toerana iray amin'ny fotoana mahavita ny fivahiniana mba hanao fanekena (byat) momba ny fandimbiasan'ireo zanany azy, ary amin'izay mba malaza sy manakoako eo amin'ny besinimaro ilay raharaha, ka ireo tanàn-dehibe no nanombohana an'izany.

***<u>Fanontaniana n° 301 :</u>***

Nanao ahoana ny fomba nanamborana an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) sy ny nitondrana azy mankany Basrat (Irak) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niteny YACOUB IBNI DAWOUD: rehefa tonga tao Madinat i Harouna Rashid, dia niditra tao amin'i Yahya ibni Khalid aho, ary niteny tamiko izy fa naheno an'i Rashid niteny teo amin'ny fasan'i RASSOULILLAHI (sw) ohatra miteny amin'ny olona velona eo alohany, dia hoy izy : "***ô ry irak'i Allah, miala tsiny aminao aho amin'ny fanapahan-kevitra izay horaisiko ity, tena marina fa izaho dia mila maka an'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) ka tazomy izy, satria aho matahotra sao izy hampiady ireo vahoakanao ka hanapariaka ny ràn'izy ireo***".

Ary hoy Yahya tamiko : izaho manombana fa rahampitso izy maka an'Imamo eo, ary rehafa tonga ny rahampitso, dia nandefa an'i Fadlo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 291 11/01/2021 16:26:09

ibni Rabiy tany aminy i Rashid, ary Imamo tamin'izay fotoana izay dia mitsanga eo amin'ny toeran'ilay irakan'i Allah eo am-panaovana soalat, ka dia nodidiny i Fadlo mba hisambotra an'Imamo ary hitondra azy any ivelan'ilay masjid, ary Imamo teo am-pitomaniana tamin'izay fotoana izay, ary hoy izy : ***"mitaraina aminao aho ry RASSOULILLAHI, amin'izao zavatra ataon'ireo vahoakanao amin'ireo fianakavianao"***, ary ireo olona manodidina  azy sady mitomany no mihorakoraka, ary rehefa noentina mankany amin'i Rashid izy no sady nozonon'izy ireo no sady navoaka ankery avy ao an-trano, nisy nanome baiko amin'ny fampidirana azy ao am-ponja, ary rehefa avy teo dia nomena baiko ireo miaramila hanomana kalesa roa, kalesy izay novidiana antsokosoko tamin'i Hesan Al-Sarwi, ka dia nomena baiko izy ireo hitondra azy mankany Basrat (Irak), ary rehefa tonga tany dia nomen'izy ireo an'i Issa ibni Ja'afar ibni abi Ja'afar al-Mansour, izay zanakin'i dadatoan'i Harouna ihany, ary izy no mpitondra mpisolotena azy tao Basrat tamin'izany fotoana izany, rehefa avy teo dia nitodi-doha nankany Kofat tamin'ny andro atoandro ny kalesy iray nitondra ireo fokonolona, izany no natao mba hampibaribariana sy hanambarana amin'ireo vahoaka ny raharahan'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as).Niaraka niditra tamin'Imamo tany Basrat i Hesan tamin'ny fahafiton'ny 7 volana zilhajj, izany hoe andro iray talohan'ny TARWIAT (fotoana fakana hetaheta), ka dia natolony an'Issa ibni Ja'afar tamin'ny andro atoandro Imamo, amin'izay fantatry ny besinimaro ary amin'izay koa miparitaka malaky ny momba an'Imamo, ka dia nohidian'Issa tao amin'iray amin'ireo efitrano izy, ka ireo mpanompony no nasainy nikarakara azy, ary tena tsy azo vohaina mihitsy ilay varavarana ankoatra an'Imamo hanao fidiovana masina sy raha hampiditra sakafo ao aminy.

***<u>Fanontaniana n° 302 :</u>***

> Naharitra hafiriana ny nampigadran'Issa ibni Ja'afar an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) tao an-tranony ary inona no antony tsy namonoany azy ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 292 11/01/2021 16:26:09

***<u>Valiny :</u>***

➔ Naharitra taona iray no nijanon'Imamo tao amin'Issa ary tamin'izay fotoana izay dia imbetsaka no nikasan'i Rashid ny hamonoana azy, nefa izy dia tsy nanam-pahasahiana nanao izay asa ratsiny izany, ohatra toa nisy nisakana azy tsy hanao izany ireo loholona akaiky azy, dia nanoratra tany amin'i Rashid izy nanao hoe : "***efa ela no nijanon'i MOUSSA IBNI JA'AFAR taty amiko, ka efa niezaka aho nikaroka ireo porofo manamarina izay voalaza momba azy nefa tsy nahita izany mihitsy aho, ary tena marina aho tsy mbola naheno avy aminy rehefa manao dua izy, nangataka loza ho ahy na ho anao, fa izaho kosa rehefa maheno azy manao dua tsy naheno ankoatra an'izy manao tonombavaka ho an'ny tenany ihany, mangataka famindram-po sy famelan-keloka ho azy foana izy, ka alaivo aty izy, na omeo an'izay tianao homena azy, fara raha tsy izay dia hovotsorako izy***".

***<u>Fanontaniana n° 303 :</u>***

Inona no nataon'i Harouna Rashid taorian'ny fanoratan'Issa tany aminy mahakasika an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Rehefa tonga tany amin'i Rashid ilay taratasin'i Issa dia nitodi-doha nankany Basrat izy haka an'Imamo (as) ao amin'Issa ibni Ja'afar, ary nentina mangingina mankany Bagdad Imamo, ary rehefa tonga tany dia nogadraina tao amin'i Al-Fadlo ibni Rabiy, ary Imamo nandritra ny vanim-potoana nigadrany tao dia nandany ny fotoany amin'ny fanompoana an'ny Tompo Allah.

***<u>Fanontaniana n° 304 :</u>***

Taiza no namindrana an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) taorian'ny nitazomana azy tao amin'i Fadlo ibni Rabiy ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 293 11/01/2021 16:26:09

***Valiny :***

➔ Araka ny voalaza, Imamo dia nijanona nigadra tao amin'i Fadlo nandritra fotoana lavalava, dia hoy i Fadlo : efa imbetsaka izy ireo no nandefa olona taty amiko izay nitondra hafatra ny mba hamonoako azy (Imamo), fa izaho kosa tsy nanaiky izany baiko izany, ary efa nolazaiko azy ireo fa izaho tsy hanao izany velively, ka noho izany dia nafindra nankany amin'i Fadlo ibni Yahya Imamo.

***Fanontaniana n° 305 :***

Nanao ahoana ny fandraisan'i Fadlo ibni Yahya an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) rehefa tonga tao aminy ?

***Valiny :***

➔ Misy tsy fitoviana eo amin'ireo mpitantara, misy ny nilaza fa imbetsaka izy no nanome sakafo misy poizina an'Imamo (as),…

Ary misy ny milaza ihany koa manao hoe : "ity no malaza eo aminay sy ny tena marina" : tena marina izy ireo dia nandefa an'Imamo mankany amin'i al-Fadlo ibni Yahya ary nilain'izy ireo ity farany hamono azy, nefa tsy nataony izany, vao maika nokarakarainy tsara Imamo rehefa tonga tao aminy, ka nomeny izay rehetra ilainy, rehefa enon'i Rashid izany, ary tamin'izay fotoana izay dia tany amin'ireo rano mikoriana(raqat), ka dia nandefa olona iray tamin'ireo mpanompony nankany Bagdad izy, ary izany dia nataony am-pahanginana, dia nomeny baiko ilay olona faran'izay haingana, haka ny vaovao izay mahakasika an'Imamo, fa raha ohatra ny raharaha mandalo ao mifanaraka amin'izay enony, dia hoy izy, dia nanome baiko izy ny mba handefasana taratasy avy aminy mankany amin'i Abbas ibni Mouhammad, azy izany dia mandidy ity farany hisolo-tena azy, ary handefa taratasy hafa ihany koa avy aminy mankany amin'i Sindy ibni shahik izay mandidy ihany koa ity farany nankato an'i Abbas.

Ka izay baiko nataon'i Harouna Rashid izany dia nataony miafina avokoa….,dia nitsangana i Harouna ka dia nikapoka karavasy an'i



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 294 11/01/2021 16:26:10

Fadlo ibni Yahya sady nanozona azy teo anatrehan'ny besinimaro, ny anton'izany noho izy tsy nanaraka ireo baiko avy taminy, tonga anefa i Yahya ibni Khalid nandray an-tanana ny fanatanterahana ireo baiko izay nolavin'i Fadlo ibni Yahya izany…..

***<u>Fanontaniana n° 306 :</u>***

Iza no namono ho faty an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ary tamin'ny fomba ahoana no nanatanterahany izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Taorian'ny nidiran'i Yahya tao Bagdad dia niantso an'i Sindi ilay voaozony izy, ka nanome baiko azy amin'izay baiko natao azy, ka dia nomeny antrendry misy poizina izy mba homeny an'Imamo, ary mba hanery Imamo hihinana izany, ary nomeny baiko ihany koa izy tsy hanambela an'Imamo raha tsy haniny ilay izy, ka dia nomeny an'Imamo ilay antrendry misy poizina.

Araka ireo hadith voaray avy tamin'i Sindy ibni Shahik, izy tena marina dia nandefa ilay antrendry misy poizina tany amin'Imamo, ary rehefa avy teo, tonga izy mba hijery izay nanaovan'Imamo ilay antrendry, ary hitany fa efa nahalany folo voa tamin'izany Imamo, nefa nilainy hotaperin'Imamo izy rehetra fa hoy Imamo taminy : "***efa ampy anao izay laniko izay, satria efa novitainao izay nanirahana anao ny hanao azy***".!!

Ary tena marina fa i Sindy dia nampiantso mpitsara sy ireo olona itokisana andro iray talohan'ny nahafatesan'Imamo, ka dia navoakany teo anatrehan'izy ireo izy, ary hoy izy : "tena marina fa ireo olona dia miteny hoe : hamafisina fa i ABAL Hassan MOUSSA dia misy zavatra nahavoa azy sy misy olana, izy io hitanareo io tsy marofy sady tsy marary ary tsy misy olana io !!"

Ka dia nitodika Imamo (as) ary hoy izy tamin'izy ireo : jereo nareo tsara aho, fa izaho dia efa nomena poizina izay hahafaty ahy efa telo

andro izay, ary jereo nareo tsara fa ny endriko ivelany no tsara fa izaho io dia voan'ny poizina, ary hohitanareo amin'ny faran'ity andro ity fa hihamena ny vatako, izay tena ho mena tokoa, ary ho lasa mavo rahampitso ary tena ho mavo tokoa, ary hihafotsy ary tena ho fotsy tokoa amin'ny afak' ampitso, ka dia ho faty amin'izay aho, ary dia nandao izao tontolo izao Imamo tamin'ny faran'ny andro fahatelo araka ny voalazany iny tokoa, ka dia nivoaka ny fanahiny masina ka nihazo ilay avo indrindra, ka nihaona tamin'ireo mpaminany maro be, sy ireo mpiteny ny marina ary ireo maty maritiora araka ny voalazan'ny Tompo Allah manao hoe : "***fa ho an'izay mazava ny tavan'izy ireo, dia ao anatin'ny famindrampon'Andriamanitra***", ny fitahian'i Tompo Allah anie ho aminy.

***<u>Fanontaniana n° 307 :</u>***

Nanao ahoana ny niafaran'i Sindy ibni Shahik (loza anie ho azy)?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Hoy i ibn Shahr Ashoub: tena marina fa i Sindi ibni Shahik dia namoaka ilay vata-paty avy ao an-trano ary nataony teo ambinin'ilay tetezan'i Bagdad, ary niantsoantso izy nanao hoe : "io i MOUSSA IBNI JA'AFAR izay nilaza ny tenany ho **RAFIDO** (mpanohitra), ary niteny fa tsy mety maty, jereo nareo izy io, ary ny mahakasika izay indrindra nisy niteny fa, ireo izay nitsangana teo dia nihevitra fa eo am-pitsanganana Imamo, ary nivehitra ihany koa izy ireo fa ny antony tsy ahitana an'Imamo dia noho izy nigadra, ary raha mbola teo ambonin'ilay tetezana niaraka tamin'ireo fokonolona i Sindy, nivadika ilay soavaly nitaingenany ka dia natsipiny any anaty rano izy ka rendrika tao, ary ny Tompo Allah nampizarazara ireo vondron'i Yahya ibni Khalid.

***<u>Fanontaniana n° 308 :</u>***

Aiza no nalevina Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo MOUSSA KAZIM (as) dia tany Iraka (Bagdad) no nindaosin'ny fahafatesana, ary dia nalevina tao amin'ny fasan'ireo Qoraish tany an-toerana ihany, izay antsoina hoe (KAZIMIAT) ankehitriny.

***Fanontaniana n°309 :***

Inona no nataon'Imamo REZA (as) nandritra ny tsy nahateo an-drainy MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay nataon'i Sheik Koleini avy tamin'iray amin'ireo mpanampin'Imamo MOUSSA (as), izay niteny nanao hoe : rehefa navoaka i Abou Ibrahim (as) izany hoe Imamo MOUSSA KAZIM (as) avy tao Madinat nankany Irak, dia nomeny baiko i ABA AL-Hassan REZA (as) mba hatory eo ambaravarany mandrakariva mandritra ny androm-piainany mandrapahazony vaovao mahakasika azy.

Ary hoy indray ilay mpanampy : isaky ny alina izahay dia namelatra fandriana hoan'i ABI AL-Hassan (as) teo amin'ilay lalantsara eo amin'ny fidirana, ary rehefa vita ny sakafo alina sy ny fivavahana dia tonga eo Imamo hatory, ary rehefa tonga ny maraina dia miverina any an-tranony izy, ary tsy nitsahatra izy nanao izany nandritra ny efatra taona, nefa indray alina tamin'ireo alina, dia tara izy nefa izahay efa namelatra ny fandriany, ary mbola tsy tonga foana nefa efa tonga ny fotoana fahatongavany, natahotra sy nangorohoro ny fianakaviana noho ny anton'izany, ary matoa izy tara dia misy zavatra mavesatra hianjady aminay.

Rehefa tonga ny rahampitso dia tonga tao an-trano izy, niditra tao amin'ny fianakaviany, ka nitodika tamin'i renin'i Ahmad izy (tompon-trano) ary hoy izy taminy : "omeo ahy ilay zavatra navelan-draiko taminao", ka dia nihiakiaka sy nikapoka ny tavany i renin'i Ahmad, ka



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 297 11/01/2021 16:26:10

noho ny akon'izany dia rovitra ny paosiny, ary hoy izy : "mba hifantako amin'ny Tompo Allah, fa maty ilay sefoko", dia nampanginina izy, ary hoy Imamo taminy : "***aza miteny zavatra momba izany ianao, ary aza aseho olona ny alahelonao, mandra- pahatongan'ilay vaovao any amin'ny lehibe eto an-tanana***".

Ka dia navoakany izay zavatra napetrak'Imamo MOUSSA (as) taminy, ary hoy izy : Imamo dia niteny tamiko fa ity zavatra ity tsiambaratelo eo aminay roa, (nahatsiaro sambatra taminy) ary hoy izy tamiko, tandrovy tsara ity zavatra hapetrako aminao ity, ary aza ambara an'iza na iza mihitsy mandra-pahafatesako. Ary rehefa maty aho ka misy iray amin'ireo zanako tonga aminao haka azy dia omeo azy ilay izy, ary fantaro fa amin'izay fotoana izay efa maty aho, ary amin'izao dia tanteraka avokoa izay nolazain'i Tompo ahy.

Ka dia noraisin'Imamo avy taminy izany zavatra izany, ka dia nandidy ireo olona tao aminy izy mba tsy hanaparitaka izany vaovao izany mandra-pahatongan'izany eo an-tsofin'ny besinimaro, ka dia nandeha Imamo ary tsy nipody intsony teo amin'ny toerana fandriany intsony tahaka izay fanaony, ka dia notazominay ho anay izany vaovao ratsy izany mandra-pahatongan'ireo mpilaza zava-manjo hilaza ny momba an'Imamo (as), rehefa nisahianay ireo andro dia nahatsapa izay fa tena ela be vao tonga teo an-tanàna ny vaovao momba ny fahatesan'Imamo, ka izy eo maty tamin'ny fotoana izay nanaovan'Imamo REZA (as) izay nataony iny (tsy fatoriana intsony teo amin'ilay fatoriany), ary tamin'ny fotoana izay nankany ilay zavatra tamin'i OUMOU AHMAD iny.

***Fanontaniana n° 310 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ireo zanak'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Tsara ho fantatra fa misy tsy fitovian-kevitra ny amin'ny mahakasika ny isan'ireo zanak'Imamo MOUSSA (as), ary araka ny voalazan'i ibn Shahr Ashoub, tena marina hoy izy fa ny isan'ireo zanak'Imamo dia



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 298 11/01/2021 16:26:10

miisa telopolo ihany; ary hoy ny tompon'ilay boky mitondra lohateny hoe : (OMDATOU TWALIB) : Imamo dia niteraka miisa enimpolo 60, fito amby telopolo 37 ny vehivavy, ary ary telo amby roapolo 23 ny lehilahy, ary hoy i Sheik Moufid : "ny isan'ireo zanak'Imamo MOUSSA (as) dia fito amby telopolo 37 no fitambaran'ny lahy sy vavy, ary valo ambin'ny folo 18 ny lehilahy tamin'izy ireo, ary sivy ambin'ny folo 19 ny vehivavy, ary ireo avy ny anaran'ireo zanany :

Imamo Ali IBNI MOUSSA REZA (as), IBRAHIM, i ABBAS, KASSIM, ISMAEL, JA'AFAR, HAROUNA, AL-Hassan, AHMAD, MOUHAMMAD, HAMZAT, ABDOULLAHI, ISSAC, OBEIDOULLAHI, ZAID, AL-Houssein, FADLO, ary SOULAIAMAN.

Ireo vehivavy dia nahitana : i FATWIMATOUL KOBRA, i FATWIMATOUL SOUGHRA, ROUQAYA, HAKIMAT, OUMOU ABIHA, ROUQAYA SOUGHRA, KOULOSOM na i KOULSOUM, OUMOU JA'AFAR, LOBANAT, ZAINAB, KHADIDJAT, ALIAT, AMINAT, HASSANAT, BOURIHAT, AYSHA, ary misy milaza fa i ABBASSAT ihany koa mbola izy, i OUMOU SALAMAT, MAYMOUNAT, ary i OUMO KOULSOM.

Araka ny hita ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (OMDATOU TWALIB), niteny 'i Sheik Abi Nasr al-Boukhari fa i Sheik Tajou Diny dia niteny nanao hoe : ny nanaraka an'i MOUSSA KAZIM (as) dia lehilahy telo ambin'ny folo 13, ny efatra amin'izy ireo no tena maro ny milaza ny momba azy ireo fa tena zanak'Imamo, dia ireto avy izany : i IBRAHIM AL-MORTAZA, i Mouhammad, AL-ABIDO, ary i JA'AFAR, ary ny efatra hafa koa dia antonony ny filazana momba azy ireo, ary ireto avy izy ireo : ZAID ANAR, i ABDOULLAH, OBEIDOLLAH, ary i HAMZAT, ary dimy amin'ireo kosa no misy mpilaza fotsiny fa zanany, dia ireto avy izy ireo : ABBAS, HAROUNA, ISSAC, ISMAEL, ary i AL-Hassan.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 299 11/01/2021 16:26:10

***Fanontaniana n° 311 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ireo kintana amin'ireo mpanaradia an'Imamo MOUSSA KAZIM (as) ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka isika ary ireto avy izy ireo :

1. **HAMAD IBNI ISSA AL-KOFI AL-BASRI.**
2. **ABOU ABDOULLAH ABDOURAHMAN IBNI AL-HOJAJ AL-BAJALI AL-KOFI, BAYA SABIRI.**
3. **ABDOULLAH IBNI JOUNDAB AL-BAJALI AL-KOFI.**
4. **ABOU MOUHAMMAD Ali IBNI MOQAIRAT AL-BAJALI AL-KOFI.**
5. **ABDOULLAH IBNI YAHYA AL-KAHELI AL-KOFI.**
6. **Ali IBNI YQTWIN avy any KOUFAT fa saingy nipetraka tany Bagdad.**
7. **AL-MOUFADWAL IBNI OMAR AL-KOFI AJA'AFI.**
8. **ABOU MOUHAMMAD HESHAM IBNI AL-HAKAM maolan'ny Kindat.**
9. **YOUNOUS IBNI ABDOURAHMAN maolat ny YQTWIN.**
10. **YOUNOUS IBNI YACOUB AL-BAJALI ADAHNI zanakin'ny rahavavin'i Mouwaoyat zanak'i AMMAR.**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 300 11/01/2021 16:26:10

# IMAMO ALI IBNI MOUSSA REZA (AS)

***Fanontaniana n° 312 :***

Iza moa Imamo Ali REZA (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia i Ali IBNI MOUSSA KAZIM IBNI JA'AFAR SWADIQ IBNI MOUHAMMAD BAKIR IBNI Ali SAJJAD IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as).

***Fanontaniana n° 313 :***

Oviana no nahaterahan'Imamo Ali REZA (as) ?

***Valiny :***

➔ Tsara ny mampahafantatra anao fa misy tsy fitoviam-pijery amin'ny mahakasika ny andro nahaterahan'Imamo, ny tena malaza, izy dia teraka tamin'ny iraika ambin'ny folo 11 ny volana Zil Kanda taona 148 hijri tao Madinat, ary misy ihany koa ny miteny fa izy dia teraka tamin'ny faha iraika ambin'ny folo 11 ny volana zil Hajj taona 153 hijri, izany hoe dimy taona taorian'ny nahafatesan'Imamo JA'AFAR SWADIQ (as), araka ilay hadith voalohany – ilay tena malaza – izy dia teraka andro vitsivitsy taorian'ny nahafatesan'ny raibeny dia tsy izany fa Imamo JA'AFAR SWADIQ (as), ary io raibeny io dia naniry ny mba ho tratrany velona, ary araka ny voalazan'ny vaovao izay voaray avy tamin'i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) izay nilaza nanao hoe : "izaho dia naheno imbetsaka an'i ABI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD (as) niteny tamiko nanao hoe : ***"tena marina fa ny tena manampahaizana indrindra amin'ny taranak'i MOUHAMMAD (sw) dia ao amin'ny lambosinao, tahaka izay aho mba nitratran'ny fahaterahany !, ary izy hantsoina hoe : AMIROUL MOUMININA Ali (as)".***

***Fanontaniana n° 314 :***

Iza no anarana fiantsoana an'Imamo Ali REZA (as) ary inona no anaram-bositra nentiny ?

***Valiny :***

➔ Ny anarana fiantsoana an'Imamo (as) dia :

- **i ABOU AL-Hassan.**

Ary ny anaram-bositra nentiny dia :

- **Ny tena nampalaza azy indrindra dia i REZA,**
- **Ary ny ankoatra an'izay dia i SWABIR,**
- **i FADWIL,**
- **i WAFI,**
- **i KOR' AINIL MOUMININA,**
- **Ary i RAIZOUL MOLHIDINA.**

***Fanontaniana n° 315 :***

Ianao dia niteny fa ny anaram-bositra izay tena nampalaza an'Imamo Ali REZA (as) dia i REZA, fa inona ary no antony niantsoana azy hoe REZA ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalazan'i Ibni Babowei izay avy tamin'i Hassan ary avy ihany koa tamin'i Bazanti, hoy izy : hoy aho tamin'Imamo MOUHAMMAD JAWAD (as) : ***"misy andian'olona amin'ireo mpanohitra anareo no milaza fa i Ma'amoun no nanome an-drainao ny anarana hoe (REZA) satria izy faly tamin'ny fitondrany",*** dia hoy izy tamiko : ***"mandainga izy ireo, mba hifantako amin'i tompo Allah fa tsy rariny izany ataon'izy ireo izany, ny tena marina dia i tompo Allah no nanome azy izany***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 302 11/01/2021 16:26:11

***anarana REZA (hafaliana=fahafaham-po) izany, satria Izy dia hafaliana ho an'i Allah tany an-danitra, ary i hafaliana ho an'i RASSOULILLAHI sy ireo Imamo handimby azy ety an-tany".***

Hoy izy, niteny taminy aho nanao hoe : ***"ka moa ve ireo raibenao tany aloha tsy hafaliana ho an'i Allah sy ho an'i NABI (sw) ary ho an'ireo Imamo (as) izay handimby an'i NABI (sw) ?",*** dia hoy izy namaly ahy : "izany mihitsy ka", dia hoy indray aho taminy : ***"fa maninona ny rainao ihany no nantsoina amin'io anarana io ary ?",*** dia hoy indray izy tamiko : ***"satria izy dia hafaliana ho an'ireo mpanohitra amin'ireo fahavalony ary hafaliana ihany koa ho an'ireo mpankato amin'ireo mpanara-dia azy, nefa tsarovy fa izany tsy mba nananan'ireo izay teo alohany, ka noho izany indrindra no niantsoana azy hoe (ilay hafaliana) na i REZA".***

***<u>Fanontaniana n° 316 :</u>***

Iza kay no renin'Imamo Ali IBN MOUSSA REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny renin'Imamo REZA (as) dia i OUMOU WALAD, izay nantsoina ihany koa amin'ny anarana hoe : TOKTAM na i NAJMAT na i ARWA, SAKAN, SAMANAT, OUMOUL BANINA, ary misy miteny ihany koa fa ny anarany dia i SWAKR, ary i SHAQRA'A.

***<u>Fanontaniana n° 317 :</u>***

Nanao ahoana ny niterahan'Imamo REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niteny i Sheik Swadouq (ra), fa ny renin'Imamo dia tsy izany fa NAJMAT nanao hoe : ***"tamin'izaho nitondra vohoka an'ilay zanako dia tsy naheno vesatra izany mihitsy, ary izaho dia naheno zavatra, ary rehefa naterako izy dia tonga nafahatrany tamin'ny ireo tanany (nandady), ary ny lohany hampiandrandrany***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 303 11/01/2021 16:26:11

***mankany amin'ny lanitra, ka tamin'izay fotoana izany dia nahetsiny ireo molony roa ohatra ny miteny ireny, ka dia niditra tao amiko ny rainy dia tsy iza izany fa i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as)"***, ary hoy izy tamiko : "***arahabaina ianao ry NAJMAT, ny voninahitry ny tompo anie hirotsaka aminao***", ary nofonosako lamba fotsy izy ary natoloko an-drainy, dia nanao (hazany) tamin'ny sofiny havanana izy, ary nanao (Iqamat) tamin'ny sofiny havia, taorian'izay dia niantso olona izy mba hitondra rano avy amin'ny reniranon'ny Forat mba hankeo aminy, ka dia nampisotroiny an-janany izany, dia nomeny ahy izy ary hoy tamiko : ***"raiso izy fa izy ity dia an'ireo solontenan'i tompo Allah eto amin'ity taniny ity".***

Araka ny tatitra nataon'i ibn Babowei izay avy tamin'i Mouhammad ibni Zyad, dia hay izy : "izaho dia naheno tamin'Imamo MOUSSA (as) tamin'ny andro izay niterahan'ilay zanany dia tsy iza izany fa Imamo REZA (as), fa izany zanany izany dia efa nodiovin'Andriamanitra tokoa ary efa noforainy avy any an-kibo, ary tahaka izany avokoa ireo Imamo ireo teo am-piterahana, nefa tsy maintsy ampandalovina amin'ilay faritra tokony hoforaina ny antsy mba hamelomana ilay fomba amam-panao."

***<u>Fanontaniana n° 318 :</u>***

Inona no soratra na sokitra tamin'ny peratr'Imamo Ali REZA (as)?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny peratr'Imamo dia nahitana soratra toy izao : **(MASSALLAH, WALA QWATA ILLA BILLAHI)** izay azo adika hoe : (izany dia sitraky ny tompo Allah, ary tsy mahery mihoatra ny herin'i tompo Allah), ary araka ny volazan'ny Riwayat hafa ny peratr'Imamo dia nisoratra hoe : (**HASBIA Allah**) izay midika hoe : "ampy ahy i Allah".

***<u>Fanontaniana n° 319 :</u>***

Nisy riwayat roa teo ambony izay nilaza ny soratra tamin'ny peratr'Imamo REZA (as), moa ve mifanohitra izy roa ireo ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 304 11/01/2021 16:26:11

***Valiny :***

➔ Tsy misy fifanoherana eo amin'ireo riwayat roa ireo, satria Imamo dia nanana peratra roa, ny iray tamin'izy ireo dia azy ary ny iray hafa kosa dia lovany tamin-drainy, izany dia mifanaraka amin'ilay voalazan'i Sheik Koleini (ra), fa i Moussa ibni Abdourahman dia niteny nanao hoe : " izaho dia nanontany an'i ABA AL-Hassan REZA (as) momba ny soratra tamin'ny peratrany sy momba ny pera-drainy, dia hoy izy tamiko : "ny peratro dia nisy soratra hoe **(MASSALLAH, WALA QWATA ILLA BILLAHI)** ary ny pera-draiko dia nisy soratra hoe : (**HASBIA Allah**), ary izy ity anaovako ity".

***Fanontaniana n° 320 :***

Moa ve ianao afaka milazalaza amin'ny ankapobeny mahakasika ny fahalalan'Imamo Ali IBNI MOUSSA (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny mahakasika ny fahalalan'Imamo, araka ny voalazan'i Sheik Twabarsi avy tamin'i swilat al-Harwi izay nilaza nanao hoe: izaho dia tsy nahita manam-pahalalana toa an'i Ali IBNI MOUSSA REZA (as), ary tsy mbola nisy manam-pahaizana hitako raha tsy hilaza mitovy amin'izay voalazako, tamin'ny fotoana izay namorian'i Ma'amoun ireo manampahaizana maro momba ny lalàna sy ny finoana ary ny ankoatra an'izay, dia resin'Imamo avokoa izay rehetra tonga nanatrika ireo fivoriana io tao, ary izy rehetra ireo dia samy nanamafy fa Imamo dia ambony sy be voninahitra tokoa, ary nilaza ny tenany ho mpanao tsirambina avokoa.

Ary izaho dia naheno an'i Ali IBNI MOUSSA REZA (as) niteny nanao hoe : "indray andro aho dia sendra nipetrapetraka teo amin'ny akaninjaza, ary tamin'izay fotoana izay dia vory teo ireo manam-pahaizana ao an-tanàna, tampoka teo dia tsikaritro fa misy fanontaniana ny iray amin'izy ireo, nefa tsy voavahan'izy ireo, ny rehetra dia nanondro ahy, ary nalefan'izy ireo taty amiko ny raharahan'izy ireo, ka dia novaliako avokoa izany".

Ary hoy i Abou Swilta: niteny tamiko i Mouhammad ibni Issac ibni Moussa ibni JA'AFAR izany teny izany dia avy amin-drainy, izay milaza fa i MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) dia niteny tamin'ireo zanany nanao hoe: "ity i Ali IBNI MOUSSA rahalahinareo, izy ity dia manampahaizan'ny taranak'i MOUHAMMAD (sw) ary anontanionareo azy ny momba ny finoanareo, ary tanjahonareo tsara izay zavatra lazainy anareo, satria izaho naheno an'i ABI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD (as) imbetsaka niteny tamiko nanao hoe : "tena marina fa ny manampahalalana amin'ny taranak'i MOUHAMMAD (sw) dia ao an-damosinao, eh! Raha mba nitratrany aho !, ary izy dia hantsoina hoe (AMIROUL MOUMININA) Ali (as)".

***__Fanontaniana n° 321 :__***

Moa ve ianao afaka miresaka fohifohy ny momba ny fitondratenan'Imamo Ali IBNI MOUSSA REZA (as) ?

***__Valiny :__***

➔ i Sheik Swadoq (ra) dia nitatira ny tena nataon'i Ibrahim ibni Abbas izay nilaza nanao hoe: izaho dia tsy ary nahita an'i ABA AL-Hassan REZA (as) niteny zavatra izay niteraka hatezerana ho an'ny hafa mihitsy, sy tsy mbola nahita olona nandao azy noho ny vokatry ny teny nataony, ary tsy mbola nahita azy nandà amin'izay mila vonjy aminy nefa izy afaka mamonjy azy, tsy nahita azy nampitsotra ny tongony manoloana ireo mpiara-mipetraka aminy, ary izy tsy mba miankina izany eo anivon'izy ireo, tsy ary niteny mahery na nanompa olona mihitsy na iray tamin'ireo mpanara-dia azy izany na tamin'ireo mpanampiny, tsy nahita azy nandrora ihany koa aho, na koa nihomehy mafy be na nikakakaka, fa rehefa mihomehy izy dia mitsiky ihany, rehefa velarina ny latabatra fisakafoana dia miara-mipetraka aminy eo avokoa ireo mpanara-dia azy eny fa na ireo mpiandry omby aman-tsoavaliny sy ny mpiambina ny varavarany aza.

Ary Imamo (as) dia kely torimaso satria be asa atao izy amin'ny alina, mamelona (manao asa fanompoana) ny aliny izy manomboka amin'ny fiandohan'ny alina hatramin'ny maraina, izy dia matetika manao fifehezana na fifadian-kanina, ka noho izany indrindra telo andro ao anatin'ny volana iray no tena tsy maintsy anaovany an'izany dia ny andro voalohany aminy volana sy andro alakamisy amin'ny faran'ny volana, ary ny andro alarobia anivon'ny volana, ary hoy indray i Ibrahim: izany fifadian-kanina izany dia nandritra ny androm-piainany, ary izy dia tena maro mpahalala sy mpanao asa soa ary mpanao fanomezana mangingina, ary matetika amin'ny alina izy no manao izany fanomezana izany, fa raha misy olona milaza fa misy olona mitovy voninahitra amin'Imamo dia aza inoanareo izany.

Araka ny voalazan'i Mouhammad ibni Abi Ybada, tena marina fa Imamo amin'ny vanim-potoana mafana na fahavaratra dia mipetraka ambony lamban-rodona na karipetra, fa rehefa tonga kosa ny ririnina na ny andro manintsy dia mipetraka ambony lamba efa tonta ireny izy, ary mitafy lamba matevina izy, amin'izay rehefa miseho vahoaka dia mitafy tsara ho azy ireo.

***Fanontaniana n° 322 :***

> Moa ve ianao afaka milaza ny momba ireo porofo sy fahagagana izay nanamafy ny maha Imamo an'Imamo Ali IBNI MOUSSA REZA (as) ?

***Valiny :***

➔ Eny, araka ny teny izay nataon'i Rayan ibni Swilta izay nilaza nanao hoe : rehefa nanapa-kevitra hivoaka an'Irak aho dia mba nandalo tany amin'i REZA (as) mba hanao veloma azy, ka dia hoy aho tamin'ny tenako: rehefa hanao veloma azy foana aho, fa maninona raha mangataka akanjo izay efa nitafiany aho mba hitafiako rehefa mandao izao tontolo izao aho, sy vola (Dirham) mba hividianako peratra hataoko voan-dalana ho an'ireo zanako vavy, rehefa avy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 307 11/01/2021 16:26:11

nanao veloma azy aho dia varina nigogogon'ny tomany noho ny tsy fahafoizako azy, ary hadinoko ilay zavatra saika hangatahiko taminy, ary rehefa hivoaka iny aho dia nantsoiny : ô ry Rayan, miverena ianao, ary hoy izy tamiko rehefa niverina teo aminy aho : "fa anga ianao tsy mila lamba efa nitafiako mba hitafianao rehefa maty ianao?, ary moa ve tsy nila vola izay hividiananao peratra hataonao voan-dalana hoan'ireo zanaka vavinao ianao ?".

Ary hoy aho taminy : "ô ry tompoko !, tao anatiko (antsaiko) izaho no nangataka izany, ka dia nosakan'ny alahelo teo am-pisarahana aminao ilay izy", dia nangainy ilay ondana dia naka akanjo izy ka nomeny ahy izany, ary nangainy ihany koa ny ilan'ilay karipetra izay fanaovany soalat ka dia naka Dirham izy avy tao ka nomeny ahy, ary rehefa nisaiko ilay izy dia hitako fa nahatratra 30 dirham; ka dia toy izay sy zay ny momba ny tantaran'Imamo iny, ary mbola maro ny tantara ankoatra an'izay izay tsy hovitantsika tanisa eto avokoa.

***__Fanontaniana n° 323 :__***

Moa ve ianao afaka milazalaza ny ampahany amin'ireo fananarana sy fitsarana izay nataon'Imamo REZA (as) ?

***__Valiny :__***

➔ Eny, afaka milazalaza ny mahakasika izany isika, ary ireto avy izy ireo :

1. Niteny Imamo Ali REZA (as) nanao hoe : **"ny saina no namana mahafatra-po ho an'ny olombelona, ary ny habadoana no fahavalony".**

2. Ary mbola niteny ihany izy nanao hoe : **"tena marina fa ny Tompo Allah dia tsy tia an'ireo izay mpifosa olona sy mpitati-bolana, ary toraka izany koa ny fandanindaniampoana, ary indrindra fa ny olona be fangatahana (mila fanampiana nefa izy tsy mila izany)."**

3. Ary hoy indray Imamo : **"izahay taranak'ny Mpaminany (sw) dia**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 308 11/01/2021 16:26:11

**mandray ny zavatra nampanantenainay ho trosa eo am-bozonay, tahaka ny nataon'i RASSOULLAH (as) fony fahavelony".**

4. Niteny Imamo REZA (as) nanao hoe : **"izy faly amin'ny Tompo Allah noho ny anjara masoandro kely izay nomeny azy dia ny Tompo Allah ho faly amin'izay asa soa kely izay ataony".**

***Fanontaniana n° 324 :***

Inona no antony nahatonga an'i Ma'amoun nitarika an'Imamo REZA (as) nankany MARWA na MERVA ?

***Valiny :***

➔ Tsy miafina amintsika araka izay volaza ombieniombieny, taorian'ny nanamafisana ny raharahan'i Ma'amoun mahakasika ny fitondrany, ary tamin'izay fotoana izay dia izy no lasa hery mpanatanteraka sy mpanome baiko manerana ny tontolon'islamo, dia nomeny an'i Hassan ibni Sahle ny fitantanana ny raharahan'Irak, ary izy dia nanamafy orina ny fitondrany tao amin'ny tanànan'ny Marw.

Rehefa nanomboka niseho ny fikomiana sy ny korontana nanodidiny ny fanjakana tao Hijaz sy Yaman izay naterak'ireo lohan'ny mpisorona izay mila te haka ny fitondrana, dia naneho ny fanoheran'izy ireo izy ireo, taorian'ny nahatongavan'izany vaovao izany tany amin'i Ma'amoun dia efa nataony mpanolotsaina i al-Fadlo ibni Sahl, izay efa praiminisitrany ihany koa, izany laza mitazona andraikitra roa izy io, maro ny zavatra nandalo tao andohan'i Ma'amoun, ka taorian'izay izy dia nanapa-kevitra hanafatra an'Imamo REZA (as) avy any Madinat, ka dia natolony azy ny fandimbiasana azy eo amin'ny fitondrana, izany no nataon'i Ma'amoun amin'izay ireo loholona mba hankatoa azy ary mba ho arofanina mba tsy hahatonga ireo loholona tsy hikendry hiakatra eo amin'ny fitondrana ihany koa.

***Fanontaniana n° 325 :***

Iza no nirahin'i Ma'amoun haka an'Imamo REZA (as) mba hitondra azy mankany Khorasan ary nanao ahoana ny fihetsik'Imamo nanoloana an'izany ?

***Valiny :***

➔ i Ma'amoun dia nandefa delagasiona avy tamin'ireo olona akaiky azy izay notarihin'i Raja'a ibni Abi Dihak mba haka an'Imamo hankany Khorasan, ary rehefa tonga tao aminy ireo delegasion'i Ma'amoun dia nandà azy ireo Imamo, ary tena nandà mafy tokoa, nefa nanaika foana Imamo taty aoriana satria izy dia nanizingizina mafy aminy fahatongavan'Imamo any Khorasan, ka dia nanaiky tsy fidiny izy hanao izany fandehanana izay tena asa be izany.

***Fanontaniana n° 326 :***

Nanao ahoana ny lalana nolalovan'Imamo REZA (as) avy tany Madinat nankany Marw ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalazan'i Said Abdoul Karim ibni Twaous izay maty tamin'ny taona 270 hijri ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : ( FARHAT QARI) : rehefa nitaky an'Imamo hankany Khorasan i Ma'amoun, dia nandao an'i Madinat Imamo ka nitodi-doha nankany Basrat (Irak), ary tsy mba nandalo tao Koufat izy, avy tao Basrat izy izay vao nitodi-doha nankany Badgad ka ny lalana mankany dia tsy maintsy mandalo eo Koufat, izay vao nankany Qum, ary rehefa tafiditra tao Qum izy, dia nihaona tamin'ireo fianakaviany izy, ary tena niady ny hampiantrano azy izy ireo tamin'izany fotoana izany, dia nanome baiko Imamo nanao hoe : "***halefako ity rameva ity fa izay varavarana ijanonany dia ny tompon'izany varavarana izay hahita amin'ny alalan'ny nofy fa izy no handray vahiny ahy***", mbola tsy rahampitso ny andro dia efa nalaza teo an-tanàna izay zavatra izany ary tena nalaza tokoa.

Taorian'izay dia nitodi-doha nankany Neysabur Imamo (as), ary tena nidododo ireo vahoaka nanantona an'Imamo mba haka hadith aminy……

Araka ny voalazan'i Sheik Swadoq (ra), Imamo rehefa tonga tao Neysabur dia nivantana tamin'ny toerana iray izay antsoina hoe : (FAOZA), izay misy fiandroana (HAMAMO) ao aminy, izay malaza ankehitriny amin'ny anarana hoe Hamamon'i REZA (as)…

Taorian'ny nialan'Imamo tao Neysabur dia nanao soalat zohr (fotoam-pivavahana atoandro) tao amin'ny tanàna kely iray izay antsoina hoe: (HOMRA'O) izy, izay vao niditra tao Sanabad, rehefa tonga tao izy dia nangataka fahasoavana sy fahombiazana ho an'ireo mponina tao, izay vao niditra tao an-tranon'i Homeida ibni Qahtab Tway, ary niditra ihany koa tao amin'ny trano misy boribory teo amboniny (KOUBAT) izay misy ny fasan'i Harouna Rashid, rehefa tonga tao izy dia norangotiny tamin'ny tananany ny sisin'ilay fasana, ary hoy izy : "ity dia tany hisy ahy, eto aho no halevina, ary hataon'i tompo Allah ho fivezevezen'ireo mpanaradia sy mpitia ahy izy ity, ary hifantako amin'Andriamanitra fa tsy misy amin'ireo mpamangy izay hamangy ahy na izay mpanalama izay hanalama ahy ka tsy havelan'Andriamanitra ny fahotany sy hamindrany fo, izany noho ny anton'ny fanelanelanana izay hataonay Ahloul Bayt.

Ary taorian'izay dia nitodi-doha nankany Marw Imamo, toerana izay misy an'i Ma'amoun.

***<u>Fanontaniana n° 327 :</u>***

Nanao ahoana ny fampivahiniana nataon'ny Ma'amoun an'Imamo REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Rehefa tonga tao Marw Imamo REZA (as) dia notsenain'i Ma'amoun amam-boninahitra sy am-panajana, ary navoriny avokoa ireo olona akaiky azy sy ireo lehiben'ireo mpanaradia azy, ary hoy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 311 11/01/2021 16:26:11

izy: “ô ry vahoaka !, rehefa nojeroko ireo taranak’i Abbas sy taranak’i Ali dia tsy nahita amin’izy ireo aho olona mendrika ny fitondrana mihoatra an’i Ali IBNI MOUSSA (as)”, ary taorian’izy dia nitodika nankany amin’Imamo izy ary niteny indray nanao hoe : “tena marina fa izaho efa hitanao manala ny tenako amin’ny fitondrana, ary homeko anao izy ity, ary haneho ny fanekeko fa ianao no mpitondra ahy”, dia hoy Imamo taminy : ***“raha ohatra ity fitondrana ity ianao, na koa nataon’Andriamanitra ho anao, tsy azo atao ny manala ny lamba izay nasalotry ny tompo Allah, ka homenao olona hafa, fa raha ohatra kosa ity fitondrana ity tsy anao, tsy azonao atao ihany koa ny manome zavatra izay tsy anao ahy”.***

Tao anatin’ny roa volana dia niezaka nandresy lahatra an’Imamo i Ma’amoun ny aminy mba hanekeny handray ilay fitondrana, nefa Imamo dia hiezaka ihany nanda izany ary tsy nanaiky, ary rehefa kivy tamin’izany i Ma’amoun dia hoy izy tamin’Imamo : “***rehefa tsy hanaiky handray ity fitondrana ity ianao, sy raha tsy tianao ihany koa ny hamindrako ilay fahefana aminao, mba meteza ianao mba ho mpandimby ahy eo amin’ny fitondrana (WALI AHD***)”, nolavin’Imamo ihany koa izany fangatahan’i Ma’amoun izany, nefa tamin’ny farany dia nanaiky ihany Imamo mba Wali ahd na ho mpandimby an’i Ma’amoun eo amin’ny fitondrana, ary izy tamin’izay fotoana izay dia nigogogogo nitomany.

***<u>Fanontaniana n° 328 :</u>***

Rahoviana no nanehoana amin’ny fomba ofisialy fa Imamo no ho mpandimby an’i Ma’amoun sy nanao ahoana ny fety tamin’izany, ary inona no zavatra nandalo tamin’izany taona izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Roa andro taorian’ny naneken’Imamo ho mpandimby an’i Ma’amoun, izay nifanandrify tamin’ny fahafiton’ny 7 volana Ramadan taona 201hijri, i Ma’amoun dia nanangana fety lehibe, ka

tamin'izay indrindra no nanomanany ondana fipetrahana roa mba hipetrahan'Imamo, ary vory avokoa ireo loholona mpitarika sy ireo mpitsara tamin'izany fotoana izany, ka rehefa avy eo dia nanome baiko an'i Abbas zanany i Ma'amoun mba hanao ny fanekeny fa Imamo no mpandimby aorian-drainy, mialohan'ny olona rehetra, ary ny besinimaro dia manaraka avy ao aoriana, ary napetraka teo amin'ny lohamasin'Imamo ilay satro-boninahitra izay vita tamin'ny volamena, ary nitsangana ireo mpikabary sy ireo mpanao tononkalo ka nanomboka nidera an'Imamo avokoa sy nitanisa ireo voninahiny, ary nitrotro azy am-bavaka, ary nomena baiko ihany koa izy ireo mba hanao tonombavaka teo ambony polipitra; nanomboka teo dia natota ireo vola Dinar sy Dirham izay nitondra ny anaran'Imamo sy ny anaram-bositra izany nahalalana azy dia i REZA izany.

Ary tamin'io taona io ihany dia nosoratana tamin'ny Minbaran'i Rassoulillahy any Madinat ny anaran'Imamo REZA (as), ary nisy ny nilaza fa toy izao manaraka izao ny zavatra nosoratana amin'izany Minbar izany : ***"WALI AHD MOSLIMINA(Andriandahin'ireo mpino) Ali IBNI MOUSSA IBNI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as)",*** izany no natao noho ny baiko izany nomen'i Ma'amoun tahaka ny nanomezany baiko amin'ny fampijanona ireo filamatra mainty izay nisy teo amin'ireo taranak'i Abbas, ary mbola baikony ihany koa ny fisikinana lamba maintso, dia nampanambadin'i Ma'amouna an'Imamo ny iray amin'ireo zanany vavy dia tsy iza izany fa i Oumou Habib, ary nataony ho fofombadin'Imamo JAWAD (as) ihany koa ny iray hafa dia tsy iza izany fa i Oumoul Fadlo….

***Fanontaniana n° 329 :***

Fa maninona no nataon'i Ma'amoun wali ahd na andriandahy mpandimby azy eo amin'ny fitondrana Imamo REZA (as) ?

***Valiny :***

➔ Mba hahafahantsika mamaly io fanontaniana io dia hitondra ireto ryawayat manaraka ireto isika :



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 313 11/01/2021 16:26:12

Araka ny tatitra izay nataon'i sheik Swadoq (ra) avy tamin'i Ahmad ibni Ali, izay nilaza ity farany nanao hoe : nanontany an'i Aba Swilat Haroy, ary aho taminy : "fa amin'ny fomba ahoana no mampilamina ny fiainan'i Ma'amoun tamin'ny famonoana an'Imamo REZA (as) nefa izy tena nanaja fatratra an'Imamo sy nitia azy, ary izy dia nataony andriandahy no mpandimby azy (wali ahd) ?", ary hoy izy tamiko: tena marina fa ny anton'ny fanajan'i Ma'amouna sy ny fitiavany an'Imamo dia ny mba hahafantarany ny voninahitr'Imamo, ary ny antony nanaovany azy andriandahy ho mpandimby azy amin'izay ny olona miteny hoe fa Imamo dia tia ny fiainana eto an-tany, ka mba hialan'Imamo amin'ny toerany ao am-pon'ny olona, ary rehefa hitan'i Ma'amoun fa tsy nisy teo amin'ireo olona izay nandrasany, fa vao maika nitombo ny fitiavan'ireo olona an'Imamo ary naka toerana lehibe tao am-pon'ny olona Imamo, dia niezaka nisintona ireo mpahay finoana i Ma'amoun, izany no nataony satria izy mbola nanantena fa hihena ny toeran'Imamo manoloana ireo manampahaizana maneran-tany sy ny mba hanapahin'iray amin'izy ireo ny fifandraisany amin'Imamo, ary noho izy ireo dia hihena ny lazany eo anivon'ireo sarabambem-bahoaka, kanefa ilay raharaha tsy araka izay nantenainy no nizorany, fa vao maika resy lahatra izy ireo sy nanamafy fa tena ambony sy manam-boninahitra tokoa Imamo (as).

***<u>Fanontaniana n° 330 :</u>***

Nanao ahoana ny namonoan'i Ma'amoun an'Imamo REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Maro ireo riwayat izay milaza ny momba ny namonoan'i Ma'amoun an'Imamo REZA (as), ka eto isika dia hitanisa ampahany amin'izy ireo :

Araka ny tatitra izay nataon'ibn Babowei sy Sheik Mofid avy amin'ny loharano maro samihafa, izay miverina amin'i Ali IBNI AL-Houssein ilay mpanoratra: tena marina fa Imamo REZA (as) dia voan'ny tazo mahery indray andro, ka noho izany nanapa-kevitra izy hamonjy dokotera izay mahay manala rà maloto, nefa talohan'izay i Ma'amoun dia efa namela hafatra ny iray amin'ireo andevony mba hanalava ny hohony, araka ny tatitra izay nataon'i Sheik Mofid (ra) dia i Abdoullahi ibni Bashir io olona io, ary nahazo baiko ihany koa izy mba tsy hiteny ny momba izany na

amin'iza na amin'iza, ary rehefa fantatr'i Ma'amoun fa handeha hamonjy ilay dokotera mpanadio lio Imamo, dia naka poizina izy ka nataony tamin'ny voamadiro (tamri hindi) ary dia nomeny an'ilay andevony izany, ary hoy izy tamin'ity andevony ity : "poteho amin'ny tananao ity", dia nataony izany, ary hoy indray i Ma'amoun tamin'ilay andevony : "***andao hiaraka amiko, ary aza sasana ny tananao***", dia nitaingina ny soavaliny izy roa ka nandeha nankany amin'Imamo, ary rehefa tonga tao dia nipetraka ary ilay dokotera manoloana azy ireo, amin'ny riwayat hafa, i Ma'amoun tsy tonga dia niantso ilay dokotera fa nohatarainy ny fitsaboany ka nalefany aloha Imamo.

Ary hoy i Ma'amoun tamin'ilay andevony : mandehana maka amin'iry ampongaben-danitra iry, ary ilay ampongaben-danitra dia teo amin'ny zaridainan'ny tranon'Imamo, dia notangosany ilay izy, ary hoy indray izy tamin'ilay andevony : "***mipetraha ary voahasy ilay izy***", dia nahavoavaofy iray kaopy tamin'izany izy, ary hoy indray i Ma'amoun tamin'Imamo : mba mihinana kely amin'ity (fa izy ity tena tsara hoan'io aretinao io), ary hoy Imamo taminy: amin'izay mba mivoaka amiroul mouminina (lehiben'ireo mpino), ary hoy Ma'amoun namaly azy : mba hifantako amin'ny Tompo Allah fa tsy izany mihitsy ka, tsy maintsy eto aho hanatrika, ary raha tsy natahotra an'ilay vavoniko dia mba nihinana aminy kely ihany koa niaraka taminao, dia nihinana sotro maromaro Imamo, dia nivoaka i Ma'amoun.

Niteny ilay mpitantara nanao hoe : mbola tsy tonga ny fanaovana soalat Asr (fokan'andro), dia efa tsy tafapetraka amin'ny toerana iray Imamo ka tokony ho indimampolo nifindra toerana izy tamin'izany fotoana izany (***ary efa nitsadatsaka ny tsinain'Imamo vokatr'ilay poizina mahafaty izay nomena azy***), ary dia nitodika tany aminy i Ma'amoun ary hoy izy taminy: efa fantako fa noho ilay (**fisdo**) famoahana rà avy amin'ny tongotra, tsy haharitra izy, ary tamin'ny alin'iny dia vao maika nitombo ilay aretin'Imamo, ary tonga ny maraina ary Imamo efa maty tamin'izay fotoana izay, ary ny zavatra izay nolazainy farany dia ity : (**koa lazao azy ireo fa na dia tany an-tranonareo avy aza ianareo,**

**dia tsy maintsy namonjy ny toerana voatondro hahafatesany avy ireo izay voasoratra ho voavono tamin'izao raharaha izao, eny fa na dia any am-pandriana azy izy ireo)** ary hoy indray izy : **(lalàna tsy azo ihoarana ny didin'Andriamanitra)**

Vao maraina be ny ampitson'iny dia tonga teo i Ma'amoun ka dia nanome baiko ny amin'ny fanasana sy famonosany ny vatamasin'Imamo, ary dia nandeha nanaraka avy ao aorian'ilay faty izy tamin'ny fandevenana, ary tsy nanao kiraro akory izy tamin'izay fotoana izay, sady niteny izy nanao hoe : ô ry rahalahiko, tena hizarazara ny finoana islamo noho ny fahalasananao, resin'ny lahatro ny lahatrao.

***<u>Fanontaniana n° 331 :</u>***

> Isika samy miara-mahalala fa tsy azo ataon'ny olona tsy ma'asoum ny manasa ny fatin'ireo olona ma'asoum na mandevina aza indrindra fa ny manangana soalat ho azy ireo, ary ahoana ary ny momba izany nefa Imamo JAWAD (as) tamin'ny fotoana nahafatesan-drainy dia tany Madinat, ary ny rainy tany Khorasan?

***<u>Valiny :</u>***

> ➔ Eny, tena marina tokoa izany, fa ny tena marina dia Imamo JAWAD (as) no nanasa sy nandevina an-drainy ary nanao soalat taminy tamin'ny alalan'ny fahagagana..

Niteny i Said ibn Twaous tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (Al-Iqbal), izay teny nindraminy tamin'i Homeiri izay avy tamin'ilay itokisana sy ilay be voninahitra dia tsy iza izany fa i Moamar ibni Kholad, nilaza ity farany nanao hoe : niteny tamiko i ABOU JA'AFAR (as) nanao hoe : "ô ry Moamar, mitaingena ianao", ary hoy aho taminy: "***ho aiza kay isika*** ?", ary hoy Imamo tamiko : ***"mitaingena ianao rehefa ampitaingeniko"***, ary hoy i Moamar : dia nitaingina aho, dia tonga tamin'ny lohasaha iray izahay, na koa lemaka dia hoy Imamo tamiko: mijanona eto ianao, dia nijanona aho, rehefa avy teo dia tonga teo amiko izy, dia hoy aho taminy : ***"ô ry Imamo, avy taiza kay anao***

***io?”,*** ary hoy izy : ***“nandevina an-draiko aho tao anatin’izay adiny iray izay, ary izany dia tany Khorasan”.***

Araka ny riwayat’i Abi Swilt, rehefa avy nanasa ny vatamangatsiakan-drainy Imamo(as), sy namono azy lamba ary nanosotra zava-manitra azy niaraka nanao soalat taminy, dia nataony tao anaty vata-paty izy ary natsotrany ireo tongony roa, ary nanao soalat raka’at roa ho azy izy, mbola tsy niala teo aza Imamo JAWAD (as) dia niainga ambony ilay vatapaty, nitresaka ilay tafontrano, nivoaka avy tao ilay vatapaty, ary dia nanjavona.

Ary hoy Abou swilt tamin’Imamo : ô ry zafin’ny Mpaminany !, afaka adiny iray dia ho tonga amintsika eto i Ma’amoun, ka raha manontany an’i REZA (as) izy dia inona hataontsika?, ary hoy Imamo tamiko : “**mangina ianao, fa izy dia mbola hiverina ry Aba Swilt, tsy mbola nisy tamin’ireo naby maty tany atsinanana ary tsy mbola tamin’ireo wasy maty tany andrefana raha tsy tambatr’ny Tompo Allah ny fanahy sy ny vatan’izy roa ireo**”, mbola tsy tapitra ny resaka dia nivoha indray ilay tafontrano, ka nidina avy eo ilay vatapaty, nitsangana Imamo naka ny vatamangatsikan’Imamo REZA (as) avy tao anaty vatapaty, ary napetrany teo amin’ilay toerany toa tsy mbola nosasaina sy tsy nofonosana…..

***<u>Fanontaniana n° 332 :</u>***

Oviana no nandao izao tontolo izao Imamo REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Vola safari taona 203 hijri no malaza amin’ny tantara fa nahafatesan’Imamo, ary 55 taona izy tamin’izay fotoana izay, nefa tsara ho marihina fa misy tsy fitovian-kevitra eo amin’ny famaritana ny andro nahafatesany, i ibn Asir sy i Twabarsi ary olona maro ankoatra azy roa ireo dia milaza fa Imamo dia maty tamin’ny faran’ny volana safari, ary misy ampahany hafa koa milaza fa Imamo dia maty tamin’ny faran’ny efatra ambin’ny folo 14 ny volana safari, fa ny

araka ny tatitra izay azo avy tamin'i Kaf'ami, Imamo dia maty tamin'ny faha fito ambin'ny folo 17 ny volana safari, nefa kosa ilay tompon'ny boky izay mitondra ny lohateny hoe : (ADAD), sy ilay tompon'ny boky mitondra ny lohateny hoe: (MASAR SHIAT) dia samy niteny izy ireo fa Imamo dia maty tamin'ny fahatelo amby roapolon'ny volana Zil Qa'ad, ary io ilay andro izay fampirisihina ny olona hanao zyarat hoazy na lavitra izany na akaiky.

***<u>Fanontaniana n° 333 :</u>***

Iza avy ireo zanak'Imamo Ali IBNI MOUSSA REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tena marina fa ireo manampahaizana momba ny islamo dia tsy mba nilaza na nitanisa ny zanak'Imamo REZA (as) ankoatra an'Imamo MOUHAMMAD TAQI (as), ary misy amin'izy ireo ihany koa ny milaza fa izy irery ihany no zanak'Imamo, ary hoy i ibn Shahr Ashoub : Imamo REZA (as) dia tsy nanan-janaka ankoatra an'i ABOU JA'AFAR MOUHAMMAD IBNI Ali JAWAD.

Nefa i Allamat al-Majlisi nitatitra tao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : (BIHAR AL-ANOWAR), izay teny nalainy avy tamin'ny (KORB ISNAD), niteny i Bazantini tamin'Imamo REZA (as) nanao hoe : "efa taona maro izay no nanontaniako i khalifat na mpandimby handimby anao, ary ianao niteny fa ilay zanakao, nefa ianao tamin'izay fotoana izay mbola tsy nanan-janaka, amin'izao fotoana izao ianao nomen'i tompo Allah zanaka roa, ka aiza amin'izy roa ireo no ho Khalifat ho anao (mpandimby anao) ?....

Niteny ihany koa i Allamat Majlisi mbola tao amin'ny (bihar al-awar) ihany, izay voalaza fa nalainy tao anatin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe (OYOUNO AKHBAR REZA), ka izany dia milazalaza amin'ny ankapobeny fa toa nanana zanaka vavy Imamo REZA (as) ary ny anarany dia i Fatwimat, ary izy dia volaza fa nitatitra hadith avy amin-drainy, ary izy io dia vadin'i Mouhammad ibn Ja'afar ibni al-Kasim ibni Issac ibni Abdoullah ibni Ja'afar ibni abi Twalib….

***Fanontaniana n° 334 :***

Moa ve afaka mitanisa ireo kintana (sangany) tamin'ireo mpanaradia an'Imamo REZA (as) ianao ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena maro ireo kitana tamin'ireo mpanaradia an'Imamo, ka hitanisa ampahany amin'izany isika :

1. Ilay mpanao tononkalo tsy manam-paharoa, dia tsy iza izany **fa i Do'nbal ibni Ali Khazaii.**
2. **Al-Hassan ibni Ali ibni Zyad al-Washa al-Bajali al-Kofi.**
3. **Al-Hassan ibni Ali ibni Fodwal ibni Taimouli al-kofi izay antsoina hoe Abou Mouhammad.**
4. **Al-Hassan ibni Mahboub Sarrad, ary misy miantso azy ihany koa manao hoe: Zorrad Abou Ali al-Bajali al-Kofi.**
5. **Zakariat Adam ibni Abdoullah ibni Sa'ad al-Ash'ari al-qumi.**
6. **Swafowan ibni Yahya Abou Mouhammad al-Bajali al-Kofi Baya Sabiri.**
7. **Mouhammad ibni Ismael ibni Bazii Abou Ja'afar maola al-mansour Abbassi.**
8. **Nasro ibni Qabous.**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 319 11/01/2021 16:26:12

## IMAMO MOUHAMMAD JAWAD (AS)

***Fanontaniana n° 335 :***

Iza marina kay Imamo MOUHAMMAD JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ izy dia i Mouhammad IBNI Ali IBNI MOUSSA IBNI JA'AFAR IBNI MOHAMMAD IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as).

***Fanontaniana n° 336 :***

Oviana no teraka Imamo JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ misy tsy fitoviam-pijery ny amin'ny vanim-potoana izay nahaterahan'Imamo, malaza eo amin'ireo manampahaizana sy olon-dehibe fa Imamo dia teraka tamin'ny sivy ambin'ny folon'ny volana Ramadani, na antsasak'io volana volaza io, tamin'ny taona 295 hijri tao Madinat, nilaza ihany koa i ibn Abbas fa Imamo dia teraka tamin'ny fahafolon'ny volana Rajab, ary manamafy izany teniny izay ilay dua milaza manao hoe : "***tompô ! Mangataka aminao aho amin'ny alalan'ireo roa izay teraka tamin'ny volana Rajab, izany hoe i Mouhammad ibni Ali faharoa sy ilay zanany Ali ibni Mouhammad ilay madio fiaviana***".

***Fanontaniana n° 337 :***

Iza ireo anarana fiantsoana (Koniat) an'Imamo JAWAD (as) ary iza avy ireo anaram-bositra izay nentiny ?

***Valiny :***

➔ Fantatsika fa ny anarana masin'Imamo dia i Mouhammad, ary ny anarana fiantsoana azy tena nalaza dia i ABOU JA'AFAR, ary ireto avy ireo anaram-bositra izay nentiny :



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 320 11/01/2021 16:26:12

- TAKI.
- JAWAD.
- MOUKHTAR.
- MOUNTAJAB.
- MORTADWA.
- KANIE.
- Ary i ALIMO.

Nisy miteny fa mbola misy ankoatra an'ireo voalaza etsy ambony ireo.

***Fanontaniana n° 338 :***

Fa maninona no nampitondraina ilay anaram-bositra hoe "TAKI" Imamo JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ Niteny i Sheik Swadoq (ra) nanao hoe : nantsoina hoe TAKI i Mouhammad IBNI Ali faharoa satria noho izy tena nanana fahatahorana an'Andriamanitra ilay avo indrindra, ary dia narovany izy tamin'ireo fikiriana sy fikasan-dratsy izay nataon'i Ma'amoun azy, indrindra fa tamin'izy izay niditra tao amin'ny alina maizikintroka iray izay, nokapohiny tamin'ny sabatrany Imamo, ka tamin'izay fotoana izay dia nihevitra izy fa efa maty Imamo tamin'io fotoana io, nefa narovan'ny Tompo Allah izy tamin'izay.

***Fanontaniana n° 339 :***

Iza no renin'Imamo MOUHAMMAD IBNI Ali JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny reniny dia i Oumou walad izay antsoina hoe SABIKAT, ary rehefa taty aoriana dia nomen'Imamo REZA (as) anarana hoe: "KHIZRAN", ary dia avy tamin'ny taranaka NUBAI, izay avy

amin'ny fianakavian'i MARIAT QIBTWIAT renin'i IBRAHIM zanak'ny Mpaminany (sw), ary izy io dia nanana voninahitra ambony tamin'ny vanim-potoany, ary efa niteny mahakasika azy i Rassoulillah (sw) tamin'ilay teniny milaza manao hoe : **"ifantako amin-drain'Ilay zanaky ny fahasoavana, dia iza izany fa Imamo izay avy amin'ny taranak'ireo Mpaminany ilay tsara indrindra"**.

***<u>Fanontaniana n° 340 :</u>***

Nanao ahoana ny niterahana an'Imamo MOUHAMMAD JAWAD (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Maro ireo riwayat izay milazalaza ny fomba niterahan'Imamo, fa eto isika hijery izay voalazan'i Allamat Majlisi (ra) ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (JALA'O AL-OYOUN) ny momba izany, ny tena marina fa i ibn Shahr Ashoub no nanao tatitra izay azo avy amin'ny loharano itokisana, izay avy amin'i Hakimat Binto Abi al-Hassan MOUSSA IBNI JA'AFAR (as), ary hoy ity farany : rehefa tonga ny fotoana izay hiterahan'i Khizran renin'i Abi JA'AFAR (as), dia niantso ahy i REZA (as), hoy izy tamiko : ***"ô ry Hakimat!, avia ianao hanatrika ny fiteraham-badiko",*** ary dia nampidiriny an-trano aho sy Khizran ary ilay renin-jaza, rehefa tafiditra izahay dia nasiany jiro tao aminay dia nivoaka izy sady nakatony ilay varavarana tao aoriany, fa rehefa nanomboka ny rarin'ny kibony dia maty ilay jiro ary tamin'izay fotoana izay dia teo anoloany nisy tavibe, ka dia niaritra tao anatin'ny haizina aho noho ny fahafatesan'ilay jiro, ary ohatra izay foana ny niainanay mandra-pilatsahan'i ABOU JA'AFAR (as) tao anaty tavibe, ary rehefa teo dia nisy zavatra manify teo aminy miendrika lamba ilay izy, nisy hazavana anefa nivoaka tamin'io zavatra io dia lasa nazava toa misy jiro ilay trano noho izany, dia nojerenay izy, ka dia noraisiny ilay zazakeky ka napetrako teo amin'ny fen-dreniny, ary dia nesorin-dreniny ilay zavatra manify teo aminy, rehefa teo dia tonga indray i REZA (as), ary nanokatra



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 322 11/01/2021 16:26:13

ilay varavarana, ary hitany izahay efa afa manintsinintsy amin'ilay raharaha, dia noraisiny ilay zazakely ka napetrany tao anatin'ny fandriana kely voatokana ho azy, ary hoy indray izy tamiko : "***ô ry Hakimat, tandrovy tsara ilay fandriany***".

Ary hoy i Hakimat : rehefa tonga ny andro fahatelo taorian'ny nahaterahany, dia niandrandra izy ary nojereny ny lanitra, ary nijery ny ankavanany izy ary toraka izany koa ny ankaviany, ary hoy : ***"ASH'HADOU AN-LAILLAHA ILALLAH WA ASH'HADOU ANA MOUHAMMADAN Rassoulillah)*** izay azo adika hoe : **mijoro vavolombelona aho fa tsy misy tompo ankoatra an'ny Tompo Allah, ary mijoro vavolombelona ihany fa i Mouhammad dia irany*";*** nitsangana aho satria natahotra sy nangorohoro, ka nankany amin'i ABA AL-Hassan (as) ary izaho taminy : "izaho dia haneno zavatra tena mahagaga avy tamin'ity zazakely ity", ary hoy izy tamiko : "inona izany ?", ary dia nambarako ilay zavatra nitranga, fa hoy izy tamin'izay fotoana izay : "ô ry Hakimat !, mbola tsy hitanao fa mbola maro ny fahagagan'izy ity".

***<u>Fanontaniana n° 341 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ireo famantarana misy eo amin'ny vatana masin'Imamo MOUHAMMAD JAWAD (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Malaza eo amin'ny besinimaro fa Imamo JAWAD (as) dia nanana loko mitovy amin'ny varim-bazaha (mavomavo), amin'ny teny arabo "HINTWI LAOUN", ary misy ny miteny ihany koa fa izy dia fotsy fihodirana no antonony ny fitsanganany.

***<u>Fanontaniana n° 342 :</u>***

Inona no soratra teo amin'ny peratra izay fanaovan'Imamo JAWAD (s) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 323 11/01/2021 16:26:13

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny soratra teo amin'ny peratra izay fanaovan'Imamo dia : **"NIAM, AL-KADIR Allah"** izay midika hoe : "***eny, ny Tompo Allah no mpahefa***".

***<u>Fanontaniana n° 343 :</u>***

Isaky ny oviana no manao ilay fiderany (tasbih) Imamo JAWAD (as),ary inona ilay izy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Isaky ny faharoa ambin'ny folo sy ny fahatelo ambin'ny folon'ny volana izy no manao ilay tasbihiny, ary toy izao manaraka izao ilay izy***: (SOBHANA MAN LA YATADI ALA MAMLAKATIHI, SOBHANA MAN LA YOUKHAZO AHLOL- ARDHIHI BIALOWANIL AZAB, SOBHAN Allah WA BIHAMDIHI)*** izay midika toy izay amin'ny teny gasy : **(Dera sy voninahitra anie hoan'izay tsy mandringana ireo mponina ao amin'ny fanjakany, ary dera sy voninahitra ihany koa ho an'izay tsy manavaka ireo mponin'izao tontolo izao amin'ny alalan'ireo lokon'ny fahotany**).

***<u>Fanontaniana n° 344 :</u>***

Maro ireo voninahitra izay nananan'Imamo JAWAD (as), anisan'izany ny filazany mialoha ireo zavatra izay tsy hita maso mety handalo, ka moa ve ianao afaka mitantara iray amin'ireo tantaran'Imamo mahakasika izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, afaka mitantara izany isika, ary anisan'izany ilay voalazan'i Twabari avy tamin'i Salmagani izay nilaza nanao hoe : tamin'ny taona izay nandehanan'ireo olona nankany amin'i ABI JA'AFAR (as) dia nandeha nanao fivahinianana masina ihany koa Issac ibni Ismael, ary Issac tamin'izay fotoana izany : nanomanako taratasy izay misy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 324 11/01/2021 16:26:13

fanontaniana folo izay hanontaniako azy izy, ary tamin'izay fotoana izay dia bevohoka ny vadiko, ary hoy aho tamin'ny tenako : "rehefa avy namaly ireto fanontaniako ireto izy dia hiangaviako ihany koa mba hangataka amin'i Allah mba ho lehilahy ilay zanako ao an-kibo ao io", ary rehefa avy nanontany azy avokoa ireo vahoaka teo, dia nitsangana aho mba hanontany azy ary tamin'izay fotoana izay eo amiko ilay taratasy misy ireo fanontaniako, ary rehefa nijery ahy izy, dia hoy izy tamiko : "ô ry Aba Yacoub !, ataovo Ahmad ny anarany", ary rehefa teraka ny zanako dia nantsoiko hoe Ahmad, ary niaina nandritra fotoana vitsivitsy izy ary dia maty taorian'izay.

***<u>Fanontaniana n° 345 :</u>***

Moa ve ianao afaka mitondra tantara iray izay milaza ny haavon'ny fahalalan'Imamo JAWAD (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, afaka manao izany isika, ary anisan'ny tantara mahakasika izany ity no taterin'i Sheik Koleini (ra) ity, sy ireo ankoatra azy izay avy tamin'i Ali ibni Ibrahim, avy tamin-drainy, hoy izy: nangataka fahazoan-dalana tamin'Imamo ireo vahoaka avy any Nawahi, ka dia nomen'Imamo alalana ny izy ireo mba hanontany azy, ka dia nametraka fanontaniana miisa telo alina izy ireo tamin'io fotoana iray io ihany, nefa dia novalian'Imamo avokoa, ary izy tamin'izay fotoana izay dia mbola folo 10 taona monja.

Mety ny mpamaky hametraka fanontaniana manao hoe: fa fanontaniana avy aiza avokoa ireo izany rehetra izany?, ary mba firy ny fotoana lany tamin'izany izay vao vita?, ny valin'ilay fanontaniana izay nanontaniana dia mety ho eny na tsia ihany, na ny valin'ny fanontaniana ny olona iray efa tao anatin'ny valin'ireo sasany, na koa mety efa fantatr'Imamo mialoha ihany koa ny fanontanian'izy ireo alohan'ny hametran'izy ireo azy ka dia valiany avy hatrany, tahaka izay volazan'iray tamin'izy ireo izay niteny tamin'Imamo nanao hoe : azafady ry Imamo, nefa niteny

Imamo nanao hoe : “***aza tapahina***”, rehefa nanontaniana Imamo momba izany, izany hoe momba ilay teniny hoe ***aza tapahina*** iny, dia hoy izy: iny olona mpiantsambo eny ambony sambo iry dia mila mametraka fanontaniana momba ny ***soalany (izany ahoana ny fomba hivavahany)***, izay nilaza nanao hoe: moa ve aho hanao soalat feno sy soalat tapaka ?, ka izay no antony nitenenako hoe : ***aza tapahina***.

Maro ireo fanazavana izay nentin’i Majlisi (ra) andresena lahatra ireo izay tsy mino ny fahamarinan’ilay hadith izay voalaza etsy ambony, nefa moa tsy manam-potoana firy hitanisana izany, fa aza hadinoina fa Andriamanitra dia mahay ny zava-drehetra.

***<u>Fanontaniana n° 346 :</u>***

Firy taona Imamo JAWAD (as) tamin’izy nandray ny fitondrana ny maha Imamo taorian-drainy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalazan’ireo mpitantara dia fito 7 taona Imamo tamin’izy nandimby an-drainy tamin’ny maha Imamo.

***<u>Fanontaniana n° 347 :</u>***

Inona no nataon’i Ma’amoun taorian’ny nahafatesan’Imamo REZA (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Rehefa nindaosin’ny fahafatesana Imamo REZA (as) dia nantsoin’i Ma’amoun avy any Madinat mba hankany Bagdad Imamo JAWAD (as) ary rehefa tonga tany dia nasainy nanambady ny zanany vavy izay antsoina hoe Oumou al-Fadlo.

***<u>Fanontaniana n° 348 :</u>***

Inona no zavatra nataon’i Ma’amoun tamin’ny alina izay nampanambadiany an’Imamo JAWAD (as) an’i Oumou al-Fadlo?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 326 11/01/2021 16:26:13

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay natan'i ibn Shahr Ashoub sy ireo izay ankoatra azy avy tamin'i Mouhammad ibni Ryan izay nilaza nanao hoe: nanao izay tratrany i Ma'amoun nampiasa ireo fika sy fandrika rehetra izay nisy teo aminy mba hamadihany an'Imamo hirona mankany amin'ny fitiavana ny fiainan'izao tontolo izao, indrindra fa ny fanaovana fahotana amin'ny endriny maro samihafa, nefa dia reraka foana izy tsy nahavita na inona na inona, rehefa tonga ny fotoana izay hanaovana ilay fifamatoram-panambadiana, dia nandefa vehivavy zato mpilatro sy mpandihy i Ma'amoun izay tsy misy tsara mihoatra azy ireo izay samy nofenoiny firavaka volamena avokoa, ka dia nilatro sy nandihy teo anoloan'Imamo izy ireo, ary Imamo tamin'izay fotoana izay dia nipetraka teo amin'ilay toeran'ny mpanambady, nefa Imamo tsy mba nitodika na nijery azy ireo mihitsy tamin'izay fotoana izay.

Tamin'izay fotoana izany ihany dia nisy olona iray izay antsoina hoe : (Mokhariq teo an-toerana, izy io dia manana feo tsara ary mpitendry valiha tena havanana, ary lava volam-bava be ihany koa izy, dia niantso azy i Ma'amoun, ary hoy izy tamin'Imamo : "ô ry Amiroul Mouminina !, raha ohatra ianao mila zavatra iray amin'ireo raharahan'izao tontolo izao dia aza misalasala fa hataoko ho anao izany", dia nipetraka teo akaikin'i ABI JA'AFAR (as) izy, rehefa avy teo, dia namoaka feo avo tena avo i Mokhariq izay raha atambatra ny feon'ireo olona teo an-toerana izay vao mitovy aminy, dia nanomboka nitendry ilay valihany izy no sady nihira, ary tsy nitsahatra izy tamin'izany raha tsy afaka adiny iray, nefa tsy mba nitodika any aminy na indray mandeha aza i ABOU JA'AFAR (as), ary tsy mba nitodika na miankavanana na miankavia nandritra izay, ary rehefa avy dia niandrandra tamin'ny lanitra Imamo, ary hoy izy: "mba matahora an'Andriamanitra ianao ô ry ilay misy zavatra roa toa ny osy eo amin'ny tendany ity".

Niteny ilay mpitantara fa vao naheno izay tenin'Imamo izany i Mokhariq



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 327 11/01/2021 16:26:13

dia latsaka avy eny amin'ny tanany ilay fitendrena valiha sy ilay valiha, ka nanomboka teo tsy afaka nampiasa ireo tanany izy mandrapahafatiny, rehefa nanontany azy mahakasika ny zava-nandalo i Ma'amoun dia hoy izy : "rehefa nobedesin'i ABOU JA'AFAR (as) aho dia natahotra sy nangorohoro aho , izay tsy mbola nandalo teo amin'ny fiainako mihitsy hatramin'izay".

***Fanontaniana n° 349 :***

Taorian'ny nijanonan'Imamo tany Bagdad, nanao ahoana ny fiarahany tamin'i Ma'amoun nandritra izany fotoana izany ary ny fiantombohan'ny fandraisan'i Motaswim ny fitondrana ?

***Valiny :***

➔ Tsara ho marihina fa i Motaswim dia nandray ny fitondrana tamin'ny faha 27 ny volana rajab taona 218hijri, ary ny efa iarahana mahalala ny zava-nandalo nandritra ny vanim-potoana izay niarahan'Imamo tamin'ny Ma'amou.

***Fanontaniana n° 350 :***

Araka ny voalaza, Imamo JAWAD (as) dia nikasa ny hitodi-doha mankany Madinat, nefa iza ary ilay olona nanery azy hifindra mankany Bagdad ka dia maty tany ny niafaran'Imamo ?

***Valiny :***

➔ Mbola tsy tonga tany Madinat Imamo dia efa nomen'i Motaswim baiko fa tsy maintsy mankany Bagdad, ary izany dia tamin'ny voalohan'ny taona 225hijri, ary nipetraka tany Imamo ka dia maty tany ihany.

***Fanontaniana n° 351 :***

Fa inona no antony nanerin' i Motaswim an'Imamo JAWAD (as) hankany Bagdad ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 328 11/01/2021 16:26:13

***Valiny :***

➔ Ny tena marina i Motaswim dia nahay sy nahafantatra ny lazan'Imamo indrindra fa ny voninahiny, ary henony matetika ny momba izany, ka niteraka fialonana tao am-pony ny fahenoana izany, mitombo isan'andro anefa izany ka dia nanapa-kevitra izy hanao izay hanalaviran'Imamo azy, ary rehefa nanapa-kevitra tamin'izany izy dia nalefany tany Bagdad Imamo.

***Fanontaniana n° 352 :***

Inona no nataon'Imamo JAWAD (as) taorian'ny nahenoany an'ilay fanapahankevitr'i Motaswim ?

***Valiny :***

➔ Dia hoy aho hoe, rehefa hitodi-doha mankany bagdad izy sy ny vadiny Oumou al-Fadlo, dia namela wasyat na hafatra teo imason'ireo lehiben'ireo mpanara-dia azy sy ireo izay azo itokisana tamin'ireo shiany fa Imamo Ali NAQI (as) no Imamo handimby azy, ka dia nanao taratasy mba ho fanamarinana izany izy, ka dia nomeny an-janany ireo bokiny sy ireo fitaovam-piadiany ary ireo zavatra famantarana manokana ho azy ireo izay avy tamin'i Rassoulillah (sw), io fanapahankevitra izay noraisin'Imamo dia efa voasoratra tamin'ny boky tany aloha tany izay nomeny an-janany, dia nanao veloma an-janany izy, ka dia nandao azy tamin'ny fo feno alahelo tokoa ary nitodi-doha nankany Bagdad.

***Fanontaniana n° 353 :***

Oviana no niditra tao Bagdad Imamo JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ Niditra an'i Bagdad Imamo tamin'ny andro faha 28 ny volana Mouharam taona 220 hijri.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 329 11/01/2021 16:26:13

***Fanontaniana n° 354 :***

Moa ve nisy hetsika izay nataon'i Motaswim mba hoentiny hampijaliana an'Imamo JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena nisy tokoa, ary anisan'izany hetsika izany ity voalazan'ity riwayat manaraka ity :

☐ Araka ny voalazan'i Qatb Rawandi, i Motaswim dia niantso vondron'olona avy tamin'ireo minisitrany, ary hoy izy tamin'izy ireo, andao ianareo hijoro vavolombelona vandy ho any mba handetika an'i Mouhammad IBN Ali IBNI MOUSSA, ary soratanareo hoe fa izy mila mivoaka hanongana ahy, ka dia niantso an'Imamo izy, ahy izy taminy : ***"ianao mila manongana ahy*** ?", dia hoy Imamo taminy: ***"mba hifantako amin'Andriamanitra fa izaho tsy mba nanao izany velively",*** ary hoy indray izy : ***"i ranona sy ranona dia nijoro vavolombelona fa nanao izany ianao",*** ka dia nantsoina ireo olona izay voalazany fa nijoro vavolombela fa Imamo dia nikasa ny hanongana azy izany, ary nanontaniana ny momba izany dia hoy izy ireo : "***eny, marina tokoa izany, ary ireto boky izay nalainay tamin'ireo mpanampinao dia porofo manamarina izany***"!!.

☐ Niteny ilay mpitantara fa Imamo tamin'izay fotoana izay dia nipetraka teo amin'ilay toerana fanandraisam-bahiny, ka rehefa avy niheno izany fijoroana vavolombelona sandoka izany izy dia nampiakatra ny tanany ka niteny nanao hoe : " ***tompô!, raha ohatra izy ireo mandainga amin'io fijoroan'izy ireo vavolambelona ny momba io dia sazio***", ary hoy indray ilay mpitantara: rehefa nojerenay ilay toerana fandraisam-bahiny dia hitanay nangozohozo niala teo amin'ny toerany ary miverina eo indray, ary izay rehetra nitranga taminay dia lavo avokoa, ary hoy i Motaswim tamin'Imamo : "***ô ry zafin'ny Mpaminany!, mifona aminao aho amin'izay zavatra noteneniko taminao teo reny, azafady mba angataho ilay tomponao mba hampitsahatra ity fihozongozonan'ity trano ity izao***", dia hoy Imamo : "tompô ! Ianao tena mahalala fa fahavalonao izy ireo, ary mahalala ihany koa fa fahavaloko izy ireo, ka mba hatsaharo amin'izay ilay izy".



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 330 11/01/2021 16:26:13

***Fanontaniana n° 355 :***

Maro ireo teny izay avy tamin'Imamo JAWAD (as) izay milaza mahakasika ireo fitsarany sy anatra izay nataony, ka moa ve ianao afaka milaza ny ampahany amin'izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitanisa ny ampahany amin'izany isika :

1. Niteny Imamo JAWAD (as) nanao hoe : "*ny fahatokisana an'ny Tompo Allah dia mitovy amin'ny tombam-bidin'ireo zavatra rehetra lafo vidy, ary tohatra ho an'izay rehetra mila miakatra amin'ny toerana ambony*".

2. Ary indray izy (as) : ***"voninahitry ny mpino ny tsy fangatahany amin'ny hafa na ny tsy fiandrandrany ny hafa".***

3. Ary hoy indray Imamo (as) : ***"aoka ianao tsy ho mpanaradia sy mpankato an'ny Tompo Allah eo anivon'ny besinimaro nefa fahavalony rehefa any amin'ny toerana mangingina"***.

4. Niteny ihany Imamo (as) nanao hoe : ***"izay nanampy sy nanohana ny rahalahiny ara-pinoana sy nanala azy amin'ny sarotra dia efa tahaka ny nanomana trano ho an'ny tenany ao amin'ny paradisa".***

5. Ary farany, niteny Imamo (as) nanao hoe : "***ampy ho an'ny olona mpivadi-pitokisana izany asany izany ka aoka ianao tsy hanaparitaka izany any amin'ny hafa ka hahatonga ny sasany hanaparitaka izany haratsiany izany***".

***Fanontaniana n° 356 :***

Mao ve afaka mahalala ny momba ny nahafatesan'Imamo JAWAD (as) isika ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 331 11/01/2021 16:26:14

***Valiny :***

➔ Malaza fa ilay vadiny Oumou al-Fadlo zanak'i Ma'amoun ihany no nanapoizina an'Imamo JAWAD (as), izany no nataony noho ny fampirisihana izay nataon'ilay dadatoany dia tsy iza izany fa i Motaswim, ary ny anton'izany dia noho ny fitiavany be loatra an'ny vadiny mihoatra ireo vehivavy sy andevo ankoatra azy, nefa tsy dia nomen'Imamo lanja loatra izany fa ny fitiavan'ilay renin'i Ali (as) zanany no nahasarika an'Imamo kokoa, ary i Oumou al-Fadlo dia nahavita nitaraina tamin-drainy ny mikasika izany fony fahavelony, nefa moa i Ma'amoun tsy mba nijery izany fitarainany izany ary tsy niraharaha, satria ny politikany tamin'izay fotoana izay dia ny hanakaiky an'Imamo REZA (as) bebe kokoa, ary niezaka izy ny amin'ny mba tsy hampisy fifanoherana eo aminy sy ny fianakavian'Imamo, raha atao bango tokana ny momba izany dia toy izao manaraka izao : araka ny hita ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (OUYOUNOL MOJIZAT), rehefa nitsangana i Motaswim tamin'ny famerezan-dalana any Oumou al-Fadlo ny amin'Imamo, dia nilaza izy fa hopoizininy Imamo, ka dia nekeny izany, ka dia naka poizina izy ka natao tamin'ny voaloboka avy any Razaky ka dia narosony teo amin'ny vadiny, ary rehefa nihinana tamin'izany Imamo dia nanenina izy, ka nigogogo nitomany, ary hoy Imamo taminy : "***fa inona no antony mampitomany anao*** ?", mba hifantako amin'Andriamanitra, izy anie hanao anao tsy misy taranaka izay tsy hisy fanafana, ary handatsaka loza aminao izay tsy hisy hahasakana", ary izy dia maty vokatry ny fahatampenan' ny lalan-drà teo amin'ny ratra izay nahazo azy, ka dia lasa NASSOUR (tampina ny zavatra ao anatiny) izy, lany nitsaboana izany avokoa ireo harenany sy izay rehetra teo am-pelantanany, ka noho izany dia tsy afaka nanao firaisana ara-nofo intsony izy, tena marina fa ilay fahatampenana dia tao amin'ny fivaviany.

Niteny manakaiky an'izany ihany koa i Mas'oud tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (ISBATOUL WASYAT), nefa niteny ihany koa izy nanao hoe : tena marina fa i Motaswim sy i Ja'afar ibni Ma'amoun no



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 332 11/01/2021 16:26:14

nitaona an'i Oumou al-Fadlo mba hamono an'Imamo (as), ary i Ja'afar ibni Ma'amoun dia maty noho ny antony fahalatsahany tao anaty vovo iray raha sendra mamo izy tamin'izay fotoana izay.

***<u>Fanontaniana n° 357 :</u>***

Aiza no milevina Imamo JAWAD (as), ary izy no nanasa sy namono lamba ary nanao soalat tamin'ny fatiny ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Taorin'ny fanasana sy famonosan-damba ny fatin'Imamo (as) dia nentina mankany amin'ny fasan'ireo Qouraish izay antsoina hoe "Kazomaini amin'izao fotoana izao" ny vatamangatsiakin'Imamo mba halevina, ka dia nalevina teo akaikin'ilay raibeny MOUSSA IBNI JA'AFAR (as) izy, ary misy ny milaza fa i Wasiko billahi no nanao soalat taminy, nefa ny tena marina dia Imamo Ali NAQI (as) dia tonga avy any Madinat izy tamin'ny alalan'ny fanafohezan-tany, ka dia noraisiny an-tanana ny fanasana sy famonosan-damba ary ny fanaovana soalat sy fandevenana an-drainy.

***<u>Fanontaniana n° 358 :</u>***

Oviana no nandao izao tontolo izao Imamo JAWAD (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Misy tsy fitoviam-pijery eo amin'ny fotoana nahafatesan'Imamo, fa ny tena malaza, Imamo dia maty tamin'ny faran'ny volana Zil kanda taona 220hijri, ary misy ny miteny ihany koa fa Imamo dia maty taminy fahenin'ny volana Zil hajj, roa taona sy tapany taorian'ny nahafatesan'i Ma'amoun, ary manamarina izany ilay tenin'Imamo milaza manao hoe : "ny fanavotana aorian'i Ma'amoun dia telopolo volana".

Milaza i Mas'oud fa Imamo (as) dia maty tamin'ny fahadimin'ny volana zil hajj taona 219 hijri, ary izy tamin'izay fotoana izay dia dimy amby roapolo taona mahery volana iray.

***Fanontaniana n° 359 :***

Iza avy ireo zanak'Imamo JAWAD (as) ?

***Valiny :***

➔ Niteny i al-Fadwil Anasabat Said Dwamin ibni shod qum al-Housseini al-Madani ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (TOHAFOUL AZHAR FI NASABIL AIMATIL ATHAR) fa miisa efatra ireo zanakalahin'Imamo :

Dia i ABOUL Hassan Imamo Ali NAQI (as), i Abou Ahmad Moussa al-Mobaqia, i Abou Ahmad al-Houssein, ary i Abou Moussa Omran, ary ireto kosa ireo zanany vavy : i Fatwimat, i Khadidja, i Oumoul Kolsoum, i Hakimat, ary ny renin'izy ireo araka ny voalaza dia i Samanat al-Magrebiat, ary amin'ny alalan'ireo zanany roa Imamo Ali NAQI (as) sy ABOU AHMAD MOUSSA ny fitohizan'ireo taranany tao aoriany.

Ary araka ny voalaza ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : "TARIKH QUMI), i Zainab sy Oumou Mouhammad ary i Maimounat dia mbola anisan'ireo zanakavavin'Imamo ihany koa, ary miteny ihany koa i Sheik Moufid (ra) ny mahakasika ireo isan'ny zanak'Imamo (as) fa i Amamat ihany koa dia anisan'ny zanany vavy.

***Fanontaniana n° 360 :***

Moa ve Imamo JAWAD (as) nanan-janaka tamin'i Oumou al-fadlo zanaka vavin'i Ma'amoun ?

***Valiny :***

➔ Tsia, Imamo tsy niteraka taminy mihitsy.

***Fanontaniana n° 361 :***

Maro be ireo mpanaradia an'Imamo JAWAD (as), ka moa ve ianao afaka mitanisa ampahany amin'izy ireo ?

***Valiny :***

➔ Eny, akafa mitanisa ampahany amin'izany isika, ary ireto avy izy ireo :

1. **Abou Ja'afar Ahmad ibni Abi Nasr izay malaza amin'ny hoe Bazanti al-Kofi.**

2. **Abou Mouhammad Al-Fadlo ibni Shazani ibni khalili al-Azdi Aneisabouri.**

3. **Abou Tamam Habib ibni Aous Atway al-imami Najashi.**

4. **Abou al-Hassan Ali ibni Mahziar al-Ahwazi Dawaraqi al-aslo.**

5. **Sikatoul islam Mouhammad ibni Abi Omair.**

6. **Mouhammad ibni Sounan Abou Ja'afar al-zahari**.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 335 11/01/2021 16:26:14

## IMAMO ABOU AL-HASSAN ALI AL-HADI (AS)

***Fanontaniana n° 362 :***

Iza marina moa Imamo Ali AL-HADI (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia ***i Ali IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI MOUSSA IBNI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB*** (as).

***Fanontaniana n° 363 :***

Oviana no teraka Imamo Ali AL-HADI (as) ary taiza izy no teraka?

***Valiny :***

➔ Ny malaza mahakasika ny fahaterahan'Imamo Ali AL-HADI (as), izy dia teraka tamin'ny faha 15 ny volana Zil hajj, taona 212hijri, tao tamin'iray amin'ireo tanàna kely manodidina an'i Madinat izay antsoina Siria, ary araka ny riwayat izay notaterin'ibn Ayash, Imamo dia teraka tamin'ny faharoan'ny volana Rajab na fahadimin'ny volana Rajab.

***Fanontaniana n° 364 :***

Iza no renin'Imamo Ali AL-HADI (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny renin'Imamo dia i SAMANAT al-Magrebiat, izay fantatra ihany koa amin'ny hoe Saidat, izy io dia anisan'ireo vehivavin'ny paradisa, ny anton'izany dia noho izy nanao fifadian-kanina mandavataona, ary tsy nisy toa azy raha amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fiezahana amin'ny fanompoana, ary araka ny hita ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe (DARO ANIZWAM), ny koniat na anaram-piantsoana nentiny dia i Oumoul Fadlo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 336 11/01/2021 16:26:14

Nitantara i Mouhammad ibni al-Farji ary Ali ibni Mehzyar avy tamin'i ABI AL-Hassan AL-HADI (as), dia hoy ity farany : "ny reniko dia tena nahalala tokoa ny voninahitro, ary izy dia anisan'ireo vehivavin'ny paradisa, tsy mba afaka nanakaiky azy mihitsy i shaitwan ilay voaroka, ary tsy voan'ireo fitapitaka sy fandripandrika izay fataon'ireo mpanohitra sy havanana tamin'izany ihany koa izy, ary izy dia nanankin-tena tamin'ilay mason'ny Tompo Allah izay tsy mba mety matory, tsy nisy fiavahana tamin'ireo renin'ireo mpanao ny marina (swidikina) sy ny olom-panao ny soa (swalihina) ireo ihany koa izy".

***Fanontaniana n° 365 :***

Iza no koniat na anarana fiantsoana sy anaram-bositra (lakabo) izay nentin'Imamo HADI (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny koniat na ny anarana fiantsoana an'Imamo HADI (as) dia :

- Abou al-Hassan (fahatelo).

Ny anaram-bositra izay nentiny tena nampalaza azy dia ireto manaraka ireto:

- Naqi.
- Al-Hadi.

Indraindray izy dia antsoina ihany koa amin'ireto anaram-bositra ireto: (Najib, Mourtadwa, al-Alimo, al-Faqih, Nasih, al-Amine, al-Motamine, Taibo, al-Motwakil), ary io lakabo na anaram-bositra farany io dia tsy dia nabaribary sady nosakanan'ireo mpanaradia azy tsy hiantsoana azy satria ilay Khalifat nitondra tamin'ny vanim-potoana io dia nitondra ny anarana Motwakil alallah.

***Fanontaniana n° 366 :***

Inona no antony niantsoana an'Imamo AL-HADI (as) hoe : "ABOU AL-Hassan fahatelo" ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Satria Imamo MOUSSA sy REZA (as) dia efa nitondra io anarana ABOU AL-Hassan io avokoa, ka noho izany dia nantsoina ABOU AL-Hassan fahatelo izy, tahaka ny niantsoana an'Imamo REZA (as) hoe ABOU AL-Hassan faharoa, tany taloha tany dia misy fotoana izy antsoina (salisa na fahatelo) foana, na koa al-HADI, na al-ASKARI araka ny voalazan'ireo mpahay hadith.

***<u>Fanontaniana n° 367 :</u>***

Inona no antony nanomezana an'Imamo AL-HADI (as) ilay anaram-bositra hoe : "***al- askari***" ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Dia hoy aho hoe: ny toerana izay nipetrahan'ireo Imamo roa dia tsy iza izany fa Imamo Ali IBNI MOUHAMMAD sy Imamo Hassan IBNI Ali (as) tao SAMARA dia nantsoina hoe : "ASKAR", ka noho izany indrindra no nahatonga azy roa ireo nantsoina hoe : "ASKARI".

***<u>Fanontaniana n° 368 :</u>***

Inona avy ireo famantarana hita teo amin'ny vatana masin'Imamo AL-HADI (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny volaza ny amin'ny mombamomba azy, dia fantatra fa nanana fitsanganana antonony izy, (fihi nadwatou), nanao endrika fotsy izay somary tehivaramena, somary fisaka ny fifiny anankiroa, bebe maso, somary be tambohomaso, nanana tarehy miramirandava.

***<u>Fanontaniana n° 369 :</u>***

Inona no soratra na sokitra hita tamin'ny peratrin'Imamo AL-HADI (as) ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 338 11/01/2021 16:26:15

***Valiny :***

➔ Ny soratra na sokitra hita tamin'ny peratr'Imamo dia toy izao manaraka izao : "ALLAHO RABI WA HOA ISMATI MIN KHALKI" izay midika toy izao manaraka izao : "i Allah no tompoko ary izy no fiarovako amin'ireo zava-boahariny", ary mbola nanana peratra iray hafa koa izy izay nahitana soratra hoe : "HIFZOUL OHOUD MIN AKHAQIL MA'ABOUD" izay midika hoe : "ny fitandremana ireo teny na toky nomena dia anisan'ny fitondran-tenan'ireo mpanompo".

***Fanontaniana n° 370 :***

Inona no TASBIH na fiderana izay fataon'Imamo AL-HADI (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny TASBIH na ny fiderana izay fataon'Imamo dia toy izao manaraka izao : "SOBHANA MAN HOA DA'IMO LA YASHO, SOBHANA MAN HOA QA'IMO LA ILHO, SOBHANA MAN HOA GHANIO LA IAFTAKIRO, SOBHANALLAHO WA BIHAMDIHI", izay midika amin'ny teny gasy malalaka toy izao : **"dera hoan'ilay mandrakizay nefa tsy mba manadino ary tsy mba rendremana, dera hoan'ilay izay mijoro nefa tsy mba variana, dera ho an'ilay mpanankarena izay tsy mba nanandrana ny fahantrana, dera hoan'ny Tompo Allah ary dera ho azy irery*".***

***Fanontaniana n° 371 :***

Tena marina fa manana voninahitra amin'ny alalan'ny fahalalana ny ambadik'izao tontolo izao maro Imamo AL-HADI (as), ka moa ve ianao afaka mitantara tantara izay momba izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitantara izany isika, araka ny tatitra izay nataon'i Sheik Toussi sy ny ankoatra azy avy tamin'i Issac ibni Abdoullah al-Alawi al-Aridwi izay niteny nanao hoe : nandeha nankany amin'Imamo AL-HADI (as) ny raiko sy ireo rahalahin-draiko, ary nitaingina ny bibin'izy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 339 11/01/2021 16:26:15

ireo izy ireo tamin'izay fotoana izay, ny anton'izany, satria nifanditra izy ireo ny amin'ny andro efatra izay azo ifadian-kanina ao anatin'ny taona, ary Imamo tamin'izay fotoana izay dia teo am-pipetrahana ary tsy matory talohan'ny nahitany ny tsiambaratelon'izay hitany, ary rehefa niditra tao aminy izy ireo, dia hoy izy hoe : "tonga hanontany ahy momba an'ireo andro izay fanaovana fifehezana ao anatiny taona ianareo", ary hoy izy ireo taminy : "izahay dia tonga noho izany tokoa", ary hoy indray izy tamin'izy ireo : "ny faha 17 ny volana Rabiol awali, ary izy dia andro izay niterahin'ny Mpaminany (sw), ary ny andro faha 27 ny volana Rajab, ary izy io dia andro nahazoan'ny Mpaminany (sw) ny faminaniana, ary ny andro faha 25 ny volana Zil Qanda, ary izy io dia andro izay nivoahan'ilay Kabbat avy tao anatin'ny rano, ary ny farany dia ny andro faha 18 ny volana Zil Hajj, ary izy io dia andron'ny Ghadir.

***<u>Fanontaniana n° 372 :</u>***

Tahatahaka ny ahoana ny toetoetra sy ny fitondrantenan'Imamo AL-HADI (as) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niteny Katbo Rawandi nanao hoe : ary raha ny momba an'Imamo Ali IBNI MOUHAMMAD AL-HADI (as) no asian-teny dia saika hita taminy avokoa ireo toetra tsara izay ananan'ireo Imamo, ka noho izany indrindra no nahatonga azy feno voninahitra sy tena nanam-pahaizana tokoa, ary nanana fitondran-tena mendrika sy maha-te-ho tia, ny tena marina izy dia nanana fitondran-tena miavaka, tsy fahita amin'ny olon-tsotra tahaka an'ireo raibeny ihany koa, rehefa tonga ny alina dia mitodika mankany amin'ny Qiblat foana izy izany manao soalat foana, ary izy dia nitafy jouba na akanjo vita avy amin'ny landy, ary ny fanaovany soalat dia amin'ny tsihy na lamaka, maro dia maro ny toetra tsara izay nanan'Imamo ka tsy ho vita etoana avokoa ny hitanisa izany.

Araka ny voalazan'ny tompon'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe :



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 340 11/01/2021 16:26:15

(***JANATOUL KHOLOD***), Imamo dia antonony ny halavany, fotsy tarehy somary te homenamena, bebemaso, be tambohomaso ihany koa , ary nanana tarehy miramirana lalandava, raha sendra nalahelo ianao no nifanena taminy dia miala ho azy izany rehefa mijery azy, ireo molony roa dia mihetsika foana noho izy tia mitsiky sy midera an'i Allah foana, rehefa mandeha dia ampitoniana tokoa no anaovany an'izany, ary tena sarotra ny miara-dia aminy noho ny anton' izany, ary tena be fiantrana ihany koa izy.

***<u>Fanontaniana n° 373 :</u>***

Maro ireo fahagagana izay mitory sy manamafy ny voninahitr'Imamo AL-HADI (as) izay voalaza fa nataony, ka moa ve afaka milaza ny iray amin'izany ve ianao ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, afaka milaza iray amin'izany isika, araka ny tatitra izay natoan'i ibni Shahr Ashoub sy katbo Rawandi avy tamin'i Hesham al-Ja'afari izay niteny nanao hoe : indray andro aho dia niditra tao an-tranon' ABI AL-Hassan (as), tamin'izay fotoana izay dia niteny tamin'ny fiteny indianina tamiko izy, nefa aho tsy afaka namaly azy tamin'izay fotoana izay, tamin'izay fotoana izany ihany dia nisy zavatra (fitoeran-drano) teo aminy izay feno (HISWA) ravin-kazo kely izay fatao amin'ny nahandro, ka dia naka iray tamin'izany izy, ary rehefa avy teo dia nataony tao am-bavany, no sady notsakoiny moramora, rehefa avy teo dia nalainy izany ka natsipiny taty amiko, ka dia noraisiko izany ka nataoko tao am-bavako, tena ifantako amin'Andriamanitra fa mbola tsy maraina andro fa mbola teo aminy aho, fa efa afaka niteny tamin'ny fiteny izay miisa 73 aho, ary ny voalohany tamin'izany dia ny fiteny Indianina.

***<u>Fanontaniana n° 374 :</u>***

Maro ireo teny mamy izay feno anatra izay nataon'Imamo AL-HADI (as), ka moa ve afaka mitanisa ampahany amin'izany ianao?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitanisa ny ampahany amin'izany isika :

1. Niteny Imamo AL-HADI (as) nanao hoe : **"izay faly amin'ny tenany dia ho maro izay tsy ho faly aminy".**

2. Niteny ihany koa izy nanao hoe : **"iray ihany ny fahavoazana ho an'izay miaritra izany, nefa lasa roa eo amin'izay tsy mahazaka izany".**

3. Ary hoy indray Imamo nanao hoe : **"ny vazivazy sy ny fampihomehezana dia anisan'ny fomban'ireo kondrana, ary mpanary ireo bado".**

4. Ary hoy indray izy : **"ny fanaovana fotoam-pivavahana amin'ny alina matsiro kokoa noho ny torimaso, ary ny fifadian-kanina amin'ny atoandro mampitombo ny tsiron'ny sakafo**".

5. Niteny ihany koa Imamo nanao hoe : **"tsarovy mandrakariva fa ny fahafatesanao dia hiseho eo anatrehan'ireo havanao, ary amin'izay fotoana izay tsy misy mpitsabo hahasakana izany na koa sakaiza hanampy anao amin'izany".**

6. Niteny indray Imamo AL-HADI (as) nanao hoe : **"ny fahalehibeazan'ny fisianao sy fahavelomanao dia maneho anao zavatra izay tsy mbola nandalo tao an-tsainao".**

7. Ary hoy Imamo ihany koa : **"ny fahendrena dia tsy miaraka amin'ny saina izay feno haratsiana".**

***Fanontaniana n° 375 :***

Araka ny valin-teninao tamin'ny fanontaniana tetsy ambony, Imamo AL-HADI (as) dia niteny hoe : **"iray ihany ny fahavoazana ho an'izay miaritra izany, nefa lasa roa eo amin'izay tsy mahazaka izany"**, ka moa ve afaka hazavainao ny mahakasika izany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 342 11/01/2021 16:26:15

***Valiny :***

➔ Ny antony mahatonga ny fahavoazana na mosiba hoa lasa roa ho an'izay tsy maharitra izany dia toy izao manaraka izao :

Aorian'ilay fahavoazana na mosiba voalohany izay nilatsaka taminy noho ny tsy fananana faharetana tamin'izany dia lasa tsy mahazo ilay tombontsoa izay tokony ho azo avy amin'ilay mosiba ihany koa izy, ary izany dia hamafisin'ireo hadith izay milaza manao hoe : **"tena marina fa ny tena fahavoazana dia ny tsy fahazoana tombontsoa avy amin'izany",** ary hoy ihany koa ny Mpaminany (sw) tamin'izy nandefa taratasy fanehoana fiaraha-miory tamin'i Ma'az tamin'ny nahafatesan'ny zanany : ***"iny zanakao iny dia fanomezana tsara izay nomen'Andriamanitra anao, ary ny fahalasanany dia fahavoazana lehibe miditra taminao, nomen'ny Tompo Allah anao izy iny mba ho fahasambarana sy fifaliana ho anao, ary ny fanesorany azy taminao dia mitondra ihany koa tombontsoa maro ho anao, tahaka ny fanaovana soalat, ny hinakinaka sy indrafo, ary ny fahitsiana raha manana faharetana amin'izany ianao sy mahay maminavina izany ihany koa, ary aoka ianao tsy hanambatra fahavoazana roa eo amin'ny tenanao fa miteraka tsy fahazoanao ireo tombontsoa izay tokony ho azonao izany, ka lasa hanenina ianao amin'ny tsy fahazoanao izany".***

Ary mbola maro ireo riwayat sy tantara madinidika izay midera sy manome lanja ny fiaretana na swabre sy ny tombontsoa azo avy amin'izany izay tsy ho vitantsika tanisaina etoana avokoa.

***Fanontaniana n° 376 :***

Aiza no toerana nalehibe an'Imamo AL-HADI (as) ary firy taona izy no lasa Imamo ?

***Valiny :***

➔ Imamo AL-HADI (as) dia teraka tao Madinat ary tamin'io taona io ihany no nahafatesan-drainy, ary tao ihany koa no nahalehibe azy,

feno valo (8) taona izy no lasa Imamo.

***<u>Fanontaniana n° 377 :</u>***

Hatra tamin’ny vanim-potoana izay nitondran’ny Mpanjaka na khalifat iza no nijanonan’Imamo AL-HADI (as) tao Madinat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Nijanona tao Madinat Imamo foana Imamo hatramin’ny nitondran’ilay khalifat izay antsoina hoe : (**Motaokil billah**), ary ity khalifat ity no nanery ary handeha hakany Samarat (Irak).

***<u>Fanontaniana n° 378 :</u>***

Inona no antony niantsoan’i Motaokilo an’Imamo AL-HADI (as) hankany Samarat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ary tamin’izany fotoana izany i Barih Abbasi dia mpitarika fotoam-pivavahana tao Makkat sy Madinat, nanoratra tamin’i Motaokil izy izay nilaza nanao hoe : ***“raha ohatra ianao mbola manana filana amin’ny Haramainy (Makkat sy Madinat), dia avoahy avy ao i Ali IBNI MOUHAMMAD, satria izy mitompo tena ho mpitarika (amiro) ary efa maro ny olona izay manaraka azy”***, ary nanoratra tany amin’ny Mataokil ihany koa ny ankoatra azy io izay nilaza nitovitovy tamin’ny voalazan’i Barih ihany koa, ary noho i Abdoullah ibni Mouhammad no mpitondra tao madinat, ary ny asany dia ny fampijaliana an’Imamo ihany, dia mba nanoratra nankany tamin’i Mataokil ihany koa izy, ary izany zavatra nosoratany izany dia niteraka fahatezeran’ny Motaokil tamin’Imamo.

Ary rehefa enon’Imamo izany rehetra izany dia mba nanoratra ho an’i Motaokil ihany koa izy izay nilazany fa lainga avokoa ireo nolazain’ny olona taminy ireny, ary izy maharitra izay fampijaliana atao aminy raha ohatra misy manao izany; novalian’i Motaokil izany taratasy izany, izay tena nampiarahiny tamin’ny fametsifetsena sy fitaka, ary mody nofenoiny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 344 11/01/2021 16:26:16

fanajana, tahaka izao manaraka izao ary ny teny nataony : “tena marina fa ilay lehiben’ireo mpino (amiroul mominina) dia efa mahalala ny toerana izay nametrahana anao, ary mahalala ihany koa fahatsoram-ponao, ary ianao tsy hanaiky izay fanosoram-potaka izay atao aminao, efa nankinina taminao izay nankinina tamin’i Abdoullah ibni Mouhammad ibni Al-Fadlo, ary efa nanome baiko azy aho hanaja sy hanome voninahitra anao, ary nomeko baiko ihany koa izy fa raha hanapa-kevitra amin’ny zavatra iray dia tsy maintsy maka hevitra aminao aloha, ary amin’ny alalan’izany no hahatanteraka ny fanantonana an’ny Tompo Allah sy Amiroul mominina, ary amiroul mominina dia mangetaheta fatratra ny hahita sy hihaona aminao, indrindra fa ny hanao anao ho mpandimby azy ao aoriany, raha ohatra ianao mazoto amin’ny famangiana azy na koa ny hipetraka eo anilany, tsy misy zavatra tiako sy mahafaly ahy mihoatra an’izany, efa nanomana toerana aho hoan’ireo fianakaviana sy ireo mpanara-dia anao ary ireo mpiara-miory aminao amin’ny sarotra sy amin’ny filaminana, afaka mankaty ianao raha sitrakao izany, ary afaka mijanona ianao raha izay no hitanao fa mety aminao, ary raha mety aminao, halefako hiaraka aminao i Yahya ibni Horaisa ilay mpiasako miaraka amin’ireo miaramilany raha mety aminao, ary izy ireo no hiray tsiambaratelo aminao, nefa izany rehetra izany dia miankina aminao ihany, nefa izahay kosa efa vonona hankatoa anao amin’izay safidinao, hangataka amin’i Allah aho mba ho tanteraka ny fanirian’i Amiroul mominina, satria tsy mba misy na iray amin’ireo rahalahiny na ireo zanany na ireo fianakaviany na ireo akaiky azy aza hitovy amin’ny hatsaram-panahinao ary tsy misy mendrika hoderaina amin’izy ireo noho ny fitiavan-tena misy eo amin’izy ireo, ary tsy misy amin’izy ireo no mendrika hojereko, ary tsy misy amin’izy ireo no hamindrako fo sy hialako tsiny, ary  tsy maha-te-hotia azy ny mipetraka miaraka amin’izy ireo mihoatra ny mipetraka miaraka aminao, ary fandriampahaleman’ny Tompo Allah sy ny fanavotany anie hirotsaka aminao”.

Araka ny voasoratr’Ibrahim ibni Abbas dia tamin’ny volana Jamadi akhir taona 234 ny nandehanan’Imamo nankany Samarat, ary misy ihany koa ny milaza fa taona 243 no nisehoan’izany……



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 345 11/01/2021 16:26:16

***Fanontaniana n° 379 :***

Moa ve Imamo AL-HADI (as) no nankany Samarat sa niaraka tamin'ilay zanany AL-Hassan (as) izy ?

***Valiny :***

➔ Nitodi-doha nankany Samarat Imamo AL-HADI (as) niaraka tamin'Imamo ASKARI (as) zanany, tsara ny manamarika fa mbola zaza tokoa ity farany tamin'izay fotoana izany, i Horaisa no niara-dia tamin'izy ireo teny an-dalana.

***Fanontaniana n° 380 :***

Raha jerena ilay taratasy izay nalefan'i Motaokil dia toa miendrika fanerena sy baiko amin'ny lafiny iray, nefa toa miendrika fiangaviana ihany koa amin'ny ankilany, fa manino ary Imamo AL-HADI (as) mbola nitodi-doha mankany Samarat ihany ?

***Valiny :***

➔ Ary hoy aho hoe : raha ny tena marina dia baiko ilay izy, na dia miendrika fiangaviana ihany koa aza, fa ny tena marina zavatra tsy maintsy hotanterahina ilay izy, satria raha tsy mandeha Imamo dia efa manamafy ireo fitoriana izay nataon'ireo mponin'i Madinat azy izy, ka amin'izay fotoana izay dia hanambara ampahabemaso izy ireo fa tena mpanohitra fitondrana tokoa Imamo, nefa izany tsy mitondra fahombiazana ho an'ny politika izay ananan'Imamo ary tsy mety aminy ihany koa.

***Fanontaniana n° 381 :***

Inona no antony tsy nanambaran'Imamo AL-HADI (as) ampahabemaso ny fanoherany an'i Motaokil ?

***Valiny :***

➔ Imamo dia nahita fa tsy hitondra fahombiazana ho azy ny fanambarana ampahabemaso ny fanoherany an'i Motaokil, tahaka ny politika izay nataon-drainy sy ireo zanany nanoloana ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 346 11/01/2021 16:26:16

mpitondra Abbasiat, ary tena nibaribary tokoa izany toetra ratsy izay nataon'ireo Abbasiat izany taty aoriana ka nahatonga an'Imamo MAHDI (aj) nanjavona.

Ary mety afaka manome fanazavana feno isika ny amin'ny foto-kevitra izay nahatonga an'Imamo nisafidy izay politika tsy hanambara ampahabemaso ny fanoherany an'i Motaokil izany :

Iraha-mahalala fa ny tanjon'ireo Imamo dia ny hanangana sy hampijoro fiarahamonina anjakan'ny fampitoviana sy ny fahatongavan-tsaina izay mifanaraka tanteraka amin'ny fampianaran'ny islamo amin'ny antsipirihany, izay miaraka mandrakariva amin'ny fifanampian'ireo mponina ao amin'izany fiarahamonina izany mba hanavotana ny finoana islamo amin'ny alalan'ny fahaizamanaony.

***<u>Fanontaniana n° 382 :</u>***

Moa ve noho ny antony ho fiarovana ny zon'Imamo AL-HADI (as) no nahatonga an'i Motaokil niantso azy hankany Samarat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tsy noho ny antony fiarovana ny zon'Imamo velively no nahatonga azy natsoin'i Motaokil hankany Samarat, fa mba hoentiny hanakonana ireo paik'ady ratsy izay hotanterahany, sy mba hisakanany an'Imamo mba tsy ho afaka hanao fihetseham-bahoaka ary tsy hahafahany miteny na manao na inona na inona manoloana izany politika ratsiny izany.

***<u>Fanontaniana n° 383 :</u>***

Nanao ahoana ny tsy fitiavan'i Motaokil an'Imamo Ali (as) sy ireo taranany tamin'izany fotoana izany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Raha ny tena marina, tena fatra tsy fitiavana an'Imamo Ali (as) i Motaokil, toraka izany koa ireo taranan'Imamo Ali (as); araka ny voalazan'ireo mpitantara, tena niaina tao anatin'ny olana



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 347 11/01/2021 16:26:16

lehibe tokoa ireo tarak'i Abi twalib (ra) tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'ny Motaokil, ary nasehony tamin'ny alalan'ny fanakanana ny famangiana ny fasan'Imamo Houssein (as) izany, na ny fivezevezena fotsiny aza tsy azo natao tao amin'ny tanin'i Koufat, ary nosakanany ihany ireo izay ankoatra ny mpanaradia ny fianakavian'Imamo Ali (as) tsy hamangy sy hivorivory amin'ireo toerana izay nilevenan'izy ireo, nanome baiko ihany koa izy ny hanimbana ny fasan'Imamo Houssein (as) sy ny famafana izany eo ambony ny tany izay misy azy miaraka amin'ny fanesorana ireo famantarana mitory ny fisiany, ka tsy maintsy hosaziany izay manao zavatra sy izay mamboly amin'izany toerana izany, nefa izy milaza fa mpankato an'i Ali(as) sy ireo fianakaviana amin'izay manontany azy ny momba izany na izay mifanena azy, tahaka izany foana ny raharaha nisy mandra-pahatongavan'ny Mountaswir teo amin'ny fitondrana, ary rehefa tonga teo izy izay vao niaina ampilaminana ny olona, ary nomena baiko ny amin'ny handraisana an-tanana sy ny hamelana ny fitadiavana ny momba ny raharahan'ny fianakavian'i Abi Twalib izy.

Ary teo vao nanana fahafahana ny olona handeha hamangy ny fasan'Imamo Houssein (as) ary toraka izany koa ireo fasan'izay ankoatra azy amin'ireo taranak'i Abi Twalib.

***__Fanontaniana n° 384 :__***

Inona avy ireo dingana izay nolalovan'Imamo AL-HADI (as) tamin'izy tao Samarat ?

***__Valiny :__***

➔ Imamo rehefa tonga tao Samarat dia nanao ireo asany maha Imamo azy izay fataony andavanandro sy mitarika ireo mpomba azy, ary mahitsy amin'izay mety hahasoa azy ireo, ary miaro ny raharahan'izy ireo amin'izay tratrany sy vitany, izany rehetra izany dia nataony tao anatin'ny fetra izay azony nanaovana an'izany,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 348 11/01/2021 16:26:16

noho ny antony faneriterena tanteraka ary fiambenana izany nihatra taminy ary tamin'ireo mpanaradia azy.

Nizara roa ny raharaha nosahanin'Imamo tamin'izany fotoana izany, ary ireto avy izany :

1. Fanamafisana ny marina ary fanoherana ny tsy rariny araka ny fijeriny manokana manoloana ireo izay tsy miombon-kevitra aminy na anisan'ireo mpikambana ao amin'ny fanjakana izany na koa amin'ny lafiny an-tanan-tohatra izay misy eo amin'ny sarababem-bahoaka amin'ny ankapobeny.

2. Fiarovana ny tombontsoan'ireo mpanaradia azy sy fampitandremana azy ireo tsy ho tafalatsaka ao anatiny fanompoan-tsampin'ireo Abbasi, ary fanampiana azy ireo ihany koa amin'ny fanafenana ireo hetsika izay ataon'izy ireo, sy izay mitovitovy amin'izay rehetra voalaza izay araka ny tratran'izy ireo.

***<u>Fanontaniana n° 385 :</u>***

Nanao ahoana ny fifandraisana sy fihetsiky ny khilafat Abbasiat nanoloana an' Imamo AL-HADI (as) na tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Motaokil, na tamin'ny Mountaswir sy Mosta'ino ary kao tamin'i Moutaz ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Efa iaraha-mahalala ny fihetsik'ireo khalifat Abbasina, izay nabaribarin'ireo mpahay tantara nanoloana an'Imamo, indrindra fa ny mahakasika an'i Motaokil, izay tena mananosarotra ny hilaza azy noho ny akon'izany. Eto dia hifantoka tanteraka amin'ny momba an'i Motaokil ny votoatin-dresantsika; ary afaka fintinintsika amin'ny teboka maromaro ny momba izany:

1. Nanao fihantsiana ara-pahalalana izy, ary nitompotena ho manam-pahalalana ihany koa, nefa Imamo (as) dia nivoaka ho mpandresy tamin'izany fihantsiana izany.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 349 11/01/2021 16:26:17

2. Nataony izay rehetra tratrany mba hampanakaikezany an'Imamo bebe kokoa ny raharaham-panjakana (khilafat) ary ny fampidirana azy lalina amin'izay mba hahafahany manara-maso antsakany sy andavany izay zavatra ataon'Imamo.

***<u>Fanontaniana n° 386 :</u>***

Nanao ahoana ny fifandraisan'Imamo AL-HADI (as) tamin'ireo mpanara-dia azy na tamin'ireo maro an'isa na tamin'ireo At'rak vitsy an'isa, izay izy ireo no nameno ny renivohitry ny Abbasiat vaovao, dia tsy iza izany fa i Samarat ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ho fintinintsika amin'ny alalan'ireto tebokoa roa ireto ny valin'io fanontaniana etsy ambony io :

1. Raha ny mahakasika ny fifandraisan'Imamo tamin'ireo vondrona mpanara-dia azy tao amin'ny renivohitry ny Abbasiat no asian-teny dia toy izao manaraka izao, noho ny ezaka maro izay nataon'Imamo dia niteraka fifanakaikezana teo aminy sy teo amin'ireo mponina izany, indrindra fa ny fanomezan-danja sy fahatokisana ny fananany voninahitra avo sy toerana maha Imamo azy.

2. Ny fifandraisan'Imamo niaraka tamin'ireo loholona sy ny mpitarika an'izy ireo, dia azo lazaina tena nahavelom-panantenana tokoa nefa izany tsy nisaraka tamin'ny fahasarotana ihany koa, ary noho izy ireo no fototra iorenan'ilay mpitondra mila fitandremana tahaka ny fitandremana ataon'ny mpitondra ihany koa ny amin'izy ireo, indrindra fa misy ampahany tamin'izy ireo izay maneho ny fifahavalozana sy manambanimbany ny voninahitr'Imamo ihany koa.

Ankoatra an'izay rehetra izay, tsy mbola nahitra isika porofo ara-tantara izay manambara ny fisian'ny fifandraisana teo amin'Imamo manoloana azy ireo, ankoatra ny fanaovana tsindrihazolena lehibe, izay hita sy niseho avy tamin'iray amin'ny roa na telo tamin'ireo mpitarika manana

ny maha izy azy tamin'ireo At'rak sy ireo vondrona mpanatanteraka. Ary io iray io indrindra no nanana fifandraisana azo lazaina mba metimety tamin'Imamo, ary mba nanana fangoraham-po amin'ny zavatra izay nanjo an'Imamo, ary indraindray izany mitondra azy hanala ireo tsindrihazolena izay mihatra amin'ilay ivon-toerana izay iasan'Imamo sy ireo tsindrihazolena izay mihatra ihany koa amin'ireo mpanaradia azy.

Ary araka ny voalazan'ny tantara ihany koa, Imamo dia nanana fifandraisana iray hafa koa dia tsy inona izany fa ny fankatoavana ambangovangony izay nataon'ireo mpanao tsindrihazolena goavana.

***__Fanontaniana n° 387 :__***

> Naharitra firy taona no nijanon'Imamo AL-HADI (as) tao Madinat sy tao Samarat ?

**__Valiny :__**

> ➔ Niteny i Alamat al-Majlisi, fa Imamo dia nionina tao Madina tombanana tokony ho naharitra 13 taona, ary taorian'izay dia nangataka azy i Motaokil mba hankany Samarat, ary dia nonina tany izy nandritra ny 20 taona tao amin'ilay trano izay lasa fasany ankehitriny io tao.

Ary hoy aho hoe : araka ny voalazan' ny fanasana izay nataon'ny Motaokil azy hankany Samarat dia tamin'ny taona 243, ka noho izany indrindra dia tombanana tokony 11 taona izy no tao Samarat, nefa kosa araka ny voalazan'i Mas'oud, nanakaiky ny 19 taona Imamo no nonina tao Samarat, ary izy dia mbola nahatratra ny ampahany tamin'ny fitondran'i Ma'amoun, toraka izany koa i Moutaswim, i Wasiq, i Motaokil, i Mountaswir, i Mosta'ino ary i Mota'azo, izay izy vao nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny fanapoizinana.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 351 11/01/2021 16:26:17

***Fanontaniana n° 388 :***

Iza no namono an'Imamo AL-HADI (as) sy tamin'ny fomba ahoana no nanaovany izany, ary iza no nisahana ny fanasana sy famonosan-damba ary fanaovana soalat sy fandevenana ny vatana masin'Imamo ?

***Valiny :***

➔ Araka ny volazan'i Sheik Swadouq (ra), ilay rahalahin'i Mouta'azo izay antsoina hoe Moutamad no nanapoizina an'Imamo NAQI (as), ary tamin'ny fotoana izay namparary azy sy nialany aina tsy mba nisy olona teo am-pandriany ankoatra an'ilay zanak' Imamo ASKARI (as), ary rehefa nindaosin'ny fahafatesana izy izay vao tonga avokoa ireo olona manam-boninahitra sy manan-kaja rehetra, ary tamin'izay fotoana izay dia nitsangana teo anilan'ny fatin-drainy Imamo sady nigogogo nitomany, sady tsy misy na inona na inona teo ambonin'ny lohany, ary rotarota ny lambany, ary niroso tamin'ny fanasana an-drainy izy sy ny famonosan-damba azy, ka dia naleviny tao ambanin'ilay vato izay fanaovany asa fanompoana ny rainy, ary tamin'izay fotoana izay dia nisy nanakiana tamin'ireo izay donto sy tsy manam-pahalalana ny amin'ny fitomaniana amin'ny fisian'ny fahavoazana toy izany, ka dia hoy Imamo tamin'izy ireo: " ary tena gaga sy talanjona aho amin'ireto kondrana sy tsy mahay ny finoan'Andriamanitra ireto ?!

i Moussa (as) dia irak'Andriamanitra nefa tamin'ny nahafatesan'i Harouna (as) rahalahiny dia nitomany sy nandrovitra ny akanjony izy.

***Fanontaniana n° 389 :***

Iza ihany koa no nanao soalat tamin'Imamo AL-HADI (as) taorian'ny nanaovan-janany soalat taminy ary aiza Imamo no nalevina ?

***Valiny :***

➔ Anisany nanao soalat ho an'Imamo ihany koa i Moutamad rehefa navoaka ny vatamangatsiakan'Imamo, ary dia nalevina tao amin'ny iray tamin'ireo trano izay tao Samarat Imamo, ary izany trano izany izay hitantsika misy azy ao ankehitriny io.

***Fanontaniana n° 390 :***

Ovina no nantsoin'Andriamanitra hipody any aminy Imamo AL-HADI (as) ary naharitra hafiriana ny naha Imamo azy ?

***Valiny :***

➔ Miara- manaiky ny besinimaro fa Imamo ABOU AL-Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD AL-HADI (as) dia nantsoin'Andriamanitra hody any aminy tamin'ny taona 254 hijri, ary misy tsy fitovian-kevitra eo amin'ny andro izay nahafatesany, misy ampahany amin'ireo manampahaizana no milaza fa Imamo dia maty tamin'ny faha 3 ny volana Rajab, ary noho izy teraka tamin'ny taona 212 hijri dia tombanana ho 42 taona izy tamin'ny fotoana nahafatesany.

Ary hoy i Mas'oud ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe (MOROJ ZAHB), Imamo dia maty andro alatsinainy efatra andro tsy hahavitan'ny volana Jamad akhir.

Ary araka izay rehetra voalaza izay dia fantatra fa naharitra 33 ny naha Imamo azy.

***Fanontaniana n° 391 :***

Araka ny voalazan'i Mas'oud ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (MOROJ ZAHB) fa nisy andevovavy teo akaikin'ny vatamangatsiakan'Imamo izay nilaza nanao heo : **"inona no nanjo antsika tamin'ny andro alatsinainy tany taloha tany ary ny andro alatsinainy izay mandalo izao"** ?

Ary hoy aho hoe : inona no tian'ilay andevovavy hahatongavana amin'io teniny io ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 353 11/01/2021 16:26:17

***Valiny :***

➔ Ny tian'ilay andevovavy hahatongavana amin'ny teniny io dia ilay andro izay nahafatesan'ny Mpaminany masina (sw), ary tamin'izany ihany no nampisehoan'ireo mpihatsaravelatsihy ny fananan'izy ireo fo vato, ary tamin'izany ihany koa nisian'ilay fifidianana sy fanehoam-panekena (Bay'at) izay ny loza nentiny mbola mijanona nanerana ny tontolon'islamo mandrakizao, ary izany teny izany dia nalain'ilay andevovavy avy tamin'ilay zanaka vavin'i AMIROUL MOMININA (as) ilay kinga saina avy amin'ny taranak'i Hashim, tsy iza izany fa i ZAINAB (as) tamin'ny fotoana izay nanehoany alahelo tamin'ny nahafaty an'Imamo HOUSEIN (as) izay nilazany nanao hoe : ***"mba hifantako amin-draiko, fa mbola tsy niala teo am-pandriana ireo miaramila ny andron'ny alatsinainy dia efa nindaosin'ny fahafatesana izy".***

***Fanontaniana n° 392 :***

Moa ve afaka zarazaraina ny fotoana izay niainan'Imamo AL-HADI (as) niaraka tamin'ireo kholafah Abbasina nanomboka teo amin'ny naha Imamo azy ?

***Valiny :***

➔ Ny fotoana izay nonenan'Imamo tao Samarat tanatin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Motaokil dia tokony hahatratra ho eo eo amin'ny 14 taona , ary dia novonoin'ireo At'rak i Motaokil tamin'ny taona 247, ary dia tonga ny vanim-potoana izay nitondran'i Mountaswir ary toraka izany koa ny an'i Mouta'ino, ary mbola niaina tamin'ny ampahany tamin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Mout'az ihany koa izy, izay vao nindaosin'ny fahafatesana Imamo tamin'ny taona 254, ary ny momba an'i Mout'az, tamin'ny taona 255 izy no nesorin'ireo At'rak teo amin'ny toerany.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 354 11/01/2021 16:26:17

***Fanontaniana n° 393 :***

Iza avy ireo zanak'Imamo AL-HADI (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo dia niteraka vavy iray ary lehilahy dimy, ary ireto avy izy ireo :

ABOU MOUHAMMAD AL-Hassan (as), Houssein, Mouhammad, Ja'afar ary i Aliat.

***Fanontaniana n° 394 :***

Moa ve afaka milaza fohifohy ny momba an'i Houssein IBNI Ali AL-HADI (as) ianao ?

***Valiny :***

➔ Izaho dia tsy nahita hadith na riwayat izay milaza amin'ny antsipirihany ny momba an'i Housseiny zanak'Imamo AL-HADI (as), nefa kosa i Sheik Abbas al-Qumi dia nilaza ny momba nanao hoe: izy dia Saido nanana ny maha- izy azy ary heni-boninahitra tokoa, ary misy amin'ireo mpitantara ny milaza fa izy sy Imamo Hassan AL-ASKARI (as) dia nantsoina ihany koa hoe (SIBTEINI) izany noho ny antony fitoviana nisy teo amin'izy reo sy ireo raiben'izy ireo dia tsy iza izany fa Imamo AL-Hassan (as) sy Imamo AL-Houssein (as).

Ary voalazan'i Abi Taib ao amin'ireo rywayatiny fa i Houssein zanak'Imamo AL-HADI (as) dia tena nitovy tamin'ny feon'i AL-HOJATOU IBNI AL-Hassan (ny tso-dranon'i Tompo hirotsaka aminy), ary araka ny voalaza ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (SHAJARATOUL AOLIAO) tena marina fa i Houssein dia miezaka sy manompo mahafatratoky, ary izy dia nanamafy fa ilay rahalahiny no Imamo.

Ary ny fasany dia mifanolo-bodirindrana amin'ny fasan-drainy sy ny rahalahiny ao Samarat ao amin'ilay misy tafo boribory avobe iny ao.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 355 11/01/2021 16:26:17

***Fanontaniana n° 395 :***

Maro dia maro ireo mpanara-dia an'Imamo AL-HADI (as), ka moa ve ianao afaka milaza ampahany amin'ny anaran'ireo kintana tamin'izy ireo ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka milaza izany isika, ary tahaka izao manaraka izao izany :

1. Houssein ibni Sa'id ibni Hamaad ibni Saiid ibni Mehran andevon'Imamo Ali IBNI AL-Houssein (as) izay avy any Ahwaz.

2. Khiran ilay mpanampy sy andevon'Imamo REZA (as).

3. Abou Hashim Ja'afari Daoud ibni al-Kasim ibni Issac ibni Abdoullah ibni Ja'afar ibni Abi Twalib.

4. Abdoul Azim ibni Abdoullah ibn Ali ibni Hassan ibni Zaid ibni Hassan ibn Ali ibni Abi twalib (as).

5. ibn Soukaita Ycoub ibni Issac al-Ahwazi al- Shii.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 356 11/01/2021 16:26:18

## IMAMO HASSAN ASKARI (AS)

***Fanontaniana n° 396 :***

Iza marina moa Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia ***i Hassan IBNI Ali IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI MOUSSA IBNI JA'AFAR IBNI MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB (as).***

***Fanontaniana n°397 :***

Oviana ary taiza no teraka Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo dia teraka tao Madinat tamin'ny volana Rabiol akhir taona 232 hijri, ary misy tsy fitovian-kevitra ny amin'ny andro nahaterahany.

Ary hoy i Alamat Majlisi (ra) : ny malaza sy faheno matetika, Imamo dia teraka andro zoma faha 8 ny volana Rabiol akhir, ary hoy indray ireo ankoatra azy : izy dia teraka ny alin'ny zoma faha 4 ny volana io ihany, ary dia niteny i ***Sheik Houroul Amouli (ra)*** mahakasika io tsy fitovian-kevitra io ao amin'ilay boky tantara izay nosoratany :

- ***Izy dia teraka tamin'ny volana Rabiol Akhir, ary izany dia tamin'ilay andro faha 10 manan-danja sy be voninahitra.***
- ***Tamin'ny andro alatsinainy fahefatra, ary misy ny miteny andro faha 8 ary izany no tena malaza sy miparitaka.***

***Fanontaniana n° 398 :***

Iza no koniat na anarana fiantsoana an'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) sy anaram-bositra izay nentiny ?

**Valiny :**

➔ Ny anarana fiantsoana na koniat ny Imamo dia i ABOU MOUHAMMAD, ary izy dia nitondra anaram-bositra maro dia maro, ary ireto manaraka ireto no tena fiheno matetika sy nalaza teo ambavan'ny besinimaro :

- ***ZAKIO***
- ***ASKARI***

**Fanontaniana n° 399 :**

Amin'ny alalan'inona no nahalalan'ny olona an'Imamo ASKARI (as) sy ny rainy ary ny raibeny tamin'ny vanim-potoan'izy ireo ?

**Valiny :**

➔ Ny nahafantaran'ny olona azy telo mianaka ireo dia zanak'Imamo REZA (as) tamin'ny vanim-potoanan'izy ireo.

**Fanontaniana n° 400 :**

Inona no soratra na sikotra tamin'ny peratr'Imamo ASKARI (as)?

**Valiny :**

➔ Tamin'ny peratran'Imamo dia nisy soratra hoe : ***"SOUBHANA MAN LAHO MAKALIDO SAMAWATI WA ARDI",*** izay azo adika hoe: (***dera ho an'ilay eo am-pelan-tanany ny fanalahidin'ny lanitra sy ny tany***), ary araka ny voalazan'Imamo ihany ny perany dia nisy soratra hoe : ***"ANNA LILLAHI SHAHIDO"*** izay midika hoe: "***Tena marina fa isika dia maty ho maritiora hoan'i Allah irery ihany***".

**Fanontaniana n° 401 :**

Inona no tasbih na fiderana izay fataon'Imamo ASKARI (as), ary andro inona ao anatin'ny volana no fanaovany an'izany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 358 11/01/2021 16:26:18

***Valiny :***

➔ Isaky ny faha **16** sy faha **17** ny volana no fanaovan'Imamo ny tasbihiny na ny fiderana izay fataony, ary toy izao manaraka izao ilay izy : ***"SOUBHANA MAN HOA FI OLOIHI WANI, WA FI DONOIHI Ali, WA FI ISHRAKIHI MOUNIR, WA FI SOLTWANIHI QAWIO, SOUBHANALLAH WA BIHADIHI",*** izay midika toy izao manaraka izao : "***dera ho an'ilay noho ny fahamboniany izay manoloana azy marefo, ary dera ho an'ilay izay anakaikezany lasa avo, ary dera ihany koa hoan'ilay rehefa miposaka dia mazava, ary mbola dera ihany koa hoan'ilay amin'ny fanjaka tena matanjaka tokoa, voninahitra hoan'i Allah ary dera ho azy ihany koa***".

***Fanontaniana n° 402 :***

Iza no anaran'ny renin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Ny anaran'ny renin'Imamo masina dia : **i HOUDAÏS**, ary misy ny milaza fa i Masoandro, ary izy dia antsoina ihany koa hoe : **JADAT**, ary izy io dia faratampony ny amin'ny fahasoavana sy fitandremana ary ny fahatahorana, ary izy tamin'ny vanim-potoana nahaterahan'Imamo ***ZAMANI (aj)*** dia ohatra ny tao anatin'ny paradisa ilay fitoerana mandrakizay, ary ampy hoentina milaza ny fananany voninahitra ny andraikitra izay nosahaniny nanoloana ireo SHIA, satria izy no mpanampy sy mpamonjy ary mpiahy azy ireo taorian'ny nahafatesan'Imamo ASKARI (as).

***Fanontaniana n° 403 :***

Firy taona Imamo AL-HADI (as) tamin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) teraka ?

***Valiny :***

➔ Feno 16 taona amam-bolana vitsitsy Imamo AL-HADI (as) tamin'ny fotoana izay nahaterahan'Imamo ASKARI (as).



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 359 11/01/2021 16:26:18

**Fanontaniana n° 404 :**

Firy taona Imamo ASKARI (as) tamin'izy niaraka tamin-drainy nitodi-doha nankany SAMARAT ?

**Valiny :**

➔ Tamin'ny taona 234 hijri izy no nitodi-doha nankany SAMARAT niaraka tamin-drainy, ary izy tamin'izay fotoana dia tokony ho 2 taona mahery.

**Fanontaniana n° 405 :**

Inona no antony nanakonan'Imamo ASKARI (as) ny tarehiny manoloana ireo mpanaradia azy sy ny nahatonga azy tsy niteny tamin'izy ireo ankoatra ireo akaiky azy na koa izay ao ambadiky ny takona (Rideau) ?

**Valiny :**

➔ Eny, araka ny voalazan'i Mas'oudi, Imamo Ali NAQI (as) dia nanarona ny tavany nanoloana ny maro tamin'ireo mpanaradia azy, ankoatra an'ireo izay tena akaiky azy ihany, ary rehefa tonga tamin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ny raharaha ny imamat, dia niresaka tamin'ireo mpanaradia azy sy ny ankoatra azy ireo izy izay tsy mivantana fa ao ambadiky ny takona, ary izany rehetra izany dia fahalalana manokana avy aminy sy avy amin-drainy talohan'ny hetraketraka sy ny fikasan-dratsy izay nihatra tamin'izy ireo talohan'ny fanjavonan'Imamo ZAMANI (aj), natao izany mba hahatonga ireo mpanaradia azy mba tsy hatahotra rehefa tonga ilay fanjavonana fa ho tony tanteraka, ka tahaka izay no antony nahatonga ilay fisaronan-tava sy ny fiafenana ho lasa fomba mahazatra teo amin'izy ireo….

**Fanontaniana n° 406 :**

Firy taona Imamo AL-Hassan ASKARI (as) no lasa Imamo ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 360 11/01/2021 16:26:18

***Valiny :***

➔ Imamo dia teraka tamin'ny taona 232 hijri, ary Imamo AL-HADI (as) dia nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny taona 254 hijri izay tao anatin'ny vanim-potoana izay nitondran'i Mouta'az Abbassi, taona iray talohan'ny nanesorana azy teo amin'ny fitondrana tamin'ny taona 255 hijri, tokony ho 22 taona izy tamin'ny fotoana izay nandraisany ny raharahan'imamat sy nitarihany ilay ivon-toeran'ny mpino tamin'izany fotoana izany.

***Fanontaniana n° 407 :***

Imamo AL-Hassan ASKARI (as) dia niaina tao anatin'ny vanim-potoana izay nitondran'ny maromaro tamin'ireo Kholafat Abbasiat, ka moa ve azonao atao ny mizarazara izany fotoana izany izay naha Imamo an'Imamo araka ireo fotoana izay nitondran'ireo Khalifat ireo ?

***Valiny :***

➔ Eny, azo atao mihitsy izany, nandritra ny vanim-potoana izay naha Imamo an'Imamo dia nisy khalifa Abbasiat maromaro no nifandimby teo tamin'ny fitondrana, tahaka izao manaraka izao ny fisehon'izany:

Mouta'z dia nitondra taona iray tao anatin'ny vanim-potoana nitondran'immo, ary taorian'izay i Mohtadi izay nahongan'ireo At'rak sy novonoin'izy ireo ihany koa tamin'ny taona 256, izy dia nitondra taona iray ihany koa, ary nanaraka azy i Moutad izay tombanana fa nitondra nandritra ny 4 taona, ary tamin'ny taona 260 hijri dia nandao izao tontolo izao Imamo (as).

***Fanontaniana n° 408 :***

Nanao ahoana ny fihetsikin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) nanoloana ireo zava-nisy tamin'ny vanin'androny amin'ny ankapobeny ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 361 11/01/2021 16:26:18

***Valiny :***

➔ Eto isika dia tojo fahambangana izay nisy teo amin'ny tantara, dia tsy inona izany fa ny tsy fidiran'Imamo tamin'ny raharaha amin'ny ankapobeny izay niseho tamin'ny vanim-potoany….

Nefa kosa raha mijery isika ny fijoroany sy mahakasika ny asany manokana, dia hita nizotra ara-dalàna nanaraka an'izay nataon-drainy, ary izany dia tsy miafina amin'ireo izay mahay mampitaha ny ankilany sy andaniny, ary ny fahafantarana fa izy dia nampiseho fihetsika maro samihafa manoloana ny raharaha izay mifanojo azy.

Ary eto isika dia afaka mizara efatra ny fihetsik'Imamo nanoloana ny raharaha nisy tamin'izay fotoana izy nitondrany :

1. Voalohany nanoloana ireo izay tsy nino ny maha Imamo azy, na ireo izay entina izany na ireo mpitondra, Imamo dia niezaka nilaza ny marina tamin'izy ireo fa izy dia Imamo, nandresy lahatra, nitondra porofo, amin'izay izy ireo tsy hanome tsiny na ho afa-miala rehefa tonga ny andro fitsarana, ary Imamo tsy niditra na nankato ny asan'izy ireo ihany koa.

2. Faharoa, Imamo dia niezaka mafy namaly ireo olana izay napetraka taminy, ary indrindra fa ny fanazavana ny marina.

3. Fahatelo, ny mahakasika ny fijoroany nanoloana ireo mpanaradia azy sy fifandraisany tamin'izy ireo, Imamo dia niezaka mandrakariva nampitandrina azy ireo mba tsy ho tafalatsaka ao anatin'ny fanompoan-tsampy izay nataon'ireo Abbasiina, na koa hanohana azy ireo amin'ny fanaovana izany.

4. Ary fahefatra farany, fampiomanany an'ireo mpanaradia azy ny amin'ny fanjavonan-janany dia tsy iza izany fa Imamo MAHDI (aj) ilay hampijoro ny fahamarinana eto an-tany.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 362 11/01/2021 16:26:18

***Fanontaniana n° 409 :***

Nanao ahoana ny politikan'ireo Abbasiat nanoloana an'Imamo ASKARI (as), ary nanao ahoana ihany koa ny fifandraisana nisy teo aminy sy teo amin'ireo Kholafat Abbasiat ?

***Valiny :***

➔ Ny politika izay nampiasain'ireo Abbasiat tamin'Imamo dia mbola ilay politika izay nentin'i Ma'amoun nanoloana an'Imamo JAWAD (as) iny ihany, ary mbola ilay politika izay nentin'i Motaokil tamin'ny vanim-potoan'Imamo AL-HADI (as) iny ihany koa, izany dia niseho tamin'ny endrika fampidirana an'Imamo tao amin'ny raharaham-pitondrana mba hahafahan'izy ireo manara-maso azy akaiky sy mba hanalavirana azy amin'ny raharaha fitariham-bahoaka sy fifandraisana amin'ireo mpanaradia azy, izany no politika nataon'izy ireo nanoloana an'Imamo, izy dia toa an-drainy ihany koa, voagejageja tao Samarat, ary sahirana ny amin'ny fandehanana mankany amin'ny lapam-panjakana isaky ny alatsinainy sy alakamisy.

Nefa kosa ny fifandraisany tamin'ireo Kholafat dia niaraka tamin'ny fitandremana sy fiambenana izay azo lazainy tena nitombo roa avo heny, ary izy niezaka ny tsy mba hisian'ny raorao izany zavatra anisany nanabeazan-drainy azy, ary izany dia niseho tamin'ny endrika mahazatra, ary izy dia nitazona ilay politika tsy dia miditra lalina, araka izany politika izany ny mpitantara dia tsy afaka nitatitra ireo vaovao izay milaza amin'ny antsipirihany fifandraisana izay nisy teo amin'Imamo sy teo amin'ireo Kholafat izay nitondra tamin'ny vanim-potoany, fa nijanona tamin'ny fitaterana ireo vaovao izay avy tamin'Imamo izay milaza ny nahafaty ireo Kholafat na mpitondra tamin'ny vaninandrony, dia iza izany fa i Mot'az sy i Mohtadi.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 363 11/01/2021 16:26:19

***Fanontaniana n° 410 :***

Indray andro i Motamad dia tonga tao amin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as), ka niteny tamin'Imamo mba hangataka ho azy mba hahatonga azy hijanona eo amin'ny fitondrana mandritra ny 20 taona, ka dia hoy Imamo namaly azy nanao hoe : "Andriamanitra anie hanalava ny androm-piainanao", nefa isika dia nahita fa ny fotoana izay nijanonan'i Motamad teo amin'ny fitondrana dia niampy telo ilay roapolo 20 taona, izany hoe nanomboka tamin'ny 256 hijri ka hatramin'ny 279, ahoana ary no hahafahantsika milaza fa ny antony nahatonga azy tafapetraka teo amin'ny dia noho ny fahasoavana izay azony avy tamin'ilay vavaka izay nataon'Imamo azy ?

***Valiny :***

➔ Ny tsiambaratelon'ilay fiampian'ny telo taona tao ambonin'ilay 20 taona mety noho izy niaina 20 taona ihany koa taorian'ilay vavaka nataon'Imamo azy iny angamba, ka noho izany indrindra no nahatonga ireo riwayat nilaza nanao hoe : valio (izany hoe Imamo) ary mifatesa (i Motamad) 20 taona izay no niheverana fa i Motamad dia nangataka ranom-bavaka tamin'Imamo , nefa efa nitondra telo taona izy talohan'izay, izany hoe ny taona 259 hijri no taona voalohany izay nahatsapan'Imamo fahelemena teo aminy, ny anton'izany dia noho izy vaovao teo amin'ny fitondrana, taorian'ny nanarahan'i Motamad azy sy ireo mpanaramasony, izay niteraka ady teo amin'ireo tompon'ny Zanj, talohan'izany fotoana izany, izany hoe taona 258 hijri.

***Fanontaniana n° 411 :***

Inona no antony naneken'Imamo ASKARI (as) ilay fangatahan'i Motamad mba hangataka tonombavaka ho azy iny ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 364 11/01/2021 16:26:19

***Valiny :***

➔ Ny fihetsika izay nataon'Imamo nanoloana ny fangatahan'i Motamad iny dia misy antony maromaro izay hotanisaintsika toy izao manaraka izao :

1. Imamo tsy te hampibaribary fihetsika mitory fanoherana ho an'ny fanjakana tamin'izany fotoana izany, ary raha ohatra ka nandà ny fangatahan'i Motamad Imamo tamin'izay fotoana izay dia mety ho nadikan'i Motamad fanoherana ny fanjakany izany, na tsy amin'ny fomba mibaribary aza amin'ny farany tsy maintsy niafara tamin'izany foana, nefa izany mihitsy no tsy nitian'Imamo hiseho nahatonga azy nanaiky ny fangatahana izay nataon'i Motamad.

2. Faharoa ny tian'Imamo hahatongavana tamin'ny fanekeny ilay fangatahana izay nataon'i Motamad dia ny hanehoana amin'ireo izay nahita sy nahay izany raharaha izany indrindra fa ilay Khalifa fa Imamo tokoa i ASKARI (as), ary nasehony fa izay hataka ataony dia hovalian'Andriamanitra avokoa, ary tanteraka tokoa izany ka nitondra nandritra ny 20 taona izy, ka noho izany indrindra dia hazava eo amin'ireo olona fa ny resaka imamat zavatra marina tokoa fa ny lalana izay izoran'ilay Khalifat no diso.

***Fanontaniana n° 412 :***

Tena marina fa ilay Dua izay nataon'Imamo dia nivaly tokoa, ary ny Valiny dia nandeha taona lava nefa Imamo AL-Hassan ASKARI (as) dia nino fa io olona io dia mpanao tsindrihazolena sy vely lalana, ahoana ary no fanazavanao izany ?

***Valiny :***

➔ Toy izao ny valin'izany fanontaniana izany :

Tena marina fa Imamo dia efa nahalala mialoha ny andro izay hahafatesan'i Motamad, ka na dia lava izany na fohy, tsy misy mampiavaka azy satria izy tsy maintsy hodimbiasan'ny olona izay mitovy toe-tsaina sy

fironan-kevitra aminy ihany, ary Imamo tsy nikendry velively ny naka ilay fitondrana ka ny fahafatesan'i Motamad no varavarana hahazoany an'izany na hahafahany hitarika sy hanavotra ny vahoaka islamo. Ka noho izany indrindra no nahatonga an'Imamo nijanona tamin'ilay fanehoana porofo ny maha Imamo azy manoloana ireo izay tsy mino izany na ny vatatenany Khalifat araka ny voalazantsika tetsy ambony, ny fanehoana ny fahamarinan'ny imamat no tena nojeren'Imamo bebekokoa ary toraka izany koa ireo izay nanara-dia azy.

***<u>Fanontaniana n° 413 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) nanoloana an'i SAHEBO ZANJ ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Voalohany indrindra tsara kokoa raha fihetsikin'i SAHEBO ZANJ no hofakafakaintsika amin'ny alalan'ireto teboka telo manaraka ireto:

- Izy dia nidina an-dalambe niaraka tamin'ireo mpanaradia azy sady tena mpanohitra ny fitondrana tokoa tamin'izany fotoana izany.

- Manaka izany izy dia nila nitenany fa avy amin'ny taranak'Ilay lehiben'ireo mpino dia tsy iza izany fa Imamo Ali (as), araka ny voalazany izy dia i Ali IBNI MOUHAMMAD IBNI AHMAD IBNI ISSA IBNI ZAID IBNI Ali IBNI AL-Houssein IBNI Ali IBNI ABI TWALIB.

- Fahatelo, ny fialany amin'ireo lalàna izay mifeny ny fiarahamonina satria mitompo tena fa mpampianatra ny finoana islamika, anisan'izay fivoahany tamin'izany lalàna izany ny famonoany olona fakana an-keriny ireo harenan'ny sasany, fandoroan-tanana, faniratsirana ireo vehivavy, izany rehetra dia nataon'ny imbetsaka anarivony mihitsy fa tsy indray mandeha na impolo, nefa tsy mba nahavoasazy azy.

Mazava ho azy ny fihetsik'Imamo nanoloana izany rehetra izany, izy dia nandà azy indrindra fa ireo asa ratsiny ireo, toraka izany koa ny fandavany ny filazany fa izy dia mijoro noho ny antony fampisiana ny fahamarinana sy ny fanaparitahana ny fampianarana izay nentin'ilay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 366 11/01/2021 16:26:19

lehiben'ireo Mpamany (sw), dia tsy inona izany fa ilay fampianarana izay ny imamat no anisany zava-dehibe ambony indrindra izay nentiny…

Anisan'ny fihetsika nasehon'Imamo nanoloana an'i SAHEBO ZANJ ny fandavany ny fitompoantenany fa izy dia avy amin'ny taranak'Imamo Ali (as) iny, ary izany dia hita ao anatin'ny ampahan'ny teny izay nataon'Imamo izay nilaza nanao hoe : **"ary i SAHEBO ZANJ dia tsy avy aminay AHLOU BAYT ny fiaviany".**

***<u>Fanontaniana n° 414 :</u>***

Nanao ahoana ny fihetsik'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) nanoloana ireo mpanaradia azy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny fihetsik'Imamo nanoloana ireo mpanaradia azy dia toy izao manaraka izao, mananatra sy ny nampitandremana azy ireo mba tsy ho voatariky ny fanompoan-tsampin'ireo Abbasi, na koa hanohana sy hanampy azy ireo amin'ny fanantaterahana izany amin'ny lafiny ara-toekarena na amin'ny lafiny ara-piarahamonina, sns.

Ary Imamo tamin'izany fotoana izany dia sady nanao ny asany maha Imamo azy ihany koa ho an'ireo mpanaraka azy, indrindra fa ny fanatanterahana ireo andraikitra ambony izay mijery ny tombon-tsoan'izy ireo sy ny tanjon'islamo.

***<u>Fanontaniana n° 415 :</u>***

Moa azo heverina fa Imamo AL-Hassan ASKARI (as) no voalohany nametraka ilay rafitra nanjakan'ny solontena (wikala'o) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tsy Imamo ASKARI (as) no nametraka io rafitra io voalohany, fa izy io zavatra efa nisy tamin'ny fotoana izay nitondran'Imamo AL-HADI (as) rainy sy talohan'izay, izy io raha ny tena marina dia lalana iray izay nanana ny maha izy azy nifandraisan'izy ireo



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 367 11/01/2021 16:26:19

mba hampandehanana ny raharaham-pirenena sy fananterahana ny filan'izy ireo, ary izy io ihany koa no nahafahan'ireo vahoaka mifandray amin'ireo Imamo, sy ahafahana mandefa ireo vola sy harena zon'izy ireo eo amin'ny finoana islamo.

***Fanontaniana n° 416 :***

Maro ireo ryawayat izay milaza ny mampiavaka an'Imamo AL-Hassan ASKARI (as), indrindra fa ny mitory ny fananany fahalalana, ka moa ve ianao afaka mitondra tantara iray izay mahakasika izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitondra tantara mahakasika izany isika :

Araka ny voalazan'i ibn Shahr Ashoub ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : ( AL-MANAKIB) izay teny nalaina avy tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe (ATABDILO), izay nosoratan'i AL-Koufi ilay mpahay filozofia tao Irak  tamin'ny androny, izy dia nilaza fa ISSAC AL-KINDI dia nanomboka ny fanoratana boky izay mahakasika ireo fifanoherana izay misy ao amin'ny Kor'any (TANAQODOUL KOR'ANI), ka tsy nisahirana tamin'izany izy, ka dia nijanona irery tao an-tranony, ary andro iray nisy ampahany tamin'ireo mpianany niditra tao amin'Imamo ASKARI (as), ary hoy Imamo taminy : "moa ve mba misy olona matotra ao aminareo mahasahy misakana an'ilay mpampianatra anareo dia tsy iza izany fa i Kindi amin'ny asa ataony ao io ?", dia hoy ilay mpinatrin'i Kindi tamin'Imamo : "izahay dia mpiananany, nefa amin'ny fomba ahoana no hahafahanay manohitra sy misakana azy amin'izay ataony ?", ary hoy indray i ABOU MOUHAMMAD (as) taminy : "voa izy mamaly izay fanontaniana apetrakao aminy ?", dia hoy indray ilay mpianatrin'i Kindi tamin'Imamo : "eny, izany tokoa", ary hoy indray Imamo : "mandehana ianao mankany aminy, ka miresaha aminy ampahatsoram-po, ary miaraha aminy ary ampio izy amin'izay ataony, ary rehefa hitanao izy mankafy izany fiarahanao aminy izany

dia teneno izy izy hoe : izaho dia misy zavatra manitikitika ny saiko tiako hanontaniana anao, ary rehefa miteny aminao izy hoe apetraho ny fanontanianao dia izao no lazao azy : raha ohatra misy olona iray mpahay kor'any tonga eo aminao ary hoy izy aminao hoe : moa ve azo atao ny fanovana ny tian'i Allah hambara amin'izay heverinao fa ho dikany na izany efa noraisinao ho dikany ?, dia ho hitanao izy fa hiteny hoe : "azo atao izany, satria izany no dikany tonga ao an-tsainy teo ampahenoana ilay teniny", ary rehefa mamaly anao izany izy dia teneno azy hoe : "iza no mahalala, azo heverina fa mety ny tiany holazaina dia tsy ilay izay heverinao velively, ary mety zavatra hafa mihitsy no tiany holazaina ?".

Ka dia nankany tamin'i kindi ralehilahy, ka niteny teny mahavoa fo taminy amin'izay hahafahany mametraka ireo fanontaniany aminy, dia napetrany taminy ireo fanontaniany, ary hoy Kindi taminy : avereno indray mandeha mandeha ilay fanontanianao, ka dia naverina ilay fanontaniana, dia rendrika tao anatin'ny fieretreretana izy, ary hitany fa zavatra mety mandalo tokoa izany raha ny lalànan'ny teny no jerena, ary sahirana mandinika ilay fijery, ary hoy izy : "mba hifantako amin'ny tenanao, lazao ahy avy aiza no nahazoanao ity fanontaniana ity", ary hoy ilay mpianany taminy : "zavatra nandalo tao an-tsaiko izy io ka dia nanontaniako anao", ary hoy indray i Kindy taminy : "tsy marina izany, olona tahaka anao izao tsy nahatakatra an'izao, na izaho azo aza tsy mba nahatakatra izany azy mihitsy nefa mba anisan'ny manana ny toerako ihany, ka ambarao ahy avy aiza no nahazoanao azy", ary dia hoy ilay mpianany taminy : "i ABOU MOUHAMMAD (as) no naniraka ahy tamin'izy io", dia hoy i Kindi taminy : izao va azoko ilay izy, ny tiany hambara (izay vao haiko ny tena marina), tsy hitahita foana ny zavatra toy itony raha tsy ao amin'ny trano izay misy ny olona toa azy", dia nampiantso izy ny mba hitondrana afo mankany aminy, ary rehefa tonga teo aminy izany dia nodorany avokoa ireo zavatra izay nosoratany tao aminy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 369 11/01/2021 16:26:19

***Fanontaniana n° 417 :***

Maro ireo tantara izay maneho ny fanan'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) fahalalana mahakasika ny any ankoatra na (Ilmo Qaibat), ka moa ve ianao afaka mitondra iray amin'izany tantara izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, hoentintsika eto ilay tantara izay voalazan'i Abi Sahle Al-Balkhi izay miendrika toy izao manaraka izao :

Indray andro nisy lehilahy iray izay nanoratra nankany amin'Imamo mba hanaovan'Imamo dua (vavaka) ho an'ireo ray aman-dreniny, tamin'izay fotoana izay ny reniny dia tsy mpino fa ny rainy kosa dia mpino, rehefa tonga tany amin'Imamo izany taratasy izay dia hoy ny navalin'Imamo azy : ***"ny hinakinaka sy famindram-pon'i Allah anie hoamin'ny rainao".***

Ary nanoratra tany amin'Imamo ihany koa ny lehilahy hafa, niangavy an'Imamo hanao dua (hivavaka) ho an'ireo ray aman-dreniny, ity iray ity indray ny reniny no mpino, fa ny rainy dia mpanompo sampy, izany hoe izy tsy mino ny maha-tokana an'Andriamanitra, ary rehefa tonga tany amin'Imamo izany dia hoy Imamo taminy : "ny famindram-pon'Andriamanitra anie ho amin'ny reninao", ary dia nohamafisin'Imamo tsara ilay soratra indrindra fa ny fanoratana **(ة),** nasiany teboka roa amin'izay tsy hovakiana **(ه),** satria ilay reniny no tena tian'Imamo habaribary amin'ilay dua na vavaka nataony.

***Fanontaniana n° 418 :***

Maro ireo tantara izay milaza ireo porofo sy fahagagana izay nentin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) sy nataony, ka moa ve ianao afaka mitantara iray amin'izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, afaka mitantara izany isika :

Araka ny tatitra izay azo avy tamin'i Abi Hashim izay nilazany nanao hoe: indray andro aho dia niditra tao amin'i ABI MOUHAMMAD (as), ary izy tamin'izay fotoana izay dia teo am-panoratana boky, rehefa tonga ora fivavahana voalohany, dia navelany ilay fanoratana, ka nitsangana izy handeha hamonjy izany fivavahana izany, ary teo indrindra no nahitako ilay peniny tsy nitsahatra fa nanohy ihany ilay fanoratana mandra-pahavitan'izany, ka noho izany dia nitolefika aho nanao soujoudi na niankohoka, ary rehefa avy nanao soalat izy dia noraisiny ilay penina ary taorian'izay izy dia nanome alalana ireo olona hivoaka.

***Fanontaniana n° 419 :***

Maro dia maro ireo teny mamy sy feno anatra izay nataon'Imamo AL-Hassan ASKARI (as), ka moa ve ianao afaka milaza ny ampahany amin'izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, hitanisa ampahany amin'izany isika :

1. Niteny Imamo (as) nanao hoe : **"aza manao ady hevitra izay tsy ahazoana tombontsoa, fa manena ny voninahitrao izany, ary aza dia mivazivazy be loatra fa mahatonga ny olona hosahisahy aminao izany sy mety tsy hanajan'ny olona anao ihany koa".**

2. Niteny ihany koa izy nanao hoe : **"anisan'ny fanetren-tena ny fiarahabana ireo olona rehetra izay eo amin'ny lalana andalovanao, sy ny fipetrahana izay tsy maneho fanambonian-tena".**

3. Niteny indray Imamo nanao hoe : **"ny fon'ireo kondrana dia eo amin'ny vavan'izy ireo, ary vavan'ireo manam-pahendrena dia eo amin'ny fon'izy ireo".**

4. Ary hoy indray Imamo (as) : **"tsy anisan'ny fahalalam-pomba**



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 371 11/01/2021 16:26:19

**ny fanehoana hafaliana eo anatrehan'izay rehetra malahelo".**

5. Niteny Imamo (as) nanao hoe : **"izay olona i Allah no sakaizany sy mpampionona azy, izany olona dia matohotra ireo zanak'olombelona".**

6. Niteny Imamo ASKARI (as) manao hoe : **"raha ohatra ka takatry ny sain'ireo mponina eto an-tany ny tena maha izy azy ity tany ity, tsy ho nifikitra amin'ny fitiavana azy ity velively izy ireo".**

***<u>Fanontaniana n° 420 :</u>***

Anisan'ny valin'iray tamin'ireo fanontaniana tany aloha ilay tenin'Imamo izay milaza manao heo : **"ny fon'ireo kondrana dia eo amin'ny vavan'izy ireo, ary vavan'ireo manam-pahendrena dia eo amin'ny fon'izy ireo",** inona no tiana hambara amin'io teny io ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Hoy aho hoe :

ny zavatra dia hambara amin'io teny io dia toy izao :

ny kondrana miteny aloha izay vao mandinika ilay zavatra noteneniny hoe moa ve iny zavatra noteneniko iny mety sa tsy mety, nefa kosa ny olona manam-pahendrena mifanohitra amin'izay, mandinika ny zavatra tiany holazaina aloha, ary raha hitany ny filazana izany fa hitondra tombontsoa ho azy sy ho an'ny hafa izay vao lazainy.

***<u>Fanontaniana n° 421 :</u>***

Iza kay no namono nahafaty an'Imamo AL-Hassan ASKARI (as)?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalazan'IBNI BABOEI sy ny ankoatra azy fa i Motamad Abbasi no nanome poizina azy ary nahafaty azy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 372 11/01/2021 16:26:20

***Fanontaniana n° 422 :***

Iza avy no nanatrika ny fialan' ain'Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Araka ny tatitra izay azo tamin'ny loharano itokisana, izay avy tamin'i Mouhammad ibn Houssein, izay nilazany nanao hoe :

Andro zoma vita soalat atoandro no fotoana izay nahafatesan'i ABOU MOUHAMMAD (as), ary tamin'ny alin'io andro io izy dia nanoratra taratasy maro be mba halefany mankany Madinat, ary izany dia tamin'ny faha 8 ny volana Rabiol awal taona 260 hijri, tsy nanatrika ny fahafatesany ankoatra an'i Swaiqal mpanampy vaviny sy Oqaid mpanampiny lehilahy ary Imamo **ZAMANI (aj)** zanany.

***Fanontaniana n° 423 :***

Ovina ary no nindaosin'ny fahafatesana Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Niaraka niaika ireo mpahay tantara sy hadith fa Imamo dia nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny faha 8 ny volana Rabiol Awal taona 260 hijri, ary araka ny voalazan'i Sheik Toussi ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (MISBAH), Imamo dia maty tamin'ny voalohan'ny volana Rabiol awal, ary araka ny voalazan'ny besinimaro ihany koa Imamo dia maty andro zoma, misy ny milaza fa andro alarobia, ary ao ihany koa ny milaza fa izy dia maty tamin'ny andro alahady.

Imamo dia maty tamin'ny volana Rabil Akhir taona 260 hijri, araka ny voaray avy amin'ireo tatitra izay nataon'i ibn Baboei.

***Fanontaniana n° 424 :***

Aiza no nalevina Imamo AL-Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Imamo dia nalevina tao amin'ilay trano izay nandevenana andrainy ao SAMARAT ankehitriny.

***Fanontaniana n° 425 :***

Firy taona Imamo Hassan ASKARI (as) tamini'izy nindaosin'ny fahafatesana ?

***Valiny :***

➔ Nanomboka ny niterahany ka hatra tamin'ny fahafatesany, dia mitotaly 29 taona.

***Fanontaniana n° 426 :***

Iza avy ireo zanakin'Imamo Hassan ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia tsy nanan-janaka hafa ankoatra an'Imamo MAHDI (as).

***Fanontaniana n° 427 :***

Imamo ASKARI (as) dia nanana mpanaradia betsaka, moa ve azonao tanisaina ireo tena sangany tamin'izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena afaka manao an'izany tokoa isika, koa toy izao manaraka izao izany :

1. SHEIKAL-AJALABOUAliAHMADIBNIISSACIBNIABDOULLAH IBNI SA'AD IBNI MALIK AL-AHOUSS AL-ASH'ARI.

2. AHMAD IBNI MOUHAMMAD IBNI MOUTWAHAR.

3. ABOU SAHL ISMAEL IBNI Ali IBNI ISSAC IBNI ABI SAHL IBNI NAOBAKHT.

4. MOUHAMMAD IBNI SWALEH IBNI MOUHAMMAD DEHQAN.

## IMAMO MAHDI (AJ)

***Fanontaniana n° 428 :***

Iza marina moa Imamo AL-MAHDI (aj) ?

***Valiny :***

➔ Izy dia i ***MOUHAMMAD IBNI AL-Hassan AL-ASKARI IBNI Ali AL-HADI IBNI MOUHAMMAD AL-JAWAD IBNI Ali REZA IBNI MOUSSA AL-KAZIM IBNI JA'AFAR AL-SWADIQ IBNI MOUHAMMAD AL-BAKIR IBNI Ali SAJAD IBNI AL-Houssein ASHAHID IBNI IMAMO Ali IBNI ABI TWALIB (AS)***.

***Fanontaniana n° 429 :***

Iza no renin'Imamo AL-MAHDI (aj) ?

***Valiny :***

➔ Ny reniny dia taranaka mpanjaka izay zanak'i YSHOUMA IBNI QAISAR mpanjaka romanina, ny reniny dia avy amin'ny taranaky ny iray amin'ireo mpianatr'i JESOSY (as),dia tsy iza izany fa i SAM'OUNA IBNI MAM'OUN IBNI SWAFA, ka ny anaran'ny renin'Imamo dia i NARJES (ra).

***Fanontaniana n° 430 :***

Nanao ahoana ny nifanenan'ny renin'Imamo AL-MAHDI (aj) tamin'Imamo AL-ASKARI (as) rainy ?.

***Valiny :***

➔ Indray andro Imamo AL-HADI (as) dia naniraka an'i BISHRA IBNI SOULAIMAN NAKHASS, izy io dia iray amin'ireo taranak'i ABI AYOUB AL-ANSWARI izay iray amin'ireo mpanaradia an'Imamo, ary mpifanolibodirindrina amin'Imamo ihany koa izy io, taorian'ny fanoloran'Imamo azy, boky iray izay tena mahatehotia tokoa izay natonta tamin'ny teny romanina, ary ireo romanina ihany no nanao



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 375 11/01/2021 16:26:20

ny fanontana izany, dia nomen'Imamo kitapom-bola miloko mavo izy izay nisy vola nitentina 220 Dinar, ka dia nasian'Imamo famantarana teo amboniny, dia hoy Imamo taminy : raiso ity ary ento mankany Bagdad, ary amin'ny andro ohatra an'izao ianao dia tongava eo amin'ny tetezan'ny Fourat, ary rehefa tonga eo akaikinao ireo lakanan'i Sabayat, dia ho hitanao ao anatin'izany ireo andevovavy, ary hahita ireo mpividy avy amin'ireo solontenan'ireo loholona avy amin'ireo fitondrana ABBAS, ary toraka izany koa ireo vondron'ireo tanora arabo, rehefa hitanao izany dia manantona an'ilay olona izay antsoina hoe : (Omar ibn Yazid Anakhas) amin'ny mitatao vovonana, satria amin'io fotoana io no hanehoany an'ireo andevovavy izay miendrika toy izao sy izao amin'ireo mpividy, mitafy lamba landy matevina, tena tsy tian'izy io izy hokasihin'ireo mpividy, ary tena tsy manaiky izay mikasa hanatona azy mba hitsapa azy, dia haheno feon'ny tomany ianao izay hivoaka avy anatin'ny sarona lamba manifinify, dia fantaro fa izy dia hiteny hoe : "esory ity sarona ity", dia amin'izay fotoana hisy hiteny amin'ireo mpividy fa misy vola mitentina 300 Dinar ny any aminy, ny fahadiovam-pitondratenany vao maika mahasarika ahy aminy, dia teneno aminy amin'ny teny arabo hoe : "***raha mba hiseho teo amin'ilay toerana fisehoana izay antsoina hoe fisehoan'i Soulaiman ibn Daoud ianao, ary toa heverina ho fananany, teo indrindra no vao mainka nahasarika ahy taminao, ka mitandrema ianao amin'ilay mpanjaka***", dia hiteny i Nokhas hanao hoe : ***"fa dia inona loatra no fikafika nisy nahatonga anao havidy ?"***, dia hiteny ilay andevovavy hoe : "***inona ny mahamaika, moa ve tsy tokony hisafidy izay entam-barotra (andevovavy) izay hahafa-po sy atokisana ny fanajany ny toky apetraka aminy izay vao tokony hividy ?***", ary rehefa maheno izany ianao dia mitsangana ka manatona an'i Omar ibn Yazid Anoukhas, ary lazao azy hoe : "***aty amiko dia misy boky mahafinaritra izay anisan'ireo boky manana ny maha izy azy, izay nosoratan'ny manampahaizana romanina, ary nosoratany tamin'ny teny romanina izy io, voalaza ao anatin'izy ity ireo***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 376 11/01/2021 16:26:20

***mombamomba ilay tompony, ny voninahiny, ny fanajany teny nomeny, ny fahalalany, ny fahalalahan-tanany, ka homentsika an'io andevovavy io izy ity mba hahafahany mandinika ny mahafantatra ny fitondran-tenan'ny tompon'ity boky ity, fa raha mahafaly azy ny ao anatiny, izaho no solontenany amin'ny fividianana azy aminao***".

Niteny i Bishr Inbi Soulaiman nanao hoe : izay rehetra nolazain'Imamo ABOU AL-Hassan (as) tamiko nahakasika an'ilay andevovavy dia niseho avokoa, rehefa avy nijery ny tao anatin'ilay boky ilay andevovavy dia nigogogo nitomany fatratra, dia hoy izy tamin'i Omar ibn Yazid : "***avidio amin'ny tompon'ity boky ity aho***", ary nifanta tamin'ny Tompo Allah izy fa raha sakanana izy tsy hividy amin'ny tompon'ilay boky dia hamono tena, nefa mba niezaka nampiakatra ny vidiny ihany ilay mpivarotra, amin'ny farany nifanaraka tamin'ny vidiny izahay izay tena nifanandrify tamin'ny vola izay nomen'Imamo ahy, ka dia nomeko azy ilay vola, ary izaho kosa naka an'ilay andevovavy hoentiko mody, velona tsikitsika anefa ity farany rehefa azoko, dia nandeha izahay roa…

***<u>Fanontaniana n° 431 :</u>***

Nanao ahoana ny nahatonga an'ilay renin'Imamo MAHDI (aj) andevo, ary inona no zava-nisy nahatonga azy nobaboina ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voaray avy tamin'i Bishra ibn Soulaiman, nilaza izy hoe: nanontany azy aho hoe : "***inona no antony nahatonga anao ho babo?***", dia hoy izy tamiko : "***nilaza tamiko tao anatin'ny nofy indray alina i ABOU MOUHAMMAD (as), hoy izy tamiko : (tena marina fa ny raibenao dia nitondra miaramila maro hoentiny manafika ireo mpino islamo amin'ny andro toy izao, ary ireo mpino hanaraka azy ireo ao aoriana, ka aoka ianao hihaona amin'izy ireo, manaova endrika mpiasa ianao (mitafia fitafin'ireo mpiasa), ary miaraha amin'ny mpanampy maromaro amin'ny***

***Ialana ohatra an'izao sy izao***", ka dia nataoko avokoa izany rehetra izany, ka dia nifanojo tamin'ireo moslimo izahay, ary izaho izao hitanao izao, ary hatramin'ny androany tsy nisy na iray tamin'izy ireo nahatsapa fa zanaky ny mpanjakan'i Roma aho, ankoatra anao izao, noho izaho nilaza taminao ihany koa no nahatonga anao nahalala, ary efa nanontany ny anarako ilay olona izay nahazo ahy, nefa tsy noraharahiko, fa hoy aho taminy : NARJES no anarako, dia hoy izy tamiko : "***anarana andevo izany***".

***<u>Fanontaniana n° 432 :</u>***

Moa ve niteny arabo ny renin'Imamo MAHDI (aj) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, ary izany dia vokatry ny fitiavan'ny raibeny azy, ka nahatonga azy nampianatra azy ireo hainteny, nisy vehivavy iray no nanao mpandikatenin'i Kaisara rehefa tojo fahasahiranana izy, nalefa nampianatra an'ilay renin'Imamo izy io, maraina sy hariva izy io dia mankany amin'ilay renin'Imamo foana hampianatra azy ny teny arabo, ka rehefa taty aoriana dia voafehiny tsara ilay izy.

***<u>Fanontaniana n° 433 :</u>***

Oviana no teraka Imamo MAHDI (aj) ary taiza ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niteny i ALAMATOU MAJLISI (ra) tao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (JALA'A OUYOUN), fa ny tena malaza tamin'ny nahaterahan'Imamo SWAHEBOUL ASRO (aj) dia tamin'ny taona 255 Hijri, ary malaza ihany koa fa ny andro nahaterahany dia faha 15 ny volana Sha'abaan.

Ary izy dia teraka tao SAMARAT ankehitriny io araka ny voalazan'ny besinimaro, izany any Irak.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 378 11/01/2021 16:26:20

***Fanontaniana n° 434 :***

Iza no anarana fiantsoana an'Imamo MAHDI (aj) ? Ary moa ve niazo atao ny miantso azy tamin'ny anarany tamin'ny fotoana fanjavonana ?

***Valiny :***

➔ Ny anarana hoentin'Imamo sy anarana fiantsona azy(koniat) dia mitovy tsy misy valaka tamin'ny anaranan'ny Mpaminany (as) ary toraka izany koa ny anarana fiantsoana azy, tena tsy azo atao mihitsy anefa ny miantso azy(Imamo) tamin'ny anarany nandritra ny vanim-potoana fanjavonana, ny tsiambaratelo sy ny fahendrena amin'izany dia tsy fantatry ny besinimaro.

***Fanontaniana n° 435 :***

Iza avy ireo anarana sy anarana fiantsoana ary anarambositra izay nentin'Imamo MAHDI (as) ?

***Valiny :***

➔ Tena maro tokoa ny anaran'Imamo, ary toraka izany ihany ireo anarambositra izay nentiny, i topokolahy SHEIK NOURI (ra) ilay tompon'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe (ANAJM SAKIB), roa amby valopolo sy roanjato (282) amin'ireo anaran'Imamo no notanisainy tao anatin'io boky io, ka eto isika dia nitanisa ny ampahany amin'izany :

1. ***BIQIATOULLAH***
2. ***AL-HOJA***
3. ***AL-KHALF na AL-KHALF ASWALEH***
4. ***ASHARID***
5. ***AL-GHARIM***
6. ***AL-QAEM***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 379 11/01/2021 16:26:20

7. ***MOUHAMMAD***

8. ***AL-MAHDI***

9. ***AL-MONTAZWAR***

10. ***AL-MA'OUL AINI***

***Fanontaniana n° 436 :***

Inona no antony nanomezana an'Imamo MAHDI (aj) ilay anarambositra hoe (BAQIATOULLAH) ?

***Valiny :***

➔ Nantsoina hoe BAQIATOULLAH Imamo araka ity riwayat ity izay milaza manao hoe : rehefa mivoaka Imamo MAHDI (aj) dia hankininy amin'ny trano KABBAT ny lamosiny, ka hanoloana azy amin'io fotoana ireo andian'olona izay miisa 313 lahy, ary ny zavatra hataon'Imamo voalohany amin'izany dia ny famakiana ilay andalana masina milaza manao hoe : "***raha mpino ianareo, dia ny zavatra maharitra omen'Andriamanitra(baqiatoullah), no tsara ho anareo***", ary rehefa vita izany dia mbola hiteny ihany koa izy hoe : "***izaho no zavatra maharitra omen'Andriamanitra (BAQIATOULLAH) sy vavolombelony ary solontenany eo aminareo"***, tsy azo lazaina nankato azy na mietry eo anatrehanay ny mpino iray raha tsy miteny manao hoe : "***fandriampahalemana an'ireo hirotsaka aminao ry BAQIATOULLAH eto an-tany***".

***Fanontaniana n° 437 :***

Inona no antony nanomezana an'Imamo MAHDI (aj) ilay anarambositra hoe (AL-HOJA) ?, satria io dia anisan'ireo anarambositra tena malaza izay nahalalana an'Imamo, ary maro amin'ireo ranom-bavaka sy ireo vaovao mahafaly momba an'Imamo no ahitana matetika io anarambositra io, ary maro amin'ireo mpahay hadith miaraka amin'ireo Imamo sasany no milaza azy io, ireo Imamo mihitsy azo no lazaina fa HOJATOULLAH



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 380 11/01/2021 16:26:20

eo amin'ireo zava-boahariny, ary heverina ihany koa fa io anarana io dia itovizan'izy ireo avokoa, nefa kosa na aiza na aiza ahitanao io anarana io ka hitanao miaraka aminy ihany koa ireo famantarana mampiavaka azy dia Imamo MAHDI (aj) izay no tiana holazaina aminy.

***<u>Valiny :</u>***

➔ Araka ny voalazan'ny sasany amin'ireo manampahaizana, ny dikan'ilay anarambositr'Imamo hoe (HOJATOULLAH) io dia mpandresin'ny Tompo Allah, midika ihany ho fanjakana eo amin'ny zava-boahary rehetra, ary izy roa ireo zavatra tsy maintsy hisy sy ho tanteraka avokoa rehefa mivoaka izy, ary ny peratr'Imamo ihany koa dia misy soratra hoe : "***ANA HOJATOULLAH***", izay azo adika hoe : ***"izaho no vavolombelon'Andriamanitra".***

***<u>Fanontaniana n° 438 :</u>***

Inona no antony nanomeza an'Imamo MAHDI (aj) an'ilay anarambositra hoe (AL-KHALF) na al-KHALF ASWALEH ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Niverimberina matetika tamin'ny molotr'ireo AYMAT (as) io anaram-bositra io, ary ny tiana holazaina amin'izy io dia Khalifat (mpandimby na solontena), izany hoe, Imamo MAHDI (aj) dia solontenan'ireo Mpaminany maro tany aloha ary solontenan'ireo mpandimby an'ireo Mpaminany ihany koa, nivondrona tamin'Imamo avokoa ireo fahalalan'ireo olona masina talohany, toraka izany koa ireo toetra tsaran'izy ireo, ary ireo zavatra izay mampiavaka azy ireo, izay nolovain'izy ireo tamin'ny Tompo Allah ary nifindra tamin'ny tsirairay avy, ka izy rehetra ireo dia nivondrona tamin'Imamo avokoa.

Ary araka ny voalaza ao amin'ilay hadith Laohy al-Ma'arouf izay nihitan'i JABIR tao amin'i ZAHRA (as), taorian'ny nilazany fa ny momba an'Imamo ASKARI (as), hoy indrindra ilay boky, ny zanany mameno ny rainy, na koa **Khalfo** dia hinakinaka ho an'izao tontolo izao, ary hita

aminy avokoa ireo toetra tsara izay naha sangany an’i **ADAMA** (as), tahaka izany ireo fahalemem-pon’i naby **IDRISS** (as), sy ny fahatonian’i naby **NOUH** (as), ary ny fahatsoram-pon’i Naby **ABRAHAMA** (as), ary ny tanjak’i naby **MOUSSA** (as), ny fahalalahan-tanan’i Nabi **ISSA** (as), ary tsy hadinoina ny faharetan’i naby **AYOUBO** (as).

***Fanontaniana n° 439 :***

Inona no antony nanomeza an’Imamo MAHDI(as) ilay anarambositra hoe : “**SHARID**” ?

***Valiny :***

➔ Tena faheno matetika avy amin’ireo AYMAT (as) io anarambositra io, ary indrindra fa ny tena mpiteny azy io matetika dia Imamo Ali (as) sy Imamo BAQIR (as), ka ny dikan’ilay teny hoe “**SHARID**” dia “TWARID”, izany hoe mpandositra amin’ity vahoaka very lalana ity, tena tsy fantatr’izy ireo mihitsy iza izy, tsy fantatr’izy ireo ihany koa ny tombontsoa entin’ny fisiany eo amin’izy ireo, ary tsy mba nanaiky ny hanome ny zony ihany koa izy ireo, na koa tsy mba nisaotra azy velively, nefa kosa izy ireo, taorian’ny fahakivian’Imamo tamin’ny fiandohan’ny fanjakazan’izy ireo taminy, sy famonoana azy ary indrindra fa ny fampijaliana ireo fianakaviany ka ilay akanga sisa nanamborana tamin’izy ireo dia natao sesitany, ary nesorina tao ampon’ireo mpampiasa teny sy penina, ka noho ny anton’izany indrindra no nahatonga an’Imamo MAHDI (aj) niteny tamin’i **IBRAHIM IBNI Ali IBNI MAHZIAR** nanao heo : ***“tena marina, ny raiko dia nanome baiko ahy ny amin’ny mba tsy hipetrahako eto an-tany, raha tsy miafina aho, izany a***nefa mifono tsi***ambaratelo ny amin’ny momba ahy, mba hoentiny miaro ahy sy manatsara ny toerako manoloana ireo olom-bery”***, dia hoy indray izy hoe : ***“niteny ny raiko nanao hoe : “aoka ianao ry zanako hifikitra mandrakariva amin’ny fiafenana eto an-tany, ary tandremo ny manaraka ireo mafy fo, fa tena marina, mbola tsy nisy sakaizan’Andriamanitra ka tsy ho nanana fahavalo izay misakatsakana sy manohitra ary manelingelina”.***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 382 11/01/2021 16:26:21

***Fanontaniana n° 440 :***

Inano ny antony nanomezana an'Imamo MAHDI (aj) an'ilay anarambositra hoe : "AL-GHARIM" ?, moa ve izy io midika MADINO sa midika DA'INO ?

***Valiny :***

➔ Dia hoy aho hoe, izy io dia anisan'ny anarambositra voatokana ho an'Imamo MAHDI (aj), maro ireo hadith izay milaza fa anisan'ny anarambositrin'Imamo izy io, tsara ny manamarika fa nadikan'ny **GHARIM** dia tompon-trosa, nefa azo adika ihany koa ho mpitrosa, eto anefa dia ilay dikany voalohany no kendrena, na tiana hahatongavana, io anarambositran'Imamo io dia tahaka ny fitenenan'izy ireo hoe : "GHOLAM", io no fiantsoan'ireo mpanaradia azy rehefa mila hiteny azy izy ireo, indrindra raha mila mandefa zavatra any aminy na any amin'ireo solontenany, na koa mila fananarana avy aminy na koa mila zavatra avy aminy, izany no nataon'izy ireo mba ho fiarovana azy (taqiat), ary Imamo dia nanana trosa tamin'ny ankamaroan'ireo mpandraharaha ara-pambolena sy arak'asa ary tamin'ireo mpandraharaha ara-barotra ihany koa, eny fa na ireo tsy mpandraharaha aza. Ary niteny i Alamatoul **MAJLISI** (ra), fa ilay teny **GHARIM** dia mety hidika ihany koa hoe: "***dobon-trosa***", ka noho izany ny antony niantsoana azy amin'io anarambositra io dia noho izy niafina tahaka ny fiafen'ireo olona izay dobon-trosa, miafina mba tsy hohitan'ilay olona manana trosa aminy, na ny anton'izany ihany koa, noho ireo olona nitady an'Imamo (aj) hakan'izy ireo fahalalana sy ny momba ny lalàn'Andriamanitra, nefa izy nandositra azy ireo noho ny anton'ny taqiat na fiarovan-tena, ka noho izany dia nantsoina izy hoe : "GHARIMO MOSTATIR", na ilay dobon-trosa mpiafina, ny hinakinakin'ny tompo Allah anie hirotsaka aminy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 383 11/01/2021 16:26:21

***Fanontaniana n° 441 :***

Inona no antony niantsoana an'Imamo MAHDI (aj) hoe : "AL-QAEM" ?

***Valiny :***

➔ Eto am-piandohana dia tsara manamafy fa ny tokony ho izy dia aoka isika hiteny hoe : "**AL-QAEM BIAMRILLAH**" (na ilay mpampijoro ny raharahan'i Allah), nantsoina amin'io anarana io Imamo satria izy dia tsy mitsahatra andro aman'alina ny manara-maso ny manaraka antsakany sy andavany ireo raharahan'Andriamanitra mba hahatonga an'izany hibaribary tokoa eo anatrehan'ireo zanak'olombelona.

Ary misy ny milaza fa ny antony niantsoana azy tamin'io anarana io dia noho izy hampijoro ny fahamarinana eto an-tany, ary araka ny voaray avy tamin'i SWAQR IBNI ABI WALAF izany nitenenany hoe : "indray andro dia nanontany an'i ABA JA'AFAR MOUHAMMAD IBNI Ali REZA (as) aho nanao hoe : ***"inona no antony niantsoana azy hoe : "AL-QAEM) ?, dia hoy izy tamiko : "satria izy dia hitsangana indray izy aorian'ny fanadinoana azy, ary hiverin-dalana ny ankamaroan'ireo ireo miteny ny maha Imamo azy".***

Araka ny vaovao azo avy tamin'i ABOU HAMZAT ASSOUMALI, izay nilaza hoe : izaho dia nanontany an'Imamo AL-BAQIR (as) hoe : ***"ô ry zafin'ny Mpaminany (sw) !, fa anga tsy ianareo rehetra no mpampijoro ny fahamarinana ?"***, dia hoe ny navaly ahy: izany indrindra ka, dia hoy indray aho taminy : ***" fa inona no antony niantsoana an'Imamo farany QAEM ?",*** dia hoy indray izy tamiko : "rehefa novonoina ilay raibeko, dia tsy iza izany fa Imamo AL-Houssein (as) nigogogo nitomany nankany amin'ny Tompo Allah ireo anjely sady nidradra taminy, ary hoy izy ireo taminy : "ô ry tomponay, ô ry ilay lehibenay, moa ve variana ianao ka tsy mahita ny famonoana ilay solontenanao sy zanaky ny solon-tenanao, ary ilay safidinao tsara eo amin'ireo zava-boaharinao ?!", dia nandefa hafatra tamin'izy ireo ny Tompo Allah hoe : "mitonia ianareo ry anjeliko,



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 384 11/01/2021 16:26:21

noho ny halehibiazako sy voninahitro no ifantako fa tsy maintsy hanao valifaty amin'izy ireo isika aoriana kely ao", taorian'izay dia nomen'ny Tompo Allah alalana ireo IMAMO avy amin'ny taranak'Imamo Houssein (as) hahita ireo anjely, ka dia nobitsihin'ireo anjely tamin'izy ireo ilay hafatra momba an'ilay valifaty, tamin'izay fotoana izay anefa, nisy iray tamin'izy ireo teo am-pitsanganana (nanao soalat), dia hoy ny Tompo Allah tamin'ilay teo am-pitsanganana izay teo nanao soalat : "***mamalia faty amin'izy ireo***".

***<u>Fanontaniana n° 442 :</u>***

> Inona no antony nanomezana an'Imamo MAHDI (aj) ilay anarambositra hoe : "AL-MONTAZWAR" ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Satria ireo zava-boahary rehetra tsy misy ankanavaka dia samy miandry ny fahatongavan'Imamo MAHDI avokoa.

***<u>Fanontaniana n° 443 :</u>***

> Inona no dikan'ilay anarambositr'Imamo MAHDI (aj) hoe : **"AL-MA'O AL-MAGNINO" ?**

***<u>Valiny :</u>***

➔ Dia hoy aho hoe: ny dikan'io anarambositr'Imamo io dia, rano mikoriana amin'ny tany, ary ny voalaza ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (KAMALO DINY) sy (GHAIBATOU SHEIK), izay itenenan'Imamo BAQIR (as) mahakasika ilay andalana ao amin'ny boky masina kor'any izay milaza manao hoe : ***"lazao hoe: "fa ahoana ny hevitrareo ? Raha milentika any amin'ny farany lalina indrindra any anaty tany ny rano, dia iza àry no hitondra loharano ho anareo ?""***, tena marina izy io dia nidina tamin'ilay AL-QAEM, dia hoy indray izy : ***"rehefa manjavona ilay imamonareo, ka tsy hohainareo intsony ny toerana misy azy, iza no hitondra Imamo ho anareo izay hitondra vaovaon'ny lanitra sy ny tany,***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 385 11/01/2021 16:26:21

***sy ny azo atao miaraka amin'ny tsy azo atao ?",*** dia hoy indray Imamo: mba hifantako amin'i Tompo allah, fa io andalana io dia misy fanazavana azy, ka tsy maintsy misy fanazavana azy izy io.

Misy vaovao hafa izay azo mitovitovy amin'ilay voalaza etsy ambony ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe : (GHAIBATOUL NOGN'MANI) sy (TA'WILOUL AYATI), izay ahitana ny fampitoviana ny rano, satria izy io dia miantoka ny fitohizan'ny fiainan'ny zavatra rehetra izay hita mibaribary, ka izany fiainana izay misy noho ny fisian'ilay fisiana goavana (Allah) ary izay ambaratonga farany ambony amin'ny fisiana sy feno indrindra ary tsy mba misy fiafarana mihitsy mihoatra amin'ny fiainana izay mitohy hono ny anton'ny rano, ary izany fiainana miankina amin'ny rano izany dia fiainana avy any aminy ihany koa.

***<u>Fanontaniana n° 444 :</u>***

Inona avy ireo famantarana nisy tamin'Imamo AL-MAHDI (aj) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Voalaza fa Imamo AL-MAHDI (aj) no tena nitovy endrika tamin'ilay raibeny indrindra dia tsy iza izany fa i Rassoulillah (sw), toraka izany ihany koa amin'ny lafiny fitondran-tena, ary araka ireo riwayat Imamo dia nanana endrika fotsy izay mangalatra menamena, somary lasa vonivony anefa izany noho akon'ny fanaovany soalat amin'ny alina, somary be handrina izy, mitohy ireo volomasony, lava orona ihany koa izy, tsara tarehy, ary ny fahazavan'ny tarehiny dia manjelanjelatra amin'ilay volom-bavany sy ny volon-dohany , izany hoe maneho ny haintin'ireo volony, manify tarehy, misy tandra eo amin'ny takolany havanana izay toa kitana manjelatra ny endriny, misy sori-bilana eo amin'ny lohany masina, be tenda sy be soroka izy, mainty ireo sisin'ny masony roa, misy famantarana ny eo amin'ny lohany, be hatoka ihany izy, mitovy amin'ilay raibeny Imamo Ali (as) ny eo amin'ny kibony sy eo amin'ny ranjony.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 386 11/01/2021 16:26:21

**<u>Hita ao amin'ireo hadith izay milaza ny toetoetrany :</u>**

***Ilay MAHDI dia vorombolan'ny paradisa, ny tarehiny dia toy ny volana mamiratra, manintona tokoa ny hazavana amin'ny tarehiny, ilay hazavana eo amin'ny tarehiny dia mirehitra maneho fa ilay fanazavana dia fahazavana masina, ary izy dia toy ny voninkazo fotsy manitra sy voninkazo mena marevaka manintona izay mijery azy izay toa mandon'ny ventinorana, ka somary nampalazoin'ny rivotra, izy dia toa ny rantsankazo miala amin'ny fotony, sady tsy lava no sady tsy fohy, izany antonony ny fitsanganany,eo amin'ny takolany havanana dia misy tandra izay, manana famantarana izay tsy dia hitan'ny maso mivantana loatra ihany koa Imamo, anisan'izany ny fitoviany amin'ny NABI (sw) sy ireo raibeny hafa izay madio tsy voapetin'ny ota.***

***<u>Fanontaniana n° 445 :</u>***

Moa ve Imamo AL-MAHDI (aj) dia heverina ho farany amin'ireo solon-tenan'ny Tompo Allah ety an-tany ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, tena farany amin'ireo solon-tenan'ny Tompo Allah izy, ary volaza fa misy famantarana ao amin'ny lamosiny tahaka ilay famantarana ao amin'ny lamosin'ny Mpaminany (sw) izay nanondro fa izy no Mpaminany farany , ary mety io famantarana ao amin'ny lamosin'Imamo io porofo iray ihany koa manambara fa izy no solon-tenan'Andriamanitra farany.

***<u>Fanontaniana n° 446 :</u>***

Inona no antony nampisiana fahagagana tamin'ny fahaterahan'Imamo MAHDI (aj) ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny anton'izany dia faneriterena sy tsindrihazolena izay nataon'ny fanjakana ambony tamin'izay fotoana izay, nefa ny fisian'ny olona

iray izay manana ny maha izy azy sy manana fahasahiana ary mijoro amin'ny fanatanterahana ilay tanjon'ny Tompo Allah, nefa sarotra ny hiaro ny ain'izany olona izay amin'ny alalan'ny fomba mahazatra manoloana ireo mpitondra tamin'izay fotoana izay, ka noho izany tsy maintsy nampiasa fahagagana mba hoentina miaro azy, mba hahatanteraka ilay tanjona lehibe dia tsy inona izany fa ny tari-dalana ny zanak'olombelona amin'ny ho avin'izao tontolo izao.

***Fanontaniana n° 447 :***

Inona no antony nilazana fa marainy no nahaterahan'Imamo MAHDI (aj) fa tsy antoandro na alina ?

***Valiny :***

➔ Mazava ho azy fa ny antony nilazana fa tamin'ny maraina no teraka Imamo dia noho ny fanamafisana ny fiarovana azy sy ny fanafenana azy, ary ny fianakavian'Imamo vao maraina mangiran-dratsy dia efa mifoha avokoa, anisan'ny mahazatra azy ireo izany, nefa ireo mpitsikilon'ny fitondrana tamin'izany ora izany dia rendriky ny torimaso avokoa.

***Fanontaniana n° 448 :***

Raha ohatra ilay MAHDI (aj) heverina fa mbola velona, sy miaina miaraka amin'ity taranaka izay misy amin'izao fotoana izao, izany anefa nandritra ny taonjato folo be izao, ary mbola hiaina eo ihany mandra-pisehoany eo amin'ilay sehatry ny raharaha, fa ahoana no hahafan'izany olona izany miaina ao anatin'ny taona lava be izany, izay miala amin'ny lalàn'izao tontolo izao, izany hoe toa tsy nandalo fahanterana sy faharerahana mihitsy, teo amin'ireo ntaolo ny olona miaina lava be toy izany dia efa nandalo fahafatesana raha ny tokony ho izy, ary zavatra mety hisy izany ary mety hiseho ?

***Valiny :***

➔ Io fanontaniana lava be io azo tenenina amin'ny endrika hafa hoe : moa ve ny zanak'olombelona mety afaka miaina mandritra ny taonjato maromaro,…io teny mety afaka io dia manana dika telo be izao :

1. Mety arak'asa
2. Mety ara-tsaina
3. Mety ara-lojika sy ara-filozofia

Ny mety arak'asa na (imkany amaly), dia fetezan'ny zavatra iray amiko na aminao, na koa amin'olona hafa, mety tena mety tokoa ary tanteraka tokoa, tahaka ny fandehanana mamakivaky lalana lavitra, fiampitana eny ampitan-drano, fandehanana any amin'ny volana, mety arak'asa ny zavatra iray raha ohatra tanteraka tokoa ny fanaovana azy, ka eto izay manao zavatra iray ka tanteraka tokoa amin'ny endrika izay nokendreny na hafa.

Fa ny fetezana ara-tsaina kosa, dia zavatra izay tsy mety tanteraka arak'asa amiko na aminao, na dia nampiasa fitaovana manaraka ny toetr'andro aza isika mba hahatanteraka azy, nefa tsy misy fijery ara-pahalalana izay hanondro ny zavatra izay hahatanteraka azy na koa hanaporofoana ny maha mety azy, na fahatanterahan'izany na dia mampiasa fitaovana ara-potoana aza, ny fiakaran'ny zavatra iray na ny filatsahany dia manaraka ny toe-javatra misy, ary manaraka fitaovana izay ampiasaina hahatanteraka izany, ny fiakaran'ny olona mankany amin'ilay planeta veniosy, tsy misy amin'ireo fahalalana izay misy no manda ny fahatanterahany, fa kosa ireo sampam-pijery rehetra dia mijoro sy manamafy ary manambara ny fetezan'ny fiakarana mankany na dia mbola tsy afaka miakatra any aza aho sy ianao ankehitriny, satria ny mampiavaka ny fiakarana mankany amin'ny planeta veniosy sy ny miakatra mankany amin'ny volana dia ny hafanana sy halavirana; tsy midika anefa izany fa ny fiakarana mankany amin'ny planeta veniosy

tsy misy hafa tsy hasarotana izay haterak'ilay halavirany, ny fiakarana mankany dia zavatra mety tanterahina ara-tsaina na dia mbola tsy mety tanterahina arak'asa aza izany ankehitriny. Ary mifanohitra amin'izay ny fiakarana mankany amin'ny masoandro, satria izy io dia tsy mety arak'asa (na tsy azo tanterahina mihitsy), izany hoe ny fahalalana tsy mba hieritreritra sy tsy nahatakatra ny fahatanterahan'izany, satria ny mba nisaina ny hanatanteraka sy hanao andrana an'izany, indrindra fa ny fieritreretana ny hanamboatra akanjo vy hoentina miaro amin'ilay hafananan'ny masoandro, ity farany anefa miendrika fata-mihiboka izay miledaleda ny afo ao anatiny sady mafana tokoa, izany anefa no mandalo ao an-tsain'ny olona; ny fetezana ara-lojika na ara-filozofia kosa dia zavatra izay tsy mba misy ao an-tsaina mihitsy izay mitovy amin'ireo lalàna tany aloha izay niorina tamin'ny alalan'ny fahazarana no afaka manda ny tsy fahatanterahan'izany.

Tsy lojika ny fieretreretana ny fizaran'ny voasary telo ho roa mitovy nefa ny iray amin'izy ireo tsy ho sasahiny roa, satria ny saina dia mahatakatra tsara alohan'ny hanaovana ilay andrana (fizarana) fa ny isa telo dia isa tsiankasa (impair) fa tsy isa ankasa (pair), ka ny isa tsiankasa dia tsy mety zaraina roa mitovy velively, fa raha mety zaraina roa mitovy izy dia isa ankasa izy izay, ka tsy eken'ny saina ny isa iray sady ankasa izy no sady tsiankasa amin'ny fotoana iray, fifanoherana izany, ka ny fifanoherana dia tsy misy fika eo amin'ny lojika. Nefa kosa ny fidiran'olona iray ao anaty afo nefa izy tsy may, na koa ny fiakarany any amin'ny masoandro nefa tsy handoro azy ilay masoandro dia zavatra ekena lojika ary tsy misy fifanoherana satria azo atao ny manombana ny tsy fandoroan'ny zavatra ambony hafanana ny zavatra izay ambany hafanana, ary ny zavatra tsapa eto dia ny fifanoheran'ny lalàna mifeny ny fandoroana ihany, satria ny andrana rehetra dia efa nanamafy fa ny zavatra be hahafanana mandoro ny zavatra kely hafanana mandrapahatongan'ny hafanan'izy roa hitovy.

Ka tahaka izay no namaritanay an'ilay fetezana ara-lojika, izay mivelatra kokoa noho ny fetezana ara-tsaina, ary ilay ara-tsaina mivelatra kokoa



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 390 11/01/2021 16:26:21

noho an'ilay arak'asa. Ary tsy misy isalasalana fa ny fahatratraran'ny olona iray arivo taona maro dia anisan'ny zavatra mety (fetezana) ara-lojika, satria izany dia anisan'ny zavatra ahitana fika raha ny fijery ara-tsaina izay mahay mamakafaka no jerena, tsy mba hahitana fifanoheran-javatra mihitsy ny amin'io fijery io indrindra ny amin'ny fahatanterahany, satria ny fiainana dia tsy zavatra miankina na mifono fahafatesana haingana ihany, tsy azo iadiana hevitra ny amin'izany.

Toraka izany ihany koa tsy isalasalana ary tsy azo iadian-kevitra ny halavan'ny andro iainana dia zavatra tsy ho tanteraka arak'asa tahaka ny fahatanterahan'ny fidinana any ambany rano lalina any na koa toa ny fiakarana any amin'ny volana, ary ny anton'izany dia noho ny asa izay mitaky ny fisian'ny fitaovana hoentina manatanteraka izany, ary azo ampiasaina izany amin'ny alalan'ny andrana izay ataon'ny zanak'olombelona ankehitriny, tsy afaka hitohy mandritra ny taonjato maromaro ny androm-piainan'ny zanak'olombelona, ary noho izany indrindra mahatonga antsika mahita ny ankamaroan'ny olona mitandrina fatratra eo amin'ny fiainany sy herim-batany amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fahefana rehetra eo am-pelantanany, nefa tsy misy firy ny azony amin'ny taonany ankoatra an'izany fetra efa mahazatra ihany. Fa raha ny mahakasika ny fetezana ara-tsaina kosa, tsy mbola nisy porofo ara-tsaina afaka mandà ny tsy fetezan'izany ara-pijery. Ary ity resaka ity dia misy ifandraisany amin'ny karazana fanazavana ara-fiziolojia izay miseho amin'ny fahanterana sy faharerahana eo amin'ny zanak'olombelona,ka moa ve izy ity heverina ho anisan'ireo lalàna izay mifehy ny tontolo izay mametraka ireo ozatra eo amin'ny vatana sy ireo sela aorian'ny fahatongavan'ny amin'ny faratampony amin'ny fitomboana, ka tsy maintsy hihamafy tsikelikely ilay izy no sady miaraka amin'ny fihenany amin'ny asany, ary tsy maintsy hijanona mihitsy amin'ny fotoana voafetra, ary izany tsy maintsy tanteraka na dia esorintsika aza ireo akon-javatra avy ety ivelany, tena marina fa ilay fihenjanana sy fahamafisana ary koa ilay fifanoherana izay misy eo amin'ireo ozatra sy eo amin'ireo sela ao amin'ny vatana, hetsika ara-fiziolojia izany

izay vokatry ny fifandonan'ireo hery ivelany tahaka ny mikrôba na koa poizina izay mikiky ny vatana amin'ny alalan'ny fikikizany an'ireo sela izay vokatry ny fihinana ireo zavatra tsy madio,na koa vokatry ny asa maloto na koa izany asa rehetra mety hiteraka izany ?.

Io no fanontaniana izay apetraky ny mpahay siansa ankehitriny amin'ny tenany, ary izy anefa afaka mamaly azy io mivantana, ary mbola maro ireo valin-teny azo omena raha ny ara-tsaina no asian-teny. Raha jerentsika ara-tsaina ilay fanazavana mahakasika ny fahanterana sy faharerahana,  izay voalaza fa vokatry ny  fifandonana izay misy eo amin'ireo hery ety ivelany toa ny mikrôba amin'ireo sela ao anaty, izany dia midika fa raha arovana amin'izy ireo ny singa sy ny sela ary ny hozatra izay fototry ny fisian'ny vatan'ny olombelona dia azo heverina ny fitohizan'ny androm-piainan' ny olona iray na ny tsy fahanterany satria lasa mandresy ny vatana noho izy voaaro amin'ny hery izay manimba azy avy ety ivelany.

Raha ohatra isika mandray ilay fijery izay mirona mankany amin'ny fiheverana fa ny fahanterana dia anisan'ny lalàna mifehy ny tontolo izay mihatra amin'ireo hozatra sy ireo sela izay midika fa ao anatin'ireo zavatra ireo dia efa misy voa na singa izay manana fahafahana ny ho simba sy ho rava tanteraka, izay tsy maintsy mandalo ambaratongan'ny fahanterana sy faharerahana ka miafara amin'ny fahafatesana.

Dia hoy aho hoe: raha ohatra jerentsika akaiky io fijery etsy ambony io, tsy midika izy io fa tsy afaka miovaova na dia heverina fa lalàn'ny tontolo aza, ny fitenenana azy hoe lalàn'ny tontolo dia midika izay fa tsy maintsy misy fiovaovana ny ao aminy, satria izany dia hitantsika miseho eo amin'ny fiainantsika andavanandro, ary ireo manampahaizana ihany koa dia nampibaribary izany amin'ireo filazan'izy ireo ara-pahalalana fa tena marina ny fahanterana dia endrika fiziolojia izay miseho arakaraka ny fotoana, izany hoe indraindray tonga alohan'ny fotoana ny fahanterana ary indraindray tara be izay vao miseho, ary misy aza olona izay efa be taona be izy nefa mbola hita matanjaka tokoa ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   392    11/01/2021   16:26:22

vatany izany hoe mbola tsy hita taratra amin'ny vatany ilay fahanterana, araka ny voalazan'ireo mpitsabo tsy mba miseho aminy mihitsy ny fahanterana.

Ka noho io fanazavana farany etsy ambony io, manamafy fa azo atao ny manemotra ilay lalànan'ny tontolo amin'ny alalan'ny fampisiana toe-javatra sy ny antony manokana, izany anefa dia zavatra azo tanterahina amin'ny alalan'ny fijery ara-pahalalana, ary na dia mbola tsy azon'ireo manampahalalana ny manatanteraka an'ilay fanatarana aloha amin'izao, indrindra fa ny mahakasika ny zava-manan'aina voatokana izay manasarotra sy saro-takarina tahaka ny zanak'olombelona, nefa izany dia tsy inona fa fanavahana ny hasarotan'ny fanatanterahana an'ilay fanatarana eo amin'ny olombelona sy eo amin'ny zava-manan'aina hafa, ary izany dia midika fa marina tokoa ny fahalalana amin'ny lafin'ny fijery ara-tsaina sy amin'ny fetra izay nolazain'ny firehankevitra izay nanaitra dia tsy misy mihitsy fandavana ny tsy fetezan'ny fanalava ny taonan'ny olona, na dia hazavaintsika fa ny fahanterana dia vokatry ny fifandonana izay misy eo amin'ny singam-batan'ny olona sy eo amin'ireo hery avy ety ivelany toa ny mikrôba, na ihany koa ilay fanazavana fa izy io dia vokatry ny lalàna izay mifehy ny tontolo no miteraka faharerahan'ireo sela ho azy eo ka mitondra azy any amin'ny faharavana.

Ary raha fintinina izany: tena marina fa ny halavan'ny taon'ny olona sy fahavelomany mandritra ny taonjato maromaro dia zavatra mety sy eken'ny fijery ara-lojika ary ny fijery ara-tsaina na ara-pahalalana ihany koa dia mahita fa zavatra mety miseho ihany koa izany, nefa kosa mbola tsy mety araka ny fijery arak'asa (Amali = fampiharana), ny fikarohana ara-pahalalana anefa dia efa miezaka ny mitady fika ny hanatanterahana izany tao anatin'ny fotoana lavabe izay. Ka manoloana izany rehetra izany, ny halavan'ny taonan'Imamo MAHDI (aj) dia miteraka fanontaniana maro ary indrindra miteraka fahagagana.

Ary hamarinintsika: taorian'ny fanamarinana fa ny halavan'ny taona dia

zavatra mety miseho sy eken'ny ara-lojika ary ara-tsaina, ary voamarina ihany koa fa ny fahalalana dia efa miezaka manao fikarohana ny haneno arak'asa ireo fijery ara-tsaina ireo tsikelikely, dia tokony tsy hisy fahagagana intsony eo amin'ny halavan'ny taonan'Imamo, ankoatra ny fiandohany amin'ny fampiharana ilay fijery arak'asa, izany hoe Imamo niezaka nampiasa ilay fijery ara-tsaina ho fijery arak'asa na ny fampiharana ny fetezany amin'ny tenanany talohan'ny hahatongavan'ny fikarohana ara-pahalalana amin'ny fampiharana izany, izany mitory ny fahafahan'Imamo mivoatra ara-pahalalana izay nahatonga azy nahavita nampihatra ilay fijery ara-tsaina, ka noho izany Imamo dia mitovy amin'ny olona izay nahita fanafodin'ny homamiadana talohan'ireo mpikaroka sasany.

***Fanontaniana n° 449 :***

> Manao ahoana ny mahakasika ny finoana islamo izay toa nialoha lalana ireo hetsika ara-pahalalana teo amin'ny mahakasika ny taon'ilay mpitarika izay antsoina hoe MAHDI (aj) ity, izay heverina ho fivoarana goavambe ?

***Valiny :***

➔ Tsy tamin'ny mahakasika ny halavan'ny taonan'Imamo io ihany no nahitana ny finoana islamo nihoatra na nialoha lalana ny hetsika ara-pahalalana (fikarohana). Moa ve ny finoana islamo dia tsy toa ny finoana rehetra, izay efa taonjato maro no efa nihoatra sy nialoha lalana ny hetsika ara-pahalalana sy ny fivoaran-tsaina voajanahary izay misy eo amin'ny olombelona ?, ka moa ve tsy efa niantsoantso ny finoana islamo amin'ny fanomezana rafitra mirindra ho fampianarana, nefa tamin'izany fotoana izany tsy mbola masaka na nahatakatra ny sain'ny olombelona ny amin'ny hanatanterahana izany teo amin'ny hetsiny raha tsy mandalo aman-jato taona aty aoriana ?, sa moa ve ny finoana islamo tsy nitondra lalàna izay tena mifono fahendrena goavana izay tsy takatry ny olona mihitsy ny tsiambaratelony, ary tsy mba nahafantatra io tsiambaratelon'ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 394 11/01/2021 16:26:22

fahendreny io mihitsy ny olona raha fotoana lava be taty aoriana?, ka moa ve tsy efa nampibaribary ny tsiambaratelon'izao tontolo izao ilay hafatra avy any an-danitra, izay tsy mbola nandalo tao an-tsain'ny olombelona na indray mandeha monja aza, izay vao tonga ny fahalalana (science) nanamafy an'izany sy niara-niombon-kevitra aminy?!, ka raha ohatra isika mino izany rehetra izany, fa maninona isika no mametraka fanontaniana maro amin'ny Tompo Allah ny amin'ny fihoarany sy fialohavany lalana ny fahalalana eo amin'ny fanapahan-keviny ny amin'ny hanalava ny taonan'Imamo MAHDI (aj)?, ary izaho eto dia tsy miteny ankoatra ny endriky ny fialohavana lalana izay mety hotsapantsika amin'ny endrika mivantana, ary mety ampiantsika izany ihany koa ireo endrika fialohavana lalana izay efa nolazain'ilay hafatra masina tamintsika ireny.

Ary ny ohatra amin'izany izay efa nolazain'ilay hafatra (risalat) antsika fa i NABI (sw) dia efa nandeha alina avy tao amin'ny Masjid al-Haram nankany amin'ny Masjid al-Aqswa, ary raha izany fandehanana izany no ilaintsika ho fantatra amin'ny alalan'ny lalanan'ny tontolo, dia voamarina fa izy io dia anisan'ny fomba fampiharana ny lalànan'ny tontolo amin'ny endrika izay tsy mbola nisy teo amin'ny resaka siansa na fahalalana raha tsy aman-jato taona taty aoriana, ka izany fahaiza-manaon'ny tompon'izao tontolo izao izany no nomeny an'ilay irany amin'ny alalan'ny fandehanana haingana tokoa izay talohan'ny nahatakaran'ny siansa azy io na ny nahitany azy io, io ihany koa no nomeny an'ilay solontenany izay avy amin'ireo olona tsy voapetin'ny ota tamin'ny alalan'ny fanalavana ny androm-piainany alohan'ny hahatakaran'ny siansa na ny fahalalana izany.

Eny, izany halavan'ny androm-piainana izay nomen'ny Tompo Allah an'ilay mpamonjy izay mbola andrasana izany dia anisan'ny zavatra izay heverina ho mahagaga sy mahatalanjona tokoa izay ao anatin'ny boriborin'ireo zavatra izay mahazatra eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ankehitriny no jerena ary indrindra ny tsy fahavitan'ireo manampahaizana manatanteraka izany amin'ny alalan'ny andrana. Nefa

kosa hamafisiko fa tsy vanim-potoana fiovan-kevitra izay nomanina ho an'ilay mpamonjy ilay izy ka hiteraka fahagagana eo amin'ny lafin'ny arapiainan'ny zanak'olombelona. Ary koa tsy mbola nandalo teo amin'izy ireo nandritra ny fivoaran'ny tantara ?, ary moa ve tsy efa nandalo fiovana ny tontolo, ary naverina ny fanorenana ireo fivoarana vaovao amin'ny alalan'ny fampianarana ny rariny sy hitsiny ?, fa maninona ary ho toa mahagaga rehefa voamarika ny fisian'ilay vanim-potoana lehibe izay isehoan'ny ampahany amin'ireo zava-mahagaga sy izay mivoaka amin'ny mahazatra toa ny fahalavan'ny androm-piainana ?, na dia lehibe tahaka ny ahoana ny fahagagana amin'ity tsangan-javatra ity sy fivoahany amin'ny mahazatra tsy mihoatra ny fahagagana eo amin'ny andraikitra lehibe izay tsy maintsy hiandraiketan'ilay nampanantenaina (mao'oud) amin'ny fotoana hisehoany. Fa raha ohatra isika manaiky izany anjara asa sy andraikitra lehibe izay tsy misy toa azy teo amin'ny tantara izany, nefa haintsika fa tsy misy toa azy izany andraikitra goavana izany teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona, fa maninona isika tsy manaiky ny halavan'ny androm-piainana izay tsy nahitantsika ny mitovy aminy teo amin'ny fiainantsika mahazatra ?.

Ary tsy haiko, moa ve ny kisendrasendra no nahatonga olona roa fotsiny no nitsangana ka hamoaka ny fivoaran'ny zanak'olombelona avy ao anatin'ilay sehatra simba, ka hanorina sehatra vaovao , ka ny taonan'izy roa ireo dia samy lava mihoatra ny taonantsika izay mahazatra ary mety mahatratra roa avo henin'ny antsika?, ny iray amin'izy roa ireo dia nisahana andraikitra lehibe teo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona tany aloha tany, ary tsy iza izy io fa i nabi NOUH (as) izay ny kor'any masina mihitsy no nanambara ny momba azy fa izy io dia niaina nandrindra 950 taona, ary nandefasana tondra-drano tamin'izay fotoana izay mba hahafahany manarina sy manavao indray mandeha izao tontolo izao. Ary ny iray hafa kosa dia hiandraikitra sehatra eo amin'ny ho avin'ny fiainan'ny zanak'olombelona any aoriana any, ary tsy iza izy io fa i MAHDI(aj) izay miaina arivo taona mahery eo anivon'ireo vahoakany mandraka ankehitriny ary izy no hanarina an'izao tontolo izao indray mandeha amin'ny fotoana izany hivoahany



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 396 11/01/2021 16:26:22

na hiverenany. Fa maninona ary isika manaiky fa i nabi NOUH (as) tombatombana niaina nandritra ny arivo taona , ary maninona isika tsy manaiky an'i MAHDI (as) ?.

***__Fanontaniana n° 450 :__***

Raha ohatra ka heverintsika fa ny halavan'ny androm-piainana dia zavatra tsy tanteraka ara-tsaina, ary ny lalànan'ny fahanterana sy faharerahana dia lalàna hentitra, izay tena tsy afaka toherin'ny zanak'olombelona ankehitriny na ny mbola ho avy tokoa, ary inona ary no tiana hahatongavana amin'ny fanovana ireo fepetra sy ireo sehatra ? Ka moa tsy midika izany fa ny halavan'ny androm-piainan'i nabi NOUH (as) sy i MAHDI (aj) mifanohitra amin'ny lalàn'ny tontolo voajanahary izay voaporofo ara-pahalalana amin'ny alalan'ireo andrana sy ireo fikarohana manaraka toetr'andro, ary noho izany lasa fahagagana ny fanalavana ny androm-piainana izay fehezin'ny lalàn'ny tontolo izay novana manoloana ny sehatra iray mba hiarovana ny ain'ny olona izay miankina amin'ny ny fiarovana an'ilay hafatra avy any an-danitra ?

***__Valiny :__***

➔ Tsy io fahagagana io iray io ihany no nisy na koa niala tamin'ny mahazatra raha eo amin'ny finoana islamo no asian-teny araka ny porofo izay hita ao amin'ny boky masina kor'any sy ireo boky milaza ny fomba amam-panaon'i Mpamanany , ary ny lalàna mifehy ny fahanterana sy ny faharerahana tsy mafy na mananosarotra mihoatra ny fiovan'ny lalàna ny afo, izay ny hafanana lehibe no mifindra amin'izay hafanana kely ka mahatonga ny firehetana, na ny miteraka ilay firehetana dia fitovian'ny hafanana, nefa izany lalàna tsy nampiataina tamin'ny nabi IBRAHIM (as) mba ho fiarovana ny ainy, tamin'izany fotoana izany dia izany hany ka lalana tokona nisy hoentina miaro ny ainy tamin'izy naiditra tao anaty afo lehibe tokoa, ka dia hoy ny Tompo Allah tamin'izay fotoana izay : “hoy izahay:

***"Ry lelan'afo ! Aoka ianao hangatsiaka, sy ho tony amin'i IBRAHIMO".*** Dia nivoaka avy tao izy tsy naninona tahaka izy vao nampidirina iny ihany; maro ireo lalàna mifehy ny tontolo izay tsy nofoanana tao anatin'ny fotoana voafetra noho ny antony fiarovana ny ain'olona iray na maromaro amin'ireo Mpaminan'Andriamanitra sy ireo solontenany ety an-tany, anisan'izany ny namohan'ny Tompo Allah an'ilay ranomasina hoan'i nabi **MOUSSA** (as). Ary tsy azo hadinoina ihany koa ny fampitoviana izay nataon'ny Tompo Allah teo amin'i Nabi **ISSA** (as) sy ilay mpianany izay namadika azy rehefa tonga ireo romanina izay hanambotra azy, izay niheveran'izy ireo fa i nabi ISSA (as) no voasambotr'izy ireo, ary toraka izany ihany koa ny fivoahan'ny Nabi **MOUHAMMAD** (sw) avy tao an-tranony nefa ilay tranony dia nohodidin'ireo Qoraish mpialona azy ary narahin'izy ireo maso akaiky mihitsy tamin'izy ireo izay nikasa ny hanafika azy tao, nefa dia notampenan'ny Tompo Allah ny mason'izy ireo tsy hahita azy nefa izy dia nandalo teo anivon'izy ireo. Izay rehetra voalazantsika teo izay dia anisan'ireo lalàna voajanahary izay mifehy ny tontolo izay tsy nampihatraina tao anatin'ny fotoana voafetra mba hoentina miaro ny ain'ny zanak'olombelona, ary aza hadino fa ny lalàna mifehy ny fahanterana sy faharerahana dia anisan'ny lalàn'ny tontolo izay azo atao ihany koa ny mampitsahatra azy na tsy mampihatra azy mba no fiarovana ny ain'olona iray.

Ary azontsika atao bango tokana izany rehetra izany tahaka izao manaraka izao, isaky ny mila miaro ain'ny solontenany ety an-tany Andriamanitra dia mampijanona sy tsy mampihatra ireo lalàna mifehy ny tontolo, ary ny anton'izany satria ny fitohizan'ny andro iainan'izany olona izany dia zavatra tena takina tokoa mba hahafahany manatanteraka ireo andraikitra lehibe izay nomaniny ho azy amin'izay fotoana izay anefa dia miditra an-tsehatra ny fanampian'ilay tompon'izao tontolo izao, ary mifanohitra amin'izay rehefa tanterak'ilay olona ilay andraikitra nomena azy dia hiverina amin'ny laonany ilay zotra ara-boajanahary ka tsy maintsy ho faty amin'izay ilay olona na maty maritiora arakaraka izay zotra voatokan'i lalàn'ny tontolo ho azy.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 398 11/01/2021 16:26:22

***Fanontaniana n° 451 :***

Ahoana no hahafahana mampiato ny lalàna mifehy ny tontolo voajanahary, ary ahoana no isian'ny fahatapahana eo amin'ireo fifandraisana izay tena anisan'ny zava-dehibe tokoa eo anivon'izao tontolo izao io ?, ary moa ve tsy zavatra atao mba hoentina manohitra fotsiny ireo fikarohana ara-pahalalana izay nahita ny lalàna mifehy an'izao tontolo izao ihany izy ity, sy izay nametra ireo fifandraisana izay tsy maintsy takiana eo amin'ny tontolo araka ny andrana sy ny tombatombana ?

***Valiny :***

➔ Tena marina fa ny siansa tenany mihitsy no efa namaly io fanontaniana io tamin'ny alalan'ny fikarohana ireo zavatra tsy maintsy takiana eo amin'ny lalàna izay mifehy ny tontolo, ka toy izao manaraka izao ny fanazavana izany :

Tena marina fa ny lalàna mifehy ny tontolo dia hitan'ny fikarohana aran-tsiansa tamin'ny alalan'ny andrana sy fandinihana mirindra, fa amin'ny fotoana izay ialan'ny singa iray eo amin'ny endrik'izao tontolo izao dia hita sy tsapa fa misy singa iray hafa ihany koa miala manaraka azy na misolo azy, izay manaporofo izany fialana izany araka ny lalàn'ny tontolo, ary izy io isaky ny misy zavatra iray miseho eo amin'ny tontolo amin'ny endrika na fisehoana voalohany dia indro fa misy faharoa ihany miseho manaraka azy avy aoriana, nefa ny mahagaga tsy mbola nisy afaka nilaza fa misy fifandraisana tsy maintsy miseho eo amin'ny lalàna izay mifehy ny tontolo, tsy misy niresaka momba an'ilay fifandraisana tsy miseho, fa kosa ny zavatra hita sy tsapa dia fampitahana ihany ireo zavatra miseho ao amin'ny tontolo, ary raha sendra tonga ny fahagaga (moujizat) ka manala ny iray amin'ireo singa(seho) izay misy eo amin'ny tontolo na manavaka ny iray amin'ny hafa amin'ireo seho eo amin'ny lalànan'ny tontolo tsy midika velively izany no fanampahana ilay fifandraisana izay tsy maintsy misy eo amin'ireo seho roa ireo.

Ary marina tokoa fa ny fahagaga dia manana dika ara-pinoana, izay



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 399 11/01/2021 16:26:22

efa tafiditra ao ihany koa ao anatin’ny voambolan’ny siansa ankehitriny izay lasa manan-danja tokoa eo ambanin’ny fijery kilasika eo amin’ny fifandraisana aran’antony , ary izany dia anisan’ny fijery tany aloha be tany, ny fanombanana fa ireo seho roa dia mitsipaka ny fampitahana ny iray amin’ny hafa, ka ny fifandraisana izay misy eo amin’izy roa ireo dia fifandraisana tsy maintsy misy, ary ny tiana holazaina amin’izay tsy maintsy misy izay dia tsy fisarahan’ireo seho roa ireo mihitsy eo amin’ny fisian’izy ireo, ary nefa kosa izany fifandraisana tsy maintsy misy izany dia mivadika ho fampitahana ireo lalàna eo amin’ny lojikan’ireo fahalalana vaovao na koa fifanarahana eo amin’ny seho roa samy hafa izay lavitra ny fiheverana ny fifandraisana izay tsy hita maso, ka noho izany indrindra no mahatonga ny fahagaga ho anisan’ny zavatra miavaka amin’ny rehetra noho ny tsy fisian’ny fampitahana sy ny fifanarahana eo amin’ny andaniny sy ankilany ka toa miteraka fifandonana mihitsy na koa miteraka zavatra tsy hay atao.

Ary raha ny fototra ijoroan’ilay fijery ara-lojika no jerena akaiky, dia miara-manaiky isika amin’ny fijerin’ireo siansa ankehitriny momba an’ilay fanambarana ny lalàna amin’ny zavatra rehetra izay nanaovana fikarohana ny ampahany, ary izany tsy azo heverina ho porofo hoentina milaza fa ny zavatra rehetra izay misy eo amin’ny tontolo dia misy fifandraisana  akaiky avokoa, fa nefa kosa isika dia mahita fa izy io dia manondro sy mampibaribary ny fisian’ny fanazavana amin’ny ankapobeny izay sady tsy fandavana an’ilay fampitahana eo amin’ny zavatra anankiroa no sady tsy manda ny fifandimbiasana misy eo amin’ny zavatra anankiroa izay miseho eo amin’ny tontolo mandrakariva, ary izany fanazavana amin’ny ankapobeny izany dia azo heverina fa zavatra tsy maintsy misy eo amin’ny tontolo, ary azo adika ihany koa izy io,  fa ny fahendrena no fototra mahatonga ny firindran’izao tontolo izao izay miseho amin’ny alalan’ny fifandraisan’ireo singa eo aminy izay miseho amin’ny endrika mitohitohy, ka ny izany fahendrena izany mihitsy no indraindray miteraka sy mahatonga ireo zavatra sasany miala amin’ny lalàn’ny mazatra ka mitarika amin’ny fisian’ilay atao hoe fahagagana.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   400	11/01/2021   16:26:22

***Fanontaniana n° 452 :***

Inona no antony natahoran'ny fitondram-panjakana an'Imamo MAHDI (aj) tamin'ny vanin'andron'Imamo ASKARI (as) ?

***Valiny :***

➔ Marina tokoa fa ireo sokajim-pitondrana nisy tamin'izany fotoana izany dia samy nahalala ny tena marina momba an'Imamo sy ny voninahiny ary ny fahamarinany, ary indrindra ny fahamarinan'ny teny izay ataony. Ary kosa ny zavatra hany ka nisakana azy ireo amin'ny fanarahana ny fahamarinana dia: ilay mpanjaka dia tsy nanana taranaka, nefa ny tombontsoan'ilay fitondrana dia eo ampelantanan'ireo taranak'i ABBASSIA, ary izany dia mbola miampy ireo lonilony sy hateren-tsainy izay nolovain'izy tamin'ireo tany aloha. Ka nanomboka teo dia nahatsapa izy ireo fa ny fahaterahan'Imamo AL-MAHDI (aj) izay olona manana ny maha izy azy izay naverimberin'i Rassoulillah (sw) matetika teo amin'ny sofin'izy ireo fa izy no hameno ny tany fahamarina sy ny fampitoviana tahaka ny fahafenoany tamin'ireo ratsy sy ny tsindrihazolena..tena marina fa ny fiterahan'Imamo dia midika ho fahafatesan'ny fanjakan'izy ireo sy fahasimban'ireo lamina efa narindran'izy ireo, ary indrindra ny fahataperan'ny fomba fiasan'izy ireo izay manohitra ny baikon'ny finoana islamo ary toraka izany koa ny tsy fankatoavan'izy ireo an'ny Tompo Allah ary tsy hohadinoina ny tsy firaharahan'izy ireo ny vahoaka islamo.

Ary raha atao bango tokana izany rehetra izany dia izao: izy ireo dia efa mahafantatra tsara fa ilay fiarahamonina izay eo ambany fifehezan'izy ireo dia efa feno ireo asa ratsin'izy ireo ireo, sy efa very tokoa noho ny asan-tanan'izy ireo, hita ao avokoa na fanagejana na fanaovana ny tsy rariny na ny vono olona. Ka noho izany lojika mihitsy raha ohatra izy ireo matahotra ny hifandona amin'ilay Imamo izay hameno fahamarinana sy ny rariny ny tany.

***Fanontaniana n° 453 :***

Moa nisy solon-tena akaiky an'Imamo AL-MAHDI (aj) nandritra an'ilay fanjavonana kely ? Ary iza avy izy ireo ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena nisy solon-tena efatra Imamo MAHDI (aj) tamin'izany fotoana izany, ary ireto avy izy ireo :

1. Ny solon-tenany voalohany dia : i OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI.

2. Ny solon-tenany faharoa dia : i Mouhammad IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI.

3. Ny solon-tenany fahatelo dia: AL-Houssein IBNI ROUH ANOUBAKHTI.

4. Ary ny solon-tenany fahefatra dia: i ABOU AL-Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD SAMOURI.

***Fanontaniana n° 454 :***

Naharitra firy taona ilay fanjavonana kely ?

***Valiny :***

➔ Araka ireo loharanom-baovao izay azo, Imamo dia nanjavona nandritra ny sivy amby enimpolo 69 taona sy enim-bolana ary dimy amby roapolo 25 andro.

***Fanontaniana n° 455 :***

Tamin'ny vanin'andro nitondran'ny mpanjaka Abbassia iza no nanjavonan'Imamo MAHDI (aj) ?, ary firy taona izay tamin'izay fotoana izay ?

***Valiny :***

➔ Tamin'ny vanim-potoana nitondran'i Moutamad al-Abbassi no nanjavonan'Imamo, ary dimy taona izy tamin'izay fotoana izay, satria

nanomboka tamin'ny fahafatesan-drainy Imamo no nanjavona, izany hoe tamin'ny taona 260 Hijri.

***<u>Fanontaniana n° 456 :</u>***

Moa ve isika afaka mahafantatra ambangovangony ny mahakasika an'i OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, i OSMAN dia anisan'ny olona izay tena fatra-pitokisana sy mpitandrina ny toky izay apetraka aminy, izay natokisan'Imamo Ali NAQI (as) sy Imamo ASKARI (as) tokoa, ary solon-tenan'izy roa ireo izy fony fahavelon'izy roa lahy, tena liona lahy tokoa izy io raha ampitahaina amin'ilay raibeny, dia tsy iza izany fa i Ja'afar al-Amri, tena olona faratampony tamin'ny hatsarana tokoa izy io, ary tena mitia jabora tokoa no sady mivarotra azy io no asany, misy ny milaza fa izany no nataony mba no fiarovany ny tenany tamin'ireo fahavalo noho izy solon-tenan'Imamo, ary misy fotoana ireo mpanaradia an'Imamo rehefa mitondra harena homena an'Imamo ASKARI (as) dia havantana ao amin'i Osman ary alainy izany ka apetrany eny amin'ireo lalantsara izay misy an'ilay fivarotany, ary rehefa avy eo dia entiny mankany amin'Imamo.

Araka ireo riwayat izay voaray tamin'i AHMAD IBNI ISSAC AL-QUMI, izay anisan'ireo olomangan'ireo SHIA sy manampahaizan'izy ireo, dia hoy izy : ***"indray andro dia niditra tao amin'i ABI AL-Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD (as) aho, dia hoy aho taminy : "ô ry ingahy rainy !, izaho indraindray tonga eto indraindray koa tsy tonga, ary izaho ihany koa tsy afaka ho tonga aty aminao foana ary ianao tsy ho hita foana mandritra ny fotoana rehetra, ka noho izany resak'iza no hinoanay ?, ary baikon'iza no hotanterahinay ?", dia hoy Imamo tamiko : "ity i ABOU AMRO ilay itokisana tokoa, tsarovy fa izay teny teneniny amin'ireo dia tahaky ny teny nataoko aminareo, ary izay zavatra omeny anareo dia heveronareo fa izaho no nanome anareo izany"***.

Ary araka ny voalazan'i ALAMATOU MAJLISI (ra) ao amin'ny boky BIHAR, misy andian'olona mpitantara izay itokisana milaza fa nisy vondron'olona avy any YAMANI tonga tamin'Imamo AL-Hassan ASKARI (as), nitondra harena maro be ho azy ireto olona ireto, dia hoy Imamo tamin'i ABI OMAR, ataovo sonia io zavatra io ry OSMAN fa ianao anie dia solontenako, ary ianao no itokisana fa maharo ireo haren'Andriamanitra, ka aoka horaisinao avy amin'ireo olona izay avy YAMANI ireo izay harena nentin'izy ireo.

Ary hoy kosa ireo olona izay avy any YAMANI : ô ry ilay enin-kaja !, mba inianananay amin'i tompo Allah fa i OSMAN dia anisan'ireo (SHIANAO) na mpanaradia anao izay tena manana ny maha izy azy, ary efa malaza tokoa izy io eo aminay indrindra fa ny mahakasika ny fiasany hoanao, ary tena marina fa izy io dia solontenananao izay atokisanao amin'ny fitantanana ireo harenan'i tompo Allah, dia hoy ny navalin'Imamo azy ireo : eny, marina tokoa izany, fa aoka inareo ijorovavolombelona fa i OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI dia solontenako, ary ilay zanany dia tsy izany fa i MOUHAMMAD dia solontenan'ilay zanako izay ho mpitarika anareo .

Ary araka izay hita ao amin'ilay boky tetsy ambony ihany, avy amin'ireo loharano izay tena azo antoka, vao nindaosin'ny fahafatesana i Hassan IBNI Ali (as) dia i OSMAN IBNI SAÏÏD no niandraikitra ny fanasana ilay vatana masininy araka toe-draharaha nisy tamin'izay fotoana izay, ary torak'izany ihany ny fanalorana lamba azy sy ny fanosarana ireo zava-manitra azy, ary taorin'izay, notendren'ilay tompon'ny fotoana (IMAMO MAHDI (aj)) ho solontenany izy, ary izy no minitran'Imamo teo amin'ireo vahoakany, izy no nampiandraketina ny famaliana ireo fanontaniana izay mety hapetrakin'ireo mpanaradia an'Imamo, ary tao aminy ihany koa no nanangonana ireo anjaran-karenan'Imamo, ary noho ny fahasoavan'Imamo dia lasa toa hita teo aminy ireo zavatra izay misy ifandraisany amin'ny tontolo tsy hita-maso, lasa afaka milaza ny zavatra handalo mialoha izy, ary afaka ihany koa milaza mialoha ireo harena izay haterina any aminy, ohatra amin'izany ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 404 11/01/2021 16:26:23

toetoetran'ilay harena, ny isany sy ny lanjany, na ilay olona hanatitra azy aza dia efa fantany mialoha avokoa, hainy ihany koa ny momba an'ilay na halaly na haramo, ary izany rehetra izany dia hainy avokoa alohan'ny hahatongavany any aminy, fantany izany rehetra izany satria ambaran'Imamo AL-MAHDI (aj) azy mialoha, ary tsy izy ihany no toa izany tamin'ireo solontenan'Imamo, fa izy rehetra izay nosafidiny ho solontenany sy ho mpanelanelana azy eo amin'ireo vahoakany.

***Fanontaniana n° 457 :***

> Moa ve afaka mahafantatra ambangovangony ny momba an'i MOUHAMMAD IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI izay solontenan'Imamo MAHDI (aj) faharoa isika ?

***Valiny :***

➔ Eny, raha ny tena marina, efa anisan'ny olona natokisan'Imamo ASKARI (as) izy tahaka ny fahatokisany andrainy, ary efa nambaran'Imamo ASKARI (as) an'ireo mpanaradia azy fa izy io dia anisan'ireo solontenan'ilay zanany dia tsy iza izany fa Imamo MAHDI (aj), rehefa nindaosin'ny fahafatesana anefa ilay rainy dia tsy iza izany fa i ABOU OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI dia nisy taratasy izay nosoniavin'Imamo AL-MAHDI (as) izay nalefany tamin'i MOUHAMMAD, io taratasy io fanehoana fiarahamiory avy amin'Imamo noho ny fahalasan-drainy ary milaza ihany ny fanendrena azy ho solontenan'Imamo, izay hoe, notendren'Imamo izany izy hisolo toerana an-drainy, ary tahaka izao izany taratasy izany araka ny filazan'i SHEIK SWADOUQ azy miaraka amin'ireo manampahaizana sasany ankoatra azy : ***«marina tokoa fa avy any amin'i tompo Allah no fiaviantsika ary any aminy no hiverenantsika, ny fanekena ireo baikony, ary fifaliana manoloana ireo fanapahan-keviny sy izay anaovany antsika, ny rainao dia niaina tao anatin'ny fahasambarana, ary maty ihany koa izy tao anatin'ny dera avy amin'Andriamanitra, ka noho izany dia navelany ny helony, ka dia nampihaoniny tamin'ireo sakaizany sy ireo mpatoky (ireo Imamo) azy izy, tsy mbola***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 405 11/01/2021 16:26:23

> ***ketraka ny rainao fa niezaka fatratra tamin'ny fanatanterahana ireo baikon'ny AHLOUL BAYT (as), niezaka mandrakariva izy nanao izay tratrany amin'ny fanakaikezana an'i Tompo Allah sy ireo AHLOUT BAYT (as), ka dia nohazavain'i Tompo ny tarehiny, ary nohamaivaniny ireo vesatrany, ary homen'i tompo Allah valisoa goavana ianao, ary ho hasoaviny ny voninahitrao, ka dia hataon'ny solontenanay ianao ary tahotra ho anao sy ho anay ny fahalasanany, i tompo Allah anie hampifaly azy amin'izay toerana misy azy.***

***Ary anisan'ny fahasambarana lehibe ho azy ny fanomezan'i tompo Allah azy zanaka toa anao io izay handimby azy ao aoriany, ary hitsangana sy hijoro ary hitoetra eo amin'ny toerany araka ny baikony, ary indrindra fa hangoraka azy, ary hoy aho hoe : Dera sy laza hoan'i tompo Allah, marina tokoa fa fanahy tsara dia tahaka anao io, ary izany dia nataon'i tompo Allah eo aminao sy eo anatrehanao, i tompo Allah anie hitahy anao sy nampahery anao ary hanome tanana anao, izy ihany koa anie no hanome fahombiazana ho anao, ary ianao no mpanaraka sy mpiaro ary mpanaramaso».***

Ary taratasy nalefan'Imamo tamin'i MOUHAMMAD dia manasongadina ny voninahiny sy ilay rainy, izay tena samy manana ny maha izy azy araka ny voalazan'Imamo ao anatin'ilay lahateniny, tena olona ambony tokoa izy roa ireo.

Ary araka ny nolazain'i ALAMATOU MAJLISI (ra) ao amin'ny BIHAR ihany koa, izay azo avy amin'ilay bokin'i SHEIK TOUSSI izay mitondra ny lohateny hoe (GHAIBAT), avy tamin'ireo vondron'olona mpanaradia, tena marina hoy izy ireo fa rehefa nindaosin'ny fahafatesana i OSMAN IBNI SAÏÏD dia nisy taratasy avy tamin'ilay vavolombelon'Andriamanitra (aj) izay tonga tamin'ilay zanany dia tsy iza izany fa i MOUHAMMAD IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI, ka tahaka izao manaraka izao ny votoatin'izany : ***«hoan'ilay zanaka izay nalain'i tompo Allah hiverina any aminy ny rainy, ilay natokisanay mandrakariva (ny hafalian'i tompo Allah anie hirotsaka aminy sy hampifaly azy mandrakariva),***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 406 11/01/2021 16:26:23

***ary ilay nampamiratiny ny tarehiny, izay ny mizotra amin'ny zotranay sy tampina izay lalana tampenany, ary mibaiko ilay zanany hanatanteraka ireo raharahanay, Andriamanitra ilay avo anie handray azy antanana».***

Nisy riwayat iray hafa koa izay avy tamin'i KOLEINI (ra) izay nanambara fa nisy taratasy ihany koa avy tamin'ilay vavolombelon'Andriamanitra (aj) izay nilaza toy izao manaraka izao : ***«ary kanefa kosa ny amin'i MOUHAMMAD IBNI OSMAN AL-AMRI – ny hafalian'i tompo Allah anie ho aminy sy ho amin-drainy aloha – izy dia tena itokisako, ary ny bokiny dia bokiko».***

Maro ireo porofo niseho taminy ary indrindra fa ny fahagagana izay nasain'Imamo nataony ho an'ireo shian'Imamo na ireo mpanaradia azy, tamin'ny vanim-potoana naha solon-tenan'Imamo azy teo amin'ireo mpanaradia an'Imamo tsy vaky volo.

Araka ny teny izay voaray avy amin'i OUMOU KOLSOUM zanakavaviny, tena marina fa i MOUHAMMAD IBNI OSMAN dia nanoratra boky mahakasika ny fiqh (lalàna), marihina fa izy dia fampianarana enony avy tamin'i ABI MOUHAMMAD AL-Hassan (as), ary avy tamin'ilay tompon'ny fotoana ihany koa (Imamo MAHDI (aj), ary avy tamin'ilay rainy ihany koa dia tsy iza izany fa i OSMAN IBNI SAÏÏD, ary taorian'ny fahafatesany dia niampita teo ampelan-tanan'i Hassan ibn Rouh izany boky izany.

Ary araka ny tatitra izay nataon'i SHEIK SWADOUQ (ra) izay loharano nipoirany dia i MOUHAMMAD IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD izay nitenenany manao hoe : mba ifantako amin'i tompo Allah, fa tena marina tokoa ilay tompon'izao fotoana izao dia miseho isan-taona, mandritra izany dia mahita ireo olona izy ary mahalala azy ireo, ary ireo olona dia mahita azy nefa tsy mba hahafantatra azy velively.

Ary tahaka izay no zotran'ny fiainan'i OSMAN teo amin'ny mahasolon-tenan'Imamo azy sy ilay zanany MOUHAMMAD izay naharitra tokony ho efapolo (40) taona eo ho eo.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 407 11/01/2021 16:26:23

***Fanontaniana n° 458 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ambangovangony ny mahakasika an'i Houssein IBNI ROUH ANAOBAKHTI ?

***Valiny :***

➔ Tamin'i Mouhammad IBNI OSMAN mbola teo amin'ny toerana maha solontenan'Imamo azy, dia efa nandray antanana ny ampahany amin'ireo andraikitrin' i MOUHAMMAD izy, ary izy io dia iray amin'ireo izay heverina fa nananan'i MOUHAMMAD fitokisana tokoa, izy rehetra ireo dia anisan'ny akaika azy kokoa noho i ABI AL-QASSIM IBNI ROUH , ary tsy nisy na iray amin'ireo vondron'olona no nanana fisalasalana ny amin'ny fifindran'ilay resaka solontena mankany amin'i JA'AFAR IBNI AHMAD ao aorian'ny fahafatesan'i MOUHAMMAD IBNI OSMAN, satria i JA'AFAR dia tena nanana fifandraisana akaika tokoa taminy, ary fanampin'izany, tamin'ny faraparan'ny andrompiainan'i MOUHAMMAD, ity farany tsy nisakafo sakafo mihitsy raha tsy sakafo nahandroina tao amin'ny tranon'i JA'AFAR IBNI AHMAD.

Araka ny tatitra izany nataon'i ALAMATOU MAJLISI (ra) ao amin'ny BIHAR avy tamin'ny bokin'i SHEIK TOUSSI (ra) izay mitondra ny lohateny hoe (**GHAIBAT**), tamin'i ABA JA'AFAR MOUHAMMAD IBNI OSMAN AL-AMRI teo andalam-pahafatesana, dia nipetraka teo an-dohany i JA'AFAR IBNI AHMAD, ary i ABOUL QASSIM IBNI ROUH nipetraka teo amin'ny tongony, dia nitodika nankany amin'i JA'AFAR IBNI AHMAD, dia hoy izy taminy : ***«izaho dia nahazo baiko fa tsy maintsy hamela hafatra amin'i ABIL QASSIM AL-Houssein IBNI ROUH»***, rehefa naheno izany i JA'AFAR IBNI AHMAD dia nitsangana ka nandray ny tananan'i ABIL QASSIM ka dia napetrany teo amin'ny toerana izay nisy azy, fa izy kosa dia naka toerana teo amin'ilay tongony.

Voalazan'ireo riwayat manana ny maha izy azy, fa i MOUHAMMAD IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD talohan'ny nahafatesany dia namory ireo loholona mpanaradia an'Imamo sy ireo olon-dehibe, ary hoy izy tamin'izy



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 408 11/01/2021 16:26:23

ireo : «***rehefa hindaosin'ny fahafatesana ny tenako, ny raharaha mahakasika ny solontenan'Imamo dia miverina amin'i ABIL QASSIM AL-Houssein IBNI ROUH ANAOBAKHTI, nahazo baiko ny tenako, fa izy no handimby ahy ao aoriako, ka aoka ianareo hiverina aminy, ary ankinonareo aminy ny raharahanareo***».

Ary araka ny hita ao amin'ireo riwayat hafa, tahaka an'ilay hita ao amin'ny BIHAR, izay milaza fa nisy vondron'olona avy amin'ireo shia na manaradia an'Imamo nivory teo amin'i MOUHAMMAD IBNI OSMAN, dia hoy izy ireo taminy : «***rehefa hindaosin'ny fahafatesana ianao, iza no haka ny toeranao ?,*** dia hoy ny navaliny azy ireo ***: i ABOUL QASSIM AL-Houssein IBNI ROUH no handimby ny toeraka ao aoriako, ary izy no ambasadaoro eo anivonareo sy ilay tompon'ny raharaha (Imamo), ary izy no hosontenany, ilay itokisana sy mahafatratoky, ka aoka ianareo hiverina aminy amin'ireo raharahanareo, ary ankinonareo aminy ireo zava-tsarotra misy eo aminareo, satria ny hahatanteraka izany no nibaikoana ahy, ary efa nolazaiko anareo ny momba izany.»***

Ary araka ny hita ao amin'ny ampahany amin'ireo takelaka voasoratra, dia fantatra fa ny taratasy fanamafisana avy tamin'ilay vavolom-belona eto an-tany (Imamo), izay miresaka mahakasika an'i SHEIKH ABIL QASSIM IBNI ROUH, izany dia mitovy tokoa amin'izay hita tao amin'ny BIHAR izay voaray avy tamin'ireo andian'olona izay mpitondra vaovao itokisana, ka tahaka izao manaraka izao no voalaza tamin'izany : « ***izahay dia mahalala azy, ary i tompo Allah nampahafantatra azy ireo tsara rehetra, ary nampahafantatra azy ihany koa ny hafaliany aminy, ary nampifaly azy tamin'ny alalan'ny fahombiazana, ary izy no nanafaranay ilay bokin'i tompo Allah, izy ihany no tokinay amin'ny fitoriany izany, ary tena marina izy eo imasonay dia tena manana ny toerany sy fitoeran'ireo tsiambaratelonay, nampitomboin'i tompo Allah ny hatsarany indrindra fa ny manoloana Azy, tena marina fa Andriamanitra no tompo sy mahefa, ary dera sy saotra anie hoan'ilay tsy manam-paharoa, ary ny fitahian'i tompo Allah***



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 409 11/01/2021 16:26:23

***anie ho amin'ilay irany dia tsy izany fa i MOUHAMMAD (sw) sy ireo fianakaviany masina, fietrena tanteraka manoloana Azy*** ».

Ary misy ny milaza fa izy io dia olona tena manantsaina tokoa, na ireo mpankatoa azy na ireo mpanohitra dia samy manamafy izany avokoa, nampiasa « **TAQIAH** »[5] izy tao Bagdad, ary tena tonga tany amin'ireo mpanohitra tokoa ny hatsarany ka nahatonga ireo vondrona efatra (MAZHAB FIQHIAT) nisandoka fa avy amin'izy ireo izy, ary ny saika nivondrona rehetra no nirehareha rehefa tenenina fa avy amin'izy ireo izy.

***Fanontaniana n° 459 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ambangovangony ny momba an'i ABI AL-Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI ?

***Valiny :***

➔ Eny, taorin'ny nahafatesan'i sheik ABIL QASSIM AL-Houssein IBNI ROUH (ra), dia nanome baiko ilay vavolom-belona dia tsy iza izany fa Imamo ilay tompon'ny fotoana (aj), ny amin'ny fanomezana taratasy izay mitondra ny soniany hofanendrena an'i sheik Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI eo amin'ny toeran'i sheik ABIL QASSIM, ary maro ireo karamat sy fahagagana izay niseho tamin'i Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI, izy ihany koa no nisahana ny famaliana ireo fanontaniana izay napetrakin'ireo mpanaradia, noho ny fifandraisany akaiky amin'Imamo dia toa mora aminy famaliana izany, ary ireo harena ihany koa dia noentina any aminy, ary rehefa teo andalam-pahafatesana izy dia nivorivory teny amin'ny toerana nisy azy ireo **Shia**[6], ary nanontany azy izay hisolo azy ao aoriany, izany hoe ny olona hisotena an'Imamo rehefa maty izy, dia hoy ny navaliny azy ireo : «***izany dia raharaha goavana izay mipetraka eo ampelantanan'i tompo Allah***», ny tiany hambara,

5 TAQIAH *: fanafenana ny finoana izay arahina noho ny fiarovan-tena amin'ireo fahavalo.*

6 SHIA *: ireo mpanaradia an'ireo Imamo roa ambinifolo (as).*

aoriany dia ny fanjavonana lehibe (**GHAIBATOUL KOBRAT**) no hiseho ka noho izany tsy mila solotena intsony.

Ary araka ny voalazan'ny riwayat hafa, izay voaray avy tamin'i sheik SWADOQ, rehefa teo andalam-pahafatesana i sheik ABA AL-Hassan ASSAMOURI dia vory teo aminy ireo SHIA, rehefa vory teo izy ireo dia nanontany azy izay olona handimby azy, nefa moa izy tsy nahazo baiko hanendry olona handimby azy amin'ny fanatanterahana io raharaha io ao aoriany.

Ary ny voalazan'ny hadith izay nentin'i sheik SWADOQ ihany koa izay hita ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe : (KAMALO DINO), izay voaray avy tamin'i sheik TOUSSI izay voasoratra ao amin'ilay bokiny izay mitondra ny lohateny hoe (AL-GHAIBAT), ka toy izao manaraka izao no voalazan'izany hadith izany : marina tokoa fa rehefa teo andalam-pahafatesana i ABA AL-Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI dia namoaka taratasy izay misy sonian'Imamo MAHDI (aj), ka toy izao manaraka izao no voalaza tao anatin'izany : ***«amin'ny anaran'ilay be indra-fo sy be fiantrana, ô ry Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI !, hataon'i tompo Allah lehibe anie ny tambin'asan'ireo rahalahinao mpiray finoana aminao, marina tokoa fa efa hamaly ny antson'ilay Mpahary ianao afaka enina andro, ka vitao ireo raharahanao, ary aza mamela hafatra na amin'iza na amin'iza ny amin'izay hisolo ny toeranao aorian'ny fahafatesanao, satria ilay fanjavonana tena izy no miseho amin'izao fotoana izao, tsy hisy fivoahana intsony raha tsy ilay avo indrindra no manome baiko amin'izany, ary izany dia hiseho aorian'ny taona lava dia lava tokoa, sy aorian'ny fahalasanan'ireo fo ho vato, ary aorian'ny fahafenoan'ny tany amin'ny ratsy sy habibiana, ary hisy amin'ireo shiako no hijoro vavolombelona ampandaingana fa hahita ahy, ankoatra ireo izay milaza hahita ahy aorian'ny fisehoan'i SOUFIANI, fa izay milaza an'izany dia mpandainga izy izay, ary tsy misy manan-kery hafa tsy tompo Allah irery ihany, ilay avo sy goavana»***.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 411 11/01/2021 16:26:23

Niteny ilay mpitantara nanao hoe : nadikanay izay voalaza tao amin'izany taratasy izany, dia nivoaka izahay rehefa vita izany, rehefa tamin'ny andro fahaenina tamin'ny nanisanay azy, dia hitanay fa tena miady amin'ny aina eo andalam-pahafatesana, nisy nanontany azy hoe : «***iza no handimby anao ao aorianao ?***», dia hoy izy : izany raharaha goavana izany dia an'Andriamanitra irery ihany, ary taorian'izay dia nindaosin'ny fahatesana izy, faly taminy i tompo Allah ary izy ihany koa dia faly tamin'i tompo Allah.

Izy sy sheik ABOUL QASSIM dia solon-tenan'Imamo nandritra ny enina ambiroapolo (26) taona.

***<u>Fanontaniana n° 460 :</u>***

> Moa ve nisy olona hafa ankoatran'izy efatra mirahalahy ireo izay nitonon-tena ho solon-tenan'Imamo MAHDI (as) ao anatin'ny vanim-potoana naha solontena azy ireo ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, tena nisy ampahan'olona izay nitonon-tena ho solontenan'Imamo MAHDI (aj), sy nataon'izy ireo ankery izany rehetra izany, ary nentin'izy ireo ihany koa nanohitra ireo solontena tena izy, ary nentin'izy ireo hamitahana ireo vahoaka izay tsy mahalala na inona na inona, nefa izy ireo tsy nahomby tamin'izany teti-dratsin'izy ireo izany, izany no tanteraka noho ny ezaka izay nataon'ireo solotena tena izy tamin'ny fanaporofoana ny laingan'izy ireo, sy fanesoran'ireo vahoaka azy ireo tamin'izany laingan'izy ireo izany tamin'ny alalan'ny fijoroana vavolom-belona amin'ireo tenin'Imamo, ary ny fanazavana izany eo anivon'ireo vahoaka, tsy vitan'izy ireo anefa izany ka dia nibaribary ny laingan'izy ireo.

Ary ny tena nalaza tamin'ireo izay nitonon-tena ho solotenan'Imamo, sy tena nisy akony teo amin'ireo vahoaka ny lainga nataony dia tsy iza izany fa i SHALMAGHANI IBNI ABI AL-FARAQID.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 412 11/01/2021 16:26:23

**Fanontaniana n° 461 :**

> Fa naninona ireo solontena efatra tsy nitsangana nanohitra ny fitondrana tamin'izany vanim-potoana izany ? na nitondra fanazavana fotsiny aza na nanome baiko fotsiny amin'ny fanoherana ?

***Valiny :***

> ➔ Nahita izy ireo fa tena tsy hitondra tombon-tsoa eo amin'ny vahoaka islamo ny fanoherana ny fitondrana ary indrindra fa fikomiana na dia natao ankiafina na tsy mivantana aza tamin'izany fotoana izany. Ary ny anton'izany tsy nanaovan'izy ireo izany ihany koa dia ny fiarovana ireo tombon-tsoa izay andry itohizan'ny fiainam-bahoaka tamin'izany fotoana izany, ary fantan'izy ireo ihany koa araka ny zavatra niainan'izy ireo fa ny fanaovana an'izany dia tsy hitondra soa ho azy ireo, ary mbola tsy manomboka aza dia hotsenain'ny tsy fahombiazana mihitsy. Ka noho izany, ny fitsanganana hanohitra fitondrana na ny famporisihana hanao izany, dia tsy hitondra soa ankoatran'ny filatsahan'ny ain'ireo solotena ankaterena ihany, ary indrindra ny fanaovana sorona ilay fifandraisana mivantana amin'Imamo (aj), ary torak'izany ihany koa, ny fitondrany fiovana eo amin'ireo rindram-piainana izay efa mahazatra ireo vahoaka izay napetraka teo ampelan-tanan'izy efatra mirahalahy ny fitantanana azy, ary izany dia tena zava-dehibe tokoa, ka tsy mendrika hosimbaina amin'ny alalan'ny famporisihana ireo olona hanohitra ny fitondrana nefa izany efa fantatra mialoha ny tsy ho fahombiazany.

Manampy an'izany ny fanalaviran'ireo solontenan'Imamo amin'ny famporisihana amin'ny fanaovana asa tsy mendrika mazava ho azy, ary ny fanaovana izany dia mifanohitra amin'ny andraikitr'izy ireo ara-piarahamonina eo amin'ny finoana islamo. Fa ny amin'ny famporisihana azy ireo hikomy avy amin'Imamo MAHDI (aj) kosa dia zavatra tsy mba hisy mihitsy satria Imamo tsy hanao fanoherana na fikomiana raha tsy fanoherana sy fikomiana goavana sy tena antenaina fa hivoaka ho



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 413 11/01/2021 16:26:23

mpandresy, ary izany no hataony mba hameno ny tany ny rariny sy fahamarinana tahaka ny fahafenoany amin'ny tsindrihazolena sy ny fanaovan-dratsy. Ka ny fanoherana kely sy tsy hahomby dia tsy misy dikany eo imasony ary tsy anisan'ny andraikitra izay tokony hosahaniny eo anivon'ny finoana islamo.

***Fanontaniana n° 462 :***

Moa ve azo atao ny mihevitra fa ny olona izay atao WAKILI na solotena dia tsy maintsy olona tena manana fahalalana lalina sy fomba fijery mivelatra ?, izany hoe moa ve azo atao ny manome izany toerana izany an'ireo izay nasandratra ka havela ireo izay tena mendrika izany amin'ny lafiny fahalalana ?

***Valiny :***

➔ Tsia, fa saingy kosa ny fisafidianana solontena dia amin'ny endrika miavaka tokoa, tsy maintsy olona miavaka eo amin'ny fananany fahatsoram-po avo dia avo, amin'izay tsy afaka mamadika an'Imamo (aj), na koa hilaza ireo vaovao izay mety handatsaka an'Imamo anketerena na hiteraka fandatsahana ny iainy rehetra voarasarasa ny vatany sy folahina ireo taolany (izany hamosa rehefa atao fanadihadiana amin'ny fomba mahery vaika). Ary noho izany, tsy voatery ny olona izay hatao solotena tsy maintsy hanana fahalalana lalina, na koa hanana fijery mivelatra(mahay zavatra maro). Tena marina fa ny solontena izay napetrakin'Imamo (aj) dia natao ho mpanelanelana azy sy ireo vahoaka, ka noho izany tsy misy idiran'ny fahamboniana sy fahaizana zavatra maro. Ary eto dia voaporofo fa ireo soloten'Imamo dia olona natsangana sy nosafidina manokana raha amin'izay lafiny izay voalazantsika teo izay no jerena, nosafidina manokana izy ireo satria tena mafatra-po tokoa (izany hoe mahafoy ny ainy hoan'ny Imamo).

***Fanontaniana n° 463 :***

Moa ve izany tena nisy tokoa ?, izany hoe ilay fialohavan'ireo tsy ampy fahalalana an'ireo manam-pahalalana ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena nisy tokoa izany, ary tamin'i SHEIK ABIL QASSIM AL-Houssein IBNI ROUH lasa solontenan'Imamo. Nilaza ireo riwayat fa ireo vahoaka dia nitaraina tamin'i ABI SAHLI ANAOBAKHTI, ary nisy tamin'izy niteny nanao hoe : "***ahoana no nahatonga ity raharaha ity ho lasa any amin'i sheik ABIL QASSIM IBNI ROUH fa tsy lasa taty aminao ?***", dia hoy ny navaliny : "***izy ireo dia mahalala izay hofidin'izy ireo (ireo Imamo)***". Ary kanefa kosa aho lehilahy fitondrana olana ary adidiko ny mifampiresaka sy miady hevitra amin'ireo izay mitondra izany aty amiko, ary raha mba fantatro ny anjara toerany araka ny fahafantaran'i ABOUL QASSIM azy, nefa raha sendra nifandray amiko Imamo, mety nilaza ny toerana misy azy aho, nefa kosa i ABOUL QASSIM tsy ohatra izany, nefa kosa raha ohatra Imamo nilatsaka ankaterena, ka nindrana zavatra taminy tsy ho nasehony an'iza n'iza izany- izany hoe vonona mandrakariva tsy hilaza ny momba an'Imamo na dia vonoina aza-.

***Fanoantaniana n° 464 :***

Aiza no milevina i sheik OSMAN IBNI SAÏÏD, ABOU AMROU AL-ASSADI ?

***Valiny :***

➔ Araka ny voalazan'i ABOU NASRI HIBATOULLAH IBNI MOUHAMMAD, izy dia milevina ao Bagdad, amin'ny ilany andrefana, amin'ilay lalana amin'ny kianja malalaka eo amin'ny fiandohan'ilay toerana izay fanta-daza amin'ny anarana hoe (VARAVARAN'NY JIBLATOU) eo amin'ilay masjidin'ireo olon-kendry (Hakimo), ankavanany ilay fidirana, ary ilay fasana dia tena eo amin'ilay masjid[7].

Niteny i sheik TOUSSI nanao hoe : nihita teo amin'ilay toerana nambarany ahy ilay fasany, ary nasiana fefy ny manodidina azy, ary izy dia eo amin'ilay MEHRABIN'NY[8] masjid, ary eo anilany ilay varavarana

---

7 MASJID : *mosquée (toerana fivavahan'ireo mpino islamo)*

8 *MEHRAB : toerana mpisy an'ilay mpitarika ny fotoam-pivavahana (soalat).*

izay ahafahana miditra ao amin'ilay fasana, ao amin'ilay trano kely sy tery izay maizina izay, ary izahay dia niditra tao aminy no sady namangy azy isam-bolana.

Ary hoy indray i sheik: ary tahaka izany foana no nataoko nanomboka tamin'ny taona nidirako tao amin'n tanànan'i Bagdad tamin'ny taona valo ny efajato hatramin'ny taona manodidina ny telopolo sy efajato. Ary taorian'izay dia nesorin'ilay filoha tamin'izay fotoana izay ilay fefy teo aminy, dia tsy iza izany fa i ABOU MANSOUR MOUHAMMAD IBNI FARAJ, ary dia lasa nibaribary ilay fasany, ary nasiana vata teo aminy, ary izy dia eo ambanin'ny tafo ka izay mila mamangy azy dia miditra eo ambanin'izany.

Dia hoy indray i sheik : ireo mponina manodidina ny toerana misy io fasany io dia maka tombony amin'ny Tompo Allah amin'ny alalan'ny famangiana azy, ary hoy izy ireo : izy dia lehilahy tsara toetra, ary mety miteny ihany koa izy ireo hoe : izy dia zanakin'ny olona nampiteraka an'Imamo AL-Houssein (as). Ary tsy fantatr'izy ireo ny tena marina mahakasika azy io. Ary izy nanomboka tamin'ny toana 447 Hijri ka mandraka androany dia mbola ao amin'ilay toerana nandevenana azy.

Dia hoy aho hoe : ary ny fasany tena lasa manana ny maha izy azy no sady lasa goavam-be ankehitriny ao Bagdad, natao ho vangina sy hakana tombontsoa amin'ny Tompo Allah.

Ary isika dia afaka mampahafantatra an'ireo izay tsy mahalala ny tena marina momba ny fasany sy ny momba azy tamin'ny andron'i sheik TOUSSI (ra) dia toa nisy zavatra tsy nazava ny momba azy sy toa nisy zavatra niafina ihany ny nanodidina an'ilay solotenan'i MAHDI (aj), na tamin'ny fony fahavelona izany na taorian'ny fahafatesany, ary indrindra roanjato mahery taona taty aorian'ny nandevenana azy.

**<u>Fanontaniana n° 465 :</u>**

> Iza tamin'ireo solontenan'Imamo MAHDI (aj) no tena naharitra teo amin'ny toerana maha solotena azy ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 416 11/01/2021 16:26:24

***Valiny :***

➔ Ny tena naharitra tamin'ireo solontenan'Imamo teo amin'ny maha solotena azy dia i Mouhammad IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI, ary naharitra efapolo (40) izy no teo amin'ny toerany. Ary mbola izy ihany koa no tena nahazo tombony betsaka tamin'ireo fampianaran'Imamo (aj), tamin'izy ireo dia izy no tena nalaza sy nisy akony kokoa teo amin'ireo olona niara-niaina taminy, ary izy ihany koa no nahazo baiko ny hitarika sy hitantana ny raharahan'ny fiarahamonina izay nisy azy.

***Fanontaniana n° 466 :***

Aiza no milevina i sheik MOUHAMMAD IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI ?

***Valiny :***

➔ Nalevina tamin'ny toerana nandevenana andrainy izy, dia tsy taiza izany fa teo amin'ny lalana izay any KOUFAT, tany amin'izany toerana izany ny tokontaniny sy tranony ihany.

Niteny ilay mpitantara hoe : ary izany toerana izany ankehitriny dia lasa tany karakaina tokoa. Dia hoy aho hoe: ary ankehitriny ny fasany dia goavana be ary fantatra amin'ilay anarana hoe : (AL-KHALANI) natao ho vangina mba ho fahatsiarovana azy sy hanomezam-boninahitra azy, ny Tompo Allah anie hanamasina ny fanahiny.

***Fanontaniana n° 467 :***

Aiza no milevina i sheik ABOUL QASSIM AL-Houssein IBNI ROUH IBNI ABI BAHRI ANAOBAKHTI ?

***Valiny :***

➔ Nalevina tao Naobakhtiat izy, tao amin'ilay trano izay nionenan'i Ali IBNI AHMAD ANAOBAKHTI ilay miditra makany amin'ireo andiana tendrombohitra, na koa teo amin'ny lalana hafa, izay eo amin'ilay fiampitana eo amin'ilay hazony be tsilo izay. Ary aho hoe:

tahak'izany ny fahitan'ny tantara ny momba ny nilevenany, ary ankehitriny ny fasany dia malaza fa ao Bagdad, maro ireo olona no mandeha any mamangy azy.

***<u>Fanontaniana n° 468 :</u>***

Aiza no milevina i sheik ABOU AL-Hassan Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny fasany dia ao amin'ilay lalana izay tsy izoviana amin'ny be sy ny maro izay antsoina hoe (lalan'ny KHALNAJI) izay tokony ho ampahefatrin'ny kilometatra eo akaikin'ny sisin'ilay renirano antsoina hoe (reniranon'i ABI OQAB). Ary hoy aho hoe : ankehitriny ny fasany dia ao Bagdad tena malaza tokoa ary natao ho vangina.

***<u>Fanontaniana n° 469 :</u>***

Inona no antony tsy nampisy intsony ny solotenan'Imamo MAHDI (aj) taorian'ireo solotenany efatra mirahalahy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tena maro ny antony nahatonga izany, ka eto isika dia hitanisa ny ampahany amin'izany :

1. Tao anatin'ny telo taona katroka ihany nitondran'ilay solotena faha efatra, ankoatra ireo andro vitsivitsy izay tsy holazaina etoana, ary tao anatin'izany fotoana fohy dia fohy izany tsy afaka nivalapatra loatra tahaka ireo talohany i SAMOURI, hany ka tsy afaka nanatanteraka araka ny tokony ho izy ny fitondrany tahaka ireo teo alohany, ary torak'izany ihany koa tsy afaka nikatsaka lalina sy matotra ireo lalàna mifehy ny vahoaka tahaka ny nataon'ireo sasany. Na dia teo aza ny finoana fa tena manana voninahitra sy fomba fijery mivelatra tahaka ireo sasany ihany koa izy.

2. Ilay taona nahazoan'ilay solotena farany ity ny andraikiny dia



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 418 11/01/2021 16:26:24

taona tena feno tsindrihazolena sy asa ratsy tokoa, ary indrindra fa ny fandatsahan-drà izay anisan'ny sakana lehibe tsy nahatonga ny fiasany ho nandroso araka izay ilavany azy, sy ny nahatonga ny asa vitany kely dia kely.

Ny hetsika ara-piarahamonina dia anisan'ny zavatra nanehoany ny fahavitrihany, ary tena niandry fotoana azo anatanterahana ireo hetsika rehetra azo tanterahiny izy, nefa moa tsy mba misy izany na kely aza teo amin'ny androm-piainany. Ka nifamindran-dalana tamin'izany fotoan-tsarotra izay nolalovany izany, maro ihany koa ireo zavatra nitranga izay niteraka olana mavesatra teo amin'ny fisainany, lasa tena tsy nisy fotoana intsony izy hanaovany na inona na inona, indrindra fa olona tahaka azy ireo izay miaina tanteraka tao anatin'ny kiafinafina. Eo ihany izany rehetra izany, fa ny tena antony lehibe nahatonga an'ilay solotena nifarana tamin'ny fahafatesan'i SAMOURI dia noho ny fanampahan-kevitr'Imamo MAHDI (aj) manokana izay tsy hifandray intsony amin'olona, tahaka izany ihany koa, ny tsy hahafahan'ireo olona hifandray aminy. tsy misy intsony ireo zavatra izay tokony hiteraka ny fanarahan'ireo olona an'ireo solotenany, ka noho izany nofaranana ilay izy…

***Fanontaniana n° 470 :***

Naharitra hafiriana ny faharetan'ny fitondran'ilay solontenan'Imamo MAHDI (aj) voalohany, dia tsy izay izany fa i OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI ?, ary tamin'ny fitondran'ny khalifat[9] iza tamin'ireo kholafat no naha solotena azy ?

***Valiny :***

➔ Nanodidina teo amin'ny dimy taona no faharetan'ny naha solotenan'Imamo an'i OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI, izany hoe tsy nahatapitra ny fitondran'i Moutamad mihitsy izy. Ity mpanjaka ity dia nanjaka tamin'ny vanim-potoana nahafatesan'Imamo ASKARI

*9 KHALIFAT : mpanjaka nitondra teo amin'ny tontolon'ny finoana islamo.(kholafa'o) raha mpanjaka mandimby maromaro.*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 419 11/01/2021 16:26:24

(as) ary torak'izany ihany koa tamin'ny fotoana nahafatesan'ilay soloten'Imamo MAHDI (aj) voalohany.

***Fanontaniana n° 471 :***

Naharitra hafiriana no nizakan'ilay solontenan'Imamo faharoa dia tsy iza izany fa i Mouhammad IBNI OSMAN, ny raharaha maha solontena azy ?, ary iza avy ireo mpanjaka izay nitondra tamin'izany fotoana izany ?

***Valiny :***

➔ Nisahana ny raharaha maha solontenan'Imamo azy i Mouhammad IBNI OSMAN tao anatin'ny efapolo taona, ny ampahany tamin'izany dia tao anatin'ny vanim-potoana nanjakan'ilay mpanjaka antsoina hoe (MOUTAMAD), ny ampahany manaraka tamin'ny nanjakan'ilay mpanjaka izay antsoina hoe: (MOUGN'TADWID), ary misy tamin'izany ihany koa tamin'ny fanjakan'i MOUKTAFI, ary ny folo taona farany tamin'ny fanjakan'i MOUKTADIR, ary nindaosin'ny fahafatesana izy tamin'ny taona 305 Hijri.

***Fanontaniana n° 472 :***

Naharitra hafiriana no nizakan'ilay solontenan'Imamo fahatelo dia tsy iza izany fa i AL-Houssein IBNI ROUH, ny raharaha maha solontena azy ?, ary iza avy ireo mpanjaka izay nanjaka tamin'izany fotoana izany ?

***Valiny :***

➔ Nisahana ny raharaha maha solontenan'Imamo azy ilay solotena faha telo, dia tsy iza izany fa i AL-Houssein IBNI ROUH taorian'ny fahalasanan'ireo izay teo alohany, nandritra ny raika ambiroapolo taona, ny ampahany tamin'izany dia tamin'ny vanim-potoana nanjakan'i MOUKTADIR, ary ny ambiny dia tamin'ny fanjakan'i RADWI.

***Fanontaniana n° 473 :***

Naharitra hafiriana no nizakan'ilay solontenan'Imamo faha efatra dia tsy iza izany fa i Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI, ny raharaha maha solotena azy ?, ary iza avy ireo mpanjaka izay nanjaka tamin'izany fotoana izany ?

***Valiny :***

➔ Nisahana ny raharaha maha solotenan'Imamo azy ilay solontena faha efatra, dia tsy iza izany fa i Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI taorian'ny fahalasanan'ilay solotena faha telo, tao anatin'ny telo taona monja, ary maty tamin'ny vanim-potoana izany nahafatesan'i RADWI ihany, ary ny dimy volana sy dimy andro tamin'io telo taona nisahanany ny raharaha ny maha solotena azy io dia tao anatin'ny fanjakan'i MOUTAKI.

***Fanontaniana n° 474 :***

Araka ny vaovao voaray avy amin'ireo manampahaizana sasany, ilay fanjavonana kely dia naharitra efatra ambifitopolo taona, izany anefa mifanohitra amin'ny efa vaolaza tany aloha, ka ahoana ny fanazavanao izany ?

***Valiny :***

➔ Marina tokoa fa ireo sasany izay milaza fa efatra ambifitopolo taona ny naharetan'ilay fanjavonana kely ireo, dia miankin-doha amin'ny tombatombana izay nifanekena, anisan'izay ilay voalaza ao amin'ilay boky antsoina hoe BIHAR. na koa ireo izay mihevitra fa ilay fanjavonana kely dia nanomboka tamin'ny vanim-potoana nahaterahan'Imamo MAHDI (aj), izany hoe tamin'ny taona 255 Hijri. Izany dimy taona talohan'ny nahafatesan'Imamo ASKARI (as) izany no nanombohany, ka raha ampiantsika an'ilay sivy ambienipolo taona(69) izany dia manome efatra ambifitopolo (74) taona.

**_Fanontaniana n° 475 :_**

Ka noho izany adidintsika tsirairay ny mahafantatra ny vanim-potoana izay nanombohan'ilay fanjavonana kely, ka amin'ny fomba ahoana no hahafantarantsika izany ?

**_Valiny :_**

➔ Hoy aho hoe : marina tokoa fa ireo izay milaza fa 74 taona no nanjavonan'Imamo ireo dia miantehitra amin'ny tombatombana izay nifanekena fotsiny. Ary na dia niafina aza Imamo MAHDI (aj) fony fahavelon-drainy, tsy heverina ho anisan'ny fanjavonana kely mihitsy izany.

**_Fanontaniana n° 476 :_**

Inona no antony mahatonga antsika tsy afaka hampiditra an'ilay vanim-potoana voalohany nahaterahan'Imamo MAHDI (aj) hatra eo amin'ny nahafatesan-drainy ho anisan'ny vanim-potoana fanjavonana kely ?

**_Valiny :_**

➔ Satria Imamo nandritra izany fotoana izany dia niaraka tamin-drainy foana, ary Imamo fony fahavelon-drainy mbola tsy nizaka ny adidy maha Imamo azy, na mbola tsy nisahana ny andraikitra maha Imamo, no sady mbola tsy notendrena ho Imamo mihitsy aza, ka noho izany taorian'ny fahafatesan-drainy izay izy izay vao nandray an-tanana izany andraikitra ny maha imamat izany. Ary raha hiresaka mahakasika an'ilay fanjavonany isika, aoka tsy hohadinoina fa izany dia miankina tanteraka amin'ny fitondrany an'ireo vahoaka, izay izy no mpitarika azy ireo, ary manoloana an'izany izy ireo tsy maintsy Mankato sy manaiky ny baikony, ka noho izany tokony ho eo anilan'izy ireo mandrakariva izy, hitarika azy ireo, hanitsy ny fiaraha-monin'izy ireo raha tsy nisy ilay fanjavonana, ary izany no antony tsy mbola nizakany an'ilay andraikitra maha imamat fony fahavelon-drainy, ka noho izany mitombina ilay fitenenana fa ilay

fanjavonana kelin'Imamo MAHDI (aj) dia fanjavonany tamin'izy efa nandray an-tanana ny raharaha maha imamat, mifanindran-dalana mandrakariva miaraka amin'ny fisian'ireo solotenany, ka noho izany ny fetran'ilay fanjavonana kely dia araka ilay nolazaintsika fa araka izay nolazain'ireo andian'olona sasany hoe 74 taona.

***__Fanontaniana n° 477 :__***

Tena marina fa ilay resaka solontena (safarat) dia tsy mba nahakasika ireo izay avy amin'ny taranakin'Imamo Ali (as) na ireo izany antsoina hoe ALAWIINA, fa nomena kosa an'ireo olona izay tsy avy amin'izy ireo, nefa tamin'izany fotoana izany maro tamin'izy ireo tena manam-pahalalana tokoa sady nanana toerana ambony, ary tena fatrafanompoana an'ny Tompo Allah, inona no antony nahatonga an'izany anefa ?

***__Valiny :__***

➔ Mazava be ny tsiambaratelon'izany rehetra izany, izany anefa dia abaribarin'ilay fotoana izay niainan'ireo ALAWIINA, izay nanomboka tamin'ny tolona izany nataon'Imamo AL-Houssein (as) ka hatramin'ny vanim-potoana nahaterahan'Imamo MAHDI (aj) sy ny vanim-potoanan'ny fanjavonana kely. Ary ampahatsiahivina fa izy io dia vanim-potoana nisian'ny tolona sy fanoherena an'ireo toe-javatra tsy rariny izay nisy tamin'izany, ary fitokonana ihany koa manoloana ny fanaovana tsindrihazolena, sy ireo mpanao jadona, ka ny mpanao izany zavatra ratsy rehetra izany dia saika avy amin'ireo ALAWIINA avokoa, izany hoe ireo olona fata-daza tao amin'ny fitondrana dia izy ireo avokoa, ny raharahan'imamat anefa dia teo ampelan-tanan'izy ireo ihany koa, satria Imamo anisan'i ALAWIINA, ary etsy andaniny , ilay miandraikitra ny imamat dia Imamo MAHDI (aj) ary eo ankilany, ny andraikiny dia ny fiadiana amin'ny fanaovan-dratsy sy fanaovana tsindrihazolena, na raha lazaina amin'ny fomba hafa dia toy izao: tena marina fa izy dia mpiezaka amin'ny fampijoroana



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 423 11/01/2021 16:26:25

an'ilay fiaramonina amin'ny endrika tsy mifono taqiat[10] na koa tsy misy hahasakana eo amin'ny fanovana izay entiny.

Ary raha ohatra ny fijery an'ireo olona ireo tahaka izany, tsy sarotra amin'izy ireo ihany koa ny manidy ireo varavarana mba tsy hahafan'Imamo mikatsaka ireo tombontsoan'ny be sy ny maro sy ny asa ara-piarahamonina, indrindra fa miaraka amin'ny fanarahamaso akaiky izay natao azy, ary fanasaziana miaraka amin'ny fanesorana azy eo amin'ny fitantanana ny vahoaka…ka noho izany, mazava hoazy izy ireo fa tsy ho afaka hatao solotenan'Imamo mihitsy satria tsy mba mikendry ny hampijoro zavatra izay hitondra tombontsoa hoan'ny sarambabembahoaka na koa asa ara-piaraha-monina.

Ary izany anefa dia mifanohitra tanteraka amin'ny toe-javatra nisy teo amin'ireo tsy ALAWIINA, izany fijery ratsy voalaza rehetra izany tsy mba nisy teo amin'izy ireo mihitsy, tena marina fa izy ireo dia anisan'ny olona akaiky an'ireo Imamo bebekoa, ary tena mifandray amin'izy ireo akaiky, nefa izy ireo dia afaka nitandrina sy nanafina izany fifandraisan'izy ireo tamin'ireo Imamo tao anatin'izany fotoana lava be izany, na tamin'ny alalan'ny fihetsika izany na tamin'ny alalan'ny fiteny, ka noho izany lasa mora amin'izy ireo ny fisahanana ny raharaha maha solontena.

***Fanontaniana n° 478 :***

> Moa ve ireo solontenan'Imamo MAHDI (aj) efa-dahy ireo nanana solotena ihany tany ivelan'i Bagdad ?, ary inona no tena tanjona fototra tamin'ny fampisiana ireo solontena ireo ?

***Valiny :***

➔ Eny, nanana solontena maromaro tany amin'ireo tanàna islamo maro samy hafa izy efatra  mirahalahy. Ary izy ireo dia natao fitaovana hoentina manaparitaka ny fampianaran'Imamo MAHDI (aj), ary ny fifandraisan'ireo solontenan'Imamo tamin'izy ireo dia tamin'ny alalan'ny dia tongotra sy ny ranjo.

*10 TAQIAT : fanafenana ny finoana mba ho fiarovan-tena raha izany no antony hahatonga ny olona iray holatsaka ankaterena na mety hotandomin-doza ny ainy.*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 424 11/01/2021 16:26:25

Fa ny mahakasika ny tena tanjona nampisiana ireo solotena ireo dia zavatra anankiroa :

**Ny tanjona voalohany dia :** fanomanana ny sain'ireo olona manoloana ny ho fisian'ny fanjavonana lehibe, sy fanazarana tsikelikey ireo vahoaka mba hahafahan'izy ireo mivonona amin'izany fiafenana izany, ary mba hahatonga azy ireo tsy tampohin'izany. Tsy iadian-kevitra fa ny tsy fisian'izany dia miteraka olana eo amin'ireo vahoaka, satria manjary miteraka ny fandavana ny fisian'Imamo MAHDI (aj) tanteraka.

**Ny tanjona faharoa dia :** mba hijerevana akaika ireo tombontsoan'ny fiarahamonina, ary indrindra fa ny fijerena ny fototra izay ijoran'ny firaisan-kina eo amin'ireo vahoaka mpanaraka an'Imamo  izay eo ambany fahefan'Imamo ny fitantanana azy ireo.. izany tombontsoa izany anefa dia maty ho azy raha miala eo amin'izy ireo Imamo na koa miafina nefa izy mbola velona.. ary zavatra tsy izoviana amin'ny be sy ny maro fa rehefa maty na tsy eo intsony ny mpitarika iray dia maty sy manjavona miaraka aminy ihany ireo tombontsoa itambarana.

Ary izany tonjona izany dia samy nohatratrarin'ireo solontenan'Imamo avokoa tamin'ny endrika tsara sy mahavelombolo, mba hanamafisana ireo tombontsoa ny fiarahamonina, ary izany dia tao anatin'ny vanim-potoana izay tery dia tery noho ny fisian'ireo mpanaramaso sy mpitsikilo be dia be, ary ny toe-draharaha nisy tamin'izany fotoana izany no tsy namela azy ireo ho nananao mihoatra izay volaza teo izay.

***Fanontaniana n° 479 :***

Moa ve ireo solontenan'Imamo MAHDI (aj) nahafantatra ny mahakasika ilay fanjavonana ?, moa ve afaka hazavainao bebe kokoa ny mahakasika izany ?

***Valiny :***

➔ Maro no milaza fa ireo solontenan'Imamo dia nahalala ny amin'ny fanjavonan'Imamo mivantana na tsy mivantana. Isika zao dia nahita: tena marina fa i AL-Houssein IBNI ROUH dia niteny tamin'ny fitenin-



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd   425    11/01/2021   16:26:25

drainy nefa tsy mba nianarany izany tany aloha, ary izy dia nahalala izay mandalo ao antsain'ny hafa, ka noho izany tsy maintsy mahalala ny mahakasika ny fanjavonana ihany koa izy.

Ary i Mouhammad IBNI OSMAN AL-AMRI nilaza mialoha ny andro amam-bolana izay hahafatesany. Ary i Ali IBNI MOUHAMMAD ASSAMOURI dia nangoraka an'i sheik Ali IBNI AL-Houssein IBNI BABAWEI AL-QUMI noho ny fahafantarany ny andro hahafatesan'ity farany. Ary araka ny voasoratran'ireo mpahay tantara tamin'izany fotoana izany, fa rehefa niparitaka ny vaovao mahakasika ny fahafatesany, dia tena nifanandrify tamin'ilay andro izay nolazainy tokoa, sy ny ankoatra an'izany tamin'ireo zavatra niseho teo aminy.

Ary afaka hazavaina tahaka izao manaraka izao izay rehetra voalazantsika tany aloha : marina tokoa fa isika dia fa ny fahafantarana ny abadikin'izao tontolo dia voatokana hoan'ny Tompo Allah irery, izany fahalalana izany dia fahalalana tany amboalohany, izay mandrakizay tsy azo avy amin'ny alalan'ny fampianarana ataon'ny olona iray, fa ny Tompo Allah kosa dia mahalala izay tsy hitan'ny masontsika sy izay tsy fantantsika, ary tena hainy amin'ny antsipirihany tokoa, na izany zavatra efa misy na vao handalo, izany rehetra izany dia hainy hatramin'izay sy ho mandrakizay, ary izany fahalalalana rehetra manana endrika toy izany dia tsy misy olona hafa ankoatra an'ny Tompo Allah manana azy.

Ary nefa kosa ireo fahalalana ny ambadikin'izao tontolo izao izay heverintsika fa misy eo amin'ireo Mpaminany sy ireo sakaizan'Andriamanitra dia tsy mitovy amin'izany fa fahalalana izay nialohavan'ny fampianarana, dia tsy iza no nampianatra izany azy ireo fa ny Tompo Allah ihany. Ary ny zanak'olombelona dia afaka mandray fampianarana, ary ireo Mpaminany sy ireo sakaizan'i Allah tsy anisan'ireo izay mpianatra ratsy raha ampitahaina amin'ireo ankoatra azy ireo, nefa mifanindran-dalana amin'izay izy ireo dia hoheverina fa feno sy marina tokoa noho ny hafa, tsy eken'ny saina izany.

Nefa kosa maro karazana ireo fampianarana izay misy, ka



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 426 11/01/2021 16:26:25

fampianaran'ny Tompo Allah an'ireo Mpaminany dia mivantana, ary tena miteny amin'izy mivantana i Allah- raha mitombina ny filazako azy- amin'ny alalan'ny fandefasana wahi na faminaniana, sy izay mitovitovy amin'izay, ary ny fampianarany an'ireo Imamo (as) dia amin'ny alalan'ny Mpaminany (sw) izay niseho isakin'ny vanim-potoana nampisy Imamo tsirairay avy mandrampahatongan'Imamo faha roa ambinifolo, dia tsy iza izany fa Imamo MAHDI (aj). Ary nefa kosa maro be ireo riwayat izay nanamafy fa Imamo dia manana fahafahana maro ankoatra an'ireo izay voalazantsika, tena marina fa Imamo na dia tsy mila mahalala zavatra iray mbola lasa hainy ihany izay, fa indrindra raha miverina isika amin'ny maha filoha mpitarika azy hoan'ny vahoaka islamo manontolo, ary tsy vitan'izany fa izy ihany koa no endrika tsotra izay manana ny maha izy azy eo amin'ny fiantsoana ireo olona hiditra amin'ny finoana islamo sy eo amin'ny fitondrana ny finoana islamo ihany koa..izay efa nomen'Andrimanitra fahafahana manoka hahafahana manatanteraka izany andraikitra lehibe nomena azy izany,izay hitondra tombontsoa hanamafy orina an'ilay fitantanany an'izao rehetra izao.. izy tena marina rehefa mila zavatra iray dia ampandalovin'ny Tompo Allah ao antsainy izany ka dia mivadika fahalalana hoazy izany taorin'ny tsy fahalalany azy.

Ary eto dia mazava hoazy fa ilay fahalalana ny mahakasika ny ambadikin'izao tontolo (elme ghaibat) izao dia nisy tamin'ireo Imamo ihany koa, ary tena maro ireo riwayat marim-pototra izay nanamafy ny fisian'izany teo amin'ireo Imamo (as), ary Imamo MAHDI (aj) dia anisan'ny faha roa ambinifolon'izy ireo, ka noho nanana izany fahalalana izany ihany koa.

Ary ny mahakasika kosa ireo olona ankoatra an'ireo Imamo, lalana tokana no ahazoan'izy ireo izany dia tsy maintsy miainga amin'ny fampianaran'ireo Imamo izany azy ireo. Ohatra zao, Imamo ilaza tamin'ilay solontenany faha efatra ny mahakasika ny andro hahafatesan'i IBNI BABAWEI AL-QUMI, sy nilaza ihany koa tamin'ilay faharoa ny andro i hahafatesan'izany solontenany izany. Nampianatra



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 427 11/01/2021 16:26:25

ihany koa ny fitenin'ny vorona iray miavaka an'ilay faha telo ihany koa izy, izany rehetra izany no nataon'Imamo na dia tsy betsaka aza fa araka ny fetra ilainy amin'izay toe-draharaha miseho, sy ny ankoatra an'izany amin'ireo ohatra izay tsy voatanisa.

***Fanontaniana n° 480 :***

Inona no asam-piveloman'Imamo MAHDI (aj) tamin'izany fotoana izany ?

***Valiny :***

➔ Efa voalazantsika tany aloha tany fa izy dia niseho tamin'ny endrika mpivarotra, ary nandritra ny fotoana nitenenantsika azy, nisy porofo izay manamarina izany, dia tsy inona izany fa ny akanjo izay nanaovany, ary manaporofo ihany koa fa tena izany no asany… ka fantatra izany fa mpivarotra izy, ary tena afaka nifanerasera tamin'ireo olona teny antsena fa amin'ny endrika mpivarotra tahaka ireo mpivarotra sasany, nefa ireo olona sasany tsy mba mahalala ny tena marina momba azy, ary mety izy io mpivarotra manokana tsy miankina amin'ireo solotenany, na koa izy manao asa varotra amin'ny entam-barotran'ireo solotenany, na ireo solontenany no manao asa varotra amin'ny entam-barotrany.

***Fanontaniana n° 481 :***

Naharitra firy taona Imamo MAHDI (aj) no nijanona tao amin'ilay tranon-drainy tao SAMARAT ?

***Valiny :***

➔ Anisan'ireo zavatra izay manambara ny fijanonan'Imamo tao SAMARAT dia ny fandefasan'ireo solontena roa voalohany hanatitra ireo harena izay voangona makany SAMARAT, ary mitory izany ihany koa ny fifaneraserana izay fantatra fa nataony tamin'ireo mponina tao.

Ary mbola manamafy an'izany ihany koa ny fanenjehana azy izay nataon'ny mpitondra tamin'izany fotoana izany, ary indrindra fa ny fisavana ny tranony tao SAMARAT izay nataon'i MOUTAMAD sy MOUGN'TADWAD. Ary Imamo tena tao mihitsy tamin'izany fotoana izany nefa afaka nandositra an'izany hany ka tsy tratra tao. Ka noho izany, tamin'ny fotoana izay nitondran'i MOUGN'TADWAD izay nahazo ny fitondrana tamin'ny taona 279 , Imamo (aj) dia mbola nionina tao amin'ilay tranon-drainy tao SAMARAT. Fa raha ohatra heverina fa ilay didy fisavana sy fisamborana izay navoakan'i MOUGN'TADWAD, izany anefa dia niseho tamin'ny fiandohan'ny fitondrany, izany midika fa imama MAHDI (aj) dia nijanona tao SAMARAT nandritra ny 19 taona taorian'ny nahafatesan-drainy.

***<u>Fanontaniana n° 482 :</u>***

Moa ve nisy solontenan'Imamo MAHDI (aj) hafa ankoatra ireo solontenan'Imamo efa-dahy ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ireo lahatsoratra ara-tantara dia nanamafy fa Imamo dia nanana solotena hafa ankoatra ireo solontenany efa-dahy teo aloha, izy ireo dia niparitaka nanenika ireo tanàna islamika izay nahita ireo olona mifikitra amin'ny finoana ny amin'ny maha Imamo an'Imamo AL-MAHDI (aj).

***<u>Fanontaniana n° 483 :</u>***

Inona no nampiavaka ireo solontenan'Imamo efa-dahy ireo tamin'ireo solontenany hafa ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Azo hazavaina amin'ny endrika roa samy hafa ireo tsy fitoviana izay nisy teo amin'ireo solontena roa tonta ireo :

Ary ny voalohany amin'izany dia : tena marina fa ireo solontenan'Imamo efa-dahy ireo dia nifandray mivantana tamin'Imamo ary tena mahalala



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 429 11/01/2021 16:26:25

an'Imamo tokoa, sady izy ireo dia maka fanazavana sy fanamafisana mivantana avy aminy, nefa kosa ireo solontenan'ireo solontenany tamin'izany fotoana izany tsy tahaka izany, fa ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'Imamo MAHDI (aj) dia amin'ny alalan'izy efa-dahy ireo, tamin'izany ireo solontenan'izy efatra ireo no mampifandray azy efatra amin'ireo vahoaka izay mpanaraka an'Imamo.

Ary ny faharoa dia: ny andraikitrin'ireo solonten'Imamo efa-dahy ireo dia ny fiarovana ireo rahalahin'izy ireo aram-pinoana sy ilay fikambanan'ireo vahoaka mpanaradia amin'ny endrika mivelatra kokoa sy manenika ny tanàna islamika rehetra, nefa kosa ny andraikitr'ireo izay natao hifandray amin'izy efatra ireo, dia voafetra tamin'ny toerana sy faritra izay nisy azy ireo ihany.

***<u>Fanontaniana n° 484 :</u>***

> Inona no tombontsoa azo tamin'ny fisian'ireo solotena efatra, izay solonten'Imamo mivantana sy ny fisian'ireo solontena tsy mivantana ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Ny tombontsoa fototra azo avy amin'ireo solontena rehetra ireo dia mizara roa lehibe :

Ny voalohany amin'izany dia: fandraisana anjara amin'ny fanamorana ny asan'ireo solontena efatra sy famelarana ny sehatra azon'izy ireo iasana ihany koa, izay hita sy tsapa fa tsy hovitan'izy efatra mihitsy ny hamelatra izany sehatra izany samy irery, indrindra fa tamin'izany vanim-potoana izany izay ankiafina ihany no ahafan'izy ireo mifandray tamin'ireo vondron'olona mpanaradia an'Imamo izay manenika an'Irak sy ny ankoatra an'Iraka amin'ireo tanàna islamika. Ka noho izany lasa manan-danja tokoa ny asan'ireo solontenan'izy efatra indrindra fa ny fampitana ireo fahalalana amin'ny endrika mivelatra kokoa any amin'ireo vondron'olona mpanaradia.

Ary ny faharoa dia : fandraisana ireo solontena efatra anjara amin'ny fanafenana ny vatatenan'Imamo, izany hoe fanafenana ny anarany sy ny mombamomba azy amin'izay ireo olontsotra tsy afaka mahafantatra ny zavatra mandalo ao antsainy, ary ny tanjona amin'izany satria izy tsy afaka hifandray amin'iray amin'ireo solontena raha tsy hainy ny anarany na ny asany na ny toerana misy azy, ary nisy tamin'ireo solotena no tena tsy nanana fahafahana ny hifandray aminy mivantana.

***Fanontaniana n° 485 :***

Moa ve isika afaka mahafantatra ny sasantsasany amin'ireo solontenan'ireo efatra mirahalahy ireo ?

***Valiny :***

➔ Eny, mety ny lahatsoratra tsara indrindra izay milaza ny anaran'ny maromaro amin'ireo solontena tsy mivantana ireo, dia ilay voalazan'i sheik SWADOQ (ra) ao amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe (IKMALO DINI), izay notaterin'i ABOU Ali AL-ASSADI izay avy tamin-drainy sy avy tamin'i Mouhammad IBNI ABI ABDOULLAH AL-KOUFI izay nilazan'ity farany ampahany amin'izay nifara teo aminy, izay anisan'ny fijoroan'ny fahagagan'Imamo SAHEBOL ZAMAN (aj), izany anefa enony avy tamin'ireo solontena, izay milaza toy izao manaraka izao : ny tao Bagdad dia i AL-AMRI sy ny zanany, ary HAJIZ sy i AL-BALALI ary farany i ANTWAR. Ary ny tao Koufat kosa dia i AL-ASWIMI, ary ny avy tamin'ireo ponin'i Ahwaz dia tsy iza izany fa i Mouhammad IBNI IBRAHIM IBNI MAHZYAR. Ary ny avy tamin'ireo ponin'i Qom kosa dia i AHMAD IBNI ISSAC, ary ny avy tamin'ny ponin'i Hamedan dia i Mouhammad IBNI SWALEH, ary ny avy tamin'ny ponin'ny Rey[11] ASSAMI sy AL-ASSADI(izany hoe ny tenan'ilay mpitantara ihany), ary ny avy tamin'ireo ponin'ny Azarbaijan dia i AL-QASSIM IBNI ALLA. Ary ny tao Neishabour dia i Mouhammad IBNI SHAZAN ANAIMI.. izay sy izay no voalazany tao amin'ilay hadith hatra tany amin'ny farany.

11 Rey *: anarana tanàna islamika iray ao IRAN akaika an'i renivohitra Teheran.*

***Fanontaniana n° 486 :***

Tany aloha tany, ianao efa nilaza ny antony nifaranan'ilay fanjavonana kely, nefa kosa ny tsy fantanay moa ny hoe, moa ve tonga tamin'ny tanjona izay nampisiana azy izany fanjavonana kely izany sa ahoana ?

***Valiny :***

➔ Eny, tena tratra tokoa ny tanjona tamin'ny fisian'ilay fanjavonana kely, ary tena mazava be fa tanjona fototra tamin'izany dia ny fanomanana ny sain'ny olona amin'ny fiatrehana an'ilay fanjavona lehibe, ary tena tanteraka tokoa izany nandritra izany fotoana izany.. ary tena ampy hanaovana an'izany tokoa ny fotoana tamin'izay, ary indrindra fa tamin'ny fotoana izay nitomboan'ny fiafenan'Imamo tsikelikely ka voatery olona iray ihany no afaka mihaona aminy tamin'izany fotoana izany, dia tsy iza izany fa ilay solotenany farany ihany, ary taorian'izay tsy nisy intsony fa dia fanjavonana tanteraka no niseho.

***Fanontaniana n° 487 :***

Tamin'Imamo MAHDI (aj) nametraka hafatra tamin'ilay solontenany faha efatra iny, hoy Imamo taminy : "***izay milaza fa nahita ahy dia mandainga izany olona izany***", nefa matetika isika maheno avy amin'ireo olona izay milaza hoe : izaho nahita an'Imamo nefa aho tsy nahalala azy raha tsy izy efa nandao ahy, ahoana ary no fanazavana izany ?

***Valiny :***

➔ Ny fahitana tahaka izany dia tsy anisan'ny voararan'ilay hafatra izay voaray avy tamin'Imamo, na dia miheso ankehitriny aza, ary izany tsy azo ampitahaina velively amin'ny hoe tena nahita maso azy mivatana. Satria amin'izany fahitana izany miaraka amin'ny tsy fahalala an'ilay hita, dia tsy iza izany fa Imamo. Ary ilay olona



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 432 11/01/2021 16:26:25

eto tsy mitopon-tena na mitonon-tena fa tena nahita ka tsy maintsy hoheverina anisan'ireo mpandainga araka ny voalazan'ilay hafatra. Fa raha ohatra kosa izy miala amin'izany ka miteny hoe: izaho dia nahita an'i ranona.. ary tena miteny ireo endrikin'ilay lazainy fa hitany izy izay heveriny fa i MAHDI (aj) eo amin'ny firahamonina misy azy, nefa ilay izy tena tsy misy itovizany amin'ny endriny mihitsy, izay manao izany no tafiditra amin'ny voalazan'ilay hafatra.

Ary tiana hambara amin'ilay hafatra mahakasika ny fifaran'ilay solontena dia filazana izay olona miteny fa nahita an'Imamo hoe mpandainga na koa fitenana fa vandy ilay teniny milaza fa izy nahita an'Imamo iny, izay tena nohamafisiny fa izy tena nahita azy amin'ny maha Imamo azy sy mpitarika azy na ny fahafantara fa tena izy ilay hitany, izany hoe izany rehetra izany dia tsy hisy aorian'ilay fifanetrana mivantana izay nataony tamin'ilay solontena farany. Ary anisan'ny zavatra tsy misy andro hiseho ny fifanatrehan-tava miaraka amin'Imamo MAHDI (aj) tahaka ny fifanatrenahana izay mahazatra antsika.

***Fanontaniana n° 488 :***

Tamin'ny fiandohan'ilay fanjavonana kely, taiza no nipetrak Imamo MAHDI (aj) ?

***Valiny :***

➔ Imamo MAHDI (aj) tamin'ny fiandohan'ilay fanjavonany kely dia nionina tao antranon-drainy tao SAMARAT (IRAK).

***Fanontaniana n° 489 :***

Efa nolazainao tany aloha tany fa nisy andian'olona izay niziriziry nitonon-tena ho solontenan'Imamo MAHDI (aj), ka iza avy ireo izay niziriziry nitonon-tena ho solontena voatokana ho an'Imamo izany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 433 11/01/2021 16:26:25

**_Valiny :_**

- Ireto avy izy ireo :

1. ABOU MOUHAMMAD ASHARIGNI.
2. MOUHAMMAD IBNI NASWIR.
3. AHMAD IBNI HELAL.
4. MOUHAMMAD IBNI Ali IBNI BILAL.
5. MOUHAMMAD IBNI AHMAD IBNI OSMAN.
6. ISSAC AL-AHMAR.
7. AL-BAQITWANI.
8. MOUHAMMAD IBNI Ali ASHALMAGHANI.
9. AL-Houssein IBNI MANSOUR AL-HALAJ.
10. MOUHAMMAD IBNI MOZAFAR.

**_Fanontaniana n° 490 :_**

Moa ireo solontenan'Imamo efatra mirahalahy ireo nahita maso mivantana azy ?

**_Valiny :_**

➔ Eny, ary ireto riwayat manaraka ireto dia manamafy izany :

Indray andro dia nisy nanontany an'i Mouhammad IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI hoe : "***moa ve ianao nahita an'ilay tompon'izao fotoana izao(Imamo MAHDI) ?", dia hoy ny navaliny : "eny, ary ny nifanenanay farany dia tao tamin'ilay trano masin'ny Tompo Allah, ary hoy izy tamin'izay fotoana izany : "tompô !, tanteraho amiko izany nampanantenainao ahy", ary hitako ihany koa izy tamin'izany fotoana izany nitazona tamin'ilay saron'ilay Kabbat miaraka amin'ny fitafiny izay miendrika mpivarotra, ary hoy ihany***

***koa izy tamin'izay fotoana izay : "tompô !, tanteraho amin'ny fisiako ny valifatinao amin'ireo fahavalonao***".

***Fanontaniana n° 491 :***

Iza marina moa ilay Ja'afar mpandainga, ary inona ny antony iantsoana azy hoe mpandainga ?

***Valiny :***

➔ Izy dia Ja'afar zanakin'ny Imamo Ali AL-HADI (AS), izany hoe : dadatoan'Imamo MAHDI (AJ), nantsoina hoe "Ja'afar mpandainga" izy satria izy nandainga nilaza ny tenany ho Imamo.

***Fanontaniana n° 492 :***

Inona no antony nisakanany an'i JA'AFAR izay rahalahin-drainy tsy hanao soalat amin'ny fatin-drainy, dia tsy iza izany fa Imamo ASKARI (as), moa ve izany mety ho niteraka olana teo amin'ny fivoahan'Imamo MAHDI (aj) tamin'izany fotoana izany ka nahatonga azy nisakana izany ?

***Valiny :***

➔ Eny, eny tena ho niteraka olana hoan'Imamo tokoa izany, nefa ny fanaovany an'izany nitondra tombontsoa goavana hoazy ihany koa dia tsy inona izany fa ny fisorohana ny fisiany korontana lehibe izay mety hoentin'izany, ka toy izao manaraka izao no mety ho fisehoan'izany : raha ohatra nanao soalat tamin-drainy i JA'AFAR, dia lasa mihevitra ny olona mahita izany fa izy no tompon-jo hitantana ao aorian'Imamo ASKARI (as), izany hoe toa fa manorina fototra matanjaka hanomanany an'ilay raharahan'Imamo izy, ary lasa tanteraka aminy ireo lalàna izay fa nisy tamin'ny famantarana ireo Imamo taloha, ka lasa miainga amin'izany i JA'AFAR hoentiny manova ny sain'ireo mpanaradia tsy vaky volo. Nefa izany tranga tsy hisy mihintsy noho ny fisian'Imamo MAHDI (aj) sy ny heriny teo amin'ny fahatakarana ny ho akon'izany ka dia nataony izay hisakany



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 435 11/01/2021 16:26:26

izany tsy hisy, ary fanesorana izany zava-baovao tsy nisy teo amin'ny finoana izany, satria ny fanaovany izany no hanavotra ireo mpanaraka azy amin'ny ho vokatrin'ny fialana amin'ny fahamarinana nefa izy ireo tsy mahatakatra ny ho akon'izany eo amin'izy ireo.

Ka noho izany tsy maintsy ataon'Imamo ny ezaka rehetra mba hisakanany an'ilay rahalahin-drainy tsy hanao izany soalat izany, ary izany raha tanteraka dia anisan'ny zavatra manala an'Imamo ao anatin'ireo lalàna izay efa nipetraka hatrizay, ka mety ho lasa teo ampelantanan'ny ankoatra azy ilay raharaha, nefa izy no tena mendrika ny hanao soalat amin-drainy noho izy Imamo ao aorian-drainy sady mpandova azy araka ny lalàna islamika.

***__Fanontaniana n° 493:__***

Moa ve Imamo MAHDI (aj) tsy afaka nanao soalat tamin'ny fatin-drainy tamin'ny endrika ankiafina talohan'ny fikasan'i JA'AFAR ny hanao soalat taminy ?

***__Valiny :__***

➔ Eny, tena afaka nanao izany tokoa izy, fa na dia nanao izany aza izy, ilay soalat izany saika nataon'i JA'AFAR IBNI Ali iny no tena soalat ara-dalàna eo imason'ny be sy ny maro, satria miavaka.. nefa izany mihitsy no antony tsy nilan'Imamo azy ho nataony, satria mitory fandavana ny tenany amin'ny maha Imamo azy, ary nataony ihany koa izany mba hanaporofoan'ny amin'ireo izay manohitra fa izy no Imamo.

***__Fanontaniana n° 494 :__***

Moa ve isika afaka mahafantatra ambangovangony ny mahakasika ny tantaran'i JA'AFAR  niaraka tamin-drainy Imamo AL'HADI (as), ary nanao ahoana ny fihetsiky ny rainy teo anatrehany ?



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 436 11/01/2021 16:26:26

***Valiny :***

- ➔ Isika dia miara mahalala fa i JA'AFAR vao teraka dia nafenin'ireo fianakaviany avokoa ankoatra an-drainy, dia tsy iza izany fa Imamo AL-HADI (as), ka tamin'izay fotoana izay dia nisy vehivahy iray nanontany an'Imamo ny anton'izany, dia hoy Imamo taminy : ***"aza mivaky loha amin'izany ianao, ary fantaro maro ireo olona ho very lalana noho ny hataony".***

Ary rehefa nihalehibe izy, indrindra teo amin'ny fahatanorany, nivoaka tsikelikely tamin'ny fampianarana islamika sy tamin'ny fampianaran-drainy, ka dia nisafidy lalana hafa, ka feon'ny hetahetam-panahiny no natao zava-dehibe teo amin'ny fiainany ka dia nidoboka tamin'ny fisotroan-toaka ary tena nahomby tokoa izy tamin'izay lalana very izay nosafidianiny izany ka tena maro tokoa ireo olona izay niara-niaina taminy no tafatory eo ambonin'ilay latabatra izay fisotroana tamin'izany fotoana izany. Ary hitantsika ihany koa fa ilay rainy dia nanome baiko ireo mpanaradia azy mba hanao sesitany an'i Ja'afar, sy nandrara azy ireo tsy hifanerasera aminy, ary nampafantariny azy ireo ihany koa fa izy dia efa nivoaka tamin'ny fampianarana izay nomeny azy, ary manohitra koa ireo baikony sy izay zavatra andrarany azy. Ka toy ny tenin'Imamo tamin'ireo mpanaradia azy : ***"halavironareo i JA'AFAR zanako, satria tena marina izy iny eo anatrehako dia tahaka an'i NEMROUD teo anatrehan'ny Mpaminany NOUH (as), izay nitenenan'i Tompo Allah hoe : ny mahakasika azy : niteny i NOUH : tena marina fa ilay zanako dia anisan'ny fianakaviako, dia hoy tompo Allah taminy : ô ry NOUH !, tena marina fa izy io tsy anisan'ny fianakavianao, tena marina fa izy dia efa nanao asa tsy mendrika (fahotana)".***

Marina tokoa fa ny lojikan'ny kor'any dia toy izao, ny fototra maha fianakaviana ny zanaka eo amin'ny Kor'any dia toy izao : raha ohatra ilay zanaka tsy manao fahadisoana (fahota mamohafady) fa miezaka manaraka an'ilay rainy amin'ny fanaovana ny marina, izany no tena zanaka tena izy na tena marina. Ary raha ohatra izy miala amin'ny



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 437 11/01/2021 16:26:26

fahamarinana sy miala amin'ny lalan'ny rariny, na dia nateran-drainy aza izy dia tsy heverina ho anisan'ny fianakaviany, satria nanao asa ratsy, izay hoe ilay zanaka no nanao asa ratsy fa tsy ilay rainy.

***<u>Fanontaniana n° 495 :</u>***

Inona no antony nanomezan'Imamo MAHDI (aj) baiko an'ireo solontenany hiala avy tao SAMARAT ka hifindra makany BAGDAD ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Tena marina fa ireo solotena ireo ao Bagdad afaka miasa ankalalahana kokoa noho ny tao Samarat, ary afaka maka ireo harena ao antoerana ka manatitra izany any amin'Imamo, ka dia nivoaka avy taminy ny taratasy fanomezana baiko azy ireo hifindra mankany Bagdad. Ary amin'izay mba lavitra ny fanarahamaso izay ataon'ny mpitondra fanjakana izy ireo, ary lavitra ny fifandonana matetika tamin'ireo ambaratongam-pitondrana nisy tao andrenivohitra ihany koa, ary indrindra amin'ny fanalavirana ireo loholon'ireo ATRAK sy ny ankoatra azy ireo ao amin'ireo ambaratonga maro misy ao amin'ny fanjakana.

Ary satria izy ihany koa efa reraka tamin'ilay fitondrana izay mivili-lalana io, ka nanao izay hialany amin'izany, amin'izay ireo tetika ataon'ny fitondrana mba mijanona amin'ny fetra tokony ho izy ihany, ka noho izany ireo solontenan'Imamo tsy maintsy mitodi-doha makany amin'ny toerana lavitra ireo olana maro samy hafa ireo amin'izay mba afaka ny gejageja maro isankarazany, ka mba hoafaka manatanteraka ampilaminana ireo andraikitra izay nosahanin'izy ireo amin'ny endrika mirindra sy ankalalahana satria tena takin'ny asan'izy ireo tokoa izany, satria izy ireo no solontenan'ilay tsy hita maso eo anivon'ny vahoaka, ka noho izany indrindra mahatonga ny fanjaka maneritery azy ireo, ary vao maika miteraka olana lehibe ho azy ireo ny fanatanterahana izany raha mijanona ao Samarat.

***Fanontaniana n° 496 :***

Nanao ahoana niafaran'i Ja'afar ilay rahalahin-drain'Imamo MAHDI (aj), moa ve izy mba nibebaka ihany sa tena nijanona tamin'ilay toetrany very lalana iny ihany ?, ary raha ohatra izy heverina fa nibebaka, moa ve misy porofo milaza izany ?

***Valiny :***

➔ Tsara hofantatra fa i JA'AFAR, tao maromaro taty aoriana dia niezaka naneho ny fifahavalozany tamin'Imamo sy ireo fianakavian'Imamo, ary niaraniasa tamin'ireo fanjakana teo ampanatanterahana izany, ary taty aoriana dia taitra tamin'ny torimasony izy, ka dia lasa nanankery taminy ny fahamarinana, ka dia nanenina tamin'ireo ratsy vitany ka dia navelany ireo asa ratsy izay mahazatra azy, ka dia nibebaka tamin'ny Tompo Allah izy nohon'ireo ratsy vatany sy fahotany.

Nisy taratasy izay nosoniavin'Imamo izay nanambara ny famelan'Imamo azy tamin'ireo ratsy vitany rehetra no porofo manambara fa tena nibebaka tokoa izy, izany taratasy izany anefa dia anisan'ny fampiharana an'ilay tenin'ny Tompo Allah izay milaza manao hoe : "***fa na iza na iza mibebaka aorian'ny fahadisoany, ka miova toetra, dia tsy isalasalana fa hamela ny helony Andriamanitra. Hamafisina, fa mpamela heloka sy mpamindra-fo Andriamanitra***", sy ilay teniny milaza manao hoe: ***"ary mpamela heloka tokoa aho, ho an'izay mibebaka, mino, manao asa soa, ka mizotra amin'ny làlana mahitsy"***.

Izany fanambarana izany dia avy tamin'Imamo izay nampitondrainy an'ilay solontenany faharoa, dia tsy iza izany fa i Mouhammad IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI, izany dia anisan'ny iray tamin'ireo valin-teny voarainy tamin'Imamo raha sendra nampita fanontaniana betsaka taminy izy, izay fanontaniana avy tamin'i ISSAC IBNI YAQOUB miantefa any amin'ny fa io solontena io no nitondra izany tany amin'Imamo. Ary Imamo dia nanoratra ihany ny mahakasika an'i JA'AFAR manokana

tamin'izay fotoana izay, izay toy izao manakara izao ny votoatin'izany: "***ary kosa ny mahakasika an'ilay rahalahindraiko Ja'afar sy ny zanany, dia tahaka ireo izay nisy teo amin'ny Mpaminany Youssouf (as) sy ireo rahalahiny***". Ary izany fanazavana izay voaray avy tamin'imam MAHDI (aj) no porofo fa namela an'i JA'AFAR izy, tahaka ny namelan'ny Mpaminany YOUSSOUF (as) ireo rahalahiny, izay vokatrin'ny fialatsiny izay nataon'izy ireo sy ny fiverenan'izy ireo tamin'ny làlana mahitsy ary indrindra fa ny fibebahin'izy ireo tamin'ny asa ratsy izay nataon'izy ireo taminy.

***Fanontaniana n° 497 :***

Moa azo atao ny miantso an'i JA'AFAR hoe : mpandainga taorian'ilay fibebahany ?

***Valiny :***

➔ Tsy azo atao izany, satria izay olona efa nibebaka dia efa mitovy tsy misy valaka amin'ny olona izay tsy nisy fahotana nataony mihitsy.

***Fanontaniana n° 498 :***

Raha sendra misy olona mitonon-tena fa solotenan'Imamo MAHDI (aj) na koa mitonon-tena fa nahita azy araka ny fahitan'ireo solotena efatra azy amin'izao fotoana iainantsika izao, moa ve tsy maintsy arahina izany olona izany ?, ary raha ohatra ny valinteninao eny, iza ary ireo izay tokony harahina ?

***Valiny :***

➔ Dia hoy aho hoe: izay olona milaza fa solontenan'Imamo manokana na koa milaza fa nahita maso azy, dia mpandainga izany olona izany, sady mpanao tsinontsinona an'Imamo, ary tena marina fa ny fiverenana amin'ny finoana sy ny lalàna dia zavatra eo ampelan-tanan'Imamo avokoa izay noho ny baiko avy aminy dia napetraka eo ampelan-tananan'ireo manam-pahaizana (OLAMAT) sy amin'ireo manam-pahaizana manokana momba ny lalàna islamika

(FAQIH) ary koa amin'ireo MOJTAHID[12] izay voatendry amin'ny endrika ankapobeny ny hisolo-toerana an'Imamo vonjimaika, ary ny fanambarana ny momba izany dia nivoaka niaraka tamin'ireo valin'ny fanontaniana izay napetrak'i ISSAC IBNI YACOUB ireny avokoa, izay apahatsiahivina fa izy io dia anisan'ireo manampahaizana shia tena nanana ny maha izy azy no sady mpilaza vaovao hoazy ireo ihany koa, ary i MOUHAMMAD IBNI OSMAN IBNI SAÏÏD AL-AMRI no nataon'i ISSAC IBNI YACOUB mpanelanelana azy teo amin'Imamo, izy no mpampita ireo taratasy misy fanontaniana avy amin'i ISSAC any amin'Imamo, ary tamin'izany fotoana izany dia nahazo taratasy fanambarana avy tamin'Imamo i MOUHAMMAD IBN OSMAN izay nosoniavin'Imamo mihitsy, ka toy izao ny voalazan'izany : "***ary nefa kosa ny mahakasika izay zavatra mitranga amin'ny manaraka, aoka ianareo hiverina amin'ireo olona izay mpiteny ny teninay, hamafisina fa izy ireo dia vavolombeloko eo aminareo, ary izao vavolombelon'Andriamanitra eo amin'izy ireo***".

Ary akara ny voalazan'ny riwayat hafa izay voaray avy tamin'Imamo MOUHAMMAD BAKIR (as) dia toy izao no voalaza fa nolazain'Imamo tao anatin'ilay taratasy : "***jereonareo amin'ireo olona izay eo aminareo ny olona izay mpiteny ny teninay, izay mitandrina ny zavatra nandraranay azy sy manaraka izay nanirahanay azy ihany koa, ary tena mahay ny lalànanay, ka ekeonareo izany olona izany ho mpitsara eo anivonareo, tena marina fa izany olona izany dia efa nataoko mpitsara eo anivonareo, fa raha ohatra izy mitsara amin'ny alalan'ny lalànanay fotsiny dia aza ekena izay teneniny, satria izany olona izany manao tsinotsinona ny lalànan'Andriamanitra, ary manohitra anay, ka izay manohitra anay dia efa nanohitra an'ny Tompo Allah ihany koa, ary izany olona izany dia heverina ho mpampitambatra an'i Allah***".

Misy riwayat hafa ihany koa milaza fa ny voasoratra tamin'izany dia toy izao manaraka izao : "***ny raharaha rehetra dia mizotra manaraka***

---

*12 MOJTAHID : olona manam-pahaizana afa manatsoaka ireo lalàna islamika avy ao amin'ny boky masina kor'any sy avy amin'ireo tena avy tamin'i mpaminany.*



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 441 11/01/2021 16:26:26

***an'ireo manampahaizanan'ny Tompo Allah (OULAMAT), izy ireo no mpiaro amin'ny azo atao sy tsy azo atao (amin'ny halalin'i Tompo Allah sy haramony)".***

Ny azo tsoahana avy amin'ireo baiko roa izay nomen'Imamo ireo dia toy izao, tena marina fa ny tiana hambara amin'ireo OULAMAT sy ireo mpiaro ny fahalalan'izy ireo sy ireo hafatr'izy ireo ary ireo rakitsoratr'izy ireo dia ireo izay manana fahafahana manokana amin'ny fanatsoahana ireo fahalalana sy fahaizamanao ary ireo izay manana fomba fijery avo mahakasika ny finoana, izy ireo no tena mahafantatra bebe kokoa an'ireo lalàna ka noho izany voabaiko ireo mpino feno taona rehetra hiverina amin'izy ireo manoloana ireo raharaha mahakasika ny HALAL sy ny HARAM, indrindra rehefa misy fifandirana eo anivon'izy ireo, ka noho izany izay voalazan'izy ireo no izy ka tsy maintsy arahin'ny rehetra, satria izy no manana ireo fepetra rehetra hamoaka lalàna sy manana hery hahafahan'izy mampitsoaka izany lalàna izany avy amin'ny loharanony, ary tsy hadinoina fa anisan'ny fepetra tsy maintsy ananan'izy ireo ihany ny fahamarinana sy ny hafenoantaona ary faha ovarian-tsaina, iray amin'ireo fepetra tsy maintsy ananan'izy ireo ihany koa ny IJTIHAD (fiezahana), ka noho izany rehetra izany dia izy ireo no solotenan'Imamo amin'ny ankapobeny, ireo olona feno taona rehetra amin'ireo mpino dia voabaiko ny hanaraka azy ireo (na dia amin'ny endrika vonjy maika aza), ary ny ankoatra an'izay, tahaka ny fanendrena solotena manokana, Imamo tsy nanome baiko amin'izany tao anatin'ny vanim-potoana fanjavonana lehibe izao, izy aza namoaka lalàna izay nanambara ny fahatapahan'ilay solotena miavaka tahaka izy efa-dahy.

***<u>Fanontaniana n° 499 :</u>***

Moa ve misy famantarana izay tsy maintsy hiseho izay manambara ny hivoahan'ilay imamon'izao fotoana izao ?

***<u>Valiny :</u>***

➔ Eny, tena misy, nitanisa ampahany amin'izany isika :

1. Ny fivoahan'ny Dajal.
2. Nisy feo hiantsoantso avy eny amin'ny lanitra.
3. Ny fivoahan'i SOUFIANI.
4. Famonoana ireo aina tsy manantsiny.
5. Ny fivoahan'i SAID HASSANI.
6. Fisehoan'ny felan-tanana eny amin'ny lanitra.
7. Horakotra ny masoandro sy ny volana (eclipse solaire et lunaire)

***__Fanontaniana n° 500 :__***

Moa ve misy famantarana izay heverina tsy dia hiseho loatra alohan'ny hivoahan'Imamo MAHDI (aj) ?

***__Valiny :__***

➔ Eny, tena misy famantarana ho an'ny fivoahan'Imamo tokoa izay tombanana fa tsy hiseho, maro izy ireo anefa, misy efa niseho ary misy ampahany mbola tsy niseho, ka isika hilaza ny ampahan'ny amin'ireo famantarana ireo :

1. Ny firodanan'ilay tambohon'ny Masjidin'i Koufat (oa Irak).
2. Fivoahan'ny loharano avy eo amin'ny sisin'ny renirano Fourat miaraka amin'ny fikorianan'izany makany amin'ireo elanelan-trano ao Koufat.
3. Fanarenana ny tanànan'i Koufat aorian'ny fahasimbany.
4. Fivoahan'ny loharano avy amin'ny ranomasin'i Najaf.
5. Fikorianan'ilay renirano Fourat makany Ghari na makany Najaf.
6. Fivoahan'ilay kintana Mouzanab eo akain'ilay kintana izay antsoina hoe : «Jidi».
7. Fisian'ny hain-tany lehibe alohan'ny hivoahan'Imamo MAHDI (aj).

8. Fisehoan'ny horohoron-tany lehibe, sy fiparitahan'ny aretina manerana ireo tanàn-dehibe rehetra.

9. Famonoana an'ireo Boyho, izany hoe famonoana olona faobe ka tsy hitondra fahalemana mihitsy.

10. Lasa tsy hisy mpamaky ireo boky masina (kor'any), sy no foana ireo Masjid, ary ho lasa avo be ireo polipitra fitorian-teny.

11. Fahasimban'ilay Masjid ao Barasa.

12. Fisehoan'ny afo miredareda avy any amin'ireo tany antsinana izay tsy hitsahatra ny firedaredany raha tsy afaka telo andro na fito.

13. Ho lasa mena be ny sisin'ny lanitra ary hanenika ireo sisiny manerana an'izao tontolo izao izany.

14. Ho maro ny famonoana olona, torak'izany ihany ny fandatsahan-drà ao Koufat izay handraisan'ireo vondrona firehan-kevitra maro samy hafa.

15. Fandraisana ilay faneva mainty izay avy amin'i Khorasani.

16. Fivadihan'ireo olona mpanao ratsy ho lasa rajako sy lambo ala na kisoa.

17. Hisy orana mafy be izay hiseho ao anatin'ny volana jamadi faharoa sy ny volana Rajab, marihina fa tsy hisy toa azy izany toe-javatra izany.

18. Fisehoan'ireo arabo izay hanao izay tiany hatao, sy hivezivezy amin'izay toerana tian'ny haleha.

19. Fivoahan'ireo olona amin'ny fitondran'ny tsy arabo.

20. Fiposahan'ny kintana lehibe avy antsinana izay hanazava tahaka ny fanazavan'ny volana, ary rehefa avy eo dia halefaka izany ka saika tena tsy hahita ny maso, ary ny fahazavany izay voalaza teo dia hitondra tselatra izay tsy ho zakan'ny maso.



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 444 11/01/2021 16:26:27

21. Ny haizin'ny fanoherana sy fanaovan-dratsy ary fanaovana fahotana no hanakery sy hameno an'izao tontolo izao.

Ary hoan'izay mila mahafantatra bebe kokoa ny mahakasika an'ireo famantarana ireo dia aoka izy hiverina amin'ilay boky izay misy fanontaniana 500 izay mahakasika an'Imamo MAHDI (aj).

**TENY AVY AMIN'NY MPANDIKA TENY :**

Ry mpamaky hajaina!, raha sendra tojo fahadisoana sy olana maro samy hafa ianao eo ampamakiana ity boky ity, dia mamela anay, fa ny mihinam-bary tsy maintsy misy latsaka, tsy tapim-pahaizany ihany koa ny tena, ary raha misy sosokevitra avy aminao mpamaky hajaina ihany koa ny amin'ny hanatsara kokoa azy ity dia aza misalasala ny manantona anay na manoratra aminay amin'ny alalan'ireo laharana sy adiresy mailaka izay ho lazaina anao etsy ambany, satria ny hanandratra avo ny voninahitry ny finoana islamo no tanjontsika rehetra, indrindra fa Mazhabo Ahoul Bayt (as).



Fanontaniana miisa 500 mahakasika ny tantaran'ireo Imam 12 (as).indd 445 11/01/2021 16:26:27

# FIZAHAN-TAKELAKA

Teny fanolorana avy tamin'ny mpanoratra..................................02

Teny fiandohana................................................................03

Imamo ALI IBNI ABI TWALIB (as)..........................................06

Imamo HASSAN (as)..............................................................118

Imamo HOUSSEIN (as)..........................................................164

Imamo SAJJAD (as)...............................................................206

Imamo BAKIR (as)..................................................................231

Imamo JA'AFA SWADIQ (as)..................................................246

Imamo MOUSSA KAZIM (as).................................................275

Imamo ALI IBNI MOUSSA REZA (as)....................................301

Imamo MOUHAMMAD JAWAD (as)......................................320

Imamo ABOU AL-HASSAN ALI AL-HADI (as).....................336

Imamo HASSAN ASKARI (as)...............................................357

Imamo MAHDI (aj)................................................................375